# Malagasy, Tandroy: Bible for 1 Corinthians, 1 John, 1 Peter, 1 Thessalonians, 1 Timothy, 2 Corinthians, 2 John, 2 Peter, 2 Thessalonians, 3 John, Acts, Colossians, Ephesians, Galatians, Hebrews, James, John, Jude, Luke, Mark, Matthew, Philemon, Philippians, Romans, Titus

Formatted for Translators


generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

©2022 Wycliffe Associates
Released under a Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

Bible Text: The English Unlocked Literal Bible (ULB)
©2017 Wycliffe Associates
Available at https://bibleineverylanguage.org/translations
The English Unlocked Literal Bible is based on the unfoldingWord® Literal Text, CC BY-SA 4.0. The original work of the unfoldingWord® Literal Text is available at https://unfoldingword.bible/ult/.
The ULB is licensed under the Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

Notes: English ULB Translation Notes
©2017 Wycliffe Associates
Available at https://bibleineverylanguage.org/translations
The English ULB Translation Notes is based on the unfoldingWord translationNotes, under CC BY-SA 4.0. The original unfoldingWord work is available at https://unfoldingword.bible/utn.
The ULB Notes is licensed under the Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

To view a copy of the CC BY-SA 4.0 license visit http://creativecommons.org/licenses/by-sa/4.0/

Below is a human-readable summary of (and not a substitute for) the license.
You are free to:

Share — copy and redistribute the material in any medium or format. Adapt — remix, transform, and build upon the material for any purpose, even commercially.

The licensor cannot revoke these freedoms as long as you follow the license terms.
Under the following conditions:

Attribution — You must attribute the work as follows: "Original work available at https://BibleInEveryLanguage.org." Attribution statements in derivative works should not in any way suggest that we endorse you or your use of this work. ShareAlike — If you remix, transform, or build upon the material, you must distribute your contributions under the same license as the original. No additional restrictions — You may not apply legal terms or technological measures that legally restrict others from doing anything the license permits.

Notices:
You do not have to comply with the license for elements of the material in the public domain or where your use is permitted by an applicable exception or limitation.
No warranties are given. The license may not give you all of the permissions necessary for your intended use. For example, other rights such as publicity, privacy, or moral rights may limit how you use the material.

# Matthew

## 1

[1]Ty Boke ty raza i Jesosy Kristy ana i Davida ana i Abrahama. [2]I Abrahama ro baba i Isaka, le i Isaka ro baba i Jakoba, le
Jakoba ro baba i Joda naho iareo rahalahi'e. [3]Joda ro baba i Fareza naho i Zara boake tamy ty Tamara, Freza ro baba i
Herzona, le i Herzona ro baba i Rama.[4]Rama ro baba i Aminadaba, le i Aminadaba ro baba i Nasona, le i Nasona ro baba i
Salomona. I Salomona ro baba i Boaza tamy ty [5]Rahaba, Boaza ro baba i Obeda tamy ty Rota, i Obeda ro baba i Jese.[6] Le i
Jese ro baba i Davida mpanjaka, Davida ro baba i Salomona tamy ty valy i Oria.[7]Salomona ro baba i Rehoboama,
Rehoboama ro baba i Abia, le i Abia ro baba i Asa. [8]I Asa ro baba i Jaosafata, le i Jaosafata ro baba i Jorama, le i Jorama ro
baba i Ozia.[9]Ozia ro baba i Jotama, Jotama ro baba i Ahaza, Ahaza ro baba i Hezekia. [10]Hezekia ro baba i Manase, Manase
ro baba i Amona, le i amona ro baba i Josia. [11]Josia ro raza i Jekonia naho iareo rahalahi'e tamy ty fotoa ty fanoiragne ho à
Babylona agne.[12]Tafara ty fanoiragne ho à Babylona agney, le i Jekonia ro baba i Sealtiela, i Sealtiela ro raza i Zerobabela.
[13]I Zerobabela ro baba i Abihoda, Abihoda ro baba i Eliakima, le i Eliakima ro baba i Azora. [14]I Azora ro baba i Zadoka,
Zadoka ro baba i Akima, le i Akima ro baba i Elihoda.[15]I Elihoda ro baba i Eliazara, Eliazara ro baba i Matana, le i Matana
ro baba i Jakoba.[16] Jakoba ro baba i Josefa i valy Maria ay, i niterake i Jesosy'i, tinoka hoe Kristy zay. [17]Folo efatse amby ze
kila tarira aby manomboke am'i Abrahama le hatra am'i Davida, manomboke Davida le hatra amy ty fanoiragne ho à
Babylona agne le tarira folo efatse amby, manomboke amy ty fanoiragne ho à Babylona agne le hatra am'i Kristy le tarira
folo efatse amby .[18]Zao ty natao ty fiterahagne i Jesosy Kristy. Ty rene'e, i Maria, le fa navike hanambaly i Josefa, faie
taloha ty nindreza iareo, le trea fa nitoe-jaza reke boake tamy ty Fagnahy Masigne. [19]I Josefa, vali'e, lahilahy maregne, ro
tsy te hagnala baraka aze amy ty ndaty maro. Le nana-pakevetse reke ty hamita fomba aze.[20]Le naho reke mbe
nivetsevetse mikasike o raha reo inge, le niavy tamy ty nofi'e ty Anjely i Tompo, manao te hoe: "Josefa, anadahy i Davida,
ko misalasala ty hangalake i Maria ho vali'o, satria o ajaja mitoetse antro'e ao io boake amy ty Fagnahy Masigne. [21]Hitera-
dahy reke, le i rehe hitoka ty agnara'e hoe i Jesosy, fa i Reke ty hagnavotse ty Ndati'e hiala amy ty fahota'e abike iareo.[22]Le
nisy abike ze raha zao aby mba hahalefe ze nambara i Tompo tamy ty alala ty mpitoky manao te hoe: [23]"Ingo, ty virijiny
hitoe-jaza le hiterake ajajalahy, le iareo hitoka ty agnara'e hoe Imanoela" le ty midika te hoe: "Amantika
Andriagnanahare."[24]Nifoha t'i Josefa le nano'e abike ze raha nandilia i Anjely i Tompo'i aze le nangalake aze ho vali'e.
[25]Faie tsy nifagnosehose tama'e reke mandra-piterahagne i ajajalahy'i. Le nitokavegne hoe i Jesosy ty agnara'e.

## 2

[1]Tafara ty niterahagne i Jesosy à Betlehema ty Jodia tamy ty andro i Heroda mpanjaka, le niavy à Jerosalema ao iareo
lahilahy vory hihitse boake antignanagne agne nirehake te hoe: [2]"Aia reke naterake ho mpanjaka ty Jiosy? Nahatrea ty
vanjiri'e boake antignanagne agne zahay le avy hiantsa aze."[3] Naho fa naharey zay t'i Heroda, le nivoy vorombelo, le i
Jerosalema abike mindre ama'e.[4]Nandese i Heroda nindra ty mpisorom-bey aby naho ty mpanora-dalàgne ty ndaty, le
nagnontane iareo reke te hoe: "Aia ty niteraha i Kristy?"[5] Nirehake ama'e iareo te hoe: "À Betlehema i Jodia ao, fe zao ty
voasora ty mpitoky hoe: [6]"Fa rehe, Betlehema, amy ty tane Joda, le tsy kede loatse amy mpitondra i Joda reo, fa boake
ama'o ro hiavia ty mpandily hiambegne ty ndatiko Israely."[7]Le nitoka ankolake iareo lahilahy vory hihitse t'i Heroda mba
hagnontane iareo mazava soa ty fotoagne niboaha i vanjiry'i.[8] Nalefa'e ta Betlehema iareo, manao hoe: "Mandehana le
fotopotoro'areo soa ty momba o ajaja zao. Naho fa hita areo reke, le ambarao areo ahike, mba handehanako agne hidera
aze ka."[9]Tafara ty nitsandregna iareo ty mpanjaka, le nandeha tama ty lala'e iareo, le i vanjiry hita iareo tantignanagney
ro nitaridalagne iareo mandram-pijanogna'e ambone i toeragne misy i ajaja'y. [10]Naho fa nahatrea fanjiry iareo, le
nirebeke tamy ty hafaleam-bey.[11]Niditse amy tragnoy ao iareo le nahatrea i ajaja'y nindre taman-drene'e Maria.
Niondreke naho nidera aze iareo. Nanokake ty fitoeran-karea'e iareo le nagnomey fagnomezagne volamena, dintin-
kata'emagnitse, le miora ho aze.[12] Nampitandregne iareo tamy ty nofy ty Andriagnanahare tsy hiheregne am'i Heroda
agne, le lalagne hafa ty nandehana iareo noly amy ty firenena niavia'e.[13]Naho fa nandeha iareo, le nisy anjely i Tompo
niboake am'i Josefa tamy ty alala ty nofy nirehake te hoe: "Mitsangana, andeso o ajaja'o naho rene'e, le nilay Egypta agne.
Mipetraha agne mandra-pitaliliako ama'o, fa i Heroda mipay o ajaja'o mba hamono aze."[14] Amy halegne inge avao t'i
Josefa le nifoha, le nitondra i ajaja'y naho rene'e nandeha Egypta agne. [15]Zay le nahalefe ze nambara i Tompo tamy ty
alala ty mpitoky hoe: "Nitokaveko handeha Egypta agne ty anako."[16]Avy eo t'i Heroda, naho fa nahafantatse fa voafita
iareo lahilahy vory hihitse, le niboseke mafe. Nagnirake naho nampamono ze kila ajajalahy aby roe taogne mindigne ze
ta Betlehema ao naho tamy ze kila faritse tey reke, arake ty fotoagne nifotore'e mazava tam'iareo lahilahy vory hihitse.
[17]Avy eo le lefe ty rehake nambara tamy ty alala i Jeremia mpitoky te hoe:[18] "Nisy feo nirey ta Rama tao, fitagniagne naho
fisaonambey, mitagny naho ty amy ana'ey ty Rahely, le tsy nimete hampitsignegne reke, satria fa tsy tratse iareo."[19]Naho
fa nimate t'i Heroda, ingo, nisy anjely i Tompo niboake am'i Josefa tamy ty nofy le nirehake te hoe: [20]"Mifohaza le andeso o
ajajao naho rene'e mandehana amy ty tane Isiraely, fa fanimate iareo nikinia ty ay o ajajao." [21]Nifoha ty Josefa le
nandese'e i ajaja'y naho rene'e, le nandeha amy ty tane Isiraely agne.[22]Fa naho fa nirei'e fa i Arkelaosy ro nanjaka à Jodia
agne nandimbe i Heroda rae'e, le natahotse ty hombeo reke. Tafara ty nampitandreman' Andriagnanahare aze tamy ty
nofy, le nandeha amy ty faritse Galilia reke, [23]le nipetrake amy ty tanagne atao hoe Nazareta tao. Zay le nahalefe ze rinehe
ty mpitoky manao hoe: "Nazareana ty hitokavagne aze."


generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

3 [1]Tamy ze andro zay le nandeha nitory agnefetse i Jodia agne agne t'i Jaona mpanao Batisa manao te hoe: [2]"Mibebaha, fa
marine ty fanjaka ty lagnitse.[3] " Fa i reke rineha i Isaia mpitoky te hoe: "Misy feo raike mitoka agnefetse agne hoe:
"Amboaro ty lala i Tompo, ahitsio ty lala'e."[4]Le i Jaona niakanjo volon-drameva naho nisekotry holitse amy ty vania'e.
Valala naho tantele rembe ty natao'e fihanegne.[5] Le Jerosalema, Jodia iabike, naho ze kila faritse magnodidigne ty
vavarano i Jordana le nagnantogne aze.[6] Natao'e Batisa amy ty vavarano Jordana iareo, naho fa nivalo amy ty hakeo'e.[7]Fa
naho fa nahatrea iareo Fariseo naho Sadoseo namonje aze mba hatao Batisa reke, le hoe ty natao'e tam'iareo: "Ry tarira ty
menaragne feno voreke, ia ro nampitao anareo hilay ty fahavigneragne ho avy? [8]Mamoaza voa magneva ty fisolohoagne.
[9]Le ko mieretseretse am-po te hoe: "Managne i Abrahama ho rae'ay zahay." Fa ambarako anareo fa Andriagnanahare
mahavita mampijangagne anake hoe i Abrahama ndra le avy amy ty vato retoa aza.[10]Le fa napoke am-poto-katae eo ty
famaky. Le ze hatae tsy mamoa voa soa hotapahegne le hatorake agnate afo agne.[11] Manao batisa anareo amy ty rano ho
amy ty fibebahagne raho. Fa misy mahery amboneko hoavy afarako ao, ndra ty hitondra ty kapa'e aza tsy magneva ahike.
Hanao batisa anareo amy ty Fagnahy Masigne naho ty afo reke.[12] Fa am-pita'ey abike ty fikororoha'e hagnaliova'e ty
famoloa'e naho hamoria'e ty vare'e an-tsopitse agne. Fa reke hagnoro o akofa reo amy ty afo tsy mete mate."[13]Niavy boake
Galilia tagne t'i Jesosy le nandeha amy ty vavarano Joradana teo mba hatao i Jaona Batisa.[14] Feie nisakana i Jaona reke,
natao'e te hoe: "Iraho ro mila atao'o Batisa, ndra i rehe ka vao ro mamonje ahike?"[15] Jesosy namale nirehake tama'e hoe:
"Anovo fa zao ro mete amantika hahalefe ze kila fahamarenagne." Le nimete amzay t'i Jaona.[16]Naho fa nivita Batisa reke,
le nitroatse ty andrano ey t'i Jesosy,le ingo, nisokake tama'e lagnitsey. Vazoho'e ty Fagnahin'Andriagnanahare nizotso
ambone'eo manahake Voromahilalao. [17]Le ingo nisy feo boake an-dagnitse agne nanao te hoe: "Itoy ro anako mamiko.
Anako to vata'e."

4 [1]Naho fa niavy eo t'i Jesosy nindese Fagnahy'i ho agnefetse agne mba ho tsapae i Devoly fagnahy. [2]Naho fa niavy nifaly
hanegne efapolo andro naho efapolo alegne reke, le nimosare. [3]Namonje ty mpitsoke fagnahy nirehake tama'e hoe:
"Naho Anak'Andriagnanahare rehe, ampanjareo mofo ty vato toa."[4] Nivalea i Jesosy reke te hoe: "Voasoratse te hoe: Tsy ty
mofo avao ro hiveloma ty ndaty fa ze kila saontsy aboa ty falien'Andriagnanahare."[5]Avy eo nandese i Devoly amy ty
tanagne masigne reke le napetra'e andindy ty anjomba abo agne(tempoly), [6]le nirehake tama'e te hoe: "Naho
Anak'Andriagnahare vata'e rehe, le mikopa ambane agne, fa voa soratse te hoe: Reke handily o anjely'e reo hanante azo
naho hanandratse azo amy ty tagna'iareo, le tsy hikotrofotse amy ty vato ty tombo'o."[7]Jesosy nirehake tama'e hoe: "Le
mbe voasoratse ndraike te hoe: Tsy toko'e hitsoke fagnahy I Tompo Andriagnahare'o rehe."[8] Nandese i Devoly amy ty
toeragne andidigne reke le naboa'e ama'e ze kila fanjakagne misy ambone tane eto naho ty hasoa'e.[9] Le hoe ty natao'e
tama'e hoe: "Omeiko azo abike o raha iaby reo, naho miondreke amako eto le midera ahike rehe."[10]Avy eo t'i Jesosy
nirehake tama'e hoe: "Misitaha mberoa rehe kokolampon-draty! Fa voasoratse te hoe: "I rehe hidera i Tompo
Andriagnanahare'o, le i reke rery avao ro hotompoe'o."[11] Avy eo nandeha niala aze ty devoly, ingo nisy anjely niavy
nanompo Aze.[12]Naho fa nirey i Jesosy te voasambotse t'i Jaona le niheregne à Galilia agne reke.[13] Niala i Nazareta reke le
nandeha naho le niambesatse ta Kapernaomy tao, agnolon-dranomasy i Galilia eo zay, amy ty anjara-tane i Zebolona
naho I Naftaly.[14]Le nisy aby zao mba hahalefe ze nambara i Isaia mpitoky hoe: [15]"Ty tane i Zebolona naho ty tane i Naftaly,
mba amy ranomasigney, an-dafe i Jordana agne, Galilia eo Jentilisa reo![16] O ndaty nipetrake tamy ty maiegne le nahatrea
fahazavagne jabajaba, le iareo nipetrake tamy ty faritse naho ty alo ty fahafatesagne, le ama'iareo teo ro hijiriha ty
fahazavagne."[17]Tamy zay fotoagne zay le namototse nitory zaka t'i Jesosy le nirehake te hoe: "Mibebaha fa famarine ty
fanjaka ty lagnitse."[18]Naho fa nandeha agnolon-dranomasy i Galilia reke, le nahatrea mpirahalahy roe, Simona ie
nitokavegne hoe Petera, Andrea rahalahi'e, nanorake ty harato'e andranomasigne ey, fa mpikara fiagne iareo.[19] Le hoe t'i
Jesosy tama'iareo: "Andao hindre amako fa hataoko mpagnarato ndaty nareo."[20] Leavy le tsy nisy alaharo iareo fa leavy le
nenga iareo i haratoy le nagnorike aze.[21]Nionjogne avao t'i Jesosy le nahatrea mpirahalahy roe hafa ka, Jakoba ana i
Zebedio, naho Jaona rahalahi'e. Namboatse i harato iareo'y an-tsambo iareo ao iareo aman-drae'iareo Zebedio. Nitoka
iareo reke,[22] leavy le tsy nisy alahaho ka iareo fa nenga iareo eo sambokele'y naho i baba'iareo le nagnorike aze.
[23]Nagnavelo nanitsike Galilia t'i Jesosy, nampianatse tamy ty synagoga tao iareo, nagnambara ty talily soa ty fanjakagne, le
nagnasitragne ze kila aretegne naho ze kila maleme amy ty ndaty.[24] Niely nanitsike i Syria ty vaovao mahakasoike aze, le
nandese ty ndaty ama eo abike ze kila marare, marare ty karazan'aretegne naho fangirifiriagne, kokolampogne reo, naho
ze marare ty andro bey le marare ty paralysisa. Nisitragne i Jesosy aby rey. [25]Ndaty maro boake à Galilia agne, Dekapolisy,
Jerosalema, Jodia le ze avy an-dafe i Jordana agne ro nagnorike aze.

5

[1]Naho fa nahonigne ndaty maro reo t'i Jesosy, le niakatse ambone vohitse ey. Naho fa tafa-fiambesatse ey reke, le
nagnontane aze mpiana'e rey.[2] Nanokake falie'ey rekwe le nampianatse iareo, manao te hoe: [3]"Votsotse ze sahiragne am-
pagnahy, fa ho aze ty fanjaka ty lagnitse.[4] Votsotse iareo misaona, fa hampitsignegne iareo.[5]Votsotse iareo maleme
fagnahy, fa iareo io ro handova ty tane. [6]Votsotse iareo ze kere naho mangetaheta ty fahamarenagne, fa hovontsignegne
iareo io. [7]Votsotse iareo mpamindra fo, fa hahazo famindra-po iareo io.[8] Votsotse iareo madio am-po, fa hahatrea
an'Andriagnanahare iareo io.[9]Votsotse iareo mpampilongo, fa iareo io ro hotokavegne hoe anak'Andriagnanahare.[10]
Votsotse iareo enjehegne amy ty fahamarenagne, fa ey iareo io ty fanjaka ty lagnitse.[11]Votsotse nareo naho mametaveta
anareo, magnenjeke anareo ty ndaty, le mamorogne vande handesegne manohetse anareo naho ty amako. [12]Mirebeha

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

naho mifalea, fa folo'ay ty ty valesoa'areo an-dagnitse agne. Fa manahake zay ty ty nagnenjeha ty ndaty iareo mpitoky
nivelogne taloha'areo.[13]Nareo ro sira ty tane. Fa naho ty sira ka ro matsatso, amy ty akore ka ty hampafiry zay ndraike?
Tsy ho soa zay ndra amy t'ino ndra amy t'ino fa hariagne naho ka holialia ty tombo ty ndaty. [14]Nareo ro fahazava ze kila
tane. Ty tanagne mioregne ambone ty haboagne le tsy voatakogne sasa.[15]Tsy misy ndaty handrehetse jiro ambane
harogne, fa amy ty fipetrahan-jiro eo, le magnazava ty antragno'e ao abike zay.[16] Ao soa hazava manahake zay ty
fahazava'areo ama'ondaty mba hahatreava iareo ty asa soa atao'areo naho ka hankalaza'e ty Rae'areo an-dagnitse agne.
[17]Ko mametsevetse te hoe avy handrava ty lily naho iareo mpitoky raho. Tsy avy handrava io raho, fa hanao ty hahalefe
aze.[18] Fa ambarako ama'areo ty maregne fa mandra-piveloma ty lagnitse naho ty tane, le tsy ho rava amy ty lily ndra le
venten-tsoratse raike aza, mandra-pahateraha ze kila raha iaby.[19]Naho zay areke ndra ia ndra ia mandika ndra ty fara'e
kede amy ze lily naho ze mampianatse ty hafa ka hanao zay le hotokavegne hoe fara'e kede amy ty fanjaka ty lagnitse ao.
Fa ndra ia ndra ia magneke naho mampianatse le ho tokavegne hoe foloay amy ty fanjaka ty lagnitse. [20]Ambarako anareo
fa naho tsy bey mihoatse ty mpanora-dalàgne naho ty fariseo ty fahamaregna'areo, le ko ndra mitama te hiditse amy ty
fanjaka ty lagnitse nareo.[21]Fa nirei'areo nambara tam'iareo taloha tagne hoe: "Ko mamono ndaty," "Ndra ia ndra ia ndaty
mamono ndaty le hohelofagne amy ty fitsaragne." [22]Fa ambarako ama'areo fa ze manan-keloke amy ty rahalahi'e le
magneva helofagne amy ty fitsaragne agne; ndra ia ndra ia mirehake ty rahalahi'e hoe: "Irehe ndaty tsy misy asa'e!" le
hohelofegne amy ty filan-kevetse; ndra ia ndra ia mirehake te hoe: "Gege rehe!" le magneva ty ho amy ty sihanake
mirehetse afo.[23]Naho zay areke, naho fa manese sesehaitse amy ty alitara eo rehe tiaro'o teo fa manan-keloke ama'o ty
rahalahi'o, [24]le angao aloha alitara ao heke i sesehaitse'ey, mandehana oriho ty lala'o. Milongoa heke amy rahalahy'oi, zay
vaho mihregne le manese sesehai'oy.[25]Milongoa malaky amy ty mpandeteke azo amy rehe mindre ama'e amy fitsaragney
agne, hendra ty mpandeteke avao ro hanolotse azo amy ty mpitsara, le hanolotse azo amy ty manam-bolonahetse ka ty
mpitsara, le hatao antragno maieke ao rehe. [26]Ambarako anareo ty maregne, fa tsy hovotsotse ty ao rehe mandra-
pandoava'o ty vola fara'e kede amy ty trosa'o.[27]Fa rei'areo fa nambara te hoe: "Ko miviombiogne." [28]Ambarako anareo fa ze
magnente ampela sady magniry aze le fa miviombiogne am-po'e ao reke zay.[29]Naho mitohigne azo ty maso'o ankavana, le
afaho ario lavitse azo. Fa ndra itrakitra'e ty ila ty vata'o ro simbagne te zay ty vata'o abike atorake agnate ty helo agne.
[30]Naho mitohigne azo ty tagna'o havana, tapaho le ario hisitake lavitse azo. Fa ndra itrakitra'e ty ila'e amy ty vata'o ro
montso te zay ty vata'o abike hariagne agnate ty helo agne.[31]Le fa nambara avaoka te hoe: "Ndra ia ndra ia misarake amy
ty vali'e, ao soa reke hagnomey aze ty taratasy fisaram-panambaliagne."[32] Mirehake ama'areo raho fa ze misarake amy ty
fanambalia'e, akoatse amy ty fiviombiognagne, le mampiviombiogne aze. Ndra ia ndra ia manambaly aze afara
fisaraha'ey le miviombiogne.[33]Fa rei'areo avao ka fa nambara tamy ty ntaolo hoe: "Ko le voatsiriry miletse amy ty
fiaignagne diso, fa andeso agnatreha i Tompo eo ty fiaigna'o." [34]Fa iraho magnambara amareo, ko miletse amy ze kila
raha, ndra amy ty lagnitse aza, fa seza fiambesaran'Andriagnanahare zay; [35]ndra amy ty tane fa fipetraha ty tombo'e zay;
ndra amy Jerosalema koa, fa tana ty mpanjaka bey zao.[36]Ko miletse amy ty loha'o, fa tsy raha mahay magnafoty ndra
magnamainte volo raike rehe. [37]Ao soa ty reha'o naho fa 'Eka le eka; naho 'Ehe'e le ehe'e.' Ze mbe mihoatse zay le boake
amy ty raty.[38]Rei'areo fa nambara te hoe: "Maso solo ty maso, le nife solo ty nife."[39] Fa raho magnambara ama'areo te hoe,
ko mifandietse amy ty raty. Fa ndra ia ndra ia magnomey takapike fifi'o havanay le omeo aze ka i havia'ay.[40]Le naho misy
ndaty te hindre ama'o ho amy ty fitsaragne agne magnofike ty akanjo'o, le angao ho aze ty lamba'o. [41]Ndra ia ndra ia
manere azo handeha kilometatse raike, le mandehana mindre ama'e amy ty kilometatse roe. [42]Omeo ze mangatake ama'o,
ao soa tsy handietse ndra ia ndra ia magniry te hindragne ama'o.[43]Fa rei'areo fa nambara hoe: "Tsy maintsy teave'o ty
raike tanagne ama'o, le rafeso ty fahavalo'o. [44]Fa ty ambarako anareo teavo ty fahavalo'areo le mivavaha hoe ze
magnenjeke anareo, [Fagnamarenagne: Ty dikan-drehake soa taloha le magnafake ty hoe: "Isaoro'areo ze magnozogne
anareo, manoa raha soa amy ze malaigne anareo."] [45]le ho ana ty Rae'areo an-dagnitse agne vata'e nareo. Fa reke
mampibelagne ty masoandro'e amy ty soa naho ty raty, le mandatsake ty oragne amy ty maregne naho ty tsy maregne.
[46]Fa naho ze tea anareo avao ro tea'areo, le inogne ty valesoa ho azo'areo? Ndra o mpitake hagao vao tsy manahake zay
avao ka? [47]Naho ty rahalahi'areo avao ro salamae'areo, le inogne ty atao'areo amy ty hafa? Ndra o jentilisao vao tsy
manahake zay avao ka?[48] Naho zay areke tsy maintsy mitoetse nareo manahake ty fitoera ty Rae'areo an-dagnitse agne.

# 6

[1]Miambena tsy hanao ty asa ty fahamaregna'areo amaso'ondaty eo mba ho trea iareo nareo, fa naho tsy zay le tsy hahazo
valesoa avy amy ty Rae'areo an-dagnitse agne. [2]Naho fa manao fagnampeagne nareo ao soa tsy hitioke vangabey
manahake ty atao iareo soa miatreke à synagoga agne naho an-dalagne ey, am'zay mahazo roboke ama ondaty iareo.
Ambarako anareo fa fanandrae ty valesoa'e iareo io.[3]Naho fa manao fagnampeagne nareo, ko atao fanta ty tagna'areo
havia ze atao ty tagna'areo havana, [4]le mba omeo am-pitolahagne ty fagnomeza'areo. Avy eo ty Rae'areo ie mahavazoho
amy ty mangikey ro hamale soa anareo.[5]Naho fa mivavake nareo, ko manahake o soa miatrekeo, iareo tea mijangagne
naho mivavake amy ty synagoga eo le agnolon-dalagney, le mete ho trea ty ndaty. Ambarako anareo ty maregne, fa iareo
io le fa nandrae ty valesoa'e. [6]Fa nareo naho fa mivavake midira an-tragno'areo ao. Hilio ty lalagne, le mivavaha aman-
dRae'areo ie amy ty mangike ao. Avy eo ty rae'areo ie mahavazoho amy ty bangigne ro hamale soa anareo. [7]Naho fa
mivavake nareo, ko maro rehake fahatane manahake Jentilisao, amy ty fieretsereta'e te hoe horey amy ty rehake maro
atao'e.[8]Ay zay areke, ko manahake iareo, fa ty Rae'areo fa maharofana ty raha paia'areo aloha ty angataha'areo Ama'e.[9] Le
mivavaha manahake zao: "Rae'ay andindimonegne agne, ho masigne ty tahina'o aba. [10]Ho avy ty fanjaka'o. Hatao ze

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

sitrake ty arofo'o an-tane etoy manahake ty an-dagnitse agne.[11]Omeo anay anito ty hanegne tandrife ho anay. [12]Hahao ty hakeo'ay, manahake ty hagnaha'ay ze manan-kakeo ama'ay. [13]Ko andesegne amy ty fakam-pagnahy zahay, afaho am'ay ze kila raha raty. ["Fagnamarenagne: Ty dikan-drehake soa taloha le nagnafake ty hoe: "Fa azo ty fanjakagne naho ty hery le ty volonahetse hatrampara'e. Amen."][14]Fa naho magnaha ty hadisoa ty ndaty nareo, le hagnaha anareo ka ty Rae'areo ie an-dagnitse agne. [15]Fa naho tsy magnaha ty hadisoa'iareo nareo, le tsy hagnaha ty hakeo areo ka ty Rae'areo.[16]Ankoatse zay, naho fa mifaly hanegne nareo, ko mampiboake tarehe mahaferenaigne manahake ty atao ty soa miatreke, ampangoritagnegne ty tarehe iareo am'zay hita te tena mifaly hanegne. Ambarako anareo ty maregne, fa fanandrae ty valesoa'e iareo. [17]Fa rehe, naho fa mifaly hanegne, hosoro menake ty loha'o le sasao ty tarehe'o,[18] mba tsy hohay ty ndaty hafa te hoe mifaly hanegne, fa aman-dRae'o ie amy ty bangigne ao avao; le Rae'o ie mahonigne amy ty bangigne ao, ro hamale soa azo.[19]Ko mitahiry ty fanagna'areo ambone tane etoy, simbae ty bararaoke naho harefesegne, le hotavane ty mpangalatse angalare'e. [20]Faie, tahirio ty harea'areo an-dagnitse agne, tsy simba ty bararaoke naho le tsy mete harefesegne, le tsy ho voa tava ty o mpangalatseo ka. [21]Fa ze misy ty harea'o ro itoboha ty fo'o ka.[22]Ty maso ro jiro ty vatagne. Naho zay areke, naho soa ty maso'o, le hoatseke hazavagne ty vatagne abike. [23]Fa naho raty ty maso'o, le hoatseke ieke ty vata'o . Ay zay areke, naho maiegne ty fahazavagne amao ao henanezao, le manao akore ty habey o ieke zao![24] Tsy misy afake hanompo tompo roe, fa hoheje'e ty raike le hotea'e ty raike, le hanolotse ty vata'e hoe ty raike fa handrafe ty raike hafa. Irehe tsy afake hanompo an'Andriagnanahare naho ty fanagnagne.[25]Naho zay areke ambarako ama'areo, ko misalasala mikasike ty fiai'areo, ty hohane'areo, ndra ty mikasike ty vata'areo, ie horongona'areo. Tsy bey ambone o hanegneo vao ty fiaignagne, le o vatagneo vao bey ambone ty akanjo'o?[26] Henteo o vorogne agnala ey io. Iareo rey tsy raha mambole, fa ty rae'areo an-dagnitse agne ro mamahagne iareo. Tsy manan-kasigne mihoatse iareo vao nareo?[27]Ia ama'areo ty mete hagnampe metatse raike amy ty andro hiveloma'e amy ty fitahiagne? [28]Nagninogne nareo ie misalasala amy ty ankanjo'areoo? Vetsevetseo ty mikasike ty lilia antondaey, manao akore ty tiry iareo. Tsy raha miasa iareo io, tsy raha manjaitse akanjo ka. [29]Ambarako ama'areo, fa ndra i Salomona aza amy ty volonahe'e le tsy niakanjo mitovy ty raike amy rey.[30]Naho ampiakanjoen'Andriagnanahare mitovy amy ty ahetse atonda agne, ze misy androany naho maray le hatono am-patagneo, manahake ty ino ty hampiakanjoa'e anareo vata'e, nareo kede finoagne?[31] Naho zay areke, ko misalasala te hoe: "Inogne ty hohane'ay?" "inogne ty honome'ay?" "inogne ty akanjo hakanjoe'ay?"[32]Fa iareo Jentilisa mipay o raha reo, le ty Rae'areo an-dagnitse agne le mahafohigne ka fa mila io nareo. [33]Fa katroho heke ty fanjaka'e naho ty fahamarigna'e le hatolotse anareo o raha reo. [34]Naho zay areke, ko marikarike ty maray, fa mbe hisalasala ty aze ty maray. Ampe hoe ze kila andro ty raty ama'e ao.

# 7

[1]Ko mitsara mba tsy ho tsaraegne nareo. [2]Fa amy ty fitsaragne natao'areo, ro hitsaragne anareo ka, le amy ty fandrefesagne andrefesagne'areo, ro handrefesagne anareo.[3]Nagnino rehe tondregne magnete ty akata kede agnate ty maso ty rahalahi'o, nefa ty amy ty azo tsy trea'o? [4]Akore ty hirehafa'o ty rahalahi'o te hoe: "Apoho raho hangalake ty akata agnate maso'o ao, naho mbe agnate ty maso'o ao i azoy?[5] Nareo soa miatreke! Afaho hek ty akata agnate ty maso'o, le avy eo rehe hahatrea soa naho fa magnafake ty amy ty maso ty rahalahi'o.[6]Ko ameagne amboa ty raha manan-kasigne, le ko ariagne amo kosogneo ey ty vatosoa'areo. Naho tsy zay le ho voa lialia ty tombo'iareo, le avy eo hifotetse naho hamilavila anareo amy ty fahapotehagne.[7]Mangataha, le ameagne anareo zay. Mipaia, le hahatrea nareo. Konkogno, fa hisokake ho anareo zay. [8]Fa ze mangatake, le hahazo; iareo abike mipay, le mahatrea; le ze ndaty mampikonkogne ho sokafegne. [9]Ia ama'areo ty angataha ty ana'e mofo, ro hanolotse vato ho aze?[10] Na ka nangataha'e fiagne, le hagnomey bibilava aze? [11]Naho zay areke, nareo raty aza mahay magnomey raha soa hoe ty ana'areo, tsy bey mihoatse zay vao ty raha soa amean-dRae'areo an-dagnitse agne hoe iareo ze mangatake ama'e? [12]Naho zay areke, ndra ino ndra ino raha tea'areo hatao'ondaty amareo, le toko'e hanao manahake zay am'iareo ka nareo, fa zay ty lily naho iareo mpitoky.[13]Midira amy lalambey kititse. Fa bey naho malalake ty lalagne mitondra amy ty raty agne, le maro iareo ndaty mandeha am'zay. [14]Fa kititse sady sarotse ty lalambey mitarike amy ty fiaignagne maregne, le tsy ampe iareo mahita zay.[15]Miambena amy ty mpitoky sandoke, ie mamonje anareo amy ty fiakanjon'agnondry nefa amboa ly mpitsitsa. [16]Amy ty alala ty voa'e ro hahafantara'areo iareo. Mangalake voaloboke amy ty fatikey vao ty ndaty, ndra ka aviavy amy ty songosongo ey? [17]Mitovy am'izay, ze hata soa aby le mamoa voa soa, fa ze hata raty mamoa voa raty.[18]Ty hata soa tsy mete hamoa voa raty, le ty hata raty tsy mete hamoa voa soa. [19]Ze kila hata tsy mamoa voa soa le hotapahegne, le hatorake agnate afo agne. [20]Naho zay areke ho fanta'areo iareo amy ty alala ty voa'e.[21]Tsy ze kila mirehake amako hoe: "Ragnandria, Ragnandria" le hiditse ty fanjaka ty lagnitse, fa iareo manao ze zoto ty arofo ty Raiko an-dagnitse agne avao.[22] Maro ndaty reo hirehake amako amy ze andro zay hoe: "Ragnandria, Ragnandria, tsy fa nitoky tamy ty agnara'o vao zahay, tsy fa nandroake kokolampogne tamy ty agnara'o, le nanao ka asa bey reo tamy ty agnara'o?"[23] Avy eo raho hagnambara am'iareo ampahabeso hoe: "Tsy mahafantatra anareo mihitsy Aho! Misitaha lavitse Ahy, ry mpanao raty!"[24]Naho zay areke, iareo ndaty mitsandregne ty rehako manao aze to le hanahake ty ndaty hendre nagnoregne ty tragno'e ambone ty vatolampy. [25]Avy oragney, mitroa tamboho ranoy, le nifofofofo naho namele i tragnoy ty rivotse, fa tsy nihetseke, satria naoregne ambone ty vatolampy teo.[26]Fa ze mitsandregne ty rehako fa tsy manao aze to rey le manahake ty ndaty gege magnoregne ty tragno'e ambone ty fasegne ey. [27]Avy oragney, mitroa tamboho ranoy, le nifofofofo namele tragnoy ty rivotse, le nihomake reke, sady nirava."[28]Naho fa niavy nagnambara rehake reo t'i Jesosy, le nitea vahoake rey ty fampianara'e,[29] satria nampianatse iareo manahake ty ndaty managne fahefagne reke, fa tsy manahake iareo manoratse ty lili'iareo.


generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

# 8

[1]Naho fa nizotso boake ambohitsey t'i Jesosy, le ndaty maro ty nagnorike aze.[2] Ingo, nisy boka nagnantogne aze le
niondreke taloha'e eo nanao hoe: " Ragnandria, naho zoto'o, mahay magnalio ahike rehe." [3]Nagnitsy fita'ey t'i Jesosy le
nikasike aze, nanao hoe: "Zotoko. Madiova." Tsy nisy alaharo fa leavy le nadio tamy ty fahaboka'e reke.[4]Zao ty natao i
Jesosy tama'e hoe: "Ao soa tsy hagnambara ndra am'ia ndra am'ia rehe. Mandehana amy ty lala'o, le atoro amy ty
mpisorogne ty vata'o le atoloro i fagnatetse nandilia i Mosesy, mba ho fijoroagne vavolombelogne am'iareo."[5]Naho fa
niditse tao Kapernaomy t'i Jesosy, le namonje aze ty kapiteny raike le nagnontane aze[6] hoe: "Ragnandria, matindry
antragno ao ty mpanompoko."[7] Le hoe t'i Jesosy tama'e hoe: "HOavy raho le hagnasitragne aze."[8]Namale i Kapiteny le
nanao te hoe: "Ragnandria, ndaty tsy to raho tsy magneva hidira'o ty antragnoko ao, misaontsia avao rehe le ho jangagne
ty mpanompoko. [9]Fa raho io lahilahy napetrake ho ambane fahefagne, le managne miaramila fehezeko raho. Mirehake
amy ty raike raho te hoe: "Mandehana", le mandeha reke, le amy ty raike hafa ka hoe: "Avia", le magnantogne reke, le amy
ty mpanompoko hoe: "Anovo zao", le atao'e zay."[10] Naho fa nirey i Jesosy zay, le nilatsa reke sady nirehake am'iareo
nagnorike aze hoe: "Ambarako ama'areo ty tena maregne, fa mbe tsy nahatrea ndaty manampinoagne manahake zao
raho ta Israely teto.[11]Ambarako anareo, fa maro ty boake antignanagne naho ty boake ahandrefagne ho avy, le hipetrake
an-databatse eo mindra am'i Abrahama iareo, Isaka naho i Jakoba, amy ty fanjaka ty lagnitse agne.[12] Fa iareo ana ty
fanjakagne le hatorake ivwela ty iegne lavitse agne, ie hisy fitagniagne naho fisokiragne nife. [13]Le zao ty natao i Jesosy
am'i Kapiteny hoe: "Mandehana! Magnorike ty ninoa'o, le ao zay hatao'o ho azo."[14]Naho fa niditse t'antragno i Petera ao t'i
Jesosy, le nahavazoho ty rafoza i Petera ampela nandre marare voa ty tazogne reke.[15] Nikasihe i Jesosy ty tagna'e, le
nindre amizay tazogney. Le nitsangagne reke sady nanjotso hanegne ho aze.[16]Naho fa nihariva, le maro iareo nivoa ty
kokolampogne nandese ty ndaty am'i Jesosy eo. Nandroake o kokolampon-draty reo tamy ty rehake reke le nagnasitragne
iareo ze narary abike.[17] Zay ty nahalefe ze nambara i Isaia mpitoky, nanao te hoe: "I reke vata'e nagnala ty fahararеantika
naho nitondra ty aretentika."[18]Naho fa nivazoho i Jesosy ndaty maro nagnarikobogne azey, le nagnomey torolalagne ty
hitsahagne amy ranomasigne Galilia reke. [19]Avy eo ty mpanoratse lily raike namonje aze le nanao te hoe: "O
mpagnanatse, hagnorike azo raho ndre mbaia mbaia ty hagnaveloa'o."[20] Zao ty natao i Jesosy tama'e: "Ty amboahaolo
manan-davake, le ty voro ty lagnitse managne tragno, fa ty ana'ondaty tsy managne ndra aia ndra aia ty degana ty
loha'e."[21]Ty raike hafa amy mpiana'e reo nirehake tama'e hoe: "Ragnandria, votsoro raho handeha handevegne ty raeko."[22]
Le zao ty natao i Jesosy tama'e hoe: "Oriho raho, apoho ze mate handevegne ty mate ama'e ao avao."[23]Naho fa niditse amy
ty sambokede raike tao t'i Jesosy, le nagnorike aze t'agnate io ao ka mpiana'e rey. [24]Ingo, nisy rivotse mahery ty amy
ranpomasigne ey, le nifeno rano i Samboy. [25]Namonje aze iareo mpiana'e le namoha aze nanao hoe: "Vonjeo tika,
Ragnandria, ho mate tika!"[26]Le hoe t'i Jesosy tama'iareo: "Nagnino nareo matahotseo, ry kede finoagne?" Le nitsangagne
reke sady nirehafe'e mafe i rivotsey naho i ranomasigney. Le nijanogne.[27] Gaga iareo lahilahy le nirehake hoe: "Fa
karazan-dahilahy inogne toy io, fa ndra rivotse naho ranomasigneo mieke aze?"[28]Naho fa niavy nitsake le tamy ty tana i
Gadarenesa t'i Jesosy, le nisy ajalahy roe zay nifeheze ty kokolampogne nifaname tama'e. Boake an-dolo ey iareo io, le tsy
nisy mpandeha afake nandalo ty amy lalagney.[29] Ingo,nihiake mafe iareo le nanao te hoe: "Mpinogne vao zahay naho
reheo, ry anak'Andriagnanahare? Avy eto vao rehe hamerevere anay aloha ty fotoagne tinondro?"[30]Le nisy kosogne maro
nihinagne teo, tsy lavitse iareo.[31] Le mbe nitsoloke am'i Jesosy o kokolampogne reo nanao hoe: "Naho mandroake anay
rehe, le alefaso agnate ty kosogne maro toa zahay." [32]Le zao ty natao i Jesosy tama'iareo: "Mandehana!" Le niala i
kokolampon-draty reo sady niditse amy kosogne rey; le ingo, nihelalake an-dranomasigne ey le nimate agnate rano ao
aby iareo.[33]Iareo ze niarake kosogne rey le nilay antanagne agne, le nitalily ty raha nisy aby, naho ty raha niseho amy
ajalahy nivoa ty kokolampogney. [34]Ingo, nivorake abike iareo t'antanagne ao mba hihaogne am'i Jesosy. Naho fa nitrea
iareo reke, le nangatake aze mba hiala ty faritane iareo.

# 9

[1]Niditse an-tsambokede ao t'i Jesosy, nitsake, le niavy antana'e ao. [2]Ingo, nisy ajalahy marare ty paralesisa milafike am-
pandreagneo nandese iareo ama'e teo. Naho fa nahonigne ty finoa iareo, le hoe t'i Jesosy am'i lahilahy marare ty
paralesisa: "Anake, mifalea amzay fa malio ty hakeo'o."[3]Ingo, ty sasa'e tama'iareo mpanora-dily manao rejiagne te hoe:
"Mirehake raty ty lahilahy tia." [4]Arofana i Jesosy ty eretsere iareo le nisaontsy reke hoe: "Nagnino nareo manao eretsere-
draty am-po'o areo ao? [5]Fa ia ty moramora ty mirehake aze hoe: voavela ty hakeo'o, sa ty mirehake hoe: mitsanga le
mandehana? [6]Fa mba ho fanta'areo fa ty ana'ondaty managne fahefagne hagnafake hakeo ambone tane eto..." hoe ty
natao'e am'ie marare ty paralesisa: " Mitsangàna, jinio fandrea'o, le mandehana an-tragno'o agne."[7]Nitsangagne mararey
le nandeha an-tragno'e agne. [8]Naho fa nahatrea zay vahoakey, latsa iareo le niantsa an'Andriagnanahare, ie nagnomey
fahefagne hoe ty ndaty. [9]Naho fa niale eo t'i Jesosy, le nahatrea lahilahy tokavegne hoe Matio reke, nipetrake am-
pamorian-ketra eo. Hoe ty natao'e tama'e: "Magnoriha ahy." Nitsangagne reke le nagnorike Aze."[10]Le naho nipetrake
nikama tan-tragno ao t'i Jesosy, ingo, mpamory hetse naho ndaty be hakeo maro niavy nindre nihinagne am'i Jesosy le
iareo mpiana'e. [11]Naho fa nahatrea zay iareo Fariseo, le nirehake amy mpiana'e reo nanao te hoe: "Nagnino
mpampiana'areo io mindre mihinagne amy ty mpamory hetse naho ty ndaty be hakeo io?[12]Naho fa naharey zay t'i Jesosy,
le hoe ty natao'e: "Ty ndaty matanjake tsy mipay mpitsabo, fa iareo marare avao. [13]Toko'e mandeha mianatse ty dika ty
hoe: Famindragne arofo ro irieko fa tsy sorogne. Fa avy raho, tsy hipay ze maren-tane hisoloho, fa ze be hakeo."[14]Avy

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

nagnantogne iareo mpiana i Jaona le nirehake te hoe: "Nagnino zahay naho iareo fariseo mifaly hanegne mateteke, fa o
mpiana'o reo tsy mba mifaly? [15]Le hoe t'i Jesosy tam'iareo: "Ho meloke vao ty longo mpangalake io, naho mbe mindre
am'iareo eo mpangalakey? Fa hoavy ty andro hangalagne ty mpangalake am'iareo eo, le amzay iareo vaho hifaly
hanegne.[16]Tsy misy ndaty manampegne akanjo tonta amy ty tapa-damba vaovao, fa ty tampegne handrovitse ty lamba, le
hisy triatse raty lavitse.[17]Tsy misy ndaty magniligne divay amy ty siny holitse tonta. Naho manao zay iareo, le ho triatse
siny holitsey, ho longagne divay'i le ho poteke i siny holitsey. Fa magniligne divay vaovao amy ty siny vaovao iareo, le ho
voa tahiry iareo.[18]Naho mbe nisaontsy raha reo tam'iareo t'i Jesosy, le ingo, nisy manampahefagne raike niavy le
niondreke ama'e. Nirehake reke hoe: "Mate ty anako ampela, fa avia le apetraho ama'e ty fita'o, le ho velogne reke." [19]Avy
eo nagnavelo nindre ama'e t'i Jesosy naho iareo mpiana'e."[20]Ingo, nisy ampela nadeha lio fa ho roe taogne, nandeha afara
i Jesosy ao le nikasike sarimbo'ey. [21]Fa zao ty natao'e: "Naho mahavoakasike ty lamba'e raho, le ho jangagne." [22]Nitolike t'i
Jesosy le nahavazoho aze, le nirehake te hoe: "O anakampelako,mahereza, ty finoa'o ro nahajangagne azo." Le niafake
nannomboke tam'io i lio lavay.[23]Naho fa niavy amy ty tragno i manam-pahefagney t'i Jesosy, le nahavazoho iareo mpitioke
antsiva naho naho ndaty maro mikorake reke. [24]Le hoe hoareke: "Mandehana, fa tsy mate i ajajampelay, miroro reke."
Ndra nihehea iareo avao reke le natao tsikike.[25]Naho fa naboake antane agne i ndaty maro rey, niditse antragno ao reke le
nandrae aze amy ty tagna'e, le nitsangagne ajajampelay. [26]Le niely amy faritsey i vaovao soa zay.[27]Naho fa niala teo t'i
Jesosy, le nisy goa roelahy nagnorike aze. Tsy nijanogne nitoka iareo le nanao te hoe: "Amindrao fo zahay, ie ana i
Davida!"[28] Naho fa niavy t'an-tragno ao t'i Jesosy, le namonje aze iareo lahilahy goa. Le hoe t'i Jesosy am'iareo: "Matoky
vao nareo fa mahay manao zao raho?" Le zao ty natao iareo: "Eka, Ragnandria."[29]Avy eo, nikasihe i Jesosy ty maso iareo,
le nisaontsy reke te hoe: "Ho lefe ama'areo magnorike ty finoa'areo zay,"[30] le mahatrea ty maso'iareo. Avy eo t'i Jesosy
nandily mafe iareo le nirehake te hoe: "Ao soa tsy hisy ndaty hahay ty momba zao." [31]Faie le nandeha iareo roelahy
nagnely i vaovao momba zay amy ze kila faritse tey.[32]Le naho fa nandeha iareo roe lahy, ingo, nisy lahilahy moagne
nippetraha ty kokolampon-draty tam'i Jesosy eo. [33]Naho fa niroahegne i kokolampondraty'i, le nirehake i lahilahy
moagney. Gaga ndaty maroy le nivaky rehake te hoe: "Mbe tsy nimpitrea tam'Isiraely zao!"[34] Fa zao ty natao iareo fariseo:
"Tamy ty fanapaha'iareo kokolampogne, ro nandroaha'e kokolambogne reo."[35]Nandeha nagnavelo mbey tanam-bey naho
ze kila vohitse t'i Jesosy. Nanohy nampianatse tam'iareo synagoga agne Reke, nagnambara ty talily soa ty fanjakagne, le
nahajangagne karazan'aretegne maro isankaraza'e.[36] Naho fa nahavazoho iareo vahoake reke, le nanagne
fiferenaignagne tama'iareo, nisalasala iareo. Manahake ty agnondry tsy misy mpiarake iareo.[37]Le zao ty natao'e am'iareo
mpiana'e: "Maro ty vokatse, fa iareo mpiasa ro tsy ampe. [38]Naho zay areke mivavaha malaky amy ty Tompom-bokatse,
mba handefasa'e mpiasa amy ty voka'ey."

## 10

[1]Nikanjie i Jesosy hindre ama'e i mpiana'e roambifolo lahy'i le namea'e fahefagne handrese ty fagnahy maloto, mba
hanfdroahagne iareo, hahajanganagne karazan'aretegne maro naho ze kila rare.[2]Le intoagne abike ty agnara iareo
aposto9ly roambifolo. Ty voaloha'e, i Simona(tokavegne Petera ka), le i Andreo rahalahy'e; i Jakoba anadahy i Zebede
naho i Jaona rahalahi'e, [3]I Filipo, naho i Barteleomy; i Tomasy, naho Matio i mpamory hetsey; Jakoba anadahy i Alfeosy, le
i Tadeosy;[4] i Simona ie Zelota, le i Jodasy Iskariota, i namotetse azey.[5]Nirahe i Jesosy iareo roambifolo lahy. Nagnanatse
iareo reke le nisaontsy te hoe: "Ko mandeha amy ty toeragne hipetraha ty jentilisa nareo, le ko miditse ka amy ty rova o
Samaritanao. [6]Mandehana am'iareo agnondry motso amy tarira Israely io agne; [7]le naho fa mandeha nareo, mitoria zaka
le magnambarà hoe: "Fa marine ty fiavia ty fanjaka ty lagnitse."[8]Jangano ty marare, atsangano ty mate, liovo iareo boka,
le roaho o kokolampogne reo. Manahake ty nahazoa'areo maimaimpoagne le mizarà maimaimpoagne avao ka.[9] Ko
minday volamena, volafotsy, ndra varahigne amy ty kitapom-bola'areo. [10]Ao soa tsy hinday vatiagne amy ze
andehana'areo, ndra akanjo hafa, ndra kiraro, ndra tehegne, fa ty mpiasa fa magnave andombofagne hanegne.[11]Ndra ino
ndra ino rova bey naho tanagtne kede hidira'areo, paiavo ze magneva ao, le mitoboha ao mandram-pandehana'areo.[12]
Naho vaho miditse antragno ao nareo, le manalamà ze ao. Naho malio hakeo tragnoy, le hizotso ao ty fiadana'areo. [13]Fa
naho tsy zay le hiheregne ama'areo fiadana'areoy.[14]Hoe iareo ze tsy mandray anareo naho ka tsy mitsandregne ty
reha'areo, le ahintsagno ty deboke amy ty tombo'areo, naho fa miala amy tragno naho rova bey zay nareo.[15] Ambarako
ama'areo ty tena maregne, fa ndra ho moramora ty amy ty tana iareo Sodoma naho Gomora agne amy ty andro fitsragne
toy zay amy rova bey zao.[16]Ingo, handefa anareo manahake o agnondrio ho agnate ty amboa ly io eo raho, mihendrea
manahake ty menaragne, le tsy manan-tahy hoe voromahilala. [17]Miambena amy ty ndaty! Hanolotse anareo amy ty zaka
bey eo iareo, le hijera anareo amy ty synagoga'iareo ao iareo.[18] Avy eo le handesegne amy ty goverinora naho ty mpanjaka
nareo noho ty amako, mba ho vavolombelogne ho aze naho ka hoe iareo jentilisa.[19]Naho fa manolotse anareo iareo, le ko
matahotse te hoe ino ty raha hovolagne'areo, fa hameigne anareo am'io fotoagne io ty raha horehafe'areo. [20]Tsy nareo ro
hirehake, fa ty Fagnahy i Rae'areoy ro hisaontsy ama'areo ao.[21]Ty rahalahy hanolotse ty rahalahy ho amy ty
fahafatesagne, ty ra le ty ana'e. Ty anake le hatsangagne hamale ty fanagnan-dRae'e naho ty fanagnan-dRene'e mba
hahavia i fatey am'iareo.[22] Hoheje ze kila ndaty nareo noho ty amy ty agnarako. Fa ndra ia ndra ia mahaligne hatra am-
para'e le hoavotagne ze i ndaty zay. [23]Naho fa magniagne anareo am'io rova bey io iareo, le milaisa amy ty hafa ka,
ambarako anareo ty tena maregne, fa tsy hahatety o tana Isiraely io nareo mandra-pahavia ty ana'ondaty.[24]Ty mpianatse
tsy mbia ho bey ambone ty mpitoky, ndra ty mpanompo tsy ho ambone ty tompo'e. [25]Ampe hoe ty mpianatse naho avy
manahake ty mpitoky reke, le ty mpanompo manahake ty tompo'e. Naho nitokave iareo hoe Belzeboba tompo-tragnoy, le

ho raty lavitse zay vao ty hitokava'iareo ty isam-bavea'e.[26]Naho zay areke ko matahotse aze nareo, fa tsy misy takogne tsy
hiboake, raha mietake tsy ho fantatse. [27]Ze rehafeko ama'areo agnate ty maieke, le rehafo amy ty andro mazava, le ze
bisibisike rei'areo an-tsofi'areo, le koho ambone tragno agne.[28]Ko matahotse iareo mamono ty vatagne faie tsy afake
mamono ty fagnahy. Fa matahora ze afake mamoteke ty fagnahy naho ty vatagne amy ty hakeo. [29]Tsy ho vola torotoro
avao vao ty hamarotagne foly roe? Fa mbe tsy misy ndra raike lavo an-tane am'iareo io naho tsy misy ty fahalalan-
dRae'areo.[30] Ndra ty volon-doha'areo aza ho voa isake abike. [31]Ao soa tsy hatahotse. Manan-kasigne ambone o foly io
nareo.[32]Naho zay areke, ze kila magneke ahy amaso'ondaty, le ho ekeko ka agnatreha ty Raeko an-dagnitse agne.[33]Fa ze
mandietse ahike agnatreha ty ndaty eo, le handa aze ka raho agnatreha ty Raeko andagnitse agne.[34]Ko mieretseretse
laleke fa raho avy hinday fiadanagne amy ty tane toy. Tsy avy hinday fiadanagne raho fa antsy. [35]Fa avy raho hampisarake
ty ana-dahy amy ty ra'e, naho ty anakampela amy ty rene'e, le ty vinanto ampela amy ty rafoza'e ampela.[36] Iareo ze
antragno'e ao avao ro ho lasa fahavalo ty ondaty.[37]Ze tea ty ra'e ndra ty rene'e mihoatse le tsy magneva ahike, le ze tea ty
ana-dahi'e ndra ty anak'ampela'e mihoatse ahy le tsy magneva ahy. [38]Ze tsy mandrae ty hazofijalea'e tsy magnorike ahy le
tsy magneva ahy. [39]Ze mamonje ty fiai'e le hahamotso zay. Ze mamoe ty fiai'e noho ty amako le hahatrea zay.[40]Ze mandrae
anareo mandrae ahy, le ze mandrae ahy mandrae ie nagnirake ahy.[41] Ze mandrae ty mpitoky satria mpitoky reke le
hahazo ty valesoa ty mpitoky, le ze mandrae ty ndaty to satria to vata'e reke le hahazo ty vale soa ty ndaty to.[42]Ndra ia
ndra ia magnomey ty raike amy iareo kede rey, ndra tie rano zinga raike ho nome'e aza, satria reke mpianatse, le
ambarako ama'areo ty mnaregne fa, tsy ho motso ty valesoa'e.

## 11

[1]Naho fa niavy nampianatse i mpiana'e roambifolo lahy'i t'i Jesosy, le niala teo reke handeha hampianatse amy
tana'iareoy agne.[2] Naho fa nirey i Jaona am-pigadragne ao ty momba ty asa i Kristy, le nagnafatse i mpiana'e rey reke,[3] le
rehake te hoe: "I rehe vao o raike hoavy zao, sa mbe handigne hafa zahay?[4]Jesosy namale te hoe: "Akia rehafo am'i Jaona
ze trea'areo naho ze nirei'areo."[5] Hahatrea ze goa, handeha ze kepeke, halio ze boka, haharey ze karegnegne, hijangan-
kovelogne ty ndaty mate, le agnambarao talily soa ty tsy managne.[6] Votsotse ze tsy voa tsikapy amy agnamako."[7]Mbe
andalagney avao o lahilahy reo, le nagnambara ty mikasike i Jaona amy vahoake rey t'i Jesosy hoe: "Hagnete ino ty
niala'areo ty agnefetse-volotara tiofe ty tioke agne? [8]Faie hagnete ino ka ty niakara o lahilahy miakanjo akanjo lafo reo?
Ingo, iareo miakanjo akanjo lafo le mitoboke antragno iareo mpanjaka ao.[9]Hagnete ino ty niakara'areo mpitoky? Eka,
mirehake ama'areo raho, le mihoatse lavitse ambone ty mpitoky.[10] Ie voasoratse zay te hoe: "Henteo, magnirake ty irako
hiaolo ty tarehehe'areo raho, ie hamboatse ty làla'areo mioaolo anareo."[11]Ambarako ama'areo ty tena maregne, fa
am'iareo natera ty ampela tsy misy ambone i Jaona mpanao Batisa. Faie ty ndaty tsy manan-danja amy ty fanjaka ty
lagnitse le bey ambone'e. [12]Nanomboke tamy ty andro i Jaona mpanao Batisa hatra am'izao, le leveleve ty aly sarotse ty
fanjaka ty lagnitse, le alae iareo mahery tsy atolo-tagnagne.[13]Fa iareo ze kila mpitoky naho ty lily le fa nitoky hatra am'i
Jaona;[14] le naho zoto areo ty hagneke zay, le i reke ro i Elia ho avy zao. [15]Ze manan-tsofigne le mitsandregne aze.[16]Inogne ty
hampitovizeko amy ty tarira toy? Zay le manahake ty ajaja mihisa antserna ey,mitoboke le mifampitoka [17]mirehake te
hoe: "Nitioke antsiva ho anareo zahay, fa tsy nitsinjake nareo. Nanao antsa fisaoragne zaha, fa tsy nitagny nareo."[18]Fa i
Jaona tsy raha niavy hihinagne mofo ndra hinogne divay, le hoe ty natao iareo: "Misy kokolampogne reke."[19] Ty ana
ondaty niavy hihinagne naho hinogne le hoe ty atao iareo: "Henteo, lahilahy maiavetse naho mamolava reke, ragne iareo
mpitake hetse naho iareo behakeo!" Fa ty fahendrea'e mbe tsarae ty asa'e."[20]Avy eo t'i Jesosy nanomboke nisaontsy mafe
iareo tanagne ze nanoa'e ty asa'e maro mahagaga, satria tsy nisoloho iareo.[21] "Loza ho anareo, ry Korazina! Loza ho
anareo, ry Betsaida! Natao à Tyra naho à Sidona agne o asa mahagaga atao ama'areo eto zao, le fa ela ty nisolohoa'iareo
amy ty lamba fisaonagne naho lavenoke. [22]Faie tsy ho sarotse ty à Tyra naho à Sidona agne amy ty andro fitsaragna te zay
ty anareo.[23]areo, ry Kapernaomy, miehevetse vao nareo fa hasandratse andagnitse agne? Tsie zay fa handesegne agnate ty
afo mirehetse agne nareo. Satria naho t'à Sodoma agne ty nanoagne o asa mahagaga atao ama'areo eto, le mbe tsy ho lefe
zay mandrak'anito.[24] Faie magnambara ama'areo raho fa ho ty ey Sodoma amy ty andro fitsaragne te zay ty
anareo."[25]Tam'zay fotoagne zay t'i Jesosy nisaontsy te hoe: "Miantsa azo raho, Raeko, Tompo ty lagnitse naho ty tane,
satria i rehe ro nagnetake raha io amy ty hendre naho ty mahilala, manahake o ajaja kedeo.[26] Eka, Raeko, satria zay le
nampalio fo t'ampihaino'o eo. [27]Ze kila raha ampanoegne ahike le avy am'ie Raeko; tsy misy mahay ty anake naho tsy ty
rae'e avao le tsy misy ka mahafantatse an-dRae'e naho tsy ty ana'e, naho ka ze nifilie ty anake hagnambara aze.
[28]Mandehana amako atoy, nareo ze miasa naho mitondra entagne mavesatse iabike, fa homeako fitofagne nareo. [29]Andeso
ty jiogako le mianara amako, fa maleme arofo raho, le hahatrea faliovagne hakeo ty fagnahy areo. [30]Fa mora ty jogako,
maivagne ty entako."

## 12

[1]Tam'izay fotoagne zay t'i Jesosy nagnavelo an-tanembarey amy ty andro sabata. Kere i mpiana'e rey le nihinagne voam-
bare iareo.[2] Faie naho fa nitrea iareo Fariseo zay, le hoe ty natao iareo am'i Jesosy: "Henteo, manao raha tsy toko'e hatao
amy ty andro sabata."[3]Le nisaontsy iareo t'i Jesosy te hoe: "Mbe tsy nivakie'areo vao ty raha natao i Davida, naho fa
nimosare reke, naho iareo lahilahy nindre ama'e? [4]Nizilike agnan-jomban'Andriagnanahare ao reke le nihinagne ze mofo
tao, ndra tie raha tsy manandrife iareo ty toko'e hihinagne aze fa hoe ty mpisorogne avao.[5]Mbe tsy nivakie'areo vao ty lily
ao, fa amy ty sabata o mpisorogne agnan-jomba ao reo ota amy ty sabata fa tsy manan-tahigne? [6]Faie ambarako ama'areo


generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

fa eto i raike ambone naho ty anjombay.[7]Naho fanta'areo ty heve ty hoe: "Famindragne arofo ty irieko fa tsy sorogne, le
tsy naito amy ty tsy manan-tahigne nareo.[8] Fa ty ana'ondaty ro Tompo ty sabata."[9]Niala eo t'i Jesosy le nandeha amy ty
synagoga iareo ao. [10]Ingo, nisy lahilahy maleme tagnagne teo. Nagnontane i Jesosy o Fariseo reo, nanao te hoe:
"Magnorike lily vao ty mitsabo amy ty sabata? mba hitsepaha iareo aze amy ty ota.[11]Zao ty natao i Jesosy am'iareo hoe:
"Ndaty ia ama'areo eo, ia, naho agnondry raike avao ty anagna'e, le naho latsake agnate lavake ao i agnondry amy ty
andro sabata, le tsy hampiakatse aze boake ao? [12]Tsy mana-kasigne mihoatse ty agnondry vao ty ndaty! A naho zay
magnorike lily ty manao raha soa amy ty andrto sabata.[13]Avy eo le nikanjie i Jesosy i lahilahy hoe: "Ahitsio tagnaoy." Le
nahitsi'e am'izay, le niafake ty faleme'e. [14]Niakatse am'zay iareo Fariseo hivognogne ty hamono aze. Nipay hevetse ty
hamonoagne aze iareo.[15]Naho fa niarofana i Jesosy raha zay, le niala ty eo reke. Ndaty maro ty nagnorike aze, le
nitsangane'e iareo abike.[16] Le nililia'e iareo tsy hampibeobeoke amy ty ndaty hafa,[17] mba hahalefe, ze fa nambara tamy ty
alala i Isaiah mpitoky, manao te hoe:[18]"Henteo, ty mpanompoko nifilieko, iareo mamiko, naliova ty arofoko. Hatoboko
amy ty fagnahiko ao, le hitalily ty fitsaragne amy ty Jentilisa reke.[19]Tsy hifandietse, tsy hikorake reke, le tsy hisy ndaty
hitsandregne ty feo'e ty an-dalagne ey.[20] Tsy hanapake ty volotara torotoro reke; tsy hamono ze lelan-jiro manetroke,
mandra-panaova'e ty rare'e ho fandreseagne,[21] le amy ty agnara'e ro hanagna'iareo Jentilisa fitàmagne."[22]Avy eo nisy
ndaty goa naho moagne, nipetraha ty kokolampogne, nandesegne am'i Jesosy eo. Nijangane'e reke, le nijangagne nahita
naho nahay nirehake.[23] Latsa iareo vahoake vaky rehake hoe: "Hendra o lahilahy io ana i Davida zao?"[24]Faie naho fa
naharey fahagagagne zay iareo Fariseo, le zao ty natao iareo hoe: "O lahilahy io tsy mandroake kokolampogne naho tsy
amy ty alala ie Belzeboba, bey ty kokolampogne.[25] Faie niarofana i Jesosy ty vetsevetse iareo le nisaontsy reke te hoe: "Ze
kila fanjakagne mialy an-tragno le tsy ho ela rava, le ty tanagne ndra tragno mialy an-tragno le ho rava.[26]Naho nandroake
kokolampogne ty kokolampogne, le mialy an-tragno reke. Le akore am'izay ty hitsangana ty fanjaka'e?[27] Le naho
mandroake kokolampo amy ty alala ty Belzeboba raho, le amy ty alala'ia zane ty handroaha ty ana'areo aze? A naho zay
anto'e zay areke le ho mpitsara'areo iareo.[28]Faie naho mandroake kokolampogne amy ty alala ty
Fagnahin'Andriagnanahare raho, le fa avy ama'areo ty Fanjakan'Andriagnanahare.[29] Amy ty fomba manao akore ty
hahafaha ty ndaty miditse an-tragno ty lahilahy mahery naho tsy rohizagne heke i lahilahy mahery'i? Avy eo le hangalake
o fanagna'e reo an-tragno ao reke. [30]Ze tsy miomba ahike le manohetse ahike, ze tsy mitraoke mindre amako le mivibike.
[31]A naho zay ambarako anareo fa, hovotsoran-kakeo ze kila ndaty amy ty hakeo'e naho ty firehafa'e raty, fa ty firehafagne
raty amy ty Fagnahy Masigne le tsy hahazoagne fagnaliovagne hakeo.[32] Ndra ia ndra ia mirehake manohetse ty
ana'ondaty, le halio reke. Fa ndra ia ndra ia mirehake manohetse ty Fagnahy Masigne, le tsy halio hakeo reke, ndra
am'izao fiaignagne zao, ndra amy ty ho avy ka.[33]Anovo soa ty hatae le hamoa zay, anovo raty ka ty hatae le hamoa raty
zay, fa fantatse amy ty voa'e ty hatae.[34] Nareo tarira ty menaragne, satria raty fagnahy nareo, le akore ty hahafaha'areo
mirehake raha soa? Fa avy amy ty habey ty am-po'e ao ro irehafa ty vava'e.[35] Ty ndaty soa amy ty fanagnagne boake am-
po'e ao le mamokatse ze soa, le ze ndaty raty amy ty fanagnagne raty boake am-po'e ao le mamokatse raty zay.[36]Ambarako
anareo fa amy ty andro fitsaragne le ho adignegne amy ty rehake tsy voa heve'e rineha'e abike ty ndaty.[37] Fa ty reha'o ro
hagnamarenagne azo, le ty reha'o ka ro hiheloke anareo."[38]Avy eo nisy mpanoratse lily naho Fariseo sasantsasa'e namale i
Jesosy nanao te hoe: "O mpagnanatse te hahatrea famantaragne boake ama'o zahay."[39] Fa namale t'i Jesosy le nisaontsy te
hoe: "Misy keleiagne raty fagnahy mipay famantaragne. Faie tsy misy famantaragne afake omegne aze naho tsy ty
famantara i Jaona mpitoky.[40] Fa manahake i Jonah ie telo andro naho telo alegne tan-tro ty fiam-bey ao, le manahake zay
ka ty hipetraha ty ana'ondaty telo andro naho telo alegne agnate ty tane ao.[41]Iareo ndaty i Ninive le hatsangagne amy ty
fitsaragne eo mindre amy ty keleiagne tia le hiheloke zay. fa nisoloho iareo tamy ty talily natao i Jaona, le ingo, misy ndaty
bey ambone i Jaona ty eto.[42]Ty mpanjaka vave ty atimo le hindre hitsangagne am'iareo lahilahy ty keleiagne toy amy ty
andro fitsaragne le hiheloke zay. Boake amy ty fara ty tane reke mba hijanjigne ty fahendrea i Salomona, le ingo, misy bey
ambone i Salomona eto.[43]Naho fa nisy fagnahy raty niala tamy ty lahilahy raike, le mandriogne tane traintraigne reke
mipay fitsaragne, faie tsy mahatrea zay.[44] Izay le magnambara te hoe: "Hiheregne an-tragnoko agne raho." Naho fa niavy
ao le nahatrea te fa nisy namafa i tragnoy malio naho milamigne.[45] Avy eo nandeha zay, nitondra fagnahy raty fito nindre
tama'e raty mihoatse aze, le nindre nipetrake tao iareo. Avy eo niharaty mihoatse i fagnahy raty i lahilahy. Le hanahake
zay ka ty amy ty keleiagne raty fagnahy tia."[46]Am'i Jesosy mbe misaontsy amy vahoake rey, le indroagne, ty rene'e naho
iareo rahalahi'e nijangagne, te hirehake ama'e.[47] Nisy ndaty raike nirehake ama'e hioe : "Vazoho, ty rene'o naho iareo
rahalahi'o fa mijangagne an-tane ao mipay azo."[48]Nivalea i Jesosy reke te hoe, "Ia ty reneko, le ia ty rahalahiko"?[49] Avy eo
nahitsi'e am'o mpiana'e reo ty fita'e le nisaontsy te hoe: "Henteo, fa iareo toa ty reneko naho rahalahiko![50] Fa ze manao ty
zoto ty arofo ty Raeko an-dagnitse agne, le zay ndaty zay ro rahalahiko, naho rahavaveko, le reneko."

## 13

[1]Tam'izay andro zay t'i Jesosy niakatse ty an-tragno ao le niambesatse agnolon-dranomasigne ey. [2]Nisy ndaty maro nivory
nanao arikobogne aze, le niditse agnate sambo kede ao reke le niambesatse, fa i ndaty maro rey ro nijanogne agnolon-
dranomasigne ey avao.[3]Avy t'i Jesosy nisaontsy raha am'iareo tamy ty alala ty fagnoharagne. Zao ty natao'e : "Ingo, nisy
mpambole raike nandeha nitongy tahiry. [4]Am'i reke nitongy igne, nisy nihintsagne an-dalagne ey tahiry'i, le tsinimotsimo
ty vorogne.
[5] Ty ila'e nipoke amy ty tane feno vato, le tsy nahazo nofon-tane soa. Faie le avy le nitiry, satria tsy laleke taney. [6]Fa naho
fa nipiake i tarignandrokey le avy le nimate naho nalazo ka satria tsy nisy vaha'e.[7]Nipoke am-patikey ty ila i tahiry'i.

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

Nitiry soa i fatikey satria nanjare zezeke i tahiry nipoke teoy. [8]Ze tahiry nipoke an-tane soa ey nitiry le namoa voa soa
sady nivokatse. [9]Ze manan-tsofigne le mitsandregna soa."[10]Iareo mpianatse le nirehake i Jesosy hoe: "Nagnino rehe atao'o
fagnoharagne ty saontsi'o amy vahoake reoo?" [11]Namale t'i Jesosy le nisaontsie'e iareo te hoe: "Nareo ro nameagne ty tena
maregne amy ty fanjaka ty lagnitse, fa iareo tsy nameagne zay.[12] Satria ndra ia ndra ia managne, le ho bey ambone zay ty
homegne. Fa ndra ia ndra ia ka tsy managne, ndra ze kele anagna'e aza hofongoragne ama'e.[13]Zay ty anto'e iarehafako
ama'iareo amy ty fagnoharagne: Ndra tie magnente aza iareo, le tsy mahita, le ndra tie mitsandregne iareo tsy maharey,
tsy misy raha rendre'e. [14]Am'iareo ty toky i Isaia ro holefe, ie mirehake te hoe: "Naho fa mitsandregne le haharey nareo fa
tsy haharendreke; naho fa magnente le hahatrea fa tsy hahafantatse.[15]Fa fempegna ty raha ty fo o vahoake reo, mafe
sofigne iareo, akipe iareo ty maso'e am'izay tsy mahatrea ty mso'e, am'izay tsy maharey ty sofi'e, hihilia ty fo'e, le hisoloho
ndraike ka iareo, le hagnasitragne iareo raho.[16]Fa sambatse ty maso'areo, satria mahatrea; ty sofi'areo satria maharey.[17]
Ambarako ama'areo fa maro iareo mpitoky naho ndaty maregne te hahatrea o raha trea'areo io fa tsy nahatrea. Nagniry
ty haharey ka fa tsy naharey.[18]Ka mitsandregna soa eo amy ty fagnoharagne ty amy ty mpambole raike nitongy tahiry.
[19]Naho fa misy mitsandregne ty saontsy ty fanjakagne faie tsy maharendreke zay, le avy i raty'i hagnombotse ze fa tinongy
agnate ty fo'e ao. Io i tahiry nipoke an-dalagney'i.[20]I nipoke amy ty tane feno vatoy le iareo ndaty mitsandregne ty rehako
fa le avy mandrae aze am-pifaleagne. [21]Faie tsy mba avy am-piai'e fa mora rava. Naho fa Avy ty fijaleagne amy ty
fagnenjehagne noho ty amy ty saontsy, le mitsikifotse malaky reke.[22]I nipokw amy ty fatikey, io le iareo ndaty
mitsandregne ty saontsy, faie ty taho ze kila tane naho ty fitake ty fanagnagne ro magnondevo aze, le manjare tsy mamoa
reke. [23]Ze tinongy amy ty tane soa eo, io ro ndaty maharey i saontsy naho mandrae zay. Mamoa voan-katae reke le
mahavy voa raike, hagnomey zato mihoatse ty nitongisegne, ty ila'e enem-polo, ty ila'e telo-polo mihoatse.[24]Nanao
fagnoharagne hafa ka tam'iareo t'i Jesosy. Zao ty natao'e: "Ty fanjaka ty lagnitse le manahake ty lahilahy raike nitongy
tahiry amy ty tonda'e ao. [25]Fa naho fa niroro ty ndaty le niavy ty fahavalo'e nitongy voan-tsifarefare ka amy vare ey ey le
nandeha. [26]Naho fa nitiry i varey le nivokatse, le nitiry nindre ama'e avao ka i voan-tsifarefarey[27]Niavy iareo mpiasa ty
tompon-tane le nirehake ama'e te hoe: "Ragnandria, tsy nitongy vare antane'o ao vao reheo? Nagninogne reke am'zao
misy voan-tsimparefare?"[28] Le hoe ty natao'e: "Nisy fahavalo nanao zay." Le zao ty natao iareo mpiasa hoe: "Zoto vao ty
hiava'ay iareo io? "[29]I tompon-taney nirehake hoe: "Aha'e. Satria naho ava'areo o tsimparefareo, le miombotse ka ty vaha o
vare mitiry mindre ama'e eo. [30]Angao avao hindre hitiry iareo mandram-pijinjagne. Amy ty andro fijinjagne le hirehake
amy ty mpijinja raho te hoe: "Afaho heke ze ahetse raty le avorio raike horoagne, fa o vareo ro ataovo an-drihako
ao."[31]Avy eo t'i Jesosy nanao fagnoharagne hafa am'iareo. Zao ty natao'e: "Ty fanjaka ty lagnitse manahake ty voatsinampy
nalae ty lahilahy le tinongi'e an-tonda'e ao. [32]O voa io ty voa fara'e kede amy ze kila voa. Fan naho fa mitiry le manjare
hata bey midoroboke. Manjare hata bey, hipetraha ty vorogne le amboara'e tragno ty rantsa'e."[33]Avy eo t'i Jesosy nisaontsy
fagnoharagne hafa. Ty fanjaka ty lagnitse manahake ty lalevay nalae ty ampela raike nafangaro'e agnate ty lafarina intelo
ty fagnaranagne ao."[34]Fagnoharagne ro nagnambarà i Jesosy ze kila raha amy ty vahoake, le tsy nisaontsy ndra ino ndra
ino am'iareo akoatse ty fagnoharagne reke. [35]Zay ty mba hahalefe ty nambara tamy ty alala ty mpitoky, naho fa nirehake
reke hoe: " I raho hirehake amy ty alala ty fagnoharagne. Hagnambara ze kila raha naetake tamy ty fiforogna ze kila tane
raho."[36]Avy eo t'i Jesosy niala ty amy vahoake rey eo nizilike an-tragno. Nandeha ama'e eo mpiana'e rey, le nirehake te
hoe: "Hazavao ama'ay ty mikasike i voa tsimparefare ty tonday."[37] Namale t'i Jesosy le nisaontsy te hoe: "Ze mitongy tahiry
soa le i ana'ondaty'i.[38] Ty tonda le ze kila tane, ty tahiry soa, iareo ro ana ty fanjakagne. Ty tsimparefare le iareo ana ty
raty,[39] ty fahavalo nitongy iareo le i kokolampo. Ty fijinjagne le amy ty fara ze kila tane, le ty mpijinja iarei anjely.[40]A naho
zay areke, manahake ty famoriagne o tsimparefare horoagne amy ty afo, ro atao amy ty fiafara ty tane toy.[41] Hagnirake o
anjeli'e reo ty ana'ondaty, le havory hiala amy ty fanjaka'e ze kila raha minday hakeo, naho ze manao raty ka. [42]Hatora
iareo agnate ty afo mirehetse ao iareo, le hisy ty fitagniagne naho ty fangitsy ty nife.[43] Avy eo hamiratse manahake ty
masoandro agnate ty fanjaka ty Rae'e iareo ndaty maregne. Ze manan-tsofigne mitsandregna.[44]Ty fanjaka ty lagnitse
manahake ty fanagnagne natao an-driha. Nisy lahilahy nahatrea zay le nambine'e. Nandeha amy ty hafaleagne reke,
navaro ze kila raha nanagna'e, nivily o riha io. [45]Ty fanjaka ty lagnitse ka le manahake ty lahilahy mpivarotse mipay
voangy lafo vily.[46] Naho fa nahatrea voangy raike lafo vily reke, le nandeha novarotse ty fanagna'e hivilianagne zay.[47]Ty
fanjaka ty lagnitse le manahake ka ty harato nalefa agnate ranomasigne agne, le mampikadake ze kila raha managne
aigne ao. [48]Naho fa feno zay le nitarihe iareo mpagnarato agnolo i ranomasigney ey. Avy eo iareo nipetrake, le namike ze
nilaegne, ze tsy nilaegne naria iareo.[49]Hanahake zay ty amy ty fiafara ty tane toy. Hoavy iareo anjely le hamike ty raty
fagnahy amy ty ndaty maregne.[50] Hatora iareo agnate ty afo mirehetse misy fitagniagne naho fangitsigna ty nife ao iareo
io.[51]Azo'areo vao raha iabike zao? Zao ty natao mpiana'e rey tama'e hoe: "Eka."[52] Avy eo t'i Jesosy nirehake am'iareo hoe:
"A naho zay areke, ze mpanoratse lily iabike nanjare mpianatse amy ty fanjaka ty lagnitse le hanahake ty lahilahy raike
tompon-dragno, magnakatse ze raha fa ela naho ty raha mbe vao amy ty fanagna'e ao." [53]Avy eo naho fa nahavita io
fagnoharagne io t'i Jesosy, le nagnavelo am'izay reke.[54]Avy eo t'i Jesosy niditse amy ty tane'e ao le nampianatse iareo
vahoake amy ty synagoga'iareo ao. Voka izay le nivarenehake iareo le nirehake te hoe: "Boake aia ty nahazoa ty lahilahy
toy ty fahendrea'e naho o fahagagagne reo? [55]Tsy o lahilahy io vao ana i mpandrafitsey? Tsy i Maria vao ty agnara ty
rene'e? Tsy i Jakoba, i Josefa, i Simona, le i Jodasy vao ty rahalahy'e? [56]Tsy mindre amantika vao ty rahavave'e? Le boake
aia ro nahazoa'e o raha zao abike?"[57]Heje iareo vintagne reke. Le hoe ty natao i Jesosy tam'iareo: "Tsy misy mpitoky tsy
misy haja'e naho tsy amy ty firenena'e naho ty longo'e marine aze avao."[58] Tsy nanao fahagagagne tao reke satria atao
iareo tsy maregne.

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

## 14

1Tam'izay fotoagne zay, i Heroda mpanjaka naharey ty vaovao momba i Jesosy. 2Le zao ty natao'e amy ndevo'e rey: "I
Jaona mpanao batisa zay, nivanon-kovelogne reke. A naho zay areke le miasa ama'e o hery reo."3Nampitsepahe i Heroda
t'i Jaona, le nalefa'e am-pigadragne agne noho i Herodiasy, valy i Filipo rahalahi'e.4 Fa zao ty natao i Jaona tama'e hoe:
"Tsy magnorike ty lily ho azo ty managne azo ho vali'o."5 Nagniry te hamono aze t'i Heroda, faie nataho o vahoake reo
satria niraese iareo manahake ty mpitoky reke.6Fa naho fa niavy ty andro tsingerengeregne niteraha i Heroda le
nitsinjake agnivo ty ambahiny maro niavy eo ty anak'ampela i Herodiasy, nalio fo avao am'izay t'i Heroda. 7Ho vale izay,
le nampitamà tamy ty fiaiagna'e reke fa ze angatahe'e amy ty fiaigna'ele homei'e ndra ino ndra ino.8Naho fa niavy
nitoroan-dRene'e hevetse, le zao ty natao'e: "Omeo ahike eto, ambone ty finga, ty loha i Jaona mpanao Batisa."9 Nikoretse
ty fiay i mpanjaka noho i fangataha'ey, faie noho ty raha fa nampitama'e le nimegnatse i ambahiny maro nihinagne
ama'e, le nagnomey baiko reke fa toko'e ho vita zay.10Nagnirake ty hanapake ty loha i Jaona am-pigadragne agne reke.
11Avy eo natao am-pinga nameagne i ajaja ampelay le nandese'e aman-drene'ey am'zay. 12Avy eo niavy mpiana'e rey,
nangalake fatey, le nandevegne. Le avy eo nandeha nitalily i Jesosy iareo.13Le naho fa naharey zay t'i Jesosy le niale ty
amy samboo kede eo nagnavelo amy ty tane bangigne. Naho fa naharey zay iareo vahoake, le nandeha tomboke
nagnorike aze boake amy ty rova bey agne. 14Avy eo t'i Jesosy nandeha aloha iareo eo le nahonigne ndaty maro.
Niferegn'arofo iareo reke le nijangane'e ze marare.15Naho fa nihalegne, le namonje aze iareo mpiana'e le nirehake te hoe:
"Tane bangigne ty etoy, fa tsofotse ka i androy. Ampolio ndaty reo mba hivily ty hane iareo."16Fa i Jesosy nisaontsy iareo te
hoe: "Tsy mila mandeha lavitse iareo. Ameo'areo raha hohanegne iareo." 17Le zao ty natao iareo tama'e: "Mofo dime naho
fiagne roe avao ty anagna'e ay eto." 18Zao ty natao i Jesosy hoe: "Andeso amako etoy zay."19Avy t'i Jesosy nikanjy i vahoake
rey mba hipetrake ambone boka ey. Nalae'e i mofo dimey naho i mofo roey. Nivazoho mban-dagnitse agne, nisaotse reke
naho le nanapake i mofoy nimei'e i mpiana'e rey, le mpiana'e rey ka t'i mizara amy ndaty maroy.20 Nihinagne iareo le
nivontsigne. Avy eo navory iareo ze tsy nilany le mbe nahafeno roambifolo harogne.21 Dime arivo lahy eo iareo te
nihinagne tsy amy ty ajaja naho ty ampela.22Avy eo le avy le nampijogne'e an-tsambo kede ey mpiana'e rey mba hitsake
hiaolo lalagne aze, amy ty reke mbe nandefa i vahoake rey. 23Tafara nandefasa'e o vahoake reo, le nandeha ambohitsey
reke hivavake. Naho nihalegne i androy le i reke rery ty tey. 24I samboy nahelakela i ranomasigne lavitse satria nisy tioke
nandietse iareo.25Tamy ty halegne faha efatse amy ty fiambenagne le namonje iareo t'i Jesosy, nagnavelo ambone
ranomasigne ey. 26Naho fa nahatrea aze nagnavelo ambone ranomasigney mpiana'e rey, natahotse le nivaky rehakle te
hoe: "Kotokigne io," le nikorakorake iareo amy ty tahotse. 27Fa i Jesosy nisaontsy iareo te hoe: "Ko matahotse fa raho avao
toy."28Namale aze t'i Petera le nanao te hoe: "Ragnandria, naho te i rehe vata'e io, ampamonjeo azo ey raho." 29Hoe t'i
Jesosy: "Avia magnantogna." Le niala i sambo kedey t'i Petera namonje aze nandeha ambone i ranomasigney. 30Fa naho fa
nahatrea i tiokey t'i Petera le natahotse. Naho fa nanomboke nilipotse ka le nihiake mafe reke te hoe: "Ragnandria, avoto
raho!"31Nahitsy i Jesosy i fita'ey, nitagne i Petera, le nisaontsy reke te hoe: "Ihe osa finoagne fa magninogne rehe
matahotse?" 32Avy eo t'i Jesosy naho i Petera nandeha namonje i Sambo kedey, le nanomboke nijanogne ka i tiokey. 33Avy
eo iareo mpiana'e niantsa i Jesosy le nirehake te hoe: "I rehe vata'e ro anak'Androagnahare."34Naho fa nitsake iareo le
niavy an- tamboho à Genesareta. 35Naho fa nahafantatse i Jesosy iareo lahilahy i tanagney, le nitalily amy ze faritse, le
nandese iareo ama'e eo ze ndaty narare. 36Nangatake ama'e iareo mba hahafaha'iareo mikasike ty rambon-tsarimbo'e
avao, maro ty nikasike zay le nijangagne.

## 15

1Avy eo nisy Fariseo naho mpanoratse lily sasatsasa'e boake Jerosalema agne namonje i Jesosy. Hoe ty natao iareo:2
"Nagnino o mpiana'o reo i mandika ty fomban-draza iareo ndaty bey io? Fa tsy manasa tagnagne iareo vaho mihinagne."3
Namale reke le nisaontsy am'iareo hoe: "Nagnigno ka eo nareo mandika ty lilin'Andriagnanahare noho ty fomban-
draza'areo io?"4Fa Andiagnanahare nisaontsy hoe: "Iasio ty rae'o naho ty rene'o, le ze mirehake raty ty ra'e ndra ty rene'e,
le ho mate vata'e." 5Fa nareo mirehake te hoe: "Ndra ia ndra ia mirehake amy ty rene'e hoe: "Ndra ino ndra ino
fagnampeagne azo areo boake amako le ho sesehaitse hoan'Andriagnanahare am'izao," 6ze ndaty zay tsy mila magnaja ty
ra'e. Am'izay fomba zay nilika'areo ty lilin'Andriagnanahare amy ty tombotsoa'areo amy ty fomban-draza'areo.7Ry soa
miatreke! Maregne ty faminania i Isaia mikasike anareo, naho nirehake reke hoe: 8"Ty vahoake toa magnaja ahy am-
bava'e fa ty fo iareo lavitse ahike. 9Tsy misy dika'e ty fiantsa iareo ahy, satria iareo mampianatse ty lily ondaty velogne
manahake ty fampianara iareo."10Avy eo nikanjy vahoake ho ama'e eo reke le nisaontsy tam'iareo hoe: "Mitsandregna le
maharendreha. 11Tsy ze miditse am-bava ty ndaty ro mandoto ty ndaty. Fa ze miboake boake ao ro mandoto ty
ndaty."12Avy eo nagnantogne iareo mpianatse le nirehake tam'i Jesosy hoe: "Arofana'o vao fa tohigne iareo Fariseo naho fa
maharey saontsi'o zao?" 13Namale t'i Jesosy le nisaontsy te hoe: "Ze raha mitiry tsy nambolen-dRaeko an-dagnitse agne le
ho fongoragne abike.14 Angao avao iareo ho eo, iareo mpitarike goa. Naho misy goa raike mitarike goa ka, le sambe
hivarigne an-davake ao iareo roe."15Namale ka t'i Petera le nirehake am'i Jesosy hoe: "Tsakoreo ama'ay fagnoharagne zay."
16Hoe ty natao i Jesosy hoe: "Tsy mahihitse ka vao nareoo?" 17Tsy hai'o vao fa ze atao am-bava mizilike an-troke le ariagne
amontogne?18Fa ze raha miboake amy ty vava le boake amy ty fo. O raha reo ro mandoto ty ndaty raike. 19Fa avy amy ty fo
ro iboaha ty sain-draty, ty vono ndaty, ty fanaovagne raha raty, ty fanaovagne ndaty aivo tsy maregne, le ty firehafagne
raty. 20O raha reo ro mandoto ty ndaty raike. Fa ty mihinagne amy ty tagnagne tsy misasa tsy mandoto ty ndaty raike.21Avy

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

eo t'i Jesosy niheregne nagnavelo amy ty tane i Tyro naho i Sidona agne.[22] Ingo, nisy ampela Kananita raike am'izay faritse
zay. Nitoka mafe reke hoe: "Mamindra arofo amako, Ragnandria, ana i Davida! Hisae ty kokolampon-draty ty anako
ampela." [23]Fa tsy namale i reha'ey t'i Jesosy. Namonje aze iareo mpiana'e le nirehake te hoe: "Roaho reke, fa mikorakorake
amantika."[24]Namale t'i Jesosy le nisaontsy hoe: "Tsy nirahegne ho an'ia raho fa nirahegne hoe ze agnondry motso amy ty
tarira i Israely." [25]Avy nangatake ama'e eo reke le niantognogne nanao hoe: "Ragnandria vonjeo raho." [26]Namale reke le
nanao te hoe: "Tsy rara'e naho alaegne ty mofon'ajaja le atorake hoe ty amboa."[27]Zao ty natao'e: "Eka, Ragnandria, fa ndra
o amboa zao le mbe mihinagne ty potepoten-kanegne tsy ry ty tompo'e." [28]Le namale t'i Jesosy nisaontsy te hoe: "O
rakembao, bey loatse ty finoa'o, le ho lefe ama'o abike ze irie ty fo'o." Le nijangagne i anak'ampela'ey.[29]Niala eo t'i Jesosy le
nagnavelo agnila i Ranomasy ty Galilia. Avy eo niakatse amy ty vohitse raike reke le niambesatse teo. [30]Ndaty maro ty
namonje aze. Nandese iareo mindre am'iareo ty kepeke, ty moagne, ty goa, ty kitsa, le ze kila marare hafa ka. Napetra
iareo am-pandia i Jesosy eo iareo; le nijangane'e. [31]Le nigaga iareo vahoake naho fa nahatrea moagne rey nirehake, ty
kepeke nitsoritike, ze nigoa nahatrea. Niantsa ty Andriagnanahare Israely iareo.[32]Nikanjy iareo mpiana'e mba hamonje
aze t'i Jesosy le nisaontsy te hoe: "Maferegne arofo o vahoake reo raho, satria fa ho telo andro zay ty nindreza iareo
hipetrake amantike eto fa tsy managne raha ho hanegne. Tsy te hampandeha iareo tsy mihinagne raho tsy ho toragne an-
dalagne ey." [33]Zao ty natao iareo mpiana'e: "Aia ty hahitava'ay mofo hahampe iareo amontogne atoy?" [34]Zao ty natao i
Jesosy am'iareo: "Fire ty mofo ama'areo agne?" Le zao ty natao iareo: "Fito, le fiagne kede maromaro." [35]Avy eo t'i Jesosy
nikanjy iareo vahoake mba hipetrake.[36]Nandrae i mofoy naho i fiagney reke, naho fa nisaotse, vinaki'e i mofoy le natolo'e
mpiana'e rey. Iareo mpianatse nizara hoe iareo vahoake. [37]Nihinagne le nianjagne i vahoake rey. Avy eo iareo nangalake
harogne fito nasiagne ze tsy lany. [38]Iareo nihinagne tam'izay efatsarivo lahy eo, tsy amy ty ajaja naho ty ampela. [39]Avy eo
nampolie i Jesosy vahoake rey le naondragne amy ty sambo kede le nandeha amy ty faritse à Magadana agne.

## 16

[1]Niavy iareo Fariseo naho Sadoseo le nitsoke hevetse aze le nangatake ama'e mba hanao famantaragne boake an-dagnitse
agne. [2]Fa reke namale le nisaontsy iareo hoe: "Naho fa ho hariva, le hoe nareo: 'Ho soa ty andro fa mena i lagnitsey.'[3]Naho
fa maraindraigne le hoe nareo: "Ho raty ty andro, fa mena naho milopoke ty lagnitse.' Hay areo ty mamantatse ty tarehe i
lagnitsey, fa nareo tsy afake maharendreke ty famantara i fotoagney. [4]Ty tarira ze be hakeo mipay famantaragne, faie tsy
hisy famanataragne homeigne aze akoatse ty famantara i Jaona." Avy eo t'i Jesosy nagnavelo.[5]Naho fa avy nitsake iareo
mpianatse, le nihaligno iareo ty nitondra mofo. [6]Zao ty natao i Jesosy am'iareo hoe: "Miambena amy ty besirasira iareo
Fariseo naho Sadoseo." [7]Nialy hevetse iareo mpianatse le vaky rehake te hoe: "Va'e tika tsy ninday mofoy zay." [8]Arofana i
Jesosy zay le nisaontsy reke: "Nareo kede finoagne, nagnino nareo ro mialy hevetse ama'areo le mirehake te va'e nareo
tsy nitondra mofo zay?[9]e tsy rendre'areo avao vao i mofo dime nihane ty dimearivo lahy'i, le fire harogne ka ty tsy nilany?
[10]I mofo fito nihane ty efatsarivo, le fire harogne ty sisa tsy nilany?[11]Inogne tsy ahafantara'areo te tsy mikasike mofo ty
raha rehafeko ama'areo? Miambena amy ty besirasira iareo Fariseo naho Sadoseo." [12]Zay vaho nihay iareo te tsy amy ty
besirasira mofo ty rehafegne am'iareo, fa hiambegne soa amy ty fampianara iareo Fariseo naho Sadoseo.[13]Le naho fa
niavy amy ty faritse agnila i Kaisaria-filipo t'i Jesosy, le nagnontane iareo mpiana'e reke te hoe: "Atao ndatio ho ia moa ty
ana'ondaty? [14]Hoe ty natao iareo: "T'ila'e manao te i Jaona mpanao batisa, i Elia ka hoe t'ila'e, i Jeremia hoe ty hafa ka, ty
raike amy mpitoky reo abike hoe t'ila'e." [15]Hoe ty natao'e am'iareo: "Zao areke, ia ka raho hoe nareo?" [16]Namale t'i Simona
Petera te hoe: "I rehe Kristy, ana ie Andriagnanahare velogne."[17]Namale aze t'i Jesosy hoe: "Votsotse rehe Simona Bar-
Jaona, fa tsy nofotse ty nanoro zay azo fa ie Raeko an-dagnitse agne. [18]Ambarako azo avao ka fa i rehe ro Petera, ho
vatolampy hagnoregnako ty fiangonako. Ty lalam-bein-dolole tsy haharesezay.[19]Homeiko anareo ty fagnahy ty fanjaka ty
lagnitse. Ndra ino ndra ino fehe'o an-tane etoy le hofehegne an-dagnitse agne, le ndra ino ndra ino vaha'o an-tane etoy le
hovahagne an-dagnitse agne ka." [20]Avy eo t'i Jesosy nandily iareo mpiana'e tsy hampibeobeoke te ie o Kristy zao.[21]Tam'izay
fotoagne zay t'i Jesosy nanomboke nisaontsy iareo mpiana'e fa tsy maintsy ho à Jerosalema agne reke, hiaretse fijaleagne
an-tagna iareo mpisorogne naho iareo mpanoratse lily, ho vonoegne, le hatsangagne amy ty andro faha telo. [22]Avy eo t'i
Petera nangalake aze, le nirehake mafe ama'e hoe: "Lonike ho lavitse azo zay Ragnandria." [23]Nitolike t'i Jesosy le nisaontsy
te hoe: "Magnalavira ahy ry kokolampo! I rehe le hanikambatse ahike, amy ty tsy fidarea'o o rahan'Andriagnanahare eo,
fa ty raha ty ndaty avao."[24]Avy eo t'i Jesosy Nisaontsy tam'iareo mpiana'e hoe: "Naho misy te hagnorike ahy, le tsy maintsy
mandietse ty vata'e reke hitondra i hazonajaley, le magnorike ahy. [25]Fa ndra ia ndra ia te hamonje ty fiai'e le hahamotso
aze, fa ndra ia ndra ia hamoe ty fia'e noho ty amako, le hahazo zay. [26]Fa inogne heke ty ho soa hoe ty ndaty mahazo ze kila
tane faie namoe ty fiai'e? Inogne ty homey ty ndaty hatakalo ty fiai'e?[27]Ty ana'ondaty le ho avy amy ty volonahen-dRae'e
mindre am'iareo anjeli'e. Avy eo iareo hamale soa ty ndaty amy ty raha natao'e. [28]Ambarako am'areo ty tena maregne, fa
misy am'areo mitsangagne eto tsy hitsapa ty fahafatesagne mandra-pahita'iareo ty ana'ondaty toly amy ty fanjaka'e."

## 17

[1]Enegn'andro tafara atoy le nangalake i Petera, i Jakoba, naho i Jaona rahalahi'e nindre tama'e, le nandese'e ambohitse ey
iareo. [2]Niova tarehe aloha'iareo teo reke. Namiratse manahake i androy ty tarehe'e, le namiratse nanahake ty fipela o
mazavao ty sarimbo'e.[3]Ingo, ingo niboake am'iareo t'i Mosesy naho i Elia nirehake tama'e. [4]Namale t'i Petera le nirehake
am'i Jesosy hoe: "Ragnandria, soa ho antika ty eto, hamboatse tragno telo eto raho naho zoto ty arofo, ho azo ty raike, hoe
i Mosesy ty raike, le hoe i Elia ty raike."[5]Am'i reke nbe nirehakey, ingo, nisy rahogne mazava nandrongogne iareo, le ingo,

nisy nirehake agnate rahogne ao, nanao te hoe: "Intoy ty anake teako,mamiko, atokisako vata'e. Janjigno reke." [6]Naho fa
nirey i mpianatsey zay, le nitota iareo nifoy vorombelogne. [7]Avy eo nihezegne i Jesosy nikasihe'e le nisaontsie'e te hoe: "Ko
matahotse fa mitsangana." [8]Avy eo niandra miagnambone iareo le tsy nahita akoatse i Jesosy.[9]Naho fa nizotso boake
ambohitsey iareo, le nandily iareo t'i Jesosy nanao hoe: "Ko mampibeobeoke ze raha nihita'areo ndra am'ia ndra am'ia
mandram-pitsangana ty ana'ondaty amy ty mate."[10] Nagnontane aze iareo mpiana'e te hoe: "Nagnino o mpanoratse lily io
ie mirehake fa tsy maintsy i Eliah heke ty ho avy io?"[11]Namale t'i Jesosy le nisaontsy te hoe: "Ho avy vata'e t'i Elia le
haregne ze kila raha amy ty hisoa'e. [12]Faie ambarako anareo, fa avy t'i Elia, fa iareo ro tsy mahafantatse aze. Mifanipake
am'izay, nanao ty ze kila raha tea'iareo hatao ama'e iareo. Le manahake zay avao ka, ty ana'ondaty le hijale an-tagna'iareo
eo. [13]Avy eo le nifanta iareo mpianatse fa misaontsy ty momba i Jaona mpanao Batisa reke.[14]Naho fa niavy am'i vahoake
rey eo iareo, le nisy lahilahy raike namonje aze, nandohaleke aloha'e eo, nirehake hoe,[15] "Ragnandria, amindrao arofo ty
anadahiko fa voa ty andro raty le mijale mafe. Mitota agnate afo naho rano avao reke. [16]Nandeseko am'iareo mpiana'o fa
tsy nijanga'iareo."[17]Namale t'i Jesosy le nisaontsy hoe: "Ry tarira tsy mpino naho sdimba fagnahy, mandrak'ombia ro
toko'e hijanognako ama'areo eto? Mandrak'ombia ty tsy maintsy hioreako mindre ama'areo? Andeso amako etoy rele."
[18]Nikanjy mafe i kokolampogney t'i Jesosy le nisoike reke, jangagne i ajajalahy'i.[19]Natola'iareo mpiana'e t'i Jesosy le
nirehafa iareo te hoe: "Nagnino zahay tsy naharoake ingeo?" [20]I Jesosy nisaontsy iareo hoe: "Ty hakele ty finoa'areo. Fa
ambarako anareo ty tena maregne, naho managne finoagne ndre te ie hoe ty voa kidikidike aza nareo, le afake mirehake
ty vohitse toy nareo te hoe: "Mifindrà eroy le mifindra reke, le tsy hisy raha tsy hohai'areo hanoegne.[21] [Fagnamarenagne:
Ty dikan-drehake soa taloha le tsy ahitagne te hoe. 21." Fa ty kokolampogne toy le tsy mete ho roahegne naho tsy mindre
amy ty vavake naho fifaliagne hanegne."][22]Naho fa nipetrake à Galilia agne iareo, le hoe t'i Jesosy tam'iareo mpiana'e: "Ty
ana'ondaty le hatolotse an-tagna ty ndaty,[23] hovonoe iareo, faie hatsangagne amy ty andro fahatelo reke." Ndra
nahaferenaigne iareo mpiana'e.[24]Naho fa niavy à Kaperinaomy agne iareo, le nandeha agnila i Petera eo i lahilahy
namory haga an-tsasa ty sekely le nirehake te hoe: "Tsy mandoa ty haga antsasa ty sekely vao ty mpampiana'areo io?"[25]
Hoe ty nata'e: "Eka." Fa naho fa niditse an-tragno ao t'i Petera, le i Jesosy heke ty nisaontsy ama'e hoe: "Ino ty vetsevetse'o,
ry Simona? Iareo mpanjaka an-tane etoy, boake am'ia ty andraesa'iareo haga ndra haga'ondaty? Avy am'iareo vahoa'e vao
sa avy am'iareo ambahini'e?"[26]Naho fa nirehake t'i Petera hoe: "Avy am'iareo ambahiny," Hoe t'i Jesosy tama'e: "Le votsotse
amy ty fandoavagne zay vao iareo vahoake. [27]Fa mba tsy hahabehakeo ty mpitake haga, le mandehana an-dranomasigne
agne manoraha vitagne agne, le alao ze fiagne miboake voaloha'e. Naho fa voa soka'o ty vava'e, le hahita sekely rehe. Alao
zay le omeo iareo mpamory haga ho ahy naho ho azo."

# 18

[1]Tam'izay fotoagne zay avao le niavy am'i Jesosy eo mpiana'e rey le nirehake te hoe: "Ia ty bey amy ty fanjakagne an-
dagnitse agne?" [2]I jesosy nikanjy anak'ajaja ho ama'e eo, nametrake aze am'iareo eo, [3]le nisaontsy hoe: "Ambarako anareo
ty tena maregne, fa naho tsy miova manahake o ajajao nareo, le tsy hisy hevetse ty hidira'areo amy ty fanjaka ty lagnitse
agne.[4]A naho zay areke, ndra ia ndra ia miambane manahake ty ajaja toy le bey vata'e amy ty fanjaka ty lagnitse agne le
ho bey amy ty fanjaka ty lagnitse agne.[5] Ndra ia ndra ia mandrae ajaja kede hoe tone amy ty agnarako le mandray ahike.
[6]Fa ndra ia ndra ia mahavy ty raike am'o ajaja reo mino ahike hanota, le magneva aze ty ho rorofagne o falilio amy ty
vozo'e.[7]Loza hoe ty tane toy noho ty fotoagne fanaintsaignagne! Fa soa ty ahavia zay fotoagne zay, faie ho loza amy ty
ndaty iavia i fotoagne zay! [8]Naho mahavy hakeo ama'o ty tagna'o ndra ty tombo'o, le tapaho afaho ama'o. Fa ndra aleo
kepeke naho don-tagnagne amy ty fiaignagne tsy misy fahatampera'e toy zay ho motso amy ty afo mirehetse tsy mete
mate amy ty fanagne tagnagne roe naho tomboke roe.[9]Naho miterake hakeo ho azo ty maso'o raike, le afaho. Aleo toka-
maso miditse amy ty fiaignagne tsy misy fara'e toy zay managne maso roe fa miditse amy afo mirehetse tsy mete mate.
[10]Ao soa tsy hatao areo ambanen-draha ty ajaja kedekedeke. Fa magnambara ama'areo raho fa an-dagnitse agne iareo
anjeli'e le magnente avao ty tarehe ty Raeko ie an-dagnitse agne. [11][Fagnamarenagne: Ty dikan-drehake soa taloha le tsy
ahitagne ty rehake hoe: "Fa ty ana'ondaty le avy mba hagnavotse ty motso."][12]Inogne ro vetsevetse'areo? Naho misy
managne agnondry zato, mandeha amy ty lalagne diso ty raike am'iareo, le tsy hienga ty sive amby sivampolo an-
tamboho ey vao reke le handeha hipay i raike nandeha amy ty lalagne disoy?[13] Naho hita zay, le ambarako anareo ty tena
maregne, fa mirebeke mihoatse noho iareo sive ambi-sivampolo tsy nandeha amy ty lalan-diso reke. [14]Manahake zay avao
ka, tsy zoto ty arofon'Andriagnanahare ty hahamotso ty raike am'areo kede reo.[15]Naho diso ama'o ty rahalahi'o,
mandehana ambarao aze ty haota'e, nareo ndroroe avao. Naho mitsandregne azo reke, le hiheregne ndraike ty
filongoa'areo.[16] Faie naho tsy mitsandregne azo reke, le angalao mpizaka raike ndra roe hafa mindre ama'o, am'izay mba
amy ty vava'iareo ndaty aivo roe ndra telo ty hahafantaragne ty maregne amy ze kila rehake.[17]Naho mbe mandietse ty
hitsandregne iareo reke, le ambarao amy ty fiangonagne ty raha misy. Naho mbe tsy mete hitsandregne ty fiangonagne
reke, le apoho reke hanahake o jentilisao naho mpitake hagao.[18]Ambarako am'areo ty tena maregne, ndra ino ndra ino
fehe'areo an-tane etoy le ho fehegne ka an-dagnitse agne; le ndra ino ndra ino votsora'areo an-tane etoy le havotsotse ka
an-dagnitse agne. [19]Le mbe ambarako anareo avao hoe: "Naho misy roe ama'areo mete amy ze raha angatahe'iareo, le
homeigne iareo zay amy ty alala ty agnaran-dRaeko an-dagnitse agne.[20] Fa ndre aia misy roe telo mivory amy ty agnarako,
le ho agnivo iareo eo raho."[21]Avy eo namonje i Jesosy t'i Petera le nirehake te hoe: "Ragnandria, impire diso amako ty
rahalahiko te ho votsorako ty helo'e? Hatra im-pito vao?"[22] I Jesosy nisaontsy aze te hoe: "Tsy mirehake ama'o raho te im-
pito, fa hatra amy ty fitom-polo im-pito.[23]Naho zay areke ty fanjaka ty lagnitse le mitovy amy ty mpanjaka raike te

hifandamigne ara-bola am'iareo ndevo'e. 24Naho fa manomboke ty fandaharagne reke, le nisy ndevo raike nandesegne
ama'e eo ie anagna'e songo ray alegne.25 Faie tsy nanagne raha hanoloa'e aze reke, le nandily ty haamarotagne aze naho ty
keleia'e mindre amy ze kila fanagna'e, le ho vita ty fandoavagne i trosay.26Noho zay le niondreke i ndevoy, le niantognogne
aloha'e eo, le nirehake te hoe: "Ragnandria, managnà faharetagne amako, le haloako abike raha'oy." 27Nahaferenaigne i
tompo'ey reke le nafaha'e tsy nampandoave'e i trosay.28Niakatse am'izay reke le nahatrea ty ndevo manahake aze ka,
nanagna'e trosa ka. Nitsepahe'e reke, niraese'e am-bozo'e eo, le rineha'e: "Aloavo i trosakoy." 29Nibotreke i ndevo mitovy
ama'e ey le nangatake ama'e hoe: "Lignaso heke le aloako iabike."30Faie nandietse i ndevo voaloha'ey. Mifamotetse
am'izay , nandeha reke le nigadra'e i ndevo raikey mandram-pandoava'e i trosa'ey. 31Naho fa nitrea o ndatio ty raha
natao'e, le nikoretse ty fiay iareo. Nambara'iareo amy ty tompo'e ze kila raha natao'e nitrea iareo.32Avy eo tinoka ty tompo
o ndevo io reke, le nirehafe'e te hoe: "I rehe ndevo raty fagnahy, nangako trosako tama'oy satria rehe nangatake amako.
33Tsy toko'e havale'o ty ndevo manahake azo ka vao zay, nanahake ty namindrako fo tama'o?"34Vignitse i tompo'ey le
nandefa aze hampijalegne mandram-pandoa'e ze kila trosa tama'e. 35Manahake zay avao ka ty hataon-dRaeko an-dagnitse
agne ama'areo."

## 19

1Naho nahavita o saontsy reo t'i Jesosy, le nagnavelo à Jodia ie tane andafe ty rano i Jordana niala ty à Galilia agne reke.
2Vahoake maro ty nagnorike aze, le nitsabo iareo tagne reke.3Namonje aze iareo Fariseo, nitsapa aze, nirehake ama'e hoe:
"Mete amy ty lahilahy vao ty misarake amy ty vali'e noho amy ze kila anto'e? " 4Namale t'i Jesosy le nisaontsy te hoe: "Tsy
vinaki'areo vao fa i reke namboatse aze am-boaloha'e le natao'e lahy naho vave?5I reke namboatse iareo le nisaontsy ka
hoe: 'Fa noho zay anto'e zay le hienga ty rene'e ty naho ty ra'e ty ajalahy hitambatse amy ty vali'e, le hanjare ho nofotse
raike iareo?' 6Le tsy ho roe sasa iareo, fa ho nofotse raike. Ze natamban'Andriagnanahare, ao soa tsy hisy hampisarake.
7Zao ty natao iareo tama'e: "Nagninogne zane t'i Mosesy ie mandily anay hagnomey taratasy fagnamarenam-
pisarahagneo, le avy eo mampoly aze?"8 Zao ty natao'e am'iareo: "Ty tsy hamete'areo volagnegne ro namotsora i Mosesy
anareo hisarake amy ty vali'areo, fa ty taloha tsy zay ty fomba. 9Ambarako anareo, ndra ia ndra ia misarake amy ty vali'e,
akoatse ty fanova'e raty mampirafe, le hanambaly hafa, le manitsakitsa-baly; le ze lahilahy manambaly ampela fa avy
nisarake amy ty vali'e le manan-tahy."10Iareo mpianatse nirehake tam'i Jesosy hoe: "Naho zay ty fomba ty lahilahy amy ty
vali'e, le tsy soa ty manambaly." 11Le nisaontsy am'iareo t'i Jesosy hoe: "Tsy ze kila ndaty ro handrae fampianaragne zao
fagnanaragne zao, fa iareo ze natao handrae avao.12 Misy iareo fa naterake hahazo, misy iareo hahazo ze natao'ondaty,
misy iareo manao ty vata'e hahazo noho ty fanjaka ty lagnitse. I reke ze afake mandrae zao fagnanaragne zao, le
mandraesa aze."13Avy eo nisy anak'ajaja nandesegne ama'e eo hotsofe'e rano, le nirehake mafe iareo iareo mpianatse. 14Le
zao ty natao i Jesosy: "Apoho'areo o ajajao, ko raragne naho fa mamonje ahy, satria ty fanjaka ty lagnitse natao hoe ty
manahake iareo."15 Nitsofe'e rano i ajajarey le nagnavelo reke.16Ingo, nisy lahilahy namonje i Jesosy le nirehake te hoe: "O
mpagnanatse inogne ty raha toko'e hataoko mba hahazoako ty fiaignagne tsy misy fahatampera'e?"17 Nisaontsy ama'e t'i
Jesosy: "Nagninogne reheo ie magnontane ty mikasike ze raha soa amako? Raike avao ty soa, fa naho te hiditse amy ty
fiaignagne tsy misy fara'e rehe miambena soa amy ty lily."18Zao ty natao i lahilahy'i hoe: "Lily inogne?" Hoe t'i Jesosy: "Ko
mamono ndaty, ko manao sata raty, ko mangalatse, ko mete ho ndaty aivo amy ty tsy maregne,19 hajao ty ra'o naho ty
rene'o, le teavo ty longo'o manahake ty vata'o."20Le niorehake ama'e i ajalahy'i te hoe: "Fa nataoko abike zao Ragnandria.
Inogne ty mbe tsy ampe amako?"21 Nisaontsy ama'e t'i Jesosy hoe: "Naho magniry ty ho to vata'e rehe, le mandehana,
avaroto ze anagna'o, omeo ze tsy managne, le hanagne hareagne an-dagnitse agne rehe; avia mbetoa, oriho raho." 22Fa
naho fa naharey ty saonty i Jesosy i ajalahy'i, le niala amy ty habosehagne satria mpagnarivo reke.23Zao ty natao i Jesosy
amy mpiana'e rey: "Ambarako anareo ty tena maregene, sarotse amy ty mpagnarivo ty hiditse amy ty fanjaka ty lagnitse.24
Le mbe ambarako anareo avao ka, ndra mbe mora ty hidira i rameva amy ty voly ty fanjaitse te zay ty hidira ty
mpagnarivo amy ty fanjakan'Andriagnanahare."25Naho fa naharey zay iareo mpianatse, nivarenehake le nirehake hoe: "Ia
zane ty afake ho avotse amy ty fagnavotagne?"26 Nivazoho iareo t'i Jesosy le nisaonty hoe: "Ama'ondaty le tsy fantatse ty
hanoagne zay, fa am'Andriagnanahare ze kila raha mete atao aby."27 Namale t'i Petera le nirehake te hoe: "Hehake,
nanga'ay ze kila raha le nagnorike azo zahay. Inogne areke ty ho azo'ay?"28Nisaontsy iareo t'i Jesosy hoe: "Ambarako
ama'areo ty tena maeregne, amy ze fotoagne vaovao naho fa mitoboke amy ty seza'e ty ana'ondaty, le hitoboke amy ty
seza'e ka ty roambifolo nagnorike ahy, hitsara iareo foko roambinifolo i Israely.29Ze kila ndaty nienga tragno, rahalahy,
rahavave, rae, rene, anake, ndra tane noho ty amy ty agnarako, handrae zato mihoatse le handova ty fiaignagne tsy misy
fahatam-pera'e. 30Fa maro iareo te ho voaloha'e le manjare ho fara'e, ty fara'e manjara voaloha'e.

## 20

1Ty fanjaka ty lagnitse manahake ty tompon-tane nagnalegnalegne hikarama mpiasa hoe ty tonda'e. 2Naho fa niletake
iareo le denaria raike isan'andro ty karama iareo, le nalefa'e à tonda'e agne mpiasa rey.3Nandeha magneno akoho ka reke
le nahatrea mpiasa haja nitsangatsangagne an-tsena ey. 4Zao ty natao'e am'iareo: "Nareo ka, mandehana à tondako agne,
le ze an-keve'e maregne le homeko anareo." Le nandeha niasa iareo.5Mbe niboake ndraike reke toko'e tamy ty lera faha
enegne naho faha sive, le mbe nanahake zay avao ka. 6Tamy ty lera faha raike ambifolo mbe niakatse ndraike reke le mbe
nahita mpiasa nitsangatsangagne. Zao ty natao'e am'iareo: "Nagnino nareo mitsangagne eto le lomogn'andro avao io?"
7Zao ty natao iareo ama'e: "Tsy misy ndaty mampikarama anay." Zao ty natao'e am'iareo: "Mandehana à tondako agne ka

eo nareo."[8]Naho fa nihalegne ty andro, le nirehake amy ty fehe'e i tompo i tonday hoe: "Tokavo mpiasa rey, le aloavo ty
karama'iareo, boake am-boaloha'e hatra ampara'e." [9]Naho fa niavy i mpiasa nalaegne amy ty lera faha raike ambifoloy, le
nahazo derania kiraikiraike iabike iareo. [10]Naho fa niavy iareo mpiasa voaloha'e, le nieretseretse fa hahazo ambone
mihoatse zay ty ey iareo, a tie ndra nitovy avao aby aia ty nomeigne iareo, derania kiraikiraike avao ka.[11]Naho fa
nahavoarae ty karama'e iareo, le nitoreo am'i tompon-taney iareo. [12]Zao ty natao iareo: "Iareo mpiasa niavy afara niasa
lera raike avao, faie le nampitovioze'o ama'ay avao iareo, zahay trà mae trà manintsy nipaike an-
tarign'androkey."[13]Namale i tompon-taney le nirehake amy ty raike am'aireo hoe: "O ragnetse tsy manao raha raty ama'o
raho. Tsy derania raike vao ty nifagnarahantika?[14] Raiso ze azo le oriho ty lala'o. I raho ty nandahatse ty karama iareo
mpiasa niavy afara hitovy amy ty anareo avao.[15]Tsy hanagne zo handahatse ty rahako vao raho? Sa tsy tea'areo fa
matarike raho?[16] Le ze fara'e ho voaloha'e, le ze voaloha'e ho fara'e." [Fagnamarenagne: Ty dikan-drehake soa taloha le
magnafake te hoe: "Maro ty tokavegne fa tsy ampe ty voafily."][17]Naho fa hagnavelo ho à Jerosalema agne t'i Jesosy, le
nalae'e ho agnila'e eo iareo roambifolo lahy, le nisaontsy am'iareo an-dalagne ey reke hoe:[18] "Handeha ho à Jerosalema
agne tika, hatolotse am'iareo loha ty mpisorogne naho iareo mpanoratse lily ty ana'ondaty. Iareo ty hamono aze.[19] Le
hanolotse aze am'iareo jentilisa hatao tsikike, ho jeragne, le hipeke aze amy ty fantsike amy ty hazonajale. Fa amy ty
andro faha telo le hitsangagne ndraike reke."[20]Avy eo ty rene ty anadahy i Zebedio namonje i Jesosy nindre am'i
anadahi'ey. Nandohaleke aloha'e ao iareo le nangatake raha boake ama'e. [21]Zao ty natao i Jesosy tama'e: "Inogne ty irie'o?"
Namale reke hoe: "Mandilia ty hipetraha ty anadahiko roe toa, ty raike amy ty fita'o ankavia, ty raike amy ty fita'o havana,
amy ty fanjaka'o ao."[22]Namale aze t'i Jesosy nisaontsy hoe: "Tsy fanta'areo ty raha angatahe'areo. Mahatante ty
fampijaleagne hatao ahike vao nareo?" Namale iareo hoe: "Mahatante zahay." [23]Zao ty natao'e am'iareo hoe: "Hiaretse ty
fijaleako vata'e eo nareo. Fa ty hitoboke an-tagnako havana naho havia tsy raho ty mandahatse aze, fa i Raeko." [24]Naho fa
naharey zay iareo mpianatse folo lahy hafa, le niboseke tam'iareo mpirahalahy roe.[25]Nikanjie i Jesosy ho ama'e eo iareo,
le nisaontsie'e hoe: "Fanta'areo fa iareo mpandily iareo jentilisa le hanindry iareo, iareo ajalahy mahry iareo le hanao
bokosoroke am'iareo.[26] Fa tsy toko'e hanahake zay ty am'areo. Mifanohetse am'izay, ndra ia ndra ia mitognom-batagne ho
loha'areo le tsy maintsy ho mpanompo'areo,[27] le ndra ia ndra ia te ho voaloha'e le tsy maintsy ho mpanompo'areo,[28]
manahake ty ana'ondaty tsy avy ho tompoegne, fa hanompo, le hagnomey ty fiai'e ho vily ty fagnavotagne ty
maro."[29]Naho fa niala ty à Jeriko agne iareo, le ndaty maro ty nagnorike aze. [30]Nisy ajalahy roe goa nitoboke agnolon-
dalagne eo . Naho fa naharey te mandriogne t'i Jesosy le nikorake hoe: "Ragnandria ana i Davida, amindrao arofo
zahay."[31] Nasiaha i vahoake rey iareo, le rineha iareo mba hitsigne, faie tsy nimete iareo fa nagnonjogne ty toka avao hoe:
"Ragnandria ana i Davida, amindrao arofo zahay,"[32]Nijanogne t'i Jesosy kinanji'e iareo le nisaontsy reke hoe: "Inogne ty
irie'areo hataoko ama'areo?"[33] Zao ty natao iareo ama'e: "Ragnandria, te hahatrea ty maso'ay." [34]Avy eo t'i Jesosy,
niferegn'arofo, le tsinapa'e ty maso'iareo. Avy eo nahatrea ty maso iareo le nagnorike aze.

# 21

[1]Naho fa niavy à Jerosalema agne t'i Jesosy naho iareo mpiana'e le nagnavelo à Betifaga ao, ambohy i Oliva ey, le
nagnirake mpianatse roe t'i Jesosy, [2]nirehake am'iareo hoe: "Mandehana amy vohitse ao zay, naho fa avy ao nareo le
hahatrea boriky mirohy naho ty ana'e mindre ama'e. Hahao iareo le andeso amako atoy.[3] Naho misy masiake ama'areo ty
am'zay, le rehafo te: "Misy ipaiava i Tompo aze, le avy le hindre ama'areo ka reke hanese aze."[4]Le nisy aby zao mba
hahalefe ty nambara iareo mpitoky. Zao ty natao'e:[5] "Agnombarao ty anakampela i Ziona te hoe: "Ingo ty mpanjaka'o
mamonje azo, miambane le andesegne amy ty boriky-ana-boriky lahi'e."[6]Nandeha iareo nirahegne le nanao ze raha
nagniraha i Jesosy iareo. [7]Nandese iareo i ampondray naho i ana-boriky le nisafora iareo lamba iareoy, le niambesatse
amboe'ey t'i Jesosy. [8]Ty maroa i vahoakey le nandafike ty lamba'e an-tane abike, t'ila'e nanampake rantsan-katae le nafeno
iareo i lalagney.[9]Iareo vahoake nagnorike i Jesosy le nihorentsegne te hoe: "Hosana hoe ty ana i Davida! Davida!
Isaoragne ie avy boake amy ty agnara i Magnitse! Hosana hoe ie andindimonegne agne."[10] Naho fa niditse à Jerosalema
agne t'i Jesosy, le nihorentsegne iareo tanan-draike te hoe: "Ia ioo?"[11] Namale i lahy alegne nindre ama'ey hoe: "I Jesosy
reke ie mpitoky boake à Nazareta agne à Galilia agne."[12]Avy eo nagnavelo agnanjomban'Andriagnanahare ao t'i Jesosy.
Nabaratsia'e ze kila mpivarotse naho mpivily tagnate'e tao, navalitsikota'e abike ty lataba iareo mpanakalo vola naho ty
fipetraha iareo mpivarotse voromahilala.[13] Zao ty nato'e am'iareo: "Voasoratse fa: "Ty anjombako le natao ho anjomba
fivavahagne,' faie ndra atao'areo vala firererera ty kidabolahy."[14] Avy eo le nisy goa naho kepeke namonje aze
agnanjoban'Andriagnanahare ao le nijangane'e abike.[15]Naho fa nahatrea ty fahagagagne natao'e ty ndaty bey mpisorogne
naho iareo mpanoratse lily, naho fa nirey iareo ty ajaja kedekede nikorake agnanjomban'Andriagnanahare ao hoe:
"Hosana hoe ty ana i Davida," le niboseke iareo. [16]Le zao ty natao iareo tama'e: "Rei'areo vao raha rehafe o ndaty zao?"
Namale iareo t'i Jesosy hoe: "Eka! Mbe tsy nivakie'areo vao ty hoe: 'Boake amy ty vava ty ajaja naho ty mbe minono ty
hanaova'areo ty fideragne?"[17] Avy eo niala ty eo t'i Jesosy le nagnavelo amy ty tana i Betania le niambesatse tao amy ty
andro halegne raike.[18]Naho fa naraindraigne niheregne antanagne agne reke, le nimosare. [19]Nahonigne aviavy
tandalagney reke fa le nirave'e avao fa tsy misy voa'e. Zao ty natao'e tama'e: "Ao soa tsy hisy voa'e rehe hatrampara'e," le
avy le niforehetse i aviavy'i.[20]Naho fa nahatrea zay iareo mpianatse, latsa iareo le nirehake te hoe: "Akore ty leavy le
nahamaike i aviavy?"[21] Namale t'i Jesosy le nisaontsi'e iareo te hoe: "Ambarako ama'areo ty tena maregne, naho managne
finoagne, naho tsy misalasala nareo, le tsy ze nata'o am'i aviavy io avao ro hata'areo ama'e, fa ndra tie hirehake amy ty
vohitse toy aza hoe: 'miavota le mihorodoboha an-dranomasigney,' le hatao zay.[22] Ndra ino ndra ino angatahe'areo am-

bavake, am-pinoagne, le hoazo'areo."[23]Naho fa niditse an-tempoly ao t'i Jesosy, le namonje aze ty bey mpisorogneo naho ty
zoke ondaty am'i reke mampianatse le nirehake aze te hoe: "Fahefagne boake aia moa ty anaova'o raha manahake rey, le
ia ty magnome azo fahefagne zay?" [24]Namale t'i Jesosy le nisaontsy am'iareo te hoe: "Homeako fagnontaneagne raike ka
nareo. Naho ambara'areo amako, le hambarako ama'areo ty fahefagne anoako raha manahke rey.[25]Ty batisa i Jaona,
boake aia ty niavia'e? Boake an-dagnitse agne sa boake ama'ondaty? Nialy hevetse iareo nanao te hoe: "Naho ataontika te
hoe boake an-dagnitse agne, hirehake amantika reke te hoe: "Le nagnino nareo tsy mino azeo?"[26] Fa naho mirehake tika te
hoe: "Boake ama'ondaty", matahotse o vahoakeo tika, satria iareo mandrae i Jaona ho mpitoky." Le namale i Jesosy iareo
hoe: "Tsy fanta'ay."[27] Le zao ty natao'e am'iareo: "Tsy hirehake ama'areo ka raho te hoe boake aia fahefagne anoako raha
manahake rey io."[28]Akore ty heve'areo? Nisy lahilahy raike managne anadahy roe. Nandeha am'i raike zoke'ey agne reke
le nanao te hoe: "O kahe, akia miasà atonda agne rehe ty anito." [29]Namale aze i anadahi'ey te hoe: 'Tsy ho agne raho," Avy
eo niova hevetse reke le nandeha. [30]Avy eo nandeha am'i raike zai'ey agne reke le nagnirake aze ka. Namale reke le
nirehake te hoe: 'Eka baba, hoagne rahpo,' faie tsy nandeha agne reke.[31]Ia am'i ana'e roe reo ty nanao ty zoto ty arofon-
dra'e? Le namale iareo hoe: "I raike voaloha'ey." Nisaontsy am'iareo t'i Jesosy hoe: "Ambarako ama'areo fa iareo mpitake
haga naho iareo mpijangajanga le hiditse amy ty fanjakan'Andriagnanahare aloha'areo.[32] I Jaona namonje anareo tamy ty
fahamaregnagne, fa tsy nino aze nareo. Fa iareo mpitake haga naho mpijangajanga nino aze. Fa nareo, ndra tie nahita
zay aza, le tsy nibebake sady tsy nino aze.[33]Tsandregno ty fagnoharagne raike hafa toy. Nisy lahilahy raike, managne tane.
Nanao tonda reke, le nifahera'e, le nihalia'e lavake hagnoregna'e tilikambo, le nampagnofa'e iareo mpambole. Avy eo
nandeha amy ty tanagne hafa reke. [34]Naho fa narine i fotoagne famokaragney, le nagnirake mpiasa'e rey ho an-tondagne
hangalake voka'ey reke.[35]Ndra tsinepa i mpambole rey i mpiasa'ey, tsinera'e ty raike, vinono'e ty raike, le mbe tinora'e
vato ka ty raike. [36]Le mbe nandefa mpiasa hafa ka i tompo-taney, maro naho tamy voaloha'ey, fa le mbe nampanahafe
iareo zay avao ka.[37] Tafara zay le nagnirake ty anadahy'e henka'e handeha ho agne, le nirehake te hoe: "Hagnaja an-
janako iareo."[38]Fa naho fa nahatrea i anadahi'ey iareo mpambole, le nifampirehake iareo te hoe: "intoy ro mpandova,
andao hovonoentika reke le halaentika i lovay." [39]A naho zay areke, le tsinepa iareo reke, natorake agnate tonda ao, le
vinono.[40]Le naho fa niavy ty tompo-tane, inogne ty hatao'e am'iareo mpambole?[41] Le zao ty natao'e am'iareo hoe: "Ho
zamane'e iareo ndaty nahavany loza, avy eo hampagnofa'e mpambole hafa ka i tonda'ey, ndaty hagnomey aze ty anjara
vole'e amy ty fahavokara'e."[42]Jesosy nisaontsy am'iareo te hoe: "Mbe tsy namaky talily masigne vao nareoo te hoe: 'Ty vato
naria ty mpagnoregne tragno ro nanjare vato fehizoro. Boakr am'i Tompo zay, le mahagaga amy ty masontika'?[43]A naho
zay, amabarako anareo, hafahagne ama'areo ty fanjakan'Andriagnanahare le hatolotse hoe iareo firenena ze mamokatse
voa'e reo. [44]Ndra ia ndra ia ho alavo o vato io le ho potepoteke. Le ze hitota'e ho torotoro."[45]Naho fa naharey o
fagnoharagne reo ty bey mpisorogne rey naho iareo Fariseo, le fanta'iareo fa mirehake ty momba iareo.[46] Le nivetsevetse
ty hitsepake aze, faie natahotse vahoake rey iareo, satria niraese'iareo maro ho mpitoky reke.

## 22

[1]Nagnohatse am'iareo ndraike t'i Jesosy, nanao te hoe: [2]"Ty fanjaka ty lagnitse le manahake ty mpanjaka magnombara
amy ty engavao ty anadahy'e . [3]Nagnirake ty ndevo'e hiatreke i engavaoy reke, fa tsy niavy iareo.[4]Nandefa ty ndevo'e ila'e
hafa ka ty mpanjaka nanao te hoe: "Agnombarao iareo te hoe: "Henteo, fa nikarakarako ty sakafoko. Fa vinono ty
agnombe naho ty agnondry, le fa vita aby ze kila raha. MIavia amy fanoagne engavaoy ao,"[5]Faie tsy nahoa iareo le nadeha
iareo, ty raike nandeha niarak'agnombe, ty hafa nandeha nivaroste. [6]T'ila'e nitsepake i ndevo mpanjaka rey, nagnala
baraka iareo, le namono iareo. [7]Vignitse i mpanjakay le nagnirake miaramila'e rey, le namono iareo mpamono ndaty
naho le nagnoro ty tana'e ka.[8]Avy eo nirehake am'iareo ndevo'e reke hoe: "Fa vogno'e i engavaoy, fa iareo nagnombaragne
tsy niavy. [9]A naho zay areke mandehana agnarabey ey le agnombara'areo ze kila ndaty trea'areo ey hiatreke ty engavao
toy."[10] Nandeha agnarabey ey am'zay iareo ndevo le nitoka ze ndaty nitrea iareo ey, ndra soa ndra raty. Le niampo ndaty i
tragno bey fanoagne engavaoy.[11]Fa naho fa niditse hagnente iareo ambahiny t'i mpanjaka le nahita ndaty raike tsy ninday
akanjo findesegne amy ty engavao. [12]Nirehake ama'e t'i mpanjaka hoe: "O ragnetse akore ty hidira'o ato i rehe tsy ninday
akanjo findesegne amy ty engavao toy?" Fa tsy nahareheke i lahilahyi.[13]Avy eo nirehake am'iareo ndevo'e ty mpanjaka
hoe: Asio taly an-tomboke naho an-tagnagne ty lahilahy toy, le atoraho an-tane agne reke, agne ty misy fitagniagne naho
fisokira-nife." [14]Fa ndaty maro ty nagnombaragne, faie tsy ampe ty ho voa fily.[15]Avy eo niomagne ty hamandrihagne i
Jesosy amy ty raha nisaontsie'e iareo Fariseo. [16]Avy eo nirahe iareo hombama'e mbeo iareo mpiana'iareo, le nidre tamy ty
Herodiana. Nirehake am'i Jesosy iareo te hoe: "O mpagnanatse fanta'ay fa ndaty maregne rehe, le mampianatse ty
lalan'Andrignanahare amy ty maregne. Tsy midare ty heve ty hafa rehe, faie tsy mandeha ila ka. [17]Aie zao, ambarao anay
ty heve'o? Magnorike lily vao ty fandoavagne haga am'i Kaisara agne sa tsy mete?"[18]Faie arofana i Jesosy ty faharatia iareo
le nitsontsie'e hoe: " Inogne itsapa'areo ahy io ry soa miatreke? [19]Atoro ahy ty farantsa amy ty haga." Avy eo ninday
derania ama'eo iareo.[20]Zao ty natao i Jesosy am'iareo: "An'ia ty sare naho agnaragne tia?" [21]Nirehake ama'e iareo hoe: "E'i
Kaisara." Avy eo nisaontsie i Jesosy iareo hoe: "Ameo i Kaisara ze aze, ameo an'Andriagnanahare ze an'Andriagnanahare."
[22]Naho fa naharey zayy iareo le nilatsa naho le nandeha.[23]Am'io andro io avao ty Sadoseo ila'e, iareo nirehake te tsy misy
havagnonam-belogne ty fa mate, nimbama'e mbeo. Nagnontane aze iareo [24]nanao ty hoe: "O mpagnantse i Mosesy
nirehake te hoe: 'Naho mate ty ndaty, tsy managn'anake, le toko'e hanambaly ty rahalahy ty vali'e le hiterake hoe ty
rahalahi'e.[25]Nisy mpirahalahy fito. Nanambaly ty voaloha'e fa nimate naho niavy eo. Mate tsy nanagne tiry, nanga'e hoe ty
rahalahi'e ty vali'e. [26]Nanao raha manahake zay avao ka i faharoey, le mbe nanahake zay avao ka ty fahatelo, hatra amy ty

fahafito le mbe nanahake zay avao ka. [27]Nimate i ampelay naho fa tafara atoy. [28]Amy ty fivagnonam-belo'e ia ty
hanambaly aze am'iareo mpirahalahy fito? Fa fananambaly aze aby iareo."[29]Namale iareo t'i Jesosy nisaontsy te hoe: "Diso
nareo, satria tsy mahafantatse ty soratse masigne naho ty herin'Andrignanahare.[30] Fa amy ty fivagnonan-kovelogne tsy
hifanambaly iareo, tsy homeagne engavao ka. Faie mitovy am'iareo anjely an-dagnitse agne.[31]Fa ty momba ty
fahavagnonam-belogne, mbe tsy nivakie'areo vao ty nisaontsien'Andriagnanahare am'areo, manao te hoe: [32]"Iraho ty
Andriagnanahare i Abrahama, Andriagnanahare i Isaka, Andriagnanahare i Jakoba"? Andriagnanahare tsy
Andriagnanahare ty mate fa ey ty velogne." [33]Naho fa naharey zay ndaty maro rey le nivarenehake amy ty fampianara'e.
[34]Naho fa nirey iareo Fariseo ty nampitsigna i Jesosy iareo Sadoseo, le nindre nivory iareo.[35] Ty raike am'iareo, mpahay
lily, nametrake fagnontanegna ama'e, nitsoke ty fagnahi'e hoe:[36] "O mpagnatse, ino ty lily ambone agnate ty lily
ao?"[37]Nisaontsy ama'e t'i Jesosy te hoe: "Teavo amy ty fo'areo vata'e, amy ty fagnahi'areo vata'e, amy ty sai'areo vata'e ty
Tompo Andriagnanahare'areo."[38] Izay ty lily zoke'e ambone ze fa lily.[39]Ty lily faharoe le mbe manahake zay avao: 'Teavo
manahake ty vata'o ty longo'o naho ty ndaty tanan-draike ama'o.'[40] Am'io lily roe io ty iankina ze kila dina naho iareo
mpitoky."[41]Amy Fariseo reo mbe mivoryi, le nagnontane iareo t'i Jesosy. [42]Zao ty nato'e: "Inogne ty vetsevetse'o momba i
Kristy? Anadahy'ia reke?" Nirehake ama'e iareo te hoe: "Ana i Davida."[43]Zao ty natao i Jesosy am'iareo: "A nanao akore i
Davida miambesatse amy ty Fagnahy masigne ao ie mitoka aze hoe Tompo, manao te hoe: "Ty Tompo nisaontsy tamy ty
Tompoko hoe: [44]"Miantoera an-tagnan-kavanako eo mandram-panoako ty fahavalo'o ho fipetraha ty tombo'o."[45]A i Davida
aza mitoka i Kristy hoe: 'Tompo,' le akore ty maha ana i Davida aze?"[46] Tsy nisy nahavale aze tamy ty saontsy, lelia'e tsy
nisy ka ty nametrake fagnontaneagne hafahafa ama'e tam'izay andro zay.

# 23

[1]Nisaontsy tam'i vahoakey naho iareo mpiana'e rey t'i Jesosy. [2]Zao ty natao'e: "Iareo mpanoratse lily naho iareo Fariseo le
nipetrake amy ty fitoera i Mosesy.'[3] A naho zay ndra ino ndra ino handilia iareo anareo hatao, anovo ze raha zay le mitaoa
am'iareo. Ao soa tsy hangalatahake ty raha atao iareo, satria iareo mirehake raha faie tsy atao'e.[4]Eka, fehe'iareo ty enta-
mavesatse sarotse andesegne, le apo iareo ambone ty soro ty ndaty. Tsy raha mba hagnetse ty tagna'iareo iareo hitondra
aze fa le mitorogn'hasigne avao. [5]Ty anoa iareo ty asa iareo le atao mba ho trea'ondaty. Atao iareo malalake ty filakitera'e,
le itare iareo ty moro ty akanjo'e.[6]Tea iareo ty toera ty manan-kaja naho itoa ty raha ivoriagne naho ty fiambesara ty bey
amy ty synagoga,[7] naho ty fanalamagne miavake an-tsena ey, le mba ho tokave ty ndaty hoe: "Raby."[8]Nareo tsy tokavegne
hoe: "Raby," raike avao ty mpagnanatse anareo, le mirahalahy nareo iabike. [9]Ao soa tsy hitoka ty ndaty an-tane etoy ho
rae'areo, fa raike avao ty Ra'areo, an-dagnitse agne reke. [10]Ao soa nareo tsy ho mete hotokavegne hoe: "Mpagnanatse,' fa
raike avao ty mpagnanatse anareo, le i Kristy.[11]Fa ze mitognom-batagne ho bey loatse ama'areo ro ho ndevo'areo. [12]Ndra ia
ndra ia miteha-tratra ho ambone le ho ambane reke zay, ndra ia ndra ia miambane le hasandratse ho ambone.[13]Loza ho
anareo ry mpanoratse lily naho nareo Fariseo, soa miatreke! Fa arindri'areo amy ty ndaty ty fanjaka ty lagnitse. Nareo fa
tsy bmampiditse ty vata'areo le mbe tsy anga'areo ka ze te hiditse.[14] [Fagnamarenagne: "Ty taratasy taolo tsy nahitagne ty
hoe: 'Loza ho anareo ry mpanoratse lily naho nareo Fariseo, soamiatreke! Mandany ty tragno ty miveitegna, le mbe
manao vavake lavarene ka nareo. Zay ty hahazoa'areo heloke bey hagnoro anareo.']"[15] Loza ho anareo ry mpanoratse lily
naho nareo Fariseo, soa miatreke! Fa mandeha mitety ty ranomasigne naho ty tane toy nareo mba hagnoveove ndaty
raike, naho fa miova reke, le atao'areo anan-kakeo ambone areo reke.[16]Loza ho anareo ry mpitarike goa, mirehake te hoe:
"Ndra ia ndra ia mititike amy ty tempoly, le tsy misy vara'e zane. Fa ndra ia ndra ia mititike amy ty volamena ty tempoly,
le ho fehe ty havelo'e reke." [17]Nareo goa gege! Ia ty bey vata'e, ty volamena sa ty tempoly manao ty volamena ho masigne?
[18]Le, ndra ia ndra ia mititike amy ty alitara, le tsy misy vara'e zay. Fa ndra ia ndra ia mititike amy ty fisaoragne ambone io,
le ho fehe ty havelo'e reke. [19]Nareo ndaty goa! Ia ty bey to vata'e, ty fisaoragne sa ty alitara manao ty fisaoragne ho
masigne?[20]A naho zay areke, ze mititike amy ty alitara, le mititike ama'e naho amy ty raha ambone'e eo ka. [21]Ty raike
mititike amy ty tempoly, le mititike ama'e naho amy ty mipetrake ama'e ao,[22] le ty raike mititike amy ty lagnitse, le mititike
amy ty seza fiambesaran'Andriagnanahare naho ama'e.[23]Loza ho anareo ry mpanoratse lily naho nareo Fariseo, soa
miatreke! Fa mandoa ty fahafolo ty solila naho ty aneta le ty komina nareo, faie tsy nanao to ty raha mavesatse vata'e
nareo amy ty famindragne arofo naho ty finoagne. Io ty toko'e ho natao'areo le tsy toko'e hisy tsy ho vita ndra ty raike.
[24]Nareo mpitarike goa, nareo manivagne laletse faie ndra mitelegne rameva![25]Loza ho anareo ry mpanoratse lily naho
nareo Fariseo, soa miatreke! Fa fotsia'areo ty voho ty kapoake naho ty finga, faie ty agnate'e ao feno fitsiririagne naho
filagne.[26] Nareo fariseo goa! Fotsio heke ty agnate ty kapoake naho ty finga, le mba hanjare madio ka ty voho'e.[27]Loza ho
anareo mpanoratse lily naho fariseo, soa miatreke! Fa nareo mahake o kibory nilaloragne naho nilokoagneo avao, malio
ty voho'e fa ty agnate'e ao feno taolam-pate naho ze kila loto. [28]Manahake zay avao ka, ivela'e etoy nareo malio
ama'ondaty, faie ty agnate'areo ao feno haratiagne naho heloke.[29]Loza ho anareo ry mpanoratse lily naho nareo Fariseo,
soa miatreke! Fa magnoregne ty kibory ty mpitoky nareo le mandoko ty kibory ty ndaty maregne.[30] Hoe ty atao'areo:
"Naho niaigne tamy ty andro ty razam-beitika tika, le tsy toko'e ho nindre am'iareo hampite lio ty mpitoky tikagne."[31] A
naho ty am'zay le mijoro ho ndaty aivo amy ty vata'areo nareo fa ana'iareo namono ty mpitoky.[32]Nareo avao ka le fa
mahafeno ty hakeo ty razambei'areo.[33] Nareo ry meregne, nareo ry tarira ty menaragne, akore ty hiolira'areo amy ty
fagnamelohagne amy ty heloke?[34]A naho zay areke, ingo, magnirake mpitoky naho ndaty maregne, le mpanoratse lily ka
ho anareo raho. Ty ila'iareo ho vonoe'areo le ho tombohe'areo, le ty ila'e ho jera'areo amy ty synagoga'areo ao le ho
soire'areo hila ty an-tanagne ao. [35]Hifotetse anareo ty raha nata'areo, mibabe hakeo boake amy ty lio maregne nate'areo

an-tane eto nareo, nanomboke tamy ty lio i Abel maregne, le hatra amy ty lio i Zakaria ana i Barakia, ie nivonoe'areo
agnivo ty fiambesaragne masigne eo naho ty alitara. [36]Ambarako ama'areo ty tena maregne, fa ze kila raha le ho avy amy
ty tarira toy.[37]Ry Jerosalema, ry Jerosalema, i rehe mamono ty mpitoky naho ze irahegne ho ama'o ao! Fa impire avao raho
te nagnoloholo ty ana'o mba tsy hivibike, manahake o rene akohoo mamory ty ana'e ambane ela'e ao, faie tsy mba
nirehake nareo![38] Ingo ty tragno'areo apoke ho leo'areo. [39]Fa ambarako anareo hatra am'izao, tsy hahatrea ahy vata'e
nareo mandram-pirehafa'areo hoe: "Isaoragne abeike i reke boake amy ty tahina i Magnitse."

# 24

[1]Niakatse i tempolyi t'i Jesosy le nagnavelo. Namonje aze i mpiana'e rey mba hanoro aze ty filahara i tempoly. [2]Faie
nisaontsie'e iareo te hoe: "Tsy trea'areo vao raha io maro io? Ambarako anareo ty tena maregne, tsy hisy vato hapoke amy
ty raike ze tsy ho ravagne."[3]Naho niambesatse ambihitse amy Oliva ay reke, le nitolake namonje aze i mpiana'e rey
nirehake te hoe: "Saontsio ama'ay, ombiagne ty hisehoa ze kila raha saontsie'o? Inogne ty famanataragne amy ty fiavia'o
naho ty andro fara'e?" [4]Nisaontsie i Jesosy iareo te hoe: "Miambena tsy azo ty fitake nareo."[5] Ho lako ty ho avy amy ty
agnarako. Le hirehake iareo te hoe: 'I Kristy raho,' le ho maro ty ho voa fitake."[6]Haharey ady naho talily aly nareo. Ao soa
tsy hatahotse nareo, fa tsy maintsy hiseho aby raha zao; faie mbe tsy ho avy ty fara'e.[7] Fa hisy firenenagne hitsangagne
hiale amy ty firenenagne hafa, le fanjakagne hialy amy ty fanjakagne ka. Hisy saliko naho horohoron-tane amy ty faritse
maro sambe hafa.[8] Faie mbe fitsongo aloha ty hoterake avao aby raha zao.[9]Hampijale iareo nareo le hovonoegne ka. Ho
heje ze kila ndaty nareo amy ty agnarako.[10] Le maro ka ty ho boseke, hifamotetse naho hifankalaigne ze kila ndaty.
[11]Mpitoky sandoke maro ty hiotsangagne le hamitake ndaty maro.[12]Satria hitombo ty haratiagne, le hihamanintsigne ty
fiteava ty maro. [13]Fa ze raike ie milofo hatrampara'e ro voavotse.[14] Ty talily soa ty fanjakagne toy le habeobeoke amy ze
kila tany ho ndaty aivo amy ze kila firenenagne. Avy eo le hoavy am'izay ty fara'e.[15]A naho zay areke, naho mahatrea ty
fahavetaveta ty fandravagne nareo, nambara i Daniela mpitoky zay, le hitsangagne amy ty toeragne masigne nareo" (ao
soa ty mpamaky hahatakatse), [16]"Iareo à Jodia agne hilay ambohitsey, [17]ze fa ambone tragno ao tsy hizotso hangalake raha
an-tragno ao, [18]ty fa atonda agne ao soa tsy hiheregne hangalake ty lamba'e.[19]Loza ho anareo mivesatse naho mampinono
amy zay andro zay! [20]Mivavaha mba tsy hidfanandrifa amy ty andro manintsigne naho sabata ro hisehoa ty filaisa'areo.[21]
Fa hisy hasahiragne bey, raha tsy tantane teo ndraike, le tsy hisy ka. [22]Naho tsy atao fohefohe o andro reo, le tsy hisy
nofotse ho voa tsindroke. Faie misy ndaty voa fily le atao fohe avao o andro reo.[23]Naho misy ndaty mirehake anareo te
hope: "Ingo, intoy ty Kristy, indroy ty Kristy," le ko ndra mino. [24]Fa ty Kristy sandoke naho ty mpitoky sandoke le hoavy
hanao famantaragne naho raha mahagaga, mba hamitake, naho azo anoegne, ndra nareo ndaty voa fily aza.[25] Ingo fa
nambarako anareo amboaloha'e ty fotoagne.[26]A naho zay areke, naho mirehake anareo iareo hoe: "Indro, amontogne
agne reke," ao soa tsy handeha ho agne. Ndra tie hoe 'ingo ie antragno,' ao soa tsy hatoky zay. [27]Fa manahake ty varatse
himelatse boake antignanagne le mazava hatra ahandrefagne agne, le manahake zay ty ho fiavy ty ana'ondaty. [28]Ndra aia
ndra aia misy biby mate, le agne ty hivioria ty voltora.[29]Naho fa afake ty haoreagne amy andro reo le haiegne ty andro, tsy
hagnome hazavagne ty volagne, hopoke boake an-dagnitsey ty kintagne, le hiozognozogne ty hery ty lagnitse.[30]Avy eo le
hiboake an-dagnitsey ty famantara ty ana'ondaty, le hisaona aby ze kila foko ambone tane. Hahatrea ty ana'ondaty avy
amy ty rahogne an-dagnitsey mindre amy ty hery naho ty volonahetse bey iareo. [31]Handefa i anjeli'e rey reke mindre amy
ty feo ty trompetra mafe, le hamory iareo ndaty voa fili'e amy ty zoron-tane efatse iareo, manomboke amy ty foto ty
lagnitse hatra amy ty hafa.[32]Mianara ty lesogne boake amy ty aviavy. Naho vaho matoe ty tora'e le mandravegne, le
hai'areo fa marine ty lohataogne.[33] Manahake zay avao ka, naho mahatrea ze raha zao aby nareo, le toko'e ho fanta'areo
fa marine reke, an-dalambeo.[34]Ambarako anareo ty tena maregne, fa tsy holany ty tarira toy mandram-piboaha ze raha
zao aby. [35]Tsy hisy sasa ty lagnitse naho ty tane, fa ty rehako tsy mba hilevegne hatrampara'e.[36]Faie ty momba i andro
naho lera zay le tsy misy mahay, ndra ty anjely ty lagnitse aza, ndra ty anake lahilahy, fa ty Rae avao.[37]Manahake ty tamy
ty andro i Noa, manahake zay avao ka ty fiavia ty ana'ondaty.[38] Fa manahake ty tamy ty andro taloha i fitroara ty rano
antambohoy le nihinagne naho ninogne iareo, nanambaly naho nagnengavao mandram-pahavia ty andro nidira i Noa
tagnate i sambo ao,[39] le tsy naharendreke ndra ino ndra ino iareo mandrampahavia ty fitroa i ranoy, le niely iabike iareo,
le manahake zay ty fiavia ty ana'ondaty.[40]Avy eo hisy lahilahy roe ty atonda ey, ty raike handesegne, ty raike hengagne.
[41]Ampela roe ty handisam-bare, ty raike handesegne, le ty raike hengagne. [42]A naho zay areke le miambena, fa tsy
fanta'areo ty andrio hiavia ty Tompo'areo.[43]Fa fantaro zao, naho nihay ty tompotragno te hoe amy fire halegne ty hiavia ty
mpangalatse, ho niambegne reke le tsy nanga'e ho vaky i tragno'ey. [44]A naho zay areke, miambena mivognona avao ka
nareo, fa ho avy ty ana'ondaty amy ty lera tsy ampoeze'areo.[45]Ia areke i mpanompo atokisagne naho matoe nitendre ty
tompo'e handily ty longo'e mba hagnomeagne iareo ty hane iareo amy ty fotoagne mete ama'e? [46]Sambatse i mpanompo
zay naho hita ty Tompo'e manao zay naho fa avy reke. [47]Ambarako anareo ty tena maregne, fa ty Tompo'e ro handily aze
ho ambone ty ze kila raha anagna'e.[48]Fa naho misy mp[anompo raty mirehake antro'e ao hoe: "Ela ty fiavy ty Tompoko,"
[49]le mamototse mamono o manompo nama'e reo, mihinagne, minogne mindre am'iareo mamo lava; [50]le avy ty tompo i
manompoy amy ty fotoagne tsy ampoeze'e naho amy ty lera tsy fanta'e. [51]Le ho tapatapahe ty tompo'e reke, le
hampanahafe'e o soa miatrekeo ty anjara'e, hisy fitagniagne zay naho fangotsokotsoha ty nife.

# 25


generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

[1]Ty fanjaka ty lagnitse manahake ty virijiny folo nangalake ty jiro'e le nandeha tamy ty mpagnengavao.[2] Gege ty dime
am'iareo fa ty dime hendre. [3]Naho fa ninday o jiro reo iareo virijiny gege, le tsy ninday solike nindre tama'e. [4]Iareo virijiny
mahihitse ninday fisiagne solike nindre amy ty jiro'e.[5]aho nitara ty mpagnengavao, le nilafike ty roro iareo. [6]Naho fa
nisasake i alegney le nitoka mafe nanao te hoe: "Ingo, ty mpagnengavao! miboaha hohita'e."[7]Le nifoha aby am'izay iareo
virijiny hagnomagne ty jiro'e.[8] Zao ty natao i gege rey tam'iareo mahilala: "Mba ameo kedekde amy soli'areoy zahay fa
fahomate ty jiro'ay. [9]Namale iareo mahilala hoe: "Hendra tsy ho ampe ho anay sady ho anareo, mandehana amy ty
mpivarotse le miviliana ho anareo."[10]Naho fa nandeha nivily iareo, le niavy amboho'iareo i mpagnengavaoy, le ze
nivogno'e nindre ama'e nandeha ho amy tragno fanoagne engavao, le nihily lalambeyi.[11] Naho fa nivita zay le niavy ka
iareo virijiny ila'e nirehake te hoe: "Tompoko, Tompoko, sokafo zahay." [12]Le namale reke te hoe: "Ambarako anareo ty tena
maregne, tsy mahay anareo raho." [13]A naho zay areke miambena soa fa tsy fanta'areo ty andro naho ty lera.[14]Zay le
manahake ty lahilahy raike handeha ho amy ty firenenagne hafa. Nitoka ty tompo'e reke le nampiambene'e aze i
fanagna'e rey. [15]Ty raike am'iareo nomea'e fahaian-draha dime, ty raike hafa nomea'e roe, ty raike hafa nomea'e raike.
Sambe nandrae fahaian-draha arakarake ty fahaia'e iareo, le nandeha amy lia'ey i lahilahy'i. [16]I raike nahazo fahaian-
draha dimey leavy le tsy nangatake andro fa nampiasa'e le nahazo fahaian-draha dime hafa ka.[17]Manahake zay avao ka i
raike naharae fahaian-draha roe nahazo roe hafa ka.[18] Fa i arike naharay fahaian-draha raikey, nandeha nihaly lavake
amy ty tane, le nandevegne ty vola ty tompo'e.[19]Ela ty ela niregne ty tompo'iareo ndevo le nandamigne raha am'iareo.
[20]Niditse i ndevo raike naharae fahaian-draha dimey le ninday dime hafa ka. Zao ty natao'e: "Ragnandria, namea'o
fahaian-dfraha dime raho. Ingo nampitombo fahaian-draha dime hafa ka raho." [21]Zao ty natao i tompo'ey ama'e: "Soa zao,
ihe ndevo mahilala sady atokisagne! natokisagne amy ty raha maromaro rehe. Hampanoeko raha lako rehe. Midira amy
ty falioavam-po ty tompo'o."[22]I ndevo raike naharae fahaian-draha roey namonje le nirehake hoe: "Ragnandria, namea'o
fahaian-draha roe raho, ingo nampitombo fahaian-draha roe hafa raho."[23] Nirehake aze i tompo'ey hoe: "Soa zay, ry ndevo
mahilala sady atokisagne! Natokisagne amy ty raha tsy ampe rehe. Hampanoeko raha maro rehe. Midira amy ty liofo ty
tompo'o,"[24]Avy eo i ndevo naharae fahaian-draha raikey namonje aze le nirehake te hoe: "Ragnandria, fantako fa lahilahy
masiake rehe. Mihaly amy ty tsy nioira'o rehe, le mangorogne vokatse amy ty tsy nambolea'o.[25] Natahotse raho, naho le
nandeha nagnetake i fahaian-draha'oy tagnate tane ao. Henteo, ingo i azoy."[26]Namale aze ty tompo'e nanao te hoe: "I rehe
ndevo raty sady malaigne, fanta'o fa raho mihaly amy ty tsy nioirako naho ka mangorogne vokatse amy ty tsy
namboleako.[27] Le toko'e ho namea'o ty mpanao balike i volakoy, le naho fa niavy raho nandrae ty ahy naho ty nitomboa'e.
[28]A naho zay areke afaho ama'e ty fahaian-draha le ameo hoe i managne fahaian-draha foloy.[29] Fa ze managne homeagne
mihoatse lavitse. Fa hoe iareo tsy managne ndra ino ndra indro , ndra ze kele anagna'e aza hafahagne ama'e. [30]Atoraho
amy ty maiegne antane agne ty ndevo raty, agne ty misy fitagniagne naho ty fangotsokotsoho ty nife.[31]Naho fa avy amy ty
volonahe'e ty ana'ondaty naho iareo anjely mindre ama'e, le hiambesatse ambome ty seza fiambesara'e eo reke.[32] Le ze
kila firenenagne le havory aloha'e eo, le hamike ndaty raike amy ty raike hafa reke, manahake ty mpiambegne agnondry
mamike ty agnondry amy ty ose.[33] Hampitoboke ty agnondry ankavana'e eo reke, fa ty ose ho ankavia'e eo.[34]Ty mpanjaka
hirehake am'iareo antagnan-kavana'e eo hoe: "Mbetoa nareo nitaien-Roaeko, mandovà ty fanjakagne fa nivognonegne ho
anareo hatra amboaloha'e tamy ty nagnoregnagne ty tane toy.[35] Fa ho nimate ty hamosare raho nimea'areo hanegne;
naeake ty arandrano raho nimea'areo rano honomegne; niambahiny raho nampandrosoe'areo;[36] tsy nisy hosaforegne
naho nitanjake raho nampiankanjoe'areo; narare raho nikarakarae'areo; tampigadragne agne raho nitilike ahy nareo.
[37]Iareo maregnendake le hamale hirehake te hoe: "Ragnandria, ombiagne zahay nahatrea azo ho nimate ty saliko le
namahagne azo? Ndra te hikama rano nampikamae'ay?[38] Ombiagne rehe nitrea'ay niambahiny nambandrosoe'ay? Ndra
nitanjake nampiakanjoe'ay?[39] Ombiagne zahay nahatrea azo narare naho nigadra le nitilike azo ama'o agne? [40]Namale ty
mpanjaka le nisaontsy am'iareo hoe: "Ambarako anareo ty tena maregne, ze natao'areo am'iareo rahalahiko kede rey, le
natao'areo tamako."[41]Hisaontsy am'iareo ze ankavia'e reke: "Midisoa ahy nareo voaozogne hoa amy ty afo mirehetse
hatrampara'e, fa nivognonegne hoe ty devoly naho iareo anjeli'e,[42] satria mosare raho, fa tsy namea'areo hanegne,
narandrano raho tsy namea'areo rano, [43]niambahiny raho tsy nampandrosoe'areo, nitanjake raho tsy nirongona'areo;
narare naho tampigadragne ao raho fa tsy nitilike ahy nareo.[44]Le hamale ka iareo hirehake te hoe: "Ragnandria! Omiagne
zahay te nahatrea azo mosare, narandrano, niambahiny, nitanjake, narare, tampigadragne agne, le tsy nanompo azo?[45] Le
hamale iareo reke hisaontsy hoe: "Ambarako anareo ty tena maregne, fa ze tsy natao'areo tamy ty raike am'iareo
madineke, le tsy natao'areo tamako."[46] Halefa amy ty fampijaleagne hatrampara'e iareo fa ty maregnendake ho amy ty
fiaignagne tsy misy fahatampera'e."

# 26

[1]Naho fa nivita i Jesosy ty saontsi'e le nisaontsy amy mpiana'e rey reke te hoe: [2]"Fanta'areo fa afake roe andro le hoavy i
Paskay, le hatoloktse hofatsihegne amy ty hazonajale ty ana ondaty."[3]Avy eo ty bey ty mpisorogne naho ty loha ondaty
nindre nivory tamy ty anjomba ty mpisorombey, ie nitokavegne te hoe i Kaiafa.[4] Nitolake ty hitsepake naho ty
hamonoagne i Jesosy iareo.[5] Zao ty natao iareo hoe: "Tsy amy ty fete mba tsy hisia ty korontagne amy ty ndaty eo."[6]Naho
fa ta Betania tan-tragno i simona boka t'i Jesosy, [7]miambesatse mikama an-databatse eo, le nisy ampela raike nanagne
tavoara alabastara feno menake lafo vily namonje aze, le nagniligne menakey amy ty agnambone'e.[8] Naho fa nitrea iareo
mpiana'e zay, niboseke le nirehake te hoe: "Inogne ty anto ty fandaniagne toa io?[9] Afake navily lafo nomeagne ty tsy
managne io."[10]Arofana i Jesosy zay, le nisaontsy reke te hoe: "Nagnino nareo ndra manosotse ty loha o ampelao? Fa raha

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

soa ty nanoe'e tamako.[11] Ama'areo eo le lomogn'andro ty tsy managne, fa raho tsy raha ho ama'areo nanaike.[12]Fa naho fa
nagniligne ty menake magnitsey tamy ty vatako reke, le anoe'e amy ty fandevegnagne ahy zay. [13]Ambarako anareo ty tena
maregne, ndra aia ndra aia hitoriagne ty talily soa amy ze kila tane, ty nanoe ty ampela toy le hatalily mbeombeo ka ho
fahatiarovagne aze."[14]Naho fa niavy eo ty raike am'iareo roambifolo, ty agnara'e i Jodasy Iskariota, nadeha amy ty bey
mpisorogney agne,[15] le nanao te hoe: "Amea'areo hotrinogne raho hagnomeako aze anareo?" Nandanja volavotsy kede
telopolo iareo hameagne aze.[16] Avy eo le natao'e ty nanoloragne aze am'iareo.[17]Tamy ty andro voaloha'e ty mofo tsy misy
lalivay le namonje i Jesosy i mpiana'e rey le nirehake te hoe: "Aia ty zoto'o hanoa'ay mahakama ho azo amy ty paska?"
[18]Namale reke hoe: "Miziliha amy ty tanagne ao misy lahilahy le ambarao reke te hoe: 'Hoe ty mpagnanatse: "Fa marine ty
fotoako. Antragno'o ato raho ro hanao paska mindre am'iareo mpianako."'"[19] Le nanoe'iareio mpianatse ze nandilia i
Jesosy iareo, le namboatse ty hanegne amy ty paska iareo.[20]Naho fa nihalegne ty andro le nindre nikama tamy mpiana'e
roambifolo reke. [21] Zao ty natao'e ampihinana'iareo hoe: "Ambarako nareo ty tena maregne, fa hisy raike am'areo
hifotetse ahy." [22]Nikoretse ty fiai'iareo le nagnontane aze te hoe: "Tsy ho raho zao, Ragnandria?"[23]Namale reke hoe: "Ze
nindre tamako nampijogne ty tagna'e tagnate finga ao ie ty hifotetse ahy.[24] Handeha ty ana ondaty, magnorike ty fa voa
soratse momba aze. Faie ho loza hoe ze mifotetse ty ana ondaty! Ty mahay i ndaty zay ty tsy hierake sasa." [25]I Jodasy ie
hivalike ama'e nagnontane hoe: "I raho vao zaoo, Raby o?" Zao ty natao'e tama'e hoe: "I rehe."[26]Mbe ampihinanagne eo
iareo, le nangalake mofo t'i Jesosy, nisaotse, le nanampake. Namea'e i mpianatse rey zay le nisaontsy reke hoe: "Raiso,
hano. Vatako toy."[27]Nandrae i kapoakey reke le nisaotse, namea'e iareo le nisaontsie'e te hoe: "Nareo abike, nomo'areo toy.
[28]Fa toy ty lio ty filongoagne hazotso hoe ty maro ho fagnaliovagne hakeo. [29]Ambarako anareo, fa tsy mba hinogne ty
vokatse amy ty volaloboke sasa raho, mandram-pahavia ty finomagne vaovao hindrezako ama'areo amy ty fanjaka ty
raeko."[30]Naho fa nihira hira fiantsagne iareo, le nandeha ambohits'oliva ey.[31] Zao ty natao i Jesosy am'iareo: "Nareo abike
le hisitake ahy naho ty amako anito halegne, fa voasoratse te hoe: 'Hijera ty mpiambegne agnondry raho le hibaratsiake
ty agnondry.'[32] Afara ty havagnon-koveloko amy ty mate, le hiaolo lalagne anareo à Galelia agne."[33]I Petera nirehake ama'e
te hoe: "Ndra tie hilay naho ty am'izay aza iareo, i raho tsy mba hisitake azo."[34] Zao ty natao i Jesosy tama'e: "Ambarako
azo ty tena maregne, anito halegne mbe tsy mikekeo ty akoho, le handà ahy intelo rehe." [35]I Petera nirehake hoe: "Ndra tie
hifatezako mindre ama'o aza tsy handà azo raho." Manahake zay avao ka ty rineha ty mpianatse ila'e.[36]Nagnavelo nindre
am'iareo amy ty tane atao Getsemane t'i Jesosy, le nisaontsy tamy mpiana'e rey hoe: "Mipetraha etoa nareo fa hivavake
eroy raho."[37] Nandese'e t'i Petera naho ty ana i Zebedio roe lahy le nanomboke nikoretse sady ore ty fo'iareo.[38] Zao ty
natao'e am'iareo hoe: "Foy vorombelogne ty fagnahiko, manahake ty fa ho mate. Miantoera eto le miambena mindre
amako."[39]Nitolake reke, nivavake. Zao ty natao'e: "Babako, naho azo atao, afaho amako ty jera mangirifiry toy. Faie tsy ty
ahy anio ty hanoegne fa ze zoto ty arofo'o."[40] Namonje i mpiana'e rey reke, aheo'e naho milafike ty roro abike iareo, zao ty
natao'e amy petera hoe: "Inogne, tsy mahavita miambegne minde amako ndra tie lera raike vao nareo? [41]Miambena ao
soa tsy azo ty mpitsoke fagnahy nareo. Mete avao ty fagnahy, fa ty nofotse ro maleme."[42]Nagnavelo fagnindroe'e reke le
nivavake. Zao ty natao'e: "Babako, naho fa tsy azo hafahagne amako ty fampijaleagne toy, le hataoko ty zoto ty arofo'o."
[43]Niheregne reke le mbe zoe'e nilafike ty roro iareo, fa navesatse ty maso'iareo.[44] Nenga'e ndraike iareo, le nivavake
fagnintelo'e, nisaontsy o saontsy reo avao abike.[45]Avy eo t'i Jesosy namonje iareo mpiana'e, zao ty natao'e am'iareo hoe:
"Mbe miroro avao vao nareoo? Henteo, fa marine ty lera, le ty ana ondaty hatolotse antagna iareo be hakeo. [46]Mitsangàna,
andao tika. Henteo, fa marine ie hifotetse ahy."[47]Amy reke mbe misaontsyi, avy t'i Jodasy, ie nivalike am'iareo folo roe
amby. Nisy ndaty maro nindre ama'e boake amy ty bey ty mpisorogne naho ty zoke ondaty. Niavy mindre amy ty
ampingaratse naho langilangy iareo. [48]Le nagnomey famantaragne iareo i lahilahy nifotetse i Jesosy i, manao te hoe: "Ze
orofoko, ro ie. Tsepaho reke."[49]Tsy nisy alaharo fa namonje i Jesosy reke le nirehake te hoe: "Salama, Raby!" Le nagnoroke
aze reke. [50]Zao ty natao i Jesosy tama'e hoe: "Anovo ze nilia'o eto korahe." Avy eo niavy iareo, nagnampatse ty tagna'iareo
tam'i Jesosy, le nitsepake aze.[51]Ingo, ty raike am'iareo nindre am'i Jesosy, nagnakatse ty ampingara'e ka le namatsika ty
ndevo i mpisorombey, le nihifike ty sofi'e. [52]Zao ty natao i Jesosy hoe: "Aheregno amy ty nisia'o aze ty antsi'o toy, fa ze
mandrae antsigne le hovonoegne amy ty antsigne.[53] Mivetsevetse vao nareo te hoe tsy mahatoka an-draeko raho, le i reke
afake mandefa miaramila anjely mihoatse ty roambifolo lahy? [54]Fa hatao akore fa zao ty hahato ty soratse masigne, ie
magnambara fa tsy maintsy hisy?"[55]Tam'izay andro zay t'i Jesosy nisaontsy tamy vahoake rey te hoe: "Avy amy ty
ampingaratse naho langilangy hitsepake ahy manahake ty mpangalatse vao nareoo? Nampianatse an-tempoly ao le
lomogn'andro avao raho fa tsy nitsepahe'areo. [56]Misy abike ze raha zao mba hahalefe ty voasora ty mpitoky." Nibaratsiake
i mpiana'e rey nilay nisitake aze.[57]Nandese'iareo nitsepake aze am'i Kaiafa mpisorombey agne t'i Jesosy, ao ty nivoria
iareo mpanoratse lily naho loha ondaty. [58]Namalavala aze ey avao t'i Petera amy ty ie andalagne andesegne ho amy ty
vala bey ty mpisorogne. Niditse agnate'e ao reke le nipetrake nindre am'iareo mpiambegne mba hahatrea ty hiafara'e.
[59]Iareo bey ty mpisorogne naho iareo Synedriona abike le nipay fandieragne tsy maregne handieragne i Jesosy, am'izay
ameagne lalagne iareo hamono aze. [60]Tsy nahatrea ndra ino ndra ino iareo, ndra tie nisy ndaty aivo tsy maregne niavy eo.
Naho fa niavy eo nisy roe niavy namonje eo[61] le nirehake te hoe: "O lahilahy io, nirehake te hoe: 'Mahavita mandrava ty
Tempolin'Andriagnanahare raho le managagne ka afake telo andro.'"[62]Nitsangagne i mpisorogne bey le nanao te hoe: "Tsy
managne havale vao reheo? Inogne raha hamono iareo azo zao?"[63] Nianjigne avao t'i Jesosy. Zao ty natao i mpisorogney
tama'e: "Mandily azo amy ty tahin'Andriagnanahare raho, ambarao ama'ay, te i rehe o Kristy anak'Andriagnanahare zao."
[64]Namale aze t'i Jesosy hoe: "I ho rinehakoy nambara'o zay. Fa ambarako ama'areo, anito avao le hotrea'areo ty ana'ondaty
hipetrake an-tagnan-kavana ty hery, le ho avy amy ty raho ty lagnitse."[65]Niriate i mpiorombey ty akanjo'e le rineha'e te

hoe: "Nirehake ratyb reke! nagnino tika mbe mipay ndaty aivoo? Ingo, rei'areo ty reha'e raty teo. [66]Akore ty heve'areo?
Zao ty navale iareo: "Magneva vonoegne agne reke."[67]Nandrora'e ty tarehe'e le jera'e, le nipoaha'e raratehake ka, [68]zao ty
natao'e: "Tokio ama'ay rehe Krisrty. Ia nijera azoy?"[69]I Petera nietake agnolo i valay, le nisy mpanompo ampela namonje
aze nanao te hoe: "Irehe ka nindra tam'i Jesosy ty Galilia."[70] Fa nandietse aloha iareo teo reke, zao ty natao'e: "Tsy fantako
ty raha rehafe'areo."[71]Naho fa niakatse i lalambey reke le nisy mpanompo ampela hafa ka nirehake tam'iareo teo hoe: "Ty
lahilahy toy ka le nindre tam'i Jesosy boake Nazareta." [72]Le mbe nandietse avao reke nanao te hoe: "Tsy fantako o lahilahy
zao!"[73]Naho fa niavy eo le nandfeha namonje i Petera iareo ze nitsangagne teo, nirehake ama'e hoe: "I rehe ka aza ty raike
am'iareo fa tsy zao raha, ndra ty reha'o le ahafantaragne azo." [74]Avy eo reke nifanta naho le nititike nanao te hoe: "Le
amoeako an'io o lahilahy rehafe'areo zao!" Leavy le nagneno am'izay ty akoho. [75]Tiaro i Petera ty saontsy i Jesosy hoe:
"Mbe tsy mikekeo ty akoho le handà ahy intelo rehe." Niakatse reke le nitagny.

## 27

[1]Maraindraigne ty andro, le niomagne ty hipay ty raha hamonoagne i Jesosy iareo ndaty bey ty mpisorogne naho iareo
loha'ondaty.[2] Nifehe iareo reke, le nandese iareo am'i Pilato goverinora agne.[3]Ie Joday nifotetse aze, naho fa nahatrea te
voaheloke t'i Jesosy, le nisoloho reke, nahere'e tam'iareo bey ty mpisorogne naho iareo i volafotsy telopoloy, [4]nirehake
reke te hoe: "Behakeo raho namotetse ty lio tsy manan-tahy." Namale iareo te hoe: "Hahoa'ay ino? Azo zay!"[5] Le natora'e
an-tempoly ao i volafotsy rey, nandeha reke le namonje ty vata'e.[6]Iareo bey ty mpisorogne nandrabe i volafotsy rey le
nirehake te hoe: "Mitipake ty lily ty hampijognagne toy amy ty fasiam-bola satria vilin-dio."[7] Nindre nirehake ty tsy mete
iareo le nivily tane amy ty mpamboatse valagne tane handevegnagne ze vola ambahiny.[8] Le zay ty anto'e nanaovagne ty
agnara i taney hoe: "Tanen-dio" hatram'izao.[9]Le nilefe ty nivoareha ty mpitoky Jeremia manao te hoe: "Nangalake ty
volafotsy telopolo iareo, vily ty nanomgagna iareo vahoa i Israely aze,[10] le namei'areo hoe ty mpamboatse valagne tane,
zay ty nambara i Tompo ahy."[11]Nijahigne aloha ie goverinora t'i Jesosy, le nagnontane aze t'i goverinora te hoe: "i rehe vao
ty mpanjaka ty Jiosy?" Namale reke te hoe: "Ie niazo'o zay, ie raho." [12]Fa naho fa niliere iareo bey ty mpisorogne na. ho
iareo loha ondaty reke le nianjigne. [13]Nirehake ama'e t'i Pilato te hoe: "Tsy rei'o vao fandieragne azo zao?"[14] Le mbe
nianjigne avao reke, gaga ty govrinora.[15]Naho fa amy ty faliovagne fo le fomba i goverinora ty mamotsotse gadra raike
voafily iareo vahoake. [16]Nanagne gadra raike malaza atao hoe i Barabasy iareo tam'izay fotoagne zay.[17]A naho fa nivory
iareo, zao ty natao i Pilato am'iareo hoe: "Ia ty te'areo havotsoko ho anareo? Barabasy, sa i Jesosy ie tokavegne te hoe i
Kristy? [18]Fanta'e fa fialognagne ty nahavy iareo manolotse i Jesosy tama'e. [19]Naho fa nipetrake amy ty seza fitsaragne eo
reke, le nandefa rehake ama'e ty vali'e hoe: "Tsy hitako ty hatao amy ty lahilahy tsy manan-tahigne toy. Ore raho te anito
amy ty nofiko momba aze."[20]Iareo bey ty mpisorogne naho iareo loha'ondaty nandrisike iareo vahoake hangatake ty
hamotsoragne i Barabasy, le hampamono i Jesosy. [21]Nagnontane iareo ty goverinora hoe: "Ia am'iareo roe ty tea'areo
havotsoko ho anareo?" Zao ty natao iareo: "I Barabasy."[22] I Pilato nirehake am'iareo hoe: "Inogne ty toko'e hanoeko am'i
Jesosy ie tokavegne ho i Kristy?" Namale iareo: "Fatsiho amy ty hazonajale reke."[23]Zao ty natao'e: "Nagnino, inogne ty sata
raty vita'e?" Nimanea iareo ty korake te hoe: "Fatsiho amy ty hazonajale reke."[24] Naho fa nihay i Pilato te tsy misy azo'e
atao ndra ino ndra ino amy korakey, le nangalake rano reke, nanasa ty tagna'e aloha i vahoake rey eo, le nanao te hoe:
"Tsy manan-tahy tsy manan-kakeo amy ty lio ty lahilahy tsy manan-tahy toy raho. Fa asa'areo zay."[25]Nirehake iareo ndaty
maro te hoe: "Lonike mba ho ama'ay naho ty ana'ay ty lio'e." [26]Navotso'e hoe iareo t'i Brabasy, natolo'e ho fatsihegne amy
ty hazonajale t'i Jesosy le jinera amy ty karavantsy.[27]Avy iareo miaramila nangalake i Jesosy handesegne an-dapa ao, le
namory ze kila miaramila. [28]Nafaha iareo ty akanjo'e le nampanoe iareo akanjo jaky reke. [29]Namboatse sabaka fatike iareo
le natao iareo agnambone'ey, le nasia iareo tehegne ty fita'e havana. Nandohaleke ama'e iareo nanao tsikike aze, te hoe:
"Salama rehe mpanjaka ty Jiosy!"[30]Nandrora iareo reke, nafaha iareo i tehegney, tsinera iareo amy ty agnambone'e.[31]
Naho fa nivita iareo ty nanao tsikike aze, nafaha iareo ty akanjo lava'e, le nampiankanjoe iareo ty akanjo'e handese'e amy
reke hofantsihegne amy ty hazonajale, le nandesegne niboake am'izay.[32]Naho fa niakatse iareo, le nahatrea lahilahy raike
boake syrena agne atao hoe simona, nisere iareo hindre am'iareo hijiny ty hazonajale.[33] Nandeha amy ty tane atao hoe
Golgota iareo iareo, ty dika'e: "Tane ty karankan-doha."[34] Namea'iareo divay miharo afero reke ho kamae'e. Fa naho fa
nandrama'e le tsy nikama reke.[35]Naho fa nifatsihe iareo amy ty hazonajale reke, le nifanoa iareo kize ty nifizaragne i
akanjo'ey, [36]nipetrake iareo niambegne aze.[37] Ambone eo ty nasia'iareo soratse mirehake ty anto'e namonoagne aze, te
hoe: "Intoy t'i Jesosy mpanjaka iareo Jiosy."[38]Nisy dahalo roelahy ty nifatsihegne mindre ama'e, ty raike an-kavana'e eo ty
raike an-kavia'e eo.[39] Iareo ze nandriogne le nanimbotimbo aze, nampigibigibigne ty loha iareo[40] le nanao te hoe: "I rehe
handrava ty tempoly le handagne zay ka agnate ty telo andro avoto ty vata'o!" Naho i rehe ty anan'Andriagnanahare le
mizotsoa boake amy ty hazo najaley!"[41]Manahake zay avao ka iareo bey ty mpisorogne nanao tsikike aze, nindre am'iareo
mpanoratse lily naho iareo loha'ondaty, le nirehake te hoe: [42]"Nagnavotse ty ndaty hafa reke, faie tsy mahaavotse ty vata'e.
I reke mpanjaka Israely. Angao reke hizotso boake ambone ty hazonajalke'ey, le ho meanto reke."[43]Natoky
an'Andriagnanahare reke, angao ty Andriagnanahare hagnavotse aze henaneo, naho toe zoton'Andriagnanahare ty
hiafaha'e. Reha'e ty tihoeke: "Anak'Andriagnanahare raho.'" [44]Manahake zay avao ka ty ajalahy nifatsihegne nindre ama'e
toy, nanivativa naho le nanao tsikike aze avao ka.[45]Rinako ty iegne ze kila tane nanomboke tamy ty lera fahaenegene le
niavy avao ty lera fahasive. [46]Amy ty lera fahasive eo nikanjy amy ty feo mafe t'i jesosy nanao te hoe: "Ely, Ely, lamà
sabaktani?" Mitsakore ty tihoeke: "Andriagnanahareko, Andriagnanahareko, akore rehe ie mienga ahikeo?"[47] Naho fa
naharey zay ze mbe nitsangagne teo, le nanao te hoe: "Mitoka i Elia reke."[48]Tsy nisy alaharo fa nilay ty raike am'iareo le

nangalake spaonjy, nivontoe'e amy ty vinegra, le natao'e amy ty bararata mitohitohy, le nimei'e aze ho kamae'e. [49]T'ila'e
am'iareo nirehake te hoe: "Angao reke. Hotreantika eo ty hiavia i Elia hagnavotse aze." [50]Le mbe nikanjy amy ty feo mafe
ndraike t'i Jesosy nanolotse ty fagnahi'e.[51]Tsinera ty raha roe mira boake ambone hatra ambane ty lamba i
anjomban'Andriagnanaharey, nangodongodogne ty tane, nitserake roe mira ty vatolahy. [52]Nisokake ty kibory, le nivagnon-
kovelogne ty fate ze kila ndtatin'Andriagnanahare fa nimate.[53] Le niakatse ty an-kibory ao iareo, nizilike an-tanagne
masigne, le niboake amy ty maro.[54]Iareo kapiteny naho iareo nahatrea i Jesosy naho fa naharey i horohoron-taney naho
ze kila raha nisy teo, ndra natahotse le nivaky rehake te hoe: "Anak'Andriaganahare vata'e toy." [55]Nisy ampela maro
nagnorike i Jesosy boake à Galilia agne mba hagnalankagne aze, namalavala nagnente agnolo'ey avao. [56]Tam'iareo t'i
Maria Magdalena, Maria rene i Jakoba naho Josefa, le ty rene'iareo anadahy i Zebedio.[57]Naho fa nihale ty andro, le nisy
lahilahy raike mpagnarivo boake à Armatia agne, i Josefa ty aganara'e, mpiana i Jesosy avao ka reke. [58]Namonje i Pilato
reke le nangatake ty vata i Jesosy. Le nomey i Pilato aze.[59]Nangalake i fatey t'i Josefa, nisafora'e sarimbo rongony malio,
[60]le naleve'e amy ty kibori'e vaovao namboare'e tamy ty vatolahy, namoy vato bey hatao rindry kiboryi reke le noly.[61] I
Maria Magdalena naho iareo Maria hafa le teo aby, nidoboke agnila i kiboryi eo.[62]Niavy ty andro raike afara ty
fagnomanagne, le nindre nivory am'i Pilato iareo bey ty mpisorogne naho iareo Fariseo.[63] Zao ty natao iareo: "Ragnandria,
tiaro'ay fa tamy tie mbe nivelogne i mpamitake inge le nirehake te hoe: "Naho fa afake telo andro le hovagnon-kovelogne
raho." [64]A naho zay areke mandilia ty hiambenagne i kibory mandram-pahavia ty telo andro, fa naho tsy zay le hoavy
iareo mpiana'e hangalatse aze le hirehake amo'ondatio te hoe: "Nivanon-kovelogne reke!", ty fitake fara'e le ho raty
mihoatse ty reke tamy voaloha'e."[65]Zao ty natao i Pilato tam'iareo: "Mangalà mpiambegne. Akia ambeno soa ataovo'areo
ze fiambena'areo aze. [66]Le nandeha'iareo niambegne kibory, nasia'iareo tombo-kase ty vato le nampijangana'iareo
mpiambegne.

## 28

[1]Tamy ty hariva ty sabata, naho fa nanomboke mangararake atignanagne ty andro voaloha'e amy ty heregn'andro, le
nandeha nagnente i kiboryi t'i Maria Magdalena naho i Maria raike hafay.[2] Ingo, nisy horohoron-tane bey, ty
anjelin'Andriagnanahare nizotso boake an-dagnitse agne, niavy nampibaribarigne i vatoy, le nipetrake ambone'ey.
[3]Manahake o helatseo ty tarehe'e, le ty akanjo'e foty manahake ty oram-panala.[4] Natahotse iareo mpiambegne le
nanahake ty lahilahy mate.[5]Nirehake tam'iareo ampela i Anjelyi le nanao te hoe: "Ao soa tsy hatahotse, fantako fa mipay i
Jesosy nareo, I nifatsihegne tamy ty hazonajaley. [6]Tsy ato reke, fa nitsangagne nagnorike ty fa sinaontsi'e ama'areo.
Mbetoa henteo ty nirota i Magnitse. [7]Akia malaky agnombarao iareo mpiana'e te hoe: "Nivagnon-kovelogne reke. Ingo, fa
niaolo lalagne anareo à Galilia agne reke. Agne ty hahatreava'areo aze." Ingo, fa nambarako tama'areo."[8]Nifoy vorom-
belogne i ampela rey le niala ty an-kibory ey, le nilay hirehake am'iareo mpiana'e. [9]Ingo, namonje iareo t'i Jesosy le
nisaontsy te hoe: "Salama!" Namonje aze i ampela rey, nitagne fandia'ey le nirebeke aze. [10]Nisaontsy iareo t'i Jesosy nanao
te hoe: "Ao soa tsy hatahotse. Akia agnombarao iareo rahalahiko, ampandehao à Galilia agne. Agne ty hahatreava iareo
ahy."[11]Mbe andalagney avao i ampela rey, ingo, t'ila i mpiambegne rey nandeha an-tanam-bey agne le nirehake am'iareo
bey ty mpisorogne ze kila raha nisy. [12]Naho fa namonje iareo zoke'ondaty i mpisorogney le nirehake mikasike ty olagne
am'iareo, le nagnomey vola tsy fotofoto iareo miaramila iareo,[13] le nirehake am'iareo te hoe: "Ambarao amy ty hafa te hoe:
'Niavy tamy ty andro halegne i mpiana i Jesosy rey le nagalatse ty vata'e amy ty zahay mbe miroro.'[14]Naho avy am'i
goverinora agne o talily zao, hizaka aze tika, le hagnafake ty famarahia'e ama'areo." [15]Rinambe miaramila rey volay le
natao iareo ze nampanoegne iareo. Ze natalily iareo le niely amy ty tane iareo Jiosy le mbe mitohy hatra am'izao.
[16]Nandeha à Galilea agne iareo mpianatse raike amby folo, le t'ambohitse fa natoro i Jesosy iareo ey. [17]Naho fa nahatrea
aze iareo, le nirebeke aze, fa t'ila'e mbe nisalasala natahotse.[18]Namonje iareo t'i Jesosy le nisaontsy te hoe: "Fa nameagne
ahike ty fahefagne an-dagnitse agne naho ty an-tane etoy. [19]Akia mandehana, ampanjareo mpianako ze kila tane aby. Ano
batisa iareo amy ty agnara ty Rae, ty Anake, le ty Fagnahy Masigne.[20]Ampianaro iareo hagnomey hato ze kila raha
nandiliako anareo. Ingo, mindre ama'areo avao raho hatra amy ty fimodoa ty tane toy.

# Mark

## 1

[1]Intoy ty fanomboha ty talilisoa i Jesosy Kristy, ty Ana'Nagnahare. [2]Manao izay ty voasoratse amy Isaia mpitoky zay te hoe:
''Intoa, Raho magnirake ty irako hialoha Azo, le reke ty hamboatse ty ho lala'o. [3]Nay ty koidava amotogne agne manao te
hoe: ''Amboaro ty lala i Andriantompo; ano'o vantagne ty lalan-kombae.''[4]Niavy ty Jaona, nanao batisa tamotogne agne, le
nitalily fa o'batisa zao fisolohoagne hagnaliovagne ty hakeo. [5]Niavy nagnantogne aze iaby ty boake Jodia nao i Jerosalema.
Natae batisa tamy ty saka i Jordana iareo, naho fa sambe nagneke ty fahota'e. [6]Nisikigne volon-drameva ty Jaona le
nidiagne holitse tam-bania'e, le valala naho tantele ty nihane'e.[7]Nagnombara reke te hoe: ''Fa hoavy zay raike
magnarak'ahe zay, mandako ahike ty heri'e, fa ndra ty hamaha ty talin-kana'e aza tsy hagneva ahy. [8]Iraho nanao batisa
anareo ama'ty rano, fa Reke hanao batisa anareo amy ty Fagnahy Masigne.''[9]Tamy ty andro niavia i Jesosy goals a
Nazareta i Galilia ty nisehoa'io, le nata i Jaona batisa tantsaka'i Jordana tao Reke. [10]Naho fa niboake tagnate rano ao ty
Jesosy, le nitsorotsoro boake andagnetse agne ty Fagnahe ni'hoe voromahilala le tamae teo . [11]Le nisy feo
boak'andagnits'agne manao ty hoeke te :''Anako teako vatae Rehe.Anake maneako vata'e''.[12]Le nente'o Fagnahy io le

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

amotogne maliolio agne ty Jesosy.[13] Efapolo andro Reke ty tagne, notsoehe ty kokolampo fagnahe Reke. Niharo toboke
tamy o'biby agn'ala ao Reke, le nitompo Aze i Anjele rey.[14]Ie naho fa voasambotse ty Jaona,le niavy t'a Galilia ty Jesosy
nagnombara ty talilisoa'Nagnahare, [15]naho ty hoeke te:''Avy fotoagney, le fa marine ty fanjaka'Nagnahare.Misolohoa le
minoa ty talilisoa.''[16]Naho fa nandeha t'amoro ria'i Galilia Reke,le nahatrea i Simona naho i Andrea rahalahe'i Simona
nagnarato, satria mpagnarato iareo. [17]Hoe ty Jesosy tami'iareo te hoe te: ''Avia, oriho'areo Raho ,fa hatako mpagnarato
ndaty ka nareo.'' [18]Eo naho eo avao le nenga'iareo i harato'y le nagnorik'Aze.[19]Nao fa nagnavelo lavidavitse ty Jesosy, le
nahavazoho i Jakoba ana'i Jebedio naho i Jaona rahalahee, agnate lakagne ao iareo te namboatse harato.[20] Nitoka iareo
Reke le nengae tagnate anaka'sambo tao amizao ty Jebedio rae'e miarak'ami'ty mpikaramae, naho nagnorik'Aze iareo.
[21]Nao fa avy eo le niavy t'a Kaoperinaomy iareo,le tami'ty andro Sabata, le nilitse tagnate'ty synagoga ty Jesosy le
nampianatse. [22]Latsa tami'ty fampianarae iareo, satria nampianats'iareo manahake o'ndaty manam-pahefagne Reke fa tsy
hoe mapahay lalàgne.[23]Ao nisy lahilahy raike tagnate i sinagoga'iareo'y ao nidira'i ndrekokolampo le nihoretsegne mafe,
[24]nanao ty hoeke: ''Inogne ty hifandraesa'ay amao, Ihe Jesosy boak'a Nazareta ? Niavy hamotek'anay vao Rehe'o ? Haiko
Rehe te ia. Rehe ty Masin'Andrianagnahare !'' [25]Nisaontsy mafe am'i ndrekokolampo ty Jesosy nanao ty hoeke: '' Mitsigna
le misitaha amae rehe !'' [26]Le naho niakatse ty rekokolampogne nandrombak'aze nao niala tama'e le nanao koidava.
[27]Latsa iabike i ndaty maro'y ,le nifagnontane iareo manao ty hoeke: ''Inogne toy ? Fagnanaragne vaovao misy fahefagne?
Baikoee ndra ty kokolampogne le magneke Aze iareo!'' [28]Le tsy nisy tsy hahare'y ty vaovao mikasik'aze naho fa faritse
Galilia abike.[29]Naho fa niakatse i sinagoga'y iareo, le niavy tantragno i Simona naho i Andrea iareo, niarake tam'i Jakoba
naho i Jaona. [30]Le ty rafoza'i Simona niroro nitra'e ty tazogne, le nambara 'iareo i Jesosy zao. [31]Le nagnarine Reke,
nirambese'e ty tagnae, le nampijangagn'aze, nao le niafake i tazo'ey, le nanomboke nanompo Aze iareo.[32]Nao fa nitsofotsy
iandro'y, maro ty marare nao ty nisy kokolampogne nindese iareo Tama'e teo.[33] Tafavore niarake t'andalagn'eo iabike
iareo tanàn-draike.[34] Nampijangagne ze ndaty marare nitrae ty aretegne maro Reke le nampisitake ze nisy kokolampogne
maro, fe ie tsy nomeae lalagne hirehake ty kokolampogne satria nahafatants'Aze .[35]Nifoha maraindrai-tsikiake Reke, le
mbe maiegne iandro'y; nisintaky ty teo Reke le nagnavelo amy ty toeragne mitokagne mangingike hivavaha'e.[36] Nimpay
Aze ty Simona naho i mpindre amae'y. [37]Nahatrea Aze iareo le nanao ty hoeke: ''Mimpay Azo aby ze fonga ndaty.''[38]Hoe
Reke te : ''Ndao tikagne hoami'ty tane hafa, ivelae agne ,amy'o tanagne magnodidigneo, hahafahako mitalily ty
saontse'Nagnahare ama'iareo ka. To'e zay ty niakarako atoy.''[39] Le nitsitsike i Galilia abike Reke, nitalily tagnate synagoga
iareo ro nandroake kokolampogne maro.[40]Nisy boka raike niavy tamae teo.Nitsoloke tamae reke , nitongaleke Amae teo le
nirehak'Amae te: ''Naho zoton'arofo'o, le hahao raho.'' [41]Niferenaigne azy,le nametrake i fitae'y ty Jesosy le nitsapa aze, le
nanao tamae te hoe: ''Zotoko.Mihaha rehe.''[42] Niala tamae amizao i habokagney, le nalio reke.[43]Nandrara aze mafe ty
Jesosy, le nampandeha aze.[44] Le hoe Reke te hoeke: '' Fe ao tsy hirehake ndra ino ndra ino , ndra ami'ia ndra ami'ia, fa
mandehana, atoro'o amo'o mpisorogney ty vatao, le manoa fagnatetse noho ty fagnahagne azo arake ty nandilia i Mosesy,
le hitsangagne ho vavolombelogne hoe iareo.''[45]Le niboake reke, le nanomboke nagnombara ama'ondaty tsiefa le
nampiparitake loatse i rehakey le tsy niafake nilitse malalake tagnate tanagne maro sasa ty Jesosy. Le niambesatse
tamontogn'agne amy ty toeragne mitokagne Reke naho le nagnantogne Aze ty ndaty boak'amy ty toeragne tsiefa.

## 2

[1]Nisy andro tsy ampiampe, naho fa niheregne t'a Kapernoamy Reke, onegne te agnajomba ao Reke. [2]Hipoke i ndaty ty teo
tena tsy misy hitobohagne, ndra ty t'an-dalagne eo, le nagnambara ty saontsie tama'iareo ty Jesosy.[3]Le nisy lahilahy
maromaro nagnantogn'Azy nanday lahilahy raike maleme; batay'o ndaty efa-dahy. [4]Naho fa tsy niafake nagnantogn'Aze
marine iareo, noho'ty hamaroa i vahoake'y, le nafaha'iareo i tafo-tragno t'ambon'i Jesosy teo'y, naho fa voasoka'iareo i
tafo'y, le najotso'iareo i fandriagne nandrea'i lahilahy maleme'y.[5]Naho fa nivazoho'e ty finoa'iareo, le nanao ty hoeke ty
Jesoy tama'i lahilahy maleme'y: " Anake, voavela ty helo'o." [6]Le nisy ty ila'e tama'i mpahay lalàgne rey nipetrake teo, le
nimonomonogne am-po'iareo agny ty hoeke: [7]"Manao akore ty ahafaha'ty lahilahy roagne mirehake hoe izao? Magnompa
kahy ty ndaty tiagne! Tsy Andrianagnahare raiky avao vao ty afake mamela heloke?"[8]Avy le nione'i Jesosy tama'ty
fagnahe'e ty rah nivetsovetso'y iareo. Le nanao ty hoeke Reke: "Nagnino i nareo mametsevetse ze raha zay am-po'areo
agne'o? [9]Inogne zane ty azoazo ty mirehake ama'ty lahilahy maleme tiagne ty hoeke: 'Voavela ty helo'o' sa ty hoeke:
'Mitsangàna, jinio o fandrea'o, le mandehana'?[10]Le ty mba hahafantara'areo te managne fahefagne hamela heloke ambone
ty tane toy ty Ana'O ndaty, "le hoe'y Reke tama'i maleme'y: [11]"Ambarako ama'o, mitsangàna, jinio o fandrea'o, le
mandehana molia an-tragno'o agne". [12]Le avy le nitsangagne nijiny i fandrea'ey reke, le namakevake i ndaty maro'y, le
nilatsa iaby i ndaty rey le nanandratse ty voninahin'Andrianagnahare, le nanao ty hoeke: "Mbe tsy nahatrea ty raha hoe
itoagne zahay."[13]Ie naho boakeo le nagnarake i lafin-driake'y Reke, le nagnantogne Azy iaby i vahoake'y, le nampianare'e
iareo. [14]Naho fa nandriogne Reke, le nivazoho'e ty Levi ana'i Alfeo nitoboke tama'ty toeragne famoriagne haga le hoe Reke
tama'e: "Oriho Raho." Le nitsangagne reke le nagnorike Azy.[15]Nikama t'an-tragno'i Levy tao ty Jesosy le mpamory haga
naho mpanota avao ty ankamaroa iareo niarake nikama tama'e naho i mpiana'e rey, le maro iareo te ie ty tao naho
nagnarake Aze. [16] Le i mpahay lalàgne rey, Fariseo rey, naho fa nahatrea i Jesosy niarake nikama tama'o ndaty mpanota
naho mpamory haga rey, le nagnontany tympiana'e nanao ty hoeke: "Nagninogne Reke miarake mikama ama'o ndaty
mpamory haga naho mpanota'o?"[17]Naho fa nahaonigne izay ty Jesosy le hoe Reke tama'iareo nanao ty hoeke: "Tsy ty
salama ro ho tsaboegne, fa ty marare ro mila izay. "Tsy avy hampiova havelo ty maren-tane Raho, fa ze tsy vokatse."[18]O
nifaly hanigne o mpiana'i Jaona'o naho Fariseo rey. Nisy lahilahy maromaro nagnantogne Azy nanao ty hoeke:

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

"Nagninogne o mpiana'i Jaona naho'o mpiana'iareo Frariseo'o mifaly hanigne'o, nefa o mpiana'o tsy agnate'e?" 19 Le nanao
ty hoeke ty Jesosy tama'iareo: "Afake mifaly hanigne vao ty mpiatreke i fanambaliagne'y naho mbe eo i mpangala-bale'y?
Naho mbe miarake ama'iareo i mpangala-baley', le tsy afake mifaly hanigne iareo.20Mbe ho avy ze andro zay hangalagne i
mpangala-bale'y ama'iareo, le ama'ze andro zay agne, ro hifaly hanigne iareo.21 Tsy aharo ama'ty tsorodea ty lamba vao,
naho tsy izay le hiala ama'e i tapae'y, le i vao'oy tsy ho toe ty taloha, le hindra ndraike ty harota'e.22Le tsy misy ndaty
magnisy divay vao agnaty ty korobo holetse momoke, naho tsy zay le ho riate'i divay'y i holitse'y le ho vetrake i divay'y
naho i korobo holetse'y. Fe ie, ty divay vao atao agnaty ty korobo holetse vao.23Tanem-bare maromaro ty nitsitsie'i Jesosy
tama'ty andro sabata, le nandrofo-bare i mpiana'e rey. 24Le nanao ty hoeke o Fariseo rey t'Ama'e: "Henteo he re,
nagninogne iareo manao hoe itoagne ama'ty andro sabata'o?"25Le nanao ty hoeke Reke tama'iareo: "Mbe tsy rendre'areo
hao ty raha natao'i Davida naho fa nitrà ty hakere reke_ le ty lahilahy nagnarake aze_ 26nanao akore hao ty nizilira'iareo
t'an-jomban'Andrianagnare tao tama'i andro'i Abiatara mpisorombe'y igne, le nihinagne ama'i mofo i fiatrehagne'y, nefa
tsy magnara-dalàgne na ama ia na ama ia ty mihinagne aze naho tsy ty mpisorogne avao, naho ie le mbe nagnomeza'e
maromaro hoahi'ty ze nagnarake aze?"27Jesosy nisaontsy ty heoke: "Ty andro sabata le natao hoahi'ty anak'ologne, fa tsy
ty ana'O ndaty ro ho natao hoahi'ty andro sabata. 28Naho izay reke, ty ana'O ndaty ro Tompo, ndra te ami'ty andro sabata
aza."

## 3

1Le niavotse e Sinagoga ey ndraike ty Jesosy naho le nisy ajalahy raike don-tagnagne ty tao. 2Nagnente Aze ty ila ndaty
mba hahatrea ty raha hijangana'e ama ty andro Sabata mba hiboseha iareo Ama'e.3Le izao ty natao i Jesosy tama lahilahy
don-tagnagney : "Miongaha ampagnivoa o ondaty maro etoa." 4Le nisaontsy tama ndaty io Reke nanao izao te: "
Tomombagne vao ty manao ty soa amy ty andro Sabata ke ty manao ty raty; ty mandrombakaigne, ke ty mahafate?" Fie le
tsy nisy nahavolagne iareo.5Vignitse ty Jesosy nivazoho iareo ro nalahelo ty hamafy ty fo'iareo, le nisaontse tami lahilahy
Reke te: "Ahitsio tagnaoy." Le nahitsy i lahie ty tagnae le nisitragne. 6Niakatse i fariseo reo nindry ami'o herodianina'o
hipay tsy ela ty fomba hamonoagne Aze.7Naho fa niavy eo i Jesosy nindre amy mpiana'eo, namonjy i ranomasegney, le
nisy ndaty maro nagnorike boake Galilea naho Jodia 8le ty boake Jerosalema naho ty boake Edoma le sikala ambavarano i
Jordana naho ty magnodidigne i Tyra sy Sydona. Naofa naharey ty raha nata'e iareo, le nisy ndaty maro niheho amae ao.
9Le nampipay sambo kedekede mpianae ty Jesoa ho Aze noho ty hamaro ty ndaty teo, mba tsy hifanosetosea ty ndaty
amae. 10Noho ty hamaro ty ndaty nositrane'e, le fonga nilay mbamae tey iaby ze ndaty nanagne aretegne.11Naofa nahatrea
Aze ze fagnahy raty, le nihohoke alohaeo le nihorentsegne, le nanao izao te : "Ihe ro Ananagnahare."12 Fie norarae reo te
tsy hampahafantatse Aze.13Nagnavelo ambohitsey Reke, le nitoka ze teae, le nimbeo iareo. 14Nijibogne ty folo roambe Reke
( le notokave'e te Apostoly), mba hafaha'iareo mindre amae naho ho afake hinday ze hafatse ho torie'e, 15ary ho afake
handroake kokolampo. 16Avy eo nijibogne iareo folo roambe Reke: Simona, namea'e anaragne Petera;17Jakoba ana'i
Zebedio, naho i Jaona rahalahi'e, le notolora'e agnaragne te Boanarijesy, magnombara te anam-baratse; 18le i Andrea,
Filipo, Baritolemeo, Matio, Tomasy, Jakoba ana'i Alfeo, Tadeo, Simona Zelota, 19le i Jodasy Iskariota, nifototse Azey.20Noly
antragno agne Reke, le nidre niavy ami ty ndaty antanagneo, le ndra mahakama tsy nivita'iareo. 21Naofa naharey izao ty
longo'e le niakatse hangalake Aze, satria nohalaza'iareo te: "Vere saigne Reke." 22le'o mpanoradalagneo nidigne ta
Jerosalema ao nagnombara te: "Itoera ty Belzeboba Reke'', le, "ami ty alala ty fagnapahae ty kokolampogne ro hagnafahae
ty kokolampogne."23Le notokave i Jesosy hombamae mbeo iareo le nanoa'e fagnoharagne te: "Akory ty ahafahae Satana
handroake Satana? 24Naho misy fanjakagne raike mialy sambe fokoa'e le ho rava 'zay. 25Naho misy ka tragno raike mialy
sambe iareo avao, le tsy hoela ty hiravá 'zao tragno 'zao.26Naho nitsangagne hialy ami ty tegnae ty Satana le fa nisarake,
ro tsy hoela ka ty hifaragna'e.27 Fa tsy misy ndaty afake hilitse agnate ty tragno ty lahilahy mahere raike le hitavagne ty
raha anagnae naho mbe tsy mahavoafehe hey i lahy maherey, izay reke vao hijiny ty entae.28Saontsiko soa ama'areo, fa ho
afake hakeo ty ana ty olombelogne,ndre ty rehake raty aby naaka ty vavae, 29fa ty mirehake raty ty Fagnahy Masigne ro
hibabe ty hakeo'e mandrapahfate'e, fa ho hanan-kakeo ami ty raha raty mandrakizay.'' 30 Nagnombara izay ty Jesosy noho
ty reha'iareo te: "Misy fagnahy raty Reke."31Naofa avy eo, niavy ty rene'e naho ty rahalahie nandigny Aze antany ao.
Nagnirake ndaty hampahafantatse Aze iareo, le nitoka Aze. 32Nitoboke agnilaeo aby ze fonga ndaty le nanao izao irakey
te: "An-tany ao ty reneo aman-drahalahio, fa te hahavazoho Azo."33Le nanoigne Reke nanao te: "Ia ty reneko naho ty
rahalahiko?" 34le nitolike ami ty ndaty nitoboke agnilae Reke le hoa Reke te: "Vazo'oho, toagne ty reneko naho ty
rahalahiko! 35Fa ndre ia ndra ia mampanao ty hampalio fo ty arofo Nagnahare, le izay ty rahalahiko, le rahavaviko naho
reneko ka."

## 4

1Le nanomboke nampianatse tandriake'y ka Reke, le nimaro ty ndaty nivory tama'e teo. Nijogne tama'ty lakagne marine
teo Reke, le nitoboke tagnate'e tao. Fa maro ty vahoake nijanogne agnolon-driake'y avao. 2Nampianatse iareo raha maro
tama'ty fagnoharagne Reke, t'agnate i fampianarae'y tao, le izao ty nireha'e tama'iareo.3"Tsanogno he,teo ty ndaty
nandeha nitongy. 4Le nao fa nitongy reke, nisy ty nipoke mbe'y lalagne'y, naho le nivoalialia ty ndaty, naho le tsinindro ty
vorogne. Ty ila'e nanjoe tane vatoegne, tsy loho nisy tane. 5Avy le namoe no reke satria tsy nahazo laleke ty tane nisy aze.
6Fe nimora nitsorokokogne no reke vao nibelagne te'y i andro'y fa tsy nahazo tane legne, ao nimaike. 7Ty voa ilae nanjò
tama'ty fatike, le nionatse i fatike'y nitelegn'aze, le tsy eo ty hamoa'e.8Le ty ila'e amizay ro nahazo tane soa, ao le niraorao

namo'e niregorego, ty ila'e niavy telopolo heny, tao ty ny enempolo, tao ka ty ny zato voa." 9Le hoe reke ka te: "ze manan-
tsofigne hoentegne mitsandregne, mitsandregna!"10Naho fa tama'iareo rerike ty Jesosy, le nagnotane Aze mikasiky i
fanohara'ey i marine Aze rey nao i mpiana'e roambifolo'oy. 11Le hoe Reke tama'iareo te: "Nareo ty ampahafantaragne ty
kilekile ty Fanjakan'Agnahare. Fa ama'o ndaty hafa ao atao am-pagnoharagne iaby, 12fa ama'ty fotoagne hagnetea iareo,
hagnete iareo, fe tsy hahatrea, le ama'ty fotoagne hitsanogna'e ka, hitsanogne iareo, fe tsy haharendreke, ndre hitolike
iareo le hiferenaigne aze ty Andrianagnahare."13Le hoe reke ka tama'iareo te: "O tsy azo areo vao ty dika i fagnoharegne
zay io? Vaho hatao'areo manao akore zane ty hahafantara'areo i ila'e rey naho izao reke? 14I mpitonge'y zao
mpisaontsin'Agnahare. 15I nipoke andalagney'y zao, nitaliliegne, le naharey, fe ie ndra niavy ty kokolampogne nagnafake o
saontsy io tama'iareo.16I nanjoe tama'ty tane vatoegne'y zao, naho fa naharey, le nandrambe aze an-kafaleagne. 17Tsy misy
vaha'e ty ama'areo ao, tsy maharetse fa aniany avao. A'o naho fa niavy i fijaleagne'y naho i fanenjehagne'y noho i talili'y,
le avy le nikoretse iaby iareo.18I nanjoe tama'ty tane fatihegne'y zao. Naharey i talili'y, 19fe ie noho'ty tahotse ama'ty tane
toy, niazo ty tevam-panagnagne naho ty hatea mena, a'o le tsy eo ty hamoa'e. 20Fa i nanjoe tane soa'ay areke, ze naharey o
saontsy io le nanao aze am-po vata'e, mimane aze, a'o le tsy mipapoke fa le nahavokatse, telopolo, enimpolo, le namoa
zato voa."21Nisaontsy ty Jesosy nanao ty hoeke: "Ho velomegne ho lombofagne agnate harogne vao ty jiro, o le hamoake
ambane farafara agne? Indeso miditse le antongoao ama'ty toko'e hisy aze. 22A'o tsy misy raha aetake tsy hiboake, a'o tsy
hisy raha ahaja tsy ho foy.23A'o le mitsendregna soa areke nareo ze manan-tsofigne!"24Hoe Reke tama'iareo te: "Mitaoa
ama'ze rehake re areo, fa ty fanohara'areo avao ro hagnoharagne anareo, a'o le mbe hagnampeagne ka zay. 25Satria ndra
ia ndra ia managne, mbe homeagne mihoatse izay reke, le ndra ia ndra ia tsy managne le mbe hafahagne ama'e ka
zay."26Le mbe hoe ka Reke nanao ty hoeke: "Ty doria'ay zao ty fanjakan'Andrianagnahare. 27Miroro reke naho fa halegne le
mifoha naho maraigne, mitiry, fe tsy fantae te manao akore. 28Mamoa ama'ty tegna'e avao o tane'o: i rantsa'ey he ty aloha,
le boakeo i taho'ey, le matoe'y ama'ty taho'ey egne i voa'ey. 29Le naho fa matoe i voa'ey le avy le akaregne, fa avy i fotoam-
pamokaram-bokatse'y."30Le hoe Reke ka te: "Atao'areo inogne o fanjakan'Agnahare zao, o tsokoreo'areo manao akore raha
zao? 31Manahake voandraha minjilite'ey ama'ty tane toy zao. 32Fe ie naho fa nitongisegne ama'ty tonda le nitiry nandrare
hatae bey, nagnatoliza ty vorogne ty taho'e naho ty alo'e."33Le fagnoharagne maro manao izao avao ty nindese'y
nagnambara ty saontse'e tama'o maro rey, le arake ty fahaonigna iareo aze, 34le tsy nisaontsy naho tsy ty fagnoharagne
avao Reke. Fe ie nihazava'e tama'i mpiana'e rey naho fa nitokagne raike Reke ty dika i fagnoharagne rey iaby.35Tama'ze
andro zay,naho fa nitsofotse i andro'y,le nanao ty hoeke Reke tama'iareo: "Andao tika hitsake eroke." 36Le niala tamy maro
rey iareo, ninday i Jesosy niarake tama'iareo, le nindre tama'iareo nijogne tagnate i lakagne'y ka Reke. Le nisy lakagne
hafa ka nindre tama'iareo. 37Ndra nisy talio nampisorotopake i rano'y ndra ho nampilipotse i lakagne'y fa nifeno rano.38Fe
ndra nirotse ai'a ty Jesosy tagnate i lakagne'y ao. Nifohaze iareo ty Jesosy, le hoe iareo te: "Mpaganatse, tsy mampagnahy
Azo vao ndra t'ie ho mate etoa tikagne?" 39Le nifoha Reke, le nasiahae i talio'y naho i riake'y te hoe: "Soa zay, mikepaha!"
Le nikepake nindre tamy zay talio'oy, le hoe tsy teo.40Le hoe Reke tama'iareo te : "Inogne ty atahora areo?" O mbe tsy mino
avao vao nareo'o?" 41Ndra natahotse ai'a iareo le nifampirehake te : "Ia vata'e Reke'eo, fa ndra ty talio naho ty riake
magnome tò aze iaby?"

# 5

1Niavy nitsake ranomasigne iareo nandeha amy faritse Gerasena. 2Naho fa nizotso boake ambone i sambo kele'y ty Jesosy
le nisy lahilahy raike boake ankibory ey voa ty kokolampon-draty nagnantogne aze.3Nitoboke tan-kibory ey avao io
lahilahy io. Tsy nisy raha nahazitse aze, na rojo vigne aza. 4Mateteke ty nandrohizagne aze amy ty vigne naho rojo vigne.
Pinotepote'e abike i vigne naho rojo vigne nandrohizagne aze rey. Le tsy nisy ka ty hery mbe hahazitse aze.5Mily an-
kibory ey naho ambohitse ey avao reke ndra atoandro ndra halegne, le mikorakorake le sady mandratse ty vata'e amy ty
vato masiogne.6 Naho fa nahita i Jesosy boake lavitse reke le nilomay namonje aze, le nihohokee aloha'e eo.
7Nihorentsegne amy ty feo mahery reke le nanao ty tihoeke: "Inogne vao ty ifandraesantikagne Jesosy
anak'Andriagnahare ambone. Misoloho ama'o amy ty agnaran'Andriagnahare raho, kou ampijalegne. 8Namale aze reke
nanao ty tihoeke: "Miala amy ty lahilahy toy rehe kokolampon-draty.9Le mbe nagnontanea'e ka te he: "Ia ty agnara'o?"le
nivalea'e hoe :" i Legiona ty agnarako satria maro zahay te ato". 10 Le tsy nijanogne ty nangatake mafe tama'e reke mba tsy
ho roahegne.11Nisy kosogne maro ty tam-bohitse ey, 12 le nangatake iareo te hoe :"Afindrao amy kosogne toa zahay,apoho
zahay hiditse amy iareo". 13 Le nanga'e iareo,niboake ty kokolampon-draty niditse amy kosogne rey.Nitsombomboke i
kosogne rey, nandeha agnate i ranomasigne ey, an-droarivo'e ty kosogne nimate tamy izay.14Nilay iareo mpiarake
kosogne, le nitalily ty raha niseho amy ty ndaty an-tanagne ey naho ambanevolo agne, maro ty ndaty nivorake hisamba i
raha niseho'y. 15 Naho fa niavy eo iareo nagnantogne i Jesosy, le nitrea iareo i lahilahy nivoa ty kokolampon-draty'y te
mipetrake soa, miakanjo naho vory hihitse, le natahotse amzay iareo.16Iareo ze nahatrea ty raha niseho tam'i lahilahy
niperaha ty kokolampogne'y le nitantara ambangovango'e amy iareo ty momba izay, le nitantara amy iareo ka ty momba
i kosogne'ey . 17Le nanomboke nangatake Aze iareo mba hiala amy faritane iareo'y.18Naho fa nijogne amy sambo kede'y
Reke, le nangatake te hindre ama'e i lahilahy nivoa ty Angadraty'i. 19 Faie tsy nimete ty jesosy ,fa nanao ty tihoeke:
"Mandehana moly anatragno'o agne naho amy ty longo'o,le talilio amy iareo ty natao i Tompo tama'o naho ty famindra'e
fo tama'o." 20 Nandeha noly reke,le nitalilie'e amy ty ndaty a-Dekapolisy ao ty raha bey natao i Jesosy tama'e, le nigaga
abike iareo.21Naho fa nandeha nitsake ndraike ty Jesosy, amy sambo kede'y, le nisy ndaty maro nanao arikobogne aze,
naho fa niavy agnolo i ranomasigne'y reke. 22 Niavy eo ka ty raike amy iareo mpitarike Synagoga, i Jairo ty agnara'e, naho

fa nahita aze le niondreke ta'tombo eo. 23 Nangatake te hoe: "Marare mafe fa ho mate ty anako ampela. Misoloho ama'o
raho,mbetoa apetraho ama'e ty fita'o mba hahajangagne aze naho ka hahavelogne aze." 24 Nandeha nindre ama'e Reke,
ndaty maro ty nagnorike naho nanao arikobogne aze. 25 Le nisy ampela raike voa ty lio lava fa ho roambofolo taogne. 26 Fa
nandany vola naho hareagne namonje mpitsabo faie le mbe tsy jangagne fa vao maike mijale. 27 Naho fa nahare talily
momba i Jesosy reke le niary mbafara vahoake rey ao mba hipaoke ty sarimbo'e. 28 Satria hoareke: "Naho mipaoke ty
sarimbo'e raho le sitragne." 29 Naho fa nikasike Aze reke le nijanogne i lio lava'y,le nirei'e agnate'e ao fa nijangagne i
arete'ey. 30 Arofana i Jesosy fa nisy hery niboake ty ama'e. Nitolike amy ndaty maro agne reke le nanao ty tihoeke:"Ia
nikasike i sarimboko'io? 31 Namale aze iareo mpiana'e hoe: "Tsy oni'o vao ty ndaty maro mifaneseke magnorike azo toa,le
mbe magnontane ka rehe te ia midosy ahikeo." 32 Nivazoho ty magnodidigne aze ty Jesosy mba hahita'e nidosy aze'eo. 33 I
ampela'ay nahafantatse ty raha nahazo aze,le natahotse naho nititititike.Nandeha reke niantoagne aloha i Jesosy
eo,nagnambara tama'e ty raha maregne abike. 34 Le hoe hoe ty Jesosy tama'e: "Anake ty finoa'o ty nahajangagne
azo.Mandehana am-piadanagne sady misitragna amo arete'o." 35 Am'i reke mbe misaontsy,le niavy ty ndaty sasa'e avy amy
mpitarike Synagoga nanao ty hoeke:"I ana'oy fa mate,magnino rehe le mbe manahiragne i mpampianatse avao" 36 Naho fa
naharey ty reha iareo ty Jesosy,le hoe ty natao'e amy mpitarike Synagoga'y hoe: "Ko matahotse. Minoa avao heke." 37 Le tsy
nisy nanga'e hindre ama'e akoatse i Petera, i Jakoba, i Jaona rahalahy i Jakoba. 38 Naho fa niavy tan-tragno i mpitarike
Synagoga iareo le naharey ndaty mitsokorea Reke; nitagny naho nangobabake mafe iareo. 39 Naho fa niditse antragno reke,
le hoe ty natao'e amy iareo: "Magnino nareo mitsokoreao naho mitomagny io?Tsy mate o'ajaja'o fa miroro." 40 Nihehea
iareo reke. Nampiakare'e antane agne abike iareo,nala'e ty baba naho ty rene i ajaja'y, naho iareo nindre tama'e, le
nizilike antragno misy i ajaja'y Reke. 41 Nirambese'e ty tagna i ajaja'y le nisaontsie'e te hoe: "Talita, Komy!" Le hoe ty dika'e
hoe: "O'anakampela, mirehake azo raho, mitsangana" 42 Leave le nitsambikigne i ajaja'y, le avy le nandeha ka(satria reke
fa roambifolo taogne). Gaga abike iareo. 43 Nametse mafe reke mba tsy hisy ndra ia ndra ia hahafantatse ty momba izao.
Avy eo nampagnome'e hanegne i ajaja'y.

# 6

1 Nagnenga i toeragne'y Reke le namonje ty tanen-draza'e, le nagnorik'aze ka i mpiana'e rey. 2 Naho fa avy i andro Sabata'y,
le nampianatse t'agnate sinagoga ao Reke. Maro ty ndaty nahaonign'aze le nilatsa iaby iareo. Le hoe iareo te hoeke:
"Boak'aia ty nahatreava'e o fampianaragne'o?" "Inogne zao fahendreagne nameagne Aze zao?" Inogne fahagagagne
natao'e tama'o tanagne'o ?" 3 "Tsy mpandrafitse vao io, i ana i Maria le i rahalahe'i Jakoba naho i Josesy naho i Jodasy
naho i Simona'y vao? Tsy nindre amantikagne vao anabave'e rey'? 4 Tohigne tama'i Jesosy iarey. Le hoe ty Jesosy tam'iareo
ty hoeke: "Tsy misy mpitoky tsy homean-kaja,naho tsy ty amy ty tanendraza'e naho amy ty longo'e naho ty marine aze
manokagne avao." 5 Tsy afake nanao sahàtse Reke, naho tsy ty fametrahan-tagnagne amy ty ambiamby ze marare naho
nagnasitragne iareo. 6 Latsa ami'ty tsy finoa'iareo Reke. Avy eo nagnodidigne i tanàgne'y Reke hampianatse. 7 Ie naho fa avy
eo le namory iarey roa ambinifolo lahy Reke fa hanomboke hagnavake iareo kiroeroe, le nameagne fahefagne tamy ty
kokolampogne iarey, 8 le nandrara iareo ka tsy handay ninoninogne amy ty lia'iareo, ndre mofo, ndre vola ami'ty fidiagne
iareo_naho-tsy fitognogne_ 9 Fe ie manao hana, naho tsy hisikigne akanjo roe. 10 Le hoe Reke tamy iareo te hoeke: "Ndre
mbia ndre mbia nareo militse amy ty tragno raike, le mitoboha ao mandram-piongaha'areo ty agne. 11 Le naho misy
tanagne tsy mandrae anareo na tsy mitsendregn'anareo, naho miala am'i toeragne'y nareo, le ahitsagno ty deboke amy ty
tombo'areo mba ho fijoroagne vavolombelogne am'iareo." 12 Le nandeha iaraeo nitalily fa ty ndaty le toko'e hibebake amy
ty fahota'e. 13 Nandroake kokolampogne tsiefa iareo, naho nagnosotse didilo tami'ty ndaty siloke tsiefa naho
nagnajangagne iareo. 14 Rey'i Heroda mpanjaka amizao ty raha atao'iareo, satria nanjare rey'laza ty tahina'i Jesosy. Ty ila'e
mirehake te hoeke: "Nivagnom-belo ty Jaona mpanao batisa, le miasa agnate'ao amizay ty hery mahalatsa." 15 Fa ty ila'e ka
nirehake te hoeke: "Elia Reke". Ao ka ty nanao ty hoeke: "Mpitoky Reke, manahake ty raike ami'ty mpitoky tamy ty andro
taloha. 16 Naho naharey izay ty Heroda le hoe reke: "Jaona, iraike fa tinampako ty lohae'y, ro nivagnom-belogne." 17 Fa i
Heroda ty nampisambotse i Jaona naho nandefa aze am-pigadragne ami'ty raharaha i Herodiasy(valy'i Filipo rahalahe'e),
satria vinali'e o ampela'o. 18 Le i Jaona nagnombara am'i Heroda te: "Tsy mete ty hanambalia'o ty valy ty rahalahe'o." 19 Vaho
niboseke tama'e ty Herodiasy naho nipay ty hamonoagn'aze, fe ie tsy niafa'e, 20 noho ty fatahora'i Heroda i Jaona; fanta'e fa
ndaty maregne sady feno fahamasinagne reke, sady niaro azy reke. Nanahiragne ty say'e ty fijajigna'e aze, nefa le mbe
nijanjign'aze t'am-pifaliagne reke. 21 Avy eo amizao, ndra nisy ty fankalazagne ty andro nahateraha i Heroda naho
nagnombara ty ndaty bey'e, naho ty mpifehee, le ty mpitarike i Galilia reke. 22 Le nilitse t'agnefetragno fanaovagne
fagnombaragne ty anak'ampela i Herodiasy naho nitsinjake hoaze iareo, le nitea i Heroda naho ty ambahine
nagnombarae tamy fikamagney' reke. Le hoe ty mpanjaka tam'i anak'ampelay': "Angataho amako ze raha teao fa
hameako azo." 23 Le nifagnambe tamae reke te hoeke: "Na inogne na inogne ty raha angataheo amako, le hameako azo,
ndra ty ami'ty ila'ty fanjakako." 24 Le niakatse reke naho nitalily aman-drenee te hoeke: "inogne ty tokoe hangataheko
amae?" Le hoe ty renee te: "Ty loha i Jaona mpanao batisa." 25 Teo naho eo reke le niheregne am'i mpajaka agne amizao, le
nangatake, nanao ty hoeke: "Teako naho ameao ahy, hananekeo, atao ambone finga ty loha i Jaona mpanao batisa." 26 Ndra
te ie nahaferenaigne mafe i mpanjaka zay raha zay, le tsy afake mandietse ty fangatahae reke tami'ty fagnambe nataoe
miarak'ami'ze ambahiny nagnombarae nagnatreke fikamagne. 27 vaho nagnirake miaramila mpiambegene raike amizao
ty mpanjaka naho nagnafats'aze handay ty loha'i Jaona amae eo. Le nandeha i mpiambegney, nanampake ty lohae t'am-
pigadragne ao. 28 Nandesegne t'ambone ty finga i lohay' ,vaho natolotse i anak'ampelay, le natolo'i ampelay' an-drenee.

[29]Naho fa naharey izay i mpianae rey, le niavy iareo hangalake ty vatae naho nagnatets'aze andonak'agne.[30]Niheregne
tama'i Jesosy i apostoly rey vaho nitalily tamae ty raha nivita'iareo miarak'ami'ty raha nampianare'iareo.[31] Le hoe Reke
tamy iareo: '' Andao tikagne ho'agnolots'agne mba hitofatofa.'' Fa maro ty ndaty niriorio, le tsy mba nanam-potoagne
ndra ty hihinan-kanegne. [32]Le nijogne tagnate anaka'lakagne iareo handeha agn'olots'agne.[33]Vaho aheo iareo amizao te
maro ty ndaty maha'onegne iareo, le niarake milay an-tomboke ty boak'ami'ty tanagne iabike ,le niavy taloha'iareo ao.
[34]Naho fa niavy amoron-drano ey iareo, le nahatalake ndaty maro Reke le niferenaigne iareo Reke satria manahake o
agnondry tsy managne mpiarakeo iarey. Le nanomboke nampianatse iareo Reke.[35]Ie naho fa halegne i androy, le
nagnantogn'Aze i mpianae rey nanao ty hoeke: ''Tane liolio anio toy, i androy fa ho tsofotse.[36] Abaratseaho iareo mba
handeha ami'ty vohitse naho tanàgne magnodidigne agne mba hivily hanegne hohanegne iareo.''[37]Le namaly Reke nanao
tama'iareo te hoeke: ''Afake mandeha naho mivily mofo hoazo ty denaria roanjato vao zahay le hagnomey zay iareo
hohanegne?'' [38]Le hoe Reke tam'iareo: ''Fire ty mofo anagna'areo? Mandehana le henteo.'' Naho fa nahatrea iareo le
nirehake ty hoeke: ''Mofo dime naho fiagne roe.''[39]Le nandily i ndaty'iaby' hizarazara mitoborogne amy ty ahitse maintso
Reke.[40] Le niambesatse nitoborogne iareo, an-tokoe zato dimam-polo ambe. [41]Nangalake i mofo dime naho i fiagne roe'y
amizao Reke, niandrandra i lagnetsey nisaotse naho nizarazara i mofoy, le nanolotse aze tami'ty mpianae hagnomey aze
am'i ndaty maroy'. Zinarae amizay ka i fiagne roa'y le naheneke i ndaty maro'y.[42]Le nihinagne iaby i ndaty para ty
nivontsigna'iareo.[43] Nalae'iareo ty ambe'i mofo'y, ty nameno harogne folo roe ambe milipolipo, naho ty sisa i fiagney.
[44]Dime arivo iareo te nihinagne i mofo'y.[45]Teo naho eo avao le nirahee hijogne agnate anaka lakagn'ao i mpianae rey
hiarak'Amae,an-dafe'ey ho a Betsadia, naho fa namototse i vahoakey Reke.[46] Naho fa nandeha iareo, le niakatse
ambohitse'ey Reke hivavake. [47]Halegne i andro'y, naho fa t'agnivonpdrano ey i lakagney, le Reke raike avao ty t'agn'olon-
drano ey.[48]Vazohoe te sahiragne mafe iareo namey i lakagne'y, aviovio i tioke'y. Teo ami'ty lera fiambenagne
fahefats'alegne vaho nagnantogne iareo Reke, nagnavelo t'ambone ranomasegne'ey, le handalo marine iareo eo. [49] Ie naho
fa naheo'iareo Reke te mandeha ambone ranomasegne'ey, le natao'iareo ho ni lolo, vaho nihorentségne iareo,[50] natahotse
iareo te nahatrea Aze. Teo avao le nisaontsy am'iareo Reke te hoeke: ''Matokisa! Raho avao toy! Ko matahotse!''[51]Le
nijogne an-dakagn'ao Reke miarak'am'iareo,le nijanogne i tiokey. Vaho latsa am'izao iareo.[52] Le tsy mba taka ty say'iareo ty
dika'i mofoy'. Fe ie, ndra nihamafe ty fo'iareo.[53]Naho fa toly iareo, le niavy t'a Genesareta naho nijanogne tao. [54]Le naho fa
niakatse i lakagney' iareo, le avy le fànta ty ndaty tao Reke, [55]le nilay era'i tanàgney iareo naho ninday ty marary ami'ty
fandriae amy ze tane misy Aze.[56]Ndra taia ndra taia ty nombae, ndra an-tanambe'y, ndra ambohitse'ey, le natere'iareo an-
tane malalak'eo ze ndaty marare. Nitsoloke Amae iareo mba hagnaengae hitsapagne i rambon'ankanjoey, le tsiefa ty
nitsapa Aze te sitragne.

# 7

[1]Iareo fariseo naho ty mpahay lalagne boake Jerosalema niavy niangogne nagnodidigne Aze.[2]Le nahafohigne mpianatsey
te nihinagne mofo tamy tagnagne maloto, mbe tsy nisasa. [3](Fa iareo Fariseo naho Jiosy tsy nihinagne naho tsy boake
nisasa tagnagne, noho iareo magnorike ty fombafomba o zokeo ndaty.) [4]Naho fa boak'antsena iareo Fariseo, le tsy
mihinagne naho tsy boake niandro, ro mbe miambegne soa ty fomba maro hafa ka, manahake ty fanasagne kapoakeo,
naho ty famaragnem ty fagnake varahigne naho ty fandriagne hihinana iareo.)[5]Nagnontane ty Jesosy iareo Fariseo naho
mpahay lalàgne te: ''(Nanao akore mpianao rey tsy magnorike ty fombafomba o lognakeo, fa ndra mihinagne ty mofo'e
avao ami ty tagnae mbe tsy nisasa ao?''[6]Fa ie hoe Reke te: ''Isaia nitoky soa hoe iareo piso magnaja hoho. Nanoratse te hoe:
'Ty ndaty retoa mihasy Ahy ami ty sognie, fa ie ty arofoe lavitse Ahy. [7]Foagne ty fivavahagne atolo iareo Ahy, naho
mampianatse ty lilin-kavelogne ho fampianaragne iareo.'[8]Afoezo areo ty lilinagnahare fa hotana areo mafe ze fomba ty
ndaty. [9]Le hoe Reke ka tamiareo te: ''Manao akore ty fagnoriha-areo ty lilinagnahare mba hitahoa'areo ty fomban-draza
areo![10] Mosesy ka nanao izao te hoe: 'Mihasia rae, mihasia rene', 'le ze manao rehake raty amy ty rae naho ty rene'e nio ho
mate'.[11]Fie iareo nirehake te hoe: 'Naho misy lahilahy raike magnombara ami ty rae naho ty rene'e te: '' Ndra inogne ndre
inogne tea areo ho azo amako le fa Korbana,'' (zane hoe fa laha-Nagnahare zane)--[12] le fa enga' areo tsy hanao raha amy ty
rae naho ty rene'e sasa reke. [13]Magnafake ty saontsinagnahare nareo noho ty fomban-draza areo. Naho ty raha maro hafa
ata'areo.''[14]Le nikoike ndaty maro Reke nanao ty hoe: ''Mijanjigne Ahy nareo, le maharofàna. [15]Fa tsy misy raha boake
ivelae ka hilitse handoto ty agnate'o ndaty. Fa ty miakatse boake agnate'ao ro mahaveta aze.'' [16][ Fanamarinagne ty
fandikagne rehake soa le tsy manao ty andinie 16: ze managne sofegne hoente-mitsandregne, le mitsanogna.][17]Naho fa
niala i maro'y ty Jesosy le nilitse anjomba ao, le nagnontane i mpianae rey mahakaseke fagnoharagney. [18]Le zao ty navalie
Jesosy: '' Nareo o vao mbe tsy mahilala? Tsy haiareo vao te ze raha militse ama'o ndaty boake ivelae le tsy mahaveta aze,
[19]satria tsy militse agnarofoe, fa an-troe ao avao le miakatse ami fiakaragney?'' Tami fagnombarae zay ty nagnova'i Jesosy
malio o hanegneo.[20]Nanao zao Reke: ''Ze miakatse ama'o ndaty ro mahaveta aze.[21] Fa ty boake agnate, agnarofoe ro iboaha
ty saigne raty, ty fahavetagne, ty halatse, ty famonoagne ndaty, tsy miriragne, [22]fitsiriritagne, hatserehegne, ty fanoagne
dramotse, ty fitsetotsetoke, ty fialognagne, ty vande, ty fiavogne naho ty negne. [23]'Zay ty raha raty aby miakatse amy ty
ndaty, zao ro mahaveta iareo.''[24]Nisintake Reke le nagnavelo ami ty fari'e Tyro naho Sydona agne. Nilitse tami ty anjomba
raike Reke tsy tea'e ho fanta ty ndaty ndre ia ndre ia Reke te nizilike ao, fie mbe nifantatse avao. [25]fie mbe nisy rakemba
raike nidira ty anga-draty ty anak'ampelae, naofa nahaonigne Aze, le niavy, nihohoke ami fandia'e eo. [26]O rakemba'o
Grika, Syro-foinika ty nihirifae. Nitsoloke tamae reke mba hagnafake an-drekokolampogne hiala ami i anak'ampelaey.[27]le
hoe ty natoi'e amae te: ''Omeo hanegne hey o'ajajao. Fa tsy mete nio ty mangalake ty mofo ty ajaja naho hatorake

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

homeagne ty amboa." 28Fie namaly rakembay ty hoe: "Eka anio Andriantompo, fa ndra ty amboa ambane latabatse ao le
mbe mitsimoke amy ty mofon'ajaja ao."29Le hoe ty tsara'e amae te: "ami rehao zay, le afake mandeha rehe. Fa niakatse
tami i anak'ampelaoy i angatse raty". 30Naofa niheregne an-tragnoe agne reke le nahatrea i ana'ey mandre ambone
fandreagney, le fa tsy ama'e i anga-draty.31Le i Jesosy nienga ty faritse Tyro, le nionjogne ta Sidona sikala ami ty ranomasie
Galilia le nanganike ka ty fari i Dekapolisy. 32Le nindese iareo amae eo ty ndaty raike karegnegne ro bobo le nangatake
tamae mba hametrahae ty fitae amae.33Nandese'e nitolake ami o ndaty maro'o i lahie, le nametrake ty rambon-tagnae tan-
tsofie teo Reke, naho fa boake nandrora, le nikasike ty lela'e. 34Niandrandra i lagnitse'y Reke, le niselek'aigne nanao ty hoe
te: "Efata" manao te: "Mahareiza." 35Le ny tsy ela teo avao le naharey ty sofi'e, ze raha namehefehe ty lelae niafake, le
nanjare nirehake mazava soa reke.36Rinara i Jesosy iareo tsy hagnombara na ami ia na ami ia, fa ie ndre ty norinara iareo
le ndra vao maike nitalily mbao mbao. 37Varinehake ty ndaty ka le nirehake te hoe: "Atae soa abike ze raha.Ty
karegnengne nata'e naharey, ty bobo nahay nirehake."

# 8

1Haehae faharazagne elabey ntaolo agne, nisy ndaty maro tsy nanan-kohanegne. Naho le kinanjy mpiana'e rey ty Jesosy
tam'izay nisaontsia'e teie: 2Mahaferenaigne ahike ty ndaty retoa satria fa telo andro zay iareo te nagnorike Ahy fe mbe
lia'e honijognan-kanegne.3 Naho ampolieko zao iareo hihinagne antragno'e agne, le mbe andalagne avao tila'e fa ho
toragne, t'ila'e am'iareo boake lavitse. 4Le nanoigne Aze mpiana'e rey nanao izao te: "Aia ty hahatreavagne mofo
hahavontsigne ty ndaty lako toa?5Le nagnontane iareo Reke: "Mofo fire ty ama'areo? Le namale iareo te ie: "Fito."
6Ampitoboho ambane areke iareo. Rinae'e mofo'y, le nisaotse Re naho le tinampatapa'e. Izay vaho natolo'e mpiana'e rey, le
zinara ama ze kila ndaty teo, naho le nametra iareo aloha ao.7Ie avy eo mbe nanam-piagne tsy ampe ampe ka iareo, naho
fa avy nisaotse reke, naho le nandily i mpiana'e rey hizara aze. 8Nihinagne iareo sady vontsigne, naho le mbe nahafeno
harombey fito ty sisa tsy nilany. 9Tam'izay ndaty tro am'ty efatse arivo ty niavy. Avy eo le nampoli'e. 10Ie niavy nijon-
dakagne Reke nindre amy mpiana'ey, naho le nandeha amo ze tane atao Dalmanota zao.11A le niakatse ka areo Fariseo
naho le nifandietse Ama'e. Nitsohe'e hevetse Reke, hila'e fototse soa ty nihirifa'e boake andagnitse agne. 12Selekaigne Reke
nametsevetse ampiai'e ao naho nisaontsy te : "Inogneo ty ipaia'areo vilogne am'ty tarira'e? Ambarako ama'areo fa tsy
manam-bilogne ty foko'e hamantaragne aze.13 A ie niavy eo ama, nienga'e iareo, naho le nijon-dakagne ndraike Reke sady
nitsake nihalavitse alafey.14Naho le nihaligno mpiana'e rey anio ty ninday i mofoy tam'izay. Henka ty nanagna'e ty bogady
raike tan-dakagne ao. 15Le zao ty saontsy nafe'e ama iareo: "Miambena le mitahoa amy ty mofo masira iareo Fariseo na
Heroda.16Le nifagnontane tegna iareo nanao te tihoeke: "Le itikagne tsy managne mofo zao vao?" 17Naho nahonigne hoe
izao'y ty jesosy le zao ty ontane'e: "Nagnino ty say areo ndra tondregne ama ty tsy fanagnagne mofo? Mbe tsy hai'areo
avao vao? Sa le tsy taka areo? Nanjare naieke ty ampiai'areo ao? "18Mana-maso nareo fa tsy mahatrea? Sa manan-tsofy tsy
maharey? Sa tsy tiaro areo? 19Tamy raho nanampake i mofo dime ey ho anondaty dime arivo, le fire ty potepote'e tsy lany
navory areo? Le izao ty natoy iareo aze: "Folo roe amby."20A tamy Izaho nanampake mofo fito ho anondaty fito, fire ka ty
potepot'e tsy lany navory areo? Le namale iareo teie "Fito." 21Le mbe nagnontane iareo ndraike nanao tihoeke: "O vao mbe
tsy hay areo avao?"22A ie iareo lehe niavy à Betsida agne, nisy ndaty raike goa tsy mahatrea, nangatake tam'i Jesosy
hotaha'e. 23Naho le nandese i Jesosy i tagna i ajaja goay hiboake tanagney. Le nisia'e Ive,tsinapa'e maso'ey, nagnontanea'e
reke te ie: "Ino ty trea'o?"24Natroa'e ambane i loha'ey, le zao ty natoy'e Aze: "Mahatrea raho, mahatrea ndaty."25 Napetra i
Jesosy ndraike a maso'eo i fita'ey, naho le nibarabeake nanahake ty taloha,niheregne soa ty fagnente'e, nahatrea ze kila
raha iaby. 26Ie nivita zay nampolie i Jesosy reke, naho le nafepepe'e te ie: "Ao tsy hiditse antragno ao."27Le niavotse ty
Jesosy naho mpiana'ey ho amo ze tanagne atao hoe Kaisaria Filipo zao. Mbe andalagne ey avao iareo, nagnontanea'e
mpiana'e rey te ie: "Ia o aho hoe ndaty io?"28 Le izao ty natoy'e Aze: nao zao Rehe hoe ty ila'e i Joany mpanao Batisa."
Mivolagne tila'e te:" Elia," inao zao ka rehe hoe tila'e:" Mpitoky."29Le nagnontane iareo ka Reke nanao tehoeke: "A nareo
areke,ia raho hoe nareo?" Le namale t'i Petera te: "I Kristy ana'Andriagnajhare." 30Le izao ty natao i Jesosy te, ko
abeobeoke areke.31Le nanoro mpiana'e reo reke teie hijale mafe tiria'Olombelogne, le ho sasagne, le vonoegne, fe ie ama
ty fahatelo andro'e re le hivagnom-belogne. 32Ie re niavy eo ama nitsikoa i Petera ankaloke ty Jesosy naho le natao'e Mafe.
33Nitolike ty Jesosy nivazoho mpiana'e rey, naho le nisaontsy mafe am'i Petera te ie: "Soike agne, mihalavira ahy ty raty!"
Tsy mba mivetsevetse an'Andriagnanahare, fa le reha ondaty. 34Aie niavy eo ama nikoke ondaty Reke naho le namory o
mpiana'eo nanao izao: "Naho misy te hagnorike ahike, ao soa tsy hitare fiaigne, fa mindesa ty hazon-jale lomogn'andro le
magnoriha ahike.35Ze midiby ty fiai'e ho rerake, fa ze tsy hitare fiaigne naho ty Amako le ho soa havelo. 36Inogne ty mbe
hosoa ho azo ty raike managne ze kila raha iaby, kanefa ho motso aigne?37 Ino ty mey'e azo ho takalo'e?38Ze manao jebe
ahy naho ty tsara ataliliko, le hatao ty tirin'olombelogne jebe ka naho fa avy am'ty volonahe'e ka reke, naho ty volonahen-
dRae vaho ty Anjeli'e.

# 9

1Hoareke tamy iareo: "Talilieko ama'areo soa, fa misy ama'areo mitsangagne etoagne ty tsy hahafantatse havilasy izao
aloha ty hivazohoa'iareo ty fanjakan'Andrianagnahare le ho avy amy ty hery jabajaba. 2Enegnadro tafara tataoy le
nindesi'i Jesosy niarake tama'e ty Petera naho i Jakoba naho i Jaona t'am-bohits'abo egne, le iareo avao ty t'egne. Boakeo
niova tarehy t'agnatreha'iareo Reke. Ie naho boakeo nanjary niova fagnova Reke agnatreha'iareo eo. 3Ty sarimbo'e niova
nanjelanjelatse naho mazava, naho foty bey, foty mihoatse ty nifotsiagne t'ambony tane eto.4Niavy teo ty Elia naho i

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

Mosesy niseho tam'iareo, le nirehake tam'i Jesosy iareo. [5]Petera namale nirehake tam'i Jesosy nanao ty heoke: "O Raby, soa
naho mipetrake eto heke tikagne, le handeha hanao lay telo, ty raike ho Azo, le ty raike hoe i Mosesy, le ty raike ka hoe i
Elia." [6](Avy le tsy fanta'e ty raha ho rehafi'e, satria le natahotse mafe iareo.)[7]Nisy rahogne avy le nanarogne iareo. Le nisy
feo niboake boak'agnate'i rahogne'y ao nanao ty hoeke: "Intoy misy anako teako. Mijanjigna Aze." [8]Tampoke teo, naho
nagnente ty magnodidigne aze iareo, le tsy nahatrea ndra ia ndra ia teoa sasa, naho tsy i Jesosy raiky avao.[9]Naho fa
nizotso boak'am-bohetse'ey iareo, le nirara'e mafy tsy hitalily ndra am'ia ndra am'ia ty raha nitrea'iareo, naho tsy le fa
nivagnom-belogne ty Ana'O ndaty. [10]Le nitàna'iareo hoe iareo avao ze saontsy zay, nefa le nifagnotane iareo ty toko'e ho
dika ze " nivagnom-belogne" zay.[11]Nagnontane Azy iareo ty hoeke: "Ngnino iareo mpahay lalàgne'eo nirehake te tsy
maitsy ho avy mialoha ty Elia?" [12]Le hoe Reke tamy iareo: "Fa niavy voaloha'e ty Elia hagnaregne ze raha iaby. Le nagnino
ro voasoratse te ty Ana'O ndaty le hijale mafe amy ze raha maro le tsy hasiagne dika'e? [13]Nefa le izao ty ambarako
ama'areo fa niavy ty ty Elia, nata'o ndaty ze sitrake ty arofo'e, arake ty fa nambara'i soratse masigne mahakasike
aze'ey."[14]Naho fa niheregne tamy mpianatse rey teo iareo, le nahatrea ndaty maro nagnodidigne iareo le i mpahay lalàgne
rey nilahatse t'Ama'e. [15]Naho vao nahatrea i Jesosy iareo, le latsa iaby i ndaty lahialegne'y le naho le ie iareo nagnantogne
Aze le avy le nanalama Aze ka. [16]Nagnontane o mpiana'eo Reke nanao ty hoeke: "Ino ty mapifandietse anareo?"[17]Le nisy
ndaty raike tamy vahoake'y namale Aze nanao ty hoeke: "O Mpagnanatse, nindeseko ho ama'o eto anako lahilahy tia.
Misy kokolampogne tsy mampirehake aze. [18]Miambotrake aze o raha'o le mampiravodravoke aze le mapandoa vore aze,
mangorintagne, naho le mijirigagne reke. Nangatake tamy'o mpiana'o reo raho ty mba hagnafake aze, nefatsy nahitam-
boka'e." [19]Le namale iareo Reke nanao ty hoeke: "Nareo taranake tsy mino, manomboke mbia'ao ty hitobohako ama'areo
eto? Le mbia ava'o ty handeferako ama'areo? Indso mbetoagne reke."[20]Le nandesegne tama'e eo i lahilahe'y, le naho fa
nitrea'i kokolampogne'y ty Jesosy, avy le nifanintosinto reke. Nitonta tamy tane'y eo i ajajalahÿ le nivorem-bava. [21]Nanao
ty hoeke ty Jesosy naho nagnontane i rae'ey: "Tamy mbia ty nanoa'e hoe io? Le hoe i rae'ey: "Liae'e ty naha ajaja aze." [22]Le
k'indraike reke ajera'o kokolampogne'eo agnate afo agne naho tagante rano naho le fa tea'e ho potehegne aza reke. Naho
mahay ty kila raha iabe Rehe, le iferenaigno zahay, vonjeo zahay."[23]Nisaontse tama'e ty Jesosy nanao ty hoeke: "'Naho
mahay rehe'? [24]Ty kila raha iaby le fanta'ze mino." Boakeo igne avy le nihorentsegne i raÿ ajajalahe'y nanao ty hoeke:
"Mino raho! Ampeo raho amy ty tsy finoako!" [25]Naho fa nivazoho'i Jesosy i vahoake rey nilay nagnantogne Azy, le
nisaontsie'e mafy i kokolampo'oy ty hoeke: "Ihe fagnahy bobo naho karegnegne, mandily azo raho, isintaho reke, le ko
tsobore'o sasa reke."[26]Avy le nignorentsegne mafe reke le nampifanintotsintogne'e mafe le nikatse naho niavy eo. Le ty
ata'e o ndaty mate'eo i ajajalahÿ, le nimaro ty rehake ty hoe: "Mate reke." [27]Niraise'i Jesosy tamy ty tagna'e reke naho
narene'e, le avy le nitsangagne i ajajalahÿ.[28]Naho fa nilitse agnanjomba ao ty Jesosy, le nagnontanea'o mpianae'eo
manokagne Reke ty hoe: "Nagnino zane zahay ro tsy naharoake i fagnahy rate'y?" [29]Le hoe Reke ty namale iareo: "Ty
manahake rey zao tsy hay rohegne naho tsy amy ty lala'ty vavake."[30]Nisintake teo iareo le nandriogne t'a Galilia t'agne.
Tsy tea'e ho fanta ty ndra ia ndra ia te ie boak'aia iareo, [31]fa nampianatse o mpianae'eo Reke. Nanao ty heoke Reke tamy
iareo: "Le hatolotse am-pelatagna ty ologne ty ana'O ndaty, le ho vonoi'iareo Reke. Naho fa vilase Reke, le hivagnom-
belogne ndraike Reke naho afake telo andro." [32]Fa le tsy rendre'iareo ndra raike o fagnambaragne'eo, le matahotse iareo
ty hagnontane Aze.[33]Niavy t'a Kaperinoamy iareo naho boakeo. Naho fa niavy nizilike agnanjomba ao Reke le nagnontane
iareo te hoe: "Ino raha nifandiera'areo t'an-dalagneÿ?" [34]Nitsigne iaby avao iareo. Satria fa nilahatse t'an-dalagne'y iereo
amy ty ze bey vata'e. [35]Niambesatse, le nitokave'e iareo roam-binifolo lahy le nanao ty hoeke Reke: "Naho misy ty te ho
lohae, le tsimaitsy ho fara'e amy ty ie iaby reke le ho ondevo'o ndaty iaby."[36]Nangalake ajaja raike Reke naho le nata'e
ampovoa'iareo eo. Niontrogne'e agnan-tsandre'e egne reke le nanoa'e ty hoeke te: [37]"Ndra ia ndra ia mandrambe ajaja
manahake zao amy ty agnarako, le mandray Ahy ka, le naho misy ka ty mandray Ahy, le ts Iraho raike avw ty raisi'e, fa I
nagnirak'Ahe'y ka."[38]Le hoe ty Jaona t'Ama'e: "O Mpagnanatse, nahatrea ndaty nandroake devoly amy ty tahina'o zahay le
nirarà'ay reke, satria tsy magnarake antika." [39]Le hoe ty Jesosy nanao ty hoeke: "Ko raràgne reke,fa tsy misy ndaty hanao
ty asa jabajaba amy ty agnarako nefa tsy ela avao le hagnaraty ty momba Ahy."[40]Ndra ia ndra ia ty tsy manohetse antika le
mpagnarake antika. [41]Ndra ia ndra ia magnome rano azo feno ty fitove hinomegne satria ai'i Kristy rehe, le ambarako azo
ty tena marigne, fa tsy ho montso ty valen-katea'e."[42]Fa ndra ia ndra ia manikambatse ty raike ama'ty ze kele koko Ahy, le
ho soa ama'e ty agnantognagne vato jabajaba famofoham-bare mirohe amy ty vozo'e le hatonta an-dranomasign'agne.
[43]Naho manikambatse azo ty tagna'o, le tapaho. Fa le soa ama'o ty militse kepeke amy fiaignagne'y agne te ie ty manan-
tagnagne roe le handeha agn'afobey agne, amy ty afo tsy mete vonoegne. [44][Fagnamarihagne: Ty fandikagne tena soa le ty
tsy magnisy "fihezanteny" amy ty andini'e faha44 naho ty 46 manao ty hoeke: "' Le tsy ho mate ty soko iareo naho tsy ho
mate hatram-para'e ka i afo'oy.'"][45]Naho manikambats'azo i tombo'oy, le tapaho. Tena mete ama'o ty militse amy
fiaignane'y agne mbiko naho ty mana tomboke roe le hariagne agn'afobey. [46][Henteo i fagnamarihagne amy ty andini'e
faha 44][47]Naho manikambats'azo i maso'oy, le afaho agne. Mete ama'o ty militse goa amy ty fanjakan'Anagnahare naho
izay maso roe le hariagne agn'afobey, [48]agne amy ty toeregne tsy mahafate ty sosko iareo, naho afo tsy mete vonoegne.
[49]Naho fa kila ndate le sambe ho siragne amy ty afo. [50]Le soa ty sira, fa naho botsake, le ino ty fomba hatao'o mba
hampasira aze ndraike? Le raraho sira ty ama'areo ao, le milongoa amy ze kila'o ndaty."

# 10

[1]Niala amy toeragne reo eo t'i Jeasosy le nandeha amy ty faritse Jodea 'i le amy faritse ambone i renirano Jordan'i,[2] le
nagnantogne Aze ndraike vahoakey. Arake ty fatao'e, nampiatse iareo nadraike reke. Le nagnantogne Aze Farisio reo mba

hitsapa Aze ,nagnontane te tihoeke: "Mpanao lalagne amy ty lahilahy vao ty magnorike ty amy fanambalia'e." [3]Le namale
reke te tihoeke; "Inogne ty nilily i Mosesy ama'areo?"[4] Le hoe iareo te tihoeke: " Mosesy nagnomey alalagne ty ndaty raike
hanoratse taratasy magnamaregne ty fisaraham-panambaliagne le nandefa aze naho fa niavy eo."[5]Le hoe ty Jesosy amy
iareo :"Naho ty hamafe ty arofo areo ty nanorata'e ho anareo ze lalagne zay."[6] Fa tamy ty nanomboha ty
famorognan'Andriagnanahare namboatse iareo ho lahilahy naho ampela.[7]Noho ze anto'e zay le hagnenga ty Ra'e naho ty
Rene'e ty lahilahy le hiroro amy ty vali'e, [8]le hanjare nofotse raike iareo roe. Le tsy ho roe.Tsy ho roe sasa iareo fa ho
nofotse raike avao. [9]Ze naharon'Andriagnahare hoare,le tsy hosarahen'Olombelogne.[10]Le naho fa niavy antragno iareo,
nagneregne nagnontane mahakasike zay mpianatse rey. [11]Le hoe Reke amy iareo: "Na ia na ia lahilahy misarake amy ty
vali'e le mangalake ampela hafa ka,fa mijangajanga.[12] Naho fa misarake i ampela 'y le manambaly lahilahy hafa ,fa
mijangajanga ka reke.[13]Avy eo iareo ninday ty ana'e tama'e mba hametraha'e tagnagne, fa niboseha i mpianatse rey iareo.
[14]Fa naho fa nahafantatse zay ty i Jesosy, le nivignitse vata'e, nisaontsy amy iareo te tihoeke: "Engao o'ajajao hombamako
mbetoa ko rara'areo iareo.[15]saontsieko ama'areo ty maregne , na ia na ia tsy mandrae ty fanjakan'Andriagnanahare
manahake o'ajajao le tsy hiditse am'izay vata'e. [16]Leavy le nitrotroe'e i ajajay rey, namea'e tsiperano, nametraha'e
tagnagne.[17]Le naho fa nanomboke ty fagnavelo'e reke, nisy lahilahy raike nandohaleke taloha'e eo , nagnontane te hoe:
"O'pampianatse fanjaka, inogne ty raha tsy maintsy ataoko mba handovako ty fiaignagne mandrakizay?"[18] Jesosy nanao te
tihoeke: "Inogne itokava'o ahike fanjakao? Tsy misy fanjaka, naho tsy Andriagnanahare raike avao.[19] Haio'o lily manao
tihoeke; "Ko mamono ndaty, ko mijangajanga, ko mangalatse, ko mijoro vavolombelo ty tsy maregne, tsy mifotetse, hajao
ty Ra'o naho ty Rene'o."[20]Le hoe lahilahy: "O'pampianatse fa nataoko abike anio zao tamy ty hajajakoo.[21] Nivazoho aze ty
Jesosy le nikokoa'e reke. le hoareke tama'e: "Misy raha tsy ampe raike ty ama'o ao. Tsy maintsy avili'o aby ze raha
anagna'o le omegne ze misotry , le hanagne hareagne an-dagnitse agne rehe. Le avy eo, magnoriha ahy. [22]Naho zay
saontsy zay le niboake reke nandeha anka-sosoragne, satria reke mpagnarivo bey.[23]Nivazoho ty tagnila'e teo t'i jesosy, le
nisaontsy amy mpiana'e reo nanao te tihoeke; "Vata'e, sarotse ty hidira o'mpagnarivo bey reo amy ty
fanjakan'Andriagnanahare!"[24] Latsa amy ty saontsi'e mpiana'e rey. Le hoe ndraike ti'i Jesosy tam'iareo: "Anake, sarotse ty
fidiragne amy ty fanjakan'Andriagnanahare!"[25] Maromaro hoe ty rameva ty miditse amy ty volim-panjaitse, ty amy ty
hidira ty mpagnarivo amy ty fanjakan'Andriagnanahare."[26]Nilatsa ndraike i mpiana'e rey, le nagnontane ndraike iareo
hoe :" Ia zane ty mete hovonjegne?" [27]Nivazoho iareo ty Jesosy le nanao te tihoeke: "Tsy vita o'ndaty zao, fa vitan'
Andriagnahare. Satria ze raha iabike hain'Andriagnahare atao. [28]Nanomboke nirehake tama'e t'i Petera nanao tihoe:
"Vazoho, izahay abike toagne nagnenga ze raha iabike fa hagnorike azo."[29]Le hoe t'i Jesosy: "Rehafeko ty to ama'areo, tsy
misy ndaty nagnenga ty tragno'e, na ty rahalahi'e, na ty rahavave'e, na ty rene'e, na ty ra'e, na ty ana'e, na ty tana'e naho
ty amako, naho i talily soa'y. [30]Fa teie tsy nahazo zato isan-jato amizao taonjato zao: le tragno, rahalahy, rahavave , rene,
anake naho tane, miarake amy ty fagnenjehagne, le amy ty taonnjato hoavy, ty fiaignagne hatra amy ty fara'e. [31]Fa maro ty
voaloha'e ka ho lasa fara'e, le ty fara'e ho lasa voaloha'e."[32]T'andalagne'ey iareo hiakatse à Jerosalema agne, le i Jesosy
nagnavelo nitarike iareo aloha ao. Latsa mpiana'e reo, le iareo nagnorike aze tafara'e tao ka natahotse. Tinoka i Jesosy ho
ama'e eo ndraike iareo roambifolo, le nanomboke nisaontsy ze raha hiboake ama'e tsy ho ela reke.[33] Henteo, hionjogne
mba Jerosalema tika henanizao, le i Ana'ondaty hameagne i mpisorombey naho i mpanoro-dalagney. Hovonoe iareo
Reke, ho mate le hatolo'e o'jentilisao. [34]Iareo le hanao reha-draty Aze, handrora Ama'e, hijera Aze, naho hamono Aze ka.
Fa teie naho afake telo andro le ho velogne ndraike Reke.[35]Jakoba naho i Jaona ana'i Zebedia, nimbama'e mbeo le
nirehake tama'e tehoe: O'pampianatse, mba tea'o vao naho atao'o ze raha iaby take'ay ama'o.[36] Le hoe reke tam'iareo:
"Inogne ty zoto areo hataoko ama'areo?" [37]Le hoe iareo: "Engao zahay hindre ama'o hiambesatse amy ty voninahi'o."[38]Fa i
Jesosy namale iareo nanao te hoe: "Tsy rendre areo ty raha take'e areo." Nareo vao mete hihinagne amy ty kapoake
hinomako na hiaretse hatao batisa amy ze hanaovagne batisa ahy?"[39] Le hoe iareo tama'e: "Vita'ay zao." Le nisaontsy amy
iareo ty jesosy hoe: "Ty kapoake hinomako, le hinoma'areo, le amy ty batisa hanoagne batisa Ahike, hanoagne batisa
anareo ka.[40] Le ze hitoboke an-tagnan-kavanako eo na an-kaviako eo ka le tsy hiato amako zane, fe'zay, le hoe ze
ngnomanagne aze."[41]Naho fa naharey ty raha mahakasike zay mpiana'e folo hafa reo, le nanomboke boseke mafe ama'e t'i
ry Jakoba naho i Jaona. [42]Le nitokave i Jesosy ho ama'e eo iaareo le nirehake te hoe: "Rendre areo vao fa ze eretseren-
tegna ho mpanampake, O'jentilisao le mampanompo iareo, le ze bey mpifehe iareo ro magnampatse ty fahefa'e am'iareo.
[43]Fa ndra ia ndra ia mametsevetse ho bey ama'areo le ao reke ho panompo'areo.[44] Fa ndra ia ndra ia mametsevetse ho
voaloha'e am'iareo le ireke andevo areo iaby. [45]Fa i Ana'ondaty tsy avy ho tompoegne, fa mbe hanompo ka, le hagnomey ty
fiai'e ho solom-piaignagne hoe ty lahialegne.[46]Niavy t'a Teriko ao iareo. Naho fa niboake tanagney nindre tam'i mpiana'e
rey naho vahoake tsy efa'y, i ana i Timeo, Bartolomeo, le mpangatake naho jamba'y, nitoboke t'amoron-dalagne.[47] Naho fa
naharey reke fa Jesosy boake Nazareta agne zao, le nanomboke nikorintsagne mafe reke, le nirehake te hoe: "Jesosy ana'i
Davida'a, feregneso raho aba! [48]Lako ty nirehake mafe i goa'y, nirehake t'ama'e mba hitsigne. Fa ndra nikorintsagne mafe
reke hoe: "O'ana i Davida, feregneso raho aba![49]Nijanogne t'i Jesosy le nampitoka aze.Tinoka iareo i goa'y, rineha'e te hoe:
"Soa zay!Mijangana!Mikanjy azo Reke!" [50]Natora'e lamba'ey,le nitsangagne, le nimbam'i Jesosy mbeo reke.[51]Nanoigne aze
ty Jesosy lenanao te hoe: "Inogne ty tea'o hataoko ama'o?" Le hoe i ndaty goa'y te ie: "Raby o, te hahatrea raho." Le hoe ty
Jesosy tama'e: "Akia, janga ty finoa'o[52] rehe." Le nahita nindre tam'inge ty maso'e, le nindra tam'i Jesosy t'andalagney reke.

11


generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

[1]Le nandeha Jerosalema agne iareo, le niharine i Betifaga naho Betania, ambone vohitse Oliva agne, le Jesosy nagnirake ty
roe ami'o mpiana'eo. [2]Le nirehake tami iareo nanao ty hoe: "Mandenà amy ty vohitse alohantika roy. Naho misy vatae vao
tafilitse ao nareo, le hahatrea anak'Ampondra mbe tsy nitongoa'o ndaty. Hahao areo reke le indeso mbamako atoy. [3]Naho
misy ndaty mirehaka anareo ty hoeke: 'Ino maha-avy anareo manao toaàgneo?' le ano'o hoe zao: "Misy ilà ty Tompo aze
le mbe haheregne eo tsy ela vao."[4]Nandeha niboake iareo le nahatrea anak'ampondra raike nifehe amy tamboho i
tragnoy agnila'i lalagne raike antsisin-dalagneo'y,le nohaha iareo i talie'y. [5]Nisy ndaty ilae nitsangagne teo le nirehake
tamy iareo: "Tinogne ty raha ata'areo toagneo, ie ndra haha'areo o ana'o ampondrao?" [6]Le nirehafee amae ty nirehea i
Jesosy tamy iareo, le nenga i ndatie handeha amy ty lalagne hombae iareo.[7]Le nindese iareo mpianatse lahy tamy i Jesosy
mbeo i ana'i ampondray le natae tambone'e teo ty siky iareo le afake nitongo ama'ey ty Jesosy. [8]Maro ty ndaty nandafike
ty lambae tamy lalagney, ty ilae nandafike raven-katà fa nitampatampahe'e boake antonda agne. [9]Ze fa nandeha talohae
naho ty nagnorike Aze nikorakorake te hoe: "Hosana! deragne ty raike amy ty tahina i Andriantompo. [10]Deragne ty
fanjakà i Davida raentika! Hosana ty farae ambone agne!"[11]Boakeo ty Jesosy niditse Jerosalema le nandeha tan-kiririsa i
fiangonagney le nagnente ze raha iaby tao, naho fa nitsofotse i andro'y, le nikararake a Betania Reke naho ty
roambinifolo lahy. [12]Ty andro magnarake, naho fa niheregne boake Betania agne iareo, le nikere Reke.[13]Le nahatre
hataen'adaro raike maro ravegne boake lavitse teroy Reke, le niharine hagnete te misy voae ty ama'eo, le naho fa nimbeo
Reke, le tsy nahavazoho ndra ino ndre inogne naho tsy ravegne avao, fa mbe tsy fotoagne famoa i adaroy tamizay. [14]Le
nirehake ka Reke tamizay te hoe: "Tsy hisy hihinagne voa amao sasa ndre mbia na mbia." Le pianae rey naharey izao.[15]Le
nimbà Jerosalema iareo, le nilitse tan-kiririsa i fiangonagney Reke le nanomboke nadroake mpivarotse naho ty mpivily
raha iaby tao. Nongahe'e ty latabam-panakalo i volay naho ty seza iareo mpamarotse voro-mahilala. [16]Tsy nimetea'e ndre
ia ndre ia hinday raha hilitse havarotse ankiririsa i fiangonagney ao Reke.[17]Le nampianatse iareo Reke nirehake te hoe:
"Tsy fa voasoratse vao te: ' ty anjombako le hotognonengne ho anjomba fivavahagne hoei ty tane toy?' Fa ie ndra nata
iareo lakato fietaha ty mpangalatse.[18] Rey ty lahibey mpisorogne naho mpanao lalagne ty raha rinehae, le nipay ty raha
hamonoagne Aze iareo satria ty vahoake iaby le niverenehake amy ty fampianarae. [19]Naho fa nihariva, le nisintake i
tanagney iareo.[20]Le naho fa nandeha iareo tamy maraimdraigney, le nahaonigne adaro nangegne hatra any ty fotoe. [21]Le
nahatiaro ty Petera nirehake ty hoeke: "Ragnandria, Henteo! nangegne i adaro nompaoy.[22]. Jesosy namaly iareo ty hoe:
"Minoa an'Andrianagnahare. [23]Rehafeko ama'areo ty tena maregne fa na ia na ia nirehake amy ty lingolingom-bohitse te
hoe: "Mitsangàna le mikompà an-dranomasigne agne,' naho tsy misy fisalasalagne ty ampoe ao fa mino ze raha hitranga
amy ty nirehafe'e, le manahake zay ka ty hatao'Andrianagnahare.[24]Noho 'zay le magnombara ama areo Raho te: ze raha
iaby ivavaha'areo naho angataha'areo, ino'o areo te raha fa norambese'areo, le hoazo areo izao. [25]Naho fa nitsangagne
naho mivavake nareo, le tsy maintsy votsora'areo ty heloareo aby anagna-areo ndre amy ia ndra amy ia nareo, fa ho
haha ty Rae ka nareo naho fa avy andagnitse agne.[26] [Fanamarihagne: Ny fandikagne raha tena soa le tsy magnisy ty hoe
(henteagne ami Mat. 16: 15) Mk. 11: 26 "Fa naho tsy mamotsotse heloke nareo le tsy hagnaha ty hakeo areo ndra mbia
mbia ka ty Rae'areo andagnitse agne."][27]Le niongagne ta Jerosalema indraike iareo. Le naho nitsangatsangagne
tanjombanagnahare, le niavy nagnontane Aze ty lahibe ty mpisorogne, ty mpahay lalàgne, naho iareo zokeo ndaty. [28]Le
hoareke tamy iareo: "Lilitse boakaia ty anoa'o raha iaby rey, ia ty nagnomey fahefagne Azo hanao hoe'io?[29]Le hoe ty
Jesosy tamy iareo: "Hametrake fagnonteneagne raike ama'areo Raho. Ambarao amako le horehafeko ama areo te lily
boakaia ty anoako raha iaby 'zao. [30]Ty batisa i Jaona, boake andagnitse agne vao ke boake ama o ndaty? Valeo
Raho."[31]Niarake nametsevetse iareo le nifandietse rehake te hoe: "Naho mamale tikagne te: 'Boake an-dagnitse agne! Le
hirehake Reke te hoe: 'Vaho magnino tsy inoa'areo Aze eo?' [32]Fa naho manoigne tika te hoe: boake ama o'ndaty, ...."
Natahotse ndaty rey iareo, satria ty ndaty fa nagneke te i Jaona mpitoky vatae. [33]Boakeo namale ty Jesosy tamy iareo: "Tsy
hai'ay." Le hoe ty Jesosy tamy iareo te: "Iraho ka tsy hanombara ama'areo te fahefagne boake aia ty anoako raha aby rey."

## 12

[1]Nanomboke nampianatse iareo tama ty fagnoharagne ty Jesosy. Le hoe Reke te: ''Nisy ty lahilahy nanagne tanem-
boaloboke, le namefe i tane'ey, le nandavake famiahagne. Namboatse ''tilikambo'' reke le nampagnofae i tanem-
boaloboey' amy ty mpambole voaloboke. Le niala lavitse amizay reke naho fa avy eo. [2]Tamy ty fotoagne mete, le
nagnirake andevo antanem-boalobok'agne reke mba hangalake ty anjarae am'i vokatsey.[3] Fe ie nisambore'iareo i andevoy
naho jinera'iareo, le niroahee tsy handay ndra ino ndra inogne.[4]Le nagnirake andevo ndraike am'iareo reke, fe ie mbe
jinera'iareo ty lohae naho nalaee baraka.[5] Le mbe nagnirake ndaty hafa ndraike reke, le vinono'iareo. Le nitovy am'izay
iaby ty nanoa'iareo ze ndaty teo, jinera ty ilae, le vinono ty ilae.[728]Nisy ty raike amy ty mpahay lalàgne niavy le naharey ty
reha'iareo; treae te valea'i Jesosy soa iareo. Le nagnontane aze reke te hoe: ''Inogne ty tena lili bey vatae am'iareo
iabike?''[29] Nanoigne ty Jesosy te ie: ''Ty tena bey le ty hoe: 'Mitsendregna, ty Tompo Andriagnaharen-tika, ty ry Israely,
raik'avao ty Tompo. [30]Tsy maintsy teave'aareo amy ty Tompo Andrianagnarahe amy ty arofo'o iabike, amy ty fagnaheo
iabike, amy ty vetsevetseo iaby naho ami'ty fi'o iabike.' [31]Intoy ty lily faharoe: 'Tsy maintsy mitea ty ragneo manahake ty
vatao rehe.' Tsy misy lily hafa bey mihoatse o roe reo.''[8]Tsinepa'iareo amizao reke, le vinono'iareo naho natafatorae
ambili'i tanem-boalobekey ao. [9]Vaho, inogne zane ty hatao i topon-tanem-boalobokey? Hoavy agne reke handrobake i
mpambole voaloboke rey naho hagnomey i tane'ey ama'ondaty hafa.[10]Mbe tsy vinaki'iareo vao zao Soratse Masegne zao?
''Ty vato naria ty mpanao tragno, ro nanjare tegnam-bato vatae.[11] Boak'am'i Tompo zay, le nahagaga amasontikagn'eo.''[12]
Nimpay hevetse hanamboragne i Jesosy iareo, fe ie natahotse i vahoake, satria fànta'iareo fa hanpoheragne iareo ro

namboarae i fagnoharagney. Vaho nenga'iareo reke le nandeha iareo.[13]Le nagnirake ty Fariseo naho ty ila ty Herodiana ho
ama'agne hamadrik'Aze an-drehake. [14]Naho fa niavy iareo le hoe iareo tamae te hoeke: "O Mpagnanatse! hay'ay fa tsy
midare ty eretsere'ondaty hafa rehe, le tsy manoro fagnavakavahagne amy ze kila ndaty. Mpagnanatse magnarake ty
lilin'Andrianagnahare Rehe. Vaho magnara-dalàgne vao ty mandoa hàga am'i Kaisara sa akore? Tokoe handoa hàga vao
zahay sa akore?"[15] Fe ie oni'i Jesosy ty fiatsaram-belatsihy iareo le nisaontsy am'iareo te hoeke: "Nagninogne nareo ndra
mitsapa hevets'ahy'keo? Andeso'areo "denaria" raike Raho hagnenteako aze."[16]Le nagnatera'iareo vola raike ty Jesosy. Le
hoe Reke tam'iareo te hoeke: "Sare'ia naho agnara'ia ty amae toy?" [17]Le hoe iareo te hoeke: "Ey Kaisara." Le hoe ty Jesosy
te hoeke: "Ameo i Kaisara ze ei Kaisara, le ameo an'Andrianagnahare ze a'Nagnahare." Latsa amizao iarey.[18]Le niavy eo i
Sadoseo rey, ze nirehake te tsy misy ty fivagnonam-belo, le niavy tamae'eo iaby. Le nagnontane aze iareo, nanao ty hoeke:
[19] "O mpagnanatse, nanoratse ty Mosesy te hoeke: 'Naho nimate ty rahalahe ty lahilahy raike le magnenga ty valie
reke.Nefa tsy mba niterake, le tokoe hanambaly ty valin-drahalahee, mba hanagne taranake hoe'ty rahalahee.'[20]Nisy fito
mirahalahe; nanambaly ty raike voalohae fe ie nimate, tsy mba niterake. [21]Avy eo nangalak'aze ty faharoe'ey le nimate ka,
tsy nanaranake, le nanao hoe'izay ka ty fahatelo. [22]Le tsy nagnenga taranake iareo fito. Amy ty farae, mate i roakembay.
[23]Amy ty fivagnonam-belogne, naho fa hivagnom-belogne iareo, le ho vali'ia reke? Satria sambe nanambaly aze iareo fito
mirahalahy.[24]Le hoe ty Jesosy te hoeke: "Tsy izay vao mahavy anareo diso hevetseo, satria tsy fanta'areo ty talilisoa naho
ty herin'Andrianagnahare?[25] Satria naho nivagnom-belogne iareo, le tsy hanambaly na hatao vali-tolotse. Fe ie hanahake
ty anjele andagnits'agne.[26]Le ty mahakasike ty fivagnonam-belo, tsy vinaki'areo vao t'agnate i boke'i Mosesy ao, agnate'i
andalagne mahakasike i voaroyi', nisaontsie-Nagnahare tamae te hoe: "Iraho ty Andrianagnahare i Abrahama naho
Andrianagnahare'i Isaka le Andrianagnahare'i Jakoba? [27]Tsy Andriagnahare ty mate Reke, fa ei'ty velogne."[28]Nisy ty raike
amy ty mpahay lalàgne niavy le naharey ty reha'iareo; treae te valea'i Jesosy soa iareo. Le nagnontane aze reke te hoe:
"Inogne ty tena lili bey vatae am'iareo iabike?"[29] Nanoigne ty Jesosy te ie: "Ty tena bey le ty hoe: 'Mitsendregna, ty Tompo
Andriagnaharen-tika, ty ry Israely, raik'avao ty Tompo. [30]Tsy maintsy teave'aareo amy ty Tompo Andrianagnarahe amy ty
arofo'o iabike, amy ty fagnaheo iabike, amy ty vetsevetseo iaby naho ami'ty fiai'o iabike.' [31]Intoy ty lily faharoe: 'Tsy
maintsy mitea ty ragneo manahake ty vatao rehe.' Tsy misy lily hafa bey mihoatse o roe reo."[32]Le hoe ty mpanora-lalàgne
raike te hoeke: "Soa zay Mpagnanatse! Voasaontsio vatae fa Andrianagnahare le Raike avao, tsy misy mandako aze fa
Ireke avao.[33]Teavegne Reke amy ty fo iaby le amy ty vetsevetse iaby naho ty heriko iaby, le teavo ty ragneo manahake ty
vatao, le soa lavitse o imboke magnitseo naho o sorogneo.[34] Naho fa nivazoho'i Jesosy te nagnomey valen-drehake to reke,
le nisaontsy Reke te hoeke: "Tsy lavitse ty fanjakan'Andrianagnahare rehe." Naho fa avy eo, le fa tsy nisy ndaty nahasake
nametrake fagnontaneagne tam'i Jesosy sasa.[35]Namale ty Jesosy, tam'Ireke nampianatse t'agn'anjomban'Nagnahare ao, le
hoe Reke te: "Akore vao ty irehafa o mpahay-lalàgneo te i Kristy ty ana'i Davida?[36] Davida avo, tamy ty Fagnahe Masegne,
nanao ty hoeke: 'I Andrianagnahare ro nirehake tama'i Andriantompoko te hoeke: mipetraha ankavanako eto rehe,
mandra-panoako ty fahavalo'o ho ampala-diao ao.' [37]I Davida aza nitoka Aze hoe 'Andriantompo,' le manao akore ty
anaovagne i Kristy te ana'i Davida?" Nagneke Aze an-kafaleagne i ndaty maroy.[38]Tamy ty fagnanarae le nirehake ty Jesosy
ty hoeke: "Itaoa'areo mpahay lalàgneo, tea iareo ty mireparepa amo'o akanjo mipolololtseo naho salamae o ndaty an-tsena
ey io,[39] le ty tea'iareo ty mitoboke amo' o seza aloha o sinagoga'o rey, naho lohan-toeragne amo'o feteo. [40]Mandrebake ty
tragno ty ndaty mitobo-drery iarey, naho manao vavake lavabey iaby mba ho trea'ondaty. O lahilahy reo le hitambesara
ty heloke bey."[41]Naho fa avy eo ty Jesosy niambesatse nagnarine i tsahandraketsey tanjomba-Nagnahare ao; nivazoho ze
ndaty nandatsake vola hatao raketse. Mpagnarivo maro ty nandatsake vola tsiefa tao. [42]Le nisy ty roakembam-bantotse
sahiragne raike nandrotsake farantsa kedekede roe, hoe vareroevente oharegne amy ty mizagne.[43]Le nitokavee o
mpianae reo le hoe Reke tam'iareo te hoeke: "Ambarako anareo fa, ty mpivantotse sahiragne tiagne ro nandrotsake
tsiefamihoatse ty ndaty nandrotsake vola t'andrakets'ao. [44]Iarey iaby le nagnomey tamy ty fanagna'iareo, fe ie ty
mpivantotse sahiragne tiagne, ndra tamy ty fahasahiragnae le nadrotsake ze vola tokoe hivelomae iaby."

# 13

[1]Naho fa nisitake ty agn'anjomban'Andriagnahare ao t'i Jesosy, le nisy mpianatse raike nirehake ama'e nanao te tihoeke:
"Mpampianatse, vazoho rty firiry o vato!"[2] Le hoe ty nata'e: "Trea areo vao fa fanjaka ty firirita'e?" Tsy isiam-bato
mifanindry ty eo tsy hikorokomake.[3]Naho mbe niambesatse evohin'Oliva tandrife i Anjomban'Andriagnanahare Reke, le
nagnontane Aze ty Jaona, naho Petera, le i Andrea, navaho i Jakoba teie:[4] Volagno ama'ay ombia ty hilefsa ze raha zao
iaby? Ino ty hamantara'ay aze naho agne ty lefesa'e?[5]Le namale iareo t'i Jesosy tam'izay nisaontsy te: "Ao soa tsy hoveove
ondaty nareo. [6]Fa tsy efa ty hoavy amy ty agnarako le hirehake te hoe: "Iraho ti'ie, le tsiefa ty ho voa fitake.[7]Naho fa
maharey aly le rehake tsiefa mahakasike aly nareo, le ko miferenaigne, tsy maintsy hoavy zay, fa teie mbe tsy zay ty
fara'e. [8]Fa hisy tane hitsangagne le hialy amy ty tane hafa, le hisy fanjakagne hialy amy ty fanjakagne hafa. Le hisy
horohorontane amy ty tane tsiefa, le hisy mosare. Zay ty loha ty fahasahiragnagne amy ty fisamahagne.[9]Mitaoa nareo.
Hatolo iareo iareo o Synedriona'o nareo, le hojerajeragne o Synagoga ao. Hitsangagne aloha o mpanampakeo hao
mpanjaka reo lehe ty amako nareo, ho vavolombelogne ama'iareo. [10]Fa i talily soa'ay ro tsy maintsy ho taliliegne amy ty
tane toy iabiaby zao.[11]Naho fa mitseoake naho manolotse anareo iareo, le ko miferenaigne amy ze tokoe ho rehafe areo.
Fa amy fotoagney, hameagne anarteo ze toko'e ho rehafe areo; tsy raha i nareo ro mirehake, fa i fagnahy masigney. [12]Ty
rahalahi'e ro hagnomey ty rahalahi'e hovonoegne, le ty ra'e hagnomey ty ana'e. Ty anake hitsangagne hamale ty Rae
aman-dRene'e le hamono iareo. [13]Tsy hotea ondaty maro nareo naho amy ty agnarako. Na ia na ia maharetse hatramy ty

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

fara'e, le ho voavonje ze ndaty zay.[14]Fa naho hita areo nitsangagne amy ty toko'e tsy hitsanganagne ty haratie ty
fahapotehagne, le ao nareo boake a Jodea ao hilay andingondingom-bohitse agne. [15]Ze ambane Tragno ao tsy ndra hilitse
antragno ao na hagneke te raho boake ao. [16]Le ze an-drano agne tsy hiheregne hangallake ty lamba'e.[17]Loza hoe ty ampela
mivesatse ty mampinpono amy ze andro zay! [18]Mivavaha nareo mba tsy ho amy ty iandro mara'y ty iavia izay. [19]Fa hisy
fijaleambey, le mbe tsy nisy taloha tagne, naho fa namorogne ty tane toy ty Andriagnanahare, le hatram'izao. Ehe'e, ndra
mbia mbia tsy hisy sasa zay.[20] Naho toy le hoe niboriborie i Tompo ze andro zay, le tsy hisy ndaty ho voavonje. Fa naho ty
ndaty nifiliegne, i nijibogne'ey, le niboriborie ty ino ze andro zay.[21]Le naho fa misy ndaty mirehakeamao te ie: Henteo
intiagne ty Kristy! na ka! Henteo, eroy Reke! Le ko mino zay. [22]Fa hisy kristy mpihaboke le mpitoky mpisandoke
hipotitsike le hanoro famantaragne naho fahalatsagne, mba hamitahagne na ndaty nijibogngney aza, naho mete atao.
[23]Mitaoa! Fa fa nambarako ama'areo taloha agne ty fotoa o raha reo abike.[24]Naho fa afara ty hasosora o andro reo, le
haiegne i androy, tsy hagnomey hazavagne i volagney.[25] I kintagney hopopoke boake an-dagnitsey, le ze hery an-dagnitse
ao ho voa verevere.[26] Le hohita iareo i ana'ondaty boake amy rahogney ey amy ty hery jabajaba naho voninahetse. [27]Le
hagnirake i Anjeli'ey Reke hangorogne miarake ama'e o'ndaty voafilio boake amo'o zoron-tane efatse reo, boake amo ty
fara o taneo agne amy ty fara i lagnitsey.[28]Mangala anatse amy i hataen'adaroy. Naho vata'e mitiry, le misy rave'e i foto'ey,
le fa fantaro areo fa marine izay lohataogney. [29]Manahake zay ka naho fa hita areo miseho ze raha zay, le fa hay areo fa
marine Reke zay, magnarine i lalambey.[30]Rehafeko ama'areo, ty tena maregne vatae, ty taranake toy le tsy ho fongotse
mandram-piboaha zeo raha zao. [31]Ho rava o lagnitseo naho ty tane toy , fe ty rehako tsy ho rava ndre mbia ndre mbia. [32]Fa
ty mahakasike ze andro na lera zay, le tsy misy mahafantatse ndra o anjely andagnitse agne eo, ndra ty Anake, fa ty Rae
avao.[33]Mitaoa, miambena fa tsy fanta areo i leray. [34]Izao, le manahake ty ndaty raike handeha lavitse hagnenga ty tragnoe
reke le ndevoe rey avao ty niangae niambegne i tragnoey, sambe amy ty asae, le nandily i mpiarakey reke mba tsy hiroro.
[35]Le miambena mafe, satria tsy fanta areo teie mbia i tompon-tragnoy te hoavy, mete ho takariva zay mete ho halegne,
magneno akoho, na maraindray. [36]Fa naho avy tampoke reke, le ko atao areo hahita anareo miroro reke.[37] Ze raha
rehafeko ama'areo le rehafeko amy ze kila ndaty iaby. Miambena!

# 14

[1]Roe andro aloha i Paska naho ty fankalazagne ty fihinanagne mofo tsy isian-tsira tamizay. Nipay ze fomba hisamboragne
i Jesosy milamigne avao iareo lahibe ty mpisorogne naho ty mpahay lalàgne mba hamonoagne Aze.[2] Le hoe iareo te: "Tsy
hataon-tika ami ty andro fete toy, tsy hampikorotagne ndaty."[3]Naho ta Betania tan-tragno i Simona boka ty Jesosy, naho
niambesatse tan-databatse teo reke, le nisy ampela niharine Aze ninday voatavo misy solike lafo vily, Narda tsy mitapoke.
[4] Nahaboseke ndaty maro nefa i raha zay. Nifampirehake iareo le nanao ty hoe te: "Ino ty anto ty fandaniagne fahatane
toa?[5] Mbe afake avarotse mihoatse ty denaria telonjato nio solike magnitsey, le nameagne ze tsy managne." Le nasiaha
iareo i ampela'y.[6]Fe hoe ty Jesosy te: "Angao areo reke. Manao akore nareo manao ty raha hampaferen'aigne aze eo? Raha
soa ty natae tamako.[7] I tsy managne zay ho ama'areo eo avao, afake manao asa soa hoe iareo avao nareo ndre mbia ndre
mbia, fie Raho tsy ho ama'areo eto avao.[8] Nanao ty nivitae reke: "Nitavogne ahy ho ami ty fandevenagne reke.[9] Ambarako
soa ama'areo, ndre aia ndre aia hitaliliagne ty Talilisoa maneragne ty tane toy, le ho taliliegne ty nata ty ampela toy, mba
hahatiahivagne aze."[10]Boakeo ty Jodasy Iskariota, raike ami iareo folo ambe roe lahy, nandeha tami lahibe ty mpisorogne
hahafahae manolotse Aze ami iareo eo. [11]Naho fa nahare zay iareo lahibe ty mpisorogne, nalio fo, le nanao hanome vola
aze. Nanomboke nipay ze fomba hanoloragne Aze ami iareo reke.[12]Tami ty andro voalohae fihinanagne mofo tsy isian-
tsira, naho fa nisorogne aman'agnondry tami Paska'y iareo, nanao hoe zao i mpianae'y rey tamae te: "Aia ty toeragne teao
handeha'ay hikarakaragne mahakama, mba hikamao ami ty Paska toy? [13]Le nagnirake roe tami mpianae'y Reke le
nisaontsy tami iareo te hoe: "Mandenà an-tanagne agne, le hisy ajalahy minday sinin-drano milipolipo hifanalaka
ama'areo. Oriho reke. [14]Ze tragno izilihae, oriho areo reke rehafo tompo i tragnoy te hoe: 'Zao ty nisaontsie i
mpampianatsey te: "Aia ty tragno fandrambesagne vahiny hahafahako miharo-fihinagne Paska amy ty mpianako
retoagne?"'[15]Hotoroae tragno bey ambone rihagne fa misy fanake fa vonogne soa nareo. Ano'areo ao aby ty fanomanagne
antikagne." [16]Le nandeha mpianatse rey mban-tanagneo. Fa nanahake ty raha norehafegne tami iareo avao ro nihita
iareo tao, le nanomagne i hanegne ami Paska'ay iareo.[17]Naho fa nitsofotse i andro'y le niavy nindre ami iareo roe ambe
folo lahy Reke. [18]Naho fa niambesatse iareo le nahazo latabatsey le nihinagne, le nanao hoe zao ty Jesosy: "Ambarako soa
nareo, fa ty raike ama'areo miarake mikama amako eto ro hifototse Ahy.[19]"Nimoremoretse aby iareo, ka sambe nirehake
te: " Tsy raho kahe zao?"[20]Namale ty Jesosy le nisaontsy hoe: "Ty raike ama'areo folo roe ambe zao, i raike mindre-
mampijogne mofo amako agnate finga hinane zao."[21]Fie ty ana o'ndaty handeha amy ty lalagne fa voatalily agnate Soratse
Masigne ty momba aze. Fa hakeo ty hindese zelahilahy nifotetse ty ana o'ndaty zay. Tsy nisoa'e ndra tsy naterake."[22]Naho
mbe tandafike fikamagne eo iareo, le nandra'e mofo ty Jesosy, nisaotse, naho le zinarazara'e. Natoloe iareo re naho le izao
ty natao'e : " Vatako toy, raeso areo."[23] Le mbe nadra'e kapoake Reke, naho le nisaotse, le natolo'e iareo , naho le ninome
tama igne aby. [24]Le izao ty natao'e tama iareo: " ty lio toy ty fanitike, ama ty lio ailigne hoe'ey ty maro.[25] Le ataliliko fa tsy
hinogne ty ama ty voam-boaloboke toy ka Raho, naho tsy avy ty andro, hinomako aze ama ty fanjakan'Agnahare."[26]Naho
fa avy nihira fideragne iareo, le niavotse e vohin' Oliva ey.[27] Le izaoty Jesosy tama iareo : " Hienga areo aby raho, fa toe
voasoratse te ie : " hijera ty mpiarake agnondry Raho, naho le hibaratsiake ze agnondry zay."[28]Fe ie naho hivagnom-
belogne Raho, le hiaolo anareo hitari-dalagne e Galilea ao.[29] " Le izao ty natao i Petera : "Ndre ie le hienga Azo aby ze
ndaty, izaho tsy mba hienga Azo."[30]Le izao ty natao i Jesosy tama iareo: "Ambarako azo anio,fa mbe tsy mikekeo in-droe

avao ty akoho te anito halegne, te fa in-telo hanao jebe Ahy rehe.31 "Le izao ty natao Petera te ie : "Ndre ie ts hindre mate
Ama'o raho, le tsy handietse Azo." Le sambe nampitama'ety hoe izao iaby i maro'oy.32Le niavy ama zo tane atao
Getsemane iareo, le izao ty natao i Jesosy tama iareo mpiana'e : "Mitoboha eto fa mbe mivavake Raho."33 A te niente'e aia
ty Petera, navaho Jaona, le Jakoba nindre amae, naho le nanomboke eo ty fikore ty arofo'e. 34Le izao ty Natao'e tama
iareo : " Ketrake ty fagnahiko, manahake ty fa vilasy. Mitoboha eto le miambena."35Le nisintaha i Jesosy iareo, naho le
nihohoke an-taneo, sady nivavake te ie naho zoto'o, le hiala amae ze lera zay.36 Le izao ty nato'e : "Aba, Ragnandria, haio
atao iaby ze kila raha. Afaho amako ty kapoake toy. Fe ie ze zoto o anio ty hatao'o, fa tsy ty Ahy."37Nibalike Reke naho le
nioni'e iareo te mbe niroro, le izao ty Natao'e ama Petera: "O Simona, ndra miroro viheo? Le tsy ligne'o vao ty mba
nandigne ty lera raike?38 Miambena nareo le mivavaha tsy ho tafalogne ama ty raty. Fa ty fagnahy ro mazoto, fa maleme
ty o nofotse.39 Le nisintake iareo indraike Reke naho le nivavake, nanahake ty natao'e ntaolo.40Ie nibalike Reke ahaeo te
ndra niroro iareo, fe lako fitehiroro iareo naho le tsy nanan-katoigne aze.41 Nagnantogne iareo fagniteloe Reke naho le
nagnontane iareo te ie: " O mbe miroro vao nareo? Soa zay! Fa avy ty fotoagne. Henteo! fa hatolotse an-tagna ty be hakeo
ty ana ondaty nifoteregne. 42 Mitsangana , ndao tika handeha. Le vazoho , fa marine Ahy iareo hifototse."43Naho mbe
nisaontsy teo Reke, le niavy ty Jodasy, raike ama iareo roe lahy folo amby, nindre ama ty ndaty maro minday mesabey
naho kobaim-bigne, boake ama iareo lahibe ty mpisorogne, vaho ty zoke ondaty, navahoiareo mpahay lily.44 Le nagnomey
famataragne iareo i nifotetse azey, naho le nirehake te: "ze orofako ro ie". samboro le embeno".45 Le nimbamy i jesosy eo
ty Jodsy naho le nirehake te: " Raby", naho le niorofa'e Reke. 46Ie niavy eo le sinambo iareo ty Jesosy.47Le nisy raike tama
iareo nagnatse penoara naho le kinitsi'e ty sofy i mpanompo mpisorogney.48 Le izao ty natao i Jesosy tama iareo: "dahaloo
Aho,ie tsepahe areo amaty kobaim-by naho mesabey io?49 tama areo Agnanjomba Nagnahare eo lomogn'andro naho tsy
tsinepa areo. Fa izao ka ty hilefesa ty Soratse Masigne".50 A te ndra nibaratsiatse aia iareo nindre Jesosy naho le nietake.
51Nisy ajalahy raike, tsy miakanjo naho tsy ze lamba hariry zay avao, nagnorike i Jesosy. Naho fa tsinepa iareo Reke52 a teie
ndra nado'e aia i akanjo'ey naho le nilay reke tsy niakanjo.53Le tinantaly ty Jesosy le amy mpisorogney agne. Naho le vory
ao iaby iareo zoke ondaty, naho ty mpisorogne, navaho ze mpahay lily.54 Le nagnorik'Aze lavidavitse ey avao ty Petera,
hatra an-kiririsa i mpisorobey ao. Niambesatse agnila i mpiambe'ey eo Reke, naho le namindro agnila i afo'oy eo.55Mba
hamonoa iareo i Jesosy, le nipay ndaty aivo iareo mpisorogne navaho iareo synedriona Jiosy hitendese'e manoigne aze. Fe
ie ndra tsy nahatrea aia iareo. 56Naho le nimaro ty raha nanognom-panagnitse aze, fe ndra izay le mbe tsy marem-pototse
avao ka.57Le mbe nanognom-pandagnitse Aze avao ka tila'e; nanao izao te:58 " Rei'ay Rehe nivolagne te ie: " Habaratsiako
ty anjomba Nagnahare toy, fe ie le telo andro avao ty ampy jahignako aze antanagneto." 59Fe ie le mbe tsy nito ty ny
fampianga iareo aze.60Nitsangagne i mpisorobey naho le naho le nagnontane i Jesosy nanao izao te ie: " tsy toigne'o vao?
ino zo raha iampanga ty ndaty rey toa Azo zao?61 Fe ie le mbe tsy namale avao Reke naho nianjigne tsy nisaontsy ndra
inognino. Le mbe nagnontane Aze indraike iareo mpisorogne izao ty nata'e: " Ihe vao Kristy, ana Nagnahare eo?62 le
natao'e nanoigne aze: " eka ie Raho; ara mamototse izao areke ie toboke anakavana nagnahareo ty Tirin'olombelogne
naho le ho avy ty rahon-dagnitse."63A te ie ndra rinia i mpisorogney aia i lamaba'ey naho le nirehake reke te ie: "A izao
vao mbe ipaiagne ndaty aivo?64 fa nireintika iaby zay ty rehadrati'e. ino ty fanampahan-kevetse areo? Sambe
nagnameloke Aze ze hene ondaty naho le toko'e ho vonoegne reke.65 Tila'e nandrora Ama'e naho le nanao arikobogn'Aze
sady nijera nanao izao : "tokio" sady nalae iareo manam-bolonahetse Reke naho le trinabotrabo'e.66Naho mbe tankiririsa
eo avao ty Petera, le nisy ampela raike mpitake ty mpisorombey nagnontane Aze.67 Fa mbe nitsangagne eo Ty Petera
namindro agnafo eo, naho le nadigne marine aze eo. Le izao ty natao'e: Tama'e ka rehe nindre ama i Jesosy ,Nazarena".
68Fe ie le nandietse reke, nanao izao: " tsy rendreko zao, naho toe tsy haiko ka ty raha rehafe'o". Le niala ty ankiririsa eo
reke. [ Fagnamarihagne: tila ty nandika magnampe manao izao: " le nikekeo ty akoho," fa ze nadika ntaolo nifanjaka tsy
misy io rehakeo eo.]69Le mbe nirehake ama ze ndaty nitsangagne eo iaby indraike i anjampelay nanao izao: " Mbe nindre
ama iareo ka ty lahilahy tia!" 70Fe ie le mbe nandà avao reke. Ie palipalitse igne le izao ty natao iareo nitsangagne ama i
Petera eo: "Tama'e ka rehe,fa toe nte Galiliana io."71Naho le nisangy reke nama-tegna nanao izao: "72 le amoeko anio ty
raha volagne areo." le nindre ama izay avao naho le nikekeo fagnindroe'e ty akoho. Naho le ny tiahy i Pitera i saontsy i
Jesosy tama'e manao tihoekey te ie: " Mbe tsy mikekeo fagnindro'e avao ty akoho, te fa intelo hanao jebe Ahy rehe," le
nikoretse ty fo naho niharovetse reke.

# 15

1Mbe marain-tsikiake, le nitolake iareo lahibey ty mpisorogne naho mpahay lalàgne miharo ty zoke ondaty naho Jiosy
iabike reo. Le narohy iareo tamy Pilaty teo Reke. 2Nagnontane Aze ty pilato nanao ty hoe te: "Ihe vao ro mpanjaka ty
Jiosy? Natoi'e te: "Fa ie nambarao zay" 3Maro ty raha tsy marem-pototse natolo iareo lahibey ty mpisorogne nanohitse i
Jesosy.4Nagnontane Aze ka ty Pilaty te: "Tsy manan-katoigne vao Iheo? Henteo ty halàko ty fitoriagne ndese iareo
manohetse Azo!" 5Fa le nianjigne ty Jesosy tsy namale Pilato sasa, naho le nilatsae.6A naho fa niavy ty andro fifaleagne,
namotsotse gadra raike hoe iareo avao ty Pilato, gardra ze angatahe iareo. 7Ndaty ginadra iareo avao naho ze nitanae amy
o mpamono ndaty naho ty nitologne tagnate i fonjay avao iaby, ty notana iareo amy ty agnisae o mpandrae anjara tamy i
tologney, naho le nisy lahilahy raike atao Barabasy zao. 8Le niheho amy Pilato iareo naho le niheagne ty hanoagne aze
manahake ty natao ty taloha ka.9Le izao ty natoy i Pilato iareo te: "Tea areo va naho ty mpanjaka i Jiosy ro hameako
anareo?" 10Satria fantae fa fialofagne ty nanolora ty lahibey ty pisorogne i Jesosy tamae. 11Naho le nitamae ty fikora i
maroy iareo mpisorogne, niheagne ty hamotsoragne i Barabasy.12Le mbe nanoigne iareo ty Pilato nagnontane nanao izao

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

te: "A inogne areke ty tokoe ho hataoko ty Mpanjaka i Jiosy?" [13]Le mbe nikorake indraike iareo te: "Fantsiho Reke"[14]Le hoe ty Pilato te: "Inogne ty raty natae?" Fe ie le mbe nikorake nanoigne avao iareo te: "Fantsiho Reke." [15]Te hanao ze hampalio fo iareo ty Pilato, naho le Barabasy ty vinotso'e. Nojerae ty Jesosy le natoloe ka ho fantsihigne.[16]Nente miaramila rey Reke ho an-kiririsa eo (agnivo ty toera ty fanjakage), le notokavy iareo iabike ze fonga miaramila. [17]Nampisikigna iareo sikigne voloparasy Jesosy, naho le nitaly feheloha tsilo iareo le natae iareo tamae teo. [18]Le nanomboke nagnalama Aze iareo le nanao ty hoe: "Salama Rehe, ry mpanjaka i Jiosy!"[19]Jinerae iareo volotara ty angnambone'e (nikaravantsie'e) ro mbe nandrorà iareo. Le niondreke alohae eo iareo le sare nidera Aze. [20]Naho fa niavy nanao kotike Aze iareo, le nafaha iareo tsy hoamae ey i lamba volomparasy, le nampagnisia'e Aze ty fitafeae manokagne, niente iareo niakatse Reke mba hamantsihagne Aze. [21]Sinere iareo ty ndaty raike nandriogne boake antsaha agne hinday hazo najale i Jesosy, lahy raike tokavigne te i Simona Kyreniana rae i Aleksandra sy Rofosy.[22]Nindese o miaramila reo tamy toeragne atao Golgota zay ty Jesosy (na toeragne atao te "Toera ty harandoha"). [23]Le nimea iareo divay milaro miora Reke, fie tsy nikama zay Reke. [24]Finantsy iareo Reke le zinarazara iareo natà iareo an-kizé ty akanjoe mba hahafantaragne ze ty anjara rambese ty miaramila kiraidraike.[25]Tamy ty lera fahatelo le finantsy iareo Reke. [26]Naho le sinora iareo amy ty hatà pisake ty fitoriagne nanoheragne Aze te: "Mpanjaka i Jiosy." [27]Dahalo roe lahy ty finantsike nindre amae, ty raike tankavanae eo le ty raike tankaviae eo. [28][Fagnamaregnagne: Ty fandikagne taloha, fanjaka le tsy magnisy ty Marka 15:28 ty hoeke te: " Lefe ty Soratse Masigne manao izao te: 'Natao ho nama ty behakeo Reke.' (Ampagnahafo amy Lioka 22:35)][29]Iareo nandriogne amae eo le nanivativa Aze, naho le nagnolikolin-doha nanao izao te: "ein hein! Ihe ro afake mandrodagne ty anjomban'Agnahare, naho le namboatse aze agnate ty telo andro, [30]hahao ty vatao le mizotsoa amy o hazo najaleo!"[31]Sambe nanao kobike Aze iaby iareo mpisorogne naho mpahay lalàgne, le nivolagne zao te: "Nahavotse ty hafa Reke, fie tsy nahavotse ty vatae. [32]Adogno ty Kristy, Mpanjaka ty Israely, hizotso amy ty hazo najale, mba ho trea'ay le hinoa'ay," le ty finantsike nindre tamae teo ka le mbe nanao kobike Aze ka.[33]Naofa niavy ty lera faha enegne, le nanjare maiegne ty tany aby hatramy ty lera fahasive. [34]Mbe tamy i lera fahazive zay avao, nikorake amam-peo mafe ty Jesosy te: "Eloy, Eloy, lamà sabaktany?" Tsakoreagne te hoe: "Andrianagnahare, Andrianagnahare, nagninogne Rehe le nahafoe Ahikeo?" [35]Ty ilae nitsangagne teo naharey ty saontsie le nanao zao te: "Henteo, mitoka i Elia Reke."[36]Nisy ndaty raike nilay, ninday divay naho ampozy, le natae mipiteke soa amy ty bararata, le nagnomey zay ho kamae. I lahy nirehake ty hoe: "Mbe ho treantika naho hoavy hampizotso Aze eo ty Elia." [37]Ie niavy eo nikorake amy ty feo'e farae ty Jesosy le nivilasy. [38]Niriatse roe amy ty ambone sikala amy ty ambane ty lamba te agnajomba Anagnahare tao.[39]Naho fa nahatrea izao i kapiteny niatreke ty fahavilasia i Jesosy, le nanao izao te: "Anak'Andrianagnahare vatae ty lahy toy." [40]Le nisy ampela nagnente lavitse avao. Tagnate izay ty Maria Magdalena, Maria (rene i Jakoba zai'e naho Josesy), le Salome. [41]Tamy Reke ta Galilea agne le nagnorike Aze naho nanompo Aze avao iareo. Le mbe ampela maro hafa ka ro nindre amae nimbà Jerosalema agne.[42]Naofa nihariva i androy, satria andro fiomanagne, mihaolo ty andro Sabata io, [43]le niavy ty Josefa boakà Arimatia agne. Mpikambagne atahoragne amy Synedriona ao reke, zay niambegne ty fanjakan'Andrianagnahare. Nivonogne ro nahavany nangatake ty fagnova ty havilasy i Jesosy. [44]Latsa ty Pilato te tsy ela avao le fa vilasy ty Jesosy; le tinokae i kapiteny le nagnonteneae aze te fa vilasy ty Jesosy.[45]Naho fa niazoe antoke soa tamy i kapiteny te fa vilasy vatae Jesosy, le natoloe Josefa ty fagnova ty havilasy. [46]Le nivily hariry malineke ty Josefa. Nampizotso i Jesosy tamy hazo najaley reke, le finognoe hariry malineke, naho le nalente'e andonakey agnate ty lakato agne. Niavy eo le navarie mbeo ty vatobey farindrin-donake. [47]Le nihita i Maria Magdalena naho Maria rene i Josesy ny ty nandevegngagne Aze.

# 16

[1]Naho fa nitampetse i andro sabata'y, le nivily raha magnitse hagnosoragne i fate Jesosy'y ty Maria Magdalena naho i Maria rene i Jakoba, nivily ka ty Salome le handeha hagnosotse i fate Jesosy'y. [2]Maraindrai-tsikia i voalohan-keregnandroy,nandeha an-kibory ey iareo naho fa niboake i androy.[3]Nifampirehake iareo te hoe: "Ia amantika ty hampikisake i vato andalan-kibory eo'y?" [4]Naho fa niandra iareo le nahatrea te fa nisy nampikisake i vato jabajabakey. [5]Niditse t'ankibory ao iareo le nahatrea ajalahy miakanjo foty mipetrake ankavanagne, veren-draha iareo. [6]Le hoe ty nata'e tam'iareo hoe: "Ka matahotse. Mipay i Jesosy nareo, i Nazareta natao vono-trobokey. Fa nitsangagne reke,tsy eto ka. Henteo ty nametraha iareo aze tia. [7]Akia rehafo i mpiana'e rey naho i Petera fa hialoha lalagne iareo a Galilia agne reke. Fa nambara'e tam'areo te hoe agne ty hahatreava'areo aze."[8]Niboake ty an-kibory ao iareo le nitsombomboke ty lay, varenehake naho ka le nitititititike iareo. Tsy nirehake na ino na ino tama'ondaty satria natahotse loatse. [9][Fagnamarenagne: ty fandikagne soa taloha tagne ro mampiala ty Maraka: 16: 9-20]Marainadray i heregn'andrio voaloha'e nitsangana'ey reke le niboake tam'i Maria Magdalena, i nampisoira'e kokolampogne fito'y. [10]Le nandeha t'i Maria nitatlily iareo nindre tam'i Jesosy, mbe agnate ty misaona naho i ranomaso'y iareo. [11]Nirey iareo fa velogne, nahita Aze reke hoa're, faie tsy nampino iareo.[12][Fagnamarenagne: ty fandikagne soa taloha tagne ro mampiala ty Marka: 16: 9-20] Niseho amy ty mpiana'e roe holy mba tanagne eo t'i Jesosy. [13]Le nitalily ka iareo roe am'iareo mpiana'e sisa, faie tsy ninoa iareo.[14][Fagnamarenagne: ty fandikagne soa taloha tagne ro mampiala ty Marka: 16: 9-20]Tafara kede io t'i Jesosy le niboake am'iareo folo raike amby ampihinanagne, sady nisaontsy amy ty tsy finoa naho ty hamafe fo iareo te hoe nivelogne ndraike reke. Satria tsy natoky iareo naho fa nahatrea Aze.[15] Le hoe ty nata'e am'iareo hoe: "Tsitsiho ty tane toy,aelezo amy ze kila ndaty ty talily soa. [16]Ze mino naho ka ze atao batisa ro hotahiegne, fa ze tsy mino le hohelofagne. [17][Fagnamarenagne: ty fandikagne soa taloha tagne ro mampiala ty Marka: 16: 9-20]Intoa ty famantaragne hagnorike


generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

iareo mino: amy ty agnarako ty hanoira iareo kokolampogne. Hirehake am'ty firehake tsy nahazatse iareo. [18]Handrae
menaragne am'ty tagnagne iareo, ndra tie minogne raha mahafate iareo le tsy hampagnahe iareo aby zao. Hametrake
tagnagne am'ty marare le hojangagne iabike rey.[19][Fagnamarenagne: ty fandikagne soa taloha ro mampiala ty Marka: 16:
9-20] Naho fa avy nisaontsy tam'iareo t'i Tompo,le nisondrotse mban-dagnitse eo Reke,le niambesatse am-pitan-
kavanan'Andriagnanahare.[20] Nandeha ka i mpiana'e rey nitory mbeo mbeo, niarake niasa am'iareo ty Tompo le natao'e
am'ty famanantaragne nindreza am'iareo ty fagnamafesagne i saontsi'y.

# Luke

## 1

[1]Maro ty nimane nanoratse tantara miomba ze raha nilefe amantika eto, [2]manahake ty fa natalily iareo aze antika, ze fa
nivavaolombelogne nagnatreke maso naho ty mpinday tsara hatra amboalohae. [3]Naho ty Amako le mete avao - naho fa
nisafiriegne ty raha nisy iaby hatramboalohae - ty hamolily an-tsoratse arake ty filaharae ho azo, ry Teofilo ndaty vatae.
[4]Izao ty hahafoignagne ty maregne miomba ze kila raha nagnanaragne azo.[5]Tamy ty andro i Heroda, mpanjaka i Jodia, le
nisy mpisorogne raike atao te Zakaria zay, boake amy ty fokoa i Abia. Anan-kapela i Arona atao Elizabeta zay ty agnara ty
valie. [6]Sambe ndaty nanagne ható amin'Andrianagnahare iareo, nihasy ze lily naho ty sata i Andriantompo. [7]Fie tsy
nanagn'anake iareo, fa betsiterake ty Elizabeta, toe fa sambe niantetse aby ka iareo roe tamy fotoagne zay.[8]Izao ty
miomba i Zakaria amin'Agnahare, nanao ty asa fisoronagne ifandimbezagne isagn'afo'e. [9]Naho fa natao ty fomba iareo
amy ty fijibognagne ze ho mpisorogne fagneva ty hitorogne, le nivoafily antsapake hagnemboke agn'anjomba fivavaha i
Andriantompo ao reke. [10]Tamy lera hagnoroagne emboke ey le nivavake an-tane lavitse ndaty maro rey agne reke.[11]le
ingo ty anjely i Andriantompo niboake amae mijohagne akavana i vatomasigne nisy emboke ey eo. [12]Naho fa nahatrea
aze ty Zakaria, ndra nihondrahondra ty tahotse. [13]Anjely nanao tihoe amae te: "Ko matahotse, rehe Zakaria, fa nirey ty
fivavahao." Hivesatse anake lahy amao ty tagnanjombao Elisabeta. Le i Jaona ty hatao areo agnarae.[14]Hanagne hafaleagne
naho halio fo rehe, mbe ho maro ka ty hirebeke ty fisamahae. [15]Fa ho bey agnatreha i Andriantompo reke. Le tsy hinon-
divay naho toake mahery reke, fa ho feno Fagnahy Masigne boake an-troke agne.[16]Maro amy ty tarira Israely ro hiheren-
doha amin' Agnahare. [17]Hiaólo ty fagnova i Andriantompo amy ty fagnahy naho ty nihery i Elia reke. Natae zay soa
hampitraoke ndraike ty fon-drae amy ty anae. Hagnoriha ty tsy vokatse ze mahilala amy ty lalagne maregne -
Hagnomagne tariratse fa vonogne hoe i Andriantompo ro handigne Aze.[18]Zakaria nirehake amy anjely te: "Akore ty
hafatarako zao? Raho fa rangahe antetse ndre ty valiko ka fa antetse." [19]Le hoe ty natoy anjely naho ty reha'e amae: "Raho
ro Gabriela, mitsangagne agnilan'Agnahare eo. Nirahegne raho hagnombara amao, hinday zai talily soa zao amao. [20]A
izao! Ho moagne rehe, le tsy hahay hirehake, naho tsy sita le avy ty andro hilefea o zao raha iaby zao. Naho ndra tsy
niantofao ty tsarako, ho lefe amy ty andro hoavy."[21]Ndaty rey fa vozake ty ligny i Zakaria. Nilatsa ty hahela ty fijanognae
agn'anjomba fivavahagney ao. [22]Naho fa niakatse reke, le tsy niafake nirehake ama iareo. Fa nifanta'iareo te nahatrea
raha niboake amae tan-anjomban'Agnahare tao reke. Nagnondrotondro iareo ndra nanjare bobo. [23]Naho fa nivita ty
andro nitampera ty fagnompoa'e, le noly an-tragnoe agne reke.[24]Tafara o andro reo, le nivesatse ty Elizabeta naho le
nietake tagnate ty limy volagne. Hoareke te:[25] "Natà i Andriantompo zao,mba hagnafaha'e ty hasalarako ama agnatrehao
ndaty io.[26]Ie nifeno enem-bolagne, le nirahen'Andrianagnahare ty Anjely Gabriela nandeha amy ty tanagne raike ta
Galilea atao Nazareta ao, [27]ho amy ty ampela mbe tsy nahafantatse lahy fa vinorovoro ho valy lahy atao Josefa zay. Mbe
tarira ry Davida avao ka reke, le ty agnara i ampela tsy mahafantatse lahy i Maria. [28]Niheho amae ao reke le nirehake
tihoe: "Salama rehe, ry soavoatse! Andriantompo ho amao ao." [29]Ndra nilatsa amy ty reha'e hoe izao oy reke naho le
nagnontane an-troke te ty salama manao akore ka izay io.[30]Le hoe ty anjely tamae: "Ko matahotse, rehe Maria, fa
nisohen'Agnahare any ihe eo.[31] Ingo, hanagn'anake rehe le hitera-dahy. Le ty tahina'e hatao'o te 'Jesosy'. [32]Ho ndaty bey
Reke le hotokavigne tihoe Ana i Andidimonegne ey. Andriantompo Andrianagnahare hagnomey Aze ty toeragne nanjakà
i Davida razae. [33]Hanjaka hatramparae amy ty fokoa i Davida reke, naho le tsy hisy fatamperae ty fanjakà'e.[34]Le tihoe ty
natoy Maria amy i anjely: "Akore ty ho lia izao, raho toa tsy mbe nandry ama ty lahilahy?" [35]Nanoigne aze i anjely te: "Ty
Fagnahy Masigne ro hizotso amao, naho ty hery andindimbonegne ty ho avy amao. A le ho terake i masigne ey le hatao
izao te Anak'Andrianagnahare.[36]Ingo, ty longo'o Elizabeta mbe nitsokeregne anadahy avao ka ndre te ie fa antetse. Fa faha
enem-mbolagne ty aze, ireke notokavigne te betsiterakey. [37]Fa tsy misy raha tsy ho lefe amin'Andrianagnahare ao." [38]Hoe
Maria: "Intoa raho, ampela mpitoro i Andriantompo. Lonike hoavy amako zao hagnorike ty tsarao. Le nienga aze i anjely.
[39]Tamy ze andro zay, le niavotse ty Maria nikapikapike, nanganike ze tanàgne ambohitse a Jodea agne zay. [40]Namantagne
an-tragno ry Zakaria ao le nanalama i Elizabeta. [41]Naho fa naharey ty feo i maria nanalama aze ty Elizabeta, le
nikambiakambia tsy nahay avao ty ajaja tan-tro'e ao, le nifeno Fagnahy Masigne ty Elizabeta.[42]Le nagnonjogne ty feo'e
mafe reke nanao ty hoe: "Soavoatse amy ty ampela iaby rehe, le soavoatse ka ty anadahy hasamao. [43]Te iraho manao
akore ro le ty rene i Andriantompo ty avy hitilike ahy? [44]Fa ingo, naho fa naharey ty salamao raho, le nihisa tsy nahay
avao ty ajaja an-troko ato. [45]Haha ze niantoke fa ho lefe abike ze raha nampitalilien'Agnahare."[46]Le hoe ty Maria: "Midera i
Andriantompo ty fagnahiko, [47]le ty fagnahiko nifale aman' Andrinagnahare mpandrombak'ahy ao.[48]Fa nivazoho ty fijalea
ty ampela mpitoro'e Reke. A le ingo, hinanekeo ze fonga ndaty le hanao haha ahy iabike. [49]Te ama ty raha tsy tan-tane
tamako nanoe i mahalefe ty raha iabike ey amako, le ho masigne ty tahinae.[50]Fa haharetse ho an-jafe agn'ana'e ty tretre'e
ho'e ze matahotse Aze. [51]Nampiboake ty heri'e amy ty oza'e Reke; nabaratsia'e iareo ze nitregne ama ty raha

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

vinetsetsevetse ty fo'e.[52]Nahoma'e amy ty fahefa'e ty anadahy ty mpanjaka le ty ambane natroa'e. [53]Natao'e vontsigne raha
soa ze nikeré, fa ty mpagnarivo nampolie'e hara'e.[54]Nanome fanampiana an'Israely mpanompony Izy, mba
hahatsiarovany haneho famindram-po [55](araka ny nolazainy tamin'ireo raintsika) tamin'i Abrahama sy ny taranany
mandrakizay."[56]Nijanogne nitoboke amy i Elizabeta ao sabo ho telo volagne ty Maria vaho zay niherigne noly an-tragno'e
agne. [57]Le niavy ty andro hisamaha i Elizabeta ty anae naho le niterake lahy reke. [58]Naho fa naharey ty tretrea i
Andriantompo aze ty tanan-draike amae le nindre nirebeke amae.[59]Naho fa ama ty andro fahavalo le niavy hanavatse ty
ana'e iareo. Le ho notokavy iareo te "Zakaria" manahake ty agnarandrae reke. [60]Fie ty rene'e nandietse nanao izao te: "Tsy
ie zay, Jaona ty hitokavagn'aze." [61]le hoe iareo tamae: "Tsy misy amy ty longo'o notokavigne amo zao agnaragne
zao."[62]Nanao fihetseke taman-dra'e iareo haonignan-drae ty tea'e hatao'e agnara-nana'e.[63] Le nangalake ardoaze ty rae le
sinora'e tao te: "Jaona ty agnarae" le nilatsa izao iaby iareo.[64]Nindry amy zay avao le nisokake ty vava'e nivotsotse ty lela'e.
Nivolagne reke naho le niasaotse an'Agnahare. [65]Nanjary natahotse iabike ty tanan-draike ama iareo. Le fonga naharey
izao talily izao ty an-tanàgne Jodia. [66]Le ze naharey sambe nametsevetse am-po'e agne, nirehake hoe izao te: "Ho inogne ty
ajaja toy io?" Fa ty fitàn'Agnahare ro miomba aze.[67]Le nifeno Fagnahy Masigne ty Zakaria ra'e le nitoky, nagnombara te:
[68]"Deragne ty Andriantompo, Andrianagnahare ty Israely, fa niavy nagnampe naho nagnafake ty tarira'e Reke.
[69]Nanandratse ambone ty marem-panavotagne ho antika an-tragno i Davida reke, [70]manahake ty nitsinara'e ama ty
saontsy ty mpitoky masigne te niandro taolo agne. [71]Handrombake antika ama ty fahavalontika naho amy ty tagna ze
malaigne antika Reke.[72]Nata'e zao hahafoigna ty raentika ty tretrea naho tsy hagnalinoagne titike Masigne ey, [73]tsy inogne
fa i titike tsinara'e ama i Abrahama raentikagne ey. [74]Nifampititike ty hahazoagne antika, naho fa niafake an-tagna ty
fahavalontika, hitorogn'Aze tsy an-tahotse, [75]am-pahamasignagne naho amy ty fahamaregnagne miatreke Aze tsy
hifiliagn'andro.[76]Eka, ihe ro ajaja, ho tokavigne te mpitoky ty Andidimbonegne agne, fa hiaolo ty fagnova i Andriantompo
rehe le hagnamboatse ty lala'e, [77]mba hampiomagne ty ndaty amy ty fiavia'e. Hanoro lalan-kavelogne hoe ty ndaty ama ty
faganahagne ty hakeo iareo.[78]Nisiagne izao ho tretrea masigne ty Andrianagnaharentika, izao ty hibelagna i androy boake
andidimonegne agne hagnampe antika, [79]hagnazava ze mitoboke am-po ty iegne naho ze fa marine ho mate. Hanoe'e zay
hitarihagne ty tombontika ho ama ty fiadanagne."[80]Nihabey naho nanagne herem-pagnahy ajaja ay, tandiolio agne reke
hatra ty hiavia ty andro hiboaha'e vatagne amy Israely.

## 2

[1]Tamy ze andro zay, le nandily ze kila tane hagnisake ze ndaty iabike velogne ambone ty tane toy ty Aogosto Kaisara. [2]Izay
ro isake ndaty natao voaloha'e ta Kyrenio mpandily ta Syria agne. [3]A izao ty ndaty iaby le fonga niheregne amy ze tanàgne
nirifa'e iaby hisoratse agnragne ho amy ty isake ndaty.[4]Le nandeha nimba Galilea agne ty Josefa, Ntenazareta, handeha
hoa Jodia agne, tanà ry Davida atao te Betlehema zay, toe boake amy ty tragno naho longo ry Davida ka reke, [5]nandeha
agne reke hisoratse agnaragne nindre amy Maria, vorovoro ty fanambalia'e fa mivesatse.[6]Le iareo mbe tagne ie, le niavy
ty fotoagne tokoe hiteraha'e naho [7]le nitera-dahy reke, le i reke ro nampisafotse aze lamba voaloha'e naho le nampandry
aze amy fampihinanagne ahitse, fa tsy nahatrea toeragne tan-dotely ao iareo.[8]Teo ty mpiraoke agnondry nitan-tonda tey
avao tamy ty faritse nisy iareo, niaraoke agnondry lahialegne amy ty halegne. [9]Le niboaha ty anjely i Andriantompo
niheho tamy iareo te le ty voninahi'e i Andriantompo ro nagnazava nagnarogne iareo, naho le natahotse iareo.
[10]Nagnombara tihoe ama iareo anjely te: "Ko matahotse, fa hinday talily soa hagnomey hafaleagne raha tsy tan-tane hoe
ty ndaty iabike raho. [11]Te anito le nisy mpandrombake terake hoanareo amy ty tanà i Davida! Ie ro Kristy Andriantompo!
[12]Toa ty famantatse hatoro anareo: "Hahatrea ajaja misafotse lamban'ajaja mandry amy ty fihinanagne ahitse nareo.
[13]Nitampoke teo avao nindre amy i anjely ie, le nisy irake bey boake andagnitse agne nidera nanao tihoeke te: [14]"Hasigne
hoan'Andrianagnahary Andidimonegne agne, le hahazo fiadanagne amy ty tane toy hoe ze ndaty notretreze'e."[15]Naho fa
nienga iareo nandeha an-danitse agne i anjely rey, le i mpiarak'agnondry rey nifampirehake tihoeke: "Ndagne ntika ho a
Betlehema agne, hagnente zao raha ao zao, zao nampahafantare i Andriantompo zao." [16]Nanao lia tsiela agny iareo le
nahatrea i Maria naho Josefa, naho ajaja miroro ambone fagnisiagne ahitse eo.[17]Naho fa nitrea iareo Reke, le nitalily iareo
ty raha nambara ama iareo ty miomba o ajaja ao. [18]Ze nahaonigne izao le nilatsa amy ty raha talilie mpiarak'agnodry rey.
[19]Fa i Maria le mbe nisafiry ze miomba ty raha iabike nirey'e, fa nitana'e agn'arofoe avao. [20]Le nibalike i mpiarak'agnondry
rey, nihasy naho nandaza an'Andrianagnahare amy ty raha nirey iareo naho ty nitrea iareo, amy ze raha natalily iareo.
[21]Naho fa nitampetse ty andro fahavalo, le nasavatse Reke naho le nameagne ty agnaragne te Jesosy, i agnaragne namea'y
anjely Aze taloha ty nametrahagn'Aze an-troke.[22]Naho fa nivita ty isa ty andro hiliova'e, arake ty lily i Mosesy, le ninday
Aze handeha hoagn'anjomba fivavahagne ao ty Josefa naho Maria hagomey Aze Andriantompo. [23]Naho ty fa sinoratse
amy ty lily Andriantompo ao tihoeke ey te: "ty anake lahy nasamake voaloha'e le natao hoe'i Andrinatompo." [24]Ama izao
lily Andriantompo zao le nanese raha hasorogne iareo, "Ndre deho roe ndre vorogne mahilala roe."[25]Teo ze rangahe Nte
Jerosalema, atao Simona zay, rangahe maregne naho mimane raha soa. Nanao ze raha hitroara Israely amy ty Fagnahy
Masigne ao reke. [26]Nambara ty Fagnahy Masigne amae fa tsy ho vilasy reke naho tsy le sita mahatrea i Kristy
Andriantompo.[27]Notarihy ty Fagnahy Masigne, handeha an'anjomba fivavahagne agne ty Simona. Naho fa nitrotro i
Jesosy nizilike ty rae naho ty rene'e, hanao fomba amy ty lily ao, [28]le norambese'e naho trinotro'e Reke naho le nisaotse
an'Andrianagnahare reke nanao tihoe: [29]"Henany zao Andriantompo, le engao raho mpitoro'o ho mate, hagnorike ty
tsara'o.[30]Fa ty masoko fa nahatrea ty rombake, [31]nampitamào niatreke ndaty maro: [32]le ty fahazavagne ho fagnombara
hoe'i Jentilisa naho voninahitse hoe Israely fokofokoa'o."[33]Niverinehake ty rae nao ty rene'e i ajaja ay amy ty raha

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

nosaontsi'e mahakasik'Aze. 34Nanipe rano hoe iareo ty Simona le nanao tihoeke Maria rene: "Ingo, ty ajaja toy
nojibonegne handrarake naho hampitroatse ty tarira i Israely iabike, le ho famantatse ze raha nolieregne - 35Hisy arara
hampite lio ty fagnahio - le ho voambara ze vetsevetsem-po ty maro.36Nisy ampela mpitoky raike atao Ana zay.
Anak'ampela i Fanoela boake amy ty tarira ry Asera reke. Fa antetse reke. Niharo toboke amy ty vali'e tagnate ty fito
taogne reke tafara ty mbe tsy nahafatara'e lahy, 37niampelatovo tagnate ty efatse ambe roapolo taogne. Le tsy mba nienga
ty anjomban'Agnahare reke fa lelia'e nitorogne vavake naho nifaly hanegne avao, tsy nifily andro tsy nifily halegne.
38Tamy fotoagne zay avao le niharine aze iareo le nisaotse an'Agnahare naho nitalily tama'e ty amy i ajaja ay amy ze ndaty
iaby nandigny ty rombake i Jerosalema.39Naho fa nahavita ze raha iabike nampanoegne iareo arake ty lily i
Andriantompo iareo, le nibalike ta Galilia, amy ty tanà iareo a Nazareta agne. 40Nihabey i ajaja ay, naho le niha nahery,
nihendre, le ty hasoan'Agnahare ka le tama'e.41Ty rae amy ty rene'e isan-taogne le tsy tapake mamonjy ty fankalazagne ty
Paska ta Jerosalema agne. 42Naho fa ny roa ambe folo taogne Reke, le nandeha mbeo ka iareo hanao ty fomba fatao naho
fa fete. 43Naho nijanogne tao ampara ty nitampera i fetey iareo le niheregne noly ka. Le nijanogne avao ta Jerosalema ty
Jesosy ndre te ie tsy niarofana ty rene'e amam-dra'e zao. 44Nitamà avao iareo te nindre amy ty ndaty nindre ama iareo
Reke, le agnate ty raike andro iareo nandeha avao. Izay vao nisahiragne nipay Aze ama ty longo'e naho ty ragne'e.45Naho
fa tsy nihita iareo tao le niheregne nandeha ta Jerosalema agne ka, le nipay Aze agne. 46Ie re nitelo andro, le niony iareo
agn'anjomban'Agnahare ao Reke, mitoboke agnivo ty mpampianatse, nitsanogne Aze naho ty nagnontane Aze. 47Ze
nahaonigne Aze le nilatsa amy ty hilala'e naho ty tohin-dreha'e.48Naho fa nahavazoho izao iareo, le niverinehake. Ty
rene'e nanao izao te: "Anake, ino anoa'o izao anay io? Tsanogno, raho aman-dra'o sahiragne naho natahotse ty fipay Azo?
49Nanoigne iareo tihoeke Reke: "Nagnino nareo nipay Ahikeo? Tsy arofana areo vao te tsy ho mbia tsy ho an'anjomba ty
Raeko atoa Raho?" 50Fie tsy naharendreke ty raha tea'e ho tsaraegne iareo.51Le nindre noly ama iareo a Nazareta agne
Reke nagnorike ty laha iareo. Ty rene'e nitagna an-troke avai ze raha nisy. 52 Jesosy nihabey hilala nahao nihabey vatagne,
ro mbe nifankatea amin'Agnahare naho tama o'ndaty.

# 3

1Tamy ty taogne folo lime ambe nanjakà i Tiberie Kaisara - ty tamy Pontio Pilato mbe governora i Jodia, le Heroda ty
mpandily ta Galilea, le i Filipo rahalahie ro tamy ty faritse Itoria naho Trakonitisy, le i Lysania le nandily ta Abilena,
2nandritse ty fisorognam-bey i Aniasy naho Kaiafa - le niavy ama i Jaona anadahy i Zakaria andiolio agne ty
saontsin'Agnahare.3Nandeha amy ty tanagne magnodidigne i Jordana Reke, le nitaogne ty ndaty hiandro naho hiova
havelogne ho fagnahagne ty hakeo.4Naho ty sinoratse amy ty boke Isaia mpitoky tihoe: "Nisy feo raike nikoike mafe boake
andanitse agne manao tihoe: 'Vonogno ty lala i Andriantompo, ano'o mahitsy ty lalagne omba'e.'5Hototofagne iabike ze
tonda, ze vohitse ambone handivagne, ze lalagne mihilagne le ho amboaregne hahitsy, ze toeragne mikorontagne le
hampanjaregne ho lalagne, 6ze nofotse le hahatrea ty tretrean'Agnahare."7Le nagnombara ze ndaty niavy hiandro tihoe ty
Jaona: "Inareo foko i bajigny! Ia ty nandrara anareo hilay ty habosehagne ho avy?8A izao, le mambolea voa fagneva ty
fiovan-kavelogne, ko manao izao ty agn'arofo areo te: 'Izahay fa managne i Abrahama ho rà'ay,' fa zao ty ataliliko anareo,
Andrianagnahare le afake mampanjare ty vato maro toagne ho ana i Abrahama.9A hinane zao ty fekogne fa mipake amy
ty foto ty hatà. Le ty hata tsy mamokatse voa soa le hotapahegne hatorake amy ty afo."10Le nanao izao ty ndaty iaby teo te:
"Inogne areke ty hatao ay?" 11Izao ty natoi'e te: "Naho misy ndaty managne akanjo lava roe, le eva ty hizara amy ty raike
tsy managne reke, le ze managne hanegne ka le hanao ho'e zay avao."12Ndre ty mpitake karatse le niavy hiandro, le nanao
tihoeke: " O mpampianatse, hein ty hatao ay?" 13Nanao izao reke te: "Ze nampitakeagne anareo avao ro takeo fa ko
mangalake ty ambone izay."14Le miaramila maromaro ka ty nagnontane aze, nanao tihoe: "A ty miomba anay? Hein ty
hatao ay?" Joany nanao izao ama iareo te: "Ko manao dramotse fa maliova fo amy ze karama areo."15Naho fa sambe
nadigny ty fiavia i Kristy ty ndaty, le sambe nametsevetse agn'arofo'e mahakasike i Jaona, te reke vao ke tsy reke o Kristy
zao.16 Jaona nanoigne tihoeke tamy iareo: "Naho ty amako, le rano avao ro ampiandroako anareo, fa agne ze ndaty
mandako ahy ty hery'e zay, ndre ty hagnaha ty taly amy ty fandia'e le tsy magneva ahy. Hampiandro anareo amy ty
Fagnahy Masige naho ty afo Reke.17Amy ty fita'e eo ty fikororohagne hagnaliovagne soa ty fanalakagnam-bare naho ty
fijiniagne ty vare ho amy ty hisy aze, fa ho horoa'e amy ty afo tsy mete ho vonoegne ty akofa."18Maro ty faganaragne
nindese i Jaona nagnombara ty talily soa ho e ty ndaty iabike. 19Heroda mpandily naho fa nagnaregne amy ty
fanambaliagne ty valin-drahalahi'e Herodiasy, naho ze raha maro nivita'e, 20ama ty raha manao hoe izao, le nahili'e
amporozo agne ty Jaona.21Le, naho fa nivita fampiandro iabike ty ndaty teo, le nampiandroagne ka ty Jesosy, a naho mbe
nivavake reke, le nisokake lanitse ey, 22le ty Fagnahy Masigne nizotso le nanao sare voro mahilala, le nisy feo boake
andanitse agne nanao tihoeke: "Ihe ro anako, teako. fale raho noho ty amao."23Naho fa nanao ty asa fitorognagne ty Jesosy,
le nitelom-polo taogne tey avao Reke. I Reke ro anadahi'i (naho ty vetsevetse) Josefa, 24ana i Matata, ana i Levy, ana i
Melky, ana i Janay, ana i Josefa.25Josefa le ana i Matitia, ana i Amosa, ana i Nahoma, ana i Elsy, ana i Nagay, 26ana i Mata,
ana i Matatia, ana i Samey, ana i Joseka, ana i Joda.27Joda le ana i Joanana, ana i Rase, ana i Zerobabela, ana i Sealtiela, ana
i Nery, 28ana i Melky, ana i Ady, ana i Kosama, ana i Elmadama, ana i Era, 29ana i Josoa, ana i Eliezara, ana i Joreima, ana i
Matata, ana i Levy.30Levy le ana i Simeona, ana i Joda, ana i Josefa, ana i Jonama, ana i Eliakima, 31ana i Melea, ana i Mena,
ana i Matata, ana i Davida, 32ana i Jese, ana i Obeda, ana i Boaza, ana i Salmona, ana i Nahasona.33Nahasona le ana i
Aminadaba, ana i Adimina, ana i Arny, ana i Hezrona, ana i Fazera, ana i Joda, 34ana i Jakoba, ana i Isaka, ana i Abrahama,
ana i Tera, ana i Nahora, 35ana i Seroga, ana i Reo, ana i Palega, ana i Ebera, ana i Sela.36Sela le ana i Kenana, ana i


generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

Arpaksada, ana i Sema, ana i Noa, ana i Lameka, ana i [37]Metosela, ana i Enoka, ana i Jareda, ana i Mahalila, ana i Kenana,
[38]ana i Enosa, ana i Seta, ana i Adama, anan'Agnahare.

# 4

[1]Tafara izao ty Jesosy, naho fa nifeno Fagnahy Masigne, le niheregne boake ambavarano i Jordana, le nindese ty Fagnahy
Masigne amy ty tane andiolio agne [2]amy ty nangalà i rekoko Aze fagnahy agnate ty efapolo andro. Tsy nikama ndra ino
ndre inogne Reke tagnate izay andro zay, ie amy ty andro fara'e le nikeré avao Reke.[3]Le hoe ty kokolampe amae: "Naho
toe Anak'Andrianagnahare vatae Rehe, le ampanjareo mofo ty vato toy." [4]izao ty natoy Jesosy tihoe: " Voasoratse te: Tsy ty
hanegne avao ty iveloma ty ndaty.'[5]Niavy eo le finaon-drekoko Reke amy ty toeragne ambone le natoro'e Aze tsiela tsiela
ty fanjakàgne iaby ambone ty tane toy.[6] Le zao ty nataon-drekoko te: "Hameako azo iaby ty lily naho ty hasoa'e, fa toe fa
nimeagne ahy reo, naho le hameako ze ndaty teako hameagne aze ka. [7]A naho, mitongalike naho mitorogne ahy Rehe le
ho Azo iaby zay."[8]Fe ie Jesosy nanoigne aze te: "Voasoratse te: 'Hidera ze Andriantompo, ho Andrianagnahareo rehe, le Ie
raike avao ro ho torogneo."[9]Le mbe nindesen-drekoko avao ka ty Jesosy nandeha ta Jerosalema le natao'e amy ty fara'e
ambone amy ty anjomba fivavahagne, le norehafe'e hoe izao te: "Naho te anak'Andrianagnahare Rehe, le akopao boake
ambone etoy ty vatao,[10] fa toe fa sinoratse te: 'Handily ty anjeli'e amao Reke, le hiaro Azo,' [11]le iareo hagnandriagne Azo
amy ty tanae, le tsy ho voatsikamba ty vato ty fandia'o.'"[12]Le nanoigne zao ty Jesosy tihoeke: "Fa natalily te: 'Tsy hangalake
ty fagnahin'Andriantompo Nagnahareo rehe."' [13]Naho fa nivita ty alake fagnahy nata ty kokolampogne i Jesosy, le nandeha
reke naho nienga Aze mandra-piavia ty fotoagne hafa ka.[14]Le Jesosy niheregne ta Galilia ndese ty hery ty Fagnahy, le ty
talily mahakasike Aze le fa fonga nirey ty faritse iabike nagnodidigne. [15]Le nanomboke nampianatse ty Synagoga'e iareo
Reke naho le nitea ty ndaty.[16]Nandeaha a Nazareta, amy ty tane nibeiza'e Reke, naho ty raha fatao'e, le nilitse agn'anjomba
fivavahagne ao amy ty andro Sabata Reke le nijohagne hamoy saontsy mafe. [17]Natolots'Aze ty saresare ty taratasy i Isaia
mpitoky. Nanokake i bokey Reke le vazoho'e ty toeragne nanoratagne izao,[19]Amako ato ty Fagnahy i Andriantompo, toe
jinobo'e Raho hitsara talily soa ho'e ty rarake. Ie ro nagnirak'Ahy hagnafake ty gadra, naho hampatrea indraike ze goa,
hagnaha ze mitoreo, [18]hitalily ty taogne haliovagne fo amin'Agnahare."[20]Le nahoro'e taratasy nahere'e amy ty mpitareke
fivavahagne, le niambesatse Reke. Ty maso ty ndaty ty Synagoga'e agn'anjomba tao le nandrendreke Aze iabike. [21]Le
nisaontsy ama iareo tihoe Reke: "Androany ty hilefe'a izay Soratse Masigne nirey areo izay." [22]Fa ty ndaty iaby tao le
nirehake soa ty miomba Aze naho nilatsa ty rehake soa notsarà'e, le nagnontane Aze te: " Tsy anadahy i Josefa ay vao toy
io?"[23]Reke nanao izao ama iareo te: "Fa haiko te hanao fagnoharagne hoe izao amako nareo te: 'Dokotera, tahao ty vatao.
Fa ndra inogne ndre inogne ty raha niony ay natao ta Kapernaomy, le manoa ho'e zay ka amy ty tanà'o.'"[24] Fa ie zao hoa
Reke: "Ataliliko anareo, fa tsy misy mpitoky maregne amy ty misy aze."[25]Fe ie ambarako soa anareo fa maro ty ampela
vantotse ta Israely tamy ty andro i Elia, naho fa nihily agnate ty telo taogne naho enem-bolagne i lanitse ey, le niavy ty
kere raha tsy tan-tane tamy ze kila tane. [26]Fe ie Elia tsy tamy ty tane misy zao ndre raike, fa ta Zerapata ta Sidona avao,
tamy ty vantotse ze nitoboka agne. [27]Fa maro ty boka ta Israely tamy ty andro i Elisa mpitoky, fe ie le tsy nisy niafa'e ndre
raike naho tsy Namàna Nte Syriana avao."[28]Ze ndaty iabike tamy anjomban'Agnahare ey tao le nimate ty heloke naho fa
naharey o raha aby zao. [29]Nitsangagne iaby iareo le nandrara Aze hisintake tanàgne ey, le nasio iareo amy ty vohitse amy
misy ty tanà iareo, hampitotagna Aze an-tevagne agne. [30]Fe ie nitsile ampo i maro oy ao Reke le nignavelo an-tany hafa.
[31]Le nizotso ta Kapernaomy agne Reke, amy ty tanàgne raike à Galilia agne, le nanoro lalan-kavelogne iareo ka Reke ama
ty andro Sabata. [32]Iareo tao le nilatsa amy ty fagnanaragne natao'e, fa nitsara amy ty heri'e Reke.[33]Le nisy lahy raike
niziliha ty fagnahy raty ty kokolampogne te agn'anjomba fivavahagne tao, le nihorentsegne mafe reke nanao izao tihoe:
[34]"Ah inogne ty raha hiaroantika, ry Jesosy Ntenazareta? Niavy hampidemodemoke anay vao Iheo? Fantako anio te ia
Reheo- Itokagne Masin'Agnahare ey!"[35]Jesosy nandrara kokolampogne ey, nanao izao te: "Mitsigna le miafaha amae ao!"
Naho fa nanorake i lahy naho nanonta aze agnivo eo kokolampogne ey, le niala amae, tsy nahavita ndre ty nampitey lio
aze. [36]Nilatsa iaby ty ndaty tao, le tsy nitapake ty safiry zao. Nirehake izao iareo tihoe: "Ty saontsy manao akore izay io?"
Lili'e amy ty fahefa'e naho ty heri'e ty fagnahy raty le niakatse." [37]Ah izao raha nisy zao le fonga naharey izao laza'e izao
iaby ze faritse nifankarine.[38] Nienga i anjomban'Agnahare ey ty Jesosy le nilitse tan-tragno i Simona ao. Nosahiragne ty
tazo mahery ka ty rafoza i Simona ampela, le nangatake ty hivia'e amy iareo ao. [39]Le nijohagne miatreke aze eo Reke le
nandara i aretegne ey, le niafaka amae izao. Avy le nitsangagne reke naho nitorogn'Aze.[40]Naho fa ny hariva i andro'y, le
sambe ninday ty ndaty iaby marary ty aretigne maro sambe hafa tamy Jesosy teo iaby ndaty rey. Nagnomey ty fitae ama
iareo tsikiraike teo Reke nitaha iareo. [41]Ty kokolampogne tamy iareo tao ka le niakatse ama iareo ao iabike, nikorake mafe
nanao tihoeke iareo te: "Ihe ro Anak'Andrianagnahare!" Fie Jesosy nandrara i kokolampogneey naho tsy nampirehake
iareo, fa toe hay iareo te Reke ro Kristy.[42]Nagnalegnalegne, nagnavelo amy ty tane tsy misy ndaty Reke. Maro ty ndaty
nipay Aze namonjy ty toeragne nisy Aze. Natao iareo ze fomba hitanagne Aze tsy hienga iareo. [43]Nisaontsy tihoe izao ama
iareo Reke te: "Hagnombara talily soa miomba ty fanjakan'Agnahare amy ty tanagne hafa Raho, fa toe izay ty
nagnirahagne Ahy atoy. [44]Niavy eo Reke le nagnonjogne ty fagnombara'e amy ty anjomban'Agnahare notsitsie ty Jodia.

# 5

[1]Le izao ty raha nisy, naho fa nivory agnila i Jesosy eo ty ndaty maro nitsandregne ty saontsin'Agnahare, le nijohagne
agnila ty sikala i Genesareta eo Reke. [2]Nahavazoho sambo kede amy moro sikala ay Reke. Fa niakatse tao mpanjono rey fa
nanasa ty arato iareo. [3]Niditse amy sambokede, ey Simona ay le nangatake amae hampijogna Aze an-drano lavitse i tanete

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

ey. Niambesatse Reke nanoro lalan-kavelogne ze ndaty ivela i sambo kede ey.4Naho fa nivita izay, le niaontsy amy Simona
tihoeke Reke: "Aisiro amy ty laleke soa lakao le ajogno amizay arato areo oy hahazoa'areo fiagne maro." 5Simona
nanoigne Aze izao te: "Ragnandriagne, fa laha niankale anio zahay, fa le noly avao, fe ie naho ty tsarao, le hoazotsoko i
aratoy. 6Naho fa natao iareo izao, le nahavory fiagne laialegne, le niriatse ty arato iareo. 7Le nikoike ty ragne'e am-po ty
sambokede hafa iareo hagnampe iareo. Le niavy iareo le nameno i sambokede roe iareo, lefa ho ny hileteke iareo.
8Simona Petera naho fa nahatrea izao, le nihohoke amy ty fandia i Jesosy, nirehake izao te: "Misintaha ahy, fa ndaty
behakeo raho."9 Fa nahalatsa aze, naho ty nindre ama'e ty habey ty fiagne niazo iareo. 10Tagnate izao ty Jakoba naho i
Jaona, ana i Zebedio, miharo asa amy simona. Jesosy nanao izao amy Piera te: "Ko matahotse rehe, fa ndaty ka ty tarihio
hinanikeo." 11Naho fa nindese iareo niala amy rano'y ty sambokede iareo, le nenga iareo iaby ze raha tao fa nandeha
nagnorike Aze.12Naho mbe tamy tanagney tao Reke, le nisy lahy boka izay ty teo. Vaho nahatrea i Jesosy reke, le nihohoke
naho nilalilaly Amae eo, nanao tihoeke: "Andriantompo, naho zoto'o, le liovo raho."13 Nahitsi'e i Jesosy ty fita'e le
norambese'e reke, naho nisaontsy hoe izao te: "Zotoko, maliova rehe" le eo naho eo avao lefa niafake ty haboka'e.
14Norara'e reke tsy hirehake zao ndre ama ia ndre ama ia, fa izao ty nambarae te: "Mandena amy ty lalao, miboaha amy ty
mpisorogne le mindesa raha hasorogne ho fagnaliovagne azo, arake ty lily i Mosesy, hijoroa'o vavaolombelogne ama
iareo."15Fie ty talily Aze le ndra vao maike niparitake amy i tanàgney avao, le ndaty maro ty niavy hitsandregne ty
fagnanarae naho ninday ty arete iareo ho taha'e. 16Fa ie Reke le misintaka avao amy ty tane tsisy raha le mivavaka agne.
17Tamy ty andro raike nagnoroa'e lalan-kavelogne, le nisy Fariseo naho ty mpampianatse lily nitoboke eo ze nirike amy ty
tanàgne sambehafa amy faritane i Galilia naho Jodia, naho ty boake amy ty tanà i Jerosalema. Ty hery i Andriantompo ro
tama'e ao hitaha'e.18Le nisy lahilahy maromaro niavy, ninday ajalahy raike kepeke amy ty fandrea'e, nanao ze fomba
hindesagna aze hatao aloha i Jesosy eo iareo. 19Tsy nihay iareo ty hanjilihagne aze agnate'e ao fa maro ndaty, le nandeha
amy ty tompo i tragno'y iareo, le nampikomake tafo i tragnoy iareo naho le nampizotso i lahy reketse ty fandrea'e, agnivo
ty ndaty ao, agnoloha i Jesosy eo.20Naho fa nahavazoho ty finoa iareo ty Jesosy, le nanao tihoeke: "Afake ty hakeo'o lahio."21
Sambe nametsevetse ampo'e ao mpahay lily naho i fariseo rey, le nanao izao te: " Ia vao ty lahy mirehake raty tiagne? Ia
ty afake magnaha hakeo naho tsy Andrianagnahare raike avao?22Niarofàna i Jesosy, ty raha vinetsevetse iareo, le
notohine'e tihoeke te: "Nagnino nareo ndra magnontane izao an-troke eo? 23Ty aia ro ndra ho mora rehaka aze: 'Afake ty
hakeo'o' ke ty mirehake tihoe te: 'Mitroara le mandena?' 24Fa ie ampafohinegne anareo fa ty Ana Ondaty le managne lily
hagnaha hakeo amy ty tane toy, le ataliliko azo, mitroara, le ndeso ty fandrea'o le mandena antragno'o agne."25Eo naho eo
avao le nitsangagne nangalake ty fandrea'e miatreke iareo reke, niavy eo le nienga ty teo nandeha antragno'e agne,
nagomey voninahitse an'Agnahare. 26Nilatsa izao iabike ty ndaty teo naho le sambe nagnomey voninahitse an'Agnahare
iaby ka. Nihondrahondra ty tahotse iareo, nirehake zao te: "Nahatrea sahatse tika ty androany."27Tafara ze raha nisy zay
le nagnavelo Jesosy, naho le nahatrea mpitake karatse atao Levy zay nitoboke amy ty tragno famorian-karatsey. Nirehake
zao Reke tama'e te: "Orio Raho." 28Le nitsangagne ty Levy nagnorike Aze, le nafoe iaby ty raha'e.29Le nanao famahagne bey
tan-tragno'e tao hoe'i Jesosy ty Levy. Maro ty mpitake karatse naho ndaty hafa niharo latabatse ama'e niharo fihinagne
tamy iareo. 30I Fariseo naho i mpanoratse lalàgne rey nitoreo tamy mpiana'e rey te: "Nagnino Iheo ro ndra miharo
fihinagne amy ty mpitake karatse naho ty tsy vokatse maro toa ao?" 31Le nanoigne zao ty Jesosy tihoeke: " Tsy mila
dokotera anio ze jaramba; fa ze siloke avao. 32Tsy niavy hikoike ze maren-tane ho Raho, fa hiantso ty tsy vokatse amy ty
fibebahagne."33Le hoy iareo tama'e te: "Iareo mpiana i Jaona le mateteke mifaly hanegne naho mivavake, ty Fariseo ka le
nanao hoe izao avao ka. Fie ty mpianao le mihinagne nao misotro." 34Jesosy nirehake zao te: "Misy ndaty vao mahavita tsy
mampihinagne hanegne ty longo ty mpamokatse naho mbe amy iareo eo i mpamokatsey? 35Fe ie hoavy ty andro
hangnafahagne ty mpamokatse izao amy iareo eo, le amy izay vao hifaly hanegne iareo."36Le nanao fagnoharagne tamy
iareo ty Jesosy te: "Tsy misy ndaty mandriatse antsasa ty lamba'e vaovao le mampiasa izao amy ty lamba'e fa taloha. Naho
manao izao reke, le manimba ty lamba vao'e, ty tapa i lamba vao'ey ka tsy hifagnorike amy lamba fa raty'ey.37Tsy misy
ndaty hagnisy divay ty siny holitse fa niasa ela. Naho manao izao reke le, naho manao izao reke le hampitriatse i holitsey
i divay vaovao'y, le ho longagne i divay, le ho simba ka i siny holitse'y.38 Fa ty diva'e vaovao le tsy maintsy hatao agnate ty
siny holitse vaovao. 39Tsy misy ndaty boake ninogne ty divae taloha le hipay ty vao'e, fa hanao zao reke te: " I taloha'y ro
soa."

## 6

1Le naho fa ny Sabata le nandeha an-tanembare'y ty Jesosy le i mpiana'e rey nangalake ty salohim-bare, le nikoseke izao
an-tanà'ey le nihinagne ty vokatse. 2Ty ila'e tamy iareo Fariseo nirehake tihoe: "Manao akore nareo tsy manao raha amy ty
tokoe ho ie ro ndra manao izao amizao andro Sabata zao?"3Izao ty natoy Jesosy teo fa nikere reke: "Mbe tsy vinaky areo
vao ty raha natao i Davida nah iareo naho ty lahilahy nindre ama'e? 4Nizilike an'anjomban'Agnahare ao reke, le nandra'e
ty mofo ty fagnatrehagne naho nikama kedekedeke amizao, le namea'e kedekedeke tamizao ka ty lahilahy nindre tama'e
hihinagne amizao, ty mpisorogne avaoro orihe ty lily naho mihinagne amizao. 5Naho ny avy teo le nanao izao Reke tihoe:
"Ty ana o'ndaty ro tompo ty Sabata."6Tamy ty andro Sabata hafa ka le niditse ta Synagoga tao Reke le nampianatse ty
ndaty tao. Nisy lahy mate tanagne havanagne zay ty tao. 7Niambegne soa Aze avao i mpanora-dalàgne naho fariseo rey
hahavazoho te hitsabo ndaty amy ty andro Sabata ka Reke, mba hahafaha iareo hizaka Aze. 8Fe ie niarofàna'e ty raha
agnate ty say iareo le izao ty norehafe i Jesoa tamy lahy maty tanagney te: "Mitsanagàna le miavia agnivo ty maro etoa."
Le nitsangagne i lahy le nijahigne teo."9Jesosy nirehake zao te: "Magnontane anareo Raho, mete amy ty andro Sabata vao

ty fanoagne soa ke ty raty, ty manavotse fiaigne va ke ty mamoteke aze?" [10]Le nitolike ty magnodidign'aze iabike Reke le
nirehake tamy lahy te: "Ahintsio ty tagna'o" le nanao izao reke, le nisitragne ty tagna'e. [11]Nimate ty heloke iabike iareo le
nifampirehake mahakasike ty tokoe hatao iareo amy Jesosy.[12]Tamy o andro zao le nandeha am-bohitse agne Reke
hivavake. Notohiza'e le nihalegne avao ty fivavaha'e tamin'Agnahare. [13]Naho fa ny maray, le nitoka i mpiana'e rey hoama'e
eo Reke, naho nijibogne ty folo roa ambe tamy iareo, le notokavy'e te Apostoly.[14]Ty agnara o'Apostoly reo le Simona
(nantsoegne te Petera) ty rahalahi'e Andrea, Jakoba, Jaona, Filipo, Bartelemeo, [15]Matio, Tomasy, Jakoba anaka lahy i Alfeo,
Simona antsoegne te Zelota, [16]Jodasy ana i Jakoba, le i Jodasy Iskariaota, nanjare mpifotetse.[17]Boakeo Jesosy nizotso boake
ambohitse'y nindre amy iareo le nitsangagne amy ty tane maregne reketse i mpiana'e rey naho ty ndaty maro boake Jodia
naho Jerosalema naho ty boake amy ty moro i Tyro naho Sidona.[18] Niavy teo iareo mba hitsanogn'Aze naho ty mba
hitsaboagne iareo. Sitragne iaby ka ndre ty ndaty trinobo ty fagnahy raty. [19]Ty ndaty iaby teo le nipay lalagne ty hitsapa
Aze fa nikatse tama'e ty hery magnitra, le nisitragne iaby iareo.[20]Le nitolike amy mpiana'e rey Reke, le nirehake tihoeke:
"Haha nareo ze rarake, fa hoanareo ty fanjakan'Agnahare. [21]Haha ze kere amy hinane zao, fa ho vontsigne nareo. Haha
nareo ze mitagny hinaneo, fa hihehe nareo.'[22]Haha nareo ze heje o'ndaty, irihia'iareo naho haratie iareo, noho ty amy ty
Ana o'Ndaty. [23]Mifalefalea amy zao andro zao le mirebeha, satria ho azo antoke fa hadrae valenkasoa boak'andanitse agne
nareo, fa manahake zay ty nindesa o razagneo o'mpitoky reo.[24]Fa ho hakeo areo managne vara, fa fa niazo areo ty raha
nampalio fo anareo. [25]Loza'areo ze vontsigne amy o hinane zao, fa mbe ho keré nareo naho fa afara agne. Loza'areo
mihehe amy hinane zao, fa hisaona naho hitagny nareo naho fa afara agne.[26]Loza'areo, naho fa magnombara raha soa
ama'areo ze kila o'ndaty, fa toe manahak'izay ty natao ty raza'iareo tamy o mpitoke sandoke reo.[27]Fa magnombara anareo
ze mitsanogne Raho, miragneta ty fahavalo'areo le manoa soa amy ty malaigne anareo. [28]Tretrezo ze magnozogne anareo
le mivavaha ho'e ze manao tsinontsinogne anareo.[29]Naho misy mijera ty fifio raike, le ameo aze ka ty raike, naho misy
mitavagne ty lambao, le ko azitse ndre ty fisikio. [30]Ameo aby ze mangatake amao. Naho misy mangalake ty raha'o, le ko
milalilaly ty hagneregnagne izao amao.[31]Manahake ty raha irie'o hatao ty ndaty amao, ro tokoe hatao ka amy iareo.
[32]Naho ze ndaty tea azo avao ro ho teao, inogne ty soa ho azo'o amizao? Fa ndre ty ndaty tsy vokatse aza le tea ty tea aze
ka. [33]Naho ty ndaty manao soa amao avao ro hanoa'o soa, le inogne ty soa hoazo'o amizao? Fa ndre ty tsivokatse ka le
manao manahak'izay. [34]Naho tsy hampitrosa naho tsy ndaty mahavake izao amao avao rehe, le inogne ty soa hoazo'o
amizao? Fa ndre ty tsivokatse le mampitrosa avao amy ty tsivokatse, hahazoa'e raha manahak'izay avao.[35]Fa mamio ty
fahavalo'areo le manoa ty soa amy iareo. Mampitrosa le ko mitamà ty vale'e le ho bey ty valesoa hoazo'areo le ho ana ty
Andidimbonegne agne nareo, fa Ie vata' le soa fagnahy amize ty tsy misaotse naho ty ndaty raty fagnahy.[36] Miferegnesa
manahake ty Rae'areo mpiferinaigne.[37]Ko mitsara, le tsy ho tsaragne nareo. Ko magnomey tahegne, le tsy homean-
tahegne, votsoro ty hafa, le hovotsoragne ka nareo.[38]Magnomeza, le omeagne anareo ka izao. Ty matarike - atao vatae,
mindre ahetseke le mitoborogne - ro ho ahiligne ampofoao eo. Arakarake ty fatra areo, ro hamaragne anareo hoe zay ka.
[39]Le nanao fagnoharagne ho'e iareo Reke. "O vao ty goa afake hitarike goa hafa? Nao manao izao iareo tsy ho tota agnate
ty aly iaby iareo roe, ke tsie? [40]Ty mpianatse raike le tsy bey noho ty mpampiana'e, fa ze nahavita ty fiofana'e le ho
hambagne amy ty mpampiana'e.[41]Nagnino ihe mahatrea ty hatà kede agnate ty maso ty rahalahio, fie tsy mahatrea ty
hatà bey miebagne agnate ty maso'o? [42]Ty akory ty irehafao ty rahalahio tihoe: "Votsoro raho rahalahe, hangafake ty hatà
kede amy ty maso'o tiagne,' fe ie ndra ty bey amao tsy le tsy trea'o? Ry piso mpagnaja hoho! Afaho agnate ty maso'o ao hey
ty hatà bey, le hahaonigne soa rehe le afake ty hatà kede agnate ty maso ty rahalahio.[43]Fa tsy misy hata soa hamokatse voa
raty, na hazo raty hamokatse voa soa. [44]Fa ty hatà tsikiraike le fantatse avao amy ty voa maro vokare'e. Fa tsy afake hipay
voan'adaro amy ty fatike ty ndaty, na hangalake voaloboke ama ty hatà voaroy.[45]Ty ndaty soa le mamokatse soa amy ty
hareagne soa ty fo'e, le ty ndaty raty mamokatse raty boake amy ty hareagne raty ty fo'e. Fa ze aboa'e ty fo'e ro rehafe ty
vava'e.[46]Magnino nareo mitoka Ahy: 'Andriantompo, Andriantompo,' mone izao ty raha tsarako tsy orihe areo? [47]Ty ndaty
iaby miharine Ahy naho mitsanogne ty rehako le magnorike izao, le ambarako anareo te manahake ty inogne reke.
[48]Manahake ty ndaty nagnamboatse tragno reke, le nihaly laleke ty tane hagnoregnagne foto-tragno ambone ty vato. Naho
fa niavy ty oragne nanjare ranobey, le nagnaly lalagne handrodagne o tragno zao, fa le tsy hampagninogne aze, satria soa
ty foto'e.[49]Ze ndaty nitsanogne ty tsarako fa ie tsy nagnorike izao, le hanahake ty ndaty nagnorigne tragno ambone ty tane
tsy nagnisy fototse. Naho fa niavy handrodagne o tragno ty rano bey, le ho rava amy inge avao izao, le tsy ho ei sasa o
tragno zao."

# 7

[1]Naho fa nahavita saontsy niaholo ndaty teo ty Jesosy, le nizilike ta Kapernaomy Reke.[2]Le nisy kapitene raike nanagne
mpitorogne izay nihasia'e, narary le fa raty zay. [3]Naho fa naharey ty talily mahakasike i Jesosy reke, le nagnirake ty
lahibey Jiosy ho Amae agne, hangataka Amae ty hiavia'e hitaha ty mpitoro'e. [4]Le naho fa niavy tamy Jesosy eo iareo, le
nilalilaly tamae, nanao tihoeke: "Evà ty hatao'o izao amae reke, [5]fa toe tea ty tanendraza'ay, le mbe i reke avao ka ty
nagnamboatse anjomban'Agnahare ho anay."[6]Le nionjongne nindre amy iareo ty Jesosy. Le naho mbe ni-lavitse i tragnoy
Reke, le nagnirake ajalahy i kapiteny hirehake Amae tihoeke: "Andriantompo, ko manahiragne ty vatao Rehe, fa tsy
fagnevako ty izilihao amy ty tragno misy ahike. [7]Izao le nanao izao ty vetsevetseko te tsy fagneva ty vatako ro hiharine
Azo, fa misaontsia saontsy raike le ho sitragne ty mpitorogne ahy. [8]Ndre raho ka le lahilahy mbe ambane fahefagne,
managne miaramila mbe ambaneko avao ka. Hoa raho tamy ty raike toy te: 'Mandenà,' le mandeha reke, le amy ty raike
hafa ka: 'Mbetoa,' le avy reke, le amy ty mpitoroko ka te: 'Ano'o toy' le atao'e zay."[9]Naho fa nahaonigne izao Jesosy, le

nilatsa amae Reke, le nitolike amy ndaty maro nagnorike Aze nanao tihoeke: "Atalíliko soa anareo, fa ndre ty ta-Israely le
tsy nahatreavako fiantofagne manahake zao." 10Naho fa niheregne ta-tragno agne ze nirahegne hoagne, le nahavazoho fa
jangagne soa i mpitorogney.11Tafara izay tsy niela avao, le nandeha amy ty tanagne tokavigne Naina zay Jesosy, nindre
tamy ty mpianae naho ty ndaty lahialegne. 12Naho fa narine ty lala i tanàgney Reke, le nisy lahy nivilasy fa nindesegne
niakatse, anake lahy heka ty rene'e (fa tsy amy ty vali'e), le ndaty maro boake amy tanàgne ty nindre amae.13 Naho fa
nahavazoho aze ty Andriantompo, le nirotike ty arofo'e nanao tihoeke: " Ko mitagny" 14le nanganike Reke nitsapa i vata
misy i volamena ay, le nijanogne i ninday aze rey. Hoa Reke te: "Ie zao kahe, manao zao amao Raho, mifohaza." 15Le
nitsangagne i nimate'y nahavita nirehake, le i Jesosy nanese aze aman-drene'e ey.16Le nindra ty taho'iareo, le sambe
nagnonjogne ty fisaoragne an'Agnahare nirehake tihoe: "Mpitoky bey ro natroatse ho amy tikagne eto" le
"Andrianagnahare ka nitretrea ty tarira'e." 17Ty talily mahakasike i Jesosy toy le nirey sikala a Jodia naho ty faritse iabike
narine aze.18I mpiana i Jaona rey nitalily amae miomba o raha reo. 19Le nitoka roe amy mpianae rey ty Jaona le nagnirake
iareo ho amy i Andriantompo hirehake tihoeke: "Ihe vao linigne'o, ke mbe tokoe hagnente hafa ntikagne? 20Le naho fa
niharine i Jesosy iareo, le hoe natao i lahy rey te: "Jaona mpampiandro nagniraka anay Amao atoy io hagnontany tihoe:
'Ihe vao linigne'o, ke mbe tokoe hagnente hafa ntikagne?'"21Tamy zao lera zao le nagnaha ndaty maro ama ty aretegne,
toreo naho fijaleagne boake amy ty fagnahy raty Reke, le ndaty goa maro ro nampahatreave'e. 22Nanoigne iareo tihoeke
Jesosy te: "Naho fa boake amy ty lalagne nomba'areo nareo, le atalilio amy Jaona ze nioniareo naho ty nirey areo.
Nahatrea ty goa, nandeha ty kepeke, nalio ty boka, naharey ty karenegne, nivagnombelo ty nimate, le nagnombaragne
talily soa ze ndaty agnate ty tsy fisiagne. 23Haha ze ndaty tsy mijanogne miantoke Ahike amy ze kila raha ataoko."24Naho fa
nandeha ndaty nirahe i Jaona rey, le nisaontsy amy ndaty maro miomba i Jaona tihoe Jesosy: "Hagnente ino ty niakara
areo andiolio agne? Bararata naezegneze ty rivotse vao? Ndra hagnente inogne ty niboaha'areo agne? 25Lahilahy
nihamigne soa vao? Henteo, fa ze magnisy akanjo lafo vily naho iareo miaigne amy ty fiainagne soa fa le amy ty anjomba
ty mpanjaka ao. 26Ndra hagnente ino ty niboaha'areo agne? Mpitoky vao? Eka, hoa Raho ama'areo, fa ie le mbe mandako
ty mpitoky.27Ie ro fa sinoratse tihoe te: 'Ingo, halefako hiaolo azo ty mpinday ty hafako, izay hanomagne ty lalao mialoha
azo.' 28Atalíliko anareo, fa ama areo nasama ty ampela le tsy misy bey nao oharegne ama i Jaona. Fa ie ty farae kede amy
ty fanjakan'Agnahare ro bey naho reke."29(Naho fa naharey zao ze ndaty iabike, ty mpitake karatse, le nagnombara fa
maregne ty Andrianagnahare, fa toe niandro amy ty fampiandro i Jaona iareo. 30Fa ie iareo Fariseo naho iareo mpahay
lily Jiosy rey le nandietse ty vetsevetsen'Agnahare ho'e ty vata'iareo, fa toe tsy nampiandro i Jaona .)31"Amy ty inogne, ro
mete ampanahafeko ty tarira ty ndaty toa? Manahake ty inogne igny iareo? 32Manahake ty ajaja mihisa antsena ao iareo,
zay mitoboke naho mifampitoka mirehake tihoe: 'Nitioka soly hoanareo zahay, fie tsy nitsinjake. Nibeko tama'areo zahay
fie tsy nitagny nareo.'33Fa Jaona mpampiandro niavy tsy nihinagne mofo naho divay, le hoe nareo te: Misy kokolampogne
reke.' 34Ty Ana Ondaty niavy nihinagne amy ty mofo le hoe nareo te: 'Henteo fa mahavetse naho mpinogne Reke, ragne'o
mpitake haga naho ty tsivokatse!'35 Fa ty hilala le fa voamaregne amy ty anae iabike."36Le ty raike tamy Fariseo rey
nampandroso i Jesosy hindre hikama amae. Le naho fa nilitse tantragno i Fariseo'y tao ty Jesosy, le niambesatse nikama
ambone latabatse. 37Indroa nisy ampela raike tsivokatse an-tanagna eo. Naho fa nioni'e te fa niambesatse amy lataba i
Fariseo'y Reke, le ninday fitovy nifeno menake magnitse reke. 38Le naho nitsangagne tafarae narine ty fandia'e reke, le
nitagny nampipopoke ty ranomaso'e hahalegne ty tomboe, le finafae tamy ty volo'e naho le norokorofae, le nagnosotse
zao tamy mena'e magnitsey.39Naho fa nahatrea izao i Fariseo nampandroso i Jesosy, le nametsevetse an-troke te: "Naho
toe ny mpitoky ty lahy toy, le nifanta'e te ampela manao akore o miozaoza Amae eo, te tsivokatse."40 Jesosy nanoigne aze
nisaontsy tihoeke: "O Simona, misy raha ambarako amao." le hoareke te: "Ambarao izao, mpampianatse."41Jesosy
nisaontsy hoe izao te: "Teo ty mpampitrosa nanagne mpitrosa roe lahy. Ty raike tokoe hagnavake lime anjato denaria, ty
raike lime ampolo. 42Naho fa sambe tsy nahavake izao tamae iareo roe lahe le sambe nenga'e agne izao. Naho izao, le ia
amy iareo roelahe areke ro loe ho tea Aze? 43Simona nanoigne Aze nanao tihoe: "Tsy ho ny hanavake bey ie." Le hoe ty
Jesosy amae te: "Maregne ty tsarao."44Nitolike amy ampelay ty Jesosy le nirehake amy Simona te: "Onio ty ampela tiagne.
Nilitse an-tragno'o atoa Raho, tsy namea'o rano hanasako ty tomboko, fa ie nampipopoke ty ranomaso'e handegnagne ty
tomboko le namafa izao ama ty volo'e. 45Niavy Raho tsy norofao, fa ie le tsy nitofa ty nagnoroke ty tomboko.46Rehe tsy
nagnosotse diloilo ty lohako, fa ie le menake magnitse ty nosorae ty tomboko.47 A izao le atalíliko azo fa, ty hakeo'e lako le
afake amy ty habey ty fitea'e. Fa ze nahafahagne kede, le kede hatea."48Le hoa Reke amae te: "Afake ty hakeo'o."49 Iareo ze
niaro toboke teo le sambe nifangnontane tihoe: "Ia Intoy afake magnaha hakeo?" 50Le hoe ty natao i Jesosy amy i ampelay
te: "Ty finoa'o ro naharombaka azo, mandenà aman-kasoa."

## 8

1Tafara izay le namonjy tanagne maro naho vohitse maro isan-karazae ty Jesosy, nitalily naho nisaontsy fagnombara soa
mahakaseke ty fanjakan'Agnahare. Nindre amy iareo roambefolo lahy, 2manahake o ampela ilae niafake amy ty fagnahy
raty naho ty aretegne: Maria notokavigne te Magdalena, ty fa nagnakaragne kokolampogne fito, 3Johana, valy i Koza
mpandrae ty raha alakany i Heroda, le i Sosana; naho ty maro hafa iaby, zay tamy ty fanagna iareo, le nagnomey izay
nilae iareo.4Naho mbe nisy ndaty maro nivory, le niavy niharine Aze ty ndaty tsikiraike boake amy ty tanàgne misy aze, le
nanao fagnoharagne reke te: " 5Nisy mpambole niavy hamafe ty voa'e. Naho fa reke namafe le nahazo ty sisy i lalagney ty
ilae, le nivoalialia izao, le nizamane ty vorogne. 6Fa ty ilae ka nifafe tamy ty vato, fe ie vaho nitiry, le nikorefotse naho fa
tsy nilegne.7Ty ilae nahazo ama ty tsilo, le nindre nitiry reketse i fantikey i voa zay ndra namehe aze. 8Ty ilae nahazo ama

ty tane mamokatse le nagnomey vokatse soa raha tsy tantane." Tafara i Jesosy nitsara o raha maro reo, le nihorentsegne
mafe Reke nanao tihoeke: "Ze managne sofigne hitsanognagne, le mitsanogna."9Nagnontane Aze i mpianae rey ty amy ty
tea'e ho ambara amizao fagnoharagne zao. 10Le hoe Reke te: "Fa nomeagne anareo ty fahafantaragne ama ty raha mietake
amy ty fanjakan'Agnahare, fa hoe ty ilae le manao fagnoharagne Raho, mba tsy hahaonigna iareo ndre ty iareo
mahaonigne, le tsy ho fanta iareo ndre ty rei'e."11Le izao ty ombà i fagnoharagne zay: Ty voa le saontsin'Agnahare. 12Ty
nifafe an-dalàgney le iareo ze naharey, fie nanjary ny kokolampogne le nandrae ze rehake tagnate ty fo'e ao, mba tsy
hinoa'e le tsy ho tra-drombake iareo. 13Le iareo tama ty vato rey, naho fa naharey i saontsy, le nandrae zao an-kafaleagne.
Fa ie tsy misy fototse, tsiela avao ty finoa iareo, le naho avy ty fotoagne hanoagne tsokevetse iareo le ho poke iareo.14Ze
voa nifafe tama ty tsilo zay le iareo ze naharey ty saontsy, fa naho fa nandeha amy ty lalae iareo le finehe ty varae naho ty
fikaramagne naho ty raha soa amy ty tane toy, le tsy nisoa ty voa'e. 15Fa ty voa nafafe tamy ty tane soa, le iareo naharey
saontsy amy ty fo maregne naho soa, le iareo ze mitagne zao soa le namokatse zao am-paharetagne.16Le tsy misy ndaty
mamelogne jiro, le tinako'e amy ty rako'e na hanao izao ambane fandriagna agne. Fa hanao izao amy ty toeragne fisiagne
jiro, mba ho talake ty maro ze militse ty hazavagne. 17Toe tsy misy raha avony tsy hiboake, ndra raha ahetake natao tsy ho
fantatse le hiboake amy ty raha mazava. 18Le mitsanogna soa ze managne, le mbe hotoloragne ze beibey, fie ze tsy
managne ka, le ndra ty raha tama'e ho azo'e le mbe hoafahagna amae.''19Niaveo ty rene'e naho ty rahalahi'e niharine Aze,
fie tsy niafake ty niharine Aze noho ty hamaro ty ndaty. 20Le nisy nagnombara Aze te: "Ty reneo naho ty rahalahio
miambegne Azo an-tany ao, te hahavazoho Azo. 21Jesosy nanoigne iareo tihoeke: "Reneko naho rahalahiko ka ze
mitsanogne ty saontsin'Agnahare naho ty manao izao."22Ndraike andro le nijogna amy ty sambo kede Reke reketse ty
mpiana'e, le Reke nirehake izao tamy iareo tihoe: "Handeha tika hoandafy sihanakey." 23Le nandeha iareo. Le naho fa
nandeha ingy iareo le niazon-droro ty Jesosy. Le nisy rivotse bey niavy amy sihanakey, le nifeno rano i sambokedey, le fa
alokalofe ty raha loza iare.24Le nadeha mbamae teo iareo mpianae hamoha i Jesosy, nanao tihoe: "Andriantompo!
Andriantompo! ho mate ntika!" Le nifoha Reke le nirehake mafe i rivotsey naho ty onja i ranoy, le nijanogne, le nikepake
soa ty tamy iareo. 25Le nirehake tamy iareo Reke te: "Aia ty finoa'areo?" le nihondrahondra ty tahotse iareo. Natahotse ro
niveren-draha iareo, le nifagnontane tihoe: " Ia moa o lahio, ro ndra rano ndra ty rivotse rarà'e le mete iabike."26Naho fa
nahazo ty faritse i Gerasena, mifagnila amy ty sihana i Galilia. 27Le naho fa tambonem-bongo ey ty Jesosy, le nifanalaka
amy ty lahilahy raike boake an-tanagne misy kokolampo zay. Le fa ela ty tsy nisikina'e naho ty tsy nitoboha'e agnate
tragno fa lefa tan-kibory tey avao.28Ie nahatrea i Jesosy reke, le nikorentsegne mafe agn'ampeo naho nihohoke nanao
tihoeke: "Inogne ty raha ifandrambesako amao Jesosy, Ana i Andidimbonegne agne? Feregneso raho, ko ampijaleagne
raho." 29Le Jesosy nandrara o fagnahy ratio hiala amy o lahio. Fa fa niela ty nahazoa'o lahy io zao, le ndre ty finatotse tamy
ty rojo vigne reke handroizagna aze, le pinotepote'e iaby o rojo'o le mbe nindese ty raha amy ty tane tsy trea maso iaby
reke.30Jesosy nagnontane aze te: "Ia ty agnarao?" Le hoareke te: "Legiona," fa toe fa maro ty kokolampo nilitse amae. 31Fa o
kokolampo reo nangatake Amae ty tsy hagnariagne aze andavake lalike agne.32Le nisy lambo maro nihinagne tagnila i
vohitsey. Le nangatahae i kokolampo rey Amae ty himoake amy io ao, le nimete ty Jesosy. 33Le niakatse tamy o lahio i
kokolampo rey le nifindra tamy lambo rey, le nibaratsiake nilay ampo ty haly i lambo rey le nitonta agnate ty sihanake le
nimate.34Naho nahavazoho ty raha nisy teo i mpiraoke i lambo rey, le nivoratsake nilay naho le nitalily zao tatonda agne.
35Izao le niakatse iaby ty ndaty tan-tanàgneo hagnente zao raha nisy zao, le niharine i Jesosy iareo le nahatrea i lahy raike
niakara i kokolampogney. Le i lahy nitoboke agnila i Jesosy teo, nisikigne naho fa nahilala, le nanjare natahotse aby iareo.
36Le iareo ze nahatrea izao le nitalily ty fomba nahasitragne i lahy nilira ndrekoko'o. 37Le ze ndaty fokoa iareo Gerasena le
nangatake ty hisintaha i Jesosy amy iareo eo, fa nitititititike ty tahotse iaby iareo. Izao le nandeha amy ty sambo kede Reke
mba hafahae iareo hiheregne.38I lahy raike niazo ty kokolampogney nangatake ty himetea'e fa hindre amae, fie Jesosy
nagnirake aze nirehale izao te: 39"Miheregna an-tragno'o agne le agnombarao ze raha nisy iabike ty nataon'Agnahare
amao." Le i lahy le nandeha amy ty lalae, le nitalily zao tamy ze tanàgne iabike arake ty nampanoa i Jesosy aze.40Le naho
fa niheregne ty Jesosy, le nandrae Aze ze ndaty tao, fa toe fa nandigne Aze ka.41 Le ingo, nisy lahy natao Jairo zay, raike
amy ty mpitarike ta Synagoga ao, le niharine naho nihohoke amy ty fandia i Jesosy, le nangataka Aze ho mbamae an-
tragnoe agne, 42fa ty anan-kampela'e heka'e, ampela mbe folo taogne roe ambe, lefa marine ho mate. Le naho fa nandeha
amy ty lalae ty Jesosy, le nifampisisike magnodidigne Aze iaby ze ndaty tan-tanàgneo.43Le nisy ampela raike fa nagnare ty
lio'e fa agnate ty roambifolo taogne ty teo ro fa nampikintsigne ty volae iabike, [Fanamarenagne: Ze ndaty managne ty
fahaia'e le nagnomey hevetse naho tokoe hampidirigne etoa ty fehen-drehake te: nampikitsignety volae iabike (reke)] fie
le tsy nisy nahasitragne ndre ia ndre ia. 44Le nimbafara i Jesosy ao reke le nitsapa ty lamaba i Jesosy, le avy le nijanogne eo
naho eo avao ty lio'e.45Jesosy nagnontane izao te: "Ia nitsapa Ahike aniany?" Naho fa nilagne ty maro, le hoe ty Petera te:
"Andriantompo, magnodidigne Azo iaby ze fonga ndaty sambe mikiteke Amao." 46Le Jesosy nanao tihoeke: "Nisy nitsapa
Ahike, k'atao le avy le nisy hery niafake tamako ato."47Naho fa nitrea i ampelay te mbe tsy takogne reke, le nitititititeke
naho nihohoke Amae eo. Le nifoti'e agnatrehao ndaty eo ty antoe nitsapa'e Aze, naho ty fomba avy le nahasitragna aze eo
naho eo. 48Le Reke nirehake amae te: "O anak'ampela, ty finoa'o ro nahajangagna azo, mandena am-piadanagne."49Niaveo
naho mbe reke mirehakey, le nisy ndaty raike boake an-tragno ty mpitarike ty Synagoga, nanao tihoe: "Fa mate ty
anak'ampelao. Ko sahiranegne sasa o mpampianatseo." 50Naho fa naharey izao ty Jesosy, le namale i Jairo tihoeke Reke te:
"Ko matahotse, fa minoa avao, fa ho sitragne zay."51Naho fa nizilike an-tragno ao Reke, le nandrara ty ndaty tao tsy hisy
hilitse naho tsy i Petera le i Jaona naho i Jakoba avao, le ty rae i ampelay naho ty rene'e. 52Le ty ndaty tao le nisaona naho
nitagny aze iabike, 53fa Reke nanao tihoeke: "Ko mitagny nareo, fa tsy mate reke fa miroro." Le nihehea iareo Reke, fa fa

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

mate ty fafantara iareo i ajaja ampelay.[54]Le norambese'e tamy ty fita'e i ampelay le nikoike mafe Reke, nanao tihoeke:
"Anake, mifohaza!" [55]Le niheregne ty fagnahi'e le avy le nitsangagne eo naho eo reke. Le nagnirake iareo hagnomey
hanegne aze Reke. [56]Le niverinehake ty rae naho ty rene'e i ajajay, le rinara'e Jesosy tsy hampibeobeoke zao raha nisy tao
zao.

# 9

[1]Nitoka o roambifolo lahy Reke le nagnomey iareo ty here naho ty fahefagne amy o kokolampo iabike naho hahasitragne
aretegne maro. [2]Nirahe'e iareo hitalily ty fanjakan'Agnahare naho hagnasitragne ze marare.[3]Hoa Reke tamy iareo te: "Ko
minday raha ndra ino ndre inogne amy ty lia areo nareo_ tsy misy kobaigne, tsy misy findesan-kanegne, tsy misy mofo,
tsy misy vola, tsy misy sikigne hafa. [4]Ze trano iziliha areo le mitoboha ao avao mandrapiavia ty handenà areo.[5]Ndre aia
ndra aia tsy mandrae anareo, naho fa mienga o tanàgne zay nareo, le fafao hiala amy ty tombo areo ty vovoke ho
famantaragne ty fagnoheragne iareo." [6]Niaveo le nandeha iareo amy ze fonga tanàgne, nitalily ty fagnombara soa naho
nanasitragne ze niony iareo tey.[7]Le nirey Heroda iaby zao raha nisy zao, le tsy nifantae ty ho natae, fa ty ilae nirehake zao
te i Jaona mpampiandro nivanom-belogneo, [8]le nisy nagnombara te niboake ty Elia, ty ilae ka nanao tihoeke te raike amy
ty mpitoke nivanom-belogneo Reke. [9]Heroda nanao tihoe: "Izaho ty nanapake ty loha i Jaona, le mbe ia ka ro hahareizako
raha manahake izay?" Le nanao ty fomba hahatreavagna Aze reke.[10]Naho fa niheregne i Apostoly rey, le nitalily tamae ty
raha nivita iareo. Niaveo le nindese'e nindre Amae iareo, le nandeha nisintake amy ty tanàgne atao te Betsaida. [11]Fa naho
fa naharey ty mahakasike zao ze kila o'ndaty, le nagnorike Aze. Le norambese iareo le navolili'e tamy iareo ty
fanjakan'Agnahare, le nanasitragne ze nipay fitsaboagne Reke.[12]Ie ny hariva i andro'y, le niharine Aze iareo folo roambe
nirehake tihoeke: "Votsoro handeha o'ndaty reo hahafaha'e iareo mandeha amy ty tanàgne magnodidigne ndre
ambanevohitse hahatreava iareo mahakama naho ty ho firoroagne, fa amy ty tane tsisy raha ntikagne." [13]Le hoa'Reke
tamy iareo te: "Ameo areo raha hohanegne iareo." Fa nanoigne iareo te: "Tsy managne nao tsy mofo lime naho fiagne roe
zahay_ asa te izahay handeha le mivily hanegne hoe'o ndaty iabike reo." [14](ty teo tamizao le nisy lahilahy sikala ty
dimearivo agne). Le nirehake tamy ty mpianae Reke nanao izao te: "Ampitoboho ho kidimampolo iabike iareo."[15]Le sambe
nanao izao iabike iareo, le sambe niambesatse o'ndaty reo. [16]Norambese'e ty mofo lime naho ty fiagne roe, le niandrandra
ty lagnitse Reke, nisaotse io le nizarazara aze, le natolo'e i mpianatsey zao ho toloragne ze ndaty iabike teo. [17]Nihinagne
izao iaby iareo le sambe nientsake, le naharo raike ze tsy nilane_ le nisy roambefolo harogne ty fa potepoteke.[18]Naho fa
nivavake raike ty Jesosy, le nindre amy ty mpianatse. Le nagnontane iareo izao Reke, nanao tihoe: "Ata'o ndatio ia i
Raho?" [19]le nanoigne iareo nanao tihoe: "I Jaona mpampiandro. Le ty ilae manao tihoeke i Elia, ty ilae mirehake ka te
mpitoky bey taolo fa ie nivanom-belogne."[20]Le nirehake tamy iareo Reke te: "Atao areo ia ka Raho?" Le Petera nanoigne te:
"I Kristin'Agnahare." [21]Fa norarae iareo tsy hirehake zao ndre amy ia ndre amy ia, [22]nanao ty hoe: "Ty Ana'Ondaty le hijale
amy ty raha maro le ho liere ty lohologne naho ty lahibey ty mpisorogne naho ty mpahay lalàgne, hovonoegne Reke le
hivagnom-belogne amy ty andro fahatelo."[23]Le hoa'Reke tamy ty mpianae te: "Naho misy te hagnorike Ahy, le magnary ty
vatae reke le mitarazo ty hazo najaly sanandro le magnorike Ahy. [24]Ndre ia ndre ia te hagnavotse ty fiai'e le hagnare izao,
le ndre ia ndre ia ka magnary ty fiai'e amy ty hatea Ahy le izay ty hagnavotse. [25]Inogne ty raha soa azo ty ndaty amy ty
fananagne ze kila raha, nao magnare na mampidogne ty fiai'e?[26]Fa ndre ia ndre ia megnatse Amako naho ty saontsiko, le
ho megnatse aze ka ty Ana Ondaty naho fa avy amy ty voninahi'e, naho ty voninahy ty Rae naho ty anjele masigne Reke.
[27]Le ambarako soa eto, fa ty ilae amy ty mitsangagne eto le tsy hahatrea havilasy miaholo ty fahatreava ty
fanjakan'Agnahare."[28][29]Ty andro tafara io, naho fa nidigne ambohitse tey iareo, le ndaty maro ty nifanalaka amy iareo.
[38]Ingo, nisy ajalahy maro tamy vahoake rey ro nikorentsegne mafe, nanao tihoe: "O mpampianatse, misoloho amao raho
mba hagnente ty anadahiko tiagne, henka'e ty anako anio. [39]Vazoho, misy fagnahy raty magniraka aze le mihiake tampoke
reke, mikaike hatoragna aze zao le mampiakatse ranognivy ty vava'e. Tsy afake amae zay le mahavozake aze mafe. [40]Fa
nangataheko o mpianao reo hagnafaka aze fie tsy nahafake iareo."[30]Le ingo, nisy roe lahy nirehake Amae, Mosesy naho
Elia, [31]niboake amy ty voninahie mamirapiratse. Nagnombara ty fomba hagnaveloa'e Reke, ndesegne ho vitagne a
Jerosalema agne.[32]Petera naho ze nindre amae fa vozahe ty roro, fie naho fa niendrake vatae iareo, le nahaonigne ty
voninahi'e naho ty lahilahy roe nirehake nindre Amae. [33]Le naho fa nisintake lavitse i Jesosy iareo, le hoa ty Petera tamae
te: "Andriantompo, soa amantika ty mitoboke etoa. Le engao zahay hagnamboatse fialofagne telo, ty raike ho Azo, ty raike
hoe i Mosesy, le ty raike hoe'i Elia." (Tsy fantae ty ho nirehafe'e.)[34]Mbe agnate ty mirehake zay reke, le nisy rahogne
nagnarogne iareo, le natahotse iareo naho fa tagnate i rahogney. [35]Le nisy feo niboake tamy rahogney, nanao tihoe: "Intoy
ty Anake Lahiko, Ie i Raike jinobo'y, tsanogno Reke." [36]Naho fa nivita i feo'y, le Jesosy raike avo ro niteo. Sambe nitsigne
iareo le tsy nisy nirehake zao ndre tamy ia ndre tamy ia tamy zay mahakasike ty raha niony iareo.[37]Ty andro tafara io,
naho fa nidigne ambohitse tey iareo, le ndaty maro ty nifanalaka amy iareo. [38]Ingo, nisy ajalahy maro tamy vahoake rey
ro nikorentsegne mafe, nanao tihoe: "O mpampianatse, misoloho amao raho mba hagnente ty anadahiko tiagne, henka'e
ty anako anio. [39]Vazoho, misy fagnahy raty magniraka aze le mihiake tampoke reke, mikaike hatoragna aze zao le
mampiakatse ranognivy ty vava'e. Tsy afake amae zay le mahavozake aze mafe. [40]Fa nangataheko o mpianao reo
hagnafaka aze fie tsy nahafake iareo."[41]Nanoigne ty Jesosy nanao tihoeke: "Nareo tsy mpino naho foko raty tsereke,
hombia ty ho findrezako naho ty hiambenako hindre ama'areo? Ndeso etoa ty anadahio." [42]Naho fa nimbeo i lahy, le
natorakitse i kokolampoy amy ty taney reke. Fie Jesosy nasiake tamy i fagnahy raty le nagnasitragne i ajaja lahy, le
nagneregne aze aman-drae agne.[43]Le fonga nilatsa iaby iareo teo nahavazoho ty habein'Andrianagnahare. Naho iareo

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

mbe nilatsa iabike amy ty raha natae ingy , le nisaontsy hoezao tamy mpianae rey Reke: [44]"Ano'o soa zao saontsy zao
hilitse lalike agnate ty sofiareo: "Ty Ana Ondaty le hofoteragne antana ty ndaty." [45]Fie tsy nirendre iareo ty raha notsarae.
Izao le navony amy iareo, le izao le tsy nisy nahafantatse ty nombà izao iareo, toe le mbe natahotse ka iareo ty
hagnontane ty lia izay tsara zay.[46]Niaveo le nifandietse iareo sambe iareo ty amizay ho bey iareo.[47] Fie Jesosy, naharofàna
ty raha vinetsevetse iareo agn'arofoe agne, le nangalake ajaja raike natoboe agnila'e eo [48]le nirehake tamy iareo tihoe: "Le
ndra ia ndre ia ty mandrae ty ajaja toy amy ty agnarako, le mandray Ahike; le ndra ia ndre ia ka mandrae Ahy, le
mandrae ka i Raike nagnirake Ahy. Le ze kede ama'areo ro ho bey areo."[49]Jaona nanoigna Aze nanao tihoeke:
"Andriantompo, nahatrea ndaty raike nagnafake kokolampo amy ty agnarao zahay le rinara'ay, fa toe tsy niharo lia
ama'ay. [50]"Ko raràgne reke." Hoe ty asa i Jesosy, "K'atao reke tsy manohetse anareo le magnorike anareo."[51]Naho fa marine
ty andro hampiakaragna Aze, le nitolike homba Jerosalema Reke. [52]Nagnirake ndaty hiaolo Aze Reke hinday ty hafae, le
nandeha iareo nilitse amy ty tanà ty Samatitanigne raike hanomagne ze fonga raha iabike ho Aze. [53]Fie tsy nandrambe
Aze ty ndaty tao, fa hitolike mba Jerosalema Reke.[54]Naho fa nahaonigne izao ty Jakoba naho Jaona mpianae, le hoe ty
nata'iareo te: "Andriantompo, zonto'o vao naho ndra manjotso afo boake andagnitse agne zahay ndra hagnoroagne iareo?
[55]Le nitolike Reke nirehake mafe amy iareo,[56] le nitsile amy ty tanàgne hafa iareo.[57]Le naho fa nandeha tan-dalagney iareo,
le nisy ndaty raike nanao tihoeke tamae te: "Hagnorike Azo raho ndre aia ndre aia ty hombao." [58]Jesosy nanoigne aze te:
"Ty amboa fa raty manan-joloke, ty vorogna andagnitsey managne ty misy aze, fa ty Ana Ondaty tsy managne ty toeragne
hisia'e ty loha'e."[59]Le hoa'Reke tamy ty ndaty hafa: "Oriho Raho." le hoa reke te: "Ragnondria, votsoro hey raho
handevegne ty rako." [60]Le hoe ty natoi'e aze te: "Engao ty mate, handevegne ty mate amae ao. Fa ty azo, mandenà mitalily
lavitsa agne le asondroto ty fanjakan'Agnahare.[61]Le nisy ndaty hafa nirehake te: "Hagnorike Azo raho, Andriantompo, fie
votsoro hey raho hagnombara iareo an-tragnoko agne." [62]Le Jesosy nanoigne izao te: "Tsy misy ndaty reketse ty fangaly le
hitolitolike le mbe ho fagneva'e ty hilitse amy ty fanjakan'Agnahare."

## 10

[1]Ie nitafa i raha maro rey, le nijibogne fitopolo lahy [fagnamaregnagne: Maro amy ty sinora ty taloha fanjaka vatae te ie
vakiegne "Fitopolo", fa ty ilae vinaky te: "Fitopolo roe ambe."] hafa ty Andriantompo, le nandefa iareo kiroe kiroe hiaolo
Aze amy ze fonga tane naho ty tanàgne hombàe. [2]Hoa Reke tamy iareo te: "Maro ty vokatse fe ie tsy ampe ty mpiasa. A
izao angataho I mpamokatsey mba handefa mpiasa ho amy vokatsey.[3]Mandena amy ty lala'areo. Vazoho'o, fa aveko
manahake o anak'agnodry agnivo amboadia'o nareo. [4]Ko minday fisiambola, ndre fisian'etagne,ndre hana, le ko
manalama ndaty ndre ia ndre ia andalagney.[5]Ze tragno iziliha'areo, rehafo hey te: 'Fiadanagne hoe ty tragno toy!' [6]Naho
misy ndaty ty fiadanagne ty ao, le hoamae eo vatae ty fiadanagne rehafe'areo, fie naho tsisy le hiheregne ama'areo.
[7]Mitoboha amo tragno'o avao, homana le minoma ze amea iareo, fa ty miasa magneva ty karama'e. Ko mifindrafindra
tragno.[8]Zay tanàgne idira'areo, naho mandrae anareo, hano ze afahae anareo, [9]le sitragno ze marare ao. Agnombarao
iareo te: 'Fa miharine anareo ty fanjakan'Agnahare.'[10]Nao mbiagne ndre ombiagne nareo mizilike amy ty tanàgne naho
tsy mandrae anareo iareo, le miakara andalagney le agnombarao te: [11]'Ndre ty vovoke ty tanà'areo nahazo ty tombo'ay le
ho fafa'ay hanohetse anareo! Fe ie fantaro te: Fa marine ty fanjakan'Agnahare.' [12]Amabarako anareo fa naho fa avy ty
andro ty fitsaragne le ndra ho hay ka ty lefetse ty ey Sodoma te amo zao tanàgne zao.[13]Loza ho azo, Korazina! Loza ho azo,
Betsaida! Fa nao ty asa bey natao tamao ro natao ta Tyro naho Sidona, le fa niela iareo ty nibebake, nitoboka amy ty
lamba fisaonagne naho lavenogne. [14]Fa ho hay leferegne ka ty Tyro naho Sidona amy fitsaragne noho ty ama'areo. [15]Ihe,
Kapernaomy, mitamà vao iheo fa hasandratse andagnitse agne? Tsie, ndesegne midigne amy Hadesy agne rehe.[16]Ze
mitsanogna anareo le mitsanogna Ahy, ze mandietse anareo le mandietse Ahy, le ze mandietse Ahy ka le mandietse ty
nagirak'Ahy."[17]Niheregne ankafaleagne i fitopolo rey, le nitalily tihoe: "Andriantompo, ndre ty kokolampogne le nagneke
anay amy ty agnarao." [18]Jesosy nagnombara amy iareo te: "Nivazoho an-drekoko nipoke amy lanitsey hoe tselatse Raho."
[19]Henteo, fa natoloko anareo ty fahefagne handia ty bajigne, maingoke, ty halako hery amy ty fahavalo, le ndra ino ndre
inogne le tsy misy hahafere anareo amy ze kila raha. [20]Ndre ty eo zay le ko mifale avao amizay, te nagneke anareo ty
fagnahy, fa mirebeha nao voasoratse andanitse agne ty agnara'areo."[21]Tamy fotoagne zay avao le nifale vatae amy ty
Fagnahy Masigne ao Reke. Le nirehake tihoeke: Midera Azo Raho, Rae, Tompo ty lanitse naho ty tane, fa navonio tamy ty
mahihitse nao ty mahilala, le nambara amy ty tsy mahafantatse, hoe ty ajaja malineke. Eka, Raeko, fa zao ty soa
sitrahegne agnatreha'areo."[22]Ze kila raha le nafato i Rae Amako, le tsy misy mahafantatse te ia ty Anake ankoatse ty Rae,
le tsy misy mahafantatse te ia ty Rae ankoatse ty Anake naho ty nojibone ty Anake hahaonigne Aze."[23]Boakeo le nipalitse
amy mpianatse rey Reke nirehafe'e tsikiraike te: "Haha ze mahaonigne ty raha oni'areo. [24]Ambarako anareo, mpitoky
naho mpanjaka maro ro nagniry hahaonigne ty raha oni'areo, fie tsy nahaonigne zao iareo, le haharey ty raha ty raha
rey'areo, fie tsy naharey zao iareo.""[25]Le ingo, nisy mpampianatse lalàgna ty Jiosy raike nitsangagne sare nagnontane Aze,
nirehake tihoeke: "O mpampianatse, inogne ty tokoe hataoko hahazoako ty fianagne tsy misy fiafarae?" [26]Jesosy nirehaka
amae te: "Inogne ty voasoratse agnate ty lily? Manao akore ty famakiao zay?" [27]Nanoigne reke nirehake tihoeke: "Tiavo ty
Andriatompo Andrianagnahareo amy ty fo'o, amy ty fagnahio, amy ty herio, amy ty saio, le ze ragneo iabike manahale ty
vatao. [28]Jesosy nirehake amae te: "Maregne ty navaleo. Ano'o zay, le hovelogne rehe."[29]Fie mpampianatsey te hanagne
ható, le nirehake amy Jesosy tihoe: "Ia ty ragneko? [30]Notohine i Jesosy reke te: "Nisy lahy raike boake Jerosalema handeha
ho a Jeriko. Nitrà ty mpitavagne reke nangalake ze fonga raha tamaey, le jinerae, le nagnega aze naho fa ho mate.[31]Le nisy
mpisorogne nandriogne tamo lalagne zao, le naho nahatrea izao reke, le nitsile amy ila i lalagney. [32]Hoe zao ka ty Levita

raike, naho fa nandriogne ka nahatrea izao le nitsile amy lalagne raikey.33Fie nisy Samaritana raike, naho fa nadeha amy
ty nihirifae reke, niavy amy ty misy aze. Naho fa nahatrea izao le niferenaigna aze. 34Le nagnantogna Aze reke namehe ty
fere'e, nagniligne menake naho divay. Nandae aze amy ty bibie reke, le nindese'e amy ty tagnombahiny, le nokarakarae.
35Ny maray inge le nangalake denaria roe reke, natoloe ty nitobea iareo, le nanao tihoeke: "Karakarao reke, le ndre ty
hoatrino na hoatrino ty laneo mihoatse, le havahako naho fa miheregne raho.'36Ia amy iareo telo, arake ty heveo, ty
ragney niazo i mpitavagne rey?" 37Namale i mpampianatsey te: "I raike niferenaigna azey." Jesosy nirehake amae te:
"Mandenà le manoa hoe zay ka."38Le naho fa nandeha iareo, le naho fa hilitse amy ty tanàgne raike Reke, le nisy ampela
raike atao Marta nampandroso Aze antragnoe ao. 39Nanagne rahavave atao Maria reke, io nitoboke an-tombo i
Andriantompo le nitsagnogne ty rehae.40Fie Marta mbe sahiragne amy ty fikarakaragne ty mahakama haroso. Le nandeha
amy Jesosy eo reke, le tihoe ty natae: "Andriantompo, tsy mampagnahy Azo vao ty enga ty rahavaveko ahy hitorogne
raike? Le mba rehafo reke hagnampe ahy." 41Le namale ty Andriantompo nanao tihoe: "Marta, Marta, sahiragne ty raha
maro rehe, 42mone izao le raha raike avao ro tena ilagne. Maria fa nijibogne ty soa vatae, le ty tsy hoafahagna amae."

# 11

1Le izao ty nisy naho fa nivavake amy ty toeragne raike zay ty Jesosy, nisy raike amy mpianae rey nirehake amae tihoe:
"Andriantompo, anaro vavake zahay manahake ty nagnanara i Jaona ty mpianae."2Le hoe ty nata i Jesosy amy iareo te:
"Naho fa mivavake nareo le rehafo tihoe: "Raeko, hiasiagne ty tahinao. Ho avy anio ty fanjakao.3Omeo anay anito ty
haneay sanandro. 4Hahao ty hakeo'ay, manahake ty nagnahà'ay ze niota ama'ay. Ko ndesegne zahay amy ty tso-kevetse
raty."5Jesosy nirehake tihoeke amy iareo te: "Ia ama'areo ro hanagne ragnetse, le handeha amae agne halegne, le hanao
tihoe amae: "Ragnetse, ampisamboro mofo telo raho, 6fa misy ragneko raike vaho niavy lavitse, le tsy mba misy raha
hazotsoko ho aze raho.' 7Le mete hanoigne aze raike an-tragno ao te: 'Ko tsobore'o raho.' Fa mihily lalagney, ndre ty
anako, fa ampandreagne, reketse ahy. Fa tsy mahefa fifoha hagnomey mofo azo raho.' 8Ambarako anareo fa, ndre ty tsy
hitsangagne hagnomey mofo hoanareo reke ndra toe ny ragne'e nareo, fa ty fahavonognareo naho ty tsy hena'areo, le
hitsangagne reke hagnomey anareo ze mofo iabike palia'areo.9Mbe magnombara anareo ka raho te, mangataha, fa
hameagne anareo zao; mipaliava le hahatrea, mikonkogna, le hosokafagne nareo. 10Fa ze ndaty iabike hangatake le
hahazo, le ze mipay le hahatrea, ze mampikonkogne le hosokafagne.11Ia ama'areo rae ondaty hinanekeo areke ro, naho
mangatake fiagne ty ana'areo, le hagnomey bajigne aze fa tsy fiagne? [Tindriegne te: Ty sinoratse soa vatae misy talily tsy
loho lava, ho orihintika etoa. Ty sinoratse taloha misy talily loho lava, onigne agnate i Matio 7:9 ao ka: "Rae ondaty ia
ama'areo, naho mangatake mofo ty ana'areo, ro hagnomey aze vato? Nao fiagne, le hagnomey aze bajiegne?] 12te ie
mangatake atoly reke, le hagnomey maingoka aze vao nareo? 13A izao, ty nareo tserehegne mahafantatse ty magnomey
raha soa hoe'ty ana'areo, le hoe ty ino ka ty habey ty Fanahy Masigne homey ty rae areo ze andagnitse agne hoe ty
mangatake amae?14Le Jesosy nagnafake kokolampo moagne. Naho fa niakatse i kokolampogney, le nahay nirehake i lahy
boboy, le niverenehake ze ndaty teo. 15Fa ty ndaty hafa nirehake izao te: "Amy ty agnara i Belzeboba, bey ty
kokolampogne, ro hagnafahae ty kokolampogne."16Ty ilae sare nagnontane Aze nimpay ty famantaragne boake andanitse
agne amae. 17Fe ie niarofana i Jesosy ty raha ampoe iareo ao le nirehake zao amy iareo Reke te: "Ze fanjakagne mivibike le
ho rava, le ze tragno raike misaratsarake ka le tsy ho vanogne."18A naho mialy antragno areke ty Satana, le hanao akore ty
hahareta'e amy ty fanjakae? Le hoe ty asa'areo te magnafake kokolampogne amy ty agnarae i Belzeboba Raho. 19Nao
nagnafake kokolampo amy ty fahaia'e Belzeboba Raho, le amy ty fahaia ia ka ty hagnafaha ty mpagnorike anareo aze?
Naho izao, le iareo ro hitsara anareo. 20Fa naho magnafake kokolampo amy ty tanan'Agnahare Raho, le hoavy ama'areo ty
fanjakan'Agnahare.21Naho fa ampe fitaovagne soa ty lahy mahery raike miambegne ty tragno'e, le tsy hisy montso ty
varae, 22fie nao mbe mahery ambone'e i lahy raikey le nahavany aze, le hoalà i lahy raike mahere ambone'ey ty fialiae, le
hondese'e ty vara i lahy. 23Ze tsy mindre amako le manohetse Ahy, ze tsy miharo mindre amako le mivike.24Naho fa
miafake agnate o ndaty raike ty fagnahy raty, le hamonjy toeragne tsy misy rano reke hipay fitofagne. Le naho fa tsy
mahatrea, le hanao zao reke te: 'Hiheregne amy ty tragno niboahako raho.' 25Naho fa miheregne reke, le hahatrea zao
tragno zao malio fa vita lamigne. 26Boakeo le handeha reke hipay fagnahy raty mbe ambone'e fito isa hindre amae le
hilitse ao hiaro toboke ao iabike iareo. Le mbe ho raty naho hoharigne amy voalohaey ty hiafarao zao ndaty zao."27Le
naho fa nisaontsy zao raha zao Reke, le nisy ampela nirehake mafe nirehake tagnate i ndaty rey tao nirehake tihoeke
amae te: "Haha ty troke nisamahao, naho ty nono ninonoao." 28Le hoe Reke te: "Mbe haha ty mitsanogne ty
saontsin'Agnahare, naho ty mimane izao."29Naho mbe niampe avao ty ndaty teo, le hoe ty Jesosy te: "Ty fokoa toa le foko
raty, mipay vilo fie tsy misy vilo hasenge aze naho tsy ty vilo i Jona. 30Toe hanahake ty fiavia i Jona ho vilo iareo Ninivita,
le hoe zao ka le ho vilo ty Ana Ondaty amy ty foko toagne.31Ty mpanjaka ampela boake atimo le hitsangagne mindre amy
ty lahilahy amy ty foko tiagne le tsy hagnomey to aze iareo, le hoavy boake amy ty tane farae reke le hitsanogne ty hilala i
Solomona, le ingo, etoa ty ndaty ho bey ty amy Solomona.32Ty lahilahy Ninive le hitsangagne amy ty foko toy amy ty
fitsaragne le handiso aze, fa toe nibebake tamy ty fitalilia i Jona iareo, le mbe ingo, misy bey ambone i Jona ty eto.33Tsy
misy ndaty raike, boake nampibelagne jiro, le hametrake zao amy ty toeragne takognete ie hanao aze ambane harogne, fa
hoatae amy ty fisiagne jiro, ho talake ze militse ty hazavagne. 34Ty maso'o ro fagnilo ty vatagne. Naho fa soa ty maso'o, le
ho feno fahazavagne ty vatategna iabike. Fa naho raty ty maso'o, le haiegne ty vatao. 35A izao, miambena nareo tsy
haiegne ty fazavagna ama'areo ey. 36Le, naho feno hazavagne areke ty vatao iabike, le tsy hisy ndre kede amy zao agnate
ty maiegne, le hanahake ty jiro mampipelapelatse ty hazavae amao ty vatao raike.37Naho fa nivita ty rehae, le nisy Fariseo


generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

nampandroso aze hiaro fihinagne amae an-tragnoe agne, le nilitse ty Jesosy niambesatse. [38]Nilatsa i Fariseoy te tsy nisasa
ty Jesosy aloha ty hinanae.[39]Le hoe ty natà i Andriantompo amae te: "Hinane zao, nareo Fariseo, le manao malio ty ivela ty
kope naho ty finga, fa ty agnate areo ao le feno tsereke naho haratiagne. [40]"Nareo kede saigne! Tsy nanao ze tagnate'e ao
avao ka vao ty nanao ty ivelae? [41]Omeo ze sahiragne ty agnate'e ao, le ho malio hoanareo aby ze fonga raha.[42]Ho loza areo
Fariseo, fa naho toe mandoa ty ampafolo ty solila naho ty rota naho ty hatà ilae an-tonda ey nareo, fie tsy nahoa'areo ino
ty maregne naho ty fitea an'Agnahare. Soa ty manao ty maregne naho ty mitea an'Agnahare, ro mbe tsy magnaligno ty
manao ty raha hafa iabike ka.[43]Loza areo Fariseo, fa tea areo ty toeragne voaolohae agnate Synagoga naho ty fiarabagne
feno fihasiagne agnate tsena. [44]Ho loza areo, fa nareo le hanahake o kibory fa tsy fantatseo le ho lialia ty ndaty fa tsy ho
fantae.[45]Ty raike amy mpampianatse lalànay nirehake amae tihoeke: "O mpampianatse, o tsarao zao le manivativa anay
ka." [46]Le Jesosy nanao izao te: "Loza hoanareo mpampianatse lalàgne! Fa mampijine raha bey tsy leo ndaty nareo, ie
amizao ndre ty rambon-tanae tsy nahazo tsapa i entagne mavesatsey iaby.[47]Ho loza areo, amy ty fagnoregnagne kibore
hoe ty mpitoky nareo, fie ty raza'areo ro namono iareo. [48]Le vavolombelogne naho magneke ty nivita ty raza'areo nareo,
fa toe namono aze vatae iareo le nareo ty nagnoregne ty kiborie.[49]Am'izao izao vao, ro nagnombara ty
hilalan'Andrianagnahare ty hoe: 'Handefa mpitoky naho Apostoly ho amy iareo Raho, le iareo hamono naho halaigne ty
ilae amy reo." [50]Ty foko retoa, ro tompon'andreketse amy ty lio ty mpitoky iabike nipoke ampara ty niforognae ze kila
raha, [51]nanomboke tamy ty lio i Abela hatra ty lio i Zakaria, ty vinono agnivo ty alitara naho ty fitoeragne masigne. Eka,
ambarako soa ama'areo, fa ty fokoa itoa ro niantoke zay.[52]Ho loza'areo mpampianatse ty lalàna i Jiosy, fa nalà'areo ty
lakile fagnily ty hilala, mone izao tsy militse ao ty vata'areo, le kalagna'areo ka ze hilitse."[53]Tafara ty nisintaha i Jesosy teo,
le nanohetse Aze mpanoratse lalàgne rey naho Fariseo rey le nidineke ty raha maro, [54]le nipay fomba handratiagna Aze
amy ty rehae avao.

## 12

[1]Tamizay, naho fa nivory ty ndaty agnarivoe maro, nimaro loatse le nifandialia tomboke iareo, le avy le nirehake amy
mpianae rey Reke te: "Miambena soa amy ty fiharoagne i Fariseo, fa hasoa magnatreke izao.[2]Fa tsy misy takogne tsy
hiseho, le tsy misy navony tsy ho fantatse. [3]Le ndre inogne ndra inogne rineha'areo agnate ty iegne, le ho rey amy ty
hazavagne, le ze rineha'areo antsofegne tagnate tragno ao le hotaliliegne ambone tragno ey.[4]Ambarako anareo ragneko,
ko matahotse nareo mamono tena, fa afara izao le tsy misy ndra ino ndre inogne afake atae sasa. [5]Fa hampiambegne
nareo ze tokoe hatahoragne Raho. Matahora i Raike zay, izao naho fa mahavita mamono, le managne ty fahefae hagnary
anareo agn'afobey agne. Eka, mirehaka ama'areo Raho, matahora Aze.[6]Tsy avarotse farantsa kede roe vao ty jirioke lime?
Fie tsy misy ndre raike amy rey haligno amason'Agnahare. [7]Fa ndre ty volo andoha'areo le vita isake iabike. Ko matahotse.
Fa mbe bey nareo naho oharegne amy ty jirioke maro.[8]Hoa'Raho ama'areo, ze magneke Ahy agnatreha o'ndaty, ty Ana
Ondaty ka le hagneke aze agnatreha ty anjelin'Agnahare, [9]le ze mandietse Ahy agnatreha o'ndaty le ho lieregne ka
agnatreha ty anjelin'Agnahare. [10]Ze mirehake manohetse ty Ana Ondaty, le ho hahagne amae zao, fie ze mahavny
mirehake raty manohetse Fagnahy Masigne, le tsy ho hahagne ndre mbia ndre mbiagne.[11]Naho fa minday anareo
agnatreha ty Synagoga, iareo mpagnavatse, naho ty manam-pahefa iareo, le ko matahotse amy ze findesa'areo rehake
hagnarova'areo ty vata'areo, na ty raha hambara areo, [12]fa ty Fagnahy Masigne ro hampianatse anareo ze raha tokoe
horehafe'areo amy fotoagne zay."[13]Niavy eo le nisy ndaty raike tanan-draike amy ndaty rey nirehake tihoe:
"Mpampianatse, mba rehafo ty rahalahiko hizara lova amako."[14] Jesosy nirehake zao amae te: "O lahio, ia ty nanao Ahy ho
mpitsara naho ho mpanelanelagne anareo?" [15]Hoe Reke amy iareo te: " Miambena hahambena areo ty vata'areo ho lavitse
ty fagniriage ty raha raty, fa ty fiaigna ty ndaty raike tsy le hiankigne amy ty fitomboa ty varae."[16]Niaveo Jesosy nanao
fagnoharagne amy iareo, nanao tihoeke: "Namokatse maro ty tonda ty lahy raike manandraha, [17]le nagnontane ty vatae
reke, nanao tihoe: 'Inogne ty hataoko, fa tsy managne toeragne hamoriako ty vokako raho? [18]Hoareke te: 'Zao ty hataoko.
Ho ravako ty tragno fisiako vokatse le hagnoregne beibey ka raho, le ho ao ty hisiako ze vokako naho ty vokatse hafa. [19]Le
hanao izao amy ty fagnahiko raho te: "Fagnahy, ihe le managne vokatse maro navory ho zoe ty taogne maro. Mimaregna
soa, homana, minoma, mifalea.[20]Fie Andrianagnahare nisaontsy zao amae te: "Ty lahy gege tiagne, halegne izao ty
fagnahio ro hafahagne amao, le ty raha notamaneo toagne, ho ania reo? [21]Izao ty ndaty namore vara hoe ty vatae le tsy
manan-draha agnatrean'Agnahare."[22]Jesosy nirehake tamy mpitoky rey te: "Ama izao le ambarako anareo, ko matahotse
amy ty fiai'areo, amy ty hohane'areo, na ty mahakaseke ty vata'areo, ty hosikina'areo. [23]Fa ty fiaigne mbe ambone ty
hanegne, le ty vatagne mbe bey ambone ty sikigne.[24]Vazoho'o ty gake, tsy mamafe rey fa le mijinja. Tsy managne fisiam-
bokatse rey ndre tragno famoriagne, fie le amean'Agnahare hanegne rey. Manao akore ty hirà'areo abey amy ty vorogne![25]
Ia ama'areo ro afake hagnojogne raike ty andro ivelomae amy ty fisalasalae? [26]A nao zao raha kede vatae zao ro fa tsy hay
areo, le ty aia ro fa atahora areo amy ty mbe ho avy?[27]Vazoho'o o liliao_manao akore ty fitirie. Tsy miasa rey tsy mambole.
Fie le ambarako ama'areo, fa ndre Solomona tamy ty voninahie feno le tsy nisikigne manahake ty raike amirey. [28]Naho
amipisikinin'Agnahare hoe rey ty akata antonda ey, ty ey androany, le naho fa maray ariagne agnate fatagne agne, ty
manao akore ka ty mbe hampisikinae anareo mihoatse lavitse ty am'izao, nareo kede finoagne![29]Ko mipay ze ho
hane'areo naho ty ho nome'areo, le ko matahotse.[30] Fa ty firenegne iaby ambone ty tane iabike toy le mipay zao raha zao
iabike, le toe arofànan-dRae areo fa ilà areo zao.[31]Fie kirofo ty fanjakàn'Agnahare, le hameagne ho fagnampe'e hoanareo
izay raha zay. [32]Ko matahotse, nareo ry agnondre manao lia tsy ampe, fa ty Rae'areo le fale vatae ty hagnomey fanjakagne
hoanareo.[33]Avaroto ty fanagna'areo le ameo ty sahiragne. Magnamboara fisiagne vola tsy mete ho simba hoe ty vata'areo_


generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

hareagne andanitse agne tsy mete ho lany, tsy misy mpangalatse mariny, le tsy misy bararaoke hanimba aze. [34]Le amy ze
toeragne hisiagne ty vara'areo avao, ro handena ty fo areo.[35]Engao ty akanjo'areo lava ro hasiki'areo ty vania'areo, le
engao avao ka ty jiroareo le hirehetse avao, [36]le manoa manahake ty ndaty nandigny ty tompoe hiheregne boake nirebeke
amy ty enga vao, le naho fa avy mampikonkogne reke, le ho afake hanokake ty lalae eo naho eo avao iareo.[37]Haha ty
mpagnompo, ze trea ty tompoe miambegne naho fa avy reke. Ambarako soa anareo, fa hisikigne ty sikigne lavae amy ty
vania'e reke, le hametrake aze ambone latabatse iareo, le hoavy reke hanompo iareo. [38]Naho ho avy amy ty lera faharoe
amy ty halegne ty Andriantompo, le ndre ty amy lera fahatelo, le mahaonigne iareo fa vonogne, le ho haha o mpagnompo
reo.[39]Ho onjogne izay le fantaro fa, naho fanta ty tompotragno ty lera iavia ty mpangalatse, le tsy nienga vao i tragno'ey
ho vakiegne reke. [40]Mivognona avao ka, fa tsy ho haiareo ty lera ty iavia ty Ana Ondaty."[41]Petera nirahake tihoe:
"Andriantompo, ama'ay avao vao ro irehafao zao fagnoharagne zao, ke amy ty ndaty iabike ka?" [42]Andriantompo nirehake
tihoe: "Ia areke ty mpanalakagne mahatoky naho hendre hojibone ty tompo'e ho ambone ty mpagnompo'e hafa mba
hagnomey iareo ty hoanjara hane iareo amy ty fotoagne mete? [43]Haha zao mpagnompo zao, naho trea ty tompoe manao
zao naho fa hoavy reke. [44]Ambarako soa ama'areo fa hojibene'e hanampake ze varae iabike reke.[45]Fie naho mirehake
ampoe agne o mpagnompo zao te: 'Nahemo ty tompoko ty ho ny fiheregnae,' le nanomboke namono ty mpagnompo lahie
naho ampelae, le mihinagne naho minogne, le nanjare nimamo, [46]ty tompoe zao mpagnompo zao le hoavy hanampoke
amy ty andro, naho ty lera tsy fantae, le hanampatapaka aze le hagnamboatse toeragne ho aze reketse iareo tsy
mahatoky.[47]Zao mpagnompo zao, nahafantatse ty zotom-po ty tompoe, fie le tsy niomagne naho tsy nagnorike ty zoto ty
foe, le ho jeragne amy ty fijeragne maro. [48]Fie ze tsy nahafantatse fa nanao zay hahazoa'e jera avao le hojerage amy ty
fijera kede. Fa ze kila ondaty nimeagne bey, le ho beibey ka ty ho takeagna amae, le ze namantohagne bey, le mbe ho bey
lavitse ka ty ho takeagna amae.[49]Hoavy Raho hanorak'afo ambone ty tane, fa tsy hay ty fagniriako ty fa hireheta izay
anianeke. [50]Fa managne fanoagne batisa ho fanoagne batisa raho, fa tsy hay ka ty fijaleako mandrapiavia izay!
[51]Mametsevetse vao nareo te avy Raho hinday fiadanagne an-tany eto? Tsie, magnombara anareo raho, fa ndra ho
fisarahagne zay. [52]Manomboke zao ty tragno raike le hisy lime hisaratsarake_ndaty telo hagnohetse ty roe, le ty ndaty roe
hagnohetse ty telo. [53]Hisaratsarake iareo, ty rae hanohetse ty anadahie, le ty anadahie hanohetse ty rae; ty rene'e
hanohetse ty anak'ampelae, le ty anak'ampelae hanohetse ty rene'e; ty rafozae ampela, hanohetse ty vinantoe ampela, le
ty vinantoe ampela hanohetse ty rafozae ampela."[54]Nirehake amy ndaty maro rey Jesosy te: "Naho fa matalaky rahogne
mihoregne andrefagney nareo, le avy le hanao izao nareo te: 'Ho avy i oragney,' le hoavy izao. [55]Naho fa misy tioke boake
antimo, le hanao zao nareo te: 'Hisy fana bey hoavy,' le hoavy izao. [56]Ry soamagnatreke, hai'areo ty mandineke ty fiay ty
tane naho ty lanitse, le ty akore ty tsy hahaia'areo mamantatse zao andro hinane zao?[57]Nagnino nareo ro mitsara ty
maregne hoe ty vata'areo? [58]Naho fa mandeha mindre amy ty mpifaniagne ama'areo amy ty fitsaragne ambone nareo,
andalagney le ezaho alamigne mindre amae ty olagne mba ty tsy handehanae hitarike anareo ho amy ty mpitsara, le ty
tsy hagnolora ty mpitsara anareo amy ty mpamatotse, le ty tsy handefasa ty mpamatotse anareo amy ty figadragna agne.
[59]Le hoaraho ama'areo, tsy ho afake ao zao nareo naho tsy le mahaefa ty vola farae kede njolite'e vatae."

# 13

[1]Teo te indraike, nisy ndaty hafa nitalily amae ty miomba ty te Galiliana naharo i Pilato ty soroe ty lio'e. [2]Namale ty Jesosy
nirehake izao amy iareo te: "Le nareo vao manao zao te, loho lako to ota o te Galiliana reo naho hoharegne amy ty te
Galiliana hafa, naho zay fijalea'e hoe zay? [3]Tsy izay, zao ty ambarako anareo. Izao ty ambarako anareo, fa naho tsy
mibebake nareo, le nareo iabikeo le ho mate manahake zay ka.[4]Ndre irey folo valo amby ta Siloama, nitonta ty tilikambo
le namono aze rey, le manao izao nareo te mbe bey hakeo ambone i lahy hafa nimate ta Jerosalema ao rey iareo? [5]Aia, tsy
ie zay hoa'Raho. Fa naho tsy hiova havelogne nareo, le nareo iabike toa ka le ho mate.[6]Jesosy nanao zao fagnoharagne
izao te: "Nisy ndaty nanagne hatàn'aviavy raike nambole'e amy ty tanem-bolobo'e le niavy reke nagnente ty voa'e te fie
tsy nahatrea ndre raike. [7]I lahy le nirehake amy lahy mpamboley te: "Intoa, niavy eto raho fa fagnintelo taogne
nifanehake ty fipay ty voa amy ty aviavy toy fie le tsy nahatrea. Firao agneo, nagnino tiagne nengagneo avao hanimba ty
tane toa'o?[8]Le izao ty natohy lahy mpamboley te: 'Adogno avao hey reke ho eo amy ty taogne toy fa hohalieko ty fotoe
naho ty hagnisiako litsake amae. [9]Naho mamoa reke amy taon-kohoavy, le soa, naho tsy mamoa le firaegne!'"[10]Le Jesosy
nagnanatse ty raike agn'anjomban'Agnahare ao amy ty andro Sabata. [11]Ingo, ty ampela raike azo ty fagnahy raty lefa
kepeke fa tagnate ty folo taogne valo amby, fa nivokoke fa tsy nahay nitroatse.[12]Naho fa nahaonigne aze ty Jesosy, le
nitoka aze nao nirehake tihoe: "Afake ty hakombimbao ene." [13]Le nitognonae i ampelay, le nidnre amy iagne avao le
nitroatse i ampelay naho le nisaotse an'Agnahare. [14]Fie ty bey tagnan'anjomban'Agnaharey le niboseke amy ty
fagnintranagne natao i Jesosy amy Sabata igne. Am'izao le namale i bey anjomban'Agnaharey le nirehake amy ndaty tao
rey te: "Misy andro enegne ty natao hiasagne. Mahavia le sitràgna, fie tsy atao amy ty andro sabata."[15]Le Andriantompo
nanoigne aze nanao izao te: "Piso manaja hoho!O vao tsy sambe magnaha ty biri'e naho ty agnombe'e nareo amy ty andro
Sabata le manday aze hinon-drano? [16]Le nihoe zao ka ty anak'ampela i Abrahama, narohy ty Kokolampogne fa tagnate ty
folo taogne valo amby tiagne, le tsy ho hahaegne vao fa andro Sabata?"[17]Le naho fa nirehake zao raha maro zao Reke, le
nimegnatse iabike iareo nanohetse Aze, fa ty ndaty maro tao le tsy nahay avao amy ty raha natao'e.[18]Le tihoe ty natao i
Jesosy te: "Ty inogne ty hambagne amy ty fanjakan'Agnahare, le ty hoe ty inogne ro afake hagnoharako aze? [19]Izao le hoe
ty voandraha minjilite'e narara'o ndaty amy ty tondae, le nitiry nanjare hatae bey raike, le nagnamboara ty vorogna
andanitsey ty tragno amy ty fivakiae."[20]Le mbe nagneren-drehake avao Reke te: "Ty inogne ro hagnoharako ty

fanjakan'Agnahare? [21]Izao le manahake ty laro kedekede misy sira nalae ty ampela naharoe amy ty bom-bare feno in-telo ty fandraofagna aze, nalignie ty hiboegna'e amy bom-bare iabike rey."[22]Jesosy le nandeha ta Jerosalema agne, le fonga nitsitsie i ty tanagne naho ty vohitse tsikiraike mba Jerosalema mbeo le sambe nagnanarae iabike. [23]Nisy ndaty raike nirehake amae te: "Mpagnanatse, o vao tsy ampe ty ndaty hovonjegne?" Le tihoe ty natoi'e te : [24]"Mialia mafe hizilike amy ty lalagne mahifitse nareo, fa magnombara ama'areo Raho, te maro ty te hizilike, fie tsy ho afake hizilike.[25]Naho fa inay ty tompo i tragnoy mitsangagne hagnily ty lalae, le hitsangagne antany ao nareo hampikonkogne i lalagney le hanao tihoe: "Ragnandria, Ragnandria, ampiliro zahay.' Ie hanoigne le hirehake zao ama'areo te: 'Tsy misy famantarako anareo ndre ty nihirifa'areo.' [26]Le hanao tihoe nareo te: 'Zahay nihinagne naho ninogne niatreke azo, le Ihe ka fa nanoro lalan-kavelogne tan-dalagney.' [27]Fie Ie le hanao izao te: 'Mirehake ama'areo raho, tsy fantako ze nihirifa'areo. Misintaha amako, nareo ndaty ra[28]Hisy tagny naho nife hikodritse naho fa talake areo te intiagne ty Abrahama, Isaka, Jakoba, naho ze mpitoky iabike amy ty fanjakàn'Agnahare ao, fie le horoahegne an-tany agne nareo. [29]Iareó le hiakatse boake antignanagna agne, andrefagne, avaratse naho antimo, le hiambesatse an-databatse amy ty fanjakan'Agnahare ao. [30]Fantare te, ze tsy loho mavesatse ro ho voaloha'e, le ze lako ty vesa'e ro ho farae."[31]Niaveo avao, le nisy Fariseo ilae niavy nirehaka amae tihoe: "Akia mandenà misintaha ty etoa fa mikilily ty hamono Azo ty Heroda." [32]Jesosy nanao izao te: "Mandehana le talilio zao amboataolo agne zao te: "Intoa, Raho mandroake kokolampogne naho mitaha marare anito naho ty maray, le naho fa afake fagnintelo andro le ho vitako ty teako ho nanoegne. [33]Ndre ino ndra inogne ty ho hisy, le raha bey amako mbe mionjogne anito, naho ty andro magnarake, fa tsy hoekegne ty famonoagne ty mpitoke ho lavitse i Jerosalema.[34]"Jerosalema, Jerosalema, mpamono mpitoke naho mpitorake vato ze nirahegne ama'areo ao. Fagnimpireko ro namore ty ana'areo nanahake ty rene akoho mamore ty anae ambane ty sandri'e, fie le tsy nirie'areo zao. [35]Ingo, nengagne ty tragnoareo. Ataliliko anareo, fa lelia'e tsy hahatrea Ahy nareo, naho tsy le sita magnombara tihoe nareo te: "Haha ze boake amy ty tahina i Andriantompo."

# 14

[1]Te indraike Sabata, naho fa nimbamy ty tragno ty lahibey fariseo hikama mofo Reke le narendre iareo soa. [2]Le ingo, nisy ajalahy ampijale i edema ty agnolohae eo. [3]Jesosy nagnontane iareo mpahay ty lily ry Jiosy naho ty Fariseo tihoeke: "Faly vao ke tsy faly ty manaha ndaty amy ty andro sabata?"[4]Fa le tsy nahavolagne iareo. Ama ty manao izao le norambese i Jesosy reke, le nohahae, le vinotsoe handeha. [5]Le tihoeke natao'e amy iareo te: "Ia ama'areo ty managna anake lahy naho agnombe tonta agnate vovogne amy ty andro Sabata ro[6] tsy handrombake ty hagnakatse aze?"[7]Naho fa nitalake i Jesosy ty fijibogna iareo hamonjy ty toera soa, le nanao fagnoharagne Reke, nirehake amy iareo te: [8]"Naho fa ao ty mitoka anareo hoavy amy ty enga vao, le ko mitoboke amy ty toeragne loho soa, tsy ho hay ke ndra nisy ndaty tinoka mbe hiasiagne ambone areo ka ty ao. [9]Naho fa ho avy ndaty nitoka anareo, le hirehake zao ama'areo te: 'Meo ty ndaty raike toy o misy azo,' le ty hegna'areo ro hisintaha'areo hamonjy ty toeragne farae ambane.[10]Le naho fa agombaragne nareo, le mandena amy ty toeragne farae ambane, fa naho fa mandriogneo i nagnombara azo'y, vae hirehake amao avao tihoe: 'Ragnetse, mionjona ambonembone atoy.' Le ho hiasiagne nareo ama agnatreha ty miharo latabatse ama'areo. [11]Fa ze magnambone ty vatae le ho ambane, le ze miambane hatroatse."[12]Jesosy ka le nirehake amy nagnombara Aze'y te: "Naho fa manjotso mahakama, ndre fagnombaragne, le ko magnombara ty ragneo naho ty roahalahio naho ze marine azo ndre ty manandraha marine azo, te hitama ty fagnombarae azo ka ho takalo izay, le ho voavale rehe.[13]Fa naho magnombara ndaty rehe, agnombarao ty sahiragne, ty kepeke, ty kombimba, naho ty goa, [14]le ho haha rehe, fa tsy hahavale ty raha natao'o iareo. Fa ihe le ho voavale amy ty fijoroa ty maregne.[15]Rehefa naheno ireo zavatra ireo ny iray tamin'ireo niray latabatra tamin'i Jesosy, dia niteny taminy izy hoe: "Sambatra izay hihinana ny mofo ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra!" [16]Fa Jesosy niteny taminy hoe: "Nisy lehilahy iray nikarakara sakafo lehibe ary nanasa olona maro. [17]Rehefa voakarakara ny sakafo, dia naniraka ny mpanompony izy hiteny an'ireo izay nasaina hoe: 'Mandrosoa, fa ny zava-drehetra dia efa vonona.'[18]Fa le nihambagne iabike ty raha tantsay iareo ao le sambe nanao ze rehake hipalirae. I voalaohae'y nirehake te: "Nivily tane raho, le handeha hey raho handrendreke zay agne. Afaho ty amako.' [19]Ty raike hafa nirehake tihoeke: 'Nivily agnombe folo raho, le handeha handrendreke zay agne. Afaho ty amako. Le ty lahy raike hafa teo nirehake tihoe: [20]'Vaho nanenga valy raho, a izao le tsy ho afake ty hombeo raho.'[21]Le niavy i mpitoro'ey le nitalily izao raha iabike zao amy pataro'ey. Le niboseke am'izao i tompon-tragnoy le nikazakazake i mpitoro'ey nanao tihoe: "Mandenà tsiela agnarabey naho ankiririsa ty tanàgne toy le ndeso iabike ty sahiragne naho ty kombimba, ty goa naho ty kepeke.' [22]Le tihoe ty natoy mpitoro'ey te: "Ragnandria, vita ze nampanoe'o ahy, fie le mbe misy tsy feno avao."[23]Hoe ty natao pataroe'ey amy mpitoro'ey: "Mandenà agnarabey ey naho ty tanembole le sereo iareo hoavy, le ho feno ty tragnoko. [24]Fa le ambarako anareo, fa tsy hisy hangnandragne ty haneko ze lahilahy nagombaragne."[25]Le ndaty maro ty nagnorike Aze, le nitolike Reke le nirehake tihoeke: [26]"Naho misy ama'areo magnorike Ahy ro tsy mahafoe ty rae, ty rene'e, ty valie, naho ty anae, ty rahalahie naho ty rahavavie, ndre ty fiaignae avao, le tsy ho mbiagne ho mpianatro reke. [27]Ndre ia ndra ia ty tsy mijine ty hazo najaly fie magnorike Ahy le tsy ho mbiagne ho mpianako reke.[28]Ia ama'areo ty magniry hagnamboatse tilikambo, ro tsy hitoboke hey hisafire ty ho lany amae naho ty ilagne amae ampara ty hivitae? [29]Fa tsie naho fa nahaoregne ty fotoe reke naho ndra le tsy hahavita izao, le hoatao ty ndaty ze nahatrea izao [30]tsikike te: 'Ty lahy tiagne nieva fagnoregnagne tragnoy fie ndra tsy nahavita.'[31]Le ia ka ty mpanjaka, naho handeha hialy amy ty mpanjaka hafa le tsy hitoboke hey, hametsevetse te naho mindre amy ajalahy ray alegne vao ho afake hialy amy ty mpanjaka hafa avy hanohetse reketse ty ajalahy roalegne? [32]Asa te ie, mbe lavitse ty mpanafike, le hagnirake ndaty tsy ampe hiaolo aze

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

hangatake ty fomba hilongoagne. 33Ama ty manao izao, le ndre ia ndra ia ama'areo ro ty mahafoe ze raha iaby anagnae le
tsy ho mbiagne ho mpianako reke.34Soa ty sira, fie naho montso ty tsiro i sira'y, le akore ka ty hieregnae hasira indraike?
35Fa ndra ty tane ndre ty litsake tsy raha mipay aze, fa le hariagne avao zao. Ze manan-tsofegne ho ndese hitsanogne le
mitsanogna."

# 15

1Le ndre ty mpitake karatse naho ty ry tsy vokatse le niavy eo hitsanogne Jesosy. 2Le nineoneogne ty Fariseo naho mpahay
lily rey, nirehake tihoe: "Ty lahy tiagne miharo amy ty tsy vokatse, le toe mbe miharo fihinagne amae aby."3Jesosy nanao
fagnoharagne tihoeke ama iareo, nirehake tihoe: 4"Ia ama'areo ty managne agnondry zato naho le montso ty raike amae,
ro le tsy hienga i sivy ambey sivampolo amonotogne agne, le hifampipay amy raike nimontsoy hatra ty hatreavagna aze?
5Le naho fa trea'e zao, le hifale reke ro hitarazo zao an-tsoro'ey.6Naho fa avy an-tragnoe ao reke, le hamory ty ragne'e
naho ty tanan-draike amae reke, hirehake zao ama iareo te: "Mahavia mifale mindre amako, fa nitreako i agnondriko
nimontsoy.' 7Hoe zao ka ty ambarako anareo, fa ho hafaleagne andanitse agne ty fiovà havelo ty behakeo raike, ndre te ie
eo ty malio hakeo sivy ambe sivampolo tsy miova havelogne.8Ndre te ia ty ampela managne farantsa kede folo, le naho
montso ty farantsa'e raike, le tsy handrehetse jiro, hamafa tragno, le an-joto'e ty hifampipay zao hatra ty hatreavae aze?
9Le naho fa trea'e zay, le hamory ty ragne'e naho ty tanan-draike amae reke, hirehake zao ama iareo te: "Mahavia mifaly
mindre amako, fa nitrea i vola farantsa kede raike nimontsoy.' 10Hoe zao ka ty ambarako anareo, fa hisy hafaleagne ty
andanitse angnatreha ty anjelin'Agnahare eo amy ty fiovà havelo ty behakeo raike.11Ie niaveo Jesosy nirehake tihoeke:
"Teo ty ndaty raike nanagn'anake roe lahy, 12le hoe tsitso iareoy nirehake aman-drae te: "Omeo ahy aba ze toe ho nihoahy
amy ty lovako." Le zinarae amy iareo ty varae.13Tsy niela afara izay, tsitson'anakey namory ty aze iabike le nandeha amy
ty firenegne raike lavitse, le agne ty nanoae fiaigne dietse nampikitsignae i varae rey. 14Le naho fa nikintsigne ty tamae
niavy ty hakere amo firenegneo, a le fa manomboke tsy mahaampe aze ty amae.15Nandeha reke nikarama amy ty ndaty
raike amo firenegne zao, le nagniraka aze hamahagne lambo an-tonda'e agne. 16Tsy nisy ndre ndaty raike nagnomey raha
aze naho ho niharoke hihinagne i haney lamboy reke.17Fa naho fa niela agne reke vao nifantae ty nanao izao te: 'Fire amo
mpitorogne an-draeko ao ro mihinagne maro amy ty fagnevae, á i raho toa, ro ho ompo ty hakere! 18Hiengako ty etoa le
hoaman-drako agne raho, le hirehake izao amae raho te: "Fa manan-kakeo boake amy ty lanitse raho naho agnatrehao
raho aba. 19Fa tsy fagneva ty mbe ho atao ho anao sasa raho; ampanahafo manahake o mpitoro'o reo raho."20A izao le
nandeha i tsitson'anakey le nimbàman-drae agne. Naho mbe nilavitse reke, le nitalaky rae'y, le tofotse ty arofo'e
niferenaigne, le nilay, niantsampe ambozo'e naho nagnoroke aze. 21I anadahy'e nirahake zao te: 'Aba, fa manan-kakeo
amao naho amin'Agnahare raho. Tsy fagneva ty hatao anao.'22Rae'y nirehake amy mpiasa'e rey te: "Indeso atoy tsiela ty
akajo farae soa, ampiakanjo'o aze, le isio peratse ty tagnae, isio hana ty tombo'e. 23Le naho fa avieo le ndeso sarake
vondrakey le vono'o agne. Ndao hifale naho hihinagne! 24Fa toe fa nimate ty anadahiko, fa anito le nivelogne ndraike.
nimotso reke naho nitrea ka ty anito. Le nifale amizay iareo.25I zoken'anakey tsy teo fa tatonda agne. Naho fa narine i
tragnoy reke, le naharey tsinjake naho raha magneno. 26Nitoka ty raike amy mpiasa'e rey reke naho le nagnontane te
inogne o raha o zao. 27I mpiasa'e nirehake te: "Niheregne an-tragno ty rahalahio le namonoan-drao sarake vondrake, fa
niavy soa tsy nagnahy avao reke.'28Niboseke i zoken'ananake, le tsy nimete hilitse, naho le niakatse i ra'e, naho
nanambetambe aze. 29Fie le tihoe ty natoy zoken'ananake aman-drae: "Ie zao, fa an-taogna'e maro raho ty fagnompoako
azo, tsy mbe nandietse ty lahao raho, 30fie le mbe liako naho nimea'o ndre ose anakanae ho nindrezako nifaly reketse ty
ragneko, ie naho fa avy ty anadahio nampikintsigne ty varao tamy ty tsimiriragne, le vinono'o ho aze ty sarake natao ty
hibeiza'e.'31Tihoe ty nataon-dra'e: 'Anako, ihe le tamako eto avao, le ze raha ahike le azo iabike. 32Fie ty rahalahio fa nimate
naho nivelogne ndraike, nimontso naho nitrea indraike tiagne, le soa naho hifaleagne naho hanoagne fete.'

# 16

1Le tihoe ka ty natao Jesosy amy mpiana'e rey: "Teo ty lahy mpagnarivo raike nanagne mpandahatse ty fanagna'e, le
natalily o ndaty te o mpandahatse ty fanagnae'o ro mandany ty fanagna'e iabike. 2Le nampitoka aze i lahy mpagnarivoy le
nirehake tihoe: 'Ino raha reiko amy ty raha atao'o zao? Ambarao iaby ty omba ty nandaharao ty asa'o fa tsy ho ihe sasa to
ho mpandahatse ty fanagnagne.3Nirehake an-troke tihoe i mpandahatse fanagna'e: "Ty akoreo ty hoataoko, fa afahe ty
pataroako amy ty asa lahareko raho? Ndra hery tsy amako hondeseko hiasa tane, salatse ka raho ty hangatake. 4Izao ty
hataoko, naho fa haafahagne amy ty fandaharagn'asa raho, le hoampandroso'e ty ndaty amy ty tragno'e.5Avy eo i mpitàn-
drahay nitoka tsikiraike amy ze nitrosa amy ty pataroa'e, le nagnontane i volaha'e reke te: 'Fire ty trosa ty pataroako
amao?' 6Le nirehake reke te: 'Menake oliva zato litatse.' Le tihoe ty norehafe'e amae: 'Mandrambesa taratasy le mitoboha
etia tsy ela, le sorato te limampolo.' Naho niavy eo ka le nirehake tamy ty raike i mpitam-panagnagney: 'Fire ty trosao?'
7Le tihoe ty natao'e: 'Vare zato gony.' Le tihoe ty natao'e amae te: 'Mandrambesa taratasy, le sorato valopolo.'8Pataro'e le
nitsiriry mpitam-panagangne tsy maregney amy ty amy ty fahaia'e hevetse amy ty asa'e. Fie mahihitse ambone'e ty ana ty
tane bey toy naho ty laha iareo sambe ndaty naho te ama ty ana ty mazava. 9Magnombara ama'areo Raho, ty vola tsy
maregne ano'o fipaian-dragnetse, le soa naho fa lany izao, le hisy handrambe anareo ay ty anjomban'Agnahare.10Ze
itokisagne amy ty raha kedekede, le itokisagne amy ty raha bey. Le ze tsy maregne amy ty raha kedekede, le tsy ho
maregne amy ty raha bey. 11Naho tsy atokisa'areo ty fampiasagne vola tsy maregne, le ia ty hahatoky anareo amy ty harea
maregne? 12Naho tsy itokisa'areo ty ho fampiasagne ty vola ty ndaty hafa, ho ia ty hagnomey vola hoanareo mitokagne?

[13]Tsy misy mpiasa afake hiasa amy ty pataroe roe, eo reke te halaigne ty raike le ho tea ty raike, asa ka te ie hanolo-
batagne ty raike le tsy himane ty raike. Tsy afake hiaro ty ho tompo an'Agnahare naho ty hareagne."[14]I Fariseo, lako fitea
vola'y, naho naharey o raha iabike izao, le nanivativa iareo. [15]Nirehake tihoeke: "I nareo magnomey ható ty vata'areo
magnatreke ty ndaty fie Andrianagnahare mahaonigne ty agnate ty foe'areo. Fa ze tsiririegne agnatreha'ondaty le ho
irihiagne agnatrehan'Agnahare.[16]Ty lily naho ty mpitoky fa teo hatra ty nahavia i Jaona. Fa hatra i fotoagne izay ro
nitaliliegne ty talilisoa an'Agnahare, le ze kila ondaty le nimane nagnorike ty lalagne hombeo. [17]Fa le mbe mora ka ty ho
afake ty tane naho ty lanitse te amy ty ho afake ty soratse kede amy ty lily tsy horihigne.[18]Ze nagnare ty valie le magnenga
ampela hafa le mandika filagne, ka le magnenga ampela ty nisara-baly le mandika filagne.[19]Teo ty mpagnarivo raike
nagnisy akanjo voloparasy naho doroke matify nifaly sanandro ty harea'e maro. [20]Teo ka ty mpangatake raike atao
Lazarosy zay nifere bey, nitoboke an-dala iareo eo, le niharoke hihinagne ze poke amy ty lataba i lahy mpagnarivoy. [21]Le
ndre ty amboa nandriogne tsy nitselake ty feri'e.[22]Naho fa nimate i mpangatakey le nindese i anjely rey amy Abrahama
agne. Nimate avao ka i mpagnarivoy naho le nalevegne, [23]amy ty tane ty montso, naho fa nampijaleagne reke le
nampibalike ty maso'e naho le nahatalaky i Abrahama naho i Lazarosy toboke agnilae eo.[24]Le nitoka reke nanao tihoeke:
'Ragnandria Abrahama, feregneso raho, votsoro ty Lazarosy hampijogne ty loha tondro'e agnate ty rano toy
hampagnintsigne ty lelako, fa loho agnate fijalea loatse ampo ty afo toy raho.'[25]Le tihoe ty natoy Abrahama: 'Anake, tiaro'o
te ze andro niaignao le raha soa avao ty niazo'o, fa ty ey Lazarosy le ty raty avao. Le ie hinaneo atoy ka reke le
tambetambe ty azo'e fa fijaleagne ka ty azo. [26]Tsy zay avao, fa mbe misy halibey lalike natao, tsy hahafaha ze te hitsaka
etoy hitsaka mbeo, naho ty te hitsake ey hitsaka atoy.'[27]I lahy mpagnarivoy nirehake tihoeke: 'Mihalaly amao raho aba
Abrahama, hagnirahao aze ho antragnon-draeko ne_ fa managne rahalahy lime raho_ [28]hahafahae manoro iareo tsy ho
mone mbe ho avy amy ty tane fialeagne toy avao ka iareo.'[29]Izao ty natoy Abrahama te: "Managne Mosesy naho ty
mpitoki'e iareo; le mbe hitsanogne rey iareo.' [30]Le hoe ty natoy lahy mpagnarivoy: "Tsie aba zay Abrahama, fa naho ty fa
nimate ro mbamy iareo mbeo, le hiova havelogne iareo.' [31]Fa le mbe tihoe avao ty natoy Abrahama: 'Naho tsy mitsanogne
i Mosesy naho mpitoky reo iareo, le tsy ho mete laharegne zao ndre te ie misy ndaty mate hivagnom-belogne ndraike.'"

## 17

[1]Jesosy nirehake amy mpiana'e rey te: "Fantatse fa toe le hisy ty raha hatafintohigne antika, fie loza hoe ze mitsikapy! [2]Ty
nisoa'e ndra nisiagne vatobey am-bozo'e le natorake an-driake, tsy ndra hitsikapy ty mavomavo toagne.[3]Le manoa soa
nareo, naho eo ty rahalahio diso, le rarao mafe reke, a naho misoloho, le miefá. [4]Naho diso impito amao agnate ty andro
raike reke, le hiheregne impito amao hirehake tihoe: "Misoloho raho, le toe hiefa avao rehe."[5]Le tihoe ty norehafe i
Ampostoly rey: "Ampitombó ty finoa'ay."[6] Andriantompo nirehake zao te: "Naho manam-pinoagne manahake ty voan-
draha minjilite'e nareo, le vita'areo ty rehake ty hatàm-boaroy roa te: 'Miombota, le mitiria andriake agne.' le ho mete
areo zao.[7]A ho ia ama'areo ty managne ty mpiasa'e miasa tane ndre mpiroake agnondry, ro hirehake zao amae naho fa
avy boake an-tonda agne te: 'Mbetoa tsy ela le mitoboha hihinagne?' [8]Fa tsy hirehake izao tihoeke amae: 'Analakagno raha
hohaneko raho, le isio raha famehe troke ty akanjo'o le mbetoa torogno raho hatra ty hilania ty haneko naho hinomako.
Le mbe hihinagne naho hinogne ka rehe.[9]A le hisaotse mpiasa'e vao reke ke tsy hisaotse ndra te ie nahavita ty raha
nampanoegne aze reke? [10]Ndre inareo zao, naho nahavita ty raha nafantoke ama'areo nareo le hirehake tihoeke: "Mpiasa
tsy mahasakagne zahay, ty raha ho natao'ay avao ro nivita'ay.'"[11]Le naho fa nimbà Jerosalema Reke, le nihoza amy ty
moron-tane agnivo i Samaria naho Galilea. [12]Le naho fa nizilike amy ty tanàgne raike reke le nifanampy amy ty lahy boka
folo ao. [13]Nitsangagne lavitse Aze iareo le nitoka mafe nirehake tihoe: "Jesosy, Andriantompo, iferenaigno zahay."[14]Naho fa
nahatalake iareo Reke, letihoe ty norehafe'e: "Akia, atoro'o mpisorogne reo ty tagna'areo." [15]Naho iareo nandeha'y le nalio.
Naho fa nahatrea ty raike amy iareo te fa jangagne, le niheregne, nikoke mafe nagnomey ty lazan'Agnahare. [16]Nihohoke
amy ty fandia i Jesosy, nisaotsaotse Aze. Ndatio le Samaritana.[17]Le nirehake izao ty Jesosy te: "Tsy fa malio vao iareo folo?
Vaho aia ty sivy? [18]Le tsy nisy niheregne hagnomey ty voninahin'Agnahare naho tsy ty raike ambahiny toy vao? [19]Le hoa
Reke tamae: "Mitroara, le mandenà, fa ty finoa'o ro nahajangagna azo."[20]Naho nagnontane Fariseo rey te mbia ty
fanjakan'Agnahare ty ho avy, le tihoe ty natoy Jesosy: "Tsy raha talake maso ty hiavia ty fanjakan'Agnahare, [21]tsy hirehake
izao ka iareo te: 'Intike an'ie, enteo!' na hanao tihoe: Indroagne an'ie!' Fa izao, ty fanjakan'Agnahare fa amareo ao."[22]Tihoe
ty asa'e mpianatse rey: "Avy ty andro hagniria areo hahatreavagne ty raike amy ty andro ty Tirinolombelogne, fa tsy
hahatrea izao nareo. [23]Le iareo le hanao izao anareo te: 'Indroy an'ie! Intike an'ie! Ko miakatse handrombaka aze, [24]fa
manahake ty helatse manjelatse mitaratse ty zoro ty lanitse mitsake amy ty zoro'e raike zao, le ho'e zao ka ty Ana Ondaty
amy ty andro'e.[25]Fa toe le hijale naho liere ty ndaty amy ty raha maro Reke amy ty voaloha'e. [26]Manahake ty raha nisy
tama ty ano i Noa ka ty hisy amy ty andro ty Ana Ondaty. [27]Nihinagne iareo, ninogne, nanambaly, nasese ho engagne,
mandra-pizily i Noa am-po ty sambo'e ao_ A le niavy ty safo-drano nanjamagne iareo.[28]Manahake ty tama ty andro i
Lota_Nihinagne naho ninogne iareo, nivily naho nivarotse, namboly nao nanao tragno. [29]Le tama ty andro niakara i Lota
ta Sodoma tao, le afo naho solifara ro nipoke boake an-danitse agne nanjamagne iareo iabike.[30]Le ho'e zao avao ka ty amy
ty andro hiboaha ty Ana Ondaty. [31]Amo zao andro zao, le engagne hizotso hangalake ty enta'e ho ahakatse an-tany agne ty
tompon-tragno; le ko engagne ka hiheregne hangalake ze an-tonda agne.[32]Tiarovo ty valy Lota, [33]ndre ia ndra ia ty te
handrombake ty fiai'e le handrebakre ty vatae, fa ze hagnare ty fiai'e le hahavotse ty vatae.[34]Ataliliko anareo, fa ty
halegne amo andro zao, le hisy ndaty roe miharo fandreagne raike. [35]Ty raike ho rambese, ty raike ho votsoragne. Le hisy
ampela roe hiaro lisagne. Ty raike ho rambese, ty raike ho votsoragne. [36][Marihegne: Misy fandikagne ilae fanjaka vatae


generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

magnafake ty andine'e faha 36 te: "Hisy roe lahy an-tonda agne, ty raike ho rambesegne, ty raike ho votsoragne."]
[37]Nangontane Aze tihoe iareo: "Ho aia izao, Andriantompo? Le tihoe ty natoy Jesosy: "Ze misy ty mate, ro hisiagne ty fa
natraoke hiaro raike."

# 18

[1]Le nanao fagnoharagne hoe mpiana'e rey Reke himanea'e iareo fivavahagne lomognandro, tsy hahakivy iareo. [2]Le
tihoeke ty natao'e: "Teo ty mpitsara tsy matahotse an'Agnahare naho tsy mihasy ndaty tamy ty tanagne raike.[3]Le nisy
vantotse mpiheo ama'e ao isan'andro amo tanàgneo, nirehake amae tihoeke: 'Ampeo raho mba hanagnako ható amy ty
ndaty malaigne ahy.' [4]Fa ie fa niela reke ty tsy nanagne vetsevetse ty hagnampe aze, fie naho fa nirehake tihoe an-tro'e
agne reke te: 'Ndre te ie tsy matahotse an'Agnahare raho ndre te ie tsy mihasy ndaty, [5]fie ndra ho sosore ty vantotse toy
raho, le ndra ho ampeako reke hahazoa'e ható, tsy hagnahiragna'e ahy amy ty fiheren-kere'e atoy.'"[6]Le nirehake tihoe ty
Andriantompo: "Tsanogno ze nambara mpitsara tsy maregne zay. [7]Te tsy hagnomey ható hoe ze jinobo'e mitoreo andro
naho halegne amae ka vao ty Andrianagnahare? Le hampandigne andro maroe ho'e iareo vao Reke? [8]A le ambarako
anareo fa tsy ela avao ty hagnomeza'e ható anareo. Le ho'e zao ka, naho fa amy ty fiavia ty Ana Ondaty, hahaonigne
finoagne an-tany etoa ka vao Reke?"[9]Le mbe nanohatse ho'e ty ilae manao ty vatae ho maregne naho mangivativa ty
ndaty hafa tihoeke ka reke: [10]"Teo ty roe lahy nandeha an'anjomban'Agnahare ao hivavake_ Ty raike le Fariseo le ty raike
mpitake karatse."[11]I Fariseo nitsangagne le nivavake ho'e ty vatae nanao tihoeke: "Andrianagnahare, misaotse Azo raho fa
tsy manahake ty ndaty hafa_mpangalatse, ndaty tsy maregne, mpandika filàgne, mbe tsy manahake ty mpitake karatse
tiagne. [12]Tsy mipaoke hanegne indroe agnate ty heregn'andro raho. Magnomey ty am-pahafolo ze raha niazoko.'[13]I
mpitake karatsey nitsangagne lavitsey, ndre ty hiandra ty maso'e amy lanitsey tsy nivane'e, nijera ty aragna'e, nirehake
tihoeke: 'Andrianagnahare, iferinaigno raho, fa ndaty behakeo.' [14]A le ataliliko anareo, fa o lahio le niheregne an-tragno'e
agne malio tahigne te amy lahy raikey, fa ze manonjom-batagne le hazetse, le ze miambane hatroatse."[15]Fonga nitarike ty
anae ho amae eo ze ndaty teo, magniry ty hotsapa'e, fa mpianatse rey naho fa nahatrea izao, le nandrara iareo. [16]Jesosy
nitoka iareo hiharine Aze, le tihoe ty rineha'e: "Votsoro ty ajaja hiharine Ahy, ko raràgne. Fa ty ho'e iareo toa ty
fanjakan'Agnahare. [17]Ataliliko soa anareo, fa ndre ia ndra ia ty tsy mandrae ty fanjakan'Agnahare manahake ty ajaja, le
toe tsy hilitse amo zao."[18]Le nisy mpanampake lily raike nagnontane Jesosy tihoe: 'Mpampianatse soa vatae, inogne ty
raha hatako hahazoako ty fiainagne tsitampetampetse?' [19]Jesosy nirehake amae tihoeke: "Magnino raho atao soa'o? Tsy
misy ndaty soa, naho tsy Andrianagnahare avao. [20]Fa haio ty lily_ Ko mandika filam-baly, ko mamono ndaty, ko
mangalatse, ko miantoke vande, mihasia rae mihasia rene." [21]Izao ty natoy i mpanampake lily: 'Fa niambeko iaby hatra i
raho mbe nikede zao."[22]Naho fa naharey izao Jesosy, le nisaontsy tihoe: "Raha raike ty tsy ampe amao, mivarotse ze kila
raha anagnao rehe le zarao amy ty sahiragne, le hanagne ty harea'o an-danitse agne_ le mbeo hagnorike Ahy." [23]Naho
naharey izao i mpanampake lily, le tsy nisy fa ndaty mpagnarivo reke.[24]Jesosy ka nahaonigne aze, le nikorefotse ty fiai'e
[Fanamarihagne: Iareo mahay raha le sambe managne ty vetsevetse'e te ho ampilirigne etoa ty rehake hoeke: [Ie] le
nikorefotse ty fiai'e. Ampirao amy ty andine'e 23] le nanao tihoeke: "Manao akore ty hasaro ty hiziliha ty mpagnararivo
amy ty fanjakan'Agnahare! [25]Fa toe ndra mora ka ty hiziliha ty rameva amy ty hiri-mpanjaitse, te ama ty hiziliha ty
mpagnarivo amy ty fanjakan'Agnahare."[26]Ze naharey zay le nirehake tihoeke: "A ho ia areke ty hoavotagne?" [27]Tihoe ty
natoy Jesosy: "Ze tsy hay ondaty, hain'Agnahare."[28]Petera nirehake tihoeke: "Intoa zahay, nienga ze kila raha'ay le
nagnorike Azo. [29]Zao ty saontsy Jesosy amy iareo te: "Ataliliko soa anareo, fa tsy misy ndaty nahafoe tragno, valy, rahalahy,
ty rae nao rene'e, ty anae, te ama ty fanjakan'Agnahare, [30]le ze tsy hahazo raha maro amy ty tanebey toy, le ho havelogne
tsitampetampetse naho fa afara agne."[31]Naho fa nivorie amae eo ty folo lahy roe ambe Reke, le tihoe ty nisaontsi'e ama
iareo: "Ingo, manganike mba Jerosalema ntika, le ho lefe ty raha iaby sinora ty mpitoky mahakaseke ty Ana Ondaty. [32]Te
hatolotse o Jentilisa'o Reke, ho heheagne, ho salaharegne, ho roràgne. [33]Afara ty jera Aze, le hovonoe iareo Reke fe ie ama
ty fahatelo andro le hivagnom-belogne indraike Reke."[34]Fa ie le tsy nisy nahafantatse ty nomba zao raha zao iareo, toe
rehake avony ka naho le tsy nisy naharendreke izao raha notsaragne zao.[35]Naho fa narine i Jeriko ty Jesosy, le nisy lahy
goa mangatake an-dalagneo, [36]naho fa naharey ndaty maro mandriogneo, le nagnontane ze raha nisy. [37]Nanabara iareo te
Jesosy boake Nazareta mandriogneo.[38]Le nitoka mafe am'izao re, nanao tihoe: "Jesosy, Foko i Davida, iferinaigno raho." Le
ze nandeha aloha nandrara i lahy goa'y, le nirehaka aze hiitsigne. [39]Fa ie le ndra nagnonjogne ty feo'e nanao tihoe reke:
"Ry Foko Davida, iferinaigno raho."[40]Nijanogne ty Jesosy le nampinday i lahy ho mbamae mbeo. Le naho fa narine i lahy
goa'y, le nagnontane tihoe Jesosy: [41]"Inogne ty tea'o hataoko amao?" Nanoigne tihoeke reke: "Andriantompo, te hahatrea
raho."[42]Tihoe ty natoy Jesosy aze: "Mahatreava, ty finoa'o ro nahavotsotse azo." [43]Eo naho eo avao le nahatrea reke avy le
nagnorike Aze, hagnomey ty hasin'Agnahare. Ze ndaty iaby naho fa nahatrea izao, le nanondrotse ty lazan'Agnahare.

# 19

[1]Nizilike naho nandriogne ta Jeriko ty Jesosy,[2] le ingo ty lahy atao Zakaiosy zay ty teo. Izay lahibey ty mpitake karatse
naho ndaty mpagnarivo.[3]Te hahatrea i Jesosy reke, fie boribory nao le tsy afake ty hahatrea am-po ndaty ao. [4]A le nilay
niaolo ndaty rey agne reke le nanganike hataen'Adabo raike hahatreava'e Aze, fa toe handriogne amy lalagne zay ty
Jesosy.[5]Naho fa niavy amy toeragney ty Jesosy, le niandra nagnambone Reke nirehake amae te: "Mizotsoa malaky
Zakaiosy, fa ho ambahinio amao ao Raho te anito." [6]Le nizotso tsy ela reke nandrae Aze an-kafaleagne. [7]Naho fa nahatrea
izao maro rey, le sambe nitoreo, nirehake teihoe: "Inge Ie nitilike i lahy behakeoy agne."[8]Nitsangagne ty Zakaiosy le tihoe

ty norehafe'e: "Ragnandria, vazohó ty antsasa ty fanagnako hatoloko ty sahiragne, le naho misy raha nigegeako ndaty , le
hoavaheko inempatse." [9]Tihoe ty saontsy Jesosy: "Anito ty hiavia ty fagnavotagne amy ty tragno toa, fa toe fokoa i
Abrahama ka reke. [10]Fa ty Ana Ondaty le niavy hipay naho hagnavotse ze motso."[11]Naho naharey zao raha iabike zao
iareo, le mbe nisaontsy nanao fagnoharagne raike Reke, fa toe fa narine i Jerosalema, le sambe fa nandigne iareo ty
hiboaha ty fanjakan'Agnahare eo naho eo. [12]Ama ty manao izao le nisaontsy tihoeke Reke: "Teo ty ndaty amy ty
fanjakagne raike nisintake lavitse agne hipay ty fanjaka'e le mbe hibalike ka boakeo.[13]Nitoka ty folo lahy amy ty mpiasa'e
reke, le nanolotse farantsa folo iareo, le nirehake tihoeke: "Manoa varobarotse handigny ty fihereko." [14]Fie niheje ty
tanan-draike amae reke, le nampagnoriha iareo ndaty, hirehake tihoe: 'Tsy mipay ty hanjaká ty lahy toy ama'ay eto
zahay.' [15]Le naho fa nibalike reke, nandrambe ty fanjakàe, le nampitoka i mpiasa'e nimea'e volay rey hoamaeo reke,
hahafantara'e ty tombo ty niazo'iareo amy ty varobarotse natao'e.[16]Niavy voaloha'e, nirehake tihoeke: 'Ragnandria, volao
le nahazo tombo'e fagnimpolo'e mihoatse. [17]Nirehake rangahey te: "Mpitorogne soa, soa izao, a naho nitokisagne ama ty
raha kedekede rehe, le ihe ty handily amy ty tanàgne folo.'[18]I faharo'ey naivy, nirehake tihoeke: 'Ragnandria, ty volao, le
nahavy vola lime hafa.' [19]Le tihoe ty natao i rangahey: 'Handily amy ty tanàgne lime rehe.'[20]Niavy raike, nirehake tihoeke:
"Ragnandria, intiagne ty volao, nahajako am-po lamba ao, [21]fa natahotse azo raho, fa toe ndaty masiake rehe. Mangalake
avao ze tsy nengao, mijinja ze tsy nafafeo.'[22]Nirehake amae rangahey te: 'Amo zao rehao raike zao ro hitsarako azo, ty
mpiasa raty tiagne. Nifantao te ndaty masiake raho, mangalake avao ze tsy nengako, mijinja avao ze tsy nafafeko. [23]A
nagnino naho naseseo amy ty mpitagne vola agne ty volako, le naho fa nibalike raho ndra nangalake aze reketse ty anae?
[24]Le tihoe ty norehafe rangahey ama iareo nitsangangne marineo te: 'Alao amae volay, le toloro i managne foloy.' [25]Le hoe
ty asa iareo te: 'Ragnandria, fa managne vola folo reke.'[26]Magnombara ama'areo raho, fa ze managne le homeagne
ambone'e, fa ze tsy managne, le mbe hoalaegne amae ze anagnae. [27]Le ty fahavaloko, malaigne ty hanjakako ama iareo
etoa, ndeso areo etoa lentao miatreke ahy.'"[28]Naho fa nivita zao saontsie zao, le nandeha aloha Reke, hamonje Jerosalema
agne.[29]Naho fa niavay agnila i Betifaga naho Betania Reke, ambohitse atao Oliva zay, le nagnirake ty roe amy mpianae rey,
[30] nisaontsy tihoe: "Mandenà amy ty tanàgne raike. Naho fa mizilike ao nareo, hahatrea anam-birike mbe tsy nitongoa
ondaty. Hahao zao, le ndeso amako atoy. [31]Naho ao ty magnontane anareo tihoe: 'Ty aia ty agnaha areo io? le volagno
tihoe: 'Ao ty ilà Andriantompo aze.'"[32]I nirahegne nandeha rey le nahatrea anam-birike tsisy hafa amy ty nisaontsi'e Jesosy
ama iareo. [33]Naho mbe magnaha i anam-birikey iareo, le hoe ty tompoe ama iareo te: 'Ino agnaha'areo o anam-birikio?
[34]Nirehake zao iareo te: 'Misy ilà i Andriantompo aze.' [35]Nindese iareo amy Jesosy agne zao, le nata'iareo ambone i anam-
birikey ey ty lamba iareo, naho le nampitongoa iareo ambone'ey ty Jesosy. [36]Naho fa Reke nandehay, le namelatse ty
lambae amy lalagney iareo.[37]Naho fa narine fidignagne ambohetse Oliva ey Reke, le nifale mpiana'e maro rey naho le
nanandratse an'Agnahare amy ty feo mafe amy ty raha bey nitrea iareo, [38]le nirehake tihoeke: 'Deraegne ze mpanjaka
amy ty tahina i Andriantompo! Hiadagne ty an-danitse agne naho voninahitse andidimonegne[39]hize Fariseo tama ty ndaty
maro eo nirehake tihoeke: "Mpampianatse, rarao mpianao reo." [40]Nanoigne ty Jesosy nisaontsy tihoeke: "Atalilliko
ama'areo, fa naho mitsigne ireo, le o vato ro hitsikorea.'[41]Naho fa narine ty tanà i Jesosy, le niharovetse aze, [42]nisaontsy
tihoeke: "Naho nifantao te izao andro zao, le ihe, ty raha ho ninday soa hoazo! Fie hinaneke zao le ndra raha tsy talake ty
maso'o.[43]Mbe hoavy amao ty andro, hagnoregna ty fahavalo'o hery amboho'o ao, le hoatao iareo arikobogne rehe le ho
kalagnae ama ze kila raha hatao'o. [44]Hatonta iareo reketse ty anao ama ty tany rehe. Le ndra vato mifanikitse tsy hoenga
iareo, fa toe tsy nihai'o ty arofon'Agnahare nimane ty hagnavotse azo."[45]Nizilika an'anjomba fivavahagne ao reke
nandroake mpivarotse rey,[46] le nisaontsy ama iareo tihoe: "Voasoratse te: 'ty anjombako le anjomba fivavahagne', fie ndra
natao iareo lakato ty mpangalatse."[47]Le nagnanatse isan'andro agnan'anjomba fivavahagne ao reke. Iareo lahibey ty
mpisorogne naho mpahay lily rey le nikinia hamono Aze avao, [48]fie tsy nihay iareo ty fomba hatao iareo hamonoagne Aze
fa maro ty ndaty mimane tsanogne Aze.

## 20

[1]Te indraikenagnanatse agn'anjomba fivavahagne ao ty Jesosy le nitalily fagnombara soa, niharine Aze i lahibey
mpisorogne rey naho ty mpahay lily reketse ty bey an-tanàgne. [2]Nirehake tiho iareo: "Ambarao anay te amy ty fahefa ia ty
anoa'areo zao raha iabike zao? Le ia ka ty nagnomey azo zao fahefagne zao?"[3]Nanoigne tihoe ama iareo Reke:
"Hagnontany anareo ka Raho. Ambarao ahy te mahakaseke ty [4]Batisa i Jaona. Boake an-danitse agne vao zao ke boake
amin'Agnahare?"[5]Nitolake iareo, nanao tihoeke: "Naho hanao tihoe tikagne te: 'Boake an-danite' le hanao tihoe Reke: 'A
ino tsy inoa areo Aze'o? [6]Le naho tihoe ka ty hatointika te: 'Boake ama ondaty' le ho torahe ondatio ntika, fa iareo fa
magneke te Jaona le mpitoky."[7]Ama ty manao izao, le natao iareo tsy fanta iareo ty niboaha'e. [8]Jesosy nisaontsy ama iareo
te: "Raho ka tsy hagnombara anareo ty lily hanoako izao raha iaby zao."[9]Nitalily fagnoharagne ho'e zao amy ndaty maro
tihoe Reke: "Teo ty rangahe raike nampiasa tanem-boaloboke, le nampanofa izao ama ty mpambole voaloboke, le nienga
izao reke nandeha amy ty firenegne hafa lavitse le niela ty lia'e agne. [10]Ama ty andro raike, le nagnirake ndaty reke ho
amy tanem-boalobokey, fa tokoe hagnomey voaloboke aze mpamboly rey. Fie ndra jinera i mpamboly rey reke, le noly
harae.[11]Le mbe nandefa mpiasa'e raike hafa ka reke fie mbe jinera iareo avao, salahare iareo, le mbe nampolie iareo
harae avao. [12]Mbe nandefa fagnintelo'e reke fie mbe jinera iareo nao rinoa iareo.[13]A izao le nirehake tompo i tanem-
boaloboke te: 'Inogne ty hataoko? Hampandenako agne o anako teako ke ndra hiasia iareo.' [14]Fie naho fa nitalake
mpamboly voaloboke rey reke, le nifampirehake tihoeke iareo te: 'Intiagne mpandovay, ndagne holentantika ndra
hoantika i lovay.'[15]Noroahy iareo hisitake tanem-boalobokey reke le vinono iareo. A inogne areke ty raha hatao i tanem-

boalobokey iareo? [16]Hoavy reke hampidemodemoke mpambole voaloboke rey, le hagnomey tanem-boaloboke ho'e ty
ndaty hafa." Naho fa naharey zao iareo le nanao tihoeke: "Sondia'e amin'Agnahare."[17]Le nagnente iareo ty Jesosy, le nanao
tihoeke: "Heinhe areke ty omba i soratse tihoekey te: 'Ty vato naria ty mpamboatse tragno ro nanjary zorom-bato?' [18]Ze
raike ho tonta amy vato zay le hangomokomoke, le ze hitonta'e le hodemodemoke."[19]Naho fa nifanta i mpahy lily naho
lahibey mpisorogne rey te tohetse iareo ty nampiombagne fagnoharagney lefa nite hitsepake Aze iareo fie natahotse
ndaty maro rey. [20]Nisafiri'e iareo soa Reke, le nagnirake ndaty maregne hiambegne ty tsara'e te ota iareo, hindesagne Aze
amy ty lily naho ty fahefà ty goverinora.[21]Nagnontane Aze iareo, nirehake tihoeke: "Mpampianatse, hai'ay Ihe te mirehake
naho manoro lalan-kavelogne amy ty maregne, tsy mipaoke ze heve'ondaty, fa le manoro maregne ty lalan'Agnahare. [22]A
mete vao ke tsy mete ama'ay ty mandoa vola hoe Kaisara?"[23]Fie niarofana i Jesosy ty fandrike tea iareo hatao, le nisaontsy
tihoeke iareo te: [24]"Toro'o vola vigne raike atoy Raho. Sare ia naho ty agnara ia o amae eo? Nirehake iareo te: 'Ey
kaisara'[25]Reke nisaontsy ama iareo te: "A nao izao toloro Kaisara ze raha i Kaisara, an'Agnahare ze raha an'Agnahare."
[26]Tsy nahatrea ota amy ze tsara'e magnatreke ndaty maro iareo, fa ndra nilatsa amy ty rehake natoi'e le nitsigne.[27]Naho fa
niavy amae eo ty ilae amy Sadoseo nirehake te tsy misy ty fivanognam-belogne indraikey, [28]le nagnontane Aze tihoe:
"Mpampianatse, Mosesy nanoratse hoantika te naho maty ty rahalahy ty lahilahy raike, manambaly mbe tsy agn'anake, le
soa naho i lahy rahalahi'e ro magnenga valin-drahalahi'e, hagnomey anake ho'e ty rahalahi'e.[29]Teo ty mpirahalahe fito le
voalohae ty nanambaly, le nimate mbe tsy agn'anake, [30]faharo'e ka nihoe zay. [31]Nagnenga aze ka fagninteloe fa le nihoe
zay iaby iareo fito sambe nimate iaby tsy agn'anake. [32]Naho fa niafara agne ka le nimate i ampelay. [33]A aho fa agne ty
fivanognagne velogne, ho valy ia areke reke? Iareo fito fa sambe nivali'e."[34]Tihoe ty saontsy Jesosy ama iareo te: "Ty ana ty
tanebey toy le magnenga valy naho engagne. [35]Fa ze trea amo hinane zao naho ty fagneva ty hivagnom-belogne le tsy
hagnenga valy naho tsy hoengange. [36]Le tsy ho mate sasa iareo, fa manahake ty anjely naho ty anan'Agnahare, ze ana ty
nivagnom-belogne.[37]Fa ty mate vinelogne indraike, ndra i Mosesy toe fa nampiboake izao, amy ze toeragne misy voaroy
zay, tamy ty nitokava'e Andriantompo ho Andrianagnahare i Abrahama naho Andrianagnahare Isaka, le Andrianagnare i
Jakoba. [38]Ie tsy Andrianagnahare ty mate, fa ty velogne, toe ze kila ndaty le velogne amae ao.'"[39]Ty ilae amy mpahay lily
nanao izao te: "Mpampianatse, soa ty natoi'o." [40]Naho fa tsy nahavane hagnontane sasa iareo.[41]Jesosy nisaontsy ama iareo
tihoeke: "Ino ty nahavia iareo hagnombara te Kristy le anadahy Davida? [42]Fa le ty vata i Davida ty nagnombara am-po
boke Salamo te: "Andriantompo nisaontsy aman-dRagnandriako te: 'Toboha ankavagna ty Fitako etoa, [43]handigne ty
hanoako ty fahavalo'o ho fisia'o ty tombo'o.' [44]Am'izao ty Davida le nanao Kristy tihoe: 'Andriantompo' A inogne ty maha
ana i Davida Aze?"[45]Magnatreke i ndaty maro rey le nisaontsy ama o mpitoky maro rey Reke te: [46]"Miambena amy ty
mpahay lily, fa magniry handeha reketse ty ankanjoe lava, magniry hosalamagne raike am-po tsena, seza voaloha'e
agn'anjomba fivavahagne ao naho ty amy ty fagnombaragne. [47]Iareo avao ka ro mbe mampikintsigne o vantotseo, le sare
manao vavake lavabey ho talakesegne. Ty ndaty manao ho'e zao le hanan-kakeo bey."

## 21

[1]Nitolike ty Jesosy le nahatalaky lahy mpagnarivo rey nampijogne raketse am-po fisian-draketsey ao. [2]Nahaonigne
vantotse raike mahatra nampijogne farantsa roe ao Reke. [3]Le hoa Reke: "Atališiko soa anareo, fa ty vantotse tiagne ty
nampijogne bey ama iareo iabike. [4]Iareo iabike reo, le nampijogne amy ty hamaro ty fanagna'e. Fa ty vantotse tiagne amy
ty tsy fanagna'e, le nampijogne iabike ze tamae miantoke ty fiai'e.[5]Naho maro ty nitsiriry te feno vatosoa naho raketse
agn'anjomba fivavahagne ao, le nisaontsy tihoeke Reke:[6] "Ze kila raha iaby trea'areo zao, le ndra vato raike tsy hoamae
naho fa avy ze andro raike zay le ho ravagne zao."[7]Nagnontane tihoeke Aze iareo te: "Mpampianatse, mbia ty hiavia zao
raha iaby zao? Heinhe ty famantara'e naho fa ho avy zao raha zao? [8]Tihoe ty natoy Jesosy: "Manoa soa tsy ho voafitake
nareo. Fa maro ty hoavy ama ty tahinako, hanao tihoe: '' I Raho ty ie' lefa 'Harine ty fotoa'e' Ko magnorike iareo. [9]Naho fa
maharey aly naho korontagne nareo le ko matahotse, fa toe le raha hoavy hiaolo aze zao, fa mbe tsy ty fara'e.[10]Le mbe hoe
ka Reke ama iareo: "Ty firenegne le hioregne hanohetse firenegne, ty fanjakagne hioregne hanohetse fanjakagne.
[11]Hiezegnezegne ty tanebey toy, hoavy ty kere naho ty aretegne manjamagne ze kila tane. Hisy raha bey hampatahotse
naho famanataragne boake an-danitsey.[12]Fa hiaolo ze raha iaby zao, le hagnambotse anareo iareo le hipay ty hiratia areo.
Le hinday anareo agn'anjomba fivavahagne agne naho ty figadragne, le ho sikala ama ty mpanjaka naho mpahay lily ama
ty tahinako. [13]Izao le hagnafake anareo amy ty fiantofagne raha maregne.[14]A izao lefa tampaho ty ho heveareo tsy
hametsevetse ty raha hatoi'areo hagnavotse anareo, [15]fa Raho hagnomey anareo tsara naho hilala, tsy hay ty manohetse
anareo toheregne naho lieregne.[16]Inareo ka le mbe hatolo ty rae naho rene'areo, rahalahi'areo, ragnetse naho ty longo
areo, le handeta ty ilae ama'areo. [17]Halaimbitagne anareo ama ty tahinako avao ze ndaty. [18]Fa ndre ty volondoha'areo
raike tsy raha ho rarake. [19]A inareo miaretse ro maharombake ty fiai'areo.[20]Naho fa trea'areo te atao miaramila
arikobogne ty Jerosalema, le fantaro te fa marine ty hirava'e,[21] ze Jodia milaisa am-bohetse agne, ze an-tanàgne ao
miakara, rarao tsy hizilike ao o ambanivolo. [22]Fa io ty andro hamaleagne faty, naho ty hilefea ze sinoratse.[23]Ho loza iareo
mivesatse naho ty jabele amo andro zao! Fa ho avy ama ty tane toy zay hasahiram-be zay, ama ty heloke natao ndatio.
[24]Ho rese amy ty aly iareo ndra ho ndevo amy ze kila tane, le hanjakà ty Jentilisa ty Jerosalema, hatra ty hiavia ty andro i
Jentilisa.[25]Hisy famantaragne ama ty andro oy ey, ama--bolagne ey, ty kintagne naho ty tane toy. Ho sahiragne ty tane toy,
ho marimarike avao ama ty riake naho ty onja, fa hihezegnezegne ty hery ty lanitse. [26]Hisy lehilahy ho toran'ny tahotra sy
ny fiandrasana ireo zavatra izay ho avy eto an-tany. Fa ho voahozongozona ny herin'ny lanitra.[27]Le ho talake iareo ty Ana
Ondaty handeha amy rahogne ey reketse ty heri'e naho ty voninahi'e. [28]Le naho fa zao ty raha misy mitroara le miandrà,

dia mitsangàna ary hasandrato ny lohanareo, fa marine ty fandrombahagne anareo."29Nanao fagnoharagne ama iareo
tihoe Jesosy te: "Henteo hataen'adabo, naho ze hata hafa. 30Naho fa mamelagne, le fanta'areo te fa marine ty lohantaogne.
31Hoe izao avao ka inareo, naho fa oni'areo te avy aby zao raha iabike zao, le fa fanta'areo te marine ty fanjakan'Agnahare.
32Ataliliko soa anareo, fa ty tariratse toa le tsy ho mate hatra ty hiavia zao raha iabike zao. 33Ty tane naho ty lanitse ho
levogne, fa ty tsarako tsy ombian-ko levogne.34A manoa soa amy ty vata'areo, tsy havesatse ama ty finomagne naho ty
hamamoagne ty fo'areo, tsy ho marimarike, vaho toy ndra ho fandrike hitsikampe anareo zao andro zao. 35Fa izao le ho
avy ama ze kila ndaty amy ty tane toy.36A le mitahoa ama ty fotoagne iabike, mivavaha hahazoa'areo hery hilaisagne ama
ty raha hoavy, le hitsangagne magnatreke ty Ana Ondaty."37Nampianatse lomonandro agn'anjomba fivavahagne ao avao
Reke, naho fa halegne le nagnavelo naho nijanogne am-bohitse Oliva ao. 38Ndaty maro nagnalegnalegne niavy amae ao
hitsanogne Aze agn'anjomban'Agnahare ao.

# 22

1Naho fa narine ty fete ty mofo tsy milaro, atao te mofo Paska.2 I mpahay lily naho lahibey mpisorogne rey nisafire ty raha
hatao hahahafaha iareo mamono Jesosy, fa natahotse i ndaty maro rey iareo.3A le nimoake ama i Jodasy Iskariota ao ty
kokolampogne, i raike ama iareo folo lahy roe amby. 4Jodasy nandeha mbamy iareo bein-pisorogne naho kapiteny rey
agne le nilahatse reketse iareo ty raha hatao'e hifotera'e i Jesosy.5Tsy nahay vao iareo, le nifanta ty hagnomey vola aze.
6Nimete reke, le fa nipay ty fomba hagnolora'e Aze tsy atao marine ondaty.7Avy ty andro i mofo tsy milaro fanoa iareo
sorogne anak'agnondry ty Paska. 8Nagnirake Jaona naho Petera ty Jesosy nanao tihoe: "Aki alakagno ty hanem-Paska ho
antika, hinanantika izao." 9Nagnontane tihoeke iareo te: "Aia ty tea'o hanalakagna ay?"10Tihoe ty natoy Jesosy iareo te: "Ie
zao, naho fa mizilike an-tanagne ao nareo, le hifanalaka ty lahy reketse ty siny nareo. Oriho reke ama ze tragno iziliha'e.
11Le rehafo tompon-tragno te: 'Mpagnanatse magnombara izao amao te: 'Aia ty tragno fisiam-bahiny, hihinanako hanem-
Paska reketse ty mpianako?"12Le hotoroa'e tragnobey raike ambone rihagne misy seza naho latabatse soa nareo. Le ao
nareo ro magnalakagne. 13A le nandeha iareo, le tsy nisy niova amy ty raha tsara'e ama iareo ze raha nisy. Le
nagnalakagne hanegne Paska ao iareo.14Naho fa avy fotoagne ey, le niambesatse nindre amy mpiana'e rey Reke. 15Le
nisaontsy tihoeke ama iareo Reke te: "Nirie ty foko vatae ty hiharo fihinagne ama'areo ty Paska toy miaolo ty ho jaleko.16 A
ataliliko anareo, fa tsy hihinagne toy ka Raho, naho tsy le avy ty hilefea zay ama ty fanjakan'Agnahare agne."17Nandrambe
kope Jesosy, le naho fa nisaotse Reke, nisaontsy tihoeke: "Rambeso toy, ifampizarao areo. 18Le ataliliko anareo, fa tsy
hihinagne ty vokatse ama ty voaloboke ka Raho, naho tsy le avy ty fanjakan'Agnahare.19Le nandrambe mofo Reke, naho fa
avy nisaotse nanampake izao, natolo iareo naho le nisaontsy tihoe: "Vatako toy atolotse anareo. Ano'o zao hahatiarovagne
Ahy." 20Norambese'e ka kope naho fa nahavita fikama, le nanao tihoe Reke: "Ty kope toy ro titike vao ama ty lioko nailigne
ho anareo.21A manoa soa, fa ty raike hifotetse Ahy le miharo latabatse amako. 22Fa ty Ana Ondaty le magnorike vatae ty
raha voasoratse. Fa ho hakeo zao lahy hifotetse Aze zao!" 23Nifagnontane tsikiraike iareo amo ze hahavany hanao izao.
24Teo avao ka ty raha nifandiera iareo ty ama ty ho bey ama'iareo. 25Nisaontsy tihoeke ama iareo Reke te: "Mpanjaka o
Jentilisa ao ro tompo iareo, le ze mandily iareo le hatao te ndaty manao soa ama ty ndati'e.26A inareo tsy ho'e zay fa
mifanohetse ama izao. Fa ze bey ama'areo ro hanjary ho kede ama'areo, ze ambone ama'areo ro hanjary mpitorogne. 27Ia
areke ty bey vatae, i mitoboke an-databatse ey vao ke i mpagnalakagne ey? Tsy zay toboke an-databatse vao? A i Raho
ama'areo etoa ao le manahake ty raike ama ty mpitorogne.28Fie naho nareo nagnorike nao tsy nienga ty atreko ze alake
Ahy ho ama ty raha raty. 29Hameako fanjakagne ka nareo, manahake ty fomey ty Raeko fanjakagne ho Ahy,
30hahafaha'areo hihinagne naho hihinogne ama ty fanjakako, hitoboke ama ty fiambesara ty mpanjaka handily ty tarira
Isaraely naho ty folo roe amby nareo.31Simona, Simona, manoa soa fa magnaly lalagne ho ama areo ty kokolampogne,
hanivagne anareo manahake o vary eo. 32Fa nivavake ho azo Raho, tsy ho mate ty finoa'o. Naho fa miheregne ihe,
ampaherezo ty rahalahio."33Petera nirehake izao te: "Andriantompo, vonogne hindre Amao am-pigadragne agne nio raho
ndre ty ho mate. 34Tihoe ty natoy Jesosy: "Petera ataliliko amao, fa mbe tsy mikeokeo ty akoho amo zao andro zao, miaolo
ty hanoa'o jebe Ahy."35Le nisaontsy ama iareo Jesosy te: "Naho nagnirake anareo tsy am-poketra, tsy an-karogne naho tsy
an-kana vao Raho, le nisy raha tsy niampe anareo?" "Tsy nisy" hoe ty asa iareo. 36Nisaontsy ama iareo Reke te: "A izao, ze
managne fisiam-bola naho harogne, akia hangalaka aze. Ze tsy managne arara tokoe hivarotse ty lamba'e le hivily raike.
37Izao ty ataliliko anareo, ze voasoratse miomba Ahy le ho lefe: "Ie le halaegne ampanahafegne ty mandika lily.' Ze raha
tsinara miomba ahike le ho lefe." 38Nirehake iareo te: "Andriantompo, heinhe! Arara roe toagne." Reke nisaontsy tihoeke:
"Soa zay."39Naho fa vita fikama, le niakatse manahake ty fata'e ty Jesosy, am-bohitse Oliva agne, le nagnorike Aze
mpianatse rey. 40Naho fa niavy iareo, le nisaontsy tihoe ama iareo tihoe Reke: "Mivavaha nareo tsy ho azo ty tso-kevetse
raty."41Le nisintake iareo ho'e ty raha torake vato Reke, le nitongalike nivavake, 42nanao tihoeke: "Aba, naho zoto'o, alaviro
Ahy ty kope mafaitse toa, fie ty tsy zotoko nio ty hatao fa ty Azo."43Niavy ty anjely niheho Amae, nampahere Aze. 44Agnate
ty hasahiragne vatae Reke, le ama ty arofo'e vatae ty fivavaha'e le nikaike fana, naho le tsemboke hoe lio Reke
nitsopatsopake an-tane eo.45Naho fa nitroatse nahavita vavake Reke, le nandeha amy mpiana'e rey, nahavazoho iareo
miroro ndese ty helo'e, 46le nagnontane iareo tihoeke: "Inogne ndra mampiroro anareo? Mitroara le mivavaha, tsy hoazo
ty tso-kevetse raty."47Le Reke mbe misaontsy, le intoagne ty ndaty maro, nidre ama i Jodasy, raike amy folo roe amby re,
nitarike iareo. Niharine Jesosy reke hagnoroke Aze, 48Jesosy nisaontsy tihoeke amae te: "Jodasy, oroke vao ty hifoterao ty
Ana Ondaty?"49Naho fa nahaonigne izao mpiana'e amboho'e ao rey, le nagnontane Aze tihoe: "Andriantompo, fira'e ay o
arara ao vao? 50Le niangitrifa iareo i mpitoro i beim-pisorogne ey, le nofirae iareo ty sofi'e havanagne. 51Jesosy nisaontsy


generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

tihoeke te: "Soa zay." Tsinapa i Jesosy ty sofi'e, le notaha'e.[52]Nisaontsy amy bey mpisorogne ey, i bey
agn'anjomban'Agnahare ey naho ty bey an-tanàgne ao manohetse aze rey ty Jesosy te: "Mpangalatse vao raho le ho
tsepahe areo reketse boda naho arara toa ao? [53]Raho nindre ama'areo lomongnandro agn'anjomba fivavahagne ao tsy
nitsepahe'areo. Fie anito ty fotoa'areo, naho ty hery ty iegne."[54]Naho fa nisambotse Aze le tinary iareo ama ty bey
mpisorogne ey agne Reke. Petera nagnorike Aze lavitse avao. [55]Naho fa nivita iareo ty rehetse afo agnivo eo le sambe
nitoboke iareo, le niaro toboke ama iareo ka ty Petera.[56]Le teo ze ampela raike mpitorogne zay naho nahatalake aze tarafe
i afo, le nagnente aze aolo eo le nirehaka aze tihoeke: "Tamae ka ty lahy toy." [57]Fie niliere i Petera tihoeke zao te: "O ene,
tsy fantako Reke." [58]Tsy niela avao ka le nisy ndaty nahatrea aze, nirehake tihoeke ka: "Raike ama iareo ka rehe." Petera
nirehake zao te: "Tsy ie raho, aba."[59]Niafake lera'e raike agne le nisy lahy raike zay tsy nimete fa nirehake tihoe: "Nindre
amae vatae ty lahy tiagne, fa toe Galiliana ka reke. [60]Petera nirehake zao te: "Tsy misy raha rendreko ze tsarao aba." Naho
mbe reke mirehake ey, le nikeokeo i akoho oy.[61]Nitolike ty Jesosy, nandrendreke Petera, nitiaro Petera saontsy
Andriantompo tama'e tihoeke te: "Miaolo ty keokeo akoho, le hanao jebe Ahy in-telo rehe." [62]Niakatse an-tany agne ty
Petera nitagny le tagnie vatae.[63]I lahy niambegne i Jesosy rey, nijera naho nitsikike Aze. [64]Nisia iareo lamba manakogne
Aze, le nagnontenea iareo tihoe: "Tokio areke!Ia ty lahy mijera Azo? [65]Fonga raha rineha iareo hanoheragne Jesosy,
nirehake raha raty Azy iabike.[66]Naho fa nihandro, le nivory bey an-tanàgne naho ty mpahay lily naho ty beim-pisorogne.
Nindese iareo ta Synedriona agne Reke, [67]le nirehake tihoeke iareo: "Naho Ihe ty Kristy, le ambarao anay." Reke nisaontsy
tihoeke te: "Naho hamabarako anareo, tsy hino nareo." [68]Le naho magnontane anareo Raho, tsy hotohigne areo.[69]A hinane
zao, ty Ana Ondaty le hitoboke an-kavagna ty herin'Agnahare. [70]Iareo iabike sambe nirehake tihoeke te: "Ana Nagnahare
zane Iheo?" Jesosy nisaontsy tihoeke: "Ie notsara'areo zay fa Raho ty Ie." [71]Tihoeke ty norehafe iareo te: "A mbe inogne
ipaiantika ndaty hagnamarigne zay io? Fa intika ty naharey ty vava'e."

# 23

[1]Sambe nitsangagne iaby ndaty rey, le ninday Aze amy hiaolo Pilato. [2]Nanao ze haharaty Aze iareo, le nirehake tihoe:
"Trea'ay ty lahy tiagne manivativa ty firene'ay, nandrara ty fomey haga ho ey Kaisara, le mbe ty vatae hinaneo ro
mirehake te Reke ro Kristy mpanjaka."[3]Pilato nagntane tihoeke Aze te: "Ihe vao ro mpajaka ty Jiosy?" Jesosy nanoigne aze
te: "Ie tsarao zay." [4]Pilato nirehake amy beim-pisorogne naho ndaty maro rey te: "Tsy treako ty hadisoa ty lahy toy." [5]Fie le
mbe nagnonjongne nirehake izao avao iareo te: "Mitrobo ndaty io, tsitsie ty fampianaragne ty a Jodia agne naho ty a
Galilia agne sikala atoy."[6]Naho fa naharey zao ty Pilato, le nagnontane te Ntegaliliana vatae vao i lahy. [7]Naho fa oni'e te
amy ty tane handilia Heroda Reke, le nampiomba'e ty Jesosy ho amy Heroda agne. Toe le ta Jerosalema agne avao amo
andro o.[8]Naho fa nahatrea i Jesosy ty Heroda, le tsy nahay avao, fa toe fa niela ty nagniria'e hahatrea Aze. Naharey ty
talily Aze reke, naho le te hahatrea ty raha mahalatsa maro natao'e. [9]Maro ty rehake natao Heroda nagnontane Jesosy, fie
le tsy nanoigne aze ty Jesosy fa nitsiegne avao. [10]Nitsangagne bey mpisorogne naho mpahay lily rey nimane ty
fandratiagne Aze.[11]Heroda nao ty miaramila'e nanivativa i Jesosy naho nitsikikike Aze. Ie niaveo nampagnisy Aze akanjo
fanjaka le nagneregne Aze ho amy Pilato agne. [12]Fa Heroda naho Pilato nanjary ho mpiragnetse tamo andro o
(Nifandrafee hey te taolo).[13]Nitoka o beim-pisorogne naho ty mpitsara naho indaty maro rey ty Pilato, [14]nirehake tihoeke
te: "Nindese areo amako etoa ty ndaty toy hoe ndaty mitarike ty ndaty ho amy ty raty, ingy ty raha nagnonteneako Aze
nagnatreke anareo, a le tsy treako ty hadisoa'e hitoria areo Aze.[15]Tsy ie zay, ndre Heroda zao mbe nagneregne Aze
amantika atoy, henteo fa tsy misy raha natao'e nikaike faty. [16]A izao le hataoko ty halliloa'e, le ho votsorako Reke."[17]
[Fanamaregnagne: Ty ilae nanoratse fajaka vatae tsy nagnisy ty And17 manao tihoeke te: Pilato le mamotsotse gadra
raike Jiosy avao naho fa ama ty andro fete.][18]Fa le nikorake tihoeke iareo te: "Indeso agne o lahy io, le votsoro hoanay ty
Barabasy." [19]Barabasy le ajalahy raike nogadraenge amy ty tarike korontagne nao famonoagne ndaty an-tanàgne eo.[20]Le
nirehake ama iareo tihoe ka ty Pilato, fa te hamotsotse Jesosy. [21]Fie le sambe nikorake, nirehake tihoeke iareo te:
"Tomboho Reke, Tomboho Reke." [22]Mbe nagneregne fagnintelo'e ama iareo ty Pilato te: "Nagnino vao, inogne ty raty vita
ty ndaty toy? Tsy treako ty raha natao'e ho fagneva ty hamonoagne Aze. A le naho fa vita ty jera haliloa'e, le hamotsotse
Aze raho."[23]Fa ie mbe tsy nimete avao iareo nikorake, nangatake ty hanombohagne Aze. [24]Ama ty feo iareo maro le ndra
tsy nanan-dahatse ty Pilato, le nagneke ty fangataha i maro oy. [25]Novotsora'e raike nangatahy iareo nigadra amy ty
famonoagne ndaty naho mpitarike korotagne ey.[26]Naho fa ninday Aze iareo, le tinere iareo ty Simona Ntesirenia boake
ambanivolo agne, nampitrazoe iareo Hazonajaly, nagnorike Jesoa.[27]Maro ty ndaty naho ty ampela niferenaigne naho
nisaona Aze, ty magnorike Aze. [28]Naho fa nitolika ama iareo ty Jesosy le nisaontsy tihoeke: "Ko mitagny Ahy nareo
anak'ampela i Jerosalema, fa mitagnia hoe ty vata'areo naho ty ana'areo.[29]Fa mbe agne ty andro hirehafa iareo tihoe te:
"Haha ze betsiterake naho ty troke tsy niankaragn'anake, naho ty nono tsy nampinono ajaja.' [30]Le hirehake amo vohetse
eo hanao tihoeke iareo: 'mitonta ama'ay' le hanao tihoeke ama ty tane abo te: 'Tindrio zahay." [31]Fa naho hoe zao ty raha
atao iareo ty ama ty hatà mbe legne, metsake ty hatàe maike?[32]Teo ka ty ndaty raty roe lahy hafa, nindesegne ho
vonoegne reketse Amae.[33]Ie niavy ama ty toeragne atao "Karandoha" zay iareo, le teo ty namantsiha iareo Aze, naho
ndaty raty rey, _ Raikey akavanae ao raike ankavia'e ao. [34]Jesosy nisaontsy tihoe: "Aba, afaho ty hakeo'e, fa tsy raha fanta
iareo ty hoatao'e." Niloka iareo ty akanjo'e le zinarazara iareo.[35]Mbe nitsangagne teo iaby ndaty rey naho nanao tsikike
Aze mpandily rey, nirehake izao te: "Nagnavotse ndaty hafa Reke. Adogno Reke hagnavotse ty vatae, naho Ie o
Kristin'Agnahare raike amy jinobogne ey."[36]Miaramila rey ka le nanalatse Aze, niharine Aze, naho nagnomey vinaigitse
Aze, [37]nirehake zao amae te: "Naho Ihe ty mpanjaka ty Jiosy, vonjeo ty vatao." [38]Nisia iareo famantatse ka tambone'e tey te:

"Intoy ty mpanjaka i Jiosy."[39]Ty raike amy ndaty raty finantsike reketse Amae ey mbe niteratera Aze ka, nirehake tihoeke:
"Tsy Ihe vao ty Kristy? Avoto zahay naho ty vatao." [40]Ty raike nandrara aze, nirehake hoe zao te: "Le tsy mba matahotse
an'Agnahare vao iheo, ndre te ie mira avao ty sazy mahazo antikagne? [41]Ty antika roe lahy le fagneva'e, fa toe zao ty
valen-ty asantika, fa ty lahy tiagne tsy ndra nisy raha raty natao'e."[42]Ie niaveo, le nirehake zao reke te: "Tiarovo raho
Jesosy naho fa avy ama ty fanjakao Rehe." [43]Jesosy nisaontsy tihoe: "Ataliliko amao, fa hinane zao avao le hindre amako
am-paradisa agne rehe."[44]Vae lera faha-enegne agne, niavy ze iegne zay le naiegne iaby ze kila tane hatra ty lera fahasivy
naho fa nitsofotse i androy. [45]Le niriatse nivaky roe i lamba agn'anjomban'Agnahare ey.[46]Nihorentsegne ty Jesosy nanao
tihoeke: "Aba, ama ty fitào ro agnisiako ty fiaiko." Naho fa vitae saontsi'e zay, le nivilasy Reke. [47]Naho fa nahatrea zao raha
iabike zao kapiteny, le nagnomey voninahitse an'Agnahare, le nirehake tihoe te: "Ndaty maregne vata'e ty lahy toy."[48]Naho
fa nahatrea izao ndaty maro nindre niavy ho vavolombelogne nagnatry maso raha nisy rey, le sambe niheregne nijera
aragnagne iabike. [49]Fa ze nahafantatse Aze nahoty ampela nagnorike Aze boake Galilia agne, le nitsangagne lavitse avao
nagnente ty raha misy.[50]Le agne ze lahy atao Josefa, nitraoke ama ty Synedriona ndaty soa naho tsy magnahy zay. [51]O lahy
io le tsy nimete ty raha vinetsevetse Synedriona naho ty asa iareo. Ntejodia Amartia reke; le nipay avao ty hiharine ty
fanjakan'Agnahare.[52]O lahio ro nandeha amy Pilato agne nangatake ty fagnova i Jesosy. [53]Nazotso'e zao le finehe sarimbo,
najo'e ama ty lonake raike vatobey vinaky tsy mbe nandevegnagne ndaty hatra ty nisia'e.[54]Andro Fiomagnagne tamizao
ro fa hoavy ka ty Sabata. [55]I ampela nindre amy Jesosy Ntegalilia re, nagnorike afara avao le nahatrea ty lonake nisiagne
Aze naho ty fagnova'e. [56]Niheregne iareo le nagnalakagne raha magnitse naho menake magnitse. Fie nitra Sabata ay le
nijanonge iareo fa izao ty lily.

## 24

[1]Maraindrain-tsikiake ty fiatomboha i heregnandro oy, le nandeha a-donake ey iareo reketse raha magnitse nalakagne
iareo oy. [2]Talaky iareo, te nivarimbarigne lavitse lonake ey i vato narindrigne aze ey. [3]Nizilika ao iareo fie tsy nahatrea ty
fagnova i Andriantompo Jesosy.[4]Naho mbe sahiragne ty miomba o raha misy zao iareo, le intoa ty roe lahy nanampoke
iareo, miakanjo raha manjelanjelatse nitsangagne agnila iareo. [5]Naho fa natahotse i ampelaa rey le nihohoke ama ty tany,
le nirehake tihoe zao amy ampela rey iareo te: Ino hipaia'areo ty velogne amy ty misy ty maty eo?[6]Tsy atoa Reke, fa fa
natroatse! Tiahivo ty saontsie ama areo te Ie mbe ta Galilia agne, [7]nagnombara te ty Ana Ondaty le hatolotse an-tagna ty
behakeo le hofantsihigne amy ty Hazonajaly, le ama ty andro fahatelo le hivagnombelo."[8]I ampela rey le nahatiaro ty raha
nisaontsi'e,[9] le niheregne boake an-donake agne le nitalily zao raha zao amy folo lahy raike amby rey, naho ty ilae. [10]Maria
Magdalena, Johana, Maria rene i Jakoba, naho i ampela nindre Amae rey le nitalily zao amy apostoly rey.[11]Fie hoe tsy
nahoa i apostoly rey inogne o talily zao, le tsy ninoa iareo i ampela rey. [12]Fie nitsangagne ty Petera naho le nilay an-
donake agne, nitilihitse ty tao fa le i sarimbo ty nitrea'e mitokagne. Noly an-tragnoe agne ty Petera, nagnontane avao an-
troke ty raha nisy.[13]Amo andro io avao, le intoa, ty roe lahy ama iareo nandeha amy ty tanàgne atao Emaosy zay,
enempolo stadio miala Jerosalema eo. [14]Mbe mifampirehake ama ty raha nisy avao iareo.[15]Naho mbe mirehake avao naho
nifagnontane iareo, le niharine naho nandeha nindre ama iareo ty Jesosy. [16]Fa hoe tinampen-draha ty maso iareo le tsy
nahafantats'Aze.[17]Jesosy nisaontsy ama iareo roe lahy te: "Inogne raha rehafe'areo roe lahy an-dalagne izao? Nijanogne
iareo le trea ty leme'e. [18]Ty raike ama iareo atao te Kleopasy, nanoigne Aze te: "Le Ihe avao vao ro ndaty ta Jerosalema ao,
tsy nahafantatse ty raha nisy tao?[19]Tihoe ty saontsy Jesosy te: "Raha inogne?" Nanoigne tihoeke Aze iareo te: "Ty raha
miomba i Jesosy Ntenazareana ay, mpitoky bey amy ty asa'e naho ty saontsy nagnatreke ty ndaty naho tamin'Agnahare,
[20]le fagnoloragne Aze tamy bey mpisorogne naho ty mpandily re, hamonoagne naho hamantsihagne Aze amy hazonajaly
ey.[21]Fie le mbe mitamà avao zahay fa ie ty hagnavotse Israely. Eka, fa le telo andro androany ty nisia zao raha iaby zao.
[22]Le mbe mahalatsa anay ka ty ampela hafa ragne'ay, nandeha an-donake ey. [23]Naho fa tsy nahatrea ty vata'e iareo le
niheregne, nitalily fa nao nisy anjely nirehake fa velogne Reke. [24]Ty lahilahy raike tama'ay le nandeha an-donake ey agne,
nanahake ty raha nitalillie i ampela rey ka ty nitrea'e. Fie iareo tsy nahatrea Aze."[25]Jesosy nisaontsy ama iareo tihoe:
"Lahy mikiteke naho ty tsy mahimbagne tsy mino ty raha tsarà ty mpitoky! [26]Toe tsy ndra soa vao ty nisia ty fijalea i
Kristy, hitomboa ty hasi'e?" [27]Hatra i Mosesy naho ze mpitoky iabike, ty nagnazava'e Jesosy ama iareo ty miomba Aze am-
po Soratse Masigne ey ao.[28]Naho fa narine ty tanàgne handehana iareo, le sare nanao lia ondaty hoe handeha lavitse ty
Jesosy. [29]Fie notana iareo Reke tsy handeha, fa nirehake tihoe iareo: "Toboha ama'ay eto, fa hariva o andro, fa ho tsofotse."
Le nijanogne nitoboke nindre ama iareo ty Jesosy.[30]A naho fa tniambesatse hikama reketse iareo Reke, le nangalake mofo,
nisaotse naho namaky izao, le nagnomey iareo. [31]Nisokake am'izao ty maso iareo nahafantatse Aze, le avy le tsy trea ty
maso iareo ty nomba'e. [32]Nifampirehake tihoe iareo te: "Ty fontika vao ro tsy tampiaintika amy Ie nisaontsy antika
andalagne ey naho Ie nagnazava Soratse Masigne ey?"[33]Amy lera ingy avao, le nitsangagne iareo niheregne a Jerosalema
agne. Nahatrea i folo raike amby rey nivory naho ze nindre ama iareo, [34]nirehake tihoeke: "Nivagnombelo vatae ty
Andriantompo fa niboake amy Simona." [35]Notaliliegne ka ty raha nisy tan-dalagne ey, naho ty fomba niboaha i Jesosy ama
iareo tamy fagnapahagne mofo oy.[36]Naho mbe nitalily zao iareo, le nijohagne agnivo iareo ty Jesosy amam-bata'e, le
nisaontsy ama iareo te: "Fiadanagne ho ama areo." [37]Fie niendrake naho natahotse iareo, fa atao iareo ho nahatrea
angatse.[38]Tihoe ty nisaontsi'e Jesosy: "Nagnino nareo matahotse eo?" Nagnino mbe magnontane an-troke eo? [39]Henteo ty
tanako naho ty tomboko, Raho am-batako toy. Tsapao Raho le enteo. Ty angatse tsy raha ama nofo aman-taolagne,
manahake ty ahatreava areo Ahy. [40]Naho fa nisaontsy zao Reke, le natoro'e iareo ty tagnae naho ty tombo'e.[41]Ndra nilatsa
naho tsy nitrea iareo ty nisia'e ty hafalea'e naho mbe nandietse avao. Nisaontsy ama iareo ty Jesosy te: "Misy raha

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

hohanegne vao nareo?" [42]Nimea fiagne natono Reke, [43]le nokama'e magnatreke iareo.[44]Nisaontsy tihoeke ama iareo Reke
te: "Mbe nindre ama'areo Raho, le nitalily ama'areo te ze raha sinoratse amy ty lily Mosesy naho ty mpitoky ama ty
Salamo le fonga ho lefe.[45]Sinoka'e ty say iareo, hafatara iareo ty Soratse Masigne. [46]Nisaontsy tihoe ama iareo Reke te: "Zao
ty nivoasoratse te Kristy le hijaly, le mbe hivagnombelo ka naho fahatelo andro. [47]Fiovan-kavelogne naho fagnafahan-
keloke ka ty fagneva ty agnonognagne ty agnara'e amy ty tany iabike toy, manomboke a Jerosalema ao.[48]Inareo ro
vavaolombelo ze raha iaby zay. [49]Indao, fa halefako ama'areo ty raha nampitamaen-dRaeko. Fie mitoboha an-tanàgne eo
avao hatra ty hisikina'areo ty hery boake an-danitse agne.[50]Le nindese Jesosy iareo sikala a Betania agne. Nanandratse ty
fitàe Reke, le nitata iareo. [51]Naho fa nahavita tata Reke, le nienga iareo naonjogne an-danitse agne.[52]Iareo nihasy Aze,
niheregne mbà Jerosalema agne an-kafaleagne bey. [53]Nitsily agn'anjomba fivavahagne ao, nandaza ty lazan'Agnahare.

# John

## 1

[1]Laha tamboaloha e ty Saontsy, naho le Saontsy taman'Andriananañahare ao, naho le Saontsy io o Andriananañahare eo.[2] Izay
le taman'Andriananañahare ao ty nifotorae. [3]Hirike Ama e aby ze kila raha, naho tsy Ie le tsy nisy ndre ino ndre ino.[4]Noho Ie
ro nisian-kaveloñe, naho le fiaignañeo ro fahazava ze kila ondaty. [5]O fahazavañeo le mipasà agnate ty ieñe, naho le tsy
nadresy aze o ieñeo.[6]Nisy ajalahy raike nirahen'Andriananañahare, i Jaona ty tahina e. [7]Niavy reke mba voavolombeloñe
hañambara ty momba ty fahazavañe, mba hinoa ze kila ontady ama ty alala e.[8] Tsy Jaona ro fahazavañe, fe ie niavy reke
mba hampahafohiñe ty momba ty fahazavañe.[9]Ty fahazavañe vatae, mpagnomey fahazavañe ho ei ze hene ndaty, le avy
ama ze kila raha etoy.[10]Tetoy amy zao tontolo zao Reke, naho le mbe Ie ka ty namboatse ze kila raha, fe ie tsy
mahafantatse Aze ze hene ndaty.[11] Niavy tama ondaty añe Reke, naho le tsy nisy nadrae Aze o ndaty io.[12]Fa o maro
nandrae Aze, ze niantoke ty tahinae, le nimeae fa fahefañe hanjare Anak'Andriananañahare. [13]Tsy naterake tama ty lio
iareo, naho tsy ze zoto ty onofotse, naho tsy zoto ondaty, fa ty anan'Andriananañahare.[14]Nanjare nofotse ty saontsy naho le
nimoneñe amantika etoy. Trea ay ty voninahie, voninahitse manahake ze raike bako-tokañe boake ama ty Rae zay, atseke
fahasoavañe naho fahamareñañe. [15]Nañambara ty momba Aze ty Jaona naho le nikoike mafe, nanao izao: "Ie ze raike fa
nambatako te ie: Ie ze niavy anoriako le bey mandako ahy, satria taoloko Reke."'[16]Fa hirike ama e ty hafenoae ro
nandraesantika iaby fahasoavañe hanovoñe fahasoavañe. [17]Fa ny meiñe tama ty alala i Mosesy ty lily. Ty fahasoavañe
naho ty fahamareñañe le niavy tama ty alala i Jesosy Kristy.[18] Tsy nisy nahatrea an'Andriananañahare ndre ombia ndre
ombia. Fa ze Andriananañahare raike naho tokagne izay, e zao ro am-piarañana ty Rae, le nampahafohiñeñe Aze.[19]Izao ty
fañambara natao i Jaona naho fa nañirake o mpisoroñe naho Levita reo boake e Jerosalema añe ho amo Jiosy reo añe
mba hañontane aze te ie: "Ia moa iheo?"[20] Naho le tsy nandietse Reke, fa nivolañe mora avao, namale aze te ie: " tsy Kristy
nio o aho".[21] Le nañontane aze iareo nanao tihoeke te ie: " Avaho inoñe iheo areke?" i Elia vao iheo?" Le nirehake reke te
ie : "tsy ie raho" Le izao ty natao iareo: " Ihe vao o mpitoky io? Le namale reke te ie:"Tsy ie".[22] niavy eo iareo nirehake ama
e te ie: " À ia iheo, mba hahaia ay manoin-drehake ze mindre amay? Ino ty ho tsaraeo momba ty vata o?"[23] Le izao natoie
aze: "Izaho i feo, mikoike mafe amontom-bey añe ey te ie: " Anò vantañe ty lala i Andriatompo, arake ty nambara i Isaia
mpitoky".[24]Le nisy tilae amy iareo boake fariseo reo nirahegne,[25] naho le nañontane aze iareo nivolañe ama te ie: " Inoñe
o anoao batisa ao te ihe tsy Kristy naho mbe tsy Elia ka navaho mbe tsy mpitoky?"[26]Le nanoiñe iareo t'i Jaona nanao
tihoeke te ie: " Rano avao ty ampandroako. Fa ampañivoa areo eo le misy ndaty raike mijohañe tsy fanta'reo.[27] Ie ze raike
niavy afarako zay, ndra ty hañaha ty talin-kanae aza tsy mañeva ahy."[28] Zo raha zao le natao te Betania agne alafe i
Jordana ey, izay ty nanoa i Jaona batisa.[29]Ie maray iñe nahatrea i Jesosy ty Jaona niharine aze naho le nirehake reke te ie:
" Heteo, ingo ty anak'aondrin'Andriananañahare mpañaha ty hakeo ze kila raha![30] Ie o raike nambarako te ie: " Ie ze raike
avy afarako le bey mandako ahy, satria Ie ty taoloko."[31] Ndra izaho tsy mahafantatse Aze, fa mba ho volañeñe ama Israely
io te Reke ro niaviako hampandro ama ty rano."[32]Izao ty nambara i Jaona: " Nahatrea ty fañahy nizotso boake an-dañitse
añe raho hoe voromahilala, naho le nitoetse ambone eo.[33] Tsy mahafantatse Aze raho, fa Ie nañirake ahy hampanao
batisa ama ty rano ro nitsarà amako te ie: Ambone ze treao zay eo ro hizotsoa ty Fañahy naho le hitoetse ama eo, Ie ze
raike hampanao batisa ama ty Fañahy Masiñe." [34]Naho le nahatrea raho ro nañambara fa Ie ro
Anan'Andrianagnahare."[35]Ie ny maray ka, naho nitsangañe nindre ama ty mpianaeo roe ty Jaona,[36] le nahatrea Jesosy
nañavelo iareo, le tihoe natao i Jaona: " Heteo, ty Anak'aondrin'Andriananañahare!"[37]Naho naharey ty hoe izao i mpianae
roe rey le norihe iareo t'i Jesosy. [38]Ie niavy eo, nitolike t'i Jesosy naho niony Jesosy iareo nañorike Aze le izao ty ny saontsie
tama iareo: "Inoñe o paia'reo?" Le izao ty natoy iareo: " Raby (mpagnantse ty dika izay), aia Iheo to hitobe?"[39] Le nanoiñe
iareo Reke te ie: " Miharinea le henteo". Naho fa niharine mbeo iareo le nahatrea ty tane nitobeae; le nitobe nindre Ama
eo iareo tama o andro, fa tokoe ho tama ty lera faha folo tamizay.[40]Ty raike ama mpianae roa rey naharey i Jaona nisaotsy
naho le nañorike i Jesosy naho ny avy eo ty Andrea, rahalahy Simona Petera. [41]Nipay i Simona rahalahie heke reke naho
le nirehake ama e te ie: "Trea ay ty Mesia" (ty dika izay le Kristy) [42]Le ninday aze mbamy Jesosy eo reke, naho le nivazoho
aze ty Jesosy le ny saontsy tihoeke te : " Ihe o Simona ana i Jaona ao, le Kafesy ty nitokavagne azo" (ty dika izay le: Petera).
[43]Ie ny maraiñe, naho ho mbe Galilia t'i Jesosy, le nahavazoho i Filipo Reke naho le nitsara e te ie: "Oriho Raho"[44] Filipo
boake e Betsahida ey, tanà i Andrea naho Petera.[45] Nahatrea i Natanaela ka t'i Filipo le ny rehafae te ie: " Ie ty sinora i
Mosesy tama ty lily ao, naho iareo mpitoky , trea ay Reke, le i Jesosy ana i Josefa, boake e Nazareta agne".[46]Nirehake ama'e
ty Natanaela te ie: "Mbe hisy raha soa boake e Nazareta ka vao?" Le izao ty nivolañe Filipo ama e: "Miharinea le henteo"[47]

Niony Jesosy te niharine aze t'i Natanaela te niharine aze naho le nivolañe e ty mombamomba aze iareo te ie: "Heteo, izao
ty Isiraelita vatae, naho le tsy misy fitake ty ama ao!"[48] Nirehake Ama ty Natanaele tihoeke ty natao e: "Manao akore ty
ahafantara areo ahy?" Le izao ty saontsy natoy Jesosy aze: "Taolo ty nitokava i Filipo azo, tambane ty hatae aviavy rehe, le
talakeko."[49]Namale ty Natanaele te ie: "Raby, Ihe o Anak'Andrianañahare eo! Ihe ty Mpanjaka ty Isiraely!" [50] Namale ty
Jesosy naho le nisaotsy ama te ie: " satria vao Raho nirehake amao te ie: 'Nahatrea azo tambane ty aviavy Raho', le
hinoao? Hahatrea raha fanjaka mandako izay rehe." [51]Ie niavy eo Reke nisaontsy te: " Le ataliliko anareo, ty mareñe, le
mareñe vatae, ho trea areo ty fisokafa o lañitseo, naho ty Anjelin'Andrianañahare hianakatse naho hizotso ambone ty
Tirin'Olombeloñe eo."

2 [1]Ie nifaha telo andro tafara e, le nisy fañengam-baly ty te Ganà e Galilia ao, naho le tao ka ty Rene i Jesosy.[2] Le kinoke
tamo fagnengam-baly io ka ty ry Jesosy naho mpianae eo.[3]Ie nilany ty divay, le tihoe ty natao rene i Jososy nitsara ama
te: "Tsy manañe divay iareo."[4] Le izao ty natao Jesosy tama e: " Inao Rampela, hein ty liao mbeto toy? Mbe tsy avy ty
fotoako".[5] Le tihoe ty natao i Rene e tama mpanompo eo: "ndra inoñinoñe rehafe e ama areo, le anò avao."[6]Le nisy siny
vato eneñe zay teo fampiasaeñe amy ty andro fisasa ty Jiosy, mahampe roenaho telo mentatse aby.[7] Izao ty natao Jesosy
tamy iareo: "Feno rano o siny io." Le fineno iareo hatra an-tsoñieo aby.[8] Ie niavy eo le izao ty natao e amo mpanompo eo:
"Tovizo amizay le indeso amy tompon'andraiketse mpikarakara aze." Naho toe le natao iareo zay.[9]Nandama
tompon'andreketse mpikarakaray i rano nanjare divay, fe ie le amoa iareo ty nihirifa e (fa mpanompo e nanovy aze eo ro
mahafantatse aze). Ie niavy eo le nikanjy mpañengay Reke[10] naho le nisaontsia te ie: "Ze ndaty aby le ze divay fanjaka
heke ty azotsoe avy eo vaho ty divay moramora naho mamo aby iareo. Fa inareo le nañaja ty divay soa te anito."[11]Izay ty
famantarañe voalohae natao i Jesosy te Kanà e Galilia añe, naho le nanoro ty voninahie Reke, le nino Aze aby iareo
mpianaeo.[12]Ie tafara izay le nizotso e Kapernaoma ey t'i Jesosy, le Rene e, o rahalahy eo navaho mpianaeo naho le
nijanoñe ey tañate ty andro tsy ampeampe iareo.[13]Naho fa narine ty Pasky ty Jiosy, le niheo e Jerosalema añe ty Jesosy.[14]
Nahoniñe mivarotse añombe, aondry navaho voromahilala añanjomba Nañahare ao Reke, naho le tao ka iareo
mpanakalo vola.[15]Naho le nañamboatse karavantsy reke le nañakatse ze hene raha tañanjomba Nagnahare ao, ndra ty
aondry ndra ty aombe. Nabaratsiae ty vola ze ny mpanakalo vola ao naho natontae i lataba iareo.[16] Ie zao Hoareke ty
natao tamy mpiavarotse voromahilala rey: "Ento miakatse misitake ty toerañe toy ty raha rey toa. Soa zay fanoañe bezara
fivarotagne o anjomban-Droeako."[17]Tiahy o mpiana eo anio fa toe voa soratse te ie: "Ty fitoerako ama ty traño areo ro
hahalevoñe ahy."[18] Ie avy eo namale iareo lahibey ty mpisoro ty Jiosy le tihoe ty natao ama e: "Inoñe ty famantarañe
hatoro anay, mahavy azo hanao ty raha manahake io?[19] Izao ty natoy i Jesosy aze: "Rotsaho ty Anjomba Nañahare toy, fa
añate ty telo andro avao ty hampitsanganako aze."[20]Le izao ka natao iareo mpandily Jiosy te ie: "Taoñe efapolo eneñe
amby ty namboarañe ty Anjomba Nañahare toy, le ihe vao ro hampitsangañe aze añate ty telo andro?"[21] Mone izao, ty
momba Anjomba Nañahare eo ty teñan-draha saontsie.[22] Tafara ty nivañonae ho veloñe, le tiahy mpianae ey fa izay ty
nisaotsie, naho le nino ty Soratse Masiñe naho ze saontsy nambara i Jesosy iareo.[23]À naho fa niavy e Jerosalema ao Reke
tama ty andro Pasky fifaleañe, le maro ty niantoke ty tahina e naho fa nahatrea ty famantarañe natao e.[24] Fa Jesosy ka le
tsy natoky iareo naho ty fahafantarae soa iareo aby, [25]satria tsy nipaiae ndra ia ia hitalily amae ty momba ze ndaty Reke,
naho ty fahafantarae ty ampiay ondaty ao.

3

[1]Le nisy Fariseo raike zay Nikodemosy ty añarae, mpitarike ty Jiosy. [2]Niharine i Jesosy ama ty andro haleñe o ajalahy io
naho le nirehake te ie: "Raby, fanta ay fa mpañanatse boake aman'Andrianañahare añe Rehe, satria tsy misy mahavita o
famantarañe natao o naho tsy mindre amae ty Andrianañahare."[3]Le izao ty natoy i Jesosy aze: "Ambarako anareo anio, fa
naho tsy aterake indraike ty ndaty, le hahatrea ty fanjakan'Andrianañahare reke."[4] Nirehake ty Nikodemosy te ie: " Ama ty
manao akore ty hitereha ondaty raike naho fa antetse reke? Tsy hahay haiditse antron-drene e añe indroe reke naho le
haterake, sa mete koahe vao?"[5]Nanoiñe ty Jesosy te ie: "Ambarako anareo vatae anio, fa naho tsy naterake ama ty rano
naho ty fagnahy ty tirin'olombeloñr, le tsy hiditse ama ty fanjaka Nañahare reke.[6] Ze nasama ty onofotse le nofotse, fa ze
nasama ty fañahy le fagnahy.[7]Tsy ho latsa amy ty raha tsaraeko te ie: 'Mahay tsy haterake indraike nareo'. [8]Le mitioke
avao ty tioke ndre mbaia mbaia ty iariae, le rey ty feo, fe ie tsy fantao ty nihirifae naho ze ho mbae. Manaheke izay ka ze
nasama ty fañahy."[9]Namale ty Nikodemosy le nivolañe amae te ie: "Akore ty fomba hilefesa ty raha manake zay?"[10]
Nanoiñee aze ka ty Jesosy le nisaontsy te ie: "Mpañanatse Israely rehe, le mbe tsy ho fantao avao ze raha zay?[11] Ambarako
azo anio, fa ze trea ay ro volañe ay, naho le zahay ty mitalily ty momba ze ny trea ay zay. Fe ie le mbe tsy miantoke ty
fañambara ay nareo.[12]Naho mbe nañambara amareo ty raha nisy an-tane etoy Raho fe ie tsy hinoa areo, amy ty fomba
akore ro hinoa Ahy naho ataliliko anareo ty raha misy Andañitse añe? [13]Tsy nisy niakatse andañitse agne naho tsy ze
nizotso hirikañe avao, le izay tirin'olombeloñe.[14]Le manahake ty nanandrata i Mosesy ty mereñe amontoñe añe, ro mahay
tsy hanandratañe ka ty tirin'olombelogne,[15] le hanañe ty fiaiñañe mandrakezay ze miantoke Aze.[16]Fa
Tean'Andrianañahare vatae ze kila raha, naho le nimea e ty anae lahy henkae, mba tsy ho motso ze miantoke Aze fa
manañee ty fiaiñañe mandrakezay.[17] Fa Andrianañahare le tsy nañirake ty Anadahie mba hañameloke ze kila raha, fa
mba hamonje ze kila raha amy ty alalae.[18] Ze mino Aze le tsy voa heloke, fa ze tsy miantoke Aze ka le hihelofañe satria tsy
mino ty tahina ty Anae lahy tokan'Andrianañahare.[19]Izao ty natao ty fitsaràñe ey: Niavy amy ze kila raha etoy ty
hazavañe, fe lenò ty olombeloñe ty maieñe te izay ty zava satria raty ty asa atao e. [20]Fe ze manao raty aby le malaiñe ty

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

mazava naho le tsy miharine aze mba ho trea miziriziry ty asa e. [21]Mone izao, ze manao ty mareñe le miharine ty mazava
mba ho trea soa fa ze asa e le natao e arake an'Andrianañahare.[22]Tafara izay, le niavotse ho mbe Jodea eo t'i Jesosy naho
iareo mpianae. Niheo ey tañate ty andro tsy ampe ampe iareo le nindre amiareo Reke hatao batisa.[23] Naho le nanao batisa
e Ainona tagnila i Saleima ey ka ty Jaona fa tsiefa ty rano ey. Niharine aze ei maroy naho le natao batisa,[24] fa mboe tsy
nasese ampigadrañe añe ty Jaona.[25]Ie niavy eo, nifandietse tila ty mpiana i Jaona naho Jiosy raike ty momba ty andro
fisasañe. [26]Niheo mbam' I Jaona eo iareo le nirehake te ie: "Mpañanatse, iraike nindre amao talafe ranobey Joridana,
navolily'o, te ingo, reke manao batisa, naho le nangovovoke ze marozay le mbeo."[27]Le namale ty Jaona te ie: "Tsy mete
handrambe ndre inoñinoñe ty ndaty raike naho tsy fa nimeiñe aze hirike an-dañitse añe.[28] Inareo avao tsy le fa mete atao
voavolombeloñe amy ty raha nambarako te ie: 'Tsy izaho Kristy io, fe ie: 'Niraheñe taoloe.'[29]Ze engaeñe le ey ty mpañenga.
À ty longo ty mpañenga, ie ty mitsangañe naho mitsanoñe aze, le mifale vatae mandako ty fampiboaha ty mpañenga ty
feo e. Le izay, ro mameno ty hafaleko.[30] Mahay tsy mitombo Reke, fa izaho ka le mahay tsy miketrake.[31]Ie boake
andindimonegne agne le ambone ze kila raha iaby. Ie boake an-tane etoy le an-tane etoy naho le mivolagne mikasike ty
an-tane etoy. Ze boake an-dagnitse agne le ambone ze kila raha. [32]Mitalily ty mbomba ze raha nitrea naho nirey e Reke, fe
ie le tsy misy miantoke ty fagnambaragne atao e. [33]Fa ze niantoka ty fagnambara e ka le magnamafe tò ty
Andrianagnahare.[34]Fa ze raike nirahen'Andrianagnahare le mitsara ty saontsin'Andrianaganahare. Satria tsy nifera e ty
fagnomeam-paganahy.[35] Tean-dRae o anadahie eo naho le napoe ampitaeo iaby ze kila raha.[36] Ze mino Anadahie eo le
managne ty fiaignagne mandrakezay. Fa ze tsy miantoke o Anadahie eo ka le tsy hahatrea havelogne, fa hitoera ty
havigneran'Andrianagnahare."

## 4

[1]À naho fa niony Jesoa te ie rey iareo Fariseo fa nahazo naho nanao batisa mpianatse maro mandako i Jaona Ireke [2](ndre
ie tsy vata i Jesosy aza ro nanao batisa fa o mpianaeo), [3]le nisintake ty Jodea ao Reke le niheregne Galilea agne indraike.
[4]Fa paiae ty magnivakivake Samaria eo.[5] Le niavy amy zo tanagne raike Samaria zao Reke, Sykara ty fikavagne aze, agnila
ty an-tsasa tane nimey i Jakoba i Josefa ana e.[6]Le teo zo fantsaka i Jakoba. Naharey havozake tamy ty fagnavelo ty Jesoa
naho le niambesatse amo fantsakagneo eo. Tavoke ho lera faha enegne eo. [7]Nisy ampela samaritana raike zay niavy
hatsaka rano, le izao ty natao i Jesosy ama te ie: "Mba omeo rano Raho hinomeko." [8]Fa mpiana e rey fa nandeha an-
tanagnagne mba hivily mahakama.[9]Ie avy eo izao ty natao i ampela samaritana ama te ie: "Akore te ihe, Jiosy ,ro
mangatake rano kamae amy izaho ampela samaritana?" Fa tsy misy fifankahazoa samaritana ao naho Jiosy io.[10] Namale
ty Jesosy naho le nisaontsy nanao tihoeke te: "Naho nifantao ty fagnomezan'Andrianagnahare, naho mirehake amao te ie:
'Omeo rano hinomeko,' le ihe ka ty ndra nangatake ama e, le ho nimeae rano velogne."[11]Le izao ty natao i ampela ay
amae: "Aba, tsy nanam-pitovy niheo naho laleke fantsakagneo. Avaho aia ro hahazoao rano velogne? [12]À ihe tsy bey, sà,
amy ty agnama i Jakoba razambeintika, nagnomey anay fantsakagne naho i vata ey ty nikama amae, manahake o anaeo
naho biby eo?"[13]Izao ty natao i Jesosy namale aze te ie: "Ze minogne amy ty rano toy aby le mbe harandrano avao, [14]fa
ndra ia ia minogne amy ty rano ho meiko aze le tsy harandrano hatramparae. Fe ie ty rano ho meiko aze le hanjare rano
miboboke ampiaie ao, naho le minday aze amy ty fiaignagne mandrakezay."[15]Izao ty natao i ampela ay amae: "Tompoko,
meo amo zo rano raho soa te tsy harandrano naho le hanjare tsy hantaka etoa in-tsasa."[16] Izao ty natao i Jesosy amy
ampelay: "Akia, tokavo ty valio, le miheregna mbetoa."[17]Namale i ampela ay le nirehake amae te ie: "Tsy manambaly
raho." Le tihoe ty navale Jesosy: "Tò nio volagneo zay te ie: "Tsy manambaly raho,[18] fa toe fa nanambaly in-lime rehe,
naho toe le mbe tsy valio ka ndra itobohao henaneo. Tò ze volagneo zay."[19]Izao ty natao i ampela ay amae: "Ragnandria,
treako fa mpitoky Rehe. [20]Iareo razantika le tama ty vohitse toy eto te nivavake, fe ie nareo nitalily te Jerosalema ty
toeragne tokoe hivava ze ndaty."[21]Fe izao ty natao Jesosy amae: "Minoa Ahy, rampela, fa hoavy ty andro hidera areo ty Rae
fe ie tsy ambohitse naho toe tsy e Jerosalema agne ka.[22] Fa nareo miankotrake amy ze tsy fantareo. Izahay ka le
miankotrake amy ze fanta ay satria o famonjeagneo le boake amy iareo Jiosy.[23]Fe ie, ho avy ty andro, naho le anito avao,
fe ie hidera ty Rae amy ty fagnahy naho fahamaregnagne nareo mpivavake vatae, satria ndaty manahake izay ty paia ty
Rae mpidera Aze.[24] Andrianagnahare le Fagnahy, naho ze ndaty midera Aze le mahay tsy midera amy ty Fagnahy naho
fahamaregnagne."[25]Le tihoe ty natao i ampela ay amae: "Fantako fa hoavy ty Mesia (atao tihoeke ey te ie Kristy). À naho fa
avy Reke, le hitsakore amantika ze hene raha." [26]Izao ty natao Jesosy amae te ie:" Izaho mirehake amao zao, ro Ie."[27]Tamy
ze fotoagne zay le nibalike iareo mpianae. Naho le nagnontane vatagne iareo te ie: Nagninogne Ireke ie misaontsy amo
ampela ao, fa tsy nisy nirehake te ie: "Inogne eo paiao?" Ndra ie: " Nagninogne Irehe ro mirehake ama eo?"[28]Naho ty
agnama izay le nengà ampela ay siny ey, le nandeha reke nibalike an-tanàgnagne agne, le nirehake amy ndaty te ie:[29]
"Handeha, hitilike lahilahy nivolagne ty raha nataoko oy. Tsy ho Kristy zay, sà Ie vao koahe? [30]Le nisintake tanagnegney
iareo le niheo Amaeo.[31]Ampara izay, nandrisike Aze iareo mpianae, le tihoe ty nataoe: "Mpagnanatse, mikamà." [32]Le izao
ty Nataoe ama iareo te ie: "Managne hanen-kohanegne nio Aho fe ie tsy fantareo."[33] Le nifampibisibisike iareo mpianae te
ie: "Tsy nisy ndaty niday mahakama ho Aze, sà nisy vao koahe?[34]Izao ty natao i Jesosy amy iareo: "Ty haneko le
magnorike ze zoto ty nagnirake Ahy naho le manao ty asae. [35]Tsy Ihe vao nirehake te ie: "Efa-bolagne ty sisa le hoavy
faosay? Ambarako anareo, ampagneteo masoareo le henteo ty an-tonda ey, fa masake naho le fa horofota iareo! [36]Ze
mahavokatse le mandrae karama naho le hamory vokatse ho amy ty fiaignagne mandrakezay, naho le hiharo gafaleagne
mpitongy naho ze mahavokatse.[37]Fa amizay le tò rehake manao tihoekey te ie: 'Ty raike mpitongy, le ty raike ka
mpamokatse,' [38]Nagnirake anareo handrae ze tsy nilifosa areo Raho. Tila'e hafa ro nilofo, naho le nareo ro miditse eo amy

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

ze nilofosae."[39]Lako tamy iareo samaritana tamy ze tanagne zay ro niantoke Aze noho ty raha natalily ampelay nambarae
te ie: "Sinaontsie amako iaby ze kila raha nataoko." [40]À naho fa niharine Aze iareo samaritana, le nihalalea iareo Reke
mba hijanogne hindre amy iareo, naho le nijanogne ao roe andro Reke.[41]Maro hafa ro niantoke naho ty rehae. [42]Izao ty
natao tamy ampelay: "Tsy noho ze nivolagneo in-tsasa ro hiantofa ay, fa zahay ro fanarey, naho le apota ay te Reke vatae
ty Mpagnaha ze kila raha."[43]Tafara roe andro oy, le nisintahae ty ao le niheo e Galilia agne Reke.[44] Fa Jesosy ro
nagnambara fa mpianaeo le tsy managne ty lanjae amy ty tane'e manokagne. [45]À naho fa niavy e Galilia ao Reke, le rinae
iareo nte Galilia Reke. Iareo le nahonigne ze hene raha nataoe nte Jerosalema ao tamy andro fifaleagne, satria toe le tagne
ka iareo tamy ty andro fifaleagne.[46]Le niavy nte Kana e Galilia ao ndrike Reke, tanagne nagnovae ty rano ho divay. Nisy
tandampa raike zay nanagnanake lahilahy marare te Kapernaony ao.[47] À naho fa nirey e te hoavy e Jodia ho e Galilia agne
ty Jesosy, le nimbamy Jesosy eo ka reke naho le nihalale amae mba hizotso mbeo hagnaha ty anae lahahily, naho le fa
haito.[48]À ie niavy amà nisaontsy tamy iareo ty Jesosy te ie: "Naho tsy mahatrea famantaragne navaho fahagagagne nareo,
tsy mba hino vatae." [49]Izao ty nata tandampa ay amae: "Ragnandria, mba mizotsoa mialo ty haitoa o anako." Izao ny natao
Jeaosy [50]tamae te ie: "Mandehàna fa velogne i anaoy." Ninoa ty to raha nisaontsie Jesosy tamae lahilahy, naho le nandeha
reke.[51]À naho fa nizotso reke, le nanalaka aze mpanompo e rey, nitalily te ie velogne iana'ey.[52] Le nagnontanea'e iareo ty
lera nijangana'e. Le nanoigne aze iareo te ie: "Omale tamy ty lera faha fito ro nialà i tazogney tama'e."[53]Fanta i rae'ey naho
niavy eo fa tamo o lera ao ro nisaontsia i Jesosy aze te ie: "Velogne i anao'oy." Naho le nino i vata'ey naho ze hene longo'e.
[54]Izay ty famantaragne faha roe natao i Jesosy tamy ty Ie nisitse ty e Jodia ao ho e Galilia ao.

# 5

[1]Tafara izay le nisy fifalefaleagne i Jiosy io, le niheo e Jerosalema agne ty Jesosy. [2]Naho te Jerosalema tagnila lalambein'
aondry eo, le nisy saka, atao Betesda zao amy ty Hebreo, naho misy fialofagne lime zay.[3] Maro ty ndaty narare, goa,
lendra'e, naho tsy mahay mihetseke niroro ao. (fagnamaregnagne: Ze venten-taratasy taolo nifanjaka vata'e le magnafake
ze rehake te ie: "Mandigne ty fiolà o rano")[4] (fagnamaregnagne: Ze venten-taratasy taolo soa vata'e le magnafake ze and.4
te ie: "Le nisy Anjely i Andriatompo raike nizotso le nampihetseke rano kindraindraike naho le ndra ia ndra ia miheo ao
naho fa mihetse rano oy le jangagne tama ze aretegne ndra ino ndra ino nankarare aze.")[5]Le nisy lahilahy raike zay fa
narare telopolo valo amby taogne zay areke ty tao.[6] Naho fa niony i Jesoa nandre eo reke, naho tafara ty nahatsapa'e fa
an-tao'e maro reke te teo, le izao ty Natao'e ama: "Te ho jangagne viheo?"[7]Izao ty natoy lahy marare ey aze: "Ragnandria,
tsy managne ndra ia ndra ia handrombake ahy agnate dobo ao nio aho naho fa miola rano. À naho fa mandeha raho, le
misy misisike alohako ao."[8] Le tihoe ty natao i Jesosy ama'e te ie: "Miongaha, indeso fandrea'o, mandehana."[9]Le avy le
jangagne lahilahy, le rina'e fandrea'ey le ndeha reke. Sabata ze andro zay.[10]Le izao ty natao Jiosy rey tamy jangagney:
"Sabata ty androany tsy azo'o indesegne fandrea'oy".[11] Nanoigne reke te ie: I nahajangagne ahy io nisaontsy amako le
tihoe ty natao te ie: "Indeso fandrea'oy le mandehana."[12]Le nagnontanea iareo reke te ie: "Ia o lahilahy nivolagne ama'o te:
'Indeso ty fandrea'o le mandehanà ao? [13]Fe ie, tsy mahafantatse Aze jangagney fa nisintake moramora ty Jesosy fa nisy
ndaty lako ty amo toeragneo.[14]Ie niavy eo, a niony i Jesosy tagnanjomba Nagnahare ao aia reke le izao ty Natao'e ama'e:
"Jangagne ihe henaneo! le ko manonta in-tsasa, mba tsy hiavia ty raty ama'o manahake teo'oy." [15]Niavy eo le nandeha
lahilahy nagnambara ama iareo Jiosy fa i Jesosy ro nahajangagne aze.[16]Le izay avao ty le nagnenjeha o Jiosy reo i Jesosy,
satria nanao ze raha zay tamy ty andro Sabata Reke.[17] Izao ty natoy i Jesosy iareo: "Ty Raeko le miasa avao ndre ie anito
aza, ndra Izaho, ka le miasa."[18] Naho izay, le nindra ty fihàgna iareo Jiosy ty hamonoagne Aze, tsy amy ty agnama ty
famenteventea'e ty andro Sabata avao, fa ndra ty fikanjia'e an'Andrianagnehare te ie Rae rery, mampira ty vata'e
aman'Andrianagnahare.[19]À le nanoigne iareo ty Jesosy te ie: "Ambarako ama'areo anio, fa ty Anake le tsy manao ndra
inognino ho Aze, naho tsy ze trea'e atao ty Rae avao, fa ndra inognino anoe ty Rae, le atao ty Anake avao ka ze raha zay.[20]
Fe ie ze Rae tea Anake naho le manoro aze ze hene raha atao'e vata'ey, le hanoro aze ka ze raha bey mandako iareo Reke
latsa nareo.[21]Fa manahake ty Rae nampitsangagne naho mamelogne ty mate, le manahake izay ka ty ameloma'e ty Anake
tea'e. [22]Fa ty Rae le tsy mitsara na ia na ia, fa nimey'e ty Anjana'e ze hene fitsaragne[23] mba hiasia ty maro ty Anake
manahake ty niasia iareo ty Rae. Ze tsy miasy ty anake le ts miasy ty Rae nagnirake Aze.[24]Ambarako anareo anio, fa ze
maharey ty rehako naho le miantoke ze nagnirake Ahy le izay ty managne ty fiaignagne mandrakezay naho le tsy
hibosehagne fa nisitse ho havilasy io reke ho amy ty fiaignagne.[25]Le ataliliko, fa ho avy ty andro, naho le andoany ty
hilefea'e, naho fa maharey ty fiaragnana ty Anak'Andrianagnahare ny vilasy, le ho velogne ze maharey.[26]Fa manahake ty
Rae manan-kavelogne Ama'e ao, ro nagnomeagne ty anake ka mba hanagna'e fiaignagne Ama'e ao, [27]naho le nomea ty Rae
lily hitsara ty Anake mandako Aze ty tirin'olombelogne.[28]Asao tsy ho gaga amizay, fa avy ty andro hahareiza ze kila ndaty
ty feo andonake agne [29]naho le hiakatse: iareo ze nanao soa hitsangagne ho amy ty fiaignagne, fa ze nanao ratsy ka le
hitsangagne ho amy ty fitsaragne.[30]Tsy afake hanao ndra inognino naho Izaho avao. Naho ze nireiko, ro itsarako, le ho
maregne ty fitsarako satria tsy mipay ty zotoko irery Raho fa ty zoto Ireke nagnirake Ahy.[31] Naho hagnambara ty momba
ty vatako Raho, le tsy maregne ty fagnambarako. [32]Misy raike hafa zay nagnambara ty momba Ahy, naho le fantako fa tò
ze fagnambare rehafe'e momba Ahy.[33]Nirahegne tamy i Jaona agne nareo, naho le nagnambara ty maregne Reke.[34] Fe ie ze
fagnambaragne rinaeko le tsy avy ama ondaty. Mitalily ze raha zay Raho mba mete ho voavonje nareo.[35] Jaona le jiro
nirehetse navaho nagnazava, naho le nareo nagniry ty hifale tsiela tamy ty fahazava'e.[36]Fe ie ty fagnambarako le bey
mandako ty ei Jaona, fa ze asa nemey ty Rae ho vitaeko, ze asa nataoko aby, ro magnambara ty momba Ahy fa nirahe ty
Rae raho.[37] Le ty Rae ze ro nagnambara Ahy. Mbe tsy naharey ty fiaragnana'e naho nahatrea Aze ndra indraike nareo.

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

38Naho ty saontsi'e tsy mba mitoetse ampiaiareo ao, satria nareo tsy miantoke ze nirahe'e.39Mipay Soratse Masigne satria
mihevetse nareo fa amy io ao ro anagna areo ty fiaignagne Mandrakezay, naho le Soratse Masigne eo avao ka ro
magnambara ty momba Ahy,40 fe ie tsy vogno'e ty hagnorike Ahy nareo mba hanagna areo havelogne.41Tsy mandrae ty
laza boake ama ondaty Raho,42 satria fantako fa tsy misy fitiavagne anan'Andrianagnahare ty ama areo ao.43Avy amy ty
tahina ty Raeko Raho, naho le tsy raese areo. Naho misy hafa amy ty agnara'e irerike, le ho raese areo reke. 44Akore ty
hiantofa areo, inareo mandrae ty laza boake amy ty hafa mone izao tsy mapay ty laza boake aman'Andrianagnahare
tokagne?45Tsy hieretseretse naraeo te ie Izaho ro hitsara anareo agnatreha ty Rae. Ze raike hitsara anareo le i Mosesy,
naho nampipoha areo ty fagnategna areo.46 Naho mino i Mosesy nareo le toko'e hino Ahy, satria ie ty nanoratse ty momba
Ahy.47 Naho tsy miantoke ze sinora'e vao nareo le atao areo akore ty hiantoke ty raha volagneko?

# 6

1Tafara ze raha zay, le nitsake ranomasigne e Galilia, atao Tiberiasy zay ty Jesosy. 2Nisy ndaty tsiefa nangovovoke
nagnorike Aze satria trea iareo famantaragne natao'e tama ze narare.3 Niheo ambone vohitsey ty Jesosy naho le
niambesatsey miharo amo mpiana eo Reke.4(Fa marine amizay Paska, andro firavoaravoa Jiosy io). 5À naho fa nivazoho
niagnambone ty Jesosy aheo naho ndaty tsiefa ro mbama eo, le tihoe ty natao amy Filipo te ie: "Aia ty hiviliantika mofo
mba hihinana iareo?" 6(Fa ony i Jesosy anio ty hatao'e, fe ie le niaotsy izay mba hitsoha'e hevetse i Filipo.)7Le tihoe natao
Filipo nanoigne Aze te ie: "Ndra ie mofo roanjato dinaria nio aza ndra kede tsy hahenegne aze kiraidraike aby."8 Ty raike
tama mpianaeo, Andrea, roahalahy Simona Petera, ro nivolagne ama i Jesosy te ie:9 " Misy anajalahy raike ty eto managne
mofo lime navaho fiagne roe, fe ie a hahainogne ty ndaty lako toa?10Le ty hoe natao i Jesosy te ie: "Ampiambesaro o ndaty
reo" (Feno akata ty amo toerañeo eo) Le niambesatse aby maroy, tokoe ho lime arivo eo ty isae. 11Ie niavy le nangalake
mofoy naho fa niavy nisaotse, naho le zinara'e tama iareo ze niambesatse. Le mbe ny hoe izay avao ka ty natao'e tama
fiañey, maro mandako ze paiaiareo. 12A naho fa nianjañe ndaty, le tihoe ty Natao'e tama mpiana'e reo te ie: " Avorio ze
sisa'e tsy nilany, mba tsy hisy ho motso."13A le navory iareo areke naho le mbe nahafeno haroñe folo roe amby ty nisisa
mofo limey ze nipotepote'e nenga iareo nihinañe.14 Ie niavy eo, naho fa nahaoniñe ty famantaragne Natao'e ndaty, le tihoe
ty natao iareo tie: "Itoy vata'e o mpitoky ho avy ho etoy ama ze kila tane eo."15 A naho fa niony i Jesosy fa hoavy iareo
hangalake Aze hanandratse Aze an-kery ho Mpanjaka, le nibalike ambone vohitsey irery ndraike Reke.16Ie nihariva
androy, le nizotso mba ndranomasigne eo mpianae rey. 17Nijoñe amy ty lankan-kede iareo, naho le nitsake ranomasigney
hoe Kapernaoma agne. Fa naieñe tamy izay, ndra Jesosy mbe tsy niavy tamy iareo avao.18 Ndra nisy talio mafe areke,
naho le nañonja ranomasiñey.19Naho fa nivey teo amy ty roapolo lime amby na telopolo stadio eo iareo, le trea iareo ty
Jesosy niheo ambone ranomasiñey naho le nihanarine lakan-kede ey, naho le natahotse iareo. 20Le izao ty natao amy iareo
te ie: "Mbe izaho avao nitoy! ko matahotse."21 Ie niavy eo novoño'e iareo ty handrae Aze andakan-kede ao, naho le aniany
avao le fa niavy amy tane hombà iareo oy lakañey.22Ie ny maray iñe, trea maro nitsangañe añolo-dranomasiñe eo te ie tsy
nisy lakan-kede hafa tsy raikey avao, naho toe tsy nindre niditse amy mpianaey ty Jesosy fa nandeha irery mpianarey.23
Fe ie, nisy lakan-kede maromaro boaka Tiberiasy añe ty añila tanagne nihinana iareo mofo'oy eo naho fa niavy nisaotse i
Tompo.24A naho fa nitrea vahoake rey te ie tsy teo na Jesosy na mpianae rey, le nijoñe an-dakan-kede iareo naho le etoy ty
e Kapernaoma agne hipay Jesosy.25 À naho fa nitrea iareo añolon-drenerano Reke, le tihoe ty natao iareo tama'e:
"Mpañanatse, niavy eto mbia Iheo?"26Namale iareo ty Jesosy, nanao tihoeke te ie: " Amabarako anareo anio, fa mipay Ahy
nareo, fe ie tsy amity agnama i famantarañey, fa amy ty nihinana areo mofoy naho le nivontsiñe. 27À ko miasa amity
haneñe tsiela rava areke, fa miasà ho ey haneñe maharetse amy fiaiñañe mandrakezay naho le homey Tirin'olombeloñe
anareo, satria Andriamañitse Rae ro nañisy tombo-kase tama'e."28Ie niavy eo le tihoe ty tanao iareo Tama'e : " À ino ty
hatao' ay, mba hanoa' ay ty asa Nagnahare?" 29Namale ty Jesosy le tihoe ty natao'e tama iareo: "Izao ty asan'
Andrianañahare: le ty hiantofa areo ty raike ze nirahe'e."30Le izao ty natao iareo tama'e : "Ino areke ty famantarañe ho
hatao'o, mba hahita' ay naho le hianoa'ay Azo? Ino ty hatao'o? 31Ty razambey' ay nikama ty mana boake añefetse añe,
manahake ty voasoratse te ie: " Nimea'e mofo boake an-dañitse iareo ho kamae'e."32Izao ty natoy Jesosy iareo te ie: "
Ambarako anareo anio, fa tsy Mosesy ro nañomey anareo ty mofo hirike an-dañitse añe, fa ty Raeko ro nañomey anareo
ty tena mofo vata'e boake an-dañitse añe. 33Satria ty mofo Andriatompo le mizotso hirike an-dañitse añe naho le
mañomey fiaiñañe ho ey ze kila raha."34 Izao ka ty natao iareo ama'e te ie: " Rañadria, omeo anay lomoñazo zo mofo
zao."35Le ty hoe ty natao Jesosy any iareo the ie: " Izaho ro mofon-kaveloñeo, ze miharine Ahy tsy ho kere in-tsasa, navaho
ze miantoke Ahy ka le tsy ho azo ty arandrano.36 Fe ie fa nambarako ama areo fa nahatrea Ahy nareo, naho le tsy nino. 37O
maro ze nimey ty Raeko Ahy le ho mbamako mbeto, naho le ze miharine Ahy ka tsy mbian-kariako.38Fa nizotso hirike an-
dañitse añe raho, tsy mba hanao ze zotoko irery, fa ze zoto Ie nañirake Ahy. 39Izao ty zoton'arofo Ie nañirake Ahy, le ty tsy
hañariako ze kila raha nimey Any, fa hampitsangañe iareo any ty andro fara'e.40 Satria izao ro zoton'arofo ty Raeko, le ty
mba hahazoa ty maro ze mahavazoho ty Ana'e naho le mino Aze ty fiaiñañe mandrakezay naho hatsangako amy ty andro
fara'e reke.41Ie niavy eo nimonomonoñe miomba Aze iareo Jiosy satria nisaontsy Reke te: " Izaho ro mofo nizotso hirike
an-dañitse añe."42 Naho le izao ty natao iareo: "Tsy i Jesosy ana i Josefa vao io, ataoko fantatika ty Rae naho ty Rene'e? À
tiaia ty hivolagna'e te ie: "Nizotso hirike an-dañitse añe Raho?"43Le izao ty natoy i Jesosy iareo te ie: "Ajanoño
fimonomonoñe am-pañivoa areo. 44Tsy misy ndaty afake mañantogne Ahy naho tsy Raeko nañirake Ahy ro mitaoñe aze,
naho le hatsangako reke amy ty andro farae.45 Izay ty voa soaratse añate ty boky ty mpitoky te ie: "Hampianare i
Adriatompo aby iareo." Navaho ze nianatse naho naharey tamy ty Rae avao ro mañantoñe Ahy.46Tsy misy nahatrea ty

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

Rae, naho tsy ze hirike aman'Andrianagnahare, Ie avao ro mahita ty Rae.[47] Ambarako anreo anio, fa ze mino ro manañe ty
fiaiñañe mandrakezay.[48]Izaho ro mofo ty fiaiñañe. [49]Ty Raza areo bey nikama ty mana añefetse añe, naho le nivilasy iareo.
[50]Intoy to mofo nizotso hirike an-dañitse añe, ze nikama ama'e tsy ombia ko vilasy.[51] Izaho ro mofo veloñe nizotso hirike
an-dañitse añe. Naho misy ndaty mihinañe Amy ty mofo toy, le ho veloñe mandrakezay reke. Ty mofo ho meiko ro mofo
ho amy ty fiaiña ze kila raha."[52]Viñetse iareo Jiosy naho le ty hoe ty nisafiry natao iareo te ie: " Akore ty hahaia o lahio
mañomey antika ty onofo'e ho haneñeo? Le ty hoe ty natao I Jesosy amy iareo te ie:[53] "Ambarako anareo anio, fa naho tsy
mihinañe ty mofo ty tirin'olombeloñe nareo naho tsy minoñe ty lio e, le tsy hanañe fiaiñañe ama areo ao.[54]Ndra ia ia
mihinañe ty nofoko naho minoñe ty lioko le manañe ty fiaiñañe mandrakezay, naho le hangako Amy ty andro farae.[55] Fa
ty nofoko ro tena fiaiñañe, le ty lioko ro tena finomeñe. [56]Ze mihinañe ty nofoko naho minoñe ty lioko ro mitoetse Amako
ao, naho le ama'e ao ka Raho.[57]Manahake ty nañiraha Rae veloñe Ahy, naho le manahake ty hivelomako mandako ty Rae,
ze mihinañe Ahy, le ho veloñe ka naho ty Amako.[58] Intoy mofo nizotso hirike an-dañitse añe eo, tsy manahake ty
Razambey areo nikama naho le nivilasy. Ze mihinañe ty mofo toy le ho veloñe mandrakezay." [59]Nisaontsy izay ty Jesosy te
Synagoga ao naho fa nampianatse e Kapernaoma ao Reke.[60]Naho le maro Amy iareo mpiana'e naharey izay ro nivolañe te
ie: "Fampianarañe sarotse zao; ia iaby ty hiantoke izao? [61]Vaho te Jesosy mahaoniñe te ie mimonomonoñe mpiana'e reo,
ro nisaontia e te ie: " Izay vao manikambatse anareo?"[62]Avaho akore naho hahita ty tirin'olombeloñe miakatse amy ty
nitoera'e taolo nareo?[63] Ty Fañahy ro nañomey fiaiñañe, ty nofo tsy ahazoañe ndra inoñinoñe. Ze rehake nambarako ama
areo le fañahy, naho le fiaiñañe ka io.[64]Tiila ama areo tsy mino." Fa Jesosy fa mahaoniñe laha tamboaloha'e ze tsy mino
naho ze hifotetse Aze. [65]Izao ty natao e: "Izay o nañambarako tama areo fa tsy misy ndaty afake mamonje Ahy naho tsy
nimey ty Rae aze zay."[66]Izay avao, le maro tamy mpiana'e eo ro tsy nañorike ama e in-tsasa.[67] Le tihoe natao Jesosy tamy
iareo folo roe amby te ie: "Tsy te handeha ka vao nareo?[68] Simona Petera ty nanoiñe Aze te ie: "Rañandria, ho amy ia moa
zahay io? Ihe ro manañe ty safirin-kaveloñe hatrampara'e, [69]a naho mino zahay le hañorike mba hahafantatse fa Ihe ro
Masin' Andrianañahare."[70]Izao ty natao Jesosy tama iareo: "O vao tsy izaho ro nijonoñe anareo, folo roe amby, naho ty
raike amareo le ro raty?[71] Jodasy ana I Simona Isakariota no saontsie, satria ie, o raike amy iareo folo roe amby, hifotse i
Jesosy io.

# 7

[1]Tafara ze raha zay ty Jesosy le niavotse e Galilia añe, fa tsy te ho e Jodia Reke noho ty fipaia o Jiosy io Aze ho vonoeñe.[2]
Naho toe fa marine ty andro fifalea ty Jiosy ty Tabernakely.[3]Le nisaontsy ama' e amizao roahalahie eo te: "Isintaho ty eto
le akia Rehe miavota e Jodia añe, mba hahaia mpianao reo mahatrea ty asa atao ka. [4]Tsy misy ndaty nañetake ty raha
natao e naho le vatan-teña 'ey ro hijehejehe amity maro. Naho manao ty raha ao nareo, le miboaha Amy ze kila raha.[5]Fa
ndra roahalahie eo ka toe tsy nino Aze. [6]Le nisaontsy iareo amizao ty Jesosy te ie: "Mbe tsy avy ty androko, fa ty anareo ka
le miviñona lomoñandro. [7]Toe tsy halaiñe anareo ze kila raha, fa Izaho ro heje'e satria mampiboake fa raty ty asa'e.
[8]Inareo ro miakara amo zo fifaleañe zao; fa Izaho tsy hoañe satria mbe tsy avy ty androko." [9]Tafara ty nisaontsia'e ze raha
zay ,le nijanoñe e Galilia avao Reke.[10]A naho fa niheo amy fifaleañe ey añe iareo roahalahie, le niavotse ho mbeo ka Reke
naho niavy eo, fe ie tsy niboake fa nietake.[11] Nipay aze tamy fifaleañe ey ao iareo Jiosy naho le nirehake te ie: "Nimbaia
Reke?"[12]Mato ty rehake mioba Aze tañate maro oy ao. Ty ilae mivolagne fa: "Ajalahy vañone Reke." ty ilae ka mivolagne
bte ie: "Tsie zay, fa mitarike o maro amy ty himotsoa'e Reke." [13]Naho le tsy nisy nahavany nirehake miomba Aze añivo
maro naho ty taho o Jiosy io.[14]Ie nisasake fifaleañe ey, le niheo Añanjomba Nañahare ao ty Jeosy naho le namototse ty
fampianarañe.[15] Ie niavy eo Latsan-draha iareo Jiosy, nivolañe te ie: "Akore ty ahaiza o lahio io ze hene raha zao iaby?[16] Ie
ndra raike tsy mba nianatse." Le tihoe ty natoy Jesosy iareo te ie: "Tsy Ahike fampianarako, fa hirike amy Ie nañirake Ahy.
[17]Naho misy ndaty mañiry te hanao ty zotonarofo e, le hahafantatse miomba fampianarañe eo reke, na hirike
aman'Andrianañahare zao, na ty Izaho ambatako avao ro mirehake aze. [18]Ndra ia ndra ia nivolañe hirike amy ty vatae le
mipay ty volonahe ty teñae irery, fa ndra ia ia ro mipay ty volonahe ty nañirake aze, le io ndaty mareñe, naho le tsy misy
ankoatse ty hamareñañe ty ama'e ao.[19]Tsy nañomey lily anareo vao t'i Mosesy? Fe tsy misy ama areo mitandreñe ty lily. À
nañino nareo mipay ty hamonoañe Ahy io?[20] Nanoiñe maro oy te: "Misy kokolampoñe ny Iheo. Avaho ia mipay ty
hamonoañe Azo?"[21]Namale t'i Jesosy naho le nisaontsy te: "Raike avao ty asa Nataoko, naho le ilatsà areo iaby zay. [22]Nimey
i Mosesy anareo ty savatse (tsy te ie hirike amy i Mosesy, fa boake Amy iareo razañe), naho le Amy ty tsy fiasañe le
manavatse o ndaty nareo.[23]Naho Amy ty andro tsy iasañe ro anavarañe o ndaty mba tsy handika ty lily i Mosesy, le ino ty
ihejea areo Ahy naho mampijangañe ty ndaty raike amy ty andro tsy iasañe Raho? [24]Ko mitsara amy ty lafie ambohoe, fa
mitsarà Amy ty hamareñañe."[25]Nisy ty ilae amy iareo hirike e Jerosalema añe mirehake te: "O tsy itoy vao paia iareo ho
vonoeñeo?[26] Heteo re, misaontsy miboake Reke, naho le tsy misy nivolañe Aze iareo. Le ho fanta mpinday fanjakañe vatae
hoake vao fa Ie zo Kristy zao, sa akore?[27] Fa haintika anio te ie boakaia o lahio. À naho fa avy ty Kristy, le amoa'e te hirike
aia Reke?"[28]Ie niavy eo nikoike mafe Añanjomba Nañahare ao ty Jesosy, nampianatse naho le nisaontsy te: " Inareo le
sambe mahafantatse Ahy naho le mahay ty nihirifako. Tsy avy noho ty vatako irery o Aho, fa Ie nañirake Ahy le mareñe,
naho amoa areo Reke.[29] Fantako Reke fa hirike Ama'e Raho naho le ie ro nañirake Ahy."[30]Nanao ze hitsepahañe Aze iareo,
fa tsy nisy nañeba aze satria mbe tsy avy ty andro e.[31] Maro amy iareo ty ndaty nino Aze, naho le izao ty natao: "Naho fa
avy zo Kristy zao, mbe hanao famantarañe mandako lahio koahe Reke vao?" [32]Naho naharey ty bisibisike natao maro oy
miomba i Jesosy iareo Fariseo, naho lahibey ty mpisoroñe le nañirake mpiambeñe hitsepake Aze.[33]Ie niavy eo le izao ty
natao i Jesosy: "Fa tomotse ty andro hiharoako ama areo, le hiheo amy ty ty nañirake Ahy añe Raho.[34] Hipay Ahy nareo fe

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

ie tsy hahatrea Ahy; navaho ze ho mbako, tsy ho azo areo andehanañe."[35]Noho izay avao le nifañitekiteke iareo Jiosy
nivolañe te: "Aia hombà o lahio io ro tsy ho vitantika ty hipay Aze? Hiheo amy iareo ze nibaratsiake mbamo Grika mbeo
le hañanatse iareo Grika vao?[36] Avaho ino ty dika volañe nambara' ey te ie: "Hipay any nareo fe ie tsy hahatrea Ahy; ze
ombako, tsy ask areo ombañe?"[37]Tamy ty fara ty andro fifaleam-bey, le nitsangañe ty Jesosy naho le nikoike made, nanao
tihoe: "Naho misy marandrano, adono reke hihovae mbamako mbeto naho le hinoñe. [38]Ze mino Ahy, manahake ty
nambara Soratse Masiñe, le hionja añate antroe ao ty raho veloñe."[39]Fa izao ty nambarae miomba ty Fañahy, iareo ze
niantoke Aze ro handrae; Fañahy io le tsy nimeñe satria know tsy nahazo Volonahetse ty Jesosy.[40]Ty ilae tamy maro rey,
naho fa maharey ty saontsy hoe izay, le nivolañe te ie: "Intoy vatae mpitoky io." [41]Tilae nirehake te ie: "Intoy Kristy io." Fa
ty ilae ka le nivolañe te: "O vao boake e Galilia agne ty Kristy? [42]Tsy nambara Soratse Masiñe vao fa Kristy le boake any
foko i Davida naho mbe toe Betlehema so ka, ty tane nihirifa i Davida?[43]Nivaky roe amizay fokonolo oy noho Reke. [44]Ty
ilae tamy iareo te te hitsepake Aze, fe tsy nisy nahavany nañeba Aze.[45]Ie niavy eo nibalike mbamy lahibey ty mpisoroñe
naho Fariseo rey mpiambeñe ey, le tihoe ty natao iareo aze: "Inoñe tsy nindesa areo Aze eo?"[46] Izao ty natoy mpiambeñe
ey te ie: "Know liae tsy nisy rename nanao izay ndraike."[47]Le tihoe ka ty natao Fariseo rey nanoiñe iareo te: "Voafitake ka
vao nareo? [48]O vao nisy nino Aze tamy iareo mpandily, ndra ty tamy iareo Fariseo? [49]Fa maro ro tsy nahafantatse ty lily,
nivozoñañe iareo."[50]Nikodemosy (raike any iareo Fariseo, niaolo amae añe), nivolañe te ie: [51]"O vao ty lilintika mizaka
ndaty miaolo ty hahareizañe aze navaho hahaiantika ze raha natae? [52]Namale iareo naho le nivolañe te ie: "Hirike e
Galilia ka viheo? Dineho naho le heteo fa mbe lia tsy misy mpitoky ty hireke e Galilia añe."[53](Fañamareñañe: Ty dikan-
drehake taolo nifanjaka vatae le tsy ahatreavañe Jaona 7: 53-8: 11) [Sambe niheo an-traño añe kiraidraike naho niavy eo].

# 8

[1](Fañamareñañe: Henteo ty fañamareñañe miomba i Jaona 7: 53-8: 11 ambone eo) Niheo ambohitse i Oliva añe ty Jesosy.[2]
Mbe ny maraintsikiake le Niheo añanjomba Nañahare ao indraike Reke, naho le namonje Aze any ze hene ndaty;
niambesatse Reke naho le nampianatse iareo.[3] Iareo mpañana-dily navaho iareo Fariseo le nanantaly ampela raike
nitratse nivaro-batañe. Natobo iareo am-pañivoañe so reke.[4](Fañamareñañe: Heteo ty fañamareñañe miomba i Jaona 7:
53-8: 11 ambone eo) Ie niavy eo le toe ty natao e: "Mpañanatse, ty ampela you let trà ay nivaro-batañe. [5]Toe voasoratse
amy ty lily Mosesy ao ro mañirake anay hitorake vato ty nanao izay; hein ty hambarao miomba aze? [6]Nivolañe iareo
hamandrihañe Aze avao moa izay io mba hahaia iareo mañasaze Aze, a Jesosy ka le niondreke nanoratse amy tane amy
ty fitae.[7](Fañamareñañe: Henteo ty fañamareñañe miomba i Jaona 7: 53-8: 11 ambone eo) Naho fa ny maro ty
fañontaneañe natao iareo Aze, le nitsangañe Reke le nisaontsy iareo te: "Ze mboe liae tsy niota tama areo, ro mitoraha
vato aze aolo." [8]Le nihohoke ndraike Reke, naho le nanoratse tane ey any ty fitae.[9](Fañamareñañe: Henteo ty
fañamareñañe miomba i Jaona 7: 53-8: 11 ambone eo) Naho fa naharey ty hoe izao iareo, le nisitse kiraike, namototse any
ty zoke e. Le i Jesosy irerike sisa nijanoñe eo, reketse ampela tañivo eo. [10]Nitsangañe ty Jesosy le nisaontsy ama e te: " O
ene, o vao nimbaia iareo nanasaze azo? Tsy sinaze iareo viheo? [11]Le tihoe t natao te ie: "Tsy misy, Rañandria." Izao ty
natao i Jesosy te ie: "Tsy hanaze azo Raho. Akia rehe nandenà asao tsy hañota in-tsasa."][12]Le mbe nisaontsy tamy iareo
indray ty Jesosy te ie: "Izaho ro fahazava ze kila raha; ze mañorike Ahy tsy mba handeha amy ty maieñe fa hanañe ty
fahazam-piaiñañe."[13] Le tihoe ty natao Fariseo reo te ie: "Ihe le mañambara ty teñao; tsy mareñe ty fañambarao."[14]Izao ty
natao i Jesosy nanoiñe iareo te ie: "Ndre ie mañambara ty vatako nio Aho, Tsisy tsy ho tò ty fañambarako. Fantako ty
nihirifako naho ze hombako, fa le amoa areo ty nihirifako naho ze hombako. [15]Mitsara amy ty nofotse ny nareo; fa Izaho
tsy mitsara ndra ia ia.[16] Ndre ie mitsara nio Aho; le mareñe ty fitsarako satria tsy irerike Raho, fa mindre any ty Rae
nañirake Ahy.[17]Ein, fa ndra ie amy ty lily areo le voasoratse fa mareñe ty fitsangana ty ndaty roe voanolombeloñe. [18]Izaho
to mañambara ty vatako, fa ty Rae nañirake Ahy ka le mañambara Any."[19]Izao ty natao iareo ama e: "Aia ty Raeo?"
Nanoiñe ty Jesosy te ie: "Tsy fantaareo na Izaho na i Raeko; naho nahafantatse Ahy nareo, le mahafantatse ty Raeko ka."[20]
Tañila fampimpohan-draketse ey eo Reke te nisaontsy izay naho mbe nampianatse añanjomba Nañahare ao Reke, naho le
tsy nisy nisambotse Aze fa mbe tsy avy ty androe.[21]Le mbe nanao izao indraike Reke te ie: "Handeha Raho; hipay Ahy
nareo naho le ho vilasy Amy ty fahota areo. Ze ombako, le tsy ho azo areo andehanañe."[22] Le tihoe ty natao Jiosy rey te:
"Hamono teña vao koahe Ireke eo? Izay o anto ty volaña'e te ie: "Ze ombako, le tsy azo areo ombañe eo?"[23]Izao ty natao I
Jesosy Amy iareo te: "Inareo hirike ambane etoy, Izaho ka boake ambone añe. Inareo boake ama ze kila raha; fa Izaho tsy
izay tsy boake ama ze kila raha. [24]Manahake ty nataliliko anareo fa ho vilasy amy ty hajaja areo nareo. Fa naho tsy mino
nareo fa IZAHO RO IE, le ho vilasy hajaja areo nareo."[25]Naho izay le tihoe ty natao iareo: "Ia Iheo?" Izao ty natao Jesosy
tamy iareo: "Manahake ty nambarako tama areo laha-tamboalahae.[26]Manan-draha lako hambara naho hitsaràñe ty
miomba nareo Raho. Fe ie Ireke nañirake Ahy le mareñe; navaho ze raha nireiko hirike aman'e, le nataliliko zao tontolo
zao." [27]Naho le amoa iareo fa Ie le nisaontsy tamy iareo momba ty Rae.[28]Izao ty natao i Jesosy: "Naho hasanandra areo ty
tirin'olombeoñe, le ho fanta areo fa Izaho ro Ie, naho le tsy manao ndra inoñino ho Ahy Raho. Manahake ty nampianare
t'i Rae Ahy, ro italiliako ze raha zay. [29]Ie nañirake Ahy le mindre Amako, naho le tsy hadò e irerike Raho, noho Izaho
manao ze zote'e lomoñandro."[30] Naho nisaontsy ze raha zay t'i Jesosy, le maro ty nino Aze.[31]Izao ty nisaontsy Jesosy amy
iareo Jiosy nino Aze te: "Naho mitoetse amy nambarako nareo, le ho mpianako vata'e; [32]naho toe le hahafantse ty mareñe
nareo, le hañafake anareo mareñeo." [33]Le izao ty natoy iareo te: "Foko i Abrahama izahy naho le mnoe liae tsy nisy
nañandevo anay ndra ia ia faha izay; akore ty volaña'o te ie: "Ho afake nareo?"[34]Izao ty navale I Jesosy iareo te:
"Ambarako anareo, fa ze niota le andevoze ty haota.[35] Ty ondevo le tsy mitoetse an-traño ao mandrakezay; fa ty anake ro

mitoetse mandrakezay.36 Manao izay, naho ty Anake ro mañafake anareo, le ho votsotse vata'e nareo.37Haiko fa foko i
Abrahama nareo; mipay ze hamonoañe Ahy satria tsy manan-tane amaareo ao ty saontsiko.38 Mitalily ze nitreako tamy ty
Raeko Raho, fa inareo ka le manaonze nirey areo tamy ty raeareo."39Nanoiñe iareo le ty hoe tybnavale aze: "Abrahama ro
raeay." Mbe nisaontsy amy iareo ka ty Jesosy te ie: "Naho ana i Abrahama nareo, le nanao ty asa i Abrahama.40 Fe ie,
mipay ty hamonoañe Ahy nareo te anito, zaho lahilahy nivolañe ty mareñe tama areo ze nireiko taman' Andriananañahare.
Tsy izay ty natao i Abrahama. 41Inareo ro manao ty asa ty raeareo." Izao ty natao iareo: "Tsy nasamake tamy ty
fijangajangañe zahay; fa ty Raeay le raike avao: le Andriananañahare."42Izao ty nisaontsy Jesosy tamy iareo: "À naho
Andriananañahare ro raeareo, le tokoe ho tea Ahy nareo, satria boake aman' Andriananañahare ty niboahako naho ty
nandehanako etoy; fa tsy niavy amizao o Aho, fa Ie ro nañirake Ahy. 43Inoñe tsy ahazoa areo ty raha volañeko? Izay satria
tsy hañorike ty raha volañeko nareo. 44Hirike amy ty raeareo nareo, i raty, naho le tea areo hatao ka ty raha nataon-
draeareo. Mpanompo ondaty laha tamizay reke naho le tsy mitsangañe amy ty fahamareñae satria tsy misy mareñe ndra
lolie ty ama e ao. Naho fa ny mpandañitse Reke, le ze raha fatao avao ka ro volañe e satria mpavande Reke naho le rae
vandeo.45Fe ie, Izaho mivolañe ty mareñe, le harafate naho hino Ahy nareo.46 Ia amareo ty ty mañameloke Ahy amy ty
hadisoañe? Naho mivolañe ty mareñe Raho, inoñe tsy inoa areo? 47Ze boake aman' Andriananañahare le maharey ty saontsy
Nañahare; tsy reiareo zao satria nareo tsy boake aman'Andriananañahare."48Namale iareo Jiosy naho le nivolañe amae te ie:
"O vao tsy mivolañe ty mareñe izahay te ie Samaritina Rehe naho toe le itoeran-kokolampoñe?49 Le tihoe ty navale Jesosy
te ie: "Tsy misy kokolampon-drAaho, fa mañomey volonahitse ty Raeko, à nareo le tsy mba mañomey volonahitse Ahy.
50Tsy mipay volonahitse Raho; misy raike mipay naho mitsara. 51Ambarako anareo, fa naho misy miambeñe ty saontsiko,
le tsy hahatrea zo havilasy zao mandrakezay reke."52Izao ty natao iareo Jiosy amae te ie: "Amizao fanta'ay fa misy
kokolampoñe Rehe. Fa nivilasy ty Abrahama naho ze nimpitoky; fe ie Ihe mivolañe te ie: " Naho misy miambeñe tsarako,
le tsy hahatrea zo havilasy zao reke."53 Tsy bey mandako Abrahama raeay fa nivilasy Rehe, sa bey koahe vao? Mpitoky rey
ka le mbe nivilasy avao. Manao ty vatao ho Ia iheo?54Izao ty natoy Jesosy: "Naho Izaho avao manadratse ty Vatako, ndra ty
volonahiko tsy hisy antoe, fa ty Raeko atao areo ho Andriananañahare ro manandratse Ahiko.55 Tsy fantaareo Reke, fa Izaho
mafahantatse Aze. Naho nitalily Raho te ie: "Tsy mahafantatse Aze; le hanake anareo, mpisovo-drehake. Mone izao,
fanatako Reke fa miambeñe ty saontsie Raho.56 Ty raeareo le nifale nahavazo ty androko; nahaoniñe izay reke le
nifale."575859Le izao ty natao iareo te: "À nañino iheo nanjare nahtrea ao? Vinale e te ie: "Ze lahilahy atao Jesosy zay ro
nañosotse fotake amy ty masoko naho le nisaontsy amako Reke te: "Akia mandehana amy Siloama añe le sasao maso o."
Le nandeha raho nanasa aze, naho le nahatrea." Le tihoe ty natao iareo ama e te ie: "Aia Reke?" Le vinale e te ie: "Tsy
fantako."

# 9

1À naho nandrioñe ty Jesosy, nahaoiñe lahilahy goa boake amy ty niterahañe aze.2 Nañotane Aze iareo mpianae le tihoe ty
nataoe: "Mpañanatse, ia ro be hakeo, o lahio vao sa ty rae naho ty rene e ro le niterake goa hoe itoy reke?"3Vinale i Jesosy
te ie: "Tsy o lahio anio ro behakeo, naho tsy rae aman-drene e, fa izao ty natao mba hanoroañe ty asan' Andriananañahare.4
Mahay tsy hanao ty asa ze nañirake Ahiko tika naho mboe mazava. Fa ho avy ty haleñe naho le ndra ia ia tsy hiasa ama e
in-tsasa.5 Naho mbe Izaho ro amy ty tane toy eto, le Izaho ro fahazava ze kila raha."6Ie ny vita ty nisaontsia I Jesosy izay, le
nalae ty tane nisiae ty ranompalie naho le hinosoe fotake ty maso lahilahy. 7Le tihoe ty natao amae te ie: "Akia, sasao Amy
ty rano Siloama (niraheñe ty dikae) o maso o." Nandeha lahilahy, nanasa Aze, naho nihereñe nahatrea.8Naho le
nifañonatane iareo mpifankarine trañо amy lahilahy navaho ze natrea aze nangatake taolo nanao tihoe: "Tsy lahilahy
nipetrake nangatake teto oy vao io? Tiila e nanao izao te : "Ie io." 9Tiila e ka nivolañe te ie: "Tsy ie, fa hambañe amae." Fa
ie ka le nirehake te: "Ie raho."10Le izao ty natao iareo te: "À nañino iheo nanjare nahtrea ao? 11Vinale e te ie: "Ze lahilahy
atao Jesosy zay ro nañosotse fotake amy ty masoko naho le nisaontsy amako Reke te: "Akia mandehana amy Siloama añe
le sasao maso o." Le nandeha raho nanasa aze, naho le nahatrea." 12Le tihoe ty natao iareo ama e te ie: "Aia Reke?" Le
vinale e te ie: "Tsy fantako."13Niente iareo mbamo Fariseo amizay lahy nigoa taloha ay.14 Fa tamy ty andro Sabata moa ro
nanoa i Jesosy fotake nahatreava maso' ey.15 Le mbe nañontanea iareo Fariseo indray reke amy ty anto ty nahatreavae. Le
tihoe ty natao e amy iareo te: "Nisia e fotake ty masoko, sinasako, le nahatrea raho henaneo."16Tiila amy iareo Fariseo
nivolañe te ie: "Tsy hirike aman' Andriananañahare ty lahy ty fa tsy mañaja ty adro tsy iasañe." Tiila e nanao izao te: "Akore
ty ahaia ty ndaty behakeo manao famantaram-bey manahake tone?" Le nisy fizarañe ty amy iareo eo. 17Le mbe nihereñe
nañontane lahilahy goa ay indraike iareo te ie: "Ino ty ho volañe o momba Aze, nanomboke amy ty nampahatreava e
maso o?" Izao ty natao lahilahy goa ay amy iareo: "Mpitoky Reke."18 Naho le mbe tsy nino ty momba aze iareo Jiosy te Ie
nigoa ro nahatrea naho tsy tinoka ty rae aman-drene lahy nahatrea ay iareo.19Nañotane andrene e aman-drae iareo te:
"Itoy vo anaareo rehafe areo te ie goa te naterakeo? Avaho nañino ie ndra nahatrea ao?20 Le tihoe ty navale iareo rene
aman-drae iareo te ie: "Fanata ay anio te iana'ay io naho toe le nigoa ka reke te naterake. 21Fe ie, le amoa ay ty foto ty
nahatreava maso' eo. Añontañeo aze, fa toe fa bey ka ndra ie. Mahay mivolañe ty vatanteñae reke."22Nivolañe izay iareo
rene e aman-drae, satria natahotse iareo Jisoy iareo. Satria, fa nifañeke iareo Jisoy fa naho misy miantoke Aze ho Kristy, le
ho roaheñe hisintake ty e Synagoga ao reke. 23Le izay avao, ro nirehafa iareo rene e aman-drae te ie: "Toe fa bey reke,
añontaneo aze."24Le mbe nitoka lahy goa ay taloha fañindroe ey indraike iareo le nirehake amae te ie: "Toloro volonahitse
ty Andriananañahare. Fata'ay fa behakeo ze lahilahy izay." 25Ie niavy eo le izao ty navale lahilahy te ie: "Tantako nio te
manankakeo Reke. Ty fantako le: ty nihagoako taolo, fa mahatrea raho te anito."26Ie niavy eo le izao ty natao iareo tama e


generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

te ie: "Nañino ie ihe ty nonoa aze? Akore ty foto ty nampahatreava e maso o? [27]Le izao ty navale aze te ie: "Fa nivolañeko
ama areo nio, fe ie tsy nitsanoña areo! Avaho inoñe ka mbe te hitsanoña areo aze indraike? Te ho añate ty mpianae ka
vao nareo, sa tsy izay?"[28] Ninje iareo reke naho le nivolañe te: "Ihe ro mpianae, fa izahay mpiana i Mosesy. [29]Hay ay fa
nisaontsy tamy i Mosesy ty Andrianañahare, fa Naho ze lahilahy zay le tsy fanta' ay ty nihirifae."[30]Le tohoe ty natao
lahilahy navale iareo te ie: "Mahalatsa, tsy fahafantara areo ty niboaha e, mone izao Ie ty nampahatrea o masoko.
[31]Haintika fa tsy mitsanoñe ze manankakeo ty Andrianañahare, fa naho misy mikoko o vavakeo naho le manao ze
zoton'arofoe, le mitsanoñe aze Reke.[32]Laha tamy ty nifotora ze kila raha le mboe lia tsy nisy tihoe nisy nampahatrea ty
maso ty goa naterake. [33]Fa naho tsy boake aman' Andrianañahare ze lahilahy zay, le tsy faha ho nivitae ndra inoñino."
[34]Naho le nanoiñe iareo reke le tihoe ty natao ama e te ie: "Terake tamy ty hakeo rehe, ndra ihe ka vao ro nampahatrea
anay? Le rinoa iareo fokonolo reke naho niavy eo.[35]Niony i Jesosy te ie rinoa iareo hisitake ty Synagoga reke. Naho
nahoniñe aze Reke le nisaontsy te ie: "Mino tirin'olombeloñe viheo?[36] Nanoiñe reke te ie: "Ia ireke eo, Rañandria, naho
hino Aze raho? [37]Jesosy nanao tihoe: " Fa nahatrea Aze viheo, ie zo mirehake amao henane zao." [38]Izao ty natao lahilahy te
ie: "Rañandria, mino raho." Naho le nidera Aze reke.[39]Nisaontsy ty Jesosy te ie: "Fa ty fitsarañe ro niaviako etoy amy ze
kila raha mba hahatrea ze goa naho le mba ho goa ka ze matrea."[40] Naho naharey ty hoe izao tilae Amy iareo Fariseo
nindre amae le nañontane Aze te ie: "Ndra zahay ka vao ho goa?"[41] Fa Jesosy nisaontsy amy iareo te ie: "Naho nigoa nareo,
le tsy ho manan-kakeo, fa nareo henaheo mivolañe te ie: 'Mahatrea zahay le mbe mitoetse ty hakeo areo."

# 10

[1]"Ambarako anareo anio, fa ze tsy mizilike an-dalambey ty zolok'aondry eo, fa manganike lalan-kafa, le mpangalatse naho
mpitavañe reke.[2] Fa ze mizilike an-dalambey eo ka ro mpiarake aondry soa.[3]Ireke ro foto ty mpiamben-dalambey.
Mitsanoñe feon' aondry, naho le mitoka ty aondrie irerike amy ty añarae naho le miday aze miakatse.[4] À naho fa naàkae
iaby reke, le miaolo lalañe iareo, le mañorike aze iaondry, satria mahafantatse ty feo e.[5]Naho le tsy hañorike ze ambahiny
iareo fa hilay aze, satria tsy fantae ty feo ty ambahiny." [6]Nanao ze fañoharañe zay t'i Jesosy tama iareo, fe ie le amoa iareo
ty raha tea ho saontsieñe ama iareo.[7]Le tihoe ndraike ty natao Jesosy tama iareo te ie: "Ambarako anareo anio, fa zo
vatako zao ro lalambein' aondry.[8] Ze niavy taoloko aby le mpangalatse naho mpitavañe, satria tsy nitsanoñe iareo ty
aondry e.[9]Izaho ro lalambeiñe. Naho misy miditse ao amy ty alalako, le ho tradrombake reke; hizike naho hiboake reke
naho le hahatrea haveloñe. [10]Fa ty mpangalatse tsy avy naho tsy hangalatse naho hamono ezao naho hitavañe. Fa Izaho
ka le avy mba hanaña iareo haveloñe naho le hanañà lako zay.[11]Izaho ro mpiamben-tsoa. Ty mpiamben-tsoa le mañomey
ty aie hamonjeañe ty aondrie.[12] Ty mpikarama le tsy mpiambeñe naho toe tsy tompon' aondry. Fa naho matrea amboa ly
miharine aze le hilay naho le hañenga aoñdry, le amboa ly ro mpitsepake navaho hampibaratsiake iareo.[13] Milay reke
satria mpikarama naho le tsy hahoae i aondry.[14]Izaho ro mpiarake aondry soa, naho le fantako ty Ahy, naho le hahafantse
Ahy ka.[15] Ty Rae mahafantatse Ahy, Izaho ka mahafantatse Aze, naho le Izaho ro hitolobatañe ho ei ty aondriko. [16]Tsy
manañe aondry hafa naho tsy amy ty vala toy Raho. Mahay tsy hindeseko io, naho le iareo ro haharey ty feoko mba
hitraoke raike le ho raike avao ka ty mpiambe e.[17]Izao ty foto ty hiteavan-dRaeko Any: mahafoe manolotse ty aiko Raho
mba hadresako aze indraike.[18] Tsy misy mañafake aze amako, fa ty rehako avao ro manolotse aze. Manam-pahefañe
hanolotse aze Raho, naho le manañe fahefañe hangalake aze indraike. Ze lily zay le niazoko hirike aman-dRaeko."[19]Nisy
fivibihañe ndaike tamo Jiosy io eo naho ze rehake zay avao. [20]Maro tamy iareo ty nivolañe te ie: "Itoeran-okolampoñe
Reke naho toe le motso eretseretse. Inoñe itsanoña areo azeo?" [21]Nivolañe tiila e te ie: "Tsy reha ondaty misy kokolampon-
jao. O vao mahay mampatrea ty goa ka ty manan-kokolampo?"[22]Ie niavy eo fete ty fanakonañe ty Jerosalema ao.[23] Asotry
ty tamizay, nitsangañe ankiriririsan' Añanjomba Nañahare eo t'i Jesosy niheo amy fialofa Solomona. [24]Ie niavy eo nivoria
iareo Jiosy Reke naho nivolañe ama e te ie: " Hatra ombia ty hampikandrahao anay? Naho Ihe o Kristy io, ambarao
mijehejehe ama ay."[25]Izao ty navale Jesosy iareo: "Fa nañambara amareo nio Aho, fe ie mino nareo. Ze asa natao Amy ty
tahina ty Raeko, io ro mitalily ty momba Ahy. [26]Fe ie tsy mino nareo satria tsy aondriko.[27]Mitsanoñe ty feoko ty aondriko;
fantako iareo, naho le mañorike Ahy.[28] Omeko iareo ty fiaiñañe mandrakezay; naho le tsy ho vilasy mandrakezay iareo,
naho le tsy hisy hitavañe aze ambone tañako eo.[29]I Raeko, nañomey Ahy iareo, le bey mandako ty hafa, naho le tsy misy
mahavany mitavañe iareo am-pità ty Rae eo.[30] Izaho naho ty Rae le raike avao."[31] Nandraesa iareo Jiosy vato amizay
hitorahañe Aze.[32]Le tihoe ty navale i Jesosy iareo te ie: "Maro ty asa soa natoroko anareo hirike aman-dRaeko. Vaho tiaia
amy asay ro hitoraha areo vato Ahy? [33]Izao ty natoy iareo Jiosy aze te ie: "Tsy ty asa soa ro hitoraha ay vato azo, fa ty reha-
dratio, satria ndra Ihe ka olombeloñe le manao ty vatao ho Andrianañahare."[34]Namale iareo ty Jesosy te ie: "Tsy fa
nivoasoaratse tañate ty lily areo vao tihoekey: Ho Araho te ie : "andrianañahare nareo?" [35]Naho nitoka aze ho
andrianañahare reke, le ho ia koahe ty niavia ty saontsin' Andrianañahare (naho le tsy ho azo foañañe ty Soratse Masiñe),
[36]o vao i nihamasine ty Rae navaho nirahey ho Amy ze kila raha ay ro atao areo izao te ie: "Manao reha-dratio, te Izaho
mivolañe te ie: Zaho ro Anak' Andrianañahare?"[37]Naho tsy manao ty asan-dRaeko Raho, le adono raho Raho ko inoañe.
[38]Fa naho manao irey Raho, ndra ie tsy hino Ahy nareo, le inò areo ty asako mba hahafantara areo naho hahazoa areo fa
Ampiaiko ato ty Rae naho le Amae ao Raho." [39]Mbe nipay ty hitsepahañe Aze indraike iareo, fe tie ndra nalay Reke.[40]Le
niheo alafe i Jordana ey indray Reke heheo amy tane nañoañe i Jaona Aze batisa voalohae, naho le niheo amy ty maro eo.
[41] Lako ty ndaty namonje Aze le izao ty natao iareo: "Mbe lia Jaona naho ho nanao sahàtse, fe ie ze raha navolily i Jaona
miomba lahy io le mandia eo aby".[42] Maro ty ndaty nino Aze eo.

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

11 Tao ze lahilahy raike narare atao Lazarosy zay. Boake amy zo tane atao Betania reke, tanà i Maria navaho Marta
raohavave e.[2] Maria ro nañosotse solimañitse amy ty voloe Andriatompo vaho Lazarosy rahalahie narare eo.[3]Vaho
iareo mpiroahavave nañirake ndaty ho amy I Jesosy añe, hirehake te ie: "Rañandria, vazoho, fa marare nikoko azoy."[4]
Naho fa nahaoniñe ty hoe izao ty Jesosy, le tihoe ty natao: "Tsy fate ty hiafarà ty aretetoy, fa ie fanoroañe ty volonahin'
Andrianañahare mba hanandratañe ty Anan'Andrianagnahare amy alalae."[5]À i Jesosy le nikoko i Marta navaho rahavave
ey le Lazarosy.[6] Fa naho fa nahaoniñe te ie marare ty Lazarosy ty Jesosy, le mbe nitobe añate ty roe andro amy toerañe
nisy Aze ey ao.[7] Tafara izay le nisaontsy amo mpianae eo Reke te oe: "Handeha ho mbe Jodia eo ndraike tika."[8]Le tihoe ty
natao mpiana eo amae te: "Mpañanatse, henanezao le mbe nipay ty hitoraha-mbato Azo iareo Jiosy, vaho le mbe hibalike
añe ndraike zane Rehe?"[9] Naho izao ty navale Jesosy te ie: "Tsy lera folo roe amby vao ty fahaza o andro? Naho misy
ndaty mandeha amo zava andro, le tsy ho tsikapie ty raha reke, satria treae ty fahazava ze hene raha.[10]Fe ie, naho
mandeha amy ty haleñe reke, le ho tsikapie ty raha satria tsy ama ao fahazavañey."[11] Nisaontsy ze raha zay Reke, fa tafara
izay, le izao ty natao Amy iareo: "Podroro ty Lazarosy rañentika, fa handeha Raho mba hahaiako mamoha aze amy ty
roro e.[12]Izao ty natao iareo mpianae ama e te ie: "Rañandria, ho soa zao naho po-droro reke." [13]Mone izao ty havilasy
tsarae Jesosy io, fa atao iareo ho fitofa e amy ty roro eo saontsie eo.[14] Ie niavy eo t'i Jesosy nisaontsy mazava tamy iareo te:
"Vilasy ty Lazarosy."[15]Fale Raho, naho ty amareo, fa tsy tañe Raho mba hahavy anareo hino. Andeha ho ama eañe tika."[16]
Tomasy, atao Didy ty fitokavañe aze, le nirehake amy iareo mpianatse rañe e te ie: "Ndao ka tika mba hindre vilasy am'i
Jesosy."[17]Naho fa niavy t'i Jesosy, le onie te fa efatse andro ty nandeveñañe i Lazarosy an-donake añe. [18]Fa Jerosalema le fa
marine Betania, vae lime amby folo stadio eo ty mañelañelañe aze. [19]Lako ty Jiosy niavy amy Marta navaho Maria ao, mba
hampionoñe aze amy ty havilasin-droahalahie iareo.[20] Naho fa naharey te niavy t'i Jesosy ty Marta, le niavotse hanalaka
Aze, fa Maria le nitoboke an-traño ao avao.[21]Le nitsarà Marta t'i Jesosy te ie: "Naho teto rehe Rañandria, tsy ho nivilasy ty
roahalahiko.[22] Fe ie ndra ty anito avao aza, le fantako fa na inoñino angataheo amin' Andrianañahare, le ho mey azo. [23]Le
tihoe ty natao Jesosy te ie: " I roahalahio le m e hivañom-beloñe indraike."[24]Nirehake ty Marta te ie: "Haiko fa hitsangañe
indraike reke amy ty fitsangana ty vilasy amy ty andro farae."[25] Le tihoe ty natao i Jesosy amae te: "Izaho ro fananganañe
ze vilasy naho fiainañe; ze mino Ahy, ndre ie vilasy aza reke, le mbe ho veloñe, [26]naho le ndra ia ia veloñe vaho mino Ahy
le tsy ho vilasy mandrakezay. Mino izao viheo?"[27]Le tihoe ty natao tama e te: "Ein, Rañandria, mino raho fa Ihe ro Kristy,
Anak' Andrianañahare, ho avy amy zao tontolo zao."[28] Naho naharehake izay reke, le nimbamy Maria raoahavave e eo
hitoka aze moramora. Izao ty natao te ie: "Niavy mpañanatsey naho le mikanjy azo Reke." [29]Naho naharey ty hoe izao ty
Maria le nitsangañe tsiela reke hiheo ama e añe.[30]À Jesosy mboe tsy nigodañe an-tanañe eo fa mbe tamy toerañe
nifankahonina iareo amy Marta ey eo avao.[31] Manao izay iareo Jiosy, tama e an-traño ao hampionoñe aze ey, naho fa
nahatrea i Maria nitsangañe tsiela naho miakatse ey, le niorihe iareo reke, fa atao iareo handeha hitañy an-donake añe
reke.[32] À naho fa niavy amy toerañe nisy i Jesosy eo ty Maria naho nahatrea Aze, le hihohoke reke naho le nirehake ama e
te ie: "Rañandria, naho teto Ihe zay, le tsy nivilasy ty roahalahiko."[33]Naho fa niony Jesosy reke ty nitomañy, naho ndra
Jiosy nindre ama ey ka nitomañy, le niembetse ty fañahaie naho le nihitikitike Reke; [34]le tihoe ty natao te: "Amitiaia ty
nandeveña areo aze? Izao natao iareo amae te ie: "avia Rañandria vazohò." [35]Niharovetse ty Jesosy.[36]Le tihoe ty natao
iareo Jiosy naho niavy eo: "Heteo ty halako ty hatea i Lazarosy.[37] Fa ty ilae tamy iareo nirehake te ie: "O vao tsy lahy tia,
nampatrea ty maso ty goa ao, ro hanao ty tsy hahavilasy lahy io ka?"[38]Naho niavy eo ndraike ty Jesosy, naho mbe
niembetse ty fañahy e, le niheo an-donakey. Naho ty añama izay, le misy vato manakoñe aze. [39]Izao ty natao Jesosy: "Afaho
ty eo vato." Marta, roahavave i Lazarosy, nivalasy, nirehake amy Jesosy te ie: "Rañadria, fa lò ny vatae naho zo andro zao,
fa efats' andro zay ty naha vilasy aze." [40]Izao ty nisaontsy Jesosy te ie: "Tsy fa nambarako azo vao, fa naho mino rehe, le ho
trea'o ty volonahin' Andrianañahare?"[41]Naho le napo iareo vato oy. Jesosy mampiandrandra ty fihaino e naho le nisaontsy
te ie: "Raeko, misaotse Azo Abamamy fa nifohiñeo Raho. [42]Haiko fa mivazoho Ahy lomoñandro Rehe, fa naho ty fiotroña
maro Ahy ro itsaràko izay, mba hahaia iareo miantoke fa Ihe ro nañirake Ahy."[43]Naho boake nisaontsy izay Reke, le
nikoike mafe te ie: "Miakara, Lazarosy!"[44] Niakatse horantsañey; nisy talim-pate ty tomboe navaho ty tañae, naho mbe
mifehe lamba ka ty tavae. Le ty tihoe ty natao Jesosy iareo: "Hahao reke le adono handenà e."[45]Maro tamy iareo Jiosy
niavy amy Maria navaho Marta ao ty niatreke ty natao i Jesosy, naho le nimo Aze; [46]Fa ty ilae amy iareo le niavotse ho
mbamo Fariseo naho le hitalily ty raha natao i Jesosy[47]Ie niavy eo lahibey ty mpisoroñe navaho Fariseo namory ty
Synedriona nitraoke nanao ty hoeke: "Ino ty hataontika?" Lako ty famantarañe atao ty lahy ty.[48] Naho hadòn-tika amizao
avao Reke, le nimo Aze ty ndatitoy; le ho avy iareo Romana hitavañe ty tanàntika toy.[49]Fe ie, nisy lahilahy raike tamy
iareo, Kaiafa, mpisorombey haehae, ro nitsara amy iareo te ie: "Inareo anio le tsy haharendreke ndra inoñino.[50] Ndra
raike nio nareo naho mba mivetsevetse te soa ho anareo naho mate ty lahy raike tia hoe ey ty ndaty toy te izay ty tane toy
aby ro rava.[51]Fa ze rinehae le tsy natao e ho aze ambatae. Fe ie, noho ty hampisorombey etamy taoñe eo, le nitokie e fa
tokoe ho vilasy ho ey ty tane toy ty Jesosy; [52]naho tsy ho ey ze tane avao, fa mba hampitraoke ty anak' Andrianañahare ze
nivibike ka. [53]Naho le namototse amy o andro le nivetsevetse ty fomba hamonoañe i Jesosy iareo.[54]À Jesosy le tsy nañavelo
mijehejehe amy iareo Jiosy ey in-tsasa, fa nisintakee ty ao Reke niheo amy zo tane marine ifitse tanañe atao Efraima zao.
Le nitobe ao Reke navaho mpianae eo.[55] Fa nihamarine amizao ty Paska ty Jiosy, naho maro tamy iareo hirike alafe
tanañey ro niheo e Jerosalema añe miaolo ty hiavia ty Paska mba hañalio ty vate e iareo.[56]Nipaia iareo ty Jesosy, naho le
nitsangañe Añanjomba Nañahare nifañitikitike te ie: " Ino ty vetsevetseareo? Te ie tsy ho avy amy ty andro fifaleañe vao
Reke?"[57] Fa nandily amizao ty lahibey ty mpisoroñe navaho Fariseo fa naho misy mahafantatse ty tobea i Jesosy le tokoe
hivolañe reke mba hanambora iareo Aze.

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

## 12

[1]Eneñe andro miaolo ty Paska, le niavy e Betania ao ty Jesosy, tanà i Lazarosy, natsanga i Jesosy tamy ty havilasy e. [2]Tao ty
nanoa mahakama ho Aze, naho le Marta ro nanjotso ho ey iareo, fa Lazarosy ka le niambesatse niharo amy i Jesosy an-
databatse eo avao.[3] Ie niavy eo ty Maria nangalake solike lintatse raike nitaneheñe amy ty narda lafo vily, naho le
nahosoe ty fandia i Jesosy tamy izay, naho le finoe amy volo e fandia ey. Atseke ty haña solikey tañoy.[4]Vaho Jodasy
Isakariota, raike Amy ty mpianae, hifotetse Aze, nanao ty hoeke te:[5] "Natao solike eo ro tsy navily 300 dinaria le nimeañe
ty tsy manañe?" [6]À ireke nivolañe izay, naho ty fiferenaiñae ze manañe, fa toe mpangalatse reke: te amy fañajam-bola
naho le ho nangalare e ze napoke ao.[7]Izao ty natao Jesosy te ie: "Adono reke mba hitañe ze anañe ho amy ty andro
handetehañe Ahy.[8] Ho amareo eo lomoñandro ze tsy manañe, fa Izaho ka le tsy hiheo ama areo eo lomoñandro."[9]Maro
amy iareo ndaty Jiosy ro nahafantatse fa teo ty Jesosy, le nimbama mbeo iareo, fa mba hahatrea i Lazarosy natsanga I
Jesosy tamy ty havilasy e ka.[10] Iareo lahibey ty mpisoroñe le namisavisa ty ho mbeo hahaia iareo maniotse i Lazarosy may
ty hivilasia ka,[11] fa noho ireke ro foto nahavy ty ankamaroa Jiosy io handeha naho le hino i Jesosy.[12]Ie ny maraiñe iñe le
maro ty ndaty niavy ao amy ty andro firavoravoañe. À naho fa nirey iareo te ho e Jerosalema ao ty Jesosy, [13]le nangalake
rantsa-drofia naho le niakatse nanalaka Aze tamy ty koike mafe te ie: "Hozanna! Haha ie boake amy ty tahina
Andriatompo, mpanjaka ty Isrealy."[14]À Jesosy nahoniñe anam-birike raike naho le niambesatse ambone eo;[15] Arake ty
voasoratse te ie: "Ko matahotse, ry anakampela i Ziona; heteo, ingo tamy ty mpanjaka areo, naho miambesatse ambone ty
anam-birike eo."[16]Tsy niazo iareo mpianae rahao tamy ty voalohae; fa naho fa nimeam-bolonahitse ty Jesosy, le tiahy
iareo fa voasoratse momba Aze o raha ao naho le fa natao iareo tamae ka.[17]iareo maro nindre amae tamy ty nikanjiae i
Lazarosy hiakatse lonakey naho tamy nampitsangañe aze tamy havilasy e le sambe nitsangañe ho voavolombeloñe aby.
[18]Le izay ty foto ty nahavy iareo maro hiakatse hanalaka Aze, satria rey iereo fa nanao ze famantarañe zay Reke. [19]Iareo
Fariseo ka nifamisavisa te ie: "Hateo, ndra inoñino tsy atao areo; hehake, mañorike Aze aby ty ndaty toy."[20]Le nisy Grika
tsy ampe ampe ka niakatse hidera amy ty firavoravoañe.[21] Nimbamy i Filipo eo iareo, boake e Betsaida e Galilia añe, le
nañontane aze, nanao ty hoe: "O aba, mba te hahatrea i Jesosy zahay." [22]Le nandeha ty Filipo nirehake amy Andrea; le
nindre amy Filipo ty Andrea, naho le nitalily amy Jesosy iareo.[23]ty hoe navale Jesosy iareo te ie: "Fa avy ty andro
hañomeam-boninahitse ty tirin'olombeloñe. [24]Ambarako anareo, fa naho tsy poke amy ty tane ventem-bareo le mate, le
mitoetse amy teñae irerike; fa naho mate zay, le hamoa bey.[25]Ze mitare ty fiaie le ho rereke, fa ie tsy mitare ty fiaie amy
kila raha ka, le hitañe aze amy ty fiaiñane mandrakezay.[26] Naho misy manompo Ahy, andono reke hañorike Ahy; naho ze
hitobeako, le ao ka ro hitobea ze mpanompoko ka. Naho misy mañorike Ahy, le hañomey volonahitse ty Rae.[27]Henane zao
le mangorohoro ty fañahiko ino koa ty ho tsaraeko vao? "Aba, rombaho amy ty lera toy Raho? Mone izao, izay ty foto ty
niaviako amo andro zao.[28] Aba, asandrato ty tahinao." Ie niavy eo le nisy feo hirike an-dañitse nanozañe aze te ie: "Fa
nasandrako naho toe le mbe hasandrako indraike."[29] Iareo maro nitsangañe eo naharey aze le nivolañe fa nisy hotroke ty
teo. Tiilae nivolañe te ie: "Nisy anjely nisaontsy ama e."[30]Le namale ty Jesosy naho nisaontsy te: "Ze feo zay le tsy avy ho
Ahiko fa ho anareo. [31]Avy henaneo ty fitsarañe ze kila raha: Naho le ho roaheñe ty mpanampake ze hene raha.[32]Naho fa
hasandratse hisintake ty tane toy Raho, le hitaoñe anreo kiraike hañorike Ahy." [33]Nisaontsy izay Reke mba hanoroae te ie
karan-kavilasy manao akore ro hahavilasy Aze.[34]I maroy le nanoiñe Aze te ie: "Nirey ay tamy ty lily fa Kristy le hijanoñe
mandrakezay. Akore ty ahaia areo mivolañe te ie: "Mahay tsy hasandratse ty tirin' Olombeloñe? Ia o tirin' Olombeloñe eo?
[35] Le nitsara Amy iareo ty Jesosy te: "Ty hazavañe le mboe hindre ama areo añate ty andro boribory. Mandenà amy ie mbe
manan-kazavañe eo, mba tsy hialohà ty maieñe anareo. Ze handeha amy ty maieñe le tsy nahafantatse ty lalan-kombae.[36]
Naho mbe manan-kazavañe nareo, le minoa ze mba ho ana ty mazava. Nisaontsy ze raha izay ty Jesosy ie niavy eo le tsy
nitrea naho nietake aze iareo.[37]Ndre ie nanao famantarañe maro miatreke iareo ty Jesosy, le mbe tsy nino iareo mba[38]
hilefesa ty toky ty mpitoky Isaia, nañambara te ie: "Rañandria, ia ro nino ty talily ay, navaho ia ro hanoroañe ty fañova i
Andriatompo?"[39]Le izay avao ty foto ty tsy ninoa iareo, nanahake ty nambara Isaia te ie: [40]"Nigoa e ty maso iareo, naho le
nihamafese e ty arofoe; mifamotetse amy zay iareo le te hahatrea amy ty maso e naho le hahazo amy ty fo e, le hitolike,
naho Izaho ro hampijangañe iareo."[41]Nisaontsy ze raha izay ty Isaia fa vazoho e ty volonahy i Jeosy naho le ty momba Aze
ro nisaontsie e.[42] Fe ie ndra izay, le maro amy iareo mpandily ro nino i Jeosy; fa noho iareo Fariseo le tsy hasosoke izay
iareo mba tsy voasakañe amy ty Synagoga ao. [43]Ikokoa iareo ty fiderañe hirike ama ondaty mandako ty fiderañe boake
aman' Andrianañahare[44]Nikoike mafe ty Jesosy naho le nisaontsy te ie: "Ze raike mino Ahy, le ko ty vatako irerike fa ao ka
ie nañirake Ahy,[45] ara ze mahatrea Ahy le mahatrea ty nañirake Ahy.[46]Niavy manahake ty mazava amy ty tane toy eto
Raho, mba tsy hiroñe amy ty maieñe ze mino Ahy. [47]Naho misy mitsañe ty saontsiko fe tsy miambeñe aze, le tsy hitsara
aze Raho, satria tsy avy hitsara ze kila tane Raho fa hañavotse aze.[48]Ze mandietse Ahy naho tsy hitsanoñe tsy saontsiko, le
manañe ty hitsara aze. Trasa nataliliko oy ro hitsara aze amy ty andro farae. [49]Fa mivolañe ho Ahy o Aho, fa ty Rae
nañirake Ahy, ze nañomey ahy ty lily amy ze hambara e naho havolily.[50] Fantako fa ty lily e le ty fiaiñane mandrakezay, fa
ze ataliko le ambarako manahake ty navolily ty Rae Ahy."

## 13

[1]Amy ty andro miaolo ty firavoravoañe Paska. Ony i Jesosy fa tomotse ty andro hiala e amy ty tane toy holia e amy Rae
añe. Naho fa nitea ze mpindre-lia tamae antane etoy Reke, le nikokoa e hatra ampara' e. [2]Naho andriabolisy le fa
nampipoke izao an-tsay i Jodasy Iskariota ana I Simona ao, mba hifotera e Jesosy.[3]À Ie le fa nahafohiñe fa ze kila raha le fa

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

napetra ty Rae ampità eo fa Ie boake amin' Andrianañahare naho le mbe hihereñe amin' Andrianañahare añe.[4]
Nitsangañe Reke te amy fikamañey ao naho le nanlolie sarimboe ambone ey. [5]Ie niavy eo nangalake lamba hafa naho le
nisafoe. Nañiliñe rano ampo siny ao amizao Reke le nanomboke nanasa ty tombo iareo mpianae naho le namotse aze
tamy lamba nisafoe ey.[6]Nimbamy i Simona Petera eo Reke, naho le tihoe ty natao Peters amae te ie: "Rañandria, le Ihe vao
ro hanasa ty tomboko? [7]Le ty hoe ty navale Jesosy aze te ie: "Ze ataoko vao le mbe tsy ho haio aby ty antoe, fe ie mbe ho
fantao avao naho afara añe." [8]Izao natao Petera ama e te ie: "Tsy zo fañovao zao ro hanasa ty tomboko." Izao ty navale
Jesosy aze: "À naho tsy Izaho ro hanasa ty tombo o, le tsy hanañe anjara Amako ato rehe."[9] Le ty hoe ty natao Simona
Petera ama e: "Rañandria, a tsy ty tomboko avao areke ro sasañe, ndra ty tañako naho ty lohako aby."[10]Le tihoe ty natao
Jesosy ama e te ie: "Ze fa niandro tsy mbe hipay izay, naho tsy ze manasa ty tomboe avao, fa ie le fa malio vatae; ihe nio
madio, fa tsy ie aby nio koahe."[11] (Mone izao fa arofana i Jesosy te ie hisy hifotetse Aze; izay ro nahavy Aze hisaontsy ty
hoekey: "Tsy nareo aby ro malio.")[12]À naho fa niavy nanasa ty tombo iareo t'i Jesosy le nalae'e indraike sarimboe ey naho
le niambesatse, le tihoe ty Natao e amy iareo: "Fantaareo vao ty Nataoko anareo? [13]Manao "Rañandria" naho
"Mpañanatse" Ahiko nareo, naho toe le tò ty nambara areo, fa toe izay vatae Raho.[14] Fa ie naho Izaho, Rañandria ro
Mpañanatse, ro manasa ty tombo areo, le inareo ka tokoe hifanasa tomboke.[15] Fa nañomey fañoharañe ho anareo Raho le
tokoe hitsokombe ze nataoko areo ka nareo.[16]Ambarako anareo, fa ty mpanompo le tsy bey mandako ty tompoe e; naho ze
mpinday hafatse le tsy bey mandako nañirake aze ey. [17]Naho fanta'areo ze raha zay, le ho tahieñe nareo naho mandefe
aze. [18]Tsy nareo iaby ro tsaraeko; haiko ze ny nifalieko---- fa izay le mba hilefesa ty Soratse Masiñe te ie: "Ze mihinañe ty
mofoko le hizonjo ty tomie le hifotse Ahiko."[19]Ambarako nareo amy hinaneo zao miaolo ty hisia e, le mete hino nareo fa
Izaho ro Ie. [20]Le ataliliko, fa ze mandrae ty niraheko, le mandrae Ahy, ara ze mandrae Ahy, le mandrae ty nañirake Ahy.
[21]Naho fa nisaontsy izay ty Jesosy, le nihitikitike ty fañahie. Nitalily Reke naho le nisaontsy te ie: "Ambarako anreo nio, fa
tsy raike amareo le hifotse Ahiko."[22] Nifañete iareo mpianatse, nañonatane teña te ie ia koahe saontsie eo.[23]Nisy raike
tamy mpiana eo, ny tea i Jesosy, nipetrake amy tabatse añila i Jesosy eo. [24] Niharinea Simona Petera reke naho le nirehafae
te ie: "Añontaneo Aze te ie ia o saontsie eo."[25] Nihereñe niato amy Jesosy reke naho le nirehake amae te ie: "Ia izao,
Rañandria?"[26]Ie niavy eo le tihoe navale Jesosy aze te ie: "Ze raike hampijone navaho ho meiko aze ty mofo toy ro ie." À
naho fa nalò e mofoy, le i Jodasy ana i Simona Iskariota ro nitolorae aze. [27]Naho fa tafara mofoy, le nimoaha andriabolisy
amizao ty, le tihoe ty natao Jesosy ama e te ie: "Anò tsiela ,ze raha hatao'o."[28]Tamizay le ndra iareo an-databatse eo tsy nisy
naharendreke ty foto ty nisaotsia Jesosy izay. [29]Ty ilae nivetsevetse te ie, Jodasy nanjitse fisiam-bolay, ro nisaontsia i Jesosy
amae te ie: "Vilio ze hene raha paiantika amy ty firavoravoañe," ndra ie tokoe hanolo-draha hoe ze tsy manañe reke.[30] À
naho fa niavy nadrae mofo oy ty Jodasy, le nandeha niakatse. Haleñe iandroy tamy io.[31]Naho fa niakatse ty Jodasy, le tihoe
ty natao Jesosy: "Amy ie henaneo le ho meam-bolonahitse ty tirin'Olombeloñe, naho le ho meam-bolonahitse Amao ka ty
Andrianañahare.[32] Hañomey volonahitse Aze am-batae ty Andrianañahare, Ie ka le hañomey volonahitse Aze lahatañe.[33]
Nareo ajaja, fa tomotse andro hiharoako amareo. Ho paia areo Raho, manahake ty nambarako tamy Jiosy io te ie: "Ze ho
mbàko, tsy ho azo areo andenà." Naho le mbe ahereko amareo ty anito.[34]Lily vaovao ro meiko anareo, le ty hifankateva
areo; manahake ty ny hateako anareo, ro hifampikokoa areo ka.[35] Amizay ro hahafantara ty maro fa mpianako nareo,
naho minkatea nareo."[36]Izao ty natao Simona Petera ama e: "Rañandria, hañavelo mbaia Iheo?" Izao ty navale Jesosy: "Ze
ombako, tsy hañoriha areo Ahy henaneo, fa mbe horihe areo naho fa afara añe." [37]Le tihoe ty natao Petera ama e te:
"Rañandria, nañinoñe o aho ie le tsy hañorike Azo? Foeko ho Azo ty vatako".[38] Le vinale Jesosy te ie: "Foeo ho Ahiko ty
teñao? ambarako azo nio, fa mbe tsy mikekeo avao ty akoho te anito te fa in-telo hanao jebe rehe."

# 14

[1]"Ko engañe hitititike ty fo areo. Mino an' Andrianañahare nareo, le minoa Ahy ka.[2] Misy efetse lako ty añanjomba
Ndraeko ao. Naho toe tsy izay, le fa nitalily ama areo Raho, fa hamboatse toerañe ho anareo. [3]Naho handeha Raho
hamboatse toerañe ho anareo, le hihereñe indraike Raho naho le handrae anareo Amako ato, le ze misy Ahy hisy anareo
ka.[4]Inareo mahafantatse ze hombako."[5] Le tihoe ty natao Tomasy amy Jesosy te ie: "Rañandria, le amoa ay ty hombao,
akore ty hahafantara ay ty lala e?[6] Izao ty natao Jesosy: "Izaho ro lalañe, vantañe, naho fiaiñane; tsy misy miharine ty Rae
naho tsy amy ty alalako.[7] Naho nahafantatse Ahy nareo, le mahay tsy hahafantatse ty Raeko ka. Mamototse amizao le
fanta areo Reke naho le fa nitrea areo ka."[8]Izao ty natao i Filipo amy Jesosy: "Mpañanatse, atorò anay ty Rae, le ampe ho
anay zay."[9] Izao ty natao Jesosy: "O Filipo, ty haela ty nindrezako ama areo vao le mbe tsy fanta areo avao Raho? Ndra ia
ia nahatrea Ahy le mahatrea ty Raeko. Akore ahavania areo mirehake te: 'Atoro anay ty Rae'?[10]Tsy mino vao nareo amy ty
Rae ao Raho naho le Amamako ka ty Rae? Ze tsara nataliliko anareo le tsy ambarako boake amy ty fahefako irery, fa ty
Rae veloñe Amako ato ro manao ty asa e. [11]Minoa Ahy fa Izaho le amy ty Rae ao, navaho Amako ato ka ty Rae, naho tsy
mino izay le minoa Amy ze asa manokañe.[12]Ambarako anareo, fa ze mino Ahy le hanao ze asa nataoko, navaho hanao asa
bey mandako io reke fa Izaho ho amy ty Rae añe.[13] Ndra inoñino angatahe areo amy ty Añarako, le ho vitaeko zay mba
hañomeam-bolonahitse ty Rae amy Anake ao. [14]Naho mangatake raha amy ty Añarako nareo, le ho vitaeko zay.[15]Naho tea
Ahy nareo, le hiambeñe ze liliko,[16] naho le hivavake amy ty Rae Raho, le hañomey anareo Mpampatamjake hafa Reke mba
ho amareo eo lomoñandro ie--- [17]Fañahy fahamareñañe. Tsy handrae Aze ze kila tane fa tsy mahatrea navaho tsy
mahafantatse Aze. Fa inareo ka mahafantatse Aze, fa mitoetse miharo amareo Reke naho le ho ampiaiareo ao.[18]Tsy
hañenga anareo irerike Raho; mbe hibalike amareo atoy Raho. [19]Afake andro tsy ampe ampe le tsy hahatrea Ahy in-tsasa
ze kila raha, fa inareo matrea Ahy. Satria veloñe Raho, le ho veloñe ka nareo. [20]Naho amy ze andro zay le ho fanta areo fa

amy ty Raeko ao Raho, navaho nareo ka Amako ato, le Izaho amareo ao.[21]Ze manañe ty liliko naho le miambeñe aze le ie
ro tea Ahy, naho ze tea Ahy le ho tea ty Raeko ka, le Izaho ka hikoko aze navaho hiboake amareo." [22]Izao ty natao Jodasy
(tsy Iskariota) tamy Jesosy te ie: "Rañandria, nañinoñe Iheo ie hiboake amay va tsy miboake amy zao tontolo zao o?"[23]Izao
ty navale Jesosy naho le nisaontsy te: "Naho misy ndaty tea Ahy, le hiambeñe ty saontsiko reke. Hikokoan-dRaeko reke,
navaho ho avy ama e Zahay le hamboatse ty fitoera ay mindre amae.[24] Fa ze tsy tea Ahy le tsy hiambeñe ty tsarako. Ze
saontsy rey areo le tsy hirike Amako fa boake amy ty Rae nañirake Ahy.[25]Fa natililiko ama areo ze raha zay, tamy t' Izaho
mbe nijanoñe nindre amareo. [26]Fe ie, Mpampatamjake--- ie Fañahy Masiñe, hirahe ty Rae amy ty añarako_ ie ty
hampianatse anareo ze kila raha navaho hampatiahy ze hene raha natililiko ama areo. [27]Fiadanañe ro hengako ho
anareo; omeiko anareo ty fiadanako. Tsy meiko manahake ty fañomezañe ze kila raha zay. Ko engañe hitititike ty fo areo,
naho le ko matahotse.[28]Fa nirey areo Raho nitsara amareo te ie: "Handeha Raho, naho le mbe hibalike amareo añe
indraike, le tokoe ho falefale fa hiheo amy ty Rae añe Raho, satria bey mandako Ahiko ty Rae.[29] Naho le natililiko anareo
amy ie mbe miboake eo, mba hino nareo, naho fa miboake reke.[30] Tsy hitsara maro amareo in-tsasa Raho, fa ho avy ty
mpanampake ze tontolo zao. Tsy manam-pahefañe Amako reke,[31] fa mba hahafantara ze kila raha fa teako ty Rae, le
atako manahake ty nandilia ty Rae Ahy. Handeha nitsangañe tika naho le hihalavitse ty eto."

## 15

[1]"Izaho ro teñam-boaloboke, Raeko ro mpampole. [2]Afahae Amako etoy ze hene rantsae tsy momoa, naho le rantsañe e ty
tahoe tsy mamoa mba hisia e voa e tsiefa.[3]Fa malio nareo naho ty añama ty hafatse ze natililiko tama areo. [4]Mitoera
Amako ato, naho le hitoetse ama areo ao ka Raho. Manahake ty tahoe tsy mamoa ambatae naho tsy ze mitoetse ampo ty
voaloboke ao, le manahake izay ka ty atao areo, naho tsy mitoetse Amako ato.[5]zaho ro voaloboke, inareo ro rantsae. Ze
mitoetse Amako ato naho le hitoetse ama e ao ka Raho, le ho vokatse bey reke, fa naho tsy Ahy le ndra inoñino tsy ho vita
areo. [6]Naho misy ndaty tsy mitoetse Amako ato, le hariañe manahake ty rantsae reke naho le halazo, naho le iareo ro
mamory ze rantsae naho le hañary aze añate ty afo, le ho forototo.[7] Naho mitoetse Amako ato nareo, naho le hitoetse ama
areo ao ty saontsiko, angataho areo ze hene raha iriereo, le ho meiñe anareo.[8]Nimeam-bolonahitse henaneo ty Raeko, le
ty hahavokara areo voa tsiefa ro famantarañe fa mpianako nareo. [9]Manahake ty niteavan-dRaeko Ahy, ro iteavako
anareo. Mitoera añate ty hateako ao.[10]Naho miambeñe ty liliko nareo, le hitoetse ama areo ao ty hateako, manahake ty
niambenako ty lilin-dRaeko naho ty nitoerako amy ty hatea ao. [11]Natililiko anareo ze raha zay mba ho ama areo ao ty
fifaleako naho le mba ho feno fifaleañe nareo.[12]Izao ty liliko, le ty hifankateava areo manahake ty nikokoako anareo.[13] Tsy
misy manan-katea bey mandako Ahy, le hitolo-batañe hoe ze longo e.[14]Ara le ho mpirañetse tika naho manao ze raha
andiliako anareo nareo. [15]Tsy ho mpanompo in-tsasa ro hitokavako anareo, satria ty mpanompo le tsy mahafantatse ze
atao ty tompo e. Nitoka anareo ho rañetse Raho, satria ze hene raha nireiko aman-dRaeko, le nampahafantareko anareo.
[16]Tsy nijiboñe Ahy nareo, fa Izaho ro nijiboñe anareo naho nanondro anareo mba handeha naho le hamoa, naho le toeke
mba hitoetse ze voaka areo. Natao zao fa ndra inoñino angataheareo amy ty Rae naho ty Amako, le homey anareo. [17]Ze
raha zay ro andiliako anareo mba hifankateava areo.[18]Naho malaiñe anareo ze kila tane, fantaro fa nalaiñe Ahy reke
taolo ty hihejea e anareo. [19]Naho avy amy ze kila raha nareo, le nikokoa iareo manahake aze nareo. Satria tsy ey ze kila
tane nareo naho toe le jinoboko hihalavitse ze kila raha, naho le ho halaiñe anareo ty zao tontolo zao.[20]Tiahivo tsara
natililiko anareo oy te ie: "Ty mpanompo tsy bey mandako ty tompo e. 'Naho nalaiñe Ahy iareo, le halaiñe anareo ka; ara
naho miambeñe ty tsarako iareo, le hiambeñe ty anareo ka. [21]Hatao iareo amareo ze raha zay noho Añarako, satria tsy
fanta iareo te ia ty nañirake Ahy.[22] Naho tsy niavy hitalily amy iareo Raho, le tsy ho niota iareo, fa tsy afaka hiala amy ty
hakeo iareo te anito.[23]Ze malaiñe Ahy le halaiñe ty Raeko ka. [24] Naho tsy nahavita ze asa tsy natao ty hafa am-pañivoa
iareo eo Raho, le tsy nanan-kakaeo iareo, fa trea naho heje e Izaho henaneo navaho ty Raeko.[25] Fa izay le mba hilefesa ty
saontsy voasoratse añate lily iareo te ie: "Tsy misy foto e ty falaiñe iareo Ahy.[26]À nahao ho avy ie mpampatanjake ---
hiraheko ama areo boake amy ty Rae añe, ie, Fañahy fahamareñañe, boake amy ty Rae--- le hitalily ty momba Ahy Reke.[27]
Le nareo ty ho voavolombeloñe satria inareo fa nindre Amako boake amboaloha e.

## 16

[1]"Natililiko anareo ze hene raha mba tsy hilosora areo. Hafaha iareo tsy amy Synagoga nareo. [2]Fa avy ty andro fa naho
nivetsevetse ze raha hamono anareo iareo le hañomey raha fanjaka ho an' Andrianañahare.[3]Ho atao iareo zay satria tsy
mahafantatse ty Rae iareo ndra Izaho zao fantae. Natililiko anareo ze raha zay mba naho fa avy ty fotoa iareo, le ho tiahy
areo fa fanambarako anareo ty momba aze.[4] Tsy nambarako anareo laha tamboaloha e ze raha zay, fa mboe tama areo
eto Raho.[5]Fa henaneo le hiheo amy nañirake Ahy añe raho te anito, fe nareo mbe tsy nisy nañontane Ahy te ie: "Handeha
aia o Aho?" [6]Satria fa namboarañe anareo ze raha zay, le alahelo ro nameno ty fo areo. [7]Fa ambarako anareo, hanao soa
ho anareo ty handehanako. Satria naho tsy handeha Raho, le tsy hoavy amareo ty hery mampatanjake, fa naho mandeha
Raho, le handefa aze ho ama areo.[8]À naho fa avy reke, le ho profoe amy kila raha ty hadisoañe momba ty hakeo, ty
fahamareñañe, naho ty fitsarañe--- [9]momba ty fahotañe ty hery mampatanjake, satria mino Aze iareo;[10] momba ty
hamareñañe, fa holy Amy ty Rae añe Raho, naho le tsy ho trea areo in-tsasa; [11]naho ty momba ty fitsarañe, satria ty
mpandily ze kila raha ro hotsaraeko.[12]Manan-draha lako hambara amareo Raho, fe tsy ho azo areo ty dikae.[13] Fe ie, naho
fa avy ie, Fañahim-pahamareñañe, le hitarike anareo ho amy ze raha mareñe aby, satria tsy volañe ambatae reke. Fa
hañambara ze raha nirey e, naho hitalily amareo ze raha ho avy zay.[14] Hañomey volonahitse Ahy reke, satria hirike

Amako avao ro hambarae ama areo.[15]Ze hene raha anaña ty Rae le Ahy. Manao izay, hirehake Raho fa ty Fañahy
hangalake amizay Ahy naho le hitalily aze ama areo. [16]Vita fotoañe tsy ampe le tsy hahatrea Any in-tsasa nareo, naho le
vita fotoañe tsy ampe hafa ka le hahatrea Ahy indraike nareo."[17]Nifampirehake amizao tilae amo mpianae eo te ie: "Ino ze
raha tsarae e amantika zay te ie: 'vita andro tsy ampe le tsy ho trea areo in-tsasa Raho naho le vita andro tsy ampe hafa
ka le ho trea areo indraike Raho,' navaho tihoekey te: 'satria ho amy ty Rae añe Raho? [18]Manao izay le tihoe ty natao iareo:
"Ino koa raha saontsie eo te ie :vita andro tsy ampe vao?' Le amoa ay vate nio ze teao ho tsaraeñe."[19]Ony Jesosy nio te fa te
hañontane Aze iareo, le tihoe ty natao e: "Izaho vao o añontanea areo teña ao, le ty fitsakorea rehake ty hoe key te: "Vita
andro tsy ampe le tsy hahatrea Ahy in-tsasa nareo, navaho vita andro tsy ampe hahatrea Ahy indraike nareo'?
[20]Ambarako anareo, fa hitañy nareo naho le hitaraiñe, fe ie le ho fale aby ty ze kila tane. Le ho boseke nareo, fe ie hanjare
hafaleañe ze haboseha areo zay.[21] Naho fa mihetseke anake ty ampela raike le himoremoretse reke fa avy ty andro e, fa
naho samake ka ajajay, le ho tsy tsiaroe in-tsasa ty habosehae te izay hafalea fa nisy ajaja samake ty antane etoy.[22]Le ho
boseke nareo te anito, fe ie mbe hifankatrea amareo indraike Raho, naho le ho fale ty fo areo, naho le tsy hisy hañinje
anareo amy ty hafalea areo.[23] Amy ze andro zay le tsy hangatake ndra inoñino Amako nareo. Ambarako anareo, fa naho
mangatake ndra inoñino amy ty Rae nareo amy ty añarako, le homey anareo. [24]Fe ie hatra amizao mboe lia areo ho
nangatake ndra inoñino amy ty añarako. Mangantahà nareo, le ho meañe mba hifale areo.[25]Fa nambarako anareo tamy ty
fañoharañe ze raha zay, fa avy ty fotoañe tsy hirehafako fañoharañe amareo in-tsasa, fe ie hañambara amareo soa ty
momba ty Rae.[26]Amy ze andro zay le hangatake amy ty añarako nareo naho le tsy hataliliko anareo te ie hivavake ho
anareo amy ty Rae Raho,[27] fa le ty Rae ro tea anareo satria nikokoa areo Raho naho le ninoa areo. [28]Fa hirike amy ty Rae
Raho, naho le niavy antane etoy. Fa hañenga ty ze kila tane Raho naho le ho aman-dRaeko añe."[29]Izao ty natao mpianae eo
amae te ie: "Heteo, fa nisaontsy mazava soa Rehe te anito naho tsy nanao fañoharañe.[30] Fanta ay henaneo fa fantao aby ze
kila raha, naho le tsy misy teao hañontane Azo . Manao izay, le mino zahay fa boake aman' Andrianañahare Rehe."[31] Le ty
tihoe ty navale Jesosy iareo: "Mino nareo henaneo?[32]Hehake, avy ty fotoañe, ein ein, avy vatae nio, à naho fa hibaratsiake
kiraidraike nareo, le sambe hamonje ty traño e aby, le hengà areo irery eto Raho. Fe ie tsy irerike Raho fa mindre amy ty
Rae.[33] Fa nambarako anareo anio ze raha zay mba hiadana areo Amako ato. Miatreke anareo eto ze kila raha, fe ie le
mihamafea: fa zo vatako zao le fa nandresy ze kila tane."

17 [1]À naho fa boake nisaontsy ze raha zay ty Jesosy, le niandrandra niañambone Reke le tihoe ty natao e: "Aba, avy ty
andro, asandrato ty Anao mba hanandrata e Azo ka_[2] manahake ty nañomezao Ahy fahefañe ambone ze mofo aby
mañomea fiaiñane mandrakezay ho ey ze kila ndaty nimeao Aze.[3]Izao ro fiaiñane mandrakezay: le ty hahafantara iareo
Azo, ie Andrianañahare tokañe naho mareñe, naho le niraheo Reke, le Jesosy Kristy.[4] Nanandratse Azo Raho te antane
etoy. Fa vitako ty asa nampanoe o Ahy. [5]Androany, Aba Mamy, le asandrato mindre amao Raho amy volonahitse fa
nanañako nindre amao taloha ty namboarañe ze kila raha.[6]Nampahafantatse ty tahinao tamy ze ndaty nimeao Ahy aby
Raho amy ze kila tane. Azo irery, naho le nimey o Ahy, navaho le niambenae ty saontsy o.[7] Fantaiareo henaneo fa nimeio
Ahy ze kila raha, naho le boake Amao,[8] le nimeiko iareo ka za saontsy nimeio Ahy. Toe le rinae iareo ka io naho le nifatae
fa boake Amao vatae Raho, le nino iareo fa Ihe ro nañirake Ahy.[9]Mivavake ho ey iareo Raho. Tsy mivavake ho ey ze kila
tane Raho fa mivavake ho ey iareo natolo o Ahy, noho ty maha Azo iareo. [10]Ze hene raha Ahy le Azo aby, navaho ze Azo le
Ahy ka, le izay ro hanandrata iareo Ahy. [11]Tsy amy ze kila tane in-tsasa Raho, fa o ndaty reo ro etoy, naho le miharine
anareo Raho. Aba Masiñe, tano amy ty tahinao nimeio Ahy iareo mba hiharo raike, manahake ty maha raike Antika.
[12]Tamy ty Izaho mboe tamy iareo eo, le nitañe aze iareo tamy ty tahinao, nimeio Ahy. Niaro iareo Raho, naho le tsy nisy
motso ndra raike, naho tsy ze fa ana ty motso avao, mba hilefesa ty Soratse Masiñe.[13] Naho le ho Amao añe Raho, fa
mañambara ze raha zay amy kila tane Raho mba hilefesa ty hafaleako amy iareo ao.[14] Fa nimeiko iareo ty saontsy o, naho
le iareo ro hasandra ty tane toy satria tsy hirike ama ze kila raha, manahake Ahy tsy ey ze kila raha.[15]Tsy mangatake
Amao amy ty hañafahao iareo amy ty tane toy Raho, fa ty mba hiarovao iareo amy ty raty.[16] Tsy ey zao tontolo zao iareo,
manaheke Ahy avao tsy ey zao tontolo zao ka.[17] Hamasiño amy ty fahamareñañe iareo. Fa ty saontsy o ro fahamareñañe.
[18]Manahake ty nañirahao Ahy ho amy ze kila raha, ro nañirahako iareo ho amy ze kila raha ka. [19]Fa noho ty hateako iareo
iareo no nañamasiñañe ty vata iareo amy ty fahamareñañe ka.[20]Tsy ho ey iareo ty vavahako, fa ho ey ze mino Ahy ka amy
ty alala ty reha iareo te ie [21]mba ho raike iareo aby, manahake ihe, Rae, Amako ato, naho le Amao ao ka Raho. Mivavake
Raho mba ho amantika ao ka iareo mba hinoa ze kila tane fa nañirake Ahy Rehe.[22]Ze volonahitse nimeio Ahy, le nimeiko
iareo ka, mba ho raike iareo, manahake ty maha raike Antika.[23] Amy iareo ao Raho, naho le Amako ato ka Rehe-- le ho
raike vatae iareo, mba ho fanta ze kila raha fa nañirake Ahy Rehe, naho nitea iareo manahake ty niteavao Ahy.[24]Aba, ze
nimeio Ahy le teako hindre Amako ndre mbaia mbaia ty misy Ahy, naho hahatrea ty volonahiko, le ty volonahitse nimeio
Ahy satria niteao Raho taolo ty namboarao ze kila raha.[25]Aba mamy, tsy nisy nahafantatse Azo ze kila tane, fa Izaho ro
nahafantatse Azo; naho le fanta iareo ka fa Ihe ty nañirake Ahy.[26] Navoliliko iareo ty tahinao, naho le mbe hambarako
iareo ka mba ho amy iareo ty hatea niteavao Ahy, naho le ho amy iareo ao Raho."

# 18

[1]Tafara ty nisaontsia i Jesosy ze tsara zay, le niakatse nindre amy mpianae eo Reke hiheo andafe riake e Kidrona ey, nisy
saka nidira e navaho mpianae eo.[2] Naho le fanta i Jodasy hifotetse Aze ey toerañeo, fa fañaveloa i Jesosy navaho mpianae
eo mateteke. [3]Ie niavy eo, le nitariha i Jodasy tafike miaramila navaho mpiamben-drarahara ilae boake amy ty lahibey ty


generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

mpisoroñe navaho Fariseo amizao, nadeha mbeo reketse fañilovam-panala navaho kobaim-pialiañe.[4]Ie niavy eo ty Jesosy,
toe fa fanahaaoniñe ty raha hisy Amae, niheo aloha ao naho le nañontane iareo te ie: "Ia o paia areo?" [5]Le ty hoe navale
iareo Aze te: "Jesosy boake e Nazareta." Naho le tihoe ty natao Jesosy tamy iareo te: "Intoan-draho." Jodasy, nifotetse Aze,
le nitsangañe nindre amy miaramila rey eo ka.[6]À naho fa niboake amy iareo Reke te ie: "Izaho ro Ie", le nihemotse iareo
naho le nitonta an-tane eo. [7]Ie niavy eo le mbe nañontane iareo indraike ty Jesosy te ie: "Ia paia areo?" Naho le mbe
nivolañe indraike iareo te: "Jesosy boake e Nazareta."[8]Izao ty navale i Jesosy te ie: "Fa nambarako anareo anio fa o Vatako
ro Ie. À naho mipay Ahy nareo, le adono toa handeha." [9]Izay le mba hifelesa ty saontsy nambara e te ie: "Iareo nimeio
Ahy, le tsy nisiako motso ndra raike."[10]Ie niavy eo ty Simona Petera, nana mesa, naàkae naho le natampae ty sofy
mpanompo mpisorombey havàna. [11]Malko ty añara mpanompo oy. Izao ty natao i Jesosy Petera te: "Aidiro antraño e ao
mesa oy. O vao tsy hikama ty kapoake nimein-dRaeko Ahy Raho?[12]Manao izay iareo miaramila navaho kapiteny, le iareo
mpiamben-drarahara ty Jiosy, le nitsepake i Jesosy naho le namahotse Aze.[13] Niente iareo mbamy i Anasy eo he Reke, fa ie
rafozan-dahy i Kaifa, mpisorombey tamy taoñe eo. [14]Naho Kaifa o nañomey fañahy iareo Jiosy te ndra aleo misy ndaty
raike mate ho eo fokonolo.[15]Niorihe i Simona Petera amizao ty Jesosy, naho le nanao hoe izay aby ka ty mpianae raike
hafa. Naho le nifanta mpisorombey ze mpianatse zay, le niditse nindre amy Jesosy ankiririsa mpisorombey ao ka reke;[16]
fa Petera le nitsangañe alafe lalambey ao avao. Manao izay mpianatse hafa raike, fanta mpisorombey, le niakatse naho le
nirehake amy mpanompo ampela mpiamben-dalambey naho le niday i Petera niditse.[17]Ie niavy eo ampela mpanompo,
mpiamben-dalambey, nirehake amy i Petera te ie: "Ihe ka vao tsy raike amy ty mpiana lahilahy io?" Le tihoe ty natao e te
ie: "Tsy ie raho." [18]Naho le nitsangañe eo iareo mpanompo navaho iareo mpiamben-drarahara, naho le nameloñ' afo
marindray iareo hamindroa e; fa manintsy iandroy. Nitsangañe nindre amy iareo ka are ty Petera naho le
namindro[19]Nañontane ty momba i Jesosy navaho ty fampianara e mpianae eo mpisorombey. [20]Izao ty navale Jesosy aze:
"Nitsara ampo ty maro amy ze kila tane Raho. Nampianatse lomoñandro e Synagoga navaho Añanjomba Nañahare Raho
nifampitaona ,e Jiosy aby. Tsy nisy nañambarako ankaloke.[21] Ino o añontaneao Ahy io? Añontaneo iareo nitsanoñe Ahy ty
momba ty raha nataliliko. Heteo, o ndaty henaneo le mafahantse ze raha nambarako iaby[22]Naho fa niavy nisaontsy izay
ty Jesosy, le nisy raike amo mpiamben-drarahara nitsangañe eo nanakapike i Jesosy naho le nivolañe te: "Izao vao ty toin-
drehake avale eo ty mpisorombey?"[23] Izao ty navale Jesosy aze te : "Naho diso ty nambarako, mitsangàna ho
voavolombeloñe amy ze diso, fe ie naho mareñe amà, ino ty foto ty anakapihao Ahy?"[24] Ie niavy eo ty Anasy namotsotse
Aze hifehe amy Kaifa mpisorombey añe.[25]À naho fa nitsangañe ty Petera le namindro. Le tihoe ty natao ndaty ama eo te :
"Tsy raike amo mpianae eo ka viheo? Nandietse reke naho le nivolañe te ie: "Tsy ie raho."[26] Raike ama ty mpanompo
mpisorombey, longo lahy tinampa Petera ty sofy 'ey, nirehake te: "Tsy Ihe vao nitreako nindre amae antsaka ao? [27]Naho le
mbe niliere Petera avao, le nikekeo ty akoho.[28]Ie niavy eo le tinantaly iareo boake amy Kaifa ao ty Jesosy hiheo añate rova
ao. Mbe maraindraim-bey tsikiake tamy zay, naho le tsy niditse ampo rova ao iareo mba tsy haloto fa hinanñe amy ty
Paska.[29] Naho le niakatse ama iareo amizao ty Pilato le nisaontsy te: "Hein ty anto ty indesa areo lahy io toy?" [30]Le namale
iareo naho le nivolañe te: "Naho tsy mpanao raty lahy io tsy natolo'ay azo."[31]Manao izay le nitsara ty Pilato te ie: "Ento
areo Reke, le zakao areo amy ze lily areo." Le tihoe ty natao iareo Jiosy amae te: " Tsy añate ty lily ay ty mañomey ndaty
ho vonoeñe."[32] Nitsara izay iareo mba hilefesa ty saontsy nambara Jesosy ty hoekey te karazan-kavilasy manao akore ro
hivilasia e.[33]Ie niavy eo le nimoake ampo rova ao ndraike ty Pilato naho le nitoka i Jesosy nañontanea e te: "Ihe vao
mpanjaka ty Jiosy io?" [34]Izao ty natoy Jesosy aze: "Mañontane amy ty vatao viheo, sa nisy ndaty hafa nivolañe amao ty
momba Ahy?" [35]Le tihoe ty natao Pilato: "Tsy Jiosy nio aho, sa tsy izay vao? O fokonolo o navaho lahibey ty mpisoroñe eo
nanolotse azo amako. Ino ty natao o?[36]Le namale ty Jesosy te: "Ty fanjakako le tsy boake amy ze kila raha. Fa naho mba
tañate ty zao tontolo zao ty fanjakako, le ho niaro Ahy mpanompoko mba tsy hanolorañe Ahy o Jiosy io. Fa henaneo ty
fanjakako le hirike etoy." [37]Ie niavy eo ty Pilato nitsara amae te: "Mpanjaka zane ihe henaneo?" Izao ty natoy Jesosy te:
"Ein mpanjaka Raho". Fa hikendre izay ro nisamahañe Ahy, navaho izay ty foto ty niaviako etoy, mba nitsangañe
voavolombeloñe amy ty fahamareñañe amy ze kila tane. Iareo aby ze amy ty fahamareñañe le mitsanoñe ty
feoko."[38]Nisaontsy amae ty Pilato te: "Ty manao akore mareñe eo?" Naho fa boake nitsara izay reke, le niake indraike naho
nisaontsy amy iareo Jiosy te: "Tsy treako ty foto ty hanazeañe lahy io.[39] Fa nareo manañe ty lily hamotsorako ndaty raiko
ho ama areo amy ty Paska. Manao izay zoto areo vao ty hamotsorako ama areo ty mpanjaka ty Jiosy?"[40] Ie niavy eo iareo
le nikorake mafe indraike naho le nivolañe te ie: "Tsy o lahy io, fa Barabasy." Mpangalatse o Barabasy io.

# 19

[1]Ie niavy eo le niente i Pilato ty Jesosy naho le jinerae.[2] Nandrandrañe satroke fatike iareo maramila. Nasatro iareo ty
añambone i Jesosy naho le nampañisie sarimbo volomparasy Reke. [3]Niharine Aze iareo naho le nivolañe te: "Salama, ty
mpanjaka ty Jiosy!" Naho le jinera iareo.[4]Ie niavy eo niakatse indraike ty Pilato naho le nisaontsy amy iareo te: "Ingo,
enteko ama areo alafe ato Reke mba hahafantara areo fa tsy treako ty foto ty hanazeañe Aze."[5] Le niakatse ty Jesosy,
nañisy fehe añambone fatikey navaho sarimbo volomparasy. Izao ty natao Pilato amay iareo: "Ingo, lahy io!" [6]À naho fa
nitrea iareo mpisoroñe navaho manambolonahitse ty Jesosy, le nikorake mafe iareo le nivolañe te: "Vonò reke, vonò
reke!" Le tihoe ty natao Pilato amy iareo te ie: "Alao areo Reke le vonò, fa tsy treako ty foto ty hamonoañe Aze."[7]Namale
iareo Jiosy te: "Manan-dily tika, naho le ampo ty lily ao le vonoañe ty fañevae fa manoñe ty vatae ho
Anak'Andrianañahare." [8]À naho fa nirey i Pilato hoe izao oy, le natahotse Reke,[9] le nizilike andampam-panjakañe ao
indraike reke naho le nañontane i Jesosy te : "Boakaia iheo?" Fe ie tsy nanoiñe ty Jesosy.[10]Ie niavy eo ty Pilato nitsara amae

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

te: "Tsy manan-kanoiñañe ahy viheo? Tsy fantao vao te ie manam-pahefañe hamotsorañe Azo raho, navaho fahefañe
hamonoañe Azo?"11 Namale aze ty Jesosy te ie: "Tsy manan-dily Amako rehe katao tsy nimeiñe azo hirike ambone añe zay.
Manao izay, ie nañomey Ahy azo le manankakeo bey vata e."12Amy ze toin-tsara zay, le nanao ze hahavotsotse Aze ty
Pilato, fe ie le nikorake mafe iareo Jiosy, nanao tihoe: "Naho ho votsorao lahy io, le tsy ho mpirañetse nareo amy Kaisara.
Ze manao ty vata e ho manjaka le mandietse i Kaisara."13 Naho naharey ty rehake hoe izao ty Pilato, le niday i Jesosy
niakatse naho le nampiambesare e amy ze seza fizakañe atao "lampivato" zay, fa amy ty rehake Hebreo reke le:
"Gabata."14Fa avy ty andro fiviñonañe amy ty Paska, tamy ty lera fa eneñe. Izao ty natao Pilato amy iareo Jiosy te: "Ingo,
itoy mpanjaka areo!"15 Nikorake mafe iareo te: "votsoro Reke, votsoro Reke, vonò Reke!" Izao ty natao Pilato tamy iareo te:
"Izaho vao ty fañeva ty hamono ty mpanjaka areo?" Namale iareo lahibey ty mpisoroñe te: "Tsy manañe mpanjaka naho
tsy Kaisara izahay."16 Ie niavy eo le vinotso Pilato hoe iareo amizao ty Jesosy ho vonoeñe.17Nalae iareo amizao ty Jesosy,
naho le niente iareo niakatse Reke, hinday ty hazonajale, ho amy zo toerañe atao: "tanen-karandoha," "Golgota" ty
tokavañe aze naho amy saontsy Hebreo.18 Añe ty mamonoa iareo Jesosy, navaho le nisy ajalahy roe lahy hafa ka nindre
amae, raike isae mbatia mbaroa, naho le ampañivoa iareo amizao ty Jesosy.19Le nanoratse famantarañe ka ty Pilato naho
napetae ambone hazonajale eo. Izao ty sorae te: "JESOSY BOAKE E NAZARETA, MPANJAKA TY JIOSY.20 Maro ty Jiosy
namaky aze famantarañe eo fa toe tsy lavitse tanañeo ka ty toerañe namonoañe i Jesosy. Le sinoratse amy ty rehake
Hebreo, Latina, navaho Grika o famantarañe eo.21Ie niavy eo le tihoe ty natao lahibey ty mpisoroñe ey amy Pilato te: "Tsy
sorateñe te ie: 'Mpanjaka ty Jiosy, fa anò tihoe: "Izaho ro mpanjaka ty Jiosy."22 Naho le nanoiñe ty Pilato te: "adonò ze
voasoratse le voasoratse."23Naho fa tinombo iareo miaramila ty Jesosy, le nalae iareo sarimboe ey, naho le zinara iareo
efatse, le sambe nanan-kiraikiraike aby iareo; Navaho iakanjoe ey ka. Naho le tsy nisy vitrae akanjo oy, fa tenoñe raike
avao. 24Ie niavy eo nifampirehake amizao iareo te: "Tsy riaten-tika toy, fa andao anoan-tika kizé hahatreavañe ze mahazo
aze." Nisy aby zao mba hilefesa ty Soratse Masiñe manao ty hoe te: "Hifanjarà iareo ty lambako naho le hanoa iareo kizé
ty akanjoko." Izay ro nanoe iareo maramila.25Nitsangañe añila hazonajale i Jesosy eo ty Rene e, roahavave e, Maria
tañanjomba i Klopa, navaho Maria Magdalena. 26À naho nahaoniñe an-dRene e navaho iareo mpianae tea e nitsangañe
añila Jesosy eo, le tihoe ty natao aman-dRene te: "Rampela, ingo, ty ana-dahio!"27 Ie niavy eo le izao ty natao amy iareo
mpianae te: "Ingo, reneareo!" Tamy ze lera zay le nalae mpianae rey ho amae añe Reke.28Tafara izay, naho fa nahafantatse
fa vita iaby ze raha naho mba hilefesa ty Soratse Masiñe, le izao ty natao i Jesosy: "Taliñeren-dRaho." 29 Naho le nisy
tavoara feno divay masiake nipetrake ty tamo toerañeo eo, le nisiaiareo divay masiake sipaonjy le nitohiza iareo hysopa
naho le napo iareo am-palie eo.30 Naho fa boake nikama vinaingitra ty Jesosy, le nanao izao te: " Fa vita." Naondre e ty
añambone e naho le nilañe ty arofo e.31Andro Masiñe tamizay, naho le tsy najanoñe an-kazonajale ey amy ty andro sabata
(satria ty sabata le andro mana ty lanjae manokañe) ty fañova iareo, fa nihalale amy Pilato amizao iareo Jiosy, mba
hanampahañe ty fandia iareo naho le hañafahañe iareo. 32Ie niavy eo nimbamy raike voalohae ey eo amizao iareo
maramila naho le nanampake ty tomboe navaho nanampake faha roe nidre vonoañe amy Jesosy. 33À naho fa niharine
Jesosy iareo, le te ie fa vilasy ro trea iareo, naho le tsy tanampa iareo ty fandia e.34Fe ie, nisy maramila raike nitomboke
lefoñe ty vavan'arofo e, naho rano navaho lio ty niakatse hirike ao.35 Iraike nahatrea aze ey le nitsangañe ho
voavolombeloñe, naho toe le nitò ty fañambarae. Fantae fa mareñe ty rinehae mba hinoa iareo ka.36Fa ze raha zay ro nisy
mba hilefesa ty Soratse Masiñe te ie: "Ndra raike tsy hisy ho tampake ty taola e."37 Naho le mboe, misy Soratse Masiñe ilae
ka mañambara te: " Iareo le hañente ty nitomboha iareo Aze lefoñe38Tafara ze raha zay iareo, Josefa boake Arimatia,
namototse amy ty naha mpiana i Jesosy aze ( fa tamy ty mangike naho ty fatahorañe iareo Jiosy), nañotanea i Pilato reke
te ie ho afake mangalake ty fañova i Jesosy reke. Vinotso Pilato reke.39 Naho le niavy ty Josefa nangalake ty fañovae. Niavy
añe ka ty Nikodemosy, ie ty niavy aolo hañete i Jesosy amy ty hariva iñe. Naho le ninday solimañitse navaho vahoñe reke,
vae zato lintatse eo ty fatra e.40Le nalae iareo ty fañova i Jesosy naho le finehe iareo amy ty sarimbo navaho raha mañitse,
arake ty fomba fandeveña ty Jiosy.41 Naho le saka tamy toerañe namonoañe Aze; le nisy lonake mboe vao tsy
nandevañañe ndaty zay ty teo.42 Satria andro fiomana iareo Jiosy tamy io naho toe le marine lonake ka, le tao ty
nandeveña iareo ty fañova i Jesosy.

20 1Mbe maraindray tsiake ty andro voaloha ty hereñandro avao, naho mbe maieñe ey, le niheo andonake añe ty ry
Maria Magdalenina aheo iareo naho le fa nivariñe lavitse lonakey vato bey pisake firindrie ey. 2Naho le nibalike iareo
nibamy Simona Petera navaho mpianatse ilae tea i Jesosy eo, naho le nanao tihoe amy iareo te: "Nalae iareo andonake ao
volamenay, naho le tsy fanta ay ty nisia iareo Aze."3Ie niavy eo le niakatse ty Petera navaho ty mpianatse ilae, naho le
niheo andonake añe iareo.4 Sambe nilay aby iareo, naho le nengà mpianatse ilae ey tsiela ty Petera naho le ie ty niavy
andonake ey aolo.5 Ie niavy eo le niondreke reke, naho le saribo nipetrake eo ro nitalake e, fa mboe tsy nizilike ao reke.
6Niavy afara amizao ty Simona Petera naho le niditse ampo lonake ao. Aheo e naho sarimboy7 navaho sarimbo natao
añambone ey ro nipetrake eo. Tsy niraho dòñe amy sarimboy anio reke fa nivaloñe avao amy ty nisy aze.8Ie niavy eo
mpianatse ilae raike, niavy aolo an-donakey, le niditse ampo ao ka, naho le nahatrea le nino reke.9 Fa hatra amo andro
iareo le tsy mboe nahafantatse ty Soratse Masiñe avao te ie mahay tsy hivañombeloñe Reke.10 Naho le nibalike antraño
añe indraike iareo mpianae.11Fa Maria le nitsangañe alafe lonakey ao avao naho le niharovotse. Naho mbe niharovotse
avao reke, le niondreke andonake eo. 12Nahaoniñe anjely roe mañisy sarimbo foty miambesatse reke, ny raike
tantondohañe eo, le ty raike tantimpaheñeo tamy ty nañisiañe ty fañova Jesosy.13 Le tihoe ty natao iareo amae te: "O ene,
inoñe mampitañy azo?" Izao ty natao amy iareo te: "Nindese iareo volamenay, naho le tsy fanta' ay ty nisia iareo

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

Aze."[14]Naho fa avy nirehake izay reke, le nitolike aheo naho Jesosy ro nitsangañe eo, fe ie le amoae anio te ie Jesosy o eo.[15] Izao ty natao Jesosy amae te ie: "O ene, ino itañia o?" Ia o vazohoe o? Atao ho mpiambeñe eo avao Reke, le tihoe ty natao e te: "O aba, naho Ihe ro nangalake Aze, le ambarao ahiko ty nisia o Aze, fa halaeko añe Reke."[16]Izao ty natao Jesosy amae: "Maria." Nitolike reke, naho le nirehake amae amy ty saontsy Hebreo te: "Rabôny" ("Mpañanatse" ty dikae)[17] Izao ty natao i Jesosy aze te: "Ko tsapaen-dRaho, fa mboe tsy niakatse aman-dRaeko añe Raho, akia mandehàna amy iareo rahalahiko añe le rehafo amiareo te hiheo aman-dRaeko añe navaho Rae areo añe Raho, Andriananañahareko navaho Andriananañahare areo."[18] Le niavotse Maria Magdalenina naho le nitsara amy iareo mpianatse te: "Nahatrea i Andriatompo raho," navaho ze raha zay ty sinaontsie.[19]Naho fa niriva, ty andro, voaloha ty hereñandro, le ze lalañe nisy iareo mpianatse, le nihily aby amy ty taho iareo Jiosy io, niharine ty Jesosy naho nitsangañe am-pañivoa iareo naho le nisaontsy te: "Fiadanañe ho anareo." [20]Naho fa boake nisaontsy izay Reke, le natoro e iareo fità ey navaho ty ampalien'arofoe eo. Mehake iareo mpianatse naho fa nahatrea Andriatompo.[21]Ie niavy eo ty Jesosy nitsara amy iareo te: "Fiadanañe ho anareo. Manahake ty nañiraha ty Raeko Ahy, ro añirahako anareo ka."[22] À naho vita ty fisaontsia Jesosy izay, le nimonotse ty arofoe tamy iareo naho le nitsaràe iareo te: "Raeso ty Fañahy Masiñe.[23] Ndra ia ia naho hahà areo ty hakeo e, le ho hihaha iareo; fa ndra ia ia tsy hahà areo, le tsy hihaha iareo."[24]Tomasy, raike amy ty mpianae folo roe aby, Didymo ty nifitokavañe aze, le tsy nindre amy iareo tamy ty nifiavy Jesosy.[25] Le nirehake amae ty mpianatse ilae te: "Nitrea' ay Andriatompo." Le tihoe ty natao amy iareo: "Naho tsy treako ampità ey loam-patsike 'ey, naho le aziliko ampo loake ey ao rabotañako, le amoako ampo falien'arofo ao ty tañako, le tsy hino raho."[26]Valo andro tafa atoy le tao ndraike iareo mpianae, le nindre amy iareo ao ka ty Tomasy. Mboe nindriñe avao lalañey le niditse ty Jesosy, naho le nitsangañe niharo amy iareo eo, le nisaontsy te: "Fiadanañe ho anareo." [27]Ie niavy eo nitsarà e ty Tomasy te: "Mbetoa mindre amy taña'oy le aziliho am-bavafoko etoa. Ko diky finoañe, fa minoa."[28]Le tihoe ty natoy Tomasy Aze te: "Andriatompo Andriananañahare."[29] Izao ty natao Jesosy amae: "natrea Ahy rehe, le nino. Haha iareo tsy nahatrea, fe mino."[30]Anito avao ty Jesosy le nanao famantarañe maro tañate mpianae reo, famantarañe tsy sinoratse ampo ty boky toy,[31] fa izay le voasoratse mba hahahia areo mino fa i Jesosy ro Kristy, Anak' Andriananañahare, ara naho mino Aze nareo, le hahazo ty fiaiñañe hatraparae.

21 [1]Tafara ze raha zay ty Jesosy le niboake amy iareo indraike tamy ranomasy i Tiberiasy eo. Izao ty fomba niboahae:[2] Simona Petera le nindre amy i Tomasy, Didymo ty nifitokavañe aze, Natanaela boake e Kana e Galilia añe, iareo ana i Zebedio, navaho ty mpiana i Jesosy roe ilae.[3] Izao ty natao Simona Petera amy iareo: "Handeha hañarato raho." Le tihoe ty natao iareo te: "Hindre amao ka zahay." Le nandeha iareo naho le nijon-daka-kede raike, fe ie ndra lolie iareo tsy nahazo tañate ty alen-draike.[4]À naho fa nagararake atiñana ty andro, le nitsangañe an-dranomasiñe eo ty Jesosy, fe ie le nofy iareo mpianae te ie Jesosy io.[5] Izao ty natao Jesosy amy iareo: "O ry anjalahy, tsy manan-kohaneñe vinareo?" Le tihoe ty natoy iareo Aze: "Einhe."[6] Izao ty natao e te: "Atoraho areo andrira lakañe eo havana harato areo, le hahazo nareo." Le natora iareo harato oy naho le tsy nileo iareo jininy naho ty halako ty fiañe niazo.[7]Ie niavy eo, le tihoe ty natao mpianatse tea i Jesosy amy Petera te: "I Andriatompo io." Naho fa naharey ty hoe izao ty Simona Petera fa Andriatompo io, le naombe e ambonen'akanjo 'ey (fa toe tsy niakanjo reke), le nivoañe ampo ranomasiñe ey. [8]Tila iareo mpianatse tampo lakañe ao ( fa tsy lavitse olo 'ey iareo, fa eo amy ty roan-jato hakiho eo), naho le nitarike harato feno fiañe 'ey.[9] Naho fa niakatse añolo' ey iareo, le nahatrea afo nariañe ty teo navaho fiañe ty tambone eo, miharo mofo.[10]Izao ty natao Jesosy te ie: "Mindesa fiañe lako nareo amo niazo areo nareo."[11] Le niakatse ty Simona Petera naho le nitarike harato oy añolo ey, feno fiañe bey; 153. Maro ty bey, fe ie le tsy niriatse haratoy.[12]Izao ty natao Jesosy amy iareo: "Avia hitendre maraindray." Tsy nahavany nañontane Aze iareo mpianae te: "Ia Iheo?" Fanta iareo fa i Andriatompo io.[13] Niharine ty Jesosy, le nandrae mofo, naho nañomey aze iareo, le nanao izay avao ka fiañe 'ey.[14] Fañintelo e amy io ty niboaha i Jesosy amy iareo mpianae tafara ty fivañombeloe.[15]Naho fa boake nitendre maraindray iareo, le izao ty natao Jesosy amy Simona Petera te: "Simona ana I Jaona, tea Ahy mandako iareo viheo?" Izao ty nato Petera Aze te: " Eka Rañandria, onio fa tea Azo raho." Le tihoe ty natao Jesosy amae te: "Fahano o anondriko reo."[16] Nisaontsy fañindroe e indraike Reke te: "Simona ana i Jaona, tea Ahy viheo?" Le hoe ty Petera te: "Eka Rañandria, onio fa tea Azo raho." Hoe ty Jesosy amae te: "Toroño o anondriko."[17]Le mbe nisaontsy fañinteloe Reke te: " Simona, ana i Jaona, tea Ahy viheo? Le nikoretse fy fo Petera fa fañintelo i Jesosy zay ty nanao izao amae te: "Tea Ahy viheo?" Le tihoe ty natao amae te: "Rañandria, Ihe ro mahaoniñe ze kila raha, naho toe le onio tea Azo raho." Le izao ty natao Jesosy aze te: "Fahano o anondriko o."[18] Ambarako azo, fa mboe nikede rehe, le fa zatse nañombe irerike ty akanjo o naho le nandeha amy ze teao, fa naho fa miha-antetse rehe, le ho ndaty hafa ro hampiakanjo azo navaho hinday azo amy ze tsy zoto handenàñe."[19]Nisaontsy izay ty Jesosy mba hahafantarane te ie amy ty karazan-kavilasy manao akore ro hañomea i Petera volonahitse an' Andriananañahare. À naho nivita ty fisaontsia izay, le izao ty natao amy Petera te: "Oriho Raho."[20]Nitolike ty Petera le nanatrea mpianatse tea i Jesosy nañorike iareo, ze raike niankiñe añila i Jesosy eo ka tamy fihinanañey eo le nanao izao te: "Rañdrandria, ia o raike hifotetse Azo?"[21] Nahatrea aze ty Petera naho le nanao tihoe amy Jesosy te: "Rañandria, inoñe o atao lahy io?"[22]Izao ty natao Jesosy amae te: "Naho zotoko ty hitoera e mandra-piaviako, le ino ty dika izay amao?" Oriho Raho."[23] Le nibaratsiake amy iareo firahalahia e toe le tamy iareo eo ze raha zay, fa tsy mate o mpianatse eo. Fe ie tsy nisaontsia Jesosy ty Petera te tsy ho mate ze mpianatse ilae, fa tihoe te: "Naho zotoko ty hitoerae mandra-piaviako, le ino dika izay amao?"[24]Ireke o mpianatse nitsangañe ho voavolombeloñe momba ze raha zay, navaho nanoratse aze, naho le fantatika fa tò ty fañambarà e. [25]Lako ty raha natao i Jesosy ilae. Naho voasoratse kiraidraike aby zay, le ataoko ndra izao tontolo zao tsy ho niombe ty boke ho soratañe.

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

# Acts

## 1

[1]Ty boky nisoratako taloha teo, ry Teofilo, le magnambara kila ze niforogne'i Jesosy naho ze nampianare'e. [2]hatrami'ty
andro nampiakaragne Aze, boakeo le nandily o Apostoly ze nijobogne'e reo Reke tami'ty alala ty Fagnahy Masigne.
[3]Tafara ty nijalea'e, le nanoro ty tegna'e velogne tama'iereo Reke niarake tama'ze porofo mandrese lahatse tsy efa. Niseho
tama'iareo Reke agnate ty efapolo andro, naho nisaontsy momba ty fanjakan'Andrianagnahare.[4]Naho fa nifakatrea
niaraka tama'iareo Reke, le nandily iareo ty tsy hiala a Jerosalema ao, fa hiambegne ty fampagnantenai'ty Rae, momba ze,
nisaontsie'e te hoe: "Nahaonigne tamako nareo te nanao batisa tami'ty rano vata'e ty Jaona, [5]fe ie nareo le toko'e hatao
batisa ami'ty Fagnahy Masigne agnate ty andro tsy ampe."[6]Naho fa nitafavory raike iareo le nagnontane Aze iareo nanao
ty hoeke: "Andriatompo, Izao vao ro fotoagne hagneregna'o ty fanjakagne hoe'i Israely?" [7]Nanao ty hoeke Reke tama'iareo:
"Tsy i nareo ro hahafantatse ty fotoagne ndre ze vanin'andro ze ninondroa'ty Rae tami'ty fahefa'e manokagne. [8]Fe ie naho
fa avy ze Fagnahy Masigne zay le hahazo hery nareo, sady le ho lasa vavolombeloko era'i Jerosalema naho i Jodia iaby
naho i Samaria, naho hatrami'ty ampara'ty tane toy."[9]Naho fa nisaontsy ze raha zay ty Jesosy Tompo, le niandrandra
iareo, naonjogne Reke, naho le i rahogne'y ty nanakogn'Aze t'imaso'iareo teo. [10]Naho mbe nagnente i lagnetse'y iareo
tami'ty nagnaveloma'e, tampoke teo, nisy lahilahy roe nisikigne akanjo foty nitsangagne t'agnila'iareo teo. [11]Nirehake
iareo ty hoeke: "Ry roahalahe boaka'a Galilia, magninogne ianareo mitsangagne eto avao magnente i lagnetse'y io? I
Jesosy nalaigne tama'areo nampiakaregne an-dagnetse agne igne, le himpoly manahake ty nahatreava'areo Aze niakatse
an-dagnetse agne'y.[12]Ie naho niboakeo le nimpoly t'a Jerosalema tagne iareo avy tami'ty vohitsy i Olivia tao, agnila'i
Jerosalema eo avao, mitovy amy ty lia'ty andro Sabata raike. [13]Naho fa niavy iareo, le niakatse t'ambony rihagn'ao, ty
nipetraha'iareo. Iareo le i Petera, Jaona, Jakoba, Andrea, Filipo, Tomasy, Bartolomeo, Matio, Jakoba ana'i Alifeo, Simona
Zelota, naho i Jodasy ana'i Jakoba. [14]Nitambatse ho raike iareo iaby, naho nazoto niavavake. Le agnisa'izay ka iareo
ampela, Maria rene'i Jesosy, naho roahalahe'e reo.[15]Tama'ze andro zay ty Petera le nitsangagne t'agnivo'o roahalahie reo
teo, eo amy ty ologne 120 eo, naho nirehake te hoe: [16]"Ry roahalahe, nipaiavegne vatae ty fahatanteraha'ty Soratse
Masigne, ze nambara ty Fagnahy Masigne mialoha tami'ty vava'i Davida momba'i Jodasy, nanday ndaty nanambotse i
Jesosy rey."[17]Fa agnisa ty raike amantika reke naho ie nahozo ty anjara'e tam'izao fanompoagne zao." [18](Henaneke'zao o
lahilahy io le nivily tanem-bole tama'i vola niazo'e tami'ty faharatiagne'y reke, naho tonta nohohoke teo reke, ka
nisokatse naho niderogne ty vata'e, naho le niboake iaby ty tsinai'e. [19]Le tsy misy tsy ho naharey izay iaby ty ze atao ho
kila'o ndaty t'a Jerosalema tao, naho le nata'iareo tami'ty fireha'iareo i tanem-bole'y te hoe: "Akeldama", izane hoe:
"Tanem-bolen-dio.")[20]Fe ie fa voasoratse t'agnate'i Boki'i Salamo ao te hoe: "Engao ho ao o tanem-bole'e eo, le ko engagne
ndre ndaty raike hitoboke ao'; 'Engao ho rambese ty ndaty hafaty adidie'e."[21]Naho izay, le paiavegne, ty raike ami'ze
lahilahy niarake tamantika t'agnaty ty fotoagne iaby nizilira'i Jesosy Tompo nahoty niboaha'e tamantika teto, [22]hatrami'ty
batisa'i Jaona naho hatrami'ty andro niakara'e tamantika teo, le ts maintsy vavolombelogne miarake amantika amy ty
Fivagnognam-belo'e." [23]Le nametrake roe lahy iareo, le i Josefa nitokavegne te hoe Barsabasy, na i Josto ka, le Matia.
[24]Nivavake iareo naho le nanao ty hoeke: " Irehe, ry Tompo, ro mahafantatse ze fo ze kila'o ndaty, ka ambaroa ze ho filie'o
ama'iareo roe lahy [25]mba hangalake ty toeragne am'izao fanompoagne ato zao naho ty maha Apostoly noho'ty fandikan-
dily ze natà'i Jodasy handeha ho agne amy ty toera'e manokagne. [26]Iareo le niloka hoey iareo, naho nilatsake tami'i Matia
ty filokagne, naho voaiake ho Apostoly folo raik'ambe reke.

## 2

[1]Naho fa niavy ty andro'ty Pantekosta, nivory tama'ty toeragne raike iareo iaby. [2]Tampoke teo nisy feo manahake o rivotse
mahery io nifofofofo boak'an-dagnitse agne, naho le nameno i anjomba nitoboaha'iareo iaby zay. [3]Nisy afo nanahake'o
lela'ao nizarazara maro, naho le nipetrake t'ambony iareo kiraikiraike tegne iaby. [4]Feno Fagnahy Masigne iaby iareo le
nanomboke nirehake tamy ty firehake maro same hafa, arake ty namea'ty Fagnahy Masigne hirehafa'iareo.[5]Le nisy Jiosy
zay nipetrake t'a Jerosalema tao, ndatin'Andrianagnahare, boaka amy ty firenena iaby ambanyty lagnitse. [6]Naho fa
nahare ze feo zay, le avy le niarake o vahoake reo sady sahiran-tsaigne satria ty kiraikiarike le samy nahare iareo
nirehake tamy ty fireha'e iaby. [7]Gaga naho latsa iareo; nireheka hoe: Maregne, fe ie vao tsy iareo iaby mirehake reo o
Galileanina'ao?[8]Nagnino ndra mahare iareo tika'o, amy ty firehantika kiraikiraike iaby ze nahabey antika? [9]Partianina le
Medianina naho Elemita, naho ze mpetrake a Mesopotamia agne, a Jodia naho a Kapadokia agne, a Ponto naho Asia agne,
[10]a Frygia naho Pamfylia agne, a Egypta naho a Libya hatra am'i Kyrena agne, le ze mpitilike boak'a Roma agne, [11]Jiosy
naho Proselyta, Kreatana naho Arabo, le rentika mirehake amy ty firehantika momba ty asa jabajaba
ataon'Andrianagnahare."[12]Gaga iareo sady sahiran-tsaigne; naho nifampirehake iareo te hoe: "Ino ty dika'izay?" [13]Fa ty
sasa'iareo nandatsa sady nanao ty hoeke: "Mamo'ty divay vaovao iareo'o."[14]Fe ie nitsangagne niaraka tama'iareo folo
raik'ambe ty Petera, mampiakatre ty feo'e, le nirehake tama'iareo te hoe: "Ry lahilahi'i Jodea naho i nareo iaby ze
mipetrake a Jerosalema eto, le ao ho franta'areo zao, ambeno'areo o rehako'o. [15]Hoey iareo ndaty tsy mamo arake ze
vetsevetse'areo, fa mbe vaho lera fahatelo amy ty andro zao.[16]Fa ie zao ty varehake tama'i Joela mpitoky: [17]'Amy ty andro
fara'e,' Andrianagnahare nisaontsy te hoe: 'Halatsako ama'ze kila'o ndaty ty Fagnaheko. O ana'areo lahilahy naho ty
ana'areo ampela le hitoky, ty tanora'areo le hahatrea fahatreavagne, naho ty antitsi'areo hagnofe nofy.[18]Le manahake'zay

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

ka ty ama'iareo mpanompoko lahilahy naho ty mpanompoko ampela ama'o andro reo. Halatsako ty Fagnahiko, naho le
hitoky iareo. [19]Iraho le haneho raha mahagaga amy ty lagnitse ambone agne naho famantaragne amy ty tane ambane
egne, lio, afo, naho setroke.[20]Le hanjare haiegne i masoandro'oy naho i volagne'y ho lasa lio, mialoha ty andro jabajaba
naho miavake hiavia'i Tompo. [21]Le ze kila'o ndaty mitoka ty tahinan'Andrianagnahare le ho voavonje.[22]Ry ndaty i Israely,
janjigno ze rehako zao: Jesosy boak'a Nazareta agne, i ndaty nanehoagne anareo tamy ty alalan'Andrianagnahare mba ho
maregne ama'o asa jabajaba reo, o fahagagagne reo, naho ze famantaragne nataon'Andrianagnahare tama'e agnivo'areo
teo, arake ty fanta'ty tegna'areo. [23]O lahilahy io le natolo'ty drafin'Andrianagnahare ze fa nomanigne mialoha naho ty
fahalala'e, le ty tagna'ty mpahay lalàgne naho i nareo, namono Aze tamy ty famatsihagne Aze tamy ty hazo najaly teo. [24]Fe
ie natsangan'Andrianagnahare Reke, nagnafake Aze tama'ze fanaintaigna'ty fahafatesagne, satria sarotse ho Aze ty niala
tam'izay.[25]Fa i Davida nirehake momba Aze te hoe: "Nahatrea i Tompo t'agnatehako eo lomogn'andro raho, fa an-tagnan-
kavanako eto Reke ka tsy toko'e hititike raho. [26]Le fale vata'e ty arofoko naho nifalefale ty lelako. Le ie ka, ty nofoko
hivelogne amy ty fahatokiagne.[27]Fa tsy nenga'o ho ama'ty Fiaignan-tsy hita ty fagnahiko agne naho le tsy hagnenga ty Iray
Masi'o ho lo Rehe. [28]Nampahafantatse ahy ze lala'ty fiaignagne Rehe; le hameno fifaliagne ahy amy ty toe'o Rehe.[29]Ry
roahalahe, afake mirehake ama'areo am-patokiagne momba'i Davida Patriarika raho: fa mate reke vaho nalevegne, le
amantika eto mandraki'ty androany ty fasa'e. [30]Naho izay, mpitoky reke le fanta'e te fa nifanta taman'Andrianagnahare, fe
ie ty tarana'e ro ho amy ty seza fiandriana'e eo. [31]Fa nitrea'e zay le nirehake momba ty fivagnognam-belo'i Kristy, 'sady
reke tsy nengagne amy ty fiaignan-tsy hita tao, naho tsy nanao ty nofo'e ho tsatse ty fahaloavagne.'[32]Io Jesosy io-
Andrianagnahare ro nanangagn'Aze, vavolombelo'izay zahay iaby. [33]Naho izay naho fa nasandratsy ty fitan-
kavanan'Andrianagnahare Reke le nandrambe ty Fagnahy Masigne nampanantenaigne boaka tamy ty Rae, fa narotsa'e
zay, ze trea'areo naho re'areo.[34]Fe ie niakatse an-dagnitsy agne ty Davida, fe ie nirehake reke te hoe: 'I Tompo nisaontsy
tam'i Tompoko, "mipetraha an-tagnako ankavanako eto, [35]mandram-panoako ty fahavalo'o ho fipetraha ty tombo'o."'
[36]Naho izay, le ao ho fanta ty ze iaby vata'e ty tragno'i Israely fa i Andrianagnahare ro nagnoregn'Aze ho Tompo naho
Kristy, i Jesosy ze nifantsihe'areo tamy ty hazo najale."[37]Naho fa nahare izay iareo, voatomboke ty fo'iareo, le nirehake
tama'i Petera naho o Apostoly ila'e reo te hoe: "Roahalahe, inogne ty toko'e hatao'ay?" [38]Boakeo nirehake tama'iareo ty
Petera nanao ty hoeke: "Mibebaha manoa batisa, i nareo kiraikiraike iaby, amy ty tahina'i Jesosy Kristy ho famelagne ty
hakeo'areo, naho ty handrambesa'areo ty fagnomeza'ty Fagnahy Masigne. [39]Fa le ho anareo naho ty ana'areo ty
fampagnantenagne naho ze lavitse iaby, ka ie le ho tsy efa ty ndaty ze ho tokavi'i Tompo Andrianagnahare."[40]Niarake
tama'ty rehake maro samy hafa ro nijoroa'e ho vavolombelogne naho ty nandrisiha'e iareo; nanao ty heoke reke: "Vonjeo
ty tegna'o ami'tine tarira raty fagnahy tine." [41]Le nandrambe ty reha'e iareo naho le natao batisa, le toko'e fagnahi'o ndaty
amy ty telo arivo teo hoe eo ro nampeagne tama'o andro'o. [42]Nanohy naho niaretse ty asa talily naho ty fampianara'o
Apostoly io iareo, tamy ty fanampahagne ty mofo naho ty fivavahagne teo.[43]Niavy tamy ty fagnahi'ty kiraikiraike ty
tahotse, le fahagagagne naho famantaragne maro ro vita tamy ty alala'ty Apostoly. [44]Niangogne ze nino naho nanagne
raha nitovy iaby, [45]le navaro'iareo iaby ty tane'e naho ty ze fanagna'e ka le zinara tama'iareo iaby, arake ze nipaia'e iaby.
[46]Lomogn'andro lomogn'andro le nitohy nanompo tamy ty fomba fagnente mitovy t'an-tempoly tao iareo, naho nanapake
i mofo'y t'an-tragno tao, le nizara hanigne t'ankafaleagne naho fo feno fiambanian-tegna. [47]Nidera an'Andrianagnahare
naho nahazo fankasitrahagne tama'ze kila'o ndaty. Lomogn'andro ty Tompo le nagnampe ty isa'ze voavonjy.

# 3

[1]Le niakatse tamy temply tegne ty Petera naho i Jaona tamy ty lera'ty fivavahagne, lera faha sivy. [2]Le nisy lahilahy raike
maleme fa hatramy ty niterahagn'aze nandesegne lomogn'andro tamy ty Vavahady Tsaran'endriky i tempoly tegne, mba
hangatake fagnomezagne ara-bola ama'o ndaty ze mandeha am'i Tempoly agne. [3]Naho fa nahatrea i Petera naho i Jaona
handeha hilitse i Tempol'igne, le nangantake fagnomezagne ara-bola tama'iareo reke.[4]Nagneregnere ty maso'e niarake
tam'i Jaona ty Petera le nirehake te hoe: "Henteo zahay". [5]Nagnente iareo i lahilahy maleme'y, nagnantegna ty handrambe
raha boaka ama'iareo. [6]Nefa i Petera nirehake te hoe: "Volafoty naho volamena ro tsy anagnako, nefa ze anagnako, ro
homeko azo. Amy ty tahina'i Jesosy Kristy boak'agne Nazareta, mandehana."[7]Nandrambe aze tamy ty tagnan-kavanagne, i
Petera nanangagn'aze, naho le avy le lasa natanjake i tombo'i lahilahy igne naho i kitso'e kedekede'ey. [8]Niambokogne, i
lahilahy maleme'y le nitsangagne ka lelia'e nanomboke nandeha; naho le niarak'ama'i Petera naho i jaona nizilike t'an-
tempoly ao reke, nandeha, niambokogne, naho nidera an'Amdrianagnahare.[9]Le nahatrea aze nandeha naho nidera
an'Andrianagnahare iaby ty kila'o ndaty. [10]Nirendre'iareo te ireke i lahilahy nangatake fagnomezagne ara-bola tama'ze
ndaty t'am-Bavahady Tsara'i tempoly teo'oy; le gaga naho latsa vata'e iareo noho'ty raha niseho tama'e.[11]Naho fa ie reke
nitanjake i Petera naho i Jaona, le nihororoke mbama'iareo mbeo iaby ama'ty fialofagne ze nitokavigne te hoe fialofa'i
Solomona i ndaty iabikey, naho le latsa vatae. [12]Naho fa nahatrea izay ty Petera le namaly ze ndaty ty hoe: "I nareo ry
tarira'i Israely, nagninogne nareo latsa'o? Nagninogne ty maso'areo mandinike anay io, hoe ty here'ay na ty
fahamasina'ay manokagne ro nampandeha aze ?[13]Ty Andrianagnahare'i Abrahama, le ai'i Isaka, naho ai'i Jakoba, i
Andrianagnahare'iareo Raentika, nagnome volonahetse ai'i Jesosy Mpanompo'e. Ireke i aze natolo'aeo naho niliere'areo
t'agnatreha'i Pilato teo'oy, tamy reke nanapa-kevetse ty handefa Azey. [14]Niliere'areo I raike ze Masigne naho Marigney
naho le naleo'areo nangatake i mpamono ndatey mba halefa ho anareo.[15]Nivono'areo i Mpagnoregne i fiaignagney, i
navagnom-belon'Andrianagnahare_le vavolombelo izay zahay. [16]Henaneke zao, noho ty finoagne amy ty tahina'e_i
lahilahy trea'areo naho fanta'areo_i tahina'ey avao ro nahave Aze hahery. Ty finoagne avy am'i Jesosy ro nagnome ze

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

fahasitragnagne feno zao ho Aze agnatreha'areo eto iaby.[17]Henaneke zao, ry roahalahe, fantako te nanao izay nareo noho
ty tsy fahafantara'areo, manahake ty natao'o mpitantagneo anareo avao ka. [18]Fe ie o raha ze nisaontsien'Andrianagnahare
mialoha tama'ty vava'ze kila mpitoky reo, te hoe toko'e hijale ty Kristi'e, fe fa tantera'e henaneke zao.[19]Mibebaha, naho
izay, le mimpoliana, mba ho voavono ty hakeo'areo, mba ho avy ze fotoagne mahavelombelogne agnatreha'i Tompo eo
zay; [20]naho mba handefa i Kristy ze voatondro ho azo Reke, le i Jesosy zay.[21]Ireko i tsy maintse ho rambese'i Lagnitsey
mandram-piavia ze fotoagne fampipolianagne amy ty naha izy aze ty ze kila raha iaby, mahakasike ze
nisaontsien'Andrianagnahare taloha bey tagne tamy ty vava'ze mpitoky masigne. [22]Nirehake vata'e ty Mosesy te hoe: 'I
Tompo Andrianagnahare le hanangagne mpitoky manahak'ahy boak'ama'o roahalahe'areo reo. I nareo hijanjigne ze kila
raha iaby ze ho rehafe'e ama'areo. [23]Hiseho ty hoe ze kila'o ndaty tsy mijanjigne ze mpitoky zay le ho ripake vata'e tsy ho
ama'o ndaty ao.'[24]Eka, le kila'o mpitoky iaby nanomboke tama'i Samoela teo naho ze niavy tafara'e reo, le nirehake mafe
naho nagnambara o nadro reo. [25]I nareo ro ana'o mpitoky reo naho ty fagnekegne ze nataon'Andrianagnahare tama'o
razambey reo, arake ty nisaontsie'e tama'i Abrahama te hoe: "'Ama'o tarira'o ao le ho tahiegne o longo iaby eran-tane reo.'
[26]Tafara ty namagnognam-belon'Andrianagnahare ty Mpanompo'e, le nandefa Aze ho anareo heke Reke, mba hitahy
anareo amy ty fiala'areo amy ty faharatia'areo."

## 4

[1]Naho nirehake tama'ze vahoake ty Petera naho i Jaona, le niavy ze mpisorogne naho ty lehibey'o mpiambegne i tempoly
naho'o Sadoseo reo. [2]Boseke mafe iareo noho'i Petera naho i Jaona nampianatse o vahoake'o naho nitory ty fivagnognam-
belo tamy ty alala'i Jesosy. [3]Nisamboregne iareo naho le natao t'am-pigadragn'agne mandram-pibelagna'i andro'y, satria fa
halegne i andro'y tam'izay. [4]Nefa maro tama'o ndaty reo ze nandrendreke ty hafatse ro nino; naho ze lahilahy ila'e ze nino
le teo ho eo amy ty dimy arivo eo.[5]Naho fa nimaray igne le niangogne t'a Jerosalema tao ty mpanapa'iareo, zoke'o ndaty
naho o mpahay lalàgne reo. [6]Teo ty Anasy mpisorombey, Kaiafa, Jaona, le i Aleksandro naho ze kila longo'ze
mpisorombey iaby. [7]Naho fa natoseke t'agnivo'e teo ty Petera naho i Jaona, le nagnontane iareo te hoe: "Amy ty hery
inogne, na amy ty agnara t'inogne, ro nagnanova'areo izay?"[8]I naho boakeo ty Petera, feno ty Fagnahy Masigne, le
nirehake iareo te hoe: "Irehe ry mpanapake ty vahoake, naho ty zoke'o ndaty, [9]naho nagnontaniagne mahakasike ty asa
soa natao'ay tama'o lahilahy narare'o zahay tama'o andro'o_tamy ty fomba manao akore ty nahasitragne'o lahilahy io?
[10]Le ao ho fanta'areo iaby naho ty tarira'i Israely iaby, fa tamy ty tahina'i Jesosy Kristy boak'a Nazareta agne, Ie ze
nifantsihe'areo tamy ty hazonajale, Ie nivagnognem-belon'Andrianagnahare_tamy ty alala'e ro itsangana ty lahilahy
salama tiagne agnatreha'areo eto."[11]I Jesosy Kristy le vato ze nata'areo mpagnoren-tragno tsinotsinogne nefa fa natao ho
agnambone ty vato mirafitse. [12]Naho le tsy misy famonjeagne boak'amy ty hafa, fa tsy misy agnaragne hafa amban'ty
lagnitse nome'o ndaty ze tsy maintsy hahavonjy antika."[13]Le naho fa nahatrea ty fahasakia'i Petera naho i Jaona iareo, le
nahatsapa te ndaty tsotsa, ndaty tsy nandia fianaragne, le latsa iareo, nahafantatse te niarake tama'i Jesosy ty Petera naho
i Jaona. [14]Satria iareo nahatrea i lahilahy nisitragne nitsangagne niareke tama'iareo, ka naho le tsy nahatrea raha ho
rehafigne hanoheragne zay iareo.[15]Fe ie naho fa boaka nandily o apostoly reo hagnenga ty fivoria'ty filan-kevetse iareo, le
nifampirehake iareo. [16]Hoe iareo te hoe: "Inogne ro toko'e hatao ama'ty lahilahy retoagne? Noho ty fahagagagne vita tamy
ty alala'iareo le fanta'ze kila'o ndaty mipetrake a Jerosalema eto iaby, naho le tsy azontika lieregne. [17]Fe ie mba tsy
hiparitaha'izay amy ty vahoake ka, le indao tika hampitandrigne iareo mba tsy hirehafa'iareo ze agnaragne zay sasa.
[18]Tinoka hilitse ty Petera naho i Jaona le rinehake iareo tsy hirehake naho tsy hampianatse amy ty tahina'i Jesosy sasa.
[19]Nefa namale iareo ka ty Petera naho i Jaona nanao ty hoeke: "Naho marigne agnatrehan'Andrianagnahare eo ty
magneke anareo mihoatse Aze, le i nareo ro mitsara. [20]Tsy afake ty hijanogne tsy hirehake mahakasike ze raha hita'ay
naho re'ay zahay."[21]Tafara'ty fampitandremagne'i Petera naho i Jaona, le nenga'e handeha iareo. Fa le tsy nahatrea ty
fomba hagnasaziagne iareo iareo, satria nidera an'Andrianagnahare ze vahoake noho ty raha vita'e. [22]I lahilahy ze niaigne
ty fahagagagne naho fagnasitragnagne le nihoatse ty efa-polo taogne.[23]Tafara'ty nagnafahagne iareo, le niavy tama'o
vahoakeo teo ty Petera naho i Jaona le nitalily ama'iareo ze rineha'i loaha ty mpisorogne rey naho i zoke'o ndaty
tama'iareo rey. [24]Naho fa nire'iareo zay, le niarake nanandratse ty feo'iareo ho an'Andrianagnahare iareo ka nanao ty
hoeke: "Tompo, Irehe ro namorogne ty lagnetse naho ty tane naho ty ranomasigne, naho ze ama'e ao iaby. [25]Nisaontsy
tamy ty alala ty Fagnahy Masigne tama'ty vava ty mpanompo'o, ty raentika Davida nanao ty hoeke: 'Nagninogne o
firenena Jentilisa'o ro boseke, naho ze ndaty mandineke raha tsy misy ilagn'aze?'I nareo mirehake te hoe: 'O Mpanjaka ty
tane reo le nitambatse, naho ze mpanapake le nivory hanohetse'i Tompo, naho hanohetse'i Kristy.'[27]Fe ie fa i Heroda nahoi
Pontsy Pilaty, o niarake tama'o Jentilisa'o naho'o taraira'i Israely reo, ro nirake nivory t'an-tanagne tao hanohetse'i Jesosy
Mpanompo'areo, i nihosora'areo'oy. [28]Niarake nivory iareo mba hanao ze natao'ty tagna'areo iaby naho ze drafi'areo ze fa
nipahi'iareo ho atao mialoha.[29]Henaneke zao, Tompo, vazohò o fampitandrema'iareo reo naho omeo ze mpanompo'o mba
hirehafa'e ty saontsi'o am-pahavaneagne vata'e. [30]Amparo ty fita'o mba hagnasitragne, naho hagnome ze famantaragne
naho fahagagage amy ty alala'ty tahina'i Jesosy Mpanompo'o Masigne." [31]Naho fa boaka nivavake iareo, le
nihozongozogne i toeragne niaraha'iareo nivory igne, nitalily ty saontsin'Andrianagnahare am-pahasahiagne.[32]Ty
ankamaroa ze nino le fo naho fagnahy raike. Tsy nisy nirehakee fa ze raha azo'e le ho aze manokagne, fa raha
niaraha'iareo nanagne. [33]Nirake tamy ty hery jabajaba ro nagnambara'ty Apostoly ty fijoroa'iareo vavolombelogne
momba ty fivagnognam-mbelo'i Jesosy Tompo, naho le fahasoam-bey ro tama'iareo iaby teo.[34]Tsy nisy raha
nanahiragn'aze ze kila'o ndaty tama'iareo teo, fe ie ze iaby nanagne tane na tragno le navarotse naho nanday ze vola'ze

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

niletake iaby. [35]Naho le napetrake t'an-tombo'o apostoly reo teo, naho le zinara tamy ty kila'o ndaty kiraidraike iaby araka
ze paiave'iareo.[36]Josefa, Levita raike, lahilahy boak'a Sipra agne tinoka'o apostoly reo te hoe Barnabasy (Anaky lahi'ty
Fampaherezagne ty dika'e), [37]nivarotse tany naho nanday ty vola naho nametrak'aze t'an-tombo'o Apostoly reo teo.

# 5

[1]Fe ie nisy lahilahy raike zay managn'aragne hoe Ananiasy, niarake tam'i Safira vali'e, nivarotse ty anjara tane'e, [2]naho le
nitana'e t'ila'e tama'i vola vili'e rey (le nahafantatse izay ka ty vali'e), naho nanday ty antsasa'e hafa tam'izay naho
nametrake aze t'an-tombo'o apostoly reo teo.[3]Fe ie i Petera nirehake te hoeke: "O Ananiasy, nagninogne ty fo'o ro fenoa'i
andrebolisy vande havande amy ty Fagnahy Masigne, naho hanjitse ty antsasa'e tama'i vili'i tane'y? [4]Naho mbe tsy letake
zay, tsy nijanogne ho fanagna'o manokagne vao zay, naho ie letake zay, tsy tama'ty fahefa'o teo vao zay? Manao akore ty
nifieretsereta'o ze raha zay t'am-po'o tao? Tsy navande tama'o ndaty rehe, fe ie taman'Andrianagnahare." [5]Naho fa nahare
o reheka reo, le tonta tamy tane ty Ananiasy ka le namoe ty ai'e, naho le tahotse jabajaba ty ro niavy tama'ze kely nahare
izay. [6]Naho ze ajalahy le namonjy ka namogno lamba aze, le nandese'iareo niboake reke naho le nalevegne.[7]Tafara ty telo
lera teo ho eo, le nizilike ty vali'e, mbe tsy naharendreke ze raha niseho. [8]I Petera nirehake tama'e nanao ty hoeke :
"Ambarao ahy laha izay ro namarota'areo i tane'y." Le hoe reke: "Eka, noho izay."[9]Ie naho boakeo nirehak'aze ty Petera te
hoe: "Nagninogne i nareo nagneke ty hiarake hitipake ty Fagnahi'i Tompo? Ingo, o tombo'ze ndaty ze nandevegne i vali'o
rey le am-baravaragn'eo, naho hampiakats'azo iareo.[10]Naho le tonta teo naho eo tamy ty tombo'e reke naho le namoe ty
ai'e. Naho fa nizilike tao i ajalahy rey, le nahatrea aze mate, ka le nanday aze niboake naho nandevegn'aze t'agnila i vali'e
teo. [11]Nahatohotse i fiangonagne manontolo'oy, naho ze nahare ze raha zay.[12]Famantaragne naho fahagagagne maro ro
niseho tama'o vahoake'o tamy ty alala'ty tagna'o apostoly rey. Niarake tamy ty fialofa'i Salomona teo iareo. [13]Fe ie tsy nisy
ndaty hafa nahasaky ty hiarake ama'iareo; nefa, nanandratse fankasitrahagne ambone ai'iareo i vahoake'y.[14]Naho le fa
vomaike nihamaro ze mpino nagnampy isake i Tompo, karazan-dahilahy naho ampela, [15]le nandesi'iareo t'an-dalagne
tegne hatar'amy ty marare naho nampandre'e t'ambony fiandreagne naho farafara teo iareo, le mba nahho fa
mandriogne ty Petera, le mete mba hanaloke t'ila'e ama'iareo ty aloke'e. [16]Le teo avao ka le maro ty vahoake ro niarake
niavy boak'ama'o tanagne magnodidigne ai'i Jerosalema, naday ty marare naho ze mampijele'y ty fagnahy raty, naho le
sintragn'aby iareo.[17]Fe ie nitsangagne ty mpisorombey, naho ze niarake tama'e (ze sekta'o Sadoseo reo); naho le feno
fialognagne iareo [18]naho nanambotse an-keri'e o apostoly reo, naho nampizilike iareo t'am-porozo tagne.[19]Le agnaty i
haligne'y le nisy anjeli'i Tompo nanokatse i varavara i porozo'oy naho namoake iareo tao, le nirehake te hoe:
[20]"Mandehana, mitsangana am'i tempoly ao naho mitalilia ama'o ndaty ze kila rehake iaby amy ty fiaignagne toy." [21]Naho
fa nahare izay iareo, le nizilike t'anjomban'Agnahare tao iareo laha vao maraigne i andro'oy ka le nampianatse. Fe ie
niavy ty mpisorombey, naho ze niarake tama'e reo, naho nitokaze kila filan-kevetse iaby, o kila zoke'o ndati'ty tarira'i
Israely, naho le nalefa t'am-porozo agny mba hagnakatse'o apostoly reo.[22]Fe ie naho fa niavy i mpiambegne'y le tsy
nahatrea iareo t'am-porozo tao, naho le nimpoly iareo naho le nitalily te hoe: [23]"Le nitrea'ay te nihily soa i porozo'oy naho
i mpiambegne'y le nijoro niambegne t'am-baravaragne teo, fe ie naho fa nanokatse zahay, tsy nahatrea ndaty t'angnate'e
tao zahay."[24]Naho fa nahare'y izay i lehibe'ty mpiambegne'i anjomban'Agnahare naho ze mpisorom-bey, le veren-draha
vata'e iareo mikasike ze raha mete hiseho. [25]Fe ie nisy ndaty niavy naho nirehake tama'iareo nanao ty hoeke: "O lahilahy
nata'areo t'am-porozo tao reo le mitsangagne angn'anjomban'Agnahare ao naho mampianatse ze voahoake."[26]Naho le
nandeha i lehibe'o mpiambegne'y niarake tama'o mpiambegne rey, naho nanday iareo niheregne, fa tsy tama ty heriloha,
satria natahotse o vahoakeo iareo manajre ho torahe'e vato. [27]Naho fa nanday iareo iareo, de nandefa iareo t'agnatreha ty
filan-kevetse teo. Nagnadigne iareo i mpisorom-beÿ, [28]nanao ty heoke: "Rinara'ay mafe nareo ty tsy mba hampianatse
ama'o agnaragne'o, nefa, nifineno'areo ty fampianaragne ty Jerosalema, naho le tea'areo ho tompon'antoke ama ty lio'o
lahilahy io zahay."[29]Fe ie namaly ty Petera naho o apostoly reo nanao ty hoeke: "Izahay le toko'e haganeke
an'Andrianagnahare noho'ty ndaty. [30]Ty Andrianagnahare ty raza'ay namagnom-belogno'i Jesosy, Ie ze nivinono'areo
tamy ty fagnantognan'Aze tama'ty hazonajale teo. [31]Andrianagnahare nanandratse Aze tamy ty fitan-kavana'e teo mba ho
Tompo naho Mpamonjy, mba hagnome fibebahagne ho ai'i Israely, naho famelagne ty fahotagne. [32]Izahay le vavolombelo
ty ami'ze raha zay, naho le ty Fagnahy Masigna ka, ze nomen'Andrianagnahary hoey ze magneke Aze."[33]Naho fa nahare
izay ze tamy filankevetse'y tao, le boseke iaby iareo naho le nite hamono o apostoly reo. [34]Fe ie nisy Fariseo raike
tokavegne te hoe Gamaliela, mpampianan-lalàgne, nihajay ze kila'o ndaty iaby, nitsangagne naho nandily o apostoly reo
mba halagne aboake kede ambalik'agne heke.[35]Naho le nirehake tama'iareo reke nanao ty heoke: "Lahilahy Israely,
tandremo soa ty amy ty ze raha zay hata'areo miarake ama'o ze ndaty reo. [36]Fe ie haihay taloha tagne, Teodasy nirehake ty
vata'e ho raha, naho ndaty maromaro, toko'e ho efa-jato, nagnarak'aze. Nivinono reke, naho ze nagneke aze iaby le
niparitake naho le avy le lasa tsinontsinogne. [37]Avy eo o lahilahy io, Jodasy boak'a Galilia agny le nitsangagne tamy ty
andro'ty fagnisagne naho nitaogne ndaty maromaro hagnarak'aze. Le nivnono avao ka reke, naho ze nagneke aze iaby le
niparitake.[38]Le ami'ze fotoagne zao le ambarako ama'areo, mihalavira o lahilahy reo naho engao raike eo iareo, fe ie naho
hirik'ama'o ndaty o drafetse na o asa'ao, le ho foagnagne zay. [39]Fe ie naho boak'aman'Andrianagnahare ka, le tsy ho
azo'areo foagnagne reo; mete ho trea'areo aza fa mialy aman'Andrianagnahare nareo." Le rese lahatse iareo.[40]Naho le
nitoka'o apostoly reo iareo naho nijera naho nandily iareo tsy hirehake amy ty tahina'i Jesosy, naho le nagnenga iareo
handeha. [41]Nagnenga an-kafaleagne i filan-kevetse'y iareo satria mendreke ty handay fahafaham-baraka hoey I


generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

Tanahina'ay. [42]Tafara izay sakologn'andro, tsy nitofa ty nampianatse naho nitory ai'i Jesosy ho Kristy iareo, t'an-kianja ty
anjoman'Agnahare teo naho tamy ty tragno maro.

6 [1]Le tagnate ze andro zay, naho fa nihanitombo ty isa'ze mpianatse, le nanomboke nisy fitaraignagne natao'o Jiosy reo
mirehake Grika hanoheragne o Hebreo reo, satria natao'iareo tsinotsino o mpizaka tegna reo tamy ty fizaragne
hanigne sakologn'andro.[2]Ty folo roe amby le nitoka o mpianatse iaby reo ho ama'iareo agne sady nirehake te hoe: "Tsy
mete ho antika naho magnenga ty saontsin'Andrianagnaghare mba hikarakara o labatse reo. [3]Noho izay nareo le toko'e
mijobogne, ry roahalahe, fito ama'areo, lahilahy soa laza, feno ty Fagnahy naho fahendreagne, mba ho jobogne'ay
hikarakara ze raharaha zay. [4]Naho ty ama'ay, le hanohy hatr'agne amy ty fivavahagne naho amy ty fampianaragne ty
saontsy zahay."[5]Nahafale ze kila'o ndaty iaby ty rehake natao'iareo. Ka le nijobo'i Stefana iareo, lahilahy feno finoagne
naho Fagnahy Masigne, naho i Filipo, Prokoro, Nokanora, Timona, Parmena, naho i Nikoleo, Proselyta boak'a Antiokia
agne. [6]O mpino reo le nanday o lahilahy reo t'agnatreha ty apostoly teo, nivavake naho nametrake ty tagna'e tama'iareo.
[7]Ka le niparitake avao ty saontsin'Andrianagnahare, naho ty asa'ze mpianatse t'a Jerosalema tao le nihanitombo loatse,
naho ty mpisorogne maro loatse ka ro lasa mpagnarake ty finoagne.[8]Le i Stefana, feno fasoavagne naho hery, le nanao
fahagagagne naho famantaragne jabajaba tamy ty vahoake teo. [9]Fe ie nisy vahoake ila'e nitsangagne ze ai'i Synagoga ze
atao ty hoeke ty Synagoga'i Libertina, naho ai'i Kyreniana naho Aleksandriana, le t'ila'e baok'a Kilikia agne naho Azia. O
ndaty reo le nialy hevetse tama'i Stefana.[10]Tsy nahatohetse ty fahendreagne naho ty Fagnahy ze nirehafa'i Stefana iareo.
[11]Naho niboakeo le nisy ndaty nanaova'iareo kolikoly mba hirehake te hoe: "Fa nire'ay ty Stefana nitimbo momba'i
Mosesy naho i Andrianagnahare."[12]Nanaitse ze ndaty iareo, ty zoke'o ndaty, naho ty mpahay lalàgne, le nagnantogne'i
Stefana iareo naho nanambots'aze naho nanday aze t'agnatreha'o mpanolotsaigne reo teo. [13]Le nanday fijroagne
vavolombelogne diso ka iareo, le nanao ty hoeke: "Ty lahilahy toke le tsy mitofa ty mitimbo ty toeragne masigne toy naho
ty lalàgne. [14]Fe ie izahay le nahare aze nirehake te o Jesosy io boak'a Nazareta agne le handrobake ty toeragne toy naho
hagnova ze fomba natolo'i Mosesy antika zay." [15]O ze nipetrake iaby tamy ty toera'ty mpanolotsaigne teo le nametsevetse
aze ka nahatrea fa manahake'o ajely io ty tarehe'e.

7
[1]Le nanao ty hoeke i mpisorom-bey te: "Maregn'aby vao raha iaby zao?" [2]Nirehaka ty Stefana nanao ty hoeke: "Ry
roahalahe naho ry rae, tsanogno raho: "Ty Andrianagnahare'ty volonahetse niseho tamy ty raentika Abrahama tamy reke
t'a Mesopotamia tagne, taloha ty nitoboha'e t'a Harana tao; [3]nirehake tama'E te hoe: "Mialà ama'o tane'o rehe naho ze
longo'o, le mandehana am'i tane asehoko azo'oy agne."[4]Ie naho boakeo niala i tani'i Kaldeana'ay reke naho le nitoboke t'a
Harana tagne; nanomboke teo, tafara ty nahafate ty rae'e, nandesen'Andrianagnahare tama'o tane'o tagne reke, o
hitoboha'o am'izao. [5]Tsy nomea'e ho lovagne teo reke, aha, tsy ampy ndre ty hasiagne tomboke iaby. Fe ie nagnome toky
reke_ndre le mbe tsy nanagn'anake aza ty Abrahama fe ie_reke le hagnome tane aze ho fanagna'e naho hoey ze tarira'e
afar'agne.[6]Nisaontsy tama'e ty Andrianagnahare manao ty hoeke, fe ie o tarira'e reo le hitoboke maharetse agne amy ty
tane ty firenen-kafa agne, naho le ze vahoake tao le hagnondevo iareo naho hampijale hatr'amy ty efe-jato taogne. [7]'Nefa
ho tsaraeko o firenena o tompoi'iareo'o,' hoe i Andrianagnahare, 'naho fa afara izay le hagnantogne naho hidera Ahike
ama'o toeragn'eo eo iareo. [8]Ie naho boakeo nomen'Andrianagnahare ai'i Abrahama ty fagnekegne amy ty savatse, ka i
Abrahama le avy le lasa rae'i Isaka naho le nanavats'aze tamy ty andro fahavalo; Isaka le lasa rae'i Jakoba, le i Jakoba lasa
rae'o Patriarika folo roe amby reo.[9]Satria o Patriarika reo le nialogne ai'i Josefa, ka le navaro'iareo t'a Egypta tagne reke;
fe ie Andrianagnahare le tama'e [10]naho nagnavotse aze tama'o ndaty iaby reo. Le nome'e fisaoragne naho fahendreagne
t'agnatreha'i Farao teo, mpanjaka'i Egypta, ty nametrak'aze ho governora mandily ai'i Egypta naho amboni'o kila
fanagnane iaby.[11]Naho le niavy i kere'ey magneragn'i Egypta naho i Kanana, naho fijaleam-bey, naho ze razantika le tsy
nahavazoho mahakama. [12]Fe ie naho fa nahare ty Jakoba fa nisy vare ty t'Egypta tao, nadefa o razantika reo tamy ty
lia'iareo voaloha'e reke. [13]Tamy ty lia'iareo faharoe nampahafantatse ty tegna'e tama'o roahalahe'e reo ty Josefa, naho le
lasa nifanta'i Farao iaby ty longo'i Josefa.[14]Le nagnirake'o roahalahe'e reo ty Josefa hirehake ai'i Jakoba rae'e mba ho avy
Egypta agne, miarake ama'o longo'e reo iaby, teo amy ty ndaty fitopolo dimy ambe naho atambatse. [15]Noho izay ty Jakoba
le nizotso t'Egypta tao, le mate reke, ireke naho o razantika rey. [16]Nilanjagne ho a Sekema agne iareo naho nalevegne tamy
ty kibory nandevegnagne'i Abrahama tao tamy ty volafoty tamy ze ana'i Hamora t'a Sekema tagne.[17]Naho fa magnarine i
fotoa'i fampanantenagne'y, i fampanantenagne natan'Andrianagnahare tama'i Abrahama, le nihamaro naho nitombo ty
ndaty t'Egypta tao,[18]mandra-pitsangana'i mpanjaka hafa t'Egypta tao, mpanja tsy nahafantatse ty mikasike ai'i Josefa. [19]O
mpanjaka'o ka ro namitake ty vahoakentikagne naho nampijale o razantika rey, iareo le nanere o razantika rey hagnenga
o ana'e reo amy ty loza mba tsy ho velogne.[20]Tama ze fotoagne zay ty Mosesy ro terake; ireke le soa
tagnatrehan'Andrianagnahare teo naho tineza telo volagne t'anjomba ty Rae'e tao. [21]Naho fa naboake amonto egne reke,
le ty anak'ampela'i Farao ro nanangangne naho niteza aze manahake ty anaky lahi'e.[22]Le nampanaregna ze kila
fahendreagne iaby ze anagna'i Egyptiana ty Mosesy, naho le nahare tamy ty reha'e naho ty asa'e reke. [23]Ka naho fa ie ho
efapolo taogne reke, niavy t'agnarofo'e tao ty hitilike o roahalahe'e reo, ana'i Isrealy. [24]Nahatrea Israelita raike ze
mpijalegne ka le niaro aze ty Mosesy sady namale ai'ze nampijale aze'y tamy ty famonoagne o Egyptiana'ao: [25]Nandineke
reke te ho azo'o roahalahe'e reo fa tamy ty alala'ty fitan'Andrianagnahare ro nagnavotse iareo nefa le tsy azo iareo zay.
[26]Tamy ty andro magnarake le niavy tama'o Israelita ila'e reo tao reke laha nialy iareo; nagnandargne ty nampionogne ty

kirairaike iaby reke, nirehake te hoe: "Ry lahilahy, mpiroahalahe nareo, nagninogne inareo avao ro mifandratse?" [27]Fe ie
ty raike nanao ty tsy nete tama ty nama'e nanosek'aze, naho nireka te hoe: "Ia ro nijobogn'azo ho mpandily naho ho
mpitsara anay? [28]Tea'o vao ty hamono ahy, manahake ty namonoa'o o Egyptiana reo omale'y?"[29]Nilay ty Mosesy naho fa
nahare izay; lasa mpivahiny reke tama ty tane'e Midiana tao, i niteraha'e ty ana'e roe lay. [30]Naho fa nihoatse ty efepolo
taogne, nisy anjely raike niseho tama'e t'ambalike tagne tamy ty vohetse Sinay tegne, tamy ty lelanafo'ty voaroy nirehetse.
[31]Naho fa trea'i Mosesy i afo'oy, gaga reke tamy ty fahatreavagne; naho fa nagnantogne reke le nagnente aze, ingo
boak'agne avy le nisy feo'i Tompo nisaontsy nanao ty hoeke: [32]"Iraho ro Andrianagnahare'o raza'o reo, Andrianagnahare'i
Abrahama, le i Isaka, naho i Jakoba." Nititike ty Mosesy naho le tsy nahavane nagnente.[33]Nisaontsy tama'e ty Tompo
nanaoty hoeke: "Afaho i kapa amy tombo'o egne'y, fa o toeragne hijoroa'o le tane masigne. [34]Fa treako vata'e ty fijalia'o
vahoake Egypta ao'o, reko ty fitaraigna'iareo, le fa nizotso nagnavotse iareo Raho; ka henanek'izao, alefako ho Egypta
agne rehe."[35]Ingo ty Mosesy i aze niliere'iareo'oy, naho fa nirehake iareo te hoe: "Ia ro nijobogn'azo ho mpandily naho ho
mpitsara?" Ireke o tokagne nalefan'Andrianagnahare sady ho mpandily ro mpagnavotse. Andrianagnahare nandefa aze
tamy ty alala'ty tagna ty anjely ze niseho tama'i Mosesy tamy ty voaroy tegne. [36]Nitareke iareo hiala t'Egypta ao ty Mosesy,
naho fa boaka nanao fahagagagne naho famantaragne t'Egypta tao le tamy ty ranomasigne mena tegne ka, naho
t'ambalike tegne avao agnate ty efapolo taogne. [37]Io avao i Mosesy i nirehake tamy ty tarira'i Israely te hoe:
"Andrianagnahare le nanangagne mpitoky ho anareo amy ty roahalahe'areo eo, mpitoky manahak'ahy."'[38]Eke o lahilahy
t'anjomban'Agnahare tao'oy t'am-balike tao niarake tamy ty anjely i nirehake tama'e t'am-bohetse'i Sinay tegne'y. Ireke o
lahilahy niarake tama'o razantika reo; ireke o lahilahy nandrambe saontsy velogne zaraigne ho antika'o. [39]Ireke o lahilahy
tsy nitea'o razantika'o; nasio'iareo lavitse iareo reke, naho ty am-po iareo agne le nimpoly t'Egypta agne iareo. [40]Tama'o
fotoagne'o nirehake tama'i Arona iareo te hoe: "Anò Andrianagnahare zahay hitarik'anay, manahake ai'i Mosesy,
nitarek'antika hiboake ai'i Egypta'ay, tsy haintika ty ze niseho tama'e."[41]Le nanao aomby lahi'e kede iareo tamy ze andro
zay naho nanday rakitse tama'o sampy io teo, naho le nifale tamy ty asan-tagna'e iareo. [42]Nitolike ty Andrianagnahare
naho nagnenga iareo mba ho fideragne o kintagne an-dagnitsy egne, arake ty voasoaratse tamy ty boky ty mpitoky tao: "O
inareo vao nagnome ahy biby mate naho fagnomezagne agnete ty efapolo taogne t'am-balike tao, tragno'i Isrealy?
[43]Neke'areo ty tabernakeli'i Moloka naho ty kintan'Andrianagnahare Refana, naho miarake amy ty sare ze ata'areo
hanompoagne aze, naho Iraho ty hinday anareo ankoatse i Babylona agne.''[44]Iareo razantika dia nanagne lily folo ty
fijoroagne vavolombelogne t'am-balike tagne, arake ty lilin'Andrianagnahare naho fa nisaontsy tama'i Mosesy Reke, i
toko'e nata'e nitovy tamy ty fomba fa nitrea'e. [45]Ingo i tragnolay igne ze nalai'o ranzantika reo, naho nindese'e tama ty
tane niarake tama'i Josoa tao, t'agnatreha'o razantika reo teo, o fanagna'o firenena reo ze nandroahan'Andrianagnahare
ty tane ze nirambese'iareo ho fanagna'iareo manokagne, nioregne tamy ty tane agnate ty andro'i Davida i tragnolay igne,
[46]naho ireke nahazo fagnomezam-balisoa tamy ty fahavazohoan'Andrianagnahare teo naho nagnontane naho hahatrea
teoragne hitobohagne ho an'Andrianagnare'i Jakoba.[47]Fe ie i Salomona ro nagnamboatse ty anjomba ho
an'Andrianagnahare. [48]Ndre izay aza, ty Bey vata'e le tsy mianjomba tao amy ty anjomba vita tamy ty tagnagne, arake ty
voareha ty mpitoky te hoe: [49]"An-dagnits'agne ty hiafarà ty toboko, le ty tane ro fisi'ty tomboko. Tragno hoey ty aià ro
afake hamoare'o ho ahy? Hoey ty Tompo, na toeragne hoey ty aià ro hitobohako? [50]Tsy tagnako vao ro nanao o kila raha
iaby reo?[51]O ndaty mafe hatoke reo naho tsy voasavatse am-po ao naho sofigne, i nareo le manohetse avao ty Fagnahy
Masigne; i nareo le manao manahake ze nata'ty eraza'areo. [52]Ia tama'o raza'areo reo ro tsy nagnenjeke mpitoky?
Nivinono'iareo ze mpitoky ze niseho taloha'ty fiavia'ty Fahamaregnagne, naho henanik'izay i nareo le lasa mpamadike
naho mpamono aze ka, [53]i nareo vahoake ze nandrambe ty lalàgne ze napetra'o anjely reo, nefa tsy nitana'areo."[54]Naho fa
nahare'o raha reo ze mpikambagne amy ty filan-kevetse ao, tofotse ty fo'iareo, naho le nagnily vazagne iareo tamy ty
Stefana. [55]Fe ie ireke, ze feno Fagnahy Masigne, niandrandra soa i lagnitse'y naho nahatrea ty
voninahin'Andrianagnahare, naho nahatrea ai'i Jesosy nijoro t'ankavanan'Andrianagnahare teo. [56]Stefana nirehake te
hoe: "Henteo, treako misokatse o lagnitse reo, naho ty Ana'o ndaty mijoro an-kavanan'Andrianagnahre eo."[57]Teo am'izay
le nitampena iareo mpikanmbegne amy ty filan-kevetse ao ty sofi'iareo, naho le nikorake tamy ty feo ze fara'e ambone,
nilay mbama'e mbeo iareo. [58]Tinari'iareo miboake i tanagne'y reke naho le nanomboke nirake vato aze iareo, naho o
vavolombelo reo le nametrake ty siki'e tamy ty tombo'i ajaja lahy managnaragne hoe Saoly igne teo.[59]Naho nitorake vato i
Stefana iareo, nitoka mafe i Tompo reke le nirehake te hoe: "Tompo Jesosy, raeso ty fagnahike." [60]Nanongalike reke le
nitoka tamy ty feo mafe te hoe: "Tompo, ko tanagne o ze heloke zao hanoheragne iareo." Naho boaka nirehake izay reke le
nienten-droro.

# 8

[1]Nagneke ty fahafatesa'e ty Saoly. Ka le nanomboke tama'o andro'o ty fagnenjehagne jabajaba hanoheragne ze
anjomban'Agnahare t'a Jerosalema tao; naho o kila mpino reo le niparitake magneragne o farits'i Jodia naho i Samaria,
ankoatse'o Apostoly reo. [2]O lahilahy matahotse an'Andrianagnahare reo le nandevegne ai'i Stefana naho nanao hira
fisaognagn'aze. [3]Fe ie i Saoly le nanimba vata'e ty anjomban'Agnahare; nitete tragno reke naho nangalake o lahilahy naho
ampela reo, le nandefa iareo t'am-pigadragne tagne.[4]Fe ie ze mpino niparitake rey le nandeha nitory ty saontsy. [5]Le
nandeha tamy ty tanàm-be'i Samaria naho nitory ai'i Kristy tama'iareo.[6]Naho fa nahare naho nahatrea o famantaragne ze
nata'i Filipo reo i vahaoke maro rey, le nifantake soa tamy ze raha nirineha'e iereo. [7]Niakatse tama'i maro ze nilira'ey i
fagnahy raty rey, nikorake mafe, le maro tama'o malemy naho kepeke reo ro sintragne. [8]Noho izay le fifaliam-bey ty

tama'o tanàm-bey io tao.[9]Fe ie nisy lahilahy raike man'agnaragne hoe Simona tamy ty tanàm-bey tao, vaho betibetike ty
nihisa aoly; mateteke nahalatsa o vahoki'i Samaria reke, naho fa nagnambara te ireke le ndaty mana ty lanja'e. [10]O
Samaritana iaby reo, manomboke amy ty kede vata'e ka hatramy ty bey vata'e, le nitsendregn'aze soa; le hoe iareo te hoe:
"O lahilahy io le i fahefan'Andranagnahare i tinoka hoe Jabajaba." [11]Le nitsendrign'aze iareo, satria ireke le nahalatsa
iareo fa t'agnate ty fotoagne elaela tamy ty aoly.[12]Fe ie naho fa nino ai'i Filipo iareo noho ireke nitory ty talily soa
mahakasiky ty fanjakan'Andrianagnahare naho ty tahina'i Jesosy Kristy, le natao batisa iareo, ndre o lahilahy reo ndre o
ampela reo. [13]Ndre i Simona aza le nino, le tafara ty nanoagne batisa aze le nijanogne niarake tama'i Filipo avao reke.
Naho fa nahatrea o famantaragne naho asa jabajaba ze niseho reo reke, le latsa.[14]Naho fa nire'o Apostoly reo te
nandrambe ty saontsin'Andrianagnahare t'a Jerosalema tao ty Samaria, le nalefa'iareo tama'iareo agne ty Petera naho i
Jaona. [15]Naho fa nandeha iareo, le nivavake hoe iareo iareo, mba mety ty handrambesa iareo ty Fagnahy Masigne. [16]Fe ie
mandram-piavia ze fotoagne zay, le mbe tsy nisy nirotsaha ty Fagnahy Masigne iaby iareo; fe ie vita batisa tamy ty
tahina'i Tompo Jesosy avao heke. [17]Ie naho boakeo le nametrake ty tagna'e tama'iareo ty Petera naho i Joana, naho le
nandrambe ty Fagnahy Masigne iareo.[18]Naho fa trea'i Simona fa i Fagnahy Masigne'y le natolotse t'an-tana'o apostoly reo
teo tamy ty alala ty fametrahan-tagnagne, le nomea'e vola iareo. [19]Hoe reke hoe: "Omeo ahy ka ze fahefagne zay, ka ze
ametrahako tagnagne le mete handray ty fagnahy Masigne."[20]Fe hoe ty Petera tama'e te hoe: "Lonike ho rava
miarak'ama'o ty volafoti'o, satria rehe nandinike ty hahazo ty fagnomezan'Andrianagnahare amy ty alala ty vola. [21]Tsy
managne anjara rehe ndre tapa'e amy ze raha zay, satria ty fo'o le tsy marigne aman'Andrianagnahare. [22]Noho izany
mibebaha amy ty hadisoa'o, naho mivavaha ama'i Tompo, sao de mba mete hamela ty fagniria ty fo'o Reke. [23]Fa iraho le
mahatrea te voamosavy ty lolom-po rehe naho voafehy ty helo'o ka rehe."[24]Namaly ty Simona naho le nanao ty hoeke:
"Mivavaha am'i Tompo ho ahy, mba tsy hisy hiseho amako iaby o raha nirineha'o reo."[25]Naho fa nijoro vavolom-belogne
naho nagnambara ty saonts'i Tompo iareo, le nimpoly t'a Jerosalema tagne ty Petera naho i Jaona, nitory ty talily soa
tama'o tanàgne maro t'a Samaritana tao.[26]Naho le nisy anjeli'i Tompo nirehake tama'i Filipo sady nirehake te hoe:
"Mitsangàna naho mandeha magnatimo'o lalagne mizotso boak'a Jerosalema agne mandeha a Gaza." (Ambalik'agne o
lalagneo.) [27]Le nitsangagne reke le nandeha. Ingo, nisy lahilahy boak'a Etiopia agne, t'an-tapa'i Kandasy, mpanjaka vave'o
Etiopiana reo. Ireke ro nitantagne ty harea iaby. [28]Le noly reke ka le nitoboke tamy sarete'ey teo, naho namaky ty reha'i
Isaia mpitoky.[29]Nirehake tami'i filipo i fagnahÿ nanao ty hoeke: "Mandehana le ko miala lavitse o sarete'eo." [30]Naho le
nilay nagnantogen'aze reke, naho nahare azenamaky ty rehake tama'i Isaia mpitoky tao, naho nanao ty hoeke: "Rendre'o
avao ao raha vakie'o?" [31]Nirehake i Etiopiana'ay nanao t hoeke: "Manao akore ty hahafantarako, naho tsy misy ndaty
manoro lalagn'agny?" Nangatake i Filipo reke mba hagnantogne i sarete'y naho hitoboke miarake ama'e.[32]Le ty andalan-
tsoratse masigne ze nivakie'i Etiopiana'y le nanao ty hoeke: "Nandesigne ho vonoegne manahake o aondry io reke, naho
le manahake o anak'aondry moagne'o agnatreha ty mpagnitsik'aze ao, noho izay le le tsy nahita raha ho rehefigne reke.
[33]Fe ie tamy ty fangalam-baraka aze le nalagne tama'e ty rare'e. Ia ro afake hamaritse vata'e ty ze tarira'e? Noho ty fiai'e
nababoke t'an-tane etoy."[34]Naho izay le nagnantogne'i tandapa'yty Filipo, nanao ty hoeke: "Mialale ama'o raho, ia o ro
rehafe'o mpitoky io, ty vata'e avao vao, sa ndaty hafa?" [35]Le nanomboke nirehake ty Filipo, naho le nanomboke tamy ze
soratse masigne zay ro nitoria'e ty talily soa mahakasike'i Jesosy tama'e.[36]Naho fa nandeha t'an-dalagn'egne iareo, le
nagnantogne tamy ty ze misy rano tegne iareo naho le nanao ty hoeke i tandapa'y: "Ingo, misy rano ty eto. Inogne ro
mahasakagn'ahy tsy atao batisa?" [37](Fagnamarihagne: Hoe ty Filipo te: "Naho mino amy ty fo'o manontolo rehe, le afake
atao batisa." Namale i Etiopiana'y te hoe: "Mino raho te i Jesosy Kristy ro Anan'Andrianagnahare.") [38]Le nampijanogne'i
Etiopiana'y i sarete'y. Nizotso amy rano'y egne iareo, i Filipo naho i tandapa'y, naho nata'i Filipo batisa reke.[39]Naho fa
niakatse i rano'y iareo, le nandese ty Fagnahi'i Tompo ty Filipo, le tsy trea'i tandapa'y sasa reke, fe ie nandeha tam-
pifaleagne tamy lala'e tegne. [40]Fe ie ty Filipo le niseho t'Azota tagne naho nitete o faretse'o reke, nitory ty talily soa era'i
tanàm-bey iaby igne mandram-piavia ze boaka Kaisaria.

## 9

[1]Fe ie i Saoly, le mbe nirehake rabiogne avao mbegne fe ndre hatramy ty famonoagne manohetse o mpiana'i Tompo reo
aza, nandeha tamy ty mpisorom-bey tagne [2] naho nagnontane aze o taratasy hoey o Sinagoga reo t'a Damaskosy tao, ka
naho nahatrea ndre ia ndre ia tamy o lalagne'o eo reke, ndre lahilahy ndre ampela, le indese'e hitoboke a Jerosalema
agne iareo.[3]Nahombe nandeha reke, le izao ty raha niseho naho fa niavy agnila'i Damaskosy teo reke, tampoke teo le avy
le nisy hazavagne namirapiratse nagnodidign'aze boaka an-dagnitse agne; [4]naho le nitonta tamy tane'y teo reke le nahare
feo nirehake tama'e te hoe: "Saoly, Saoly, nagnino rehe mangnenjek'ahy io?"[5]Saoly namaly nanao ty hoeke: "Ia rehe,
Tompo?" Hoe ty Tompo: "Iraho o Jesosy enjeheo'o avao'o, [6]fe mitsangàna, mizilira amy o tanàgne'o ao, naho ho rehafigne
ama'o ze raha tsy maintsy hata'o." [7]Nijagaridigne tsy naharehake ze lahilahy niara-dia tama'i Saoly, nahare i feo'oy, fe ie
tsy nahatrea ndre ia ndre ia.[8]Nitsangagne boake tamy ty tane ty Saoly, le naho nanokatse ty maso'e reke, le tsy afake
nahatrea ndre inogne ndre inogne reke; ka nitantagne'iareo tamy ty tagna'e reke le nandesigne t'a Damaskosy tagne. [9]Tsy
nahatrea agnate ty telo andro, naho tsy nihinan-kanigne reke sady tsy ninon-drano.[10]Le nisy mpianatse t'a Damaskosy tao
managnaragne ty hoe Ananiasy. Nirehake tama'e tamy ty fahatreavagne i Tompo: "Ananiasy!" Hoe Reke: "Ingo, intoy raho,
Tompo." [11]Nisaontsy tama'e ty Tompo nanao ty hoeke: "Mitsangana, le mandehana agne amy ty lalagne ze atao ty hoe
Mahitsy, le naho fa an-tragno'i Jodasy ao le mangataha ama'i lahilahy boaka Tarsosy agne atao ty hoe Saoly,fa mivavake
reke. [12]Fa nahatrea tamy ty fahatreavagne ty fiavia'o ndaty atao ty hoe Ananiasy reke le hanmetrake ty tagana'e ama'e eo,

ka mete hahatrea ndraike reke."13Fe ie namaly ty Ananiasy nanao ty hoeke: "Tompo, fa nahare tamy ty maro raho
mahakasike'o ndaty io, mahakasike ty raty nata'e tamy ty ndati'o masigne t'a Jerosalema tao. 14Nanagne fahefagne tama'o
loha ty mpisorogne reo reke mba hanambotse ze kila mitoka ty tahina'o eto." 15Fe ie nisaontsy tama'e ty Tompo nanao ty
hoeke: "Mandehana, fa ireke le fitaovagne nijobogneko, mba handay ty agnarako agnatreha'o Jentilisa'ao eo le o
mpanjaka naho o tarira'i Israely reo; 16fa hasehoko aze te hoe manao akure o fijalegne noho ty amy ty agnarako."17Ka le
lasa ty Ananiasy, le nizilike tamy ty tragno tao. Nametrake ty tagna'e tama'e teo, le niraheka reke te hoe: "Roahalahy Saoly,
i Tompo Jesosy, i niseho tama'o t'an-dalagne tegne naho fa nimbetoagne rehe'y, ro nagnirak'ahy tatoy mba mete
hahatreava'o naho ho feno ty Fagnahy Masigne." 18Teo naho eo le raha hoe kiram-pia ro avy le niendake tamy ty maso'i
Saoly teo, naho le nahatrea reke, nitsangagne reke le natao batisa; 19le nihinagne reke ka le nahazo hery. Nipetrake
niarake tama'o mpianatse reo t'a Damaskosy tao agnate ty andro maro reke.20Avy le nagnambara ai'i Jesosy tamy ty
Synagoga tao reke, nagnambara te Ireko ro Anan'Andrianagnahare. 21Ze nahare aze iaby le latsa naho nirehake te hoe:
"Tsy o ndaty io vao ro namono ze boak'a Jerosalema ze nitoka tama'o agnaragne'o? niavy teto reke mbe nangalake iareo
ho rohizagne ho agne amy ty mpisorom-bey." 22Fe ie lasa nihanahery ty Saoly, naho nampijaly ty Jiosy ze nipetrake t'a
Damaskosy tao ka nagnaporofo te i Jesosy ro Kristy.23Tafara ty andro maromaro, niarake nanao drafitse mba hamono
iareo Jiosy. 24Fe ie le avy le nifanta'i Saoly ty tetek'iareo. le niambigne i vavahady andro aman'aligne mba hamono aze
iareo. 25Fe nangalak'aze tamy ty hgaligne o mpiana'e rey le nagnenga aze hizotso tamy ty rindriegne, nampizilik'aze
tagnaty harogne tao.26Naho fa niavy t'a Jerosalema teo reke, le nagnandragne ty hagnantogne o mpianats'i Saoly reo, nafe
natahotse aze iaby iareo, tsy nino te mpianatse reke. 27Fe ie nangalak'aze ty Barnabasy le nanday azy tama'o apostoly reo
teo, le nirehake tama iareo reke te hoe manao akore ro nahatreava'i Saoly ai'i Tompo t'an-dalagne tegne naho ty
nisaontsia'i Tompo tama'e, le manao akore ka ty nitoria'i Saoly an-kasahiaagne tamy ty tahina'i Jesosy t'a Damaskosy tao.
28Nifankatrea tama iareo reke naho fa nizilike naho niboak'i Jerosalema. Nirehake an-kahasahiagne tamy ty tahina'i
Jesosy Tompo reke 29le nialy hevetse niarake tama'o Jiosy Grika reo; nefa le mbe niezake ty hamono aze avao iareo. 30Naho
fa nifanta'o roahalahy reo zay, le nandesy iareo nizotso t'a Kaisaria tagne reke naho nalefa'e ho a Tarsosy agne reke.31Fe ie
naho boakeo, ty anjomban'Agnahare nagnaregnagne ze kila Jodia iaby, Galilia, le Samaria nanagne fiadanagne naho
voaorigne; naho, nandeha tamy ty tahotse i Tompo naho tamy ty fampiononagne ty Fagnahy Masigne, ka nitombo isake ty
anjomban'Agnahare. 32Le avy zay henanek'izao, naho nandeha nagneragne ze kila faretse manontolo ty Petera, le
nandeha nizotso tama'o mpino reo tagne ze nitoboke tamy ty tanà'i Lyda avao ka reke.33Nahatrea ndaty man'agnara hoe
Aenasy tao reke, fa t'am-pandreagne teo avao tagnate ty valo taogne, satria naleme reke. 34Nirehake tama'e ty Petera
nanao ty hoeke: "Aenasy, magnasitragn'azo ty Jesosy Kristy. Mitsangàna le amboaro o fandreao'o," naho niarake tam'izay
le nitsangagne reke. 35Fe ie ze kila nipetrake t'a Lyda naho t'a Sarona tao iaby le nahatrea i lahilahy ka le nitolike tama'i
Tompo iareo.36Le nisy mpianatse raike magn'aragne hoe Tabita t'a Jopa tao, midika hoe "Dorkasy." Nanao asa soa maro o
ampela'o naho nanao fagnampiagne feno asa fiantragne ze natà'e hoe ze rarake. Tama'o andro reo le narare reke le
nimate; 37naho fa nanasa aze iareo, le napetra'iareo tamy ty efetragno amoby tao reke.38Satria fa nagnarine'i Lyda ty Jopa,
le nandrendreke o mpianatse te tao ty Petera, le nandefa ndaty roe tama'e tagne iareo, nangatak'aze: "Miavia ama'ay agne
kahe ko asiagne hatak'andro." 39Nitsangagne ty Petera naho nandeha niarake tama'iareo. Naho fa niavy reke, le
nitarek'aze tamy ty efetse am-bony tao iareo, naho ze kila tsy mpanambaly iaby nitsangagne t'agnila'e teo nitagny, nanoro
aze sikigne naho ty ze lamba nata'o Dorkay reo haihay reke mbe niarake tama'iareo.40Nalefa'i Petera t'ambalike agnefatse
agne iareo iaby, nanongalike, naho nivavake; boekeo, nitolike tama'i lolo'oy, nirehake reke ty hoeke: "Tabita, mitsangàna."
Le namoha ty maso'e reke boakeo, naho nahatrea'i Petera reke le niaregne. 41Boekeo nanolotse tagnagn'aze ty Petera naho
nampitsangagn'aze; naho fa nitoka i mpino rey naho i tsy mpanambaly rey reke, le naseho'e tama'iareo ty fahaveloma'e.
42Lasa fantatse nageragne'i Jopa iaby ze raha zay, le ndaty maro ro nino i Tompo. 43Tam'izay ty Petera le nipetrake andro
maromaro niarake tama'i lahilahy raike man'agnaragne hoe Simona t'a Jopa tao, mpandoko holitse.

# 10

1Le nisy lahilahy raike tamy ty tanà'i Kaisaria tao, man'agnaragne hoe Kornelio, kapiteni'o antoko Miaramila Italiana reo.
2Lahilahy mpivavake reke, i raike midera an'Andrianagnahary reketse ty valy aman'ana'e iaby; nagnome vola maro
ai'iareo ze t'agnaty ty tsy fahampeagne tao reke, naho nivavake mandrakariva tamin'Andrianagnahare.3Nagnodidigne ty
tamy ty lera faha sivy maraigne teo ho eo, nahatrea mazava tamy ty fahatreavagne anjelin'Andrianagnahare
nagnantogn'aze reke. Nanao ty hoeke i anjelÿ tama'e: "Ry Kornelio!" 4Nagnente i anjelÿ ty Kornelio naho avy le natahotse
ka nirehake te hoe: "Inogne toy, tompoko?" Nirehake tama'e i anjelÿ te hoe: "O vavake'o reo naho o fagnomeza'o reoho
ai'ze rarake le tafiakatse ho fagnatem-pahasoavagne agnatrehan'Andrianagnahare eo. 5Le magniraha lahilahy ho amy ty
tanà'ty Jopa agne mba hangalake i lahilahy raike atao hoe Simona tokavegne hoe Petera. 6Mipetrake miarake amy ty
mpandoko holitse man'agnaragne hoe Simona reke, amoron-driake egne ty tragno'e."7Naho fa lasa i anjely nirehake
tama'ey, le nitoka ty roe tama'o mpanompo'e t'an-tragno tao ty Kornelio, naho miaramila mpivavake raike tama'o ze
nanompo aze. 8Nagnambara tama'iareo ze kila raha niseho ty Kornelio naho nandefa iareo t'a Jopa tagne.9Naho
nimaraigne nagnodidigne ty lera faha-enigne teo, naho mbe t'an-dalagne tegne iareo ka nagnantogne i tanàgne'y, le
niakatse ambony tafon-tragno tegne ty Petera mba hivavake. 10Nanomboke niha-keregne reke boakeo ka nipay raha ho
hanigne, ne naho mbe agnate ty mahandro hanign'aby i ndatÿ, le azo ty nofy reke, 11ka le nahatrea i lagnitse'y nisokatse
reke fitahirizagne raike nizotso boak'agne,. manahake o lamba bey io nizotso an-tane etoy, tandrify o zoro'e efatse'o. 12Tao

ro nisy karazam-biby manan-tomboke efatse naho ze kila raha milaly iaby an-tane etoy, naho ty voron-dagnetse.[13]Le feo
nirehake tama'e te hoe: "Mitsangàna, ry Petera, mamonoa le mihinana." [14]Fe ie nirehake ty Petera nanao ty heoke: "Aha,
Tompo; mbe tsy nihinagne ze raha tena voarara naho tsy malio raho." [15]Niavy tama'e fagnindroa'e ndraike i feo'oy te hoe:
"Ze nihitsahin'Andrianagnahare, le tsy tokavegne te hoe faly." [16]Niseho in-telo zay; ie naho fa niboakeo i fitahirizagne'y le
nimpoly niakatse eo naho eo t'an-dagnetse agne[17]Naho fa vere hevetse mahakasike ty dika'i nofy nefa trea mivantagne ty
Petera, le ingo, ze lahilahy nalefa'i Kornelio nitsangagne aloha'i vavahady eo, boakeo iareo le nagnontane ty tragno'i
Simona, [18]le nitoka ka nagnontane te mipetrak'ao ty Simona, i atao te hoe Petera avao ka, na aha.[19]Naho mbe nandinike
mahaksike i nofÿ ty Petera, le nirehake tama'e i Fagnahÿ te hoe: "Ingo, telo lahy ro mipay azo. (Fagnamarihagne: Ty amy
ty dikan-drehake taloha le ty hoeke: "Roe lahy ro mipay azo" na "misy lahilahy ila'e mipay azo.) [20]Mitsangàna le mizotsoa
ka miaraha ama'iareo. Ko misalasala ty miarake ama'iareo, satriairaho ro nandefa iareo. [21]Le nizotso tama'o lahilahy reo
tagne ty Petera ka nirehaka te hoe: "Iraho o paiave'areo'o. Inogne ty anto ty lia'areo?"[22]Hoe iareo te hoe: "I kapiteny
tokavigne te hoe Kornelio'oy, lahilahy marigne naho ndaty midera an'Andrianagnahare, naho soa laza amy ty firene'ty
Jiosy agne iaby, i nambaran'anjelin'Andrianagnahare mba hampangalak'azo ho an-tragno agne, noho izay le afake
mitsandrigne ze hafatse boak'ama'o reke." [23]Le nampandroso iareo naho hijanogne hiarake ama'e ty Petera. Naho maray
igne le nitsangagne reke ka niarake tama'iareo, naho ty ila'e tama'iareo roahalahy boak'a Jopa agne le nagnorike aze.
[24]Amy ty andro magnarake le t'a Kaisaria tao iareo. Nimbegne iareo ty Kornelio; tinoka'e iaby ze longo'e naho ze mana'e
marinike.[25]Le tam'izay naho fa nizilike ty Petera, nifankatrea tama'e ty Kornelio naho le niondreke t'an-tombo'e teo mba
hidera aze. [26]Fe ie nagnampy aze ty Petera, nirehake te hoe: "Mitsangàna! Iraho le ndaty avao ka.[27]Naho mbe nirehake
niarake tama'e ty Petera, le nizilike reke le nahatrea ndaty maro loatse niarake nivory. [28]Le hoe reke tama'iareo te hoe: "Ty
vata'areo mahafantatse fa tsy ara-dalàgne hoe ty Jiosy ty miara-miasa na mamangy ndaty boak'amy ty firenena hafa. Fe ie
Andrianagnahre nanaho tamako fa tsy toko'e hitoka ndaty be hakeo na tsy malio raho. [29]Izay ty anto'e niaviako tsy nisy
sakatsakagne, naho fa nirahegne Raho. Ka magnontane anareo Raho te hoe nagnino nareo ro magnirake ho
ahy."[30]Nirehake ty Kornelio nanao ty hoeke: "Efatse andro mialoha'ze lera zao vata'e, le nivavake t'an-tragnoko tao raho
tamy ty lera fahasivy; le nahatrea, lahilahy raike nitsangagne t'agnatrehako nanao sikigne namirapiratse. [31]Le hoe reke:
'Ry Kornelio, fa onin'Andrianagnahare i vava'oy, le o fagnomeza'o hoe ze rarake reo le nampahatiaro an'Andrianagnahare
ty mahakasik'azo. [32]Noho izay le magniraha ndaty ho a Jopa agne, le ampiavio ama'o agne i lahilahy atao hoe Simona ze
tokovigne hoe Petera avao ka. Mipetrake an-tragno'i Simona mpandoko holitse ao atao hoe: Simona reke, i amoron-driake
egne'y.' (Fagnamarihagne: Ty dikan-drehake taloha le magnampe hoe: "Naho fa niavy Reke, le hisaontsy ama'o." [33]Le avy
le nalefako ho azo. Soa ty fiavia'o. Le henanek'izao, itika iaby niavy agnatrehan'Andrianagnahare eto, mba hitsendregne
ze nisaontsi'i Tompo anareo ro rehefegne." (Fagnamarihagne: "Naho ho toko'e ho: "nisaontsi'i Tompo ro rehafigne" ro eo,
le ty dikan-drehake taloha le te hoe: "nisaontsin'Andrianagnahare ro rehefigne.")[34]Boakeo le nanokatse ty vava'e ty Petera
naho nirehake te hoe: "Maregne vata'e, fantako te Andrianagnahare le tsy miangatse ndre amin'ia ndre amin'ia. [35]Fe ie ka,
amy ty firenena kiraikiraike agne ndre aia ndre aia ro midera naho manao asa maregne le eke'e iaby.[36]Fanta'areo i hafatse
ze nalefa'e hoe ze ndaty i Isrealy, naho fa magnambara talily soa mahakasike ty fiadanagne boaka amy ty alala'i Jesosy
Kristy reke, i Tompo'ze kila'o ndaty- [37]I nareo tegna'areo le mahafantatse ze raha niseho, ze tena niseho tamy ty ze kila
toeragne t'a Jopa tao iaby, nanomboke t'a Galilia tagne, tafa'ty batisa ze nambara'i Jaona; [38]o raha niseho mahakasike an'i
Jesosi'i Nazareta, ty fomba nagnosoragnan'Andrianagnahare aze tamy ty Fagnahy MAsigne naho tamy ty hery. Nandeha
nano soa reke sady nagnasitragne ze kila voarohi'i devoly iaby, satria niarake tama'e ty Andrianagnahare.[39]Itika le
vavolombelo'ze kila raha nivita'i Jesosy iaby, tamy ty tane'o Jiosy io tagne naho t'a Jerosalema tagne. Nivinono iareo Reke
tamy ty alala'ty fagnantognagn'Aze tamy ty hazonajale teo, [40]fe ie Andrianagnahare nanangagn'Aze tamy ty andro fahatelo
naho nanao ze haharendrehagn'Aze, [41]tsy o ndaty reo iaby, fa o vavolombelogne ze voafilin'Andrianagnahare mialoha-
tamintika ze nihinagne naho ninogne niarake tama'e tafara'ty naha-vagnom-belo Aze.[42]Nandily anay Reke mba
hagnambara ami'ze ndaty naho hijoro vavolombelogne fa Ireke o raike nijobognen'Andrianagnahare ho Mpitsara'ty
velogne naho ty mate. [43]Ho Aze ro hijoroa'ze mpitoky iaby vavolombelogne, mba ho ze o mino Aze ro handrambe
famelan-keloke amy ty alala'ty tahina'e.[44]Naho mbe nirehake ze raha zay ty Petera, le nirotsake tama'ze iareo ze
nitsendregne ty Fagnahy Masigne. [45]O ndaty tagnate ty vondro'ty mpino voasavatse- o ze kila niarake tama'i Petera reo
iaby- le latsa, satria ty fagnomeza'ty Fagnahy Masigne le narotsake hoe ty Jentilisa avao ka.[46]Fe ie re'iareo ze Jentilisa
mirehake ama'ze firehake hafa zay naho mankalaza an'Andrianagnahare. Le namaly ty Petera nanao ty hoeke: [47]Fe ie vao
misy ndaty afake mitanjake rano mba tsy hanovagne batisa iareo, o ndaty ze nandrambe ty Fagnahy Masigne manahake
antika ka? [48]Le nandily aze iareo mba hatao batisa amy ty tahina'i Jesosy Kristy reke. Le nangatake aze iareo mba
hipetrake hiarake ama'iareo agnaty ty andro tsy ampeampe.

# 11

[1]Le o apostoly naho o roahalahy ze t'a Jodia tagne nahare te o Jentilisa reo ka le nandrambe ty Saontsin'Andrianagnahare.
[2]Naho fa niakatse t'a Jerosalema tagne ty Petera, ze tamy ty antoko'ze voasavatse reo le nandatsa aze; [3]hoe iareo te: "Irehe
nikambagne niarake tama'o lahilahy tsy voasavatse sady nihinagne niarake tama'iareo!"[4]Fe ie nanomboke nagnazava ze
raha niseho tama'iareo tamy ty antsipiriha'e ty Petera; hoe reke te hoe: [5]"Nivavake tamy ty tanà'ty Jopa tagne raho, le
niazo ty tsindrimandre ty amy ty fisian-draha raike ze nizotso, manahake ty lamba bey nazotso boak'an-dagnitse agne
tama'o zoro efatse reo raho. Nizotso tamalo teo zao. [6]Nagnente izay raho le nandinike mahakasike izay. Nahatrea ze biby

mana tomboke efatsy ty tane, ze bibin'ala, ze biby milaly, naho ze biby voron-dagnitse.[7]Ie naho niboakeo raho nahare feo
nirehake tamako te hoe: "Mitsangàna, ry Petera; mamonoa le mihinàna." [8]Hoe raho te: "Aha, ry Tompo; fe ie mbe tsy nisy
raha tena tsy masigne na maloto nizilike t'am-bavako tao." [9]Fe ie i feo'oy namaly ndraike boak'an-dagnitsy agne nanao ty
hoeke: "Ze natalilin'Andrianagnahare fa malio, ko tokavegne hoe maloto." [10]Niseho in-telo zay, le ie naho niavy eo le
nampiakaregne nimpoly an-dagnitse agne ndraike i raha rey.[11]Ingo, teo naho eo le nisy telo lahy nitsangagne
tagnatreha'ty tragno ze nisy anay teo; nalefa boak'a Kaisaria tagne ho amako atoke iareo. [12]Nandily ahy hiarake ama'iareo
i Fagnahÿ, le tsy toko'e hisalasala ama'iareo raho. O roahalahy enigne reo le nandeha niarake tamako, naho nandeha t'an-
tragno'i lahilahÿ tao zahay. [13]Nirehake tama'ay reke ty nahatreava'e anjely raike nitsangagne t'an-tragno tao le nirehake te
hoe: "Migniraha lahilahy a Jopa agne le andeso mimpoly ty Simona tokavigne hoe Petera. [14]Hagnambara hafatse raike
ama'o reke hagnavots'azo - irehe naho ze tarana'o iaby."[15]Naho fa nanomboke nirehake tama'iareo raho, le nirotsake
tama'iareo ty Fagnahy Msigne, manahake ty nirotsaha'e tama'ay t'am-boaloha'e tagne. [16]Tiaroko i saontsi'i Tompo,
nisaontsia'e te hoe: "Jaona nanao batisa tamy ty rano vata'e; fa i nareo le mila hatao batisa amy ty Fagnahy Masigne
ao."[17]Ka naho Andrianagnahare nagnome aze o fagnomezagne mitovy amy ze nome'e antika tamin'tika ninoai'i Tompo
Jesosy Kristy, ia raho, ro ho afake hanohetse an'Andrianagnahare?" [18]Naho fa re'iareo ze raha zay, tsy nirehake ndre ino
ndre inogne handesy mamaly iareo, fe ie nidera an'Andrianagnahare ka iareo naho nirehake te hoe: "Le
Andrianagnahare nagnome fibebahagne ho fiaignagne hoe'o Jentilisa'o avao ka."[19]Le o ze naparitake noho ty
fagnenjehagne nanomboke tamy ty fahafatesa'i Stefana le niely lavitse t'a Foinika tagne, Kyprosy, naho a Antioka, fa iareo
le nagnambara ty hafatse mahakasike ai'i Jesosy tama'o Jiosy reo avao. [20]Fe ie ty ila'e tama'iareo, o lahilahy boak'a Kyprosy
agne reo naho Kyrena, le nandeha t'Antioka agne le nirehake tama'o Grika'ao avao ka, nagnambara tama'iareo ty talily
soa mahakasike'i Tompo Jesosy. [21]Niarake tama'iareo ty fità'i Tompo; maro iake ty nino naho nitolike tama'i Tompo.[22]Ze
vaovao mahakasik'aze reo le niavy an-tsofi'ze anjomban'Agnahare t'a Jerosalema tao, naho nagnirake'i Barnabasy iareo
hatragne Antioka. [23]Naho fa niavy reke ka nahatrea ty fagnomezan'Andrianagnahare, le falefale reke; le nampahery iareo
iaby reke mba hiorigne miarake ama'i Tompo amy ty fo'iareo iaby. [24]Satria lahilahy soa sady feno Fagnahy Masigne naho
finoagne, le ndaty maro ro niampe hoe'i Tompo.[25]Le nandeha t'a Tarsosy tagne ty Barnabasy mba hipay ai'i Saoly. [26]Naho
fa trea'e reke, le nandese'e t'Antioka agne. Le feno tao'e raike niara-niasa t'anjomban'Agnahare teo iareo roe lahy ka
nampianatse ndaty maro. Kristiana voaloha'e t'Antioka tao ty nitokavagne ze mpianatse.[27]Le tama'ze andro zay le nisy
mpitoky maromaro boak'a Jerosalema agne nandeha t'Antioka agne. [28]Le nitsangagne ty raike ama'iareo, i Agabo ty
itokavagn'aze, le nagnambarà ty Fagnahy fa hisy keregne vata'e ho avy magneran-tane. Niseho zay tamy ty andro'i
Klaodio.[29]Noho izay, ze mpianatse, arake ty fahafahaha'ty kiraikiraike iaby, le nanapa-kevetse ty handefa fagnampiagne
hoe'o roahalahy t'a Joda agne. [30]Nanao izay iareo; nandefa vola hoe'o zoke'o ndaty reo iareo tamy ty tanà'i Barnabasy
naho i Saoly.

## 12

[1]Le tami'ze andro zay ty Heroda mpanjaka nanambotse o ila'e ze ai'o anjomban'Agnahare mba hahafaha'e mampijale
iareo. [2]Nivinono'e tamy ty mesa ty Jakoba roahalahi'i Jaona.[3]Le naho fa nitrea'e te nahafale o Jiosy reo zay, le nanao ze
hanamboragne ai'i Petera ka reke. Izay le naharetse amy ty andro'ty mofo tsy misy masirasira. [4]Naho fa nivoasambotse
reke, le nata'e am-pigadragne agne reke naho nijobogne miaramila efatse toko hiambigne aze, nagniry ty hanolotse aze
amy ze ze ndaty eo reke naho fa vita Paska.[5]Noho izay le nitanagne am-pigadragne ao avao ty Petera, nihamafese'ze
t'anjomban'Agnahare tao ty vavake ze natà'iareo tamin'Andrianagnahare ho aze. [6]Tamy ty haligne aloha'ty handesa'i
Heroda aze ho tsaraigne'y, le natory t'agnivo'i miaramila roe rey teo ty Petera, nirohy seny roe, naho mbe nijanogne
niambigne'i fogadragne'y i mpiambegne rey t'aloha'i varavaragne'y teo.[7]Ingo, nisy anjeli'i Tompo niseho tampoke
t'agnila'e teo, le nisy fahazavagne namiratse ty t'agnate'i efetse'i figadragne'y tao. Nikiboke'i Petera tamy ty ila'e teo reke
naho namoha aze ka nanao ty hoeke: "Mitsangàna malaky", le niala t'an-tagna'e tegne i senyrey. [8]Nirehake tama'e i anjelÿ
te hoe: "Ampisikino ty vata'o le agnisio i kiraro'oy." Le natà'i Petera iaby zay. Nirehake tama'e i anjelÿ te hoe: "Isikino ty
siki'o ivela'e le magnaraha ahy."[9]Niboake ty Petera le nagnarake'i anjelÿ. Tsy hai'e te ze raha natà'i anjelÿ le tena maregne
iaby. Nandinike reke te mifota-mandre. [10]Naho fa boaka nandriogne tamy ty mpiambegne voaloha naho faharoe teo iareo,
le niavy tami'i vavahady vigne potike an-tanàgn'agne'y; nisokake ho aze hoe iareo zay. Niboake iareo le nizotso tamy ty
lalagne raike, le nenga'i anjelÿ reke naho fa boakeo.[11]Naho fa nimpoly amy tyvata'e ty Petera, nirehake reke te hoe:
"Fantako vata'e henanik'izay te i Tompo ro nandefa i anjelÿ naho nagnafake ahe tamy ty tanà'i Heroda, naho tamy ze kila
raha nilignasa'i Jesosy hiseho iaby. [12]Naho fa nitamberen-tsaigne tam'izay reke, le nandeha t'an-tragno'i Maria rene'i
Jaona tagne, takovegne ka te hoe Marka, i nisy ndaty maro nivory naho nivavake.[13]Naho fa nandondogne t'am-bavahady
teo reke, nisy ondevo vavy raike atao hoe Roda niavy nanokak'aze. [14]Naho fa fanta'e ty feo'i Petera, tamy ty hafaleagne le
avy le tsy nivoavoha'e i varavara'y; fe ie ka, nandeha nilay t'an-tragno agne reke, nambara'e te i Petera nijoro t'am-
bavaravaragne teo. [15]Le nirehake tama'e iareo te hoe: "Gege rehe." Nizizo mafe reke te izay ro izy. Nirehake iareo te hoe:
"Ty anjeli'e zay."[16]Fe ie tsy nijanogne ty nandondogne ty Petera, naho fa vinoha'iareo i varavaragne'y, le nahatrea azy
iareo naho latsan-draha. [17]Nagnetseke ty tagna'e tama'iareo ty Petera mba tsy hirehake, le nambara'e tama'iareo ty fomba
nagnandesa'i Tompo azy niakatse i figadragne'y. Hoe reke te: "Atalilio'areo am'i Jakoba agne naho o roahalahe reo ze raha
zao." Le nisintake reke le nandeha tamy ty toeragne hafa tagne.[18]Naho fa nibeake i andro'y , le tsy mba nisy fo taitse ndre
kede ty tama'o ze miaramila teo tamy ze raha niseho tama'i Petera. [19]Naho niavy nipay azy ty Heroda le tsy nahatrea aze,

nagnadigne i mpiambegne rey reke naho nandily iareo mba ho vonoegne. Le nizotso boak'a Jodia agne nandeha a
Kaisaria agne reke naho le lia'e nitoboke agne.[20]Niboseke mafe ty Heroda tama'o vahoake'i Tyra naho Sidona. Niarake
nandeha ama'e agne iareo. Nandrese lahatse ai'i Blasto iareo, i mpagnampe'i mpanjaka'y, mba hagnampe iareo. Le
nangatake filongoagne iareo, satria i tanà'iareo'y mandrambe ze hanigne boak'ama'i mpanjaka'o tanàgne'o. [21]Tamy ty
andro voatondro'i Heroda le nampisikigne ty tegna'e sikina mpanjaka naho nipetrake tamy ty seza fiandriagnagne teo;
nikabaro tama'iareo reke.[22]Nagnorentsegne i vahoake rey: "Feon'Andrianagnahare zao, fa tsy an'o ndaty!" [23]Teo naho eo le
avy le nisy anjeli'i Tompo namele aze; satria tsy nagnome volonahitse an'Andrianagnahare reke; nihane ty soko reke le
nimate.[24]Fe ie ty saontsin'Andrianagnahare nitombo naho nihamaro. [25]Ka naho fa vita'i Barnabasy naho i Saoly ze irake
nampanaovegne iareo, le nimpoly baok'agne [T'ila'e ama'o dika soaratse tranaigne mirehake te hoe: "Nimpoly t'a
Jerosalema tagne iareo] Jerosalema iareo, nanday ai'i Jaona niarake tama'iareo, i tokavegne te hoe Marka avao ka.

# 13

[1]Le tamy ty anjomban'Agnahare t'Antioka tao, le nisy mpitoky naho mpampianatse maro ty tao. Barnabasy iareo, Simona
(i tokavegne te hoe Nigera), Lisiosa boak'ama'i Sirena, Manaena (i roahalahe ze niolonono tama'i Herada mpanapake),
naho i Saoly. [2]Naho mbe nidera ai'i Tompo naho nifily hanigne iareo, nirehake te heoke i Fagnahy Masigne'y: "Atokano ho
ahike ty Barnabasy naho i Saoly, mba hanao ze asa nampanoeko iareo." [3]Tafara ty nifalia'iareo hanigne, le ty nivavaha'e,
naho ty nametraha'iareo tagnagne tama'o lahilahy reo, nalefa'iareo iareo.[4]Ka nagneke i Fagnahy Masigne'y ty Barnabasy
naho i Saoly naho le nandeha nizotso t'a Selosia tagne; naho fa niavy tegny iareo le nijogne sambo ho amy ty nosi'i Sipra
agne. [5]Naho fa tami'i tanà'i Salamina tao iareo, le nitory ty saontsin'Andrianagnahare tamy ty Synagoga'o Jiosy reo tao
iareo. Naho nanagne'i Jaona Marka ka iareo mba ho mpagnampe iareo.[6]Le naho fa nanapatapake i nosÿ raike'y
manontolo mb'a Pafosy agne iareo, le nhatrea mpanao aoly, mpitoky Jiosy sandoke io, ty agnara'e le i Bara Jesosy.
[7]Mpanao aoly nara-niasa tama'o goverinora reo, i Serjio Paolosy, lahilahy tena mahay. Nisambori'o lahilahy io ty
Barnabasy naho i Saoly, satria te hahare ty saontsin'Andrianagnahare reke. [8]Fe ie i nanohetse iareo ty Elimasy "mpanao
aoly" (zay ty nandikagne ty agnara'e); naho le niezake ty hagnodigne'i governora hiala amy ty finoa'e reke.[9]Fe ie i Saoly,
tokavegne avao ka te hoe Paoly, le feno ty Fagnahy Masigne, naho nametsevetse azy soa. [10]Naho nirehake te hoe: "Ihe ry
ana'ty Devoly, ama'o egne iaby ze karazam-pitagne naho ze kila haratiagne iaby. Tsy hijanogne ty hampiadake ty lala-
mahiti'i Tompo marigne rehe, sa tsy izay vao?[11]Fe ie henanek'izao, ama'o eo ty fita'i Tompo, ka ho goa rehe. Naho tsy
hahatrea i masoandro'oy aloha rehe. "Teo naho eo le nilatsake tama'i Elimasy tao ty fanjavognagne naho ty iegne;
nanomboke nirerirery naho nangatake tamy ze ndaty reke mba hitarik'azy amy ty tagna'e. [12]Naho fa nahatrea ze raha
niseho ty governora, le nino reke, satria latsa tamy ty fampianaragne mahakasike'i Tompo reke.[13]Nandeha niondra sambo
boak'a Pafosy mb'ami'i Perga a Pafilia agne ty Paoly naho ty nama'e. Fe ie ka i Jaona nagnenga iareo naho nimpoly t'a
Jerosalema tagne. [14]I Paoly naho i nama'e rey le nandeha boak'a Perga tagne naho nandeha Antioka'i Pisidia agne. naho fa
tao le nandeha tamy ty Synagoga agne tamy ty andro Sabata iareo le nitoboke. [15]Tafara ty famakiagne ty lily naho ty
mpitoky, le nandefa hahafatse tam'iareo tagne ty mpitarike naho ty Synagoga nirehake te hoe: "Ry roahalahy, naho
managne hafatse fampaherezegne hoe'o ndaty eto reo nareo, le rehafo'areo."[16]Ka nitsangagne ty Paoly naho nanao
fihetseke tamy ty tagnagne, nirehake te hoe: "Ry tarira'i Israely naho i nareo ze nagnome volonahitse
an'Andrianagnahare, mitsandregna. [17]Ty Andrianagnahare'ty tarira'i Israely le nijobogne ty raentika naho nampitombo
iake ty ndaty naho fa nipetrake tamy ty tane'i Egypta tao, le tamy ty fanandratagne ty sandri'e ro nitariha'e iareo hiboake
ty ao. [18]Le tagnate ty efapolo taogne teo ho eo ro nandefera'e iareo t'agnefetse agne. (Fagnamarihagne: Ty dikan-drhake
taloha le nivakiegne manahake izao: "Tagnate ty efapolo taogne eo ho eo le niahy iareo t'agnefetse tagne reke.")[19]Naho fa
niavy nandrava firenena fito tamy ty tane Kanana tagne reke, le nomea'e o vahoantikao i tane'iareo'oy mba ho lova. [20]Ze
raha iaby niseho zay lefa tamy ty faha dimampolo amy efa-jato taogne. Tafara'ze raha iaby zay, Andrianagnahare
nagnome mpitsara iareo mandram-piavia'i Samoela mpitoky.[21]Le boakeo nangatake mpanjaka i vahoake rey, le
Andrianagnahare nagnome iareo ai'i Saoly anakilahi'i KIsa, lahilahy boaka amy ty foko'i Benjamina, mba ho mpanjaka
agnate ty efapolo taogne. [22]Ie naho niboakeo nalan'Andrianagnahare tamy ty fanjaka'e teo reke, ka nanandratse ai'i
Davida mba ho mpanjaka'iareo. Fa izay ro nisaontsin'Andrianagnahare mahakasike'i Davida te hoe: "Fa nahatrea ai'i
Davida ana'i Jesea raho mba ho ndaty ty tarira, i hanao ze kila raha teako hata'e.[23]Fa boak'ama'ty tarira'o lahilahy io ro
hagnandesan'Andrianagnahare mpagnavotse hoe'i Israely, le i Jesosy zay, arake ze fa nampagnantegnai'e hatao.
[24]Nanomboke niseho zay , taloha'ty niavia'i Jesosy, nagnambara voaloha'e tama'ze kila vahoak'Israely iaby mahakasike ty
batisa'ty fibebahagne ty Jaona. [25]Satria fa nahavita ty asa'e ty Jaona, le hoe reke: "Ia ty fandiniha'areo ahy? Tsy iraho ro ie.
Fa tsandregno, hisy rake ho avy boak'afarako ao, le ty kiraro'ty fandia'ey le tsy hahamendreke ahy ty hamaha aze.[26]Ry
roahalahy, anake boak'amy ty tarira'i Abrahama, naho ze midera an'Andrianagnahare iaby ama'areo, ho antika ro
nandefasagne ze hafatse mahakasike ty famonjeagne zay. [27]Fe ie o ze mipetrake a Jerosalema agne reo, naho ty
mpitarik'iareo, le tsy nahay Aze, ka tanterah'iareo i voareha'i mitoky vakiegne isake Sabata avao'oy ty amy ty
fagnenjehagn'Aze.[28]Ndre tsy mahatrea anto'e soa hamonoagn'Azy aza iareo, le nangatake tama'i Pilaty avao ka mba
hamono Azy. [29]Naho fa tantera'iareo ze kila raha iaby voasoratsy mahakasik'Aze, le nazotso iareo tamy ty hazo tegne Reke
naho nampandre'e t'ampasagne tao.[30]Fe ie nivagnognem-belon'Andrianahare Reke. [31]Le hita'o ze niarake niakatse tama'e
boak'a Galilia tagne mandeha a Jerosalema agne Reke agnate ty andro maromaro. Le henanik'izao le o ndaty reo ro
vavolombelo'e hoe'ty ndaty.[32]Naho izay zahay mirehake ama'areo ty talily soa ze nampagnantegnain'Andrianagnahare

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

tama'ty raintika i fa tantera'e ho antika, 33ana'iareo, tamy ty namagnogna'e ai'i Jesosy. Arake ze fa voasoaratse amy ty
Salamo faharoa ao te hoe: 'Anako rehe, am'izo le ho lasa Rae'o raho.' 34Ty anto'e namagnognam-belo Aze le ty tsy
hahasimba mandrakizay ty vata'e, nisaontsy nanao ty hoeke ty Andrianagnahare: 'Homeko anareo ty fitahiagne masigne
naho azo antoke nampagnantegnaigne ai'i Davida.'35Izay avao ka ro nahavy Aze nisaontsy tamy ty Salamo hafa tao te hoe:
"Tsy hagnenga ty Masigne hahatrea ty lo rehe." 36Satria naho fa nagnatanterake ze fagnirian'Andrianagnahare hoe'o
tarira'i Davida'ao le niazon-tory reke, ka nampandregne niarake tama'o rae reo reke le nihalogne ty vata'e. 37Fe ie ze
natsangan'Andrianagnahare le tsy nisy faharavagne.38Ka ao ho fanta'areo zay, ry rohalahy, fa tamy ty alala'o lahilahy io ro
nagnambaragne tama'areo ty famelagne ty hakeo. 39Amy ty alala'e ze o ndaty kirairaike ze mino le voamaregne amy ty ze
kila raha iaby ze mete tsy ho voamare'o lili'i Mosesy io.40Ka mitaoa mba tsy hiseho ama'areo ze raha nirineha'ty mpitoky
te hoe: 41"Ingo, i nareo ry mpanao tsinotsinogne, le ho latsa naho ho robake. Fe ie Iraho manao asa amy ty andro'areo, Asa
tsy ninoa'areo maregne, ndre misy ndaty magnambara azy ama'areo aza.42Naho fa lasa ty Barnabasy naho i Paoly, le
nangatake iareo i ndaty rey mba hitalilia'iareo o rehake reo avao amy ty Sabata magnarake. 43Naho fa tapitse ty fivoriagne
tamy ty Synagoga tao, le maro tama'o Jiosy reo naho o Proselita mafana fo ro nagnarak'i Paoly naho i Barnabasy, i
nirehake tama'iareo naho nandrisike aze mba hanohy tamy ty fahasoavan'Andrianagnahare tao.44Tamy ty Sabata
magnarake, le natao ho i tanàn-draike'y ro niarake niangogne mba hitsendregne ty saontsi'i Tompo. 45Naho fa nahatrea i
vahoake rey o Jiosy reo, le feno fialognagne iareo naho nirehake nanohetse ze raha nirineha'i Paoly naho nitsikike aze.
46Fe ie nirehake ankahasahiagne ty Paoly naho i Barnabasy naho nanao ty hoeke: "Paiavegne ho voa talily ama'areo
mialoha ty saontsin'Andrianagnahare. Fe ie naho fa manosike izay nareo naho mandinike ty tegna'areo ho ts mendreke ty
fiaignagne mandrakizay, le ingo, himpoly ama'o Jentilisa ao agne zahay. 47Arake ze fa nandilia'i Tompo anay, manao ty
hoeke: "Napetrako mba ho fahazava'o Jentilisa'ao nareo, izay ro toko'e hindesa'areo famonjeagne hoe'o ze amy ty fara-
vazan-tane agne."48Naho fa naharey izay o Jentilisa'o, le ny fale naho nidera ty saontsy i Tompo. Le tsiefa ty nino naho ty
voafily ho amy ty finoagne ty fiaignagne mandrakizay. 49Le ny paritake magneragne i faritse'y ty saontsy i Tompo.50Fe ie o
Jiosy io ka nandrisike o ampela mahery-fo naho man-danja'o, naho o lahilahy mpitarike t'an-tanàgn'ao. Izay le niterake
fagnejehagne i Paoly naho i Barnabasy naho le nanorake iareo ambalike sisin-tane i tanàgne'y ao. 51Fe ie i Paoly naho i
Barnabasy nagnitsagne ty bon-tane tamy ty tombo iareo mba hanoheragne iareo. Boakeo iareo le nandeha amy ty tanà i
Ikoniama. 52Le ny feno hafaleagne naho Fanahy masigne i mpianatse rey.

14 1Le tam'izay le ta Ikonioma ty Paoly naho i Barnabasy le nindre nilitse tamy Synagoga o Jiosy io tao le nirehake tam-
pahazotoagne le ty vahoake tsiefa Jiosy naho Grika le nino. 2Fe ie ty Jiosy ze ts nankato le nagnakorotagne ty fisaigna ty
Jentisa le nahavy iareo hanohetse o roahalahe'e reo.3Le nitoboke ela teo iareo, le nahasaky nirehake tamy ty hery i
Tompo, tamy-ty nagnomezae porofo mahakasike ty hafatse amy ty fahasoavae. Nanao izay Reke tama-ty alala-ty
famantaragne naho ty fahagagagne natao tama-ty alala-ty tana i Paoly naho i Barnabasy. 4Fe ie ty ankamaroae i tanàgne'y
le nizarazara: ty ndaty ilae nandietse tama-o Jiosy reo, le tilae nindre tama-o apostoly reo.5Naho fa nagnadragne nandrese
lahatse o mpitarike azeo o Jentilisa'o naho o Jiosy'o mba hamono naho hitora-bato i Paoly naho i Barnabasy,6le nietake
iareo naho nialy malaky t'an-tanà i Lykaonia, Lystra naho i Derbe tao, naho o tanàgne magnodidige faritseo,7 le tagne
iareo ro nitalily ty filazantsara.8Nisy lahilahy raike nitoboke ta Lystra tao, maleme ty tomboe,boake an-tron-drene'e
agne,fa ts nandeha hatram'izay. 9O lahilahy io naharey i Paoly nirehake. Paoly nagnatreke aze soa ta masoe teo le nahita
fa managne finoagne ho sitragne reke. 10Le nirehake tama iareo tamy ty feo mafe te hoe: "Mitsangàna amy tomboy." Naho
ny boakeo i lahilahy le niambotsambotsake naho le nandeha tamy magnodidigne teo.11Naho fa nahatrea ty raha natao i
Paoly o vahoake tsiefao le nagnandratse ty feo'e iareo,nirehake tama ty firehake Lykonia te hoe: "Nijotso boake an-
dagnetse agne ho aman-tika amy ty endre-ondaty o Andrianagnahare'o." 12Le nitokave iareo hoe "Jopitra" ty Barabasy, le i
Paoly "Merkory", satria reke ro mpandaha-drehake. 13Ty mpisoro i Jopitera, ei i Anjomban'Agnahare le tambalike i
tanàgne tao, le ninday agnombe naho fehiloha vigne t'ambavahady teo;reke naho ty vahoake tsiefa nagniry ty hagnomey
sorogne.14Fa i apostoly, Barnabasy naho i Paoly, naho fa naharey izay le nititike ty akanjo iareo le nandeha agnate
vahoake'y ao malaky, nitaraigne naho nirehake te hoe: 15"O lahilahy, nagnino nareo manao raha hoizao?Izahay ka nio
mba olombelogne maherey mahararе manahake anareo ka. Izahay minday filazantsara ho anareo,mba hitoliha areo
hisintake am'izao zava-poagne zao ho aman'Andrianagnahare velogne, i nagnamboatse i lagnitse'y, i tane'y, naho i
ranomasigne naho ty raha iaby ama- ao.16 Tama-ty andro taolo,le nenga'e nandeha tamy ty lala'e manokagne iaby
firenena rey.17Fe ie, Reke le ts nagneke ty vatae tsy hisy vavolombelogne, tao am'izay le nanao ty soa Reke naho le
nagnome'y anareo ranon'oragne boake an-dagnitsagne naho vanim-potoagne hahavokaragne, ka hagnome'y ty fo areo
amy ty hanegne naho ty hafaleagne." 18Fe ie na le tamy ze rehake zay aza, Paoly naho i Barnabasy le ts nijanogne ty
nandritse vahoake tsiefa tsy hanao sorogne hoe iareo.19Fa ty Jiosy ilae boake a Antiokia naho Ikonioma ao le niavy naho le
nandrese lahatse i vahoake'y. Iareo le nitora-bato i Paoly naho nitarike aze hiakatse i tanàgne'y, le nandineke aze fa mate
reke. 20Naho mbe nitsangagne nagnodidigne aze teo o mpianatse'o, le ny tsangagne reke le nilitse a tanàgne agne. Naho ny
amaray, le nandeha ho a Derbe nindre tama i Barnabasy reke.21Boakeo iareo nitalily ty filazantsara tao amy ze tanàgne
zay le nahazo mpianatse tsiefa, nimpoly ta Lystra tao iareo, le ta Ikonioma, naho t'Antiokia. 22Iareo le nanohy nampahery
ty fagnahy o mpianatse reo naho nampiriseke aze mba hanohy ao amy ty finoagne, ro sady nirehake fa: "Tsy maintsy
fijaleagne be'y ro hilirantika ao amy ty fanjakan'Andrianagnahare ao."23Naho fa nijobogne lohologne hoe iareo teo amy ty
isam-piangonana iareo, naho nivavake tamy ty fifalian-kanegne, le natolo iareo hoe i Tompo zay, ze ninoa iareo. 24Le

nandalo tama i Pisidia iareo le niavy tao ka ty Panfilia.25 Naho fa nitalily ta Perga iareo, le nandeha nizotso ta Atalia agne.
26Boake agne iareo ro nandeha sambo nizotso ho a Antiokia agne, i nahazahaoa iareo ty fahasoavan'Andrianagnahare hoe
ty asa ze fa nivita iareo am'izao.27Naho fa niavy t'Antioka tao iareo naho namory niarake ty anjomban'Agnahare, le nitalily
ze kila raha vitan'Andrianagnahare tama'iareo iaby, naho te hoeke manao akore ty nanokafa'e ty varavara'ty finoagne
hoe'o Jentilisa reo. 28Le nijanogne agnate ty fotoagne ela niarake tama'o mpianatse rey iareo.

## 15

1Ty ndaty ila'e le boak'a Jodia tagne hatr'Antiokia naho nampinatse'o roahalahy reo, ka nirehake te hoeke: "Naho tsy vita
savatse arake ty fomba fatà'i Mosesy nareo, le ts ho voavonjy nareo." 2Izay le nanday ai'i Paoly naho i Barnabasy tagnaty
ty fifandieragne tao naho aly hevetse tama'iareo. Noho izay ty Paoly naho i Barnabasy le nivoajobogne niarake tamy ty
sasa'e hafa tama'iareo hiakatse a Jerosalema agne mba hifankatrea ama'o Apostoly rey naho o Lohologne mahakasike ze
fagnontaniagne zay.3Noho izay iareo, nalefa'i fiangonagne'y, le namakivaky i Foinika naho i Samaria naho le nitalily ty
fiovam-po o Jentilisa. Iareo le ninday hafaleagne be'y tama- o roahalahe'o iaby.4 Naho niavy ta Jerosalema tao iareo, le
nirambese o fangonagneo naho o apostoly naho o lohologne reo, ka nitalily ze raha iaby ze nataon'Andrianagnahare tamy
iareo.5Fe ie ty ndaty ilae ze nino, ze tao amy ty tarike o Fariseo, le nitsangagne naho le nirehake te hoe: "Paivegne avao ty
manao savatse iareo naho ty mibaiko iareo hitao ty lilí i Mosesy." 6Naho izay o apostoly naho o lohologne reo le nindre
nivory mba handinike ze raha misy zay.7Tafara ty aly hevetse be'y, nitsangagne ty Petera le nirehake tama-iareo te hoe: "O
ry roahalahe, fanta-areo fa taloha ela be'y ty Andrianagnahare ro nanao fifiliagne ta ama'areo, mba ho amy ty alala ty
fivavahako le tokoe hahare'y ty talily soa o Jentilisa'o, naho hino. 8Andrianagnahare, ze mahafantatse ty fo,
vavolombelogne ama-iareo, nagnome'y ty Fagnahy Masigne'y iareo , manahake ty nataoe tama-tika; 9naho ts mba
namibike antika naho tama-iareo Reke, nagnaligno ty fo iareo tama-ty finoagne.10Naho naho izay nagnino nareo ro
mitsapa an'Andrianagnahare, te hoe tokoe hametraha areo zioga tamy vozo o mpianatse'o nefa na ty razantika na intika
aza ts mahavita mitarazo izay? 11Fe ie mino tika fa ho voavonjy amy ty alala ty fahasoava i Tompo Jesosy, manahake iareo
avao ka."12Ty ndaty iaby le tsendregne iareo soa agnate ty nitsanogna iareo i Barnabasy naho i Paoly nitalily o
famantaragne naho o fahagagagne niasan'Andrianagnahare ze niasa tama-o Jentlisa'o tama-ty alala iareo.13Naho fa boake
nijanogne nirehake iareo, le namale ty Jakoba, nirehake te hoe: "O ry roahalahe, tsanogno raho. 14I Simeole fa
nagnambara ty fomba nagnampian'Andrianagnahare tam-pahasoavagne voalohae o Jentilisa'o mba hangalake amy iareo
ty ndaty hoe ty agnarae.15O reha o mpaminany reo le mahakasike izay, arake ty voasoratse te hoe: 16'Tafa o raha reo le
himpoly raho, naho le hanangagne ndraike ty tragno lay i Davida raho, nihotrak'ey; hagnamboatse naho hampipoly amy
ty toe'e ndraike ze ny fanirava raho, 17mba himpalia i Tompo o ndaty sisa tavela'o, agnate izay ao iaby o Jentilisa'o ze
nitokave'e amy ty agnarako.' 18Izao ty saontsy i Tompo, o ze fa nanao o raha reo ze fa nihay tama-o razambe taloha reo.
(Fanamarihagne: O dikan-drehake ilae taloha reo le mivaky te zao: "Izao ro saontsy i Tompo, am'ireo ze mahafantase
tama-ty andro taloha tilae iaby.)19Naho izay, ty heveko le, tsy tokoe hagnakoratagne o boake amy Jentilisa'o ze nitolike
taman'Andrianagnahare tika. 20Fe ie tika le hanoratse hoe iareo fa tsy maintsy miala amy ty loto o sampy iareo, amy ty
fahavetavegne , naho amy ty hena o biby voakenda'o, naho amy ty lio iareo. 21Satria i Mosesy le fa voagnombara tama-ty
isan-tagnàgne tama-ty andro taloha le vakiegne ama-o synagoga ao reke isake ty sabata."22Le hoe soa tama-o apostoly
naho o lohologne reo, nindre tama-ty fiangonagne manontolo, ty hifily i Joda ze tokavigne hoe Barnabasy, naho i Silasy, i
mpitarike ty fiangonagne, naho ty handefa iareo a Antokia agne mindre amy i Paoly naho i Barnabasy.23 Iareo le
nanoratse toy: "boake amy o apostoly naho o lohologne'o, o roahalahe areo, hatramy o roahalahe boake a Jentily a
Antiokia, Siria, naho Kilikia: Arahaba!24Intika le fa nahare'y fa o ndaty ilae'eo le nisintake tamantika, tsy nisy baiko boake
amantika, naho nanelingeligne anareo tama-o fampianaragne ze nampikorontagne ty fagnahy areo.25 Izao ro ie, izahay
iaby le nagneke ty hifily o lahilahy io naho nandefa iareo ama-areo agne mindre amy i Barnabasy naho i Paoly mamy ay,
26lahilahy nanao ty aie tsy ho raha hoe ty agnara i Jesosy Kristy Tompontika.27Naho izay zahay le magnirake i Joda naho i
Silasy, i hagnambara ama-areo o raha io avao amy ty reha iareo manokagne. 28Fe ie te soa amy ty Fagnahy Masigne naho
ama-ay, ty tsy hampinday anareo entagne be'y naho o raha tena paiave areo'o: 29mba hiala areo amy o raha natao areo ho
fanatitse amy o sampy 'o, lio, o raha voakenda, boake amy ty fahavetavetagne. Naho mitandrigne ty vatae areo am'izay
nareo, le ho soa ama-areo zay. Veloma."30Naho izay iareo, naho ny voaroake, le nizotso ta Antokia agne; boakeo iareo le
nindre namory i vahoakeo, le nagnomey i taratasy iareo. 31Naho fa ny voavaky iareo izay, le nifale iareo noho ty
fampaherezagne.32 Joda naho i Silasy, mpitoky avao ka, le nankahery o roahalahe'o tama-ty rehake tsiefa naho
nampahary iareo.33Naho fa boake nijanogne fotoagne kedekede tao iareo, le nalefa am-piadanagne boake amy o
roahalahe agne ho amy o ze nandefa iareo iareo agne. 34[Fanamarihagne: Ty dikan-drehake ela vatae le misintake ty
andinie faha34 (henteo ty As 15: 40): "Fe ie mbe te hijanogne teo ty Silasy."] 35Fe ie i Paoly naho i Barnabasy le nijanogne ta
Antiokia agne tama-o hafa tsiefa'o, i nampianare iareo naho nitalilia iareo ty talily soa i Tompo.36Tafara ta toy ty Paoly le
nirehake tama i Baranabasy te hoe: "Andao tika himpoly am'izao le hamangy o roahalahy amy tanàgne iabio i nitalilia
tika i talilisoa Tompo, le mahatrea te hoe manao akory iareo." 37I Barnabasy le te hinday i Jaona vao ka i tao hoe i Marka
hindre amy iareo. 38Fe ie i Paoly nihevetse fa tsy soa ty hinday i Marka, i nagnega iareo ta Panfilia agne'y naho tsy nanohy
niara-niasa tama-iareo niasa.39Boakeo le nisy fifandieragne mafe, le nisarake iareo, le i Barnabasy ty ninday i Marka
nindre tama'e le nandeha sambo mbà Sipra. 40Fa i Paoly nifily i Silasy le nandeha, tafara ty nagnomeza o roahalahe aze

adidy hoe ty fahasoava i Tompo. [41]Boakeo iareo le nandeha namakivaky i Syria naho i Kilikia, le nampatanjake o
fiangonagne'o.

## 16

[1]Niavy ta Derbe naho a Lystra avao ka ty Paoly, le ingo, teo i mpiantse raike atao hoe i Timoty , anadahy ty ampela Jiosy
nino zay; Grika ty rae. [2]Ireke le soa laza tama-o roahalahe'eo i ta Lystra naho a Ikonioma agne'y. [3]Tea i Paoly hindre lia
ama'e reke; le nalae reke le nisavarae noho o Jiosy ze tamy o toeragne reo teo, satria fahay iareo iaby fa Grika ty rae.
[4]Naho fa nandeha namakivaky o tanàgne tsiefa iareo, le nagnomey hevetse hoe o mpino mba hagneke ty fampianaragne,
i nosorata i Apostoly naho ty lohologne ta Jerosalema tao.[5]Le niha-natanjake tamy ty finoagne i fiangonagne'y le nitombo
isa isan'andro.[6]Nandeha namakivaky i faritry i Frygia naho i Galatia ty Paoly naho ty namae, satria nirara ty Fagnahy
Masigne iareo hitalily ty rehake amy ty faritse i Asia agne. [7]Naho fa nilitse nagnarine i Mysia, le ny te-handeha ho a
Bitynia agne iareo, fe ie nisakana ty Fagnahy i Jesosy iareo. [8]Le nandalo tamy i Mysia, le nandeha nizotso ta n-tanà i
Troasy agne iareo.[9]Nahatrea fahitagne ty Paoly tanakaly: lahilahy raike Makedonia nitsagagne teo, nitoka aze le nirehake
te hoe:" Avia mba Makedonia atoy le vonjeo zahay." [10]Naho fa boake nahatrea i fahitagne'y ty Paoly, le niavy le nandeha
mba Makedonia eo noho eo zahay, nahatsapa fa Andrianagnahare ro nitoka anay mba hitory ty filazantsara amy iareo.
[11]Niondragne Sambo noho izay boak'a Troasy, le nandeha mihity ho Samatrakia agne zahay, naho le nandalo i Neapolia
zahay amy ty andro magnarake. [12]Ie naho nuiboakeo le nandeha a Filipy agne zahay, i agnisa'ty tanàgen Makedonia,
tanàgne mana ty lanja'e vata'e tamy ty faretse ao naho ty zana-tane Romanina, le nijanogne tao ami'ze tanàgne zay ao
agnate ty andro maro zahay. [13]Tamy ty andro ty Sabata le nandeha niakatse i vavahady agnila'i renerano'y eo zahay, ze
nidinihe'ay fa misy toeram-pivavahagne. Nitoboke zahay naho nirehake tama'o ampela ze niarake niavy teo.[14]Nisy
ampela raike atao hoe i Lydia, mpivarop-damba volomparasy boake amy ty taná i Tyatira, i nanompo
an'Andrianagnahare, nitsanogne anay. Namoha ty fo'e ty Tompo hitandregne ty saontsie ze volagne i Paoly. [15]Naho fa ny
vita batisa reke naho ty longo'e, le nandrisike anay reke, nirehake te hoe: "Naho nitsara ahike ho mahatoky amy i Tompo
inareo, le milira naho mitoboha an-tragno ao". Naho le nandrese lahatse anay reke.[16]Le tamy zay, naho nandeha amy
toeram-pivavahagne zahay, le nisy ajampela raike zay managne fagnahy ty sikily nifanena tama'ay. Ninday tombo'e tsiefa
hoe i tompoe tama ty alala ty sikily reke. [17]Nagnarake anay amy Paoly boake afara'o o anjamela'o le notoka mafe, nanao te
hoe ke te: "O lahilahy reo le mpanompon'Andrianagnahare ambone vatae. Mitalily ama'areo ty lalam-pamonjeagne
iareo." [18]Nanao izay agnate ty andro maro reke. Le fa nanomboke boseke aze ty Paoly le nitolike naho nirehake tamy ty
fagnahy te hoe: "Mandily azo amy ty tahina i Jesosy Kristy raho mba hiala'o amae ao." Le niakatse eo noho eo zay.[19]Naho
fa nitrea o tompo'eo fa lasa i fanantenagne ty amy ty tombo'e hoe iareo, le nisinambo iareo ty Paoly naho Silasy le
nitarihy iareo ho an-tsena agne ho aloha o manam-pahefagne'o eo. [20]Naho fa nindese iareo tamy mpitsara eo iareo, le
nirehake te hoe: "Magnakorontagne ty tanántika o lahilahy reto. Jiosy iareo. [21]Mitalily fomba ze tsy ara-dalàgne hoe o
Romanina'o ty magneke na magnatanterake aze iareo."[22]Le nitsangagne o vahoake'o nanohetse i Paoly naho Silasy;
nampandiva i mpitsara o saro iareò naho le nandily mba hijera iareo amy ty hataegne.[23] Naho fa nijera iareo mafe iareo,
le nalefa iareo an-tragno maiegne agne le nandily ty mpiambegne tragno maiegne mba hiambigne mafe iareo.[24] Naho fa
nahare'y ze lily zay o mpiambigne'o, le nalefa'e tama ty fara'e laleke vatae amy ty fonja iareo naho le mbe nafehe tama ty
hataegne ka ty tombo iareo.[25]Nagnodidigne ty fisasaha i halegne'y le nivavake ty Paoly naho Silasy le nihira fideragne
an'Adrianagnahare, le o gadra hafa'o le nitsanogne iareo. [26]Tampoke teo le nisy horohorontany bey, le
nampihozongozogne ty foto i fonja'y; le avy le nivoha ty varavaragne iaby, le nivaha ty fatotse tamy ndaty iaby.[27]Taitse
tamy ty torimaso'e o mpiambigne tragno maigne'o le mahatrea i varavara i fonja 'o nivaha; namoake ty mesae reke le ho
namono ty vata'e, satria nieretrerete'e fa nilay o gadra'o. [28]Fe ie nitoka tama ty feo mafe ty Paoly, nanao te hoe: "Ko
mandatse ty vatao, satria ato iaby zahay."[29]Nampangalake jiro i mpiambigne tragnomaigne'y le nilitse tsiela tagnate'e tao,
le nititike amy ty taho'e, nihohoke ta loha i Paoly naho i Silasy, [30]naho le ninday iareo niakatse naho nirehake te hoe:
"Tompo, inogne ty tsy maintsy hataoko mba hahavoavonjy ahy? [31]hoe iareo te hoe: "Minoa i Tompo Jesosy, le ho voavonjy
rehe, irehe naho ty longo'o."[32]Nitalily ty saontsin'Agnahary tama'e iareo, nitraoke tamy ty ndaty maro iaby t'an-tragno'e
tao. [33]Boakeo le nandrambe aze iareo tamy ty haligne tamy ty lera igne avao i mpiambegne i figadragne'y, naho le nanasa
ty ratse'iareo, le ireke naho ze iaby tamy ty trangno'e tao iaby le natao batisa teo naho eo. [34]Ie naho niboakeo le nandese'e
niakatse t'an-tragno'e tao ty Paoly naho i Silasy le nanjotso hanigne t'agnatreha'iareo teo reke, le nifale vata'e reke niarake
tama'ze t'an-tragno'e teo, fa ie fa nino an'Andrianagnahare reke.[35]Naho fa nimaraigne i andro'y, le nandefa iarake tama'o
mpiambegne reo i mpitsara'ay, nanao ty heoke: "Avotsoro handeha o lahilahy reo." [36]Nitalily ze irake zay tama'i Paoly i
mpiambegne'y, nanao ty hoeke: "Nampanday irak'ahy o mpitsara reo ty mba hagnengagne anareo handeha: noho izay
henanek'izao moboaha, le mandehana am-piadanagne."[37]Fe ie nirehake tama'ireo ty Paoly nanao ty heoke: "Nijera anay
t'amasom-bahoaky tsy nisy fitsaragne iareo, ndre ie mizàka ty zom-pirinena Romanina aza izahay_le nalefa iareo ta am-
pigadragne tao. Am'izao le tea iareo ho alefa an-tsokosoko vao izahay? Aha! Ao ty reha ireo ro ho avy eto naho hitarike
anay hiakatse." [38]Nitatitse ze rehake zay tamy i mpitsara agne o mpiambegneo, naho vao naharey iareo fa romanina ty
Paoly naho Silasy, le natahotse iareo. [39]Niavy naho nialatsiny tama iareo ty mpitsara naho le ninday iareo niakatse,
nangatake iareo mba hisintake ty an-tanàgne ao.[40]Le nisintake ta an-tragnomaigne tao ty Paoly naho i Silasy le nandeha
an-tragno i Lydia ao. Naho fa nahatrea o roahalahe'o ty Paoly naho i Silasy, le nampahery iareo naho boake'o le nisintake
ta an-tanàgne tao iareo.

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

# 17

[1]Naho fa nandalo o tanà o Anfipolia naho Apolonia ao iareo, le niavy tamy ty tanà i Tesaloniaka tao iareo, i nisy Synagoga
i Jiosy io. [2]Paoly, arake ty fomba fanao'e le nandeha tamy iareo teo, le nindre nialy hevetse tama iareo boake ao amy ty
Soratse Masigne agnate ty telo andro ty Sabata.[3]Nivoha'e ty Soratra Masina le hazavae fa ty fiai i Kristy nijale naho
hivagnombelogne ndraike. Hoe reke te hoe: "O Jesosy ze ataliliko ama'areo io ro Kristy." [4]Rese lahatse tilae tama o Jiosy io
le nagnorike i Paoly naho i Silasy, agnisa izay o mpivavake Grika ao maro an'isa, le tsiefa ka ty ampela mpitarike.[5]Fa o
Jiosy tsy mpino nindese-pialognagne le nangalake o ndaty raty fagnahy io boake an-tsena agne, namory o vahoakeo, le
nampihoretsegne i tanàgney. Nanafike ty tragno i Jasona, te hinday i Paoly naho i Silasy hisintake o vahoakeo iareo. [6]Fa
naho tsy trea iareo, le nitorahe ireo ty Jasona naho o roahalahe hafa ilaeo ho agnatreha o manam-pahefa o tanàgneo,
nitagny, "O lahilahy ze nampikorontagne izao tontolo izao reo le niavy eto ka. [7]O lahilahy ze nampandrosoa i Jasona reo le
manohetse ty lily i Kaisara; mirehake iareo fa misy mpanjaka hafa le i Jesosy zay."[8]Voaelingeligne i vahoakeo naho o
manam-pahefagne tamy tanàgne teo naho naharey ze raha zay. [9]Fe ie naho niavy eo o manam-pahefagneo nampanao
naho nampandoa vola i Jasona naho ty ambe'e mba ho antoke, boakeo nenga iareo nandeha iareo.[10]Nalefa'o roahalahy
reo t'a Beria tagne tama'i halegne'y avao ty Paoly naho i Silasy. Naho fa niavy agne iareo, le nizilike tamy ty Synagoga'ty
Jiosy tao. [11]Fe ie o ndaty reo le mihaja kagne noho'o ty iareo t'a Tesalonika tagne reo, fa nandrambe ty rehake tamim-
pahavognognan-tsaigne iaby iareo, nandinike ty Soratse Masigne isanandro mba hahatrea naho tena izay vata'e i raha
rey. [12]Noho izay le maro tama'iareo ty nino, tagnate'izay o ampela Grika manan-kaja ila'e naho lahilahy maro.[13]Fe ie ze
Jiosi'i Tesalonika iaby nahare te i Paoly le nagnambara ty saontsin'Andrianagnahare t'a Beria tao avao ka, le nandeha
tegne iareo le nampitabataba naho nampikorontagne o vahoake reo. [14]Avy le niavy eo naho eo, o roahalahy nandefa'i
Paoly rey ho an-dranomasign'agne, fe ie nijanogne teo avao ty Silasy naho i Timoty. [15]Ze nitarike'i Paoly avy le nanday aze
hatrak'amy ty tanà'i Atena agne. Naho nagnenga ai'i Paoly teo iareo, le nandrambe torohevetse boak'ama'e ho ai'i Silasy
naho i Timoty mba ho ama'e agne malaky arake ze azo atao.[16]Fe ie naho fa niambigne iareo t'Atena tagne ty Poaly, le niavy
boseke tagnate'e tao ty fagnahe'e naho vao nahatrea i tanàgne feno sampe. [17]Ka nialy hevetse tamy ty Synagoga tao
niarake tama'o Jiosy reo naho ze hafa ze nanompo an'Andrianagnahare reke, le manahak'izay ka ty tamy ty toera'ty
raharaham-barotse tao niarake tama'ze teo.[18]Fe ie t'ila'e ama'o Filozofa Epikoreana naho Stoika avao ka nietake tama'e.
T'ila'e nirehake te hoe: "Inogne ty tea'o be rehakeo ho rehafegne?" T'ila'e nirehake te hoe: "Manahake i raike ze nitoka ze
ndaty hagnarake o andrianagnahare hafahafa reo reke," satria nitalily ai'i Jesosy naho ty fivagnognam-belo reke.
[19]Nangalake'i Paoly iaeo naho nanday aze tamy ty Areopago tao, nirehake te hoeke: "Ie vao afake mamantatse ze
fampianaragne vaovao ze rineha'o zay vao zahay? [20]Fa minday raha hafahafa mbe tsy fiheno ty sofia'y rehe. Noho izay, te
hahafantatse ty dika'ze raha zay zahay." [21](Le ty Atenina iaby naho ty vahini'e nitoboke le nandany ty fotoa'e tamy ty tsy
nisy fe ie ka tamy ty fitaliliagne na fitsandregnagne mahakasike ty raha vaovoa.)[22]Ka nitsangagne tagnivo'ty Areopago teo
ty Paoly naho nirehake te hoeke: "Inareo lahilahi'i Ateniana, treako fa tena relijiozy ami'ze kila fomba iaby nareo. [23]Fe ie
naho nandalo raho naho nandinike ty tanjo'ty fomba fanompoam-pivavaha'areo, le nahatrea alitara raho misy ty soratse
toy te hoe: "Hoean'Andrianagnahare tsy Fantatse. "Inogne zane ro hivavaha'areo ao amy ty tsy fahafantaragne, izay ro
ambarako anareo.[24]Ty Andrianagnahare ze nanao izao tontolo izao naho ty kila raha iaby eo ama'e, satria Tompo'ty
lagnitse naho ty tane Reke, tsy miambesatse agnaty ty fiangonagne voaorigne tamy ty tagnagne. [25]Ndre Ireke tsy
nitompoegne tamy ty tagna'o ndaty, manahake ty nipay raha Reke, satria Ireke tegna'e ro magnme fiaignagne ty ndaty
naho ty fofogn'aigne naho ty kila raha hafa iaby.[26]Boak'amy ty ndaty raike ro nagnanova'e ty firenena iaby hoe ty ndaty
mba hiaigne ambony ty tane eo, namaritse ty fotoa'e iareo naho nijobogne ty toeragne hitobohagne naho ty andro
iaigna'iareo, [27]ka mba hipay an'Andriangnahare iareo, naho mete hahatratse naho hahita Aze iareo. Nefa mbe tsy lavitse
antika kiraikiraike iaby Reke.[28]Satria tika le nivelogne naho mihetseke le managne ty maha-izy antika ka, manahake ty
nirehfi'iraike'y amy ty mpanao talili'areo'oy manokagne te hoeke: "Toe tarira'e avao ka tika." [29]Noho izay,
anan'Andrianagnahare tika, itika le tsy toko'e hametsevetse te ty hasoa ty fomba'e le mitovy amy ty volamena, na volafoty,
na sary-sokitse ze niforognegne boak'amy ty asa tàgnagne naho aingam-pagnahin'olombelogne.[30]Noho izay le
nihalignon'Andrianagnahare ty fotoa'ty tsy fahaizagne, te henanek'izao mandily ty ze kila'o ndaty mbegne mbegne iaby
mba hibebake reke. [31]Izay ro ie satria nametrake andro Reke te hoe mbia ro hitsaragne an'izao tontolo izao amy ty
fahamaregnagne amy ty alala'o ndaty ze nijobogne'e. Nagnome porofo'o lahilahy io tamy ty ze ndaty kiraikiraiky iaby
tamy ty alala ty namagnognam-belogn'aze ty Andrianagahare.[32]Fe ie naho fa nahare ty fitsanganagne amy ty mate ze
vahoa'i Atena, le nitsikike ai'i Paoly t'ila'e; fa t'ila'e nirehake te hoeke: "Hitsendregn'azo ndraike mahakasike ze raha zay
zahay." [33]Tafara'izay, nagnenga iareo ty Paoly. [34]Fe ie t'ila'e ama'o ndaty rey nagnarak'aze naho nino, tagnat'izay ty
Dionysio Aeropagita, ampela managnaragne hoe Damary, le t'ila'e niarake tama'iareo.

# 18

[1]Lafa tafara'o raha iaby reo ty Paoly le nisitake ty t'Atena tao naho le nandeha a Korinto agne. [2]Nifanojo tamy ty Jiosy
managnaragne hoe Akoila zay reke ty tao, tera-tane Ponto, vaho niavy boak'a Italia agne niarake tama'i Prisila vali'e,
satria ty Klaodio nandily ze kila Jiosy iaby hiala ty a Roma ao. Nagnantogne'iareo ty Paoly, [3]le niarake nitoboke tama'iareo
reke naho niasa, mandrare ty asa'iareo.[4]Le nialy hevetse tamy ty Synagoga tao isaky ty Sabata ty Paoly. Nandresy
lahatse'o Jiosy naho'o Grika reo reke. [5]Fe ie naho fa niavy boak'a Makedonia tagne ty Silasy naho i Timoty, le tinere'ty


generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

Fagnahy hagnambara ama'o Jiosy reo te i Jesosy ro Kristy i Paoly. [6] Naho fa nandietse naho nitsikike aze'o Jiosy reo, le
nampihipahipaky ty lamba'e tama'iareo tagne ty Paoly le nanao ty hoeke: "Lonike ho amy ty loha'areo eo ty lio'areo; tsy
manan-tsiny raho. Fe ie manomboke am'izao le ho amy ty Jentilisa agne raho."[7]Le niala ty eo reke naho fa boakeo le
nandeha an-tragno'i Titosy Josto agny, lahilahy nanompo an'Andrianagnahare. Agnila'i Synagoga'y eo avao ty tragno'e.
[8]Krispo, mpitarike i Synagoga'y, nino i Tompo, niarake tama'ze iareo ze nitoboke tan-tragno'e tao; naho le maro tama'o
Korintiana reo ze nahare ty mahakasike izay ro nino naho natao batisa.[9]Nisaontsy tama'i Paoly ty Tompo tamy ty
fahazavagne te hoeke: "Ko matahotse, le ko mitsigne avao fa mirehafa. [10]Fa Iraho miarakama'o, naho le tsy hisy ndaty
hahazo hanao raty azo, fa managne ndaty maro amy ty tanàgne toy Raho." [11]Nitoboke tao agnate ty herentaogne naho
enem-bolagne ty Paoly naho le nampianatse ty saontsin'Andrianagnahare tama'iareo teo.[12]Fe ie naho fa nilasa governora'i
Akaia ty Galio, le niarake nitsangagne o Jiosy reo nanohetse ai'i Paoly ka nanday aze tagnatreha'ty toeram-pitsaragne teo;
[13]nirehake iareo nanao ty heoke: "O lahilahy io le nandresy lahatse ze vahoake hanompo an'Andrianagnahare ze
mifanohetse amy ty lily."[14]Naho fa handeha hirehake ty Paoly, le nirehake tama'ze Jiosy ty Galio nanao ty hoeke: "Inareo
Jiosy, naho rehake raha raty na hadisoagne zay, le mbe azo dinihigne ty fifampiraharahagne ama'areo." [15]Fa hatr'izay
nisia'o fagnontaniagne reo mahakasike o rehake naho agnaragne naho lili'areo manokagne reo, alamino'areo zay. Le tsy
magniry ty ho mpitsara ze raharahe zay raho."[16]Nagnafake iareo hiala amy ty sezam-oitsaragne teo ty Galio. [17]Ka le
nanambotse i Sostena iareo iaby, i mpandily i Synagoga'y, le nanjera aze tagnatreha'ty toeram-pitsaragne teo. Fe ie tsy
nivakilohay ze natao'iareo ty Galio.[18]I Paoly, naho fa boaka nitoboke tao tagnate ty andro maromaro,le nagnange o
roahalahy reo ka nijogne sambo ho a Syria agne niarake tama'i Prisila naho i Akoila. Taloha ty niala'e tamy ty figaran-
tsambo teo le nihitsifa'e t'a Kenkrea tao ty volo'e nono i voady natao'ey. [19]Naho fa niavy t'Efesiosy tagne iareo, le nenga'i
Paoly teo ty Prisila naho i Akoila, fa irek raiky avao ro nizilike tamy ty Synagoga tao ka nialy hevetse tama'o Jiosy reo.
[20]Naho fa nangatake ai'i Paoly mba hijanogne elaela iareo, le nandagne reke. [21]Nagnenga iareo avao reke, nirehake te
hoeke: "Mbe himpoly atoy avao raho naho sitrapon'Andrianagnahare zay." Le nijogne sambo niala ty t'Efesiosy tao reke
naho fa boakeo.[22]Naho fa nijanogne t'a Kaisaria tao ty Paoly, le nikatse reke ka le niarahaba ty fiangona'i Jerosalema naho
nizotso t'Antioky tagne naho boakeo. [23]Naho fa boaka nitoboke lera maromaro tao reke, le niongake ty Paoly ka nitete ze
farits'i Galatia naho i Frygia le nampionogne ze mpianatse iaby.[24]Naho le nisy Jiosy raike zay man'agnaragne te hoe
Apolosy, terake t'Aleksandria tagne, niavy t'Efesiosy tao. Le nahay nandahan-drehake reke sady nahafantatse soa i Soratse
Masigne'y. [25]I Apolosy le nampianarigne tamy ty fampianara'i Tompo. Mahery fo amy ty fagnahy, nirehake reke naho
nampianatse marigne ze raha mahakasike'i Jesosy, kanefaty batisa'i Jaona avao ro fanta'e. [26]Nanomboke nirehake am-
pahasakiagne ty Apolosy tamy ty Synagoga tao. Fe ie naho fa nahare aze ty Prisila naho i Akoila, le ninday aze ho an-tsisi'e
egne le nagnazava tama'e marigne ty lilin'Andrianagnahare.[27]Naho fa nagniry ty mba hanapatapak'i Akaia reke, le
nampahery aze ze roahalahy naho nanoratse hoe'o ze mpianatse t'Akaia tao mba handrambe aze. Naho fa niavy reke, le
nagnampy vata'e ze nino tamy ty fahasoavagne. [28]Nanohetse mafy o Jiosy reo ty Apolosy tamy ty aly hevetse
ampahabemaso, naneho tamy ty alala ty Soratse Masigne fa i Jesosy ro Kristy.

# 19

[1]Naho mbe t'a Korinty tagne ty Apolosy, le nandalo tamy ty firenena ambony ty Paoly naho le niavy tamy ty tanà'i Efesiosy
tao, le nahatrea mpianatse ila'e tao. [2]Hoe ty Paoly tama'iareo: "Nahazo ty Fagnahy Masigne vao nareo naho fa nino?" Le
hoe iareo tama'e: "Aha, le mbe tsy naharendreke ty mahakasike ty Fagnahy Masigne aza zahay."[3]Nirehake ty Paoly nanao
ty hoeke: "Natao batisa tamy ty inogne tao zane nareo?" Namaly iareo ty hoeke: "Tamy ty batisa'i Jaona tao." [4]Ka namaly
ty Paoly te hoeke: "Manao batisa amy ty batisa'ty fibebahagne ty Jaona. Nirehake tama'o vahoake'o reke te toko'e hino i
raike ze ho avy afara'e zay iareo, izay le, ama'i Jesosy ao."[5]Naho fa nahare izay i ndaty rey, le natao batisa tamy ty tahina'i
Tompo Jesosy iareo. [6]Ie naho niboakeo naho fa nametrake ty tagna'e tama'iareo ty Paoly, le nirotsake tama'iareo ty
Fagnahy Masigne naho nirehake tamy ty firehake hafa naho naminanyiareo. [7]Teo amy ty folo roe amby teo ho eo iareo
iaby.[8]Nizilike tamy ty Synagoga tao ty Paoly naho nirehake am-pahavaneagne agnaty ty telo volagne, nandresy lahatse
naho nampieke iareo ty mahakasike ty fanjakan'Andrianagnahary. [9]Fe ie naho fa mafe fo naho tsy nagneke o Jiosy ila'e
reo, le nanomboke nagnompa ty Lily tagnatreha'o vahoakeo teo iareo. Ka nenga'i Paoly iareo naho nirehake ze
mpianatse, nandresy lahatse iareo isanandro tamy ty efetse fampianara'o Tiraniana tao. [10]Nitohy tagnate ty roe taogne
zay, ka ze nitoboke t'Asia tao le nahatsendregne ty saontsi'i Tompo, le o Jiosy reo naho o Grika reo ka.[11]Nano asa
mahalatsa tamy ty alala ty tagna'i Paoly ty Andrianagnahary, [12]ka ndre i mosoara rey naho takon'akanjo nikasik'aze'y aza
le natao tamy ty marare naho le sitragne ze arety iareo naho niakatse boak'ama'iareo tao iaby i fagnahy raty rey.[13]Fe ie
nisy Jiosy mpangalake fagnahy raty zay nandeha nagnantogne tegne. Nitoka ty tahina'i Tompo Jesosy iareo mba
hanagna'iareo hery hanoheragne ty fagnahy raty naho fa nirehake iareo te hoe: "Ama ty alala'i Jesosy ze nambara'i Paoly,
mandily azo raho mba hiakatse." [14]I mpisorom-bey Jiosy man'agnaragne hoe Skeva naho nanagn'amake fito lahy ro nanao
izay.[15]Nisy fagnahy raty namaly iareo te hoe: "Fantako ty Jesosy, naho fantako ka ty Paoly; fe ie ia nareo?" [16]I Devoly tama'i
lahilahy tao le niambotsake tama'o mpangalake devoly naho nilay tama'i tragno'y tao niborodagne naho naratse. [17]Lasa
fanta ty ndaty iaby, naho o Jiosy reo naho o Jentilisa reo, ze nipetrake t'Efesosy tagne. Lasa natahotse mafe iareo, ka le
nomeam-bolonahetse ty tahina'i Tompo Jesosy.[18]Fe ie ka, maro tama'o mpino reo ro nagnantigne naho nibebake naho
nieke ze raha raty nivirta'iareo. [19]Maro ty nihisa aoly ro niarake nanday ty boky iareo naho nagnoro izay tagnatreha'ze
kila'o ndaty teo. Naho fa nagniake ty tombm-baro'irey iareo, le karantsana volafoty dimy aligne zay. [20]Ka le niparitake

vata'e tamy ty fomba matanjake ty saontsi'i Tompo. 21Fe ie naho fa nahavita ty asa fanompoa'e t'Efesiosy tagne ty Paoly, le
nanapa-kevetse tamy ty fagnahy reke mba handalo an'i Makedonia naho i Akaia t'an-dalagne tegne mandeha a
Jerosalema, le hoe reke: "Naho fa avy agne reho, le tsy maintsy mandeha a Roma agne avao ka." 22Nandefa roe tama'o
mpagnampe aze ho a Makedonia agne ty Paoly, i Timoty naho i Erasto, ze nagnampe aze. Fa ireke avao le nijanogne
tagnate ty fotoagne kede t'Asia tagne. 23Ma'ze fotoagne zay t'Efesiosy tagne le nisy fagnatabatabagne bevata mahakasike ty
lily. 24Fe ie nisy mpanefy volafoty raiky zay man'agnaragne te hoe Demetrio, i nanao sary sokitse volafoti'i Diana,
nampilitse vola bey hoe'o mpanao asa-tàgnagne'o. 25Ka le navori'e niarake o lahilahy mitantagne o asa'o naho nirehake te
hoe: "Tompoko, oni'o te amy ty raharaha toy le mahazo vola bey zahay. 26Vazoho'o naho rendre'o zay, tsy t'Efesiosy tagne
avao, fa saike magneragn'i Asia raiky manotolo, o Paoly io le nandresy lahatse naho nahataogne ndaty maro. Mirehake
reke te tsy misy Andrianagnahare vita tamy ty tagnagne. 27Fe ie ty loza le tsy hoe ty varontika avao ro tsy ho ilaigne sasa,
fa ty tempoli'ty andrianagnaharim-bavy bevata Diana avao ka le azo heveregne ho tsy misy dika'e. Le mete ho montso
volonahitse reke naho avy eo, irekeze tompo'i Asia iaby naho izao tontolo izao." 28Naho fa nahare izay iareo, le feno
habosehagne iareo ka nikorake mafe, nanao ty hoeke: "Bevata ty Diana'i Efesiosy." 29Feno fifanjevognagne ty tao ama'i
tanàgne raike'y ao manontolo, naho nifanisike ty ho ama'i tragno fanaovagne fampisehoagne an-tsehatse'y ao i vahoake
rey. Voatsepa'iareo i mpiara-dia ama'o Paoly rey, Gaio naho i Aristarko, i boak'a Makedonia agne'y. 30Te ho nizilike tama'o
vahoke maro rey tao ty Paoly, fe ie nisakana'o mpianatse rey. 31Le izay avao ka, ty ila'e tama'o ze manam-pahefagne tamy
ty farits'i Asia reo ze nama'e le nandefa hafatse nangatak'aze mafe tsy hiditse ama'i tragno fanaovagne fampisehoagne
an-tsehatse'y ao. 32Ndaty ilaila'e ro nikorake raha raike, naho ty ah'i t'ila'e hafa, satria tagnate ty fifanjevognagne i
vahoake'y. Ty ankamaro iareo aza tsy mahafantatse te hoe nagninogne iareo ro niarak'avy. 33T'ila'e tama'o vahoake reo ro
nampahafantatse an'i Aleksandra, i natosi'o vahoake reo ho aloh'egne'y, ka nanao fihetseke tamy ty tagna'e ty Aleksandra,
te hagnome fagnazavagne hoe'o ze nivory. 34Fe ie naho fa nahafantatse iareo te Jiosy reke, le nagnorentsegne tamy ty feo
raiky iareo iaby teo ho eo amy ty roe lera teo, nanao ty heoke: "Bevata ty Artemisi'i Efesiana." 35Naho fa nampitsigne i
vahoake rey i lehibe'i tanàgne'y, le nirehake iareo te hoe: "Irehe ndati'i Efesiosy, ndaty ia ro teo ka ts nahafantatsy te ty
tanà'ty Efesiana le mpiambegne ty tempoli'i Diana bevata naho ty sary ze nilatsake avy boak'an-dagnits'agne? 36Naho trea
boakeo te tsy azo lieregne o raha reo, le toko'e hitsigne nareo ka tsy hanao ndre ino ndre ino tsy am-pandinehagne. 37Fe ie
nandese'areo etoy amy ty fitsaragne o lahilahy reo ze sady tsy mpandrodagne tenpoly ro tsy mpagnompa ty
andrianagnarim-bavintika. 38Noho izay, naho managne fagnenjehagne manohitse ty kiraikiraiky ty Demetrio naho o
mpanao asa tagnagne ze miarak'ama'e, le misokake o fitsaragne reo naho misy solontegna ty ao. Engao iareo
hifagnenjeke. 39Fe ie naho mipay raha mahakasike ty olagne hafa nareo, le toko'e ho hatsangagne amy ty fivoriagne ara-
dalàgne zay. 40Fe ie indrindra itika le ho voan-doza ho voaenjeke mahaksike'o andro t tababa'o. Tsy misy anto'e ze
fikorontagnagne zay, naho tsy ho afake hagnazava izay tika." 41Naho fa nirehak'izay reke le nirava'e i fivoriagne'y.

## 20

1Naho fa tapitse i tabataba'y, namory o mpianatse rey ty Paoly naho nampahery iareo boakeo, nanao veloma reke naho
lasa mba handeha ho a Makedonia agne. 2Naho fa nadeha tama'o faretse reo tegne reke naho nanao rehake
fampaherezagne maro iareo, le niavy t'a Gresia tagne reke. 3Naho fa boaka nijanogne telo volagne tao reke, nisy teteke
rety niforogn'o Jiosy reo hanoheragn'aze naho reke handeha hiondragne sambo ho a Syria agne igne, ka nanapa-kevetse
ty himpoly ho a Makedonia agne reke. 4Nagnarak'aze hatr'Asia lavits'agne ty Sopatera anakilahi'i Pyro boak'a Beria agne;
Aristarko naho i Sekondo, sambe baok'ama'o mpino Tesalonika reo; Gayo boak'a derbe agne; Timoty, le i Tykiko naho i
Trofimo boak'Asia agne. 5Fe ie o lahilahy reo fa nialoha anay naho nandigne anay t'a Troasy tagne. 6Niondragne sambo
niala t'a Filipy tao zahay tafara'ty andro fihinanagne mofo tsy masira, naho tagnate ty dimy andro le niavy tama'iareo t'a
Troasy tagne zahay. Naho nitoboke tao agnate ty fito andro zahay. 7Tamy ty nadro voaloha'ty heregnandro, naho fa
niarake niangogne mba hanapake i mofo'y zahay, le nirehaka tama'o mpino reo ty Paoly. Ireke le nagniry ty handeha
hamaray igne, ka tsy nanohy nirehake hatramy ty sasakalegne reke. 8Nisy jiro maro ty tama'i i efetse ambone'y tao i
niavia'ay miarake'y. 9Tamy ty lafonety teo ro nipetrake ty tovolahy man'agnaragne te heo Eotika, i niazontory laleke. Naho
nirehake naharetse ty Paoly, o tovolahe'o, le mbe natory, tafalatsake boak'amy ty etazy faha telo'y egne naho fa naaregne
reke le trea te fa mate. 10Fe ie nizotso ty Paoly, nagnintsy ty vata'e tama'e teo, naho mamihegn'azy. Boakeo nirehake ty
hoeke reke: "Ko miharovetse sasa, fa velogne reke." 11Le niakatse ndraike reke boakeo naho nanapake i mofo'y naho
nihinagne. Naho fa niavy nirehake ela tama'iareo hatramy ty magneno akoho reke, le nandeha. 12Nanday i tovolahy fa
nivelogne'y nimpoly iareo naho faly tena le faly. 13Itika vata'e ro nandeha nialoha'i Paoly tamy ty sambo naho niondragne
sambo ho Aso agne, fa agne ro iri'ay handrambesagne i Paoly. Izay ro fagniri'e ireke tompom-batagne ho atao, satria
nagniry handeha an-tanete reke. 14Naho fa nihaogne tama'ay t'Aso tagne reke, le nandese'ay tamy ty sambo reke ka
nandeha t'a Mitylena agne. 15Boakeo niomdragne sambo boakeo zahay naho niavy tamy ty tandrifi'ty nosi'i Kio tao ty
maray. Ty andro magnarake le nitsanogne tamy ty nosi'i Samo tao zahay, le ty marai'igne le niavy tamy ty tanà'i Mileto
tao. 16Fe ie nanapa-kevetse ty hiondragne sambo handalo an'i Efesiosy ty Paoly, mba tsy handany fotoagne ela Asia agne
reke; satria meke ty ho a Jerosalema agne reke ty andro ty Pentekosta, naho azo'e atao ty manao izay. 17Boak'a Mileto agne
ro nandefasa'elahilahy ho a Efesiosy agne naho nampitoka ty loholo'i anjomban'Agnahare'y ho ama'e eo. 18Naho fa niavy
tama'e tao iareo, le nirehake tama'iareo reke te hoe: "Inareo vata'areo mahafantatse, hatramy ty andro voaloha'e
nandiako an'i Asia, te hoe manahake ty manao akory ro nandaniako ty fotoako niarake tama'areo. 19Le nanompo avao an'i


generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

Tompo raho tamy ty kila fahendreagne naho ranomaso, le tagnate fijaliagne tao ro niavy tamako zay noho ty teteke raty o
Jiosy reo. [20]Nareo le mahafantatse te tsy nanjitse tsy ambara telo tamy ty fagnambaragne tama'areo ze iaby ze paiavegne
raho, naho ty fomba nampianarako anareo tagnatreha'o ndaty teo naho tamy ty isan-tragno, [21]nijoroako vavolombelogne
tama'o Jiosy reo teo naho o Jentilisa reo mahakasike ty fibebahagne aman'Andrianagnahare naho ty finoagne amy ty
Jesosy Tompontika ao.[22]Ingo henanike zao, ho a Jerosalema agne raho, nitere ty Fagnahy Masigne ka tsy mafantatse ze
hahazo ahy agne, [23]afa-tsy ze hampitandrema'tyFagnahy Masign'ahy isake ty tanàm-bey ama'o fandrohizagne reo naho
fijaliagne ze miambegn'ahy. [24]Fe ie iraho le tsy nandineke ty fiaignako te lafo vily amy ty tegnako, naho tsy hoe hahavita ty
laiko ano ty asa fanompoako ze nirinambeko boak'ama'i Jesosy Tompo raho, hagnambara ty talilisoan'Andrianagnahare.
[25]Le ingo henanik'izao, fantako te inareo iaby, ze nagnambarako ty fanjakagne, ro tsy nahatrea ty tareheko sasa. [26]Noho
izay ambarako ama'areo amy ty andro toy, te iraho le tsy manan-kakeo amy ty lio'o ndaty. [27]Fe ie tsy naetako tama'areo ty
fitaliliagne ty sitrapon'Andrianagnahare iaby.[28]Noho izay tandremo ty mahakasike ty tegna'areo, naho ty mahakasike'o
aondry iaby ze nampiandrazegne'ty Fagnahy Masigne anareo. Mitandrema amy ty mpiarak'aondri'ty
anjmban'Andrianagnahare, ze nivinili'e tamy ty lio'e manakogne. (Fagnamarihagne: nahoo "Tamy ty lio'e manokagne" ty
amy ty antonta-taratasy taloha le mivaky te hoe: "Tamy ty lio'ty anakilahi'e manokagne.") [29]Fantako te afara ty
fandehanako, le ho avy ama'areo eo o amboan'ala masiake reo naho tsy handefetse o aondry reo. [30]Fantako te ndre
boak'ama'areo aza le hisy ndaty ho avy naho hagnova ty marigne mba hitarike o mpianatse reo hagnarake iareo.[31]Ka le
miambena. Tadidio fa tagnate ty telo taogne raho ro tsy nijanogne nampianatse ty kiraikiraike ama'areo iaby andro
ama'ty haligne tamy ty ranomaso. [32]Henanik'izao ankineko aman'Andrianagnahare naho amy ty rehake'ty fahasoavagne
nareo, ze afak manangagne naho magnome anareo ty lova ama'ze raha iaby nihamasinigne.[33]Tsy nagniry volafoty,
volamena, na lamba'o ndaty raho. [34]Inareo vata'areo ro mahafantatse te ty tangnagne reto ro nanolotse ze nipinaiko naho
ze nipinai'areo reo ze niarake tamako. [35]Tamy ty ze kila raha iaby ro nagnomezako ohatse anareo ty fomba toko'e
hagnampia'areo ze maleme amy ty alala ty asa, naho ty fomba hitadidia'areo ze saontsi'i Tompo Jesosy, saontsy ze
natalili'e Ireke vata'e te hoe: "Mahasambatse ty magnome noho ty mandary."[36]Naho fa boaka nirehake manahak'izay reke,
le nanongalike naho nivavake niarake tama'iareo iaby. [37]Nisy fitagniagne bey ty teo naho namihigne an'i Paoly naho
nagnoroke aze iareo. [38]Niharovetse ty maro tama'iareo noho ze nirineha'e, te hoe: iareo le tsy hahatrea ty tarehe'e sasa.
Boakeo nagnatits'aze tamy ty sambo tegne iareo.

## 21

[1]Naho fa niala tama'iareo teo zahay le niandragne sambo, naho nagnitsy avao nandeha amy ty tanà'i Kosy agne, nandeha
amy ty tanà'i Rody ty andro magnarake, naho niavy ao le nandeha amy ty tanà'i Patara. [2]Naho fa nahatrea sambo nitsake
a Foinika agne zahay, le nizilike tao zahay ka niandragne sambo.[3]Naho fa boaka nahatrea an'i Kyprosy, le nagnenga izay
tagnila'i sambo'y egne, niondragne sambo ho a Syria agne zahay naho nitsanogne t'a Tyro tao, toeragne ze namoaha'o
tantsambo reo ty entagne tagnate'i sambo'y ao. [4]Naho vao nahatrea o mpianatse reo zahay, le nijanogne tagne tagnate ty
fito andro. Tamy ty alala ty Fagnahy le nandresy lahatse an'i Paoly avao iareo mba tsy handeha ho a Jerosalema agne.
[5]Naho fa tapitse ty andro'ay tegne, le niala tao zahay ka nandeha tamy ty lala'ay, naho iareo iaby, niarake tama'ze valy
aman'ana'e, nagnarake niboake tamy ty tanàgne tao. Naho nandohalike tantsisin-dranomasigne tegne le nivavake [6]naho
nifanao veloma. Le nizilike tagnaty i sambo'y tao zahay, naho iareo le nimpoly tan-tragno'iareo agne.[7]Naho fa nivita'ay ty
lia t'a Tyro tagne, le niavy t'a Ptolemaisy tagne zahay. Tagne le nihaogne tama'o roahalahy reo naho nijanogne andro
raike niarake tama'iareo. [8]Ty maray igne le niala tao zahay naho nadeha t'a Sezarea tagne. Nizilike ty tragno'i Filipo tika,
Evanjelista, ze raike tama'o fito reo, naho nijanogne niarake tama'e zahay. [9]Henanik'izao o lahilahy io le nana'anaky
ampela virijiny efatse ze naminany.[10]Naho fa nijanogne tao tagnate ty andro maromaro zahay, le nisy mpitoky raiky
nizotso boak'a Jodia tagne man'agnaragne hoe Agabo. [11]Nagnantogn'anay naho nangalake ty fidiagna'i Paoly reke.
Tama'igne ro nandrohiza'e ty tombo'e naho ty tagna'e le nirehake ty hoeke: "Le hoe ty Fagnahy Masigne, 'le hanahak'izao
ro handrohiza'o Jiosy reo a Jerosalema agne ty lahilahy ze tompoe'ty fidiagnagne toy, naho hanolotse aze an-tagna'o
Jentilisa reo eo.'"[12]Naho fa nahre ze raha zay zahay, le izahay naho'o ze ndaty mipetrake tama'o toeragne'o tao le
nanongaleke tama'i Paoly tsy handeha ho a Jerosalema agne. [13]Naho le namaly ty Paoly nanao ty hoeke: "Inogne ro
atao'areo, mitomagny naho fandratse ty foko? Fa vognogne raho, tsy ie te ho rohizagne avao, fa ho mate a Jerosalema
agne avao ka amy ty tahina'i Tompo Jesosy." [14]Satria tsy nagniry ty ho resegne lahatse ty Paoly, le nijanogne nagnandragne
zahay naho nireha ty heoke: "Ao mba ho tanterake ty sitra-po'i Tompo."[15]Tafara'o andro reo, le ninday ty kitapo'e izahay
ka nandeha a Jerosalema agne. [16]Le nisy mpianatse ila'e avao ka boak'a Sezarea agne nagnarake anay. Nanday lahilahy
niarake tama'iareo i nitokavegne amy ty agnaragne hoe Menasona, lahilahy boak'a Sipra gane, mpianantse mainty
molaly, ze toko'e hiaraha'ay mipetrake.[17]Naho fa niavy ta Jerosalema agne zahay, le nandray anay am-pifaliagne o
roahalaheo. [18]Naho maraindray le nagnorike anay ty Paoly ho amy Jakoba agne, le teo iaby o lohologne iaby io. [19]Naho fa
boake niarahaba iareo reke, le nagnatetse tsiraidraike o raha iaby ze fa nataon'Andrianagnahare tamy o Jentlisa tamy ty
alala ty asa fagnompoagne.[20]Naho fa naharey izay iareo, le nidera an'Anandrianagnahare, le nirehake tama'e te hoe:
"Treao, ry roahalahe, agn'arivoe firy ro nino tamy o Jiosy io. Tapa-kevetse iareo iaby hagnaja i lilý. [21]Fa nirehafe iareo ty
mahasike azo, fa irehe le mampianatse o Jiosy iaby io ze mitoboke eo amy o Jentlisa'o hahafoy i Mosesy, le irehe mirehake
iareo tsy hanavatse ty anae, le tsy hagnorike ty fomba taloha.[22]Inogne ro tokoe ho hataontika? Ho re iareo vatae'e fa niavy
rehe. [23]Le anovo ze rehefe'e amao. Managne lahilahy efatse nanao vaody zahay. [24]Indeso o lahilay reo le liovo mindre amy

iareo ty vata areo, le aloavo ze lany iareo, mba hamere ty loha iareo. Le ho hay ty ndaty iaby fa o raha rehafegne
mahakasike anareo le diso. Ho hay iareo fa irehe le magnorike lilý avao ka.[25]Fe ie ty mikasike o Jentlisa'o ze nino, izahay
le nanoratse naho nagnomey torolalagne fa tokoe hitandrigne ty vatae amy ty raha vita sorogne hoe ty sampy iareo,
boake amy ty lio, boake amy ty kendagne, naho boake amy ty fijangajangagne. [26]Boakeo le nala i Paoly o lahilahy io, naho
nimaraindray, reke nagnalio ty vatae nindre tama iareo, nilitse t'ampiangonagne tao, nagnambara ty vanim-potoagne ty
andro ty fagnaliovagne, mandra-pagnateragne ty fagnatetse hoe ty ndaty tsiraindraike tamy iareo.[27]Naho fa ho tampetse o
nadro fito, o Jiosy ilaila'eo boake Asia agne, nahatrea i Paoly t'ampiangonagne tao, nampikorontagne o vahoak'eo
manontolo, le nanambotse aze. [28]Nikorake iareo te hoe: "Ry ndaty r'Israely, ampio zahay." Io i lahilahy io mampianatse ty
ndaty iaby mbaia mbaia o raha ze anohera ty ndaty, ty lilý, le ty toeragne toy. Fagnampe izay, ninday Grika
t'ampiangonagne avao ka reke le nandoto ty toeragne masigne toy. [29]"Fe ie iareo taloha teo nahatrea i Trofima i Efezianina
nindre tamy ty tanágne tao, le nieretseretse iareo fa i Paoly ro ninday aze t'ampiangoanagne tao.[30]Nikoropake iaby i
tanágne'y, le nindre nilay naho nanambotse i Paoly ty ndaty. Naniotse aze hiakatse ampiangonagne ao iareo, le nahily teo
noho eo i varavaragn'ey. [31]Naho fa t'am-pomoanoagne aze teo iareo, le nisy vaovao niavy boake amy i kapiteny i
mpiambigneo tagne fa mikorontagne iaby ty Jerosalema ray manontolo.[32]Avy le nangalake miaramila naho kapiteny reke
le nilay nizotro mbamy o vahoakeo mbao. Naho fa nahatrea i kapiteny naho o miaramila'o vahoake'o, le najano iareo ty
nifejeragne i Paoly. [33]Le nagnatogne i kapiteny le nisambotse i Paoly, le nampamehe'e tama ty rojo vy roe reke. Le
nagnotane reke te hoe ia rehe le inogne raha natao'eo.[34]T'ilae tamy o vahoakeo nitabataba raha raike le o ilae'o raha hafa.
Satria tsy afake nirehake na inogne na inogne i kapiteny tra i tabataba iaby, le nampindese'e ho amy rova ey ty Paoly.
[35]Naho fa niavy teo aman-tahotse reke, le nindese o miaramila'o reke tra ty heriloha o vahoakeo. [36]Fe ie nagnorike tafara o
vahoakeo tsiefa'o le nanohy nikorake te hoe: "Vono reke"[37]Naho nindesegne tan-drova tao ty Paoly, le hoe reke tamy i
kapiteny: "Afake mirehake raha amao vao raho?" Hoe i kapiteny te hoe:"Mirehafa Grikavao reheo? [38]Tsy rehe vao i
Egyptiana, i nitarike teteke taloha tagne le nitarike o efatse arivo lahy ty 'mpamono ndaty' niboake boake tambalike
agne?"[39]I Paoly le nirehake te hoe: "Iraho le Jiosy, boake amy ty taná i Tarsosy a Kiliaka agne. Iraho le ndaty mpirenena ty
tanágne manan-danja. Mangatake amao raho, avotsoro raho hirehake amy ty ndaty." [40]Naho fa namototse aze hirehake i
kapiteny, le nitsangagne teo aman-tahotse ty Paoly le nanao fihetsike tamy ty tagnáe tamy vahoakeo. Naho fa nitsigne
iaby iareo, le nirehake tamy iareo tama ty fireheke Hebreo reke. Hoe reke:

## 22

[1]"Ry roahalahe naho ry rae, tsanogno ty fiarovako ze hataoko amareo am'izao." [2]Naho fa naharey i Paoly nirehake tamy ty
rehake Hebdreo o vahoake'o, le lasa nitsigne iareo. Hoe reke te hoe:[3]"Jiosy raho, terake ta Tarsosy agne a Kilikia agne fa
nibey teto amy ty tanàgne toy eto amy ty tongo i Gamaliela eto. Nampianaregne arake ty fomba mahefe ty lilý o
razantika'o raho. Tena mafana fo ho an'Anandrianagnahare raho, manahake anareo iaby am'izao andro zao. [4]Nagnejeke o
Lilý io ho amy ty fahafatesagne raho, namehe naho nanolotse iareo hatao an-tragno maigne na lahilahy na ampela, [5]le ty
mpisorogne bey naho o lohologne iaby io afake mijoro vavolombelogne. Nahazo taratasy boake amy iareo raho hoe o
roahalahe a Damaskosy agneo, le nandeha mbeo ninday iareo nipoly mbe mifehe ho mba Jerosalema agne mba
hagnasazeagne iareo.[6]Izao ro niseho naho fa nandeha le nagnarine i Damaskosy raho, le tamy ty fagnambaragne teo ho
eo le nisy hazavagne bey boake an-dagnitse agne nanomboke namiratse nagnodidigne ahy. [7]Nitonta tamy tane'y raho le
nahare'y feo nirehake tamako raho: 'Saoly, Saoly, nagninogne rehe magnaraty Ahy io? [8]Namale raho te hoe: 'Ia moa reheo,
Tompoko?' Nirehake tamako Reke te hoe: 'Iraho ro Jesosy i Nazareta, i haratie'o.'[9]O nindre tamako le nahatrea i
hazavagney, fa iareo le tsy nahay i feo nirehake tamako'y. [10]Hoe raho te hoe:'Inogne ro tokoe taoko, Tompoko?' I Tompo
nirehake tamako te hoe:'Mitsangàna le milira a Damaskosy; agne ro hagnambaragne azo ty raha rehetra ze tokoe hatao.'
[11]Tsy nahatrea hamirapiratagne ty hazavagne hoy izay raho, le nitantara ze nindre tamako reo, le niavy ta Damaskosy
tagne raho.[12]Nifampingaogne tamy ty lahilahy raike atao hoe Ananiasy tagne raho, lahilahy matahotse an'Anagnahare
nagnorike ty lilý'e le soa laza tamy o Jiosy iaby ze nitoboke tao reo. [13]Nagnatogne ahy reke, nitsangagne t'agnilako teo, le
nirehake te hoe:'Ry roahalahe Saoly, mahiràta.' Tamy ze lera zay vatae le nahatrea azr raho.[14]Le nirehake reke te hoe: "Ty
Andrianagnahare o razantika'o lenifily azo mba hahafantatse ty sitrapoe, mba hahatrea i Rae Maregne, naho le haharey
ty feo'e boake ampalie'eo. [15]Fa ho vavolombegne ho Aze amy ty ndaty iaby mahakasike zetreao naho reo'o. [16]Le magnino
rehe ro mandigne? Mitsangàna, ao hatao batisa, le liovo o fahotao, mitokava amy ty tahina'e."[17]Naho fa boake nimpoly ta
Jerosalema raho, naho mbe nivavake t'ampiongonagne tao, le nahazo tsindrimandry raho. [18]Nahatrea Aze raho nirehake
tamako te hoe: 'Tsiela misintiha i Jerosalema tsiela,satria iareo tsy hagneke ty hijoroa'o vavolombelogne mahakasike
Ahy.'[19]Hoe raho: 'Tompo, le ty vata iareo le mahafantatse fa izaho nagnadra naho nanjera ze nino Azo tamy ty Synagoga
iaby tao. [20]Naho fa napoke ty lio i Stefana vavolombelo'oy, iraho ka le mba nitsangagne teo le nagneke, le niambigne ty
lamba ze namono aze raho.' [21]Fe ie nirehake tamako Reke te hoe: 'Mandehana, satria halefako lavitse o Jentlisa'o
rehe.'[22]Nitsanogne aze iareo mandra-pirehafae izay. Le nikorake mafe iareo le nirehake te hoe: "Vono hisintake eto amy ty
tane toy ty lahilahy manao hoio, satria tsy magneva ty ho velogne reke." [23]Naho nitabataba iareo, le nagnary ty akanjo
iareo, le nanorake bon-tane, [24]ty lahibe o kapiteny io le nandily i Paoly mba hindesegne an-dapa agne. Reke le nandily fa
tokoe hatignegne mindre amy ty kapoake reke, le mba ahafanatara ty vatae te hoe nanao akory iareo le nikorake
manohetse aze manahake izao.[25]Naho fa namehe aze tamy ty holin-kofehe iareo, le hoe ty Paoly tamy i kapiteny
nitsangagne teo: "Ara-dalàgne ho anareo vao ty manakaravasy lahilahy Romana naho tsy mbe notsaraigne ka? [26]Naho fa


generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

naharey izay i kapiteny, le nandeha amy ty lahibe i kapiteny io reke le nirehake amae, nirehake te hoe: "Inogne raha
atao'o zao? Mponigne i Romana o lahilahy io."27Nagnatogne i lahibe i kapiteny le nirehake tamae te hoe: "Rehafo raho,
mponigne Romana vao reheo?" Paoly namaly te hoe: "Eka." 28Le namale i lahibe i kapiteny te hoe:" Tamy ty vola be avao
ro nazahoako o zom-pirenena io. Fe ie i Paoly nirehake te hoe: "Naterake ho mponegne i Romana raho." 29Le nagnenga
aze teo no ho eo i lahilahy ze nametra-pagnotaniagne aze. Natahotse avao ka i lahibe i kapiteny, naho fa fantae fa
mponigne Romana ty Paoly, satria reke namehe aze.30Naho maraindray, te hahafantatse ty maregne mahakasike o
fagnedrekendreha o Jiosy nanohetse i Paoly ty lahibe o kapiteny io. Le nivahae ty fehe'e le nibaiko o mpisorogne bey io
naho o filan-kevetseo naho fa mba hivory reke. Le ninday i Paoly nizotso reke le nametrake aze t'agnivo iareo teo.

# 23

1I Petera nagnete nivantagne tamy o mpikambagneo taoamy ty filan-kevitra le nirehake te hoe: "Ry roahalahy, iraho le fa
niagne teo agnatrehan'Andrianagnahare tamy ty fieretreretagne soa iabike mandrake androany." 2Ty mpisorombe
Ananiasy le nibaiko ze nitsangagne teo agnilae teo mba hamelezagne ty vavae. 3Boakeo i Paoly nirehake aze te hoe:
"Andrianagnahare le hanjera azo, irehe ry rindrigne voalalotse foty. Irehe vao le mitoboke hitsara ahy amy ty lilý, fe ie
mandily ahy mba hojeragne, tsy arake ty lilý?4Ze nitsangagne teo le nirehake te hoe:"Izao zany ro fomba anevateva'areo
ty mpisoromben'Andrianagnahare?" 5I Paoly nirehake te hoe: "Tsy nahafantatse raho, ry roahalahe, hoe reke ty lahibe o
mpisorombe io. Fe ie fa mpinday ty vahoa'o rehe."6Naho fa trea i Paoly fa t'ilae tamy ty filan-kevetse'o le Sadoseo naho ty
Fariseo, le nirehake mafe tamy filan-kevetse'o ao reke te hoe: "Ry roahalahe, Iraho le Fariseo, anadahy o Fariseo. Izay ro ie
satria raho le manantena soa ty fivagnonambelogne ze hitsara ahy." 7Naho fa nirehake izay reke, le nanomboke nisy
fifandiragne tamy o Fariseo naho o Sadoseo teo, le o vahoake'o le nizara. 8Fe ie Sadoseo le nirehake fa tsy misy ty
fivagnonambelogne, tsy misy o anjely io, naho tsy misy o fagnahy io, fe ie o Fariseo le nagneke iareo aby io.9Naho izay le
nisy tabataba mafe niseho, le t'ilae tamy o mpanora-dalàgne reo Fariseo le nitsangagne le nialy hevetse, nirehake te hoe:
"Izahay le tsy mahatrea raha diso amy ty lahilay tio. Manao akory naho ty fagnahy na ty anjely ro nirehake tamae? 10Naho
nisy fifandiragne mafe teo, ty kapiteny mpitarike le natahotse tsy noho hifandroteha iareo ty Paoly, naho izay reke
nandily o miaramila'o mba hizotso naho hamorose aze handeha ho amy o mpikambagne'o ao amy ty filan-kevetse'o, le
hinday aze an-dapa agne.11Halegne magnarake ty Tompo le nitsangagne t'agnilae teo le nirehake te hoe: "Ko matahotse, fa
toy ty nijoroa'o vavolombelogne mahakasike ahy ta Jerosalema agne, ro tsy maintsy hijoroa'o vavolombelogne i Roma
agne avao ka."12Naho fa maraindray i androy, ty Jiosy ilae'o le namorogne teteke le nagnozogne ty vatae iareo mindre amy
ty fifantagne mba tsy hihinagne na hinogne na inogne na inogne mandra-pamonoa iareo i Paoly. 13Ndaty mihoatse ty
efapolo iareo ty namorogne o teteke'o.14Iareo le nandeha tamy o mpisorombe agne naho o lohologne le nirehake te hoe:
"Izahay le fa nagnozogne bey tamy ty vata'ay, mba tsy hinanagne na inogne na inogne mandra-pamonoa ay i Paoly.
15Am'izao, naho izay, engao o filan-kevetseo hirehake amy i kapiteny mpitarike mba hinday aze hizotro ama'areo eto, le
nareo manahake ty hanapa-kevetse amy ty raha misy mahakasik'azy maregne vatae. Fe ie ho anay, izahay le vognogne ty
hamono aze aloha ty hiavia'e eto."16Nefa ty anad'ahy ty anabave i Paoly le naharey fa mandigne ty hamonoagne aze iareo,
naho izay le nandeha le nilitse tan-dapa tao le nirehake tamy i Paoly. 17I Paoly le nitoka ty raike tamy o kapiteny io le
nirehake te hoe: "Indeso amy kapiteny mpitarike agne ty ajalahy toy, fa managne raha ho rehafegne amae reke."18Naho
izay i kapiteny le nandrae i jalahy le ninday aze tamy i kapiteny mpitarike agne le nirehake te hoe: "I Paoly i gadra'y ro
nitoka ahy ho amae agne, le nangatake ahy mba hinday ty ajalahy toy ho amako eto. Managne raha ho rehafegne ama'o
reke." 19Ty kapiteny mpitarike le nangalake aze tamy ty tagnae ho amy toeragne mangike agne le nagnotane aze te hoe:
'Inogne raha tokoe ho rehafeo amako zao?"20I anjampela'y nirehake te hoe: "O Jiosy reo le fa marine ty hangatake amao
mba hinday i Paoly hizotro amy filan-kevetseo agne amaray, iareo le manahake ty hagnotane ty mahakasike aze maregne
vatae. 21Fe ie ko magneke iareo, satria nisy ndaty mihoatse ty efapalo vavognogne ty hamono aze. Nitoka ozogne hoe ty
vatae iareo, mba tsy hihinagne na hinogne mandra-pamonoa iareo aze. Na le am'izao aza le fa vognogne iareo, mandigne
fagnekeagne boake amao agne."22Le nengae i Kapiteny mpifehe'y handeha i ajalahy, tafara ty nanoroagne aze te hoe: "Ko
mirehake na amin'ia na amin'ia te hoe nirehake raha reo tamako rehe." 23Boakeo reke le nitoka roe tamy kapiteny reo le
nirehake te hoe:'Alao ty miaramila roanjato i hovonegne ty handeha a kaisara agne, naho mpiday tsoavaly fitopolo avao
ka, le mpinday lefogne roanjato. Handeha rehe amy ty lera fahatelo ty alegne." 24Reke ka le nandily iareo mba hagnome
biby ze afake hitingira i Paoly, le mba hinday aze soa aman-tsara amy Feliksa agne i governora'y.25Boakeo le nanoratse
taratasy mahake izao reke: 26"Klaodio Lisia hoe i Feliksa governora soa vatae, aharabaigne. 27O lahilahy io le nisambore o
Jiosy io le saike nivonoe iareo, naho fa niavy teo amy iareo teo le nindre tamy o miaramila'o raho le nagnavotse aze,
satria nahafantatse raho fa reke le olom-pirenena Romana.28Iraho le te hahafantatse ty antoe nitoria areo aze, noho izay
le nindeseko nizotro tamy ty filan-keve iareo tao reke. 29Nahafantatse raho fa voatory tamy ty aly hevetse mikasike ty lilý
iareo manokagne reke, fe ie tsy nisy fitoriagne nanohetse aze ze magneva fahafatesagne na fagnadragne. 30Boakeo le
nampahafantarigne ahy fa nisy teteke hanoheragne i lahilahy, naho izay le nandefa aze teo noho eo tama'o agne raho,
naho nagnafatse o mpitory aze'o avao ka mba hinday ty fagnasazeagne iareo aze agnatreha eo. Veloma."31Le noho zay o
miaramila 'o le nagneke ze baiko iareo. Nalae iareo ty Paoly le nindesegne tamy ty alegne t'Antipatria agne. 32Naho
nimaraindray, ty ankamaroa o miaramila'o le nagnenga o mpitingitse soavaleo mba handeha hindre amae fa iareo le
nipoly t'an-dapa tagne. 33Naho fa niavy ta Kaisara tagne o mpitingitse soavaleo le nanolotse i taratasy hoe i governora'y, le
nanolotse i Paoly tama'e avao ka.34Naho fa namaky i taratasy ty governora, le nagnotane ty faritany le nivalea i Paoly

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

reke. Naho fa fanta'ay fa boake a Kilikia reke, 35le nirehake te hoe: "Iraho le hahare'y tanaterake rehe naho fa niavy eto o
mpitory azo." Le nampitanae tao ao amy o foibe ty fanjaka i Heroda reke.

## 24

1Tafara ty dimy andro, Ananiasy i mpisorogne bey, o lohologne ilae eo, le mpikabary atao hoe Tertylo le nandeha tagne. O
lahilahy reo le ninday fitoriagne hoe i Paoly t'aoloha i governora teo. 2Naho fa nitsangagne t'aloha i governora teo ty
Paoly, le nanomboke nitory aze ty Tertylo le nirehake tamy i governora te hoe: "Noho irehe le managne fiadanagne bey
zahay, le ty fahitao le minday fanovagne soa eo amy ty firene'ay; 3le am-pankasitrahagne tanterake ro handraisa ay ty
raha iaby ze atao'o, ry Feliksa soa vatae.4Mba tsy hitazomako anareo ela loatse, le mangatake fotoagne fohe ama'areo raho
mba hitsanogne ahy am-pilamiangne. 5Fa o lahilahy io le trea ay fa mpagnakorontagne le raike ze niterake i Jiosy io iaby
magneragne izao tontolo zao hiteteke. Reke ro mpitarike ty sekta Nazareta. 6Le reke avao ka ro niezake ty handoto ty
anjomban'Agnahare, le nisamboregne reke. (Fagnamarihagne: O antotan-taratasy taloha'o le nagnampe te hoe: "Tea ay ho
tsaraegne arake ty lilý ay reke.")7(Fagnamarihagne: O antontan-taratasy taloha le ahitagne ao amy ty andinie faha 7 te
hoe: "Fe ie i Lysia, mpikarakara, niavy le nanambotse aze t'antanagneteo.") 8Naho fa magnotane ty Paoly misakike raha
iaby reo rehe, le ho fanatao ty mikasike ze fitoriagne nataoe mahakasike aze reo'. (Fagnamarihagne: O antotan-taratasy
taloa le nagnampy ao amy ty tapae voaloahe amy ty andinie faha 8 te hoe: "Nandefa anay tamao teo.") 9O Jiosy avao ka le
nagnape trotrake i fitoriagne reo, le nagnamafe fa maregne iaby reo.10Fe ie naho fa nitondroe i mpanjaka hirehake ty
Paoly, le namale ty Paoly te hoe: "Fantako fa irehe le fa mpitsara teto amy ty firenena toy agnate ty taogne maro, le fale ty
vatako magnazava ama'o. 11Ho fantao fa tsy mbe nihoatse ty roe ambin'ny folo andro zay ro niakarako nidera ta
Jerosalema agne. 12Naho fa trea iareo tam-piangoangne tao raho, le tsy nialy hevetse na tamy ia na tamy ia raho, le tsy
nampirisike ty vahoake, na tamy o synagoga ao, na t'antanàgne tao. 13Tsy afake magnaporofo amao o fitoriagne ze ataoe
amako amizao iareo.14Fe ie izaho magneke izao ama'o, arake ty Fampianaragne ze rehafe iareo te hoe Sekta, le manahake
izay ka ro hanompoko ty Andrianagnahare ty razambetika. Izaho le nahatoky amy ty raha ze ao amy ty lilý naho ze
voasoratse o mpaminany io. 15Managne ty fahatokisagne an'Andriagnahare maregne naho ty raty fagnahy amy ty mate.
16Naho izay raho le miezake manadrakariva mba hanagnagne fisaignagne madio eo agnatrehan'Andrianagnahare naho ty
olombelogne.17Le tafara ty taogne maro le niavy raho ninday fagnampiagne hoe ty fireneko naho fanomezagne ara-bola.
18Naho fa vitako izay, nisy Jiosy tsiampiampe boake Asia agne nahatrea ahy tamy ty fete ty fagnaliovagne tam-
piangonagne tao, tsy nindre tamy ty vahoake na tabataba. 19O ndaty reo le tokoe ho eo agnatreha areo amin'izao le
mirehake ze hitoria areo ahy, naho managne raha iareo.20Na ka, o ndaty reo avao ro tsy tokoe hirehake ze hitae iareo tsy
mete amako atoy naho fa nitsangagne teo aloaha ty filan-kevetse i Jiosy io raho, 21naho tsy hoe mahakasike ty raha raike
ze nirehafeko naho fa nitsangagne t'agnivo iareo teo raho:" Izay le mikasike ty fivagnona-mbelogne ze hitsaragne ahy eto
agnatreha areo androany.'22Le Feliksa, nampahafanteregne soa ty mahakasike i Fampianaragne'y. Reke le nirehake te hoe:
"Naho fa misotro boake a Jerosalema agne ty Lysia mpandily, le hanapa-kevetse ty amy ty raharaha'o raho." 23Boakeo reke
nandily i Kapiteny fa i Paoly le tokoe hembenagne, fa mba hisy fahafahagne le tsy hisy amy o ragne eo ho sakanagne amy
ty fagnampiagne ze raha paeva'e.24Amy andro kedekede tafara izay, le nimpoly nindre tamy i Drosila valy i Feliksa, ze
ampela Jiosy, le nalefa hoe i Paoly reke naho le naharey tamy ty mahakasike ty finoagne ao amy i Kristy Jesosy. 25Fe ie
naho fa nialy hevetse nindre tamy i Paoly mahakasike ty fahamarinagne, mampionon-tegna, naho ty fitsaragne ho avy, le
lasa natahotse i Feliksa le nirehake te hoe: "Mandehana manomboke zao. Fa naho fa managne fahafahagne raho naho
afarao, le handefa ho azo."26Tagnate izay fotoagne zay vao, le nagnategna reke fa hagnome vola aze ty Paoly, naho izay le
nandefa ho aze matetike reke naho nirehake tama'e. 27Fe ie naho afake roa taogne, le lasa governora nandimby i Feliksa ty
Porsio Festosy, fe ie Feliksa te hahazo sitrake tamy o Jiosy io, le nenga'e ho embenagne avaoty Paoly.

## 25

1Am'izao, Festony nilitse tao amy faritany, le telo andro tafara tatoy, le niakatse boake tao Kaisaria reke ho agne
Jerosalema. 2Ty loha o mpisorogne'o naho o Jiosy manan-kaja le ninday fanamelohagne hitoriagne i Paoly, ka
namporisike aze 3naho nangatake tamy iareo mba hampidi-doza hoe i Paoly_ka mete hampitoka i Paoly ho a Jerosalema
agne ty Festosy mba afaha iareo mamono aze an-dalagney.4Fe ie i Festosy namaly fa gadra a Kaisaria ao ty Paoly, naho
reke nirehake le himpoly agne tsy ho ela. 5"Naho izay, ze afake," hoe reke: "le tokoe handeha hindre ama'ay ho agne. Naho
nanao raha tsy mety i lahilahy, le tokoe hitory aze nareo."6Festosy le tsy nijanogne nohoatse ty valo na folo andro le boake
eo nisotro mba Kaisara, le ty andro magnarake le nitoboke tamy toeragne fitsaragne teo reke le nandily i Paoly mba
hindesegne ama'e agne. 7Naho fa niavy reke, le nitoboketagnilae teo o Jiosy io boake a Jerosalema ao, le ninday fitoriagne
goavagne tsiefa iareo tsy afake noporofoe iareo. 8Niaro-tegna ty Paoly le nirehake te hoe: "Tsy nanao raha raty
manonehetse ty lilý ty Jiosy raho na manohetse ty fiangona na manohetse i Kaisara."9Fe ie nipay ze ahazahoagne ty
fankasitrahagne o Jiosy io ty Festosy, le naho izay le namale i Paoly reke le nirehake te hoe: "Te-hiakatse ho a Jerosalema
agne vao reheo le ho tsarako ty mahakasike raha tagne rey? 10Hoe ty Paoly te hoe: "Mitsangana eto aloha i seza fitsara i
Kaisara eto raho i tsy maintsy hitsaragna ahy. Tsy nanao raty ty Jiosy raho, arake ty fa fanta'o soa.11Fe ie naho nanao raty
raho le naho nanao ze magneva ty fahafatesagne, le tsy mandà ty ho mate. Fa naho tsy misy o fitoriagne iareo,le tsy nisy
ndaty afake minday ahy ho amy iareo agne. Mangatake i Kaisara raho." 12Naho fa boake nirehake tamy ty filan-kevetse i
Festosy io, le namaly reke te hoe: "Nangatake i Kaisara rehe. Amy i Kaisara agne rehe ro handehana'o.13Le tafara ty andro

kedekede, le niavy tamy i Kaisara tagne ty Agripa mapanjka naho i Berenika mba hamangy i Festosy. [14]Tafara ty naha tao
aze agnate ty andro maro, le natolo i Festosy teo amy ty mpanjaka ty raharaha i Paoly; nirehake reke te hoe: "Nisy
lahilahy raike nenga i Felix atoy hoe ny gadra. [15]Naho fa ta Jrosalema raho, le ninday fitoriagne ty lahilahy toy tamako
tatoy o loha o mpisorogne'o naho loholo i Jiosy io, le nangatake rehake fagnamelohagne ho aze iareo. [16]Namale iareo raho
fa tsy fomba o Romana ao ty manolotse ndaty mialoha ty hiatrefa o mpitory io aze naho ty hanagnae fahafahagne hiaro-
tegna amy ofitoriagneo.[17]Naho izay, naho fa nindre niavy teto iareo, le tsy nandigne raho, fa ty andro magnarake le
nitoboke teo amy ty seza ty fitsaragne raho naho nibaiko ty ampidiragne i lahilahy. [18]Naho fa nitsangagne o mpitory reo le
nagnadiso aze, le nataoko fa tsy nisy goavagne ty fitoria nindese iareo ho aze. [19]Fe ie ka, nifamale iareo mahakasike ty
fivavaha iareo manokagne naho ty mahakasike ze Jesosy ze mate zay, ze natalily i Paoly fa velogne. [20]Tsy azoko antoke ty
fomba hagnadihadiako ty raha miseho toy, le naho izay le nagnotaniako reke naho vognogne ty ho a Jerosalema agne
mba ho tsaraegne ty mahakasike o fitoriagne reo.[21]Naho fa nangatake ty hijanogne ampigadragne ao mba handigne ty
fanapahan-kevetse i Amperora ty Paoly, le nandily aze raho mba ho tanagne am-pigadragne ao reke mandra-pandefesako
aze amy i Kaisara agne." [22]Agripa nirehake tamy i Festosy te hoe: "Te -hintsanogne ty lahilahy toy avao ka raho." "Amaray,"
hoe ty Festosy: "Hitsanogne aze rehe."[23]Le ty andro magnarake, le niavy nindre tamy ty fete tsiefa ty Agripa naho i
Berenika; nandeha amy ty tragno bey nindre tamy o miaramila mpifehe naho o lahilahy manan-kaja reo tamy ty tanàe
iareo teo. Naho fa nirehake i lily ty Festosy, le nindese iareo ty Paoly. [24]Hoe ty Festosy te hoe:'Agripa mpanjaka, naho
ianareo lahilahy iaby ze mindre ama'y eto, trea areo ty lahilahy toy; o vahoake o Jiosy iabike eo nifagnarake tamako ta
Jerosalema agne naho eto avao ka, le nitaraigne tamako iareo fa tsy tokoe ho velogne sasa reke.[25]Fantako fa tsy nanao
nainogne na inogne magneva ty fate reke; fa satria nangatake ty Amperora reke, le nanapa-kevetse raho ty handefa aze.
[26]Fe ie tsy misy raha manan-danja ho soratako amy Aperora agne. Naho ze antoe zay, le nindeseko tama areo teo reke,
indrindra amao, Agripa Mpanjaka, mba ahafako managne raha ho soratagne bebe kokoa mahakasike i raharaha'y. [27]Satria
toe tsy mete amako ty mandefa gadra naho ty mireake ze hitoriagne aze ka.

## 26

[1]Naho izay Agripa nirehake tamy i Paoly te hoe: "Afake mirehake hoe ty vata'o rehe." Le nagnitsy ty tagna'e ty Paoly le
nanao ty fiarovan-tegna'e. [2]"Manoro ty vatako toy ty faly raho, ry Agripa mpanjaka, mba hinday ty raha mahazo ahy eto
aloha areo androany manohetse ze fitoria o Jiosy io iaby; [3]vatae, satria irehe fa nahatrea amy ty fomba amam-panao naho
ty fagnotania o Jiosy io iaby. Naho zay le mangatake azo raho hitsanogne ahy am-paharetagne.[4]Maregne fa, o Jiosy iaby
reo le mahafantase ty fomba fiaignako hatramy ty fahatanorako tagne amy ty fireneko manokagne naho ta Jerosalema
agne. [5]Iareo le nahafantaste ahy boake mboaloahae naho tokoe hagneke iareo fa Fariseo faignagne raho, ty mafe vatae
amy ty antoe ty fivavahantika.[6]Le mijoro eto raho mba ho tsaragne satria mipay ty fampanantenagne ze
nataon'Andrianagnahare tamy o razantika'o raho. [7]Fe ie itoy ro fampanantenana nantenai ty fokontika roambinifolo ho
raise naho nanompo an'Andrianagnahare andro aman'aligne vatae iareo. Hoe ze fanantenagne zay, ry Agripa mpanjaka,
ro hitory o Jiosy reo ahy. [8]Nagninogne nareo ro mihevetse fa tsy azo inoagne fa mampitsangagne ty mate ty
Andrianagnahare?[9]Nisy fotoagne raho nandinike tamy ty vatako fa tokoe hanao raha tsiefa manohetse ty agnara i Jesosy
boake a Nazareta agne raho. [10]Nanao izay ta Jerosalema agne raho. Tsy efa ty mpino nahiliko tam-pikandragne agne tamy
ty fahefagne niraiseko boake tamy o loha o mpisorogneo, naho fa nivoavono iareo, le nandatsake ty vatoko hanoherako
iareo raho. [11]Tsiefa ty raha nisazeako iareo tamy o synagoga'o iabyle niezake ty hanere iareo mba hirehake raty raho.
Boseke mafe tamy iareo raho le nagnejeke iareo na le tamy o tanàe ambalike agne aza iareo.[12]Naho mbe nanao izay raho,
le nandeha ta Damaskosy agne nindre tama ty fahefagne naho o lily boake amy o loha ty mpisorogne; [13]le nirehake an-
dalagne mbeo, tama ty aloalo, ry Mpanjaka, le nahatrea hazavagne boake an-dagnitse agne raho mamiratse noho ty
masoandro le izay le namiratse nagnodidigne ahy naho o lahilahy reo ze nindre lia tamako. [14]Naho fa nitonta tamy i
tane'y zahay iabike, le nahare'y feo nirehake tamako raho nirehake tama ty rehake Hebreo te hoe: 'Saoly, Saoly, nagnino
rehe malaigne Ahy io? Sarotse ho azo ty handietse fagnindroe'e.'[15]Boake'o nirehake raho te hoe: 'Ia reheo, Tompo vao?' I
Tompo namale aze te hoe: 'Iraho ro Jesosy i hejeo'oy. [16]Am'izao miarena le mitsangana amy tombo'y; satria noho ze antoe
zao ro niboahako tama'o, mba hify azo ho mpanompo naho ho vavolombelogne mahakasike ze raha fantao
mahakasik'Ahy zay am'izao le o raha izay hambarako azo naho afarafar'ao; [17]le hagnavotse azo amy o vahoake'o naho o
Jentilisa'o i hagnirahako azo, [18]mba hamoha ty maso iareo naho ty hampitolike iareo hisintake amy ty maigne handeha
amy ty zava le amy ty hery i kokolampo ho amin'Andrianagnahare agne, mba ahafaha iareo mandray ty boake
aman'Andrianagnahare agne ty famelan-keloke ty fahotagne naho ty lova ze ameako iareo ze nohamasigne tamy ty
finoagne Ahy.'[19]Naho izay, ry Agripa mpanjaka, nagneke ty fahitagne boake tan-dagnitse raho; [20]fa, ty iareo ze ta
Damaskosy agne aloha, naho boake eo ta Jerosalema agne, le magnodidigne ty tane i Jodia iabike, le tamy o Jentilisa'o ka,
nagnomey iareo ty hafatse raho fa tokoe hibebake naho hitolike aman'Andrianagnahare iareo, hanao ty asa mendrike ty
fibebahagne.[21]Naho ze antoe zay ro nanambora o Jiosy io ahy t'anjomban'Agnahare tao le niezake ty hamono ahy.
[22]Nagnampy ahy hatramin'izao ty Andrianagnahare, naho izay le mitsangagne raho naho mbe mijoro vavolonbelogne
amy ty olon-tsotra naho amy o manan-kaja'o tsy rehake na inogne na inogne mihoatse ze voareha o mpitokio naho i
Mosesy fa hiseho; [23]fa tsy maintsy hijale ty Kristy, le ireke ro ho voaloha'e hintsangagne amy o mate'o mba hitsangagne
naho hitory fahazavagne hoe o vahoake Jiosy naho o Jentilisa'o."[24]Naho fa nivita i Paoly ty fiarovan-tegna'e, le nirehake
tamy ty feo mafe ty Festosy te hoe: "Paoly, gege vi-heo; ty fianara'o be loatse ro mahatonga azo ho gege." [25]Fe ie hoe ty

Paoly te hoe: "tsy gege zao raho, ry Festosy soa vatae; fa amy ty fahasakiagne raho mirehake ty rehake ty fahamarinagne
naho ty famatoragne. 26 Fe ie ty mpanjaka mahafantatse ty momba ze raha zay; le noho izay, mirehake an-kahalalahagne
amao raho, fa rese lahatse fa tsy nisy tamy izay ro naetake tama'e; satria tsy natao tamy tambalike agne zay. 27 Mino ty
mpitoky vao rehe, o ry Agripa mpanjaka? Fantako fa mino rehe." 28 Agripa nirehake tamy i Paoly te hoe: "Agnate ty
fotoagne kede vao ro handrese'ao lahatse ahy naho hanaova'o ahy ho kristiana? 29 Hoe ty Paoly te hoe: "Mivavake
am'Andrianagnahare raho, mba na hoa'ao agnate ty fotoagne fohy na fotoagne lavva, tsy rehe avao, fa ze mahare'y ahy
androany avao ka, le hambagne amako, fa tsy mindre amy o rojo reo." 30 Boakeo nitsangagne ty mpanjaka, naho o
governora'o, naho i Berenika ka, naho iareo ze nindre nitoboke tama iareo; 31 naho fa nisintake i tragno fivoriagne'y iareo,
le nifampirehake le nirehake te hoe: "Ty lahilahy toy tsy manao raha magneva ty fahafatesagne na famatoragne." 32 Hoe ty
Agripa tama i Festosy te hoe: "Ty lahilahy toy le afake nalefa naho tsy nitokavegne tamy i Kaisara tagne reke."

# 27

1 Naho fa tapake fa tokoe hiantsambo ho an'Italia agne zahay, le napo iareo ty Paoly naho o gadra hafa'o ho ambany
fifehaza i kapiteny eo i raike atao hoe Jolio ze ei i rezimanta i Amperora. 2 Nilitse agnate sambo raike boake Adramytena
agne zahay, i hiondragne magnorike ty sisin-tane i Asia. Ka le nandeha an-dranomasigne zahay. Aristarko boake a
Tesalonika agne Makedonia le nandeha niarake tama'ay. 3 Amy ty andro magnarake le niavy tamy ty tanà i Sidona zahay, i
ninday i Jolio i Paoly tama ty hasoam-pagnahy le namotse aze handeha ho amy o namae handrae ty fikarakaragne iareo.
4 Boake agne zahay ro nandeha an-dranomasigne agne le niantsambo nagnorike i moro i Kyprosy, nagnarine i nosy, satria
nanohetse anay i rovotsey. 5 Boakeo niantsambo namakivaky i ranomasigney zahay le nagnarine ty sisin-tane i Kililia
naho Pamfilia, niavy ta Myra zahay, tanà i Lykia. 6 Tagne, ty kapiteny le nahatrea sambo raike boake Aleksandria agne i
hiantsambo ho an'Itlia agne. Nadoboe tao am'izay zahay. 7 Naho fa niantsambo niadagne agnate ty andro maro zahay le ty
farae le niavy tam-pahasahiragnagne t'agnila i Kinidio teo, le tsy nagneke anay handeha tamy ze lalagne zay sasa i
rivotse'y, le niantsambo nagnarake ty agnila ty takon-tioke i Kreta zahay, mifanandrify amy i Salmona. 8 Nagnarake
morogne tam-pahasahiragnagne zahay, mandra-piavia ay tamy ty toeragne raike atao hoe Soa-fitoliahan-tsambo, agnila
ty tanà i Lasea. 9 Le nandany fotoagne maro zahay, fa losotse agne ka ty fotoagne fifalian-kane o Jiosy io, le fa lasa nandoza
ty miondragne an-tsambo. Ka le nampitandrigne iareo ty Paoly, 10 le nirehake te hoe: "Ry lahilahy, treako fa itoy le ze ho
ataontika toy le hisy hafereagne naho fatiantoke tsiefa, tsy hoe ty entagne naho i sambo avao, fa hoe ty fiain-tika ka."
11 Nagnomey lanja i mpinday naho i tompo i sambo'y noho ze raha rehafe i Paoly i kapiteny. 12 Satria ao amy ty figaragne le
tsy mora naho hijanogne agnate ty asotry, le maro tama o mpiantsambo ro nanoro hevetse ty hiondragne hisintake teo, fa
vasa vao mba afake hamonjy i tanà i Foiniksa amy ty fomba iaby zahay, mba hitoboke agne agne i asotry. Foiniksa le
figaragne a kreta agne, le magnatreke ty miagnavaratse -andrefagne naho ty miagnatimo-andrefagne zane. 13 Naho fa
nanomboke nihegne i tioke boake atimo agne'y, le nihevetse o tantsambo fa nanagne ze nilae iareo. Ka le nampiakatse i
vatofantsike'y naho le niondragne nagnarake i Kreta iareo, nagnarine ty moron-dranomasigne. 14 Fa afake fotoagne fohe le
nisy tioke mahery, atao hoe Eoroklydona, nanomboke namele mafe boake amy i nosy agne. 15 Naho fa ny tra i tafiotse'y i
sambo'y le tsy afake nanohetse i rovotse'y sasa, le tsy maintsy nagnome'y lalagne i tafiotse'y zahay le mbe nirehake i
rivotse'y mbegne mbegne. 16 Niantsambo nagnorike i moro i anake nosy raike atao hoe Kaoda zahay, le tamim-
pahasahiragnagne ro nahafa'ay niaro ty lakagne famonjeagne aigne. 17 Naho fa nampiakare iareo i lakagne famonjeagne
aigne'y, le nampiasa iareo ty taly izay mba hameheagne ty vata i sambo'y. Natahotse iareo fa tokoe handeha ambony i
fase i mandrevo i Syrtiso ey, le nalatsa iareo i vatofantsike i ranomasigne'y le nandeha ho aze tey. 18 Tra ty famelezagne
mahery bey ty tafiotse zahay le amy ty andro magnarake io le nanomboke nagnary ze entagne t'ambalike i sambo'y iareo.
19 tama ty andro fahatelo o tantsambo le nanorake ty entae i sambo t'ambalike i sambo agne tama ty tana iareo
manokagne. 20 Naho fa tsy namiratse tama ay agnate aty andro maro i masoandroy naho i kintagney, le mbe namely anay
avao i tafiotsy bey i, le montso iaby ty fagnatenagne ty hahavoavonjy anay. 21 Naho fa lasa lavitse tsy nisy hanegne iareo, le
nintsangagne tamy o tantsambo teo ty Paoly boakeo le nirehake te hoe: "Ry lahilahy, tokoe nitsanogne ahy nareo, le tsy
niondragne boake ta Kreta tagne, ho tra izao hafereagne naho fatianteke zao. 22 Am'izao le mamporisike anareo raho mba
hahery, fa tsy hisy homontso aigne agnivo areo eo, fa hamontso ty sambo avao. 23 Fa taniakale le nisy
Anjelin'Andrianagnahare zay tompoko, i tompoiko avao ka_nitsangagne t'agnilako teo ty Anjeli'e 24 le nirehake te hoe: 'Ko
matahotse, ry Paoly. Tsy maintsy hitsangagne agnatreaha i Kaisara eo rehe, le ingo, Andrianagnahare ao amy ty hasoam-
pagnahy ro nagnome azo ze miantsambo mindre ama'o iaby.' 25 Noho izay miononа, ry lahilahy! Fa matoky
an'Andrianagnahare raho fa hitranga arake ze voalaza tamako zay. 26 Fe ie tsy maintsy hidofotse amy ty nosy maromaro
tika." 27 Naho fa niavy ty faha-efatse ambin'ny folo halegne, naho natopatopa mbetia mberoa tamy ranomasi i Adrea ay
zahay, tokoe ho tamy ty sasakalegne le nihevetse o tantsambo fa magnarine tane iareo. 28 Le nangalake refen-drano iareo
le nahatrea fa efapolo metatse ty halale; tafara kede izay , le mbe nangalake refin-drano avao iareo le nahatrea fa
telopolo metatre ty halae. 29 Natahotse iareo tsy noho hidofotse amy o vato zahay, le nandatsake vatofantsike efatse boake
afara'o ao iareo naho le nivavake mba hiavia ty maraindray tsy ela. 30 O tantsambo le nipay ty fomba hagnenga iareo i
sambo'y le nandatsake i lakagne famonjeagne aigney t'an-dranomasigne ey, le mode nandatsake i vatofantsike'y boake
an-doha-tsambo ey iareo. 31 Fa i Paoly ro nirehake tamy i kapiteny naho o miaramila'o te hoe: "Naho tsy mijanogne agnate
i sambo'y o lahilahy reo, tsy ho vaovonjy nareo." 32 Boake'o o miaramila'o nanapake i taly i lakagne'y le nagnenga aze ho
dobo. 33 Naho fa nanomboke nihazava i androy, le nampiriseke iareo iaby ty Paoly mba hangalake hanegne maromaro. hoe

reke te hoe: "Ty andro toy ro andro faha-efatse ambiny folo ze hiembena areo naho tsy hinana areo; tsy hihinagne na
inogne na inogne nareo. [34]Naho izay le mamporisike anareo raho mba hizara hanegne, fa ilaigne zay mba hahavelogne
anareo. Fa tsy hisy na raike ama'areo ty ho homontso na le ty singam-bolon-dohae aza." [35]Naho fa boake nirehake izay
reke, le nangalake mofo le nisaotse an'Andrianagnahare t'amaso iareo iabike teo. Boake'o reke nizarazara i mofo'y le
nanomboke nihinagne.[36]Boake'o le nahery iareo iabike le nangalake hanegne ka. [37]Ndaty 276 zahay ro tagnate i sambo'y
tao. [38]Naho fa nihinagne soa iareo, le hamavaigne iareo i sambo'y tamy ty nagnaria iareo vary tagnate i ranomasigne
agne.[39]Naho fa ny maraindray iandroy, le tsy ny fanta iareo i tane'y, fe ie nahatrea toram-pasike raike iareo, le nifandinike
iareo naho afake hinday i samboy ei. [40]Le nitinapa iareo o vatofantsike'y le napò iareo t'an-dranomasigne agne.
Nagnarake tam'izay le nalatsa iareo ka i taly famegnagne'y le natsanga'e i lay ho amy tiok'ey eo; le nagnatogne t'amoroe
iareo. [41]Le niavy tamy toeragne raike nisy ranomasigne nifanapake teo iareo, le nidofotse tamy tane'y i sambo'y. I loha i
sambo'y le nipiteke teo le nijanogne tsy afa-mihetseke, fa i voly sambo'y ro nanomboke ny vaky tra ty hery i onja'y.[42]Ty
heve o miaramila'o le ty hamono o gadra'o mba tsy hisy amy iareo ty ho afake handeha hilaogne hilay. [43]Fe ie i kapiteny te-
hamonjy i Paoly, le najanogne i heve iareo oy; le nandily ze mahay milaogne mba hizotro ambalike i samboy aloha hoa
moroey. [44]Boake'o tokoe hagnorike ze lahilahy ambi'e, t'ilae ambony hataegne fisake, le t'ilae ambony ty raha hafa boake
tamy i sambo'y te'y. Manahake izay ty raha niseho le niavy soa aman-tsara t'amoroe ey iabike zahay.

## 28

[1]Naho fa toly soa zahay, le hay ay fa i tane'y atao hoe Malta. [2]O tompontaneo le tsy mba nagnome hasoam-pagnahy tsotra
tama ay avao, fa mbe nandrehetse afo ka iareo le mbe nampandroso anay iabike ka, noho ty finjinja oragney naho i
nintsigne'y.[3]Naho fa namory hatae naho nagnoro azay tamy i faoy teo ty Paoly, le nisy menaragne niakatse tra i
hafanagne'y, le nipiteke tamy ty tagnae. [4]Naho fa nahatrea i biby nihantogne tamy ty tagnae teo o tompotaneo, le
nifampirehake iareo te hoe: "Tena mpamono ndaty nilay boake t'andranomasigne tagne o lahilahy io, Naho ty rare'e le tsy
tokoe ho velogne reke."[5]Naho niavy eo nagnozongozonge i biby ho agnate afo ao reke le ts mba naratse aza. [6]Nandigne aze
mba ho voa ty tazo na ho mate tampoke iareo. Fe ie naho boake nagnete aze maharetse iareo le nahatrea fa tsy nisy raha
tsy mahazatse nanjo aze, le niova hevetse iareo le nirehake fa ireke le andrianagnahare.[7]Le tamy ty toeragne marine teo
ty nisy o tane ie i lahilahy bey i nosy, lahilahy tokavegne hoe Poplio. Nandrae anay reke naho nagnome hanegne anay
tamy ty hasoam-pagnahy agnate ty telo andro. [8]Ty rae i Poplio le nanare ty tazo naho nivalan-dio. Naho fa nandeha tamy i
Paoly agne, le nivavake reke, nametrake ty tagnagne tamae teo, le nagnasitragne aze. [9]Tafara ty nisehoa izay, le
nagnatogne aze iabike ty ambe i vahoakeo ze nanarare teo amy i nosy teo le ny sintragne.[10]Nagnomey volonahitse tsiefa
anay ka o vahoakeo. Naho fa niomagne handeha hiantsambo zahay, le nagnomey anay ze raha paialia ay iareo.[11]Afake
telo volagne izahay le nandeha niondragne tama ty sambo ze nijanogne tamy i nosy agnete ty asotry,sambo i Aleksandria,
misy "sarimban'Andrianagnahare" aloha i sambo eo. [12]Naho fa niavy tamy i tanà i Sirakosa izahay, le nidoboke tao agnate
ty telo andro.[13]Nisintake boakeo izahay ro niantsambo ka niavy tamy ty tanà i Regioma. Naho fa afake androe raike le
nisy rivotse nitioke boake atimo agne, ka roe andro izahay le niavy tamy ty tanà i Potioly tao. [14]Tao ro nahita ay o
roahalahe ilaeo naho nanasa anay mba hijanogne hindre amy iareo agnate ty fito andro. Tamy ty alala izay ro niavia ay
ta Roma tagne. [15]Boake'y o roahalaheo, tafara ty nahareza iareo ty momba anay, le niavy nitsena anay boake amy ty tsena
i Apio naho o tragnom-bahiny telo. Naho fa nahatrea o roahalahy eo ty Paoly, le nisaotse an'Andrianagnahare reke le
naho hery.[16]Naho fa nilitse ta Roma ao zahay, le nahazo alalagne hindre miaigne amy o miaramila niambegne aze'o ty
Paoly. [17]Naho fa niafake telo taogne tafara izay le nindre nampitoka o lahilahy ze mpitarike tamy o Jiosy reo ty Paoly.
Naho fa nindre niavy iareo, le nirehake tama iareo reke te hoe: "Ry roahalahe, na le tsy nanao raha raty tamy ty ndaty na
ty fomba o razantika'o ara raho, le natolotse ho gadraigne ta Jerosalema tagne tamy an-tana i Romana. [18]Naho fa boake
nagnadihady ahy iareo, le nagniry ty hagnahafake ahy, satria tsy nisy antoe tokoe hagnasaziagne ahy ho mate.[19]Naho fa
nandietse ty fagniria iareo ty Jiosy, le voatery raho nampitoka i Kaisara, na ie tsy manahake ty hoe ninday fagnajehagne
hanohetse ty fireneko aza. [20]Noho ty tokako, le, nangatake ty hahatrea anareo naho hirehake ama areo raho. Izay le noho
ty fahatokisa i Israely mahakasike ty hameheagne ahy amy ty rojo toy."[21]Boakeo le nirehake tama iareo te hoe: "Mbe tsy
nahazo o taratasy mahakasike azo boake a Jodia agne zahay, na roahalahe niavy naho nitaogne na nirehake raha raty
mahakasike azo. [22]Fa tea ay ho re amao ty eretrereo mahakasike ze sekta zay, satria fafanta ay te fa raty laza mbegny
mbegny zany.[23]Naho fa nifily andro ho aze iareo, le tsiefa ka ty o ndaty nagnatogne aze tamy ty tragno nivantagnae tagne.
Nampahafantatse i raharaha tamy iareo reke, le nijoro vavolombelogne mahakasike ty fanjakan'Andrianagnahare.
Niezake nandrese lahatra iareo ty mahakasike i Jesosy reke, na tamy ialala i Mosesy zay na tamy i alala ty mpaminany,
nanomboke maraindray ka hatramy ty halegne. [24]Tilae le rese lahatra tamy ze raha ze voarehake, naho tsy nino ka o
hafa'o.[25]Naho fa tsy nifagnarake iareo, le lasa tafara ty nitalilia i Paoly ty rehake raike toy te hoe: "Ty fagnahy Masigne le
nirehake soa o raza areo tamy ty alala i Isaia mpaminany. [26]Hoe reke te hoe: 'Mandehana amy o vahoakeo reo agne le
rehefo te hoe: "Amy ty fitsanognagne ro hahareza areo, fa tsy hahatakatse; le amy ty fahitagne ro hahita areo, fe ie ts
hahatrea.[27]Fa ty handoto ty fo o ndaty reo, naho le sarotse amy ty sofy iareo ty hitsanogne, le nampikipe ty masoe iareo.
Fa naho tsy izay le mete hahatrea amy ty masoe iareo, le haharey amy ty sofie, naho hahatakatse amy ty foe ka himpoly
ndraike, le hagnasitragne iareo raho."'[28]Naho izay, tokoe ho hay areo fa ze famonjen'Andrianagnahare zao le nalefae tama
o Jentlisa'o, le nitsanogne iareo." [29](Fagnamarihagne amy ty farae ambany i pejy io: Asa 28: 29- Ty antotan-taratasy ilae le
managne ty andinie. 29 te hoe: "Naho fa nirehake o raha reo reke, le nandeha o Jiosy io. Nisy fifandieragne bey tamy


generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

iareo.")[30]Paoly le niaigne agnate ty roe taogne doe tamy i tragnoe nahofae manokagne tao, naho le nandray ze niavy
tamae tao reke. [31]Nitalily ty fanjakan'Andrianagnahare reke naho le nampianatse ze raha momba i Tompo Jesosy Kristy
tama ty fahasahiagne iaby. Le tsy nisy nanakagne aze.

# Romans

## 1

[1]Paoly, mpanompo'i Jesosy Kristy, voatoka ho apostoly, le nofiliegne manokagne ho mpitalily ty
talilisoan'Andrianagnahare. [2]Fa nampitamae'e tama'o mpitoky ntaolo tagnate Soratse Masigne o talily zao. [3]Mikasike i
Anae'y zay, niboake nofotse amy ty foko'i Davida.[4]Naho fa nivagnom-belogne, fa voasoratse te i Reke ho anake
maherin'Andrianagnahare boak'amy ty hery ty fagnahe Mpagnamasigne_le i Jesosy Kristy Tompontika. [5]Boak'Ama'e ty
fitahiantsoa naho ty nihaviagne ho apostoly naho ty fihasiam-pinoagne amy ty tane iaby toy, boak' amy ty Tahina'e. [6]Le
nareo ka nifilianegne hoe ty tane toy iaby mba hoe'i Jesosy Kristy.[7]Ho ahi'o maro t'a Roma ao ty taratasy toy, hoe ty
mahafantatse an'Andrianagnahare, hoe ty noriza'e ho olo-masigne. Loniky ho'ama'areo ty fitahiantsoa, naho ty
fiadanagne boak'aman'Andrianagnahare Raintika naho i Jesosy Kristy Tompo.[8]Voaloha'e, isaorako ty Andrianaghareko
boak'am'i Jesosy Kristy naho ty ama'areo abike, fa notaliliegne tamy ty tane toy ty finoa'areo. [9]Fa vavolombeloko ty
Andrianagnahare, kokoako amy ty fagnaheko agnate ty talilisoa i Anae'y, tsy mitofa raho ty mitalily Aze anareo.
[10]Mangatak'avao ty zotom-pon'Andrianagnahare raho amy ty vavake anoeko mba hilefesa'ty fiaviako ama'areo agne.
[11]Naho i raho le te hahatrea anareo, soa te hahafahako magnome fagnomezam-pagnahy hoanareo ndre ie tsy maro, le ty
mba hampahery anareo. [12]Izao, le ty mba fa gniriako zao le ty mba hifampaherezantika sambe tika, amy ty finoantika
tsiraidraike, ty anareo naho ty ahy.[13]Henanekeo, tsy teako tsy ho fanta'areo, ry rahalahy, le miharoky ty ho'ama'areo agne
avao raho, ( fa ie le tsy mete lefe avao), mba hahazoagne vokatse ama'areo, manahaky ty fa nahazoako tama'o jentilisa'o
ka. [14]Mpitrosa amy iareo Grika naho ambahiny reo raho, amy ty mahilala naho ty gege. [15]Le ie zao, amako, le mbe
vognogne avao raho ty hitalily i talily soa'ay a Roma agne.[16]Naho ty amako, tsy mahamegnatse ty talily soa, fa io ty
hamonjean'Andrianagnahare ze mino aze, hoe'y ty Jiosy he le hoe'y ty Grika. [17]Amy io ty hanengeagne ty
fahamaregnan'Andrianagnahare amy ty finoagne hoe'y ty finoagne, araky ty nisinoratse te: "Velogne amy ty finoa'e ze
maregne".[18]Ty helon'Andrianagnahare naboa'e boak'an-dagnitse malaigne ty haratian-tsereke naho ty vande'o ndaty, ze
mikalagne ty raha maregne amy ty raha tsy maregne. [19]Satria nifanta iareo naho fa mikasike an'Andrianagnahare, le
nitrea iareo. Fa niloven'Andrianagnahare iareo.[20]Le ze tsy trea'e maso, ty heri'e tsy tapetapetse naho ty maha-
Andrianagnahare Aze, le nitrea mazava soa, tamy ty nanombohagne ty namorognagne ty tane toy naho ze kila raha.
Naho izay le tsy hoafan-tahigne iareo. [21]Izao le satria, ndre te ie nifanta'iareo ty Andrianagnahare, le tsy nihasignè iareo ty
voninahitse maha-Andrianagnahare Aze, naho nisaots'Aze. Fe ie, a'o ndra nivalike ai'a ty loha'iareo, nikiteke ty fiai'e.
[22]Nanao ty tegna'iareo ho mahilala iareo, fe ie ndra nivaha. [23]Ty hasin'Andrianagnahare tsy mete lo ndra nova'iareo sare'o
ndaty mete lo, vorogne, biby efa-tomboke, naho raha milaly.[24]Naho izao le nataon'Andrianagnahare ho ama'e ty hatea
raha'iareo ty fanagnan-kakeo, le hohafan-kasigne amy iareo eo avao iareo. [25]Iareo ty nagnafake ty
fahamarenagn'Andrianahahare amy ty vande, le ze midera naho manompo raha hafa i Magnitse'y, le hoderaigne
hatrampara'e. Amena.[26]Naho izao, nitoloran'Andrianagnahare ty filan-draty faly iareo, fa novà ty ampela'iareo ho raha tsy
natànagnahare ty fiarahagne amy ty raha natànagnahare.[27] Manahaky izay ka, ty lahilahy, nengà iareo i filagn'ampela
natànagnahare'y fa ndra sambe iareo lahilahy ka ty nifampila. Lahilahy zao nanao raha mahamegnatse mindre amy
lahilahy le nandra'e ty saze magneva aze noho ty filàn-draty natà'iareo.[28]Satria tsy nimete nagneke ty hanagne
an'Andrianaghare amy ty fametsevetsea'e iareo, le notoroa'e saigne tsy magneva iareo, mba hanoa'e ty raha tsy ie.[29]Nifeno
ty tsy fahamarinagne iareo, haratiagne, tevan-draha, naho ty loiloy abike. Feno fialonagne iareo, famonoagne, lie-draha,
dramotse, naho ty eretsere-draty. [30]Mpitsiko iareo, mpanalatse, naho malaigne an'Andrianagnahare. Marengerenge iareo,
miavogne, le misengesenge. Mpamorogne raha raty iareo, le tsy mihasy ty rae'e naho ty rene'e. [31]Tsy raha mahilala iareo,
tsy hay atokisagne, tsy manan-katea nataon'aAgnahare, naho tsy miferenaigne.[32]Hay iareo ty lilin'Agnahare, evai'y ty ho
mate ty manao raha manahak'izay. Fa ie tsy izay avao ty nata'e, fa magneke ze manao manahak'izay ka.

## 2

[1]Naho zay le tsy manan-tahegne rehe, o ndaty reo, nareo mitsara ao, fa ty itsarao ty hafa ro agnomezao tahegne ty vatao.
Fa ihe mitsara ao le manao izay avao ka. [2]Fie fantantika ty fitsaran'Agnahare te arake i maregney le mivale amy ty nanao
hoe zay avao ka.[3]Dineho toy, ndaty reo, i rehe mitsara iareo manao raha hoe 'zay ka ndre te manao hoe zay ka rehe. Hilay
ty fitsaran'Agnahare vao rehe? [4]Ke ambaneo ty hamaro ty hasoa ty fagnahie, ty fandeferae, ty faharetae? Tsy fantao vao ty
hasoa ty fagnahie te hitarike azo amy ty fibebahagne?[5]"Zay ka le ho amy ty habeie ty hamafe naho ty tsy fibebaha ty fo
areo ro amoria areo heloke amy ty vata areo amy ty fotoan-keloke, le 'zay, ty andro hanondroagne ty fitsarangne marigne
Anagnahare. [6]Hamale ty ndaty iaby amy ty fetse manahake amy ty natao iareo Reke: [7]"Hagnomey arake, ty faharetagne,
ty asa soa mipay fideragne, voninahitse, ty tsy havilasy, havelogne tsy misy fiafarae Reke.[8]Fa ze mipay hoe ty vatae, ze tsy
magneke ty maregne fe ie magneke ty tsy fahamaregnagne, le hoavy ty habosehagne naho ty siake. [9]Andrianagnahare le
hinday fahoriagne naho fahantragne amy ty fagnahy ty ndaty iaby ze nanao raty, amy ty Jiosy heke, le amy ty Grika ka.
[10]Fa dera, laza, naho fiadanagne ty hoavy amy ty manao ty soa, amy ty Jiosy avao, naho amy ty Grika ka. [11]Fie tsy misy

fiangaragne ty mindre amin'Andrianagnahare. [12]Fie zay ndaty iaby nanagne hakeo tsy nanagne lily le ho montso tsy
managne lily avao ka, fe ie ze nanan-kakeo nagnorike ty fagnajagne ty lily le ho tsaragne arake ty lily.[13]Tsy ze
maharendreke i lily avao ro maregne agnatrehan'Agnahare, fa ze nagnorike ty lily ro nimeage ty maregne. [14]Fie iareo
kokolampe, ze tsy managne i lily, naho nanao raha mikasike ty lily fa boake amy Nagnahare, le iareo ro lily hoe ty vatae,
ndre ie tsy managne ty lilie iareo.[15]Ami'zay ro hanehoa iareo fa ty asa paliavy i lily le voasoratse ampo iareo ao. Ty
vetsevetse iareo ka le vavolombelogne hoe'iareo, ty raha agnate ty say iareo manokagne le magnomey tahegne na miaro
iareo amy ty vata iareo naho amy Nagnahare. [16]Le hoavy ka zao ami ty andro ty andro hitsaran' Andrianagnahare ty
tsiambaratelo ty olombelogne iaby, amy ty fagnombara soako, amy ty tahina i Jesosy Kristy.[17]Naho Jiosy ro hitokavao ty
vatao naho miankigne amy i lily naho mitregne aman'Andrianagnahare ao, [18]le mahafantatse ty zotom-poe le mamolily ze
kila raha soa vatae satria nampianaregne tamy ty lily rehe, [19]naho rese lahatse ty vatao fa mpitarike ty goa, ho ilo hoe'i ty
maiegne, [20]mpagnanatse ty gege, mpagnanatse ty ajaja, le anagnao amy i lily ao ty saresare ty fahalalagne naho ty
maregne, le manao akore ty ho vokae izay amy ty fomba hiaignao amy ty havelo'o?[21]I rehe mpampianatse o ilae reo, tsy
mampianatse ty vatao vao reheo? I rehe mitalily tsy mete amy ty halatse, mpangalatse vao reheo? I [22]rehe mandrara te tsy
tokoe hijangajanga ao, mijangajanga vao reheo? I rehe malaigne o ambiasao, manimba ty anjomba fivavahagne vao
reheo?[23]Rehe fale misengesenge amy ty lily, magnafa baraka an'Andrianagnahare vao rehe amy ty fandikagne lily io? [24]Fa
ty tahinan'Andrianagnahare le fa niafa-baraka tamy Jentilisa reo noho nareo," amy ty fa nosoratagne.[25]Fa mahazo tomboe
amy ty savatse maregne nareo naho magnorike ty lily, naho mandietse i lily nareo, le avy tsy nosinavatse ndra tie fa
nasavatse nareo. [26]Naho zay, naho ndaty tsy voasavatse ro miabegne ze take'i lily, le tsy ho agnate i voasoratse fa
voasavatsey vao reke ndre ty tsy nasavatse? [27]Le tsy hoboseha i raike tsy nitapake boake ami Nagnahare vao nareo naho
miambegne i lilie'y reke? Satria nareo managne i lily voasoratse mahakasike i savatsey, fe ie mbe mandika i lily avao![28]Fa
reke le tsy Jiosy amy ty fanenteagne aze avao; na ami ty tapake hita ivela ty nofotse avao. Fa reke tsy Jiosy amy ty endrike
ivelae avao; na amy ty fanapahegne ivela ty nofotse avao. [29]Fa le Jiosy agnate'e, le ty fanapahaegne boake an'arofo, amy ty
fagnahy, fie tsy amy ty soratse. Ty fideragne ty ndaty manahake zay le tsy boake ama ondaty fa boake
aman'Andrianagnahare.

# 3

[1]Le inogne areke ty vokatse soa azo'o Jiosy io? Le inogne ty vokatsoa azo amy savatseo? [2]Soa zay amy ty fomba iaby. Tamy
ty voalohae, iareo Jiosy ty namatohagne ty talily boake aman'Andrianagnahare.[3]Nanao akore naho tsy nanam-pinoagne
iareo Jiosy ilae reo? Ty tsy finoa iareo vao ro hahavy ty fahatokisan'Andrianagnahare tsy ho lefe? [4]Le tena tsy hisy anio
zao. Fe ie, adogno agne ho trea fa maregne ty Andrianagnahare, ndre ie mpavande ty ndaty kiraidraike. Arake ty
sinoratse te: "Ho hatoro amy ty reha areo fa ndaty maregne nareo, le ho hatoro ka naofa avy amy ty fitsasragne
anareo."[5]Fa naho tsy fahamaregnan-tikagne ty manoro ty fahamaregnan'Andriagnahare, inogne ty raha azontika ho
hambara? afake mirehake vao tikagne fa tsy maregne Andrianagnahare amy ty fampiboahae ty havignerae aman-
tikagne, ke tsy 'zay? (Manao ty laha-bola ty olombelogne raho.) [6]Raha tena tsy hisy anio izao! Le amy ty fomba manao
akore zane to hitsaran'Andrianagnahare ty tane toy?[7]Fa naho ty hamaregnan'Andrianagnahare ro magnome vonenahetse
Aze amy ty vandeko, le nagnino zane raho mbe tsaraigne ho behakeo? [8]Vaho nagnino tsy nirehakeo, arake ty tatetse tsy
maregne fa norehafen-tika, le arake ty fanamafesantika ty ilae te nirehafen-tikagne ty hoe: "Engao zahay hanao raty, mba
hiavia ty soa? Rare'e ty fitsaragne atao amy iareo.[9]Le inogne areke? Magnomey rare'e ty vatantikagne vao tika? Tena tsy ie
zay. Fa tika lefa nandiso ty Jiosy naho ty Grika, iareo iaby, ho manan-kakeo. [10]Izao le arake ty voasoratse te hoe: ' Tsy misy
ndaty ho maregne, ndre tie raike."[11]Ndre raike tsy misy mahafantatse. tsy misy ndre raike ty nipay an'Andrianagnahare.
[12]Nandeha nisintake iaby iareo. Nanjare tsy nisy raha nilagne aze aby iareo. Tsy misy mba manao ty soa, tsy misy, ndra ty
raike avao.[13]Ty feo iareo le mivoha hoe fasagne . Ty lela iareo le mavande. Ty pozy ty bibilava le ambane ty sogny iareo.
[14]Ty vava iareo le feno ompa naho loiloy.[15]Ty tombo'iareo le fa zatse amy ty fampipohan-dio. [16]Ty fanimbagne naho ty
fijaleagne le amy ty lala iareo. [17]Ty ndaty manao hoe io le tsy mahafantatse ty lalagne mbamy ty fiadanagne. [18]Tsy mba
nisy tahotse Anagnahare agnate ty maso areo."[19]Henane zao le fantantika ndre inogne ndre inogne rehafe ty lily, le
mahazo iareo ze ambane lalàgne ao. Le zay ty nahavy iareo tsikiraike hitsigne, le mba hahazo vale'e boaka
aman'Anagnahare ty tane toy. [20]Satria zay le tsy hisy nofotse homegne hato amy ty asa ty lalàge agnatrehae eo. Fa boake
amy ty lily ro hahafataragne ty hakeo.[21]Fa henane zao le nampahafantaregne ka ty fahamaregnan'Agnahare tsy amy ty
lily. Fa izay, ty hataon'Andrianagnahare. Ny hamarene ty lily naho mpitoky reo. [22]Fa izay, ty hataon'Andrianagnahare amy
ty alala ty finoa i Jesosy Kristy hoe ze fonga mino. Satria tsy misy fagnavahagne.[23]Nanan-kakeo ty ndaty iaby le tsy nahazo
ty vonenahin'Andrianagnahare, [24]iareo le ho hamarenegne avao amy i Kristy Jesosy.[25]Andrianagnahare nanolotse i Kristy
Jesosy ho fagnatetse amy ty alala ty finoagne ty lio'e. Natoloe ho porofo fahamaregnae Kristy, noho ty tsy fivetsevetseae ty
taloha tagne [26]amy ty faharetae. Nisy ze raha zao hanehoagne ty hato'e amy henanekeo. Zay ty ahafahae jmagnaporofo ty
vatae fa maregne, le mba hanambarae fa Reke le magnamaregne ty ndaty aby noho ty finoagne i Jesosy.[27]Aia ami zay
areke ty fiboahaboagne? Vita fafa zao. Inogne ty antoe? Amy ty asa vao? Ahae, noho ty finoagne. [28]Le nilahatse izane tika
fa ty ndaty raike ho tsaraegne magnarake ty finoagne amy ty asa o lilio![29]Ty Andrianagnahare Jiosy raike avao vao ty
Andrianagnahare? Tsy Andrianagnahare o Jentilisa ao avao ka vao Reke? Eka, ei o Jentilisao ka. [30]Naho, raike vatae ty
Andrianagnahare, le hoamarenegne amy ty finoae o nasavatse reo, le iareo tsy nasavatse ka amy ty alala ty finoagne.[31]Le
hofoagnantika amy ty alala ty finoagne vao i lily? Le raha tsy hisy anio zao! fie, hagnorike ty lily tika.


generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

4

[1]Inogne ka ty mbe horehafen-tika fa nihonie i Abrahama, raentika tamboaloha arake ty nofotse? [2]Fa naho
nohamarenenge tamy ty asae Abrahama, le nanagne ty antoe tokoe hampitregna aze, fa ie tsy agnatrehan'Agnahare.
[3]Inogne ty ambara i Soratse Masigney? Abrahama le nino an'Andrianagnahare, le nisagne ho maregne zay."[4]Hoe'i ze
miasa, ty karamae le tsy avike ho fitahiagne soa, fa hanahake o trosao. [5]Fa hoe izay tsy miasa ka fa mino i Raike
manamaregne ty mpanohitse an'Andrianagnahare, le ho avike ho maregne ty finoa'e.[6]David ka le nangonogne tso-drano
hoe izay ndaty navin'Andrianagnahare ho manan-kato ndre te ie tsy miasa. [7]Hoe reke te: "Haha ze malio tahigne, le ty
malio hakeo. [8]Haha ze tsy nisahe i Andriantompo ty hakeo'e."[9]Amy ty vita tampake avao vao ro hanonognonagne i tso-
drano zay, ke ndre amy ty mbe tsy nitampake reo ka? Fa hoe ntika te: "Ty finoagne le nisae i Abrahama ho hato." [10]Le atao
akore ro ho isake zay? Mbe i Abrahama nivita tampake, ke tamy reke mbe tsy nitampake? Tsy tamizay fa tinampake fa
tamy ty mbe tsy nitampake.[11]Abrahama le nandrambe fahafantaragne ty fanoagne savatse. Mba ho marike ty
fahamarenagne amy ty finoagne fa nanagnae tamy reke mbe tsy nitampake. Ty vale izay famantaragne zay le nanjare rae
ty mpino iabike reke, ndre te ie mbe tsy nitampake iareo. [12]Magnambara zao fa ty hato le ho isagne hoe'iareo. Zay ty
manondro fa i Abrahama rae ze vita savatse, tsy hoe'ze vita savatse avao, fa hoe ze magnorike ty lia ty finoa i Abrahama
raentika ka taloha ty nanampahagne aze ka.[13]Tamy ty nampitamà i Abrahama naho ty tarirae fa handova ty tane toy reke
le tsy boake amy ty lily fa boake amy ty fahamaregna ty finoae. [14]Fa naho iareo miaigne agnateo lily io ro ho mpandova, le
ho rereke ty finoagne, ro tsy hisy fotoe ty fampitamàgne. [15]Satria o lily io mikaike habosehagne, fie amy ty tsy misy lily, ro
tsy misy mandia lily.[16]Boake amy zay antoe zay le miboake amy ty finoagne zay, mba hisia ty fampitamàgne amy ty hasoa
na hananagne fatokisagne amy ty tarira i Abrahama iaby_ tsy hoe'i ty ambane ty lalàgne avao, fa hoe'iareo ze mizara ty
finoa i Abrahama avaoka. Raentika aby reke, [17]arake ty fa voasoratse te: "Natao ho rae ty firenegne maro toy rehe."
Nagnatreke ty nitokia i Abrahama, le, Andrianagnahare zao, ty nagnomey fiainagne hoe ty mate le mitoka ty raha mbe
tsy misy ho hisy.[18]Ndre ie teo ty raha misy tambalik'agne, le natoky vatae an'Andrianagnahare ty i abrahama amy ze mbe
ho avy. Le niavy ho rae ty firenegne maro reke, ze fa novolanigne taloha te: "Hanahake zay ty tarirao." [19]Tsy nimora rava
ty finoae. Arofàna i Abrahama fa tsy afake ty hanagn'anake reke( satria fa nizato taogne teo reke). Nagneke ka reke fa ty
tro i saraha le fa tsy hoafake hinday vesatse sasa.[20]Fie ty fampitàman'Andrianagnahare, le tsy nihemotse amy ty finoae ty
finoae ty Abrahama. Fie ndra nihamafe ty finoae le nanandratse an'Andrianagnahare. [21]Rese lahatse vatae reke te ty raha
nampitaman'Andrianagnahare, le afake ho lefese'e ka. [22]Noho zay le navike ho fahamaregnagne zay.[23]Le tsy nisoratagne
ho soa azo ty raike avao zao, fa nisagne ho aze ka. [24]Nosoratagne ho antika avao zao, hoe izay hagnisagne zao, tika zay
mino Aze zay nahavagnom-belogne i Jesosy Tompontika tamy mate. [25]I Reke raike natolotse voka ty hakeontika le
natsangagne mba hanamarigne antika.

5 [1]Satria nohamarinegne tamy ty finoagne tika, le managne fiadanagne mindre amin'Andrianagnahare boake amy i
Andriantompotika Jesosy Kristy. [2]Boake amae avao ka zao ro hananan-tika lalagne amy ty finoagne mandeha amy ty
fitahiantsoa itokisagne amean'Andrianagnahare anay amy ty ho avi'ay zahay, fitokisagne hozarantika amy ty
vononahin'Andrianagnahare.[3]Tsy zay avao, fa tika ka mifaoe amy ty hasosorantika fantatika fa te ty hasosoragne ro
mamokatse faharetagne. [4]Miterake fihasiagne ty faharetagne, le tsy fihasiagne miterake fitokisagne amy ty hoavy. [5]I toky
zay le tsy hampitamà raha tsy misy. Satria fa nambolegne an'arofontika ao tamy ty hery ty Fagnahy Masigne ty
fitean'Andrianagnahare, zay nameagne antika.[6]Fa naho mbe naleme tikagne, le nimate tamy ty fotoagne hoe ty raty
fagnahe ty Kristy. [7]Fa sarotse hoe ty ndaty raike ty ho mate hoe ty ndaty maregne. Fie, vae misy ndaty mahafoe ty fiai'e
hoe ty ndaty soa.[8]Fa Andrianagnahare nagnome ty fitiavae manokagne antika, satria naho mbe nanan-kakeo ntika, le ho
mate hoantika ty Kristy. [9]Mihoatse izay aza, ty amizao, naho fa nihamarinegne tamy ty lio'e ntika, le hoavotse amy ty
havigniran'Andrianagnahare.[10]Naho mbe, nifandrafe ntika, le niheregne nilongo amin'Andrianagnahasre tamy ty
nahavilasia ty Anae, le mbe mihoatse zay aza, naho fa nampilongoegne, le ho avotse amy ty fiaie ntika. [11]Tsy zay avao, fa
ntika ka le mifale aman'Agnahare ao noho i Andirantompo Jesosy Kristy, ty nahazoantika ty filongoagne ami o henane
zao.[12]Naho zay, manahake ty nidira ty hakeo amy ty ndaty raike ambone ty tane toy, le hoe zay ka ty nidira ty
fahafatesagne naho ty hakeo. Le ty havilasy nahazo ze fa kila ondaty, satria sambe nanan-kakeo aby tika. [13]Amparae ty
nisia ty lily, naneran-tane ty hakeo, fie tsy misy ty isake o hakeo naho tsy misy ty lily.[14]Fie ndre zay, ty havilasy le fa nisy ty
havilasy fa nanomboke tamy i Adama hatramy i Mosesy, ndre tamy iareo tsy nanan-kakeo nanahake ty tsy fagnoriha i
Adama anatse ka, izay alokalofe ty raha hoavy. [15]Ndre teo zay, ty fagnomezagne tsy hadisoagne. Fa naho boake amy ty
hadisoa ty raike ro hahafate ty maro, le mihoatse lavitse ty natà ty fitahian'Agnahare naho ty fagnomezagne boake amy
ndaty raikey, Jesosy Kristy, natolotse aby hoe ty maro.[16]Ty fagnomezagne tsy manahake ty famoa boake amy ty tsy
vokatse. Fa amy ty ankolafie raike, le hoavy ty fitsaragne hanomeagne tsiny ty ndaty raike. Amy ty ankolafie raike hafa, ty
fagnomezagne tampetse amy ty fanamarenagne le avy amy ty fahadisoa ty maro. [17]Fa naho, boake amy ty fahadisoa ty
ndaty raike, ro hahavanogne ty fahafatesagne amy ty raike, le mihoatse lavitse zay ka ty hiaviae ze mandrae ty hasoa bey
naho ty fagnomezagne ty hato amy ty fiay i raikey, Le i Jesosy Kristy.[18]Naho zay le, satria boake amy ty tsy mete atà ty
raike ro maha-avy ty ndaty ho melohegne, le boake amy ty asa ty maregne raike avao ka ro hiavia ty maregne amy ty fiay
ty ndaty abike. [19]Satria boake amy ty fihasiagne ty ndaty raike ro maha avy ty ndaty maro ho maregne.[20]Fa niavy tamizay
ty lily, mba ho bey ty fahadisoagne. Fie naho mihabey ty hakeo, le nihabey ka ty fitahiagne soa. [21]Nisy zay mba, hanahake

ty nanjakà ty hakeo tamy ty fahafatesagne, le hoe zay ka ro hanjaka ty fitahiantsoa boake amy ty hafamaregnagne ho
amy ty havelomagne hatram-parae boake amy i Jesosy Kristy Andriantompontika.

6 [1]Inogne'o ty hoambarantika? Ty mimane ty fanagnan-kakeo vao ty hitomboa ty fazahoam-pitahiantsoa?[2] Hisy aia zay
nao izao. Tika fa nimaten-kakeo, le mbe manao akore ka ty mbe hiheregnatika amy'zay ndraike?[3] Tsy hai'areo vao te ze
natao batisa tami'i Jesosy Kristy ao le fa natao batisa tame ty havilasi'e?[4]Ao, voalevegne, nindre Amae amy ty alala ty
batisa amy ty fahafatesagne tika. Nisy zay hanahaky ty nivanognam-belo i Kristy mbam'ty voninahy ty Ray, ty
handenantika amy ty fiainam-baovao ka.[5] Fa naho magnorik'Aze manahake ty nivilasia'e tika, le hiharo amae amy ty
hivelomae ka.[6]Haintika zay, te ty vatantika ka fa nifinatsike nindry ama'e, mba holioven-kakeo. Nisy zay tsy hahandevo
hakeo'o antika.[7] Fa i Reke nivilasy, le notsaragne te maregne naho malio hakeo.[8]Naho niarake nivilasy am'i Kristy tika, le
hindre havelogne Amae ka. [9]Fantatika te nivagnom-belogne ty Kristy, le tsy homate sasa Reke. Naho le tsy hanan-kery
amae ty havilasy.[10]Fa naho ty mikasiky ty havilasy le homate amy ty hakeo Reke, nimate indraike hoantika aby Reke. Fa
ie, hiaigna'e hoan'Andrianagnahare ty havelo'e.[11] Hoe zay avao ka , le manòa ty tegna areo fa nimate tam'o hakeo ka
nareo, fa velogne hoan'Andrianagnahare am'i Jesosy Kristy.[12]Naho izay le ao ty vata'areo mete mate tsy handesy ty hakeo
hagnoriky ty filàn-draty.[13] Ko mangala-kakeo hoe ty tegna'areo, ho fitaovagne amy ty raha tsy maregne. Atoloro
an'Andrianagnahare ty tegna'areo, manahaky ty nampivanognam-belogne nivelogne henane'eo. Atoloro aze ty tegna'areo
ho fitaovagne hampesagne hoe ty raha maregne.[14] Ko mangalake hakeo hoe ty vata'areo. Tsy raha ambane lily nareo, fa
ambane ty fitahiantsoa.[15]Inogne areke? Ao le hangala-kakeo zane fa tsy ambane lily, fa ambane ty fitahiantsoa? Tsy hisy
naho zay reke.[16] O'tsy hai'areo vao te iraike nitolora'areo ty tegna'areo ho mpanompo'y le iraike ho hasigne'areo, i hekae
hohasigne'areo'oy? Maregne zay ndre te ie behakeo hinday amy ty fahafatesagne nareo, ndre te ie mpihasy hoamy ty
raha maregne.[17]Le isaoragne ty Andrianagnahare! Ndra te ie behakeo nareo, fa ie nihasy tamy ty fiai'areo ty fomba
fampenaragne ze nomeagne anareo.[18] Nilioven-kakeo nareo, le hatao mpanompo ty raha maregne.[19]Misaontsy manahake
ty ndaty raho amy ty havotroa ty vata'areo. Satria vao notoloara'areo ho ndevo ty haratiagne naho ty negne ty vata'areo
nareo, le manahaky zay ka zao, le atoloro ho ndevo ty fahamarinagne amy ty fihasiagne ka ty vata'areo.[20] Tamy nareo
mbe ny behakeo, le niafake tamy ty fahamarinagne.[21] Henan'eo, ao inogne areke ty vokatse niazo'areo tamy zay raha
mahamegnatse anareo zay? Satria ty voka raha zay fate.[22]Fa henan'eo naho fa niliovegne ty hakeo'areo le niavy ho
mpanompon'Andrianagnahare, le eva'ty fihasiagne. Havelogne hatramparae ty voka'e.[23] Fate hoe ty behakeo, fa havelo
hatramparae am'i Kristy Jesosy Andriatompotika ao ty fampitaman'Andrianagnahare.

7 [1]O tsy fanta'areo vao; ry rahalahy (satria nirehake amy ty ndaty nangatake momba o lilio raho), fa ty lily ro mandily ty
ndaty raike naho mbe ho velogne reke?[2]Fa ty ampela magnambaly le voafehe lily ie amy ty valie naho mbe velogne
reke, naho fa mate i valiey, le malalake ty lily i fanambaliagney reke. [3]Le naho mbe velogne ty valie, naho miarake amy ty
lahilahy hafa reke, le hatao te ampela miriragne reke. Fa naho mate i vale ey, le vototse amy ty lily reke, le tsy miriragne
ka reke naho mila lahilahy hafa.[4]Noho zay, ry rohalahiko, le natao ho maty amy ty llily ao ka nareo amy ty tahina i Kristy.
Le natao zay hitraofa'areo amy ty ilae, hoe, tamy ty fivagnonae velogne, soa te hamokarantika voa ho
an'Andrianagnahare. [5]Tamy tikagne mbe tagnate ty nofotse, ty filàn-kakeo, zay nampeae i lily, le nanjaka amy ty vatantika
iareo hinday antikagne amy ty fahafatesagne.[6]Hinane zao le nafahagne amy i lily tika. Mate tami ty nameheagne antika
tika. Le izay ty hahafahantika manompo ty fagnahy vaovao, fa tsy amy ty fahantera ty soratse.[7]Inogne areke ty
horehafentika? Le o lilio vatae ro mampanan-kakeo? Raha tsy le vatae tsy hisy anio zao. Fie, tsy nahafantatse o hakeo
raho, naho tsy nisy zay lily zay. Fa tsy nahafantatse magniry raho naho tsy nirehake ty lily te hoe: "Ko magniry". [8]Fa vao
maike ndra nampea i didy ty hakeo ke le niavy amako atoy iaby ty fagniriagne. Naho tsy misy ty lily, le tsy niteo ka ty
hakeo.[9]Te ntaolo raho le nivelogne tsy nisy lily, fie naho fa avy ty lily, le nivelogne ndraike ty hakeo, le mate raho. [10]Ty lily
tokoe hinday fiaigne ro nivalike fahafahatesagne ho ahy.[11]Ndra nagnindra i hakeoy ty fisia i lily le namitake ahike. Tamy i
lily ie ro namonoae ahy. [12]Naho zay ty lily le masigne, ary ty lalàgne le masigne, maregne, ro soa.[13]Le ndra nivalike fate ho
ahy vao ty soa? Le raha tsy hisy anio zay. Fa ty hakeo, mba hafahae miboake ho hakeo amy zay soa zay, le nikaike fate
tamako tatoy. Zay le ho amy lily zay, ty hakeo le mete hatoly hakeo vatae. [14]Fa fantantika fa boake amy fagnahy ty lily, fa
raho boake amy ty nofotse. Fa navily ho ambane ho ndevo ty hakeo raho.[15]Fa ty raha ataoko, tsy mazava amako soa.
Satria ze teako hatao, le tsy ataoko, le ze hejeko, le ataoko. [16]Fa naho manao ze hejeko raho, le miray hevetse amy ty lily fa
soa ty lily.[17]Fa henane zao tsy raho sasa ro manao zay, fa ty hakeo zay velogne amako ato. [18]Fa fantako amako ato, zay
agnate ty vatako, le tsy misy raha soa miaigne. Fa ty fagniriagne soa, fie tsy afake manao zay raho.[19]Fa ty soa teako le
teako le tsy ataoko, fa ty raty tsy teako, ro ataoko. [20]Le naho fa manao ty tsy teako hatao raho, le tsy raho sasa ro manao
zay, fa ty hakeo velogne amako ato. [21]Le raho nahatrea, ty lilitse amako ato fa te hanao ty soa raho, fie ty raty ro amako ato
amizao.[22]Fa falefale amy ty lilin'Andrianagnahare raho amy ty fagnahy maha ondaty. [23]Fie mahatrea lilitse raike hafa amy
ty mahakasike ty vatako raho. Izao le mifanohetse amy ty lilitse vaovao an-tsaiko ao. Manjietse ahy ho rese ty lily ty hakeo
amy ty mahakasike ty vatako zay.[24]ndaty sahiragne raho! Ia ty hagnafake ahy amy ty vata ty havilasy toy? [25]Fa isaoragne
an'Andianagnahare amy alala i Jesosy Kristy tompontika! Naho zay, raho ambatako le manompo ty lilin'Andrianagnahare
ty saiko. Ndre eo zay, le manompo ty sata ty hakeo amy ty nofotse raho.


generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

[1]Naho ty am'izay le tsy misy fagnamelohagne sasa henanizao hoe'iareo ze am'i Jesosy Kristy ao. [2]Fa ty lilin-kavelogne am'i
Jesosy Kristy ao ro nagnafake ahy tam'ty lilim-pahafatesagne naho ty hakeo.[3]Fa ze tsy nimete natao ty lalàgne naho ty
fahaleme'izay tam'ty nofotse, le nataon' Andriagnanahare. Nandefa ty Ana'e lahy tokagne Reke, nisandroigne nofotse feno
hakeo mba ho fagnatetse amy ze ota, le nagnameloke ty ota amy nofotse ao Reke. [4]Natao'e zay mba ho lefe amantika ty
raha paia i lalàgney, intika tsy mandeha magnorike ty nofotse, fa magnorike ty fagnahy.[5] Iareo ze miaigne am'ty nofotse le
mimane am'ty raha ty nofotse, fa iareo velogne amy ty fagnahy le mimane am'ty raha ty faganhy.[6]Satria havilasy ty
fivetsevetseagne mioregne am'ty nofotse, le fiaignagne naho fiadanagne ty vetsevetse mioregne am'ty Fagnahy.
[7]Fandrafeagne an'Andriagnanahare ty vetsevetse mioregne amy ty nofotse, fa tsy mifagnorike amy ty lalàn'Andriagnahare
zay, sady kà tsy hai'e ty manao zay. [8]Iareo amy nofotsey ao le tsy mete ho zoton'Andriagnahare.[9]Kanefa, nareo tsy amy
nofotse ao fa amy Fagnahe ao, naho tena velogne ama'areo ao ty Fagnahin'Andriagnanahare. Fa naho misy ndaty tsy
managne ty Fagnahe i Kristy, le tsy Aze reke. [10]Naho ama'areo ao t'i Kristy, le mate am'ty fahotagne ty vatagne, fa ty
fagnahy velogne am'ty fahamaregnagne.[11]Naho ty fagnahe i nampijangagne i Jesosy amy mate'y ro velogne ama'areo ao,
le Reke nanangagne i Kristy amy mate zay ro hagnomey havelogne ty vata areo mete mate amy ty fagnahe, le ie velogne
ama'areo ao.[12]Naho ty am'izay,rikiahe, mpitrosa tikagne, fa tsy amy nofotsey ao mba hovelogne arake ty nofotse.[13] Fa naho
velogne arake ty nofotse nareo, le ho mate, fa naho amy fagnahy amonoa areo ty asan-tsandrigne le ho velogne nareo.[14]Fa
manahake iareo voatary ty Fagnahin'Andriagnanahare, iareo ro anak'Andrianagnahare.[15] Ko matahotse fa tsy raha
nandrae ty fagnahim-pagnandevozagne nareo. Fa nandrae ty fagnahy fananganagne anake nareo, hitokatokavantika te
hoe "Aba, O Roae! ."[16]Ty fagnahy ro vavolombelogne amy ty fagnahintika fa anak'Andriagnahare tika.[17] Naho anake tika, le
mpandova ka, mpandova an'Andriagnanahare. Sady lova raike am'i Kristy ao tika, naho tena mindre mijale Ama'e vata'e
tika, le homeam-bolonahetse mindre ama'e ka.[18]Fa ataoko o fijaleagne amy fiaignagne henane zao, le tsy magneva
hampitahaegne amy ty volonahetse haseho amantika. [19]Fa ty voahare iabike naho magnantegna fatratse, le mandigne ty
fampiboahagne iareo anak'Andriagnanahare.[20]Fa ty voahare le natao ho raha tsy misy vara'e, tsy naho ty sitrapo'e
manokagne, fa noho Reke nanao aze. Izay le amy toky nameigney [21]fa voahare reo mihitsy ro halaegne amy ty
fagnandevoza ty fahalovagne, le hitondra amy ty fahafahagne ty am'ty volonahetse ty anak'Andriagnahare zay. [22]Fa
haintika fa ty voahare iaby le mindre miseleke aigne naho mindre miasa agnate ty fitivotivognagne ao ndra henane zao
aza.[23]Tsy zay avao fa ndra ty vatantika aza, ie managne ty voaloham-bokatse ty Fagnahy ndra ty vatantika aza le
miselekaigne agnate'e ao, mandigne ty fananganagne antika ho anake, le ty fagnavotagne ty vatantika.[24] Fa tam'izay toky
zay ro namonjeagne antika. Fa ze atokisantika fa hitroatse le mbe tsy hita, fa ia ty mandigne am-pitokiagne ty fa nihita'e.[25]
Fa naho matoky am'ze mbe tsy nitrea ntika tikagne, le mandigne zay am-paharetagne.[26]Manahake zay ka, ty Fagnahy le
magnampe agnate ty fahalemeantika ao. Fa tika tsy mahay ze vavake toko'e hataontika, fa ty Fagnahy mihiitsy ro mivalo
hoantika amy ty fiselehagne aigne tsy hay rehafegne.[27] I reke ze mieretseretse ty fo ro mahafantatse ty heve ty Fagnahy,
satria i reke ro mivalo hoe ty mpino arake ty sitrapon'Andriagnanahare.[28]Fantantika fa iareo tea an'Andriagnahare, le
mindre ampiasae'e ho amy ty soa iabike ze kila raha,([Fagnamarenagne: Naho ty tokoe hoe "Mindre ampiasa'e ho amy ty
soa abike ze kila raha," le ty dikan-drehake sasa'e manao te tihoeke: "Ze kila raha le mindre miasa ho amy ty raha soa."])
hoe iareo nitokave'e arakarake ty fandahara'e.[29] Satria ze arofana'e voaloha'e le tendre'e voaloha'e ka mba hitovy amy ty
tarehe ty Ana'e, mba ho zoke'ondaty amy rahalahi'e maro reo reke. Iareo ze nitondroe'e aloha, le nitokave'e avao ka.[30]
Iareo ze nitokave'e le nihamarigne'e avao ka. Iareo ze nihamarigne'e, le namea'e volonahetse avao ka.[31]Inogne zane ty
raha tokoe horehafentika momba o raha reo? Naho miomba antika ty Andriagnanahare, ia ro hampatahotse antikagne?
[32]Ie tsy niaro i ana'e tokagney fa nanolotse Aze hoantika akore ro hagnomeagne antika maimaim-poagne mindre ama'e ze
kila raha iabike avao ka?[33]Ia ro handay fanalaragne hanohetse iareo ndaty voa fidin'Andriagnanahare? Andriagnanahare
raike avao ro magnamaregne zay. [34]Ia i raike hihelokey? I Kristy raike ro mate hoantika, le mihoatse zay, natsangagne
avao ka Reke. Manampake mindre aman'Andriagnanahare amy fitoeram-bolonahetse eo Reke, le mivalo hoantika ka
Reke.[35]Ia ty hahafake antika amy ty fiteava i Kristy? Fahoriagne, sa fijaleagne, sa fagnenjehagne, sa hakere, sa
fiboridagnagne, sa loza, sa antsigne? [36]Arake ty voasoratse te hoe: "Voavono isan'andro lava zahay noho ty ama'o avao.
Niraesegne manahake o Agnondry hovonoegneo zahay."[37]Agnate o raha maro zao iabike le mihoatse lavitse ty mpandrese
zahay noho ty amy Reke tea anay. [38]Fa rese lahatse raho fa ndra ty fahafatesagne, ndra ty fiaignagne, ndra iareo Anjele,
ndra iare fanjakagne, ndra iareo raha iabike henane'zao, ndra iareo raha hoavy, ndra ty hery, [39]ndra ty ambone, ndra ty
laleke, ndra ty voahare hafa, le tsy hahasarake antika amy ty fiteavan'Andriagnanahare, ie am'i Jesosy kristy
Tompontikagn' ao.

# 9

[1]Mirehake ty maregne am'i Kristy ao raho. Tsy mavande raho, le ty eretsereko ro ndate'aivo miarak'amako am'i Fagnahe
Masegn'ao, [2]ty ahy ka le misy ferenaigne naho fijaleagne tsy mijanogne ty agnate arofoko ato.[3]Fe ie afake nagniry raho
naho te vatako ro ho voaozogne le hisintake ama'i Kristy noho ty ami'ty rahalaheko, am'ondaty razagne raike amako
niharo lio reo. [4]Israelita iarey. Managne fagnonjonagne iarey, ty vononahitse, ty fahasiagne, ty fagnomeagne lalàgne, ty
fideragn'Anagnahare, naho ty fampitamagne. [5]Ty a'iareo le ty razagne nahavy i Kristy ho nofotse, Reke ty
Andrianagnahare ambone ty raha iaby. Hoderaigne hatr'amparae Reke. Amena.[6]Fe ie tsy rereke ze ndaty
nampitamae'n'Andrianagnahare. [7]Fe ie tsy ze boak'a Isiraely ro tena Isiraely vatae. Na ty tarana'i Abrahama iaby ro ho
ana'e. Fa: "Ami'ty alala'i Isaka ty hitokavagne o taranao reo."[8]Ty dika izay, tsy ana'Nagnahare ty ndaty ana'ty nofo. Fa ze

ana'ty fampitamaegne ro raesegne ho taranake. [9]Le hoe izao ty talili'ty fampitamaegne: ''Hoavy Raho am'izay andro zay, le
homeagne anake lahy ty Saraha.''[10]Tsy izay avao, fa hoave eo ka ty Rebeka hanagn'anake ami'ty lahilahy raike, Isaka raen-
tika_ [11]fe ie mbe tsy terake o ajaja reo naho mbe tsy nanao soa na raty, mba hanahake ty fagnirian'Nagnahare magnarake
ty fijibognagne, tsy ami'ty asa, fa noho Ireke nitoka_ [12]nisaontsiagne tam'i ampela'y te hoeke: ''Hanompo ty zaie ze
zokee.''[13] Manahak'izay ka ty voasoratse te hoeke: ''Teako ty Jakoba, fa hejeko ty Esao.''[14]Vaho inogne ty ho rehafen-tika?
Misy tsy fahamarinagne vao ty miarak'ama'Nagnahare? [15]Tena tsy hisy zay. Le hoe ty saontsie tama'i Mosesy te ie:
''Handio hakeo ami'ze teako Raho, le hiferenaigne ami ze teako ho ferenaignagne ka Raho.'' [16]Naho zay reke, le tsy ami'ty
reke magniry izay, na ami'ty reke méke, fa aman'Andrianagnahare mpagnafake tahigne naho hakeo.[17]Le hoe ty Soratse
Masigne nagnombara ama'i Farao te hoeke: ''Le am'izay antoe zay ty nanandratako azo, mba hanoroako azo ty heriko,
naho ty hagnombaragne ty agnarako magneran-tane.''[18] Naho izay reke, le magnafake hakeo ami ze teae ty
Andrianagnahare, le ze teae, ro ho hamasinegne ty arofoe.[19]Boak'eo hirehake amako nareo te hoeke: ''Nagnino vao Reke
mbe mahavazoho hakeo avao'o?'' Ia vao ty mahatohetse ty sitrampo'e?'' [20]Mifanohitse am'izay, ty lahilahy, ia vao ty
mamale manohetse'a'Nagnahare? Sa ze namboaregne vao le hirehake mpamboatse te hoeke: ''Nagninogne raho atao
ho'izao 'o?''[21] Sa ty mpamboatse valàgne tsy managne zo ami'ty fotake naho ty vata'e raike avao ty hatao fasiagne raha
ami'ty andro raike, naho fasiagne raha hafa ami'ty andavanandro?[22]Akore naho ty Andrianagnahare, te hampiboake ty
helo'e naho hampahafantatse ty fahefa'e, ro niaretse tami'ty faharetagne ami'ty fitoera ty heloke fa nomanegne ho ami'ty
fahasimbagne? [23]Akore naho natao'e zay mba hampahafantaragne ty harea' ty voninahi'e ami'ty fitoera'ty famelan-keloke,
fa nomane'e mialoha ho ami'ty voninahetse?[24]Akore naho natao'e ho'antikagne ka zay, nitokave'e ka, tsy hoami'ty sambe
jiosy eo avao, fa hoam'iarey Jentilisa ka?[25]Manahake ty nisaontsie'e tama'i Hosea vao ka te hoeke: ''Hotokaveko te ndatiko
ze tzy ndatiko, le ikokoako ze tsy ikokoako. [26]Boak'eo ka am'iareo nagnombaragne te hoeke: 'Tsy ndatiko nareo, 'agne ty
hagnombaragne iareo te hoeke: 'Ana'Nagnahare velogne.''[27]Nitoka mafe ama'i Isiraely ty Isaia te hoeke: ''Naho manahake
o faseke an-dranomasegneo ty kiraike amo'o ana'i Israely io, le ho avotse ze sisa ambe'e, [28]naho i Tompo ty handay ty
saontsi'e ambone tane eto, feno naho tsy ho ela.'' [29]Manahake ty nirehafe'i Isaia mialoha te hoeke: ''Naho i Andriatompo
tompoe'ty maro ro tsy nagnenga taria ho antikagne, le hanahake i Sodoma tinkagne, naho hanahake i Gomora.''[30]Vaho
inogne ty horehafen-tika? Le iareo Jentilisa, tsy nimpay ty fahamarinagne, ro nahazo ty fahamarinagne, fahamarinagne
boak'ami'ty finoagne.[31] Le Isiraely, ty nimpay ty làla'ty fahamarinagne, ro tsy niavy am'izay.[32]Nagninogne vao? Satria iareo
tsy nimpay izay tami'ty finoagne, fa tami'ty asa. Tsinikapy ty vato mpanikambatse iareo,[33] manahake ty fa voasoratse te
hoeke: ''Henteo, napetrako a Ziona ao i vato mpanikambatse'y naho i lamilamy ty fandikan-dalàgne'y. Tsy ho megnatse ze
mino izay.''

10 [1]Ry rahalahe, ty fagniria ty foko naho ty anongalehako aman'Agnahare hoe'y iareo, le ty hamonjeagne iareo. [2]Le
mahasaky mijoro vavolombelo hoe'y iareo raho fa le tsy mikele aigne aman'Agnahare iareo, nefa tsy mitoky amy ty
fahalalagne. [3]Fe ie tsy le mahay ty fahamaregnan'Agnahare iareo, le tea'iareo ty hametrake ty fahamaregna'iareo raike
avao. Tsy magneke ty fahamaregn'Agnahare iareo.[4]Le i Kristy ro fahatanteraha ty lily ho amy ty fahamaregnagne hoe'y ty
ze mino iaby. [5]Le nisorata i Mosesy ty momba ze fahamaregnagne zay amy ty lily manao ty hoeke: "Ze ndaty manao ty
fahamaregnagne amy ze lily zay le hiaigne amy ze fahamaregnagne zay."[6]Fe ie ty fahamaregnagne avy amy ty finoagne le
manao ty hoeke: "Le ko mametsevetse te hoe: 'ya ao ro hiakatse an-dagnitse agne?' (Le mampizotso i Kristy zay); [7]le ko
mirehake te hoe: 'ya ao ro hizotso amy ty laleke agne?'" (Le mapivagnom-belogne i Kristy zay).[8]Le magnambara ino zay?
"Agnila'o eo i rehake'y, am-bava'o ao naho am-po'o ao." Le izay ty nambara i finoagne'y, atalili'ay. [9]Fe ie naho amy ty vava'o
ro agnekea'o i Jesosy te hoe Tompo, naho le inoa'o vata'e fa nivinelon'Andrianagnahare ndraike Reke, le ho vonjegne rehe.
[10]Fe ie naho amy ty fo ty inoa'o ndaty ty fahamaregnagne, le amy ty vava ro agnekeae ty famonjeagne.[11]Fa hoe ty soratse
masigne nanao ty hoeke: "Le tsy ho megnatse iaby ze mino Aze." [12]Fe ie le tsy misy fagnavakavahagne ty eo amy ty Jiosy
naho ty Grika. Fa ie le raike avao ty Tompontika iaby, le ho fitahiantsoa hoe'y ze mitoka Aze Reke. [13]Fa ze mitoka i Andria
Tompo amy ty tahina'e ro ho vonjegne.[14]A le manao akore zane ty ahafaha iareo mitoka Aze ie nefa tsy inoagne? Le
manao akore ty ahafaha iareo mino Aze ie nefa tsy rendre'iareo? Le manao akore ty ahafaha iareo mitsandregne naho
tsy misy mpitalily?[15] Le nanao akore ka ty ahafaha iareo mitalily, naho tsy nisy nagnirake?_ Arake ty voasoratse manao te
hoe: "Heinhake ty hasoa ty tombo'iareo mitalily ty raha soa'i talily soa'ay!"[16]Fe ie anio tsy le iareo iaby ty nijanjigne i talily
soa'ay. Le hoe ty Isaia: "O Ragnandria, ya ao ty nino i hafatse'ÿ?" [17]Naho izay reke le niavy amy ty fitsandregnagne o
finoagne'eo, le o fitsandregnagne'eo avy amy ty saontsy i Kristy.[18]Le hoe raho te hoe: "ombao tsy naharendreke vao
iareo'o?" Eka, le izay ty imaregna'e. "Fe ie le naparitake eran-tane ty feo'iareo, le hatram-pare'izao tontolo izao ty
reha'iareo."[19]Le ty ankoatse izay, le hoe raho: "Ombao tsy naharendreke vao ty Israely?" Le nagnambara ty Mosesy taloha
tagne nanao ty hoeke: "Le hatàko ho be fialognagne amy ty tarira mbe tsy firenena nareo. Amy ty tarira tsy misy
fahalalagne, hatàko ty hahaboseke anareo."[20]Le nahasaky am'izay ty Isaia naho fa ie ro nanao ty hoeke: "Le hahatrea ahy
ze tsy nipay ahy. Niseho tamy ze tsy nagnontane ahy raho." [21]Le nanao ty hoeke reke tam'Israely: "Lomogn'andro ty
agnitsiako ty tagnako ama ze ndaty tsy magnorike naho ze mafe hatoke."

11 [1]Le nirehake raho, sinoin' Andrianagnahare vao ty ndaty e? Sondia anio izay. Ndre izaho ka mbe Isiraelita, tarira i
Abrahama, hirike ama ty foko i Benjamina.[2] Tsy sinasan' Andrinagnahare ty ndaty e, ze fa nifanta'e ntaolo agne. Tsy fanta
areo vao ty nambara ty Soratse Masigne miomba i Elia, le ty fitoreo'e taman' Andrianagnahare nandrava o Israely io? te

ie:3 Tompo, le iareo ty namono ty mpitoky'o, nijoy ty alitara. izaho raike ty sisa, ara le hado iareo ka ty fiaiko."4Ino ty toin-
tsaontsy natalilin' Andrinagnahare aze? "Nanolake fito arivo lahy am-batako Raho, naho le tsy nandohaleke ama i Bala ay
eo."5 Le manao izay ka, henane zao le misy sisa'e avao naho ty fijobognagne ama ty fahasoavagne.6Fa naho hirike ama ze
fahasoavagne zay, le tsy mifototse ama ty asa in-tsasa. Fa naho izay le tsy fahasoavagne in-tsasa ze fahasoavagne.
([Fagnamaregnagne: ze taratasy ila'e ntaolo le vakiegne manao izao:" Fe ie naho avy ama areo ze asa zay, le fa tsy
fahasoavagne in-tsasa; fa naho izay ka le fa tsy asa in-tsasa ze asa."])7 Inogne areke? Ty raha pianay o Isiraely io, fe ie tsy
niazo'e, fa ze jinibo'e ro nahazo aze, ara le nihamafese'e ze ny ambi'e.8 Izao le manahake ty voasoratse manao izao: "
Andrianagnahare le nagnomey iareo ty fagnahy minendrendre iareo, maso mb tsy hahatreava iareo, naho sofigne mba
tsy hahareiza'e iareo, hatra amizao."9Le izao ty natao i Davida: " Engao ty lataba'e ho harato na fandrike, ho vato hitsikapy
naho valefate ho ei iareo.10 Adono ty maso iareo haiegniegne mba tsy hahatrea, ara le adono hihohoke hatrampara'e ty
lambosy iareo."11Le izao ty ataoko: " Fa tsinikapy iareo ho tonta vao iheo?" Sondia'e zay. Fe ie, boaka ama ty rahaba iareo,
ty nihirifa ty famonjeagne tama jentilisa, mba hialogna iareo aze.12 A naho ty rahamba iareo ty namboatse ze kila raha,
naho ty hamotso vara iareo jentilsa, le manao akore ty habey ty hilefesa iareo?13Mamototse amizao le mitalily ama areo
jentilisa raho, fa naho mbe apostoly ty jentilisa raho, le mankasitrake ty fanompoako.14 Angamba hampialogne iareo ze
boake ama ty nofoko irery raho. Naho le hamonje ty iala'e ama iareo tika.15Fa naho magnambara ho fampiharoagne ze
kila raha ty fandiera iareo aze, le inogne ty handraesagne iareo aze naho mifototse ama ty fiaignagne ty havilasy? 16Naho
navike ty vokatse voaloha'e, le ze ila'e ama ty kobam-bare ka. Naho voatokagne ty vaha'e, le manao izay avao ka o rantsa
eo.17Fa naho tinampake ty rantsa'e ila'e, a naho iraho, jeban' olivanala, ro ranatraoke ama iareo eo, a naho nifampiazara
iareo le ty tahoe mamoa ty tahae oliva rehe,18 le ko mieboebo ama iareo jeba'e. Fa naho mitsingevoke rehe, le tsy irehe ro
hianday ty jeba'e, fa ty vaha'e ty hianday azo.19Le hivolagne rehe te ie: " Tampahegne hisintake iareo ty taho'e mba
hahaiako mifandrae ama'e."20 Tō zay. Naho ty tsy finoagne le tampahegne hisintake iareo, fa inareo le hitsangagne soa
ama ty finoa areo. Ko manao ty tegne areo ho ambone, fa matahora.21 Fa naho ze tena jeba'e ro tsy nengan'
Andrianagnahare, tsy ho napo'e ka nareo.22Ara, heteo, ty fahatsora ty fo naho ty fahasarotam-pon' Andrianagnahare.
Ankolafi'e hafa, ty fahasarotam-po le hirike ama iareo Jiosy ze nihorodoboke. Fa ama ty lafi'e ila'e ka, ty hasoafagnahin'
Andrianagnahare le avy ama areo, naho maharetse ama ty hasoa fagnahy nareo. Fa naho tsy izay le ho tampahe'e ka
nareo.23Ndre io aza, naho tsy mitohy ama ty tsy finoa'e iareo, le hatraoke. Fa Andrianagnahare le le mahay magnere
mampitraoke iareo ndraike.24 Fa naho tinampa'e tama ty hata'e olivanala nareo, le natraoke tama ty hata'e olina fanjaka,
le manao akore ty fihoara ty halako iareo Jiosy, ze rantsa'e namboare Nagnahare, natrao'e tama ty hatae oliva hafa iareo?
25Fe tsy teako tsy hahafantatse nareo, ry roahalahy, ama ze raha mietake zay, mba haha hendre anareo ama ty vetsevetse
areo irery. Ze raha mietake zay le mampitangingin-doha ty ila o Isiraely, mandra-pahavy ty fanjaka iareo Jentilisa.26Naho
izay le ho vonjegne aby ze hene Isiraely, arake ty voasoratse manao izao: " Hiakatse boake a Ziona agne ty mpagnaha.
Hagnafake ty haratiam-pagnahy ama i Jakoba reke, 27ara le izay ty fampilongoagne ama iareo, naho hagnafak ty hakeo
iareo Raho."28Ama ty aila'e raike miomba ty talily soa, le rahamba iareo naho ty ama areo. Ama ty lafi'e raike faha ka ty
Zoton' Andrianagnahare, le mahafantatse iareo te zay Razae eo.29 Fa ty fagnomezagne naho ty kanjin' Andranagnahare le
tsy miova.30Fa inareo le tsy niantoke an 'Andrianagnahare ntaolo, fe ie le anito avao nareo le nadrae famotsoran-keloke
ama ty tsy fiantoha iareo aze.31 Manahake izay avao ka, henane zao iareo Jiosy le miantoke. Ty voka'e le tama ty alala ty
famidram-po natoro anareo ro mete handraesa iareo ty fampindra arofo henane zao ka. 32Fa Andrianagahare le fa
nagnily ty tsy fiantofa ty maro, mba hahazoa'e mampiboake famindram-po ama ty maro.33Hoy abey, ty halale ty harea ty
fahendrea iareo naho ty fahafantara'e an' Andrianagnahare! Tsy taka ty say iareo ty fitsara'e, naho ze lala'e, le tsy ho hay
refesegne! " 34Ia ty mafantatse ty vetsevetse i Tompo ndre ie ia ty ho hanjare mpagnomey saigne Aze?35Ndre ia ro
magnomey raha an' Andrianagnahare aolo, le mahay tsy hagnoneran' Andrianagnahare aze indraike?"36 Fa hirike ama
naho ama ty alala'e naho le hoa Aze ze kila raha aby. Ho Aze hatraparae ty volonahitse. Amen.

## 12

1Le zay ty angataheko ama'areo, ry rahalaheko, noho ty famahàn'Agnahare, le ty mba hagnomezagne iareo ty vata iareo
hatao sorom-belogne, masigne, eken'Andrianagnahare. 'Zay ro tokoe ho fagnompo'areo arake ty tokoe ho ie. 2Ko
manahake ty tane aby toy, fa miovà amy ty fagnovan-tsai'areo. Ano'o zao hahafantara areo ty maregne, azo orihegne, le
zotosoa an'Agnahare.3Fie atali liko, noho ty fahasoavagne nameagne ahy, tsy tokoe hanagna'iareo iaby ty mivetsevetse
hagnambone ty vatae mihoatse ze tokoe hovetsevetse'e. Fie, tokoe hivetsevetse amy ty hilala iareo, manahake ty
nagnomeezan'Agnahare ty finoagne bey hoe ty tsikiraike .4Fa managne fizaragne tsy efa amy ty vatantika tika, fie tsy
hambagne iaby ty asa'o fizaragne reo. 5Manahake zay, ntikagne tsiefao le vantagne raike avao naofa amy Kristy, le
managne ty fizarae manokagne ka amy ty tsikiraike.6Sambe managne ty fagnomezan-kasoa'e iaby ntika arake ty ny soa
nomegne antika. Naho ty fitokiagne ro fagnomezagne hasoa ty raike, le ano'o mifagnorikea amy ty habey ty finoae. 7Naho
fagnopoagne ty fagnomezan-kasoa ty raike, le adogno reke hanompo. Naho nisy raike nahazo fagnomezan-kasoa
hampianatse, le adogno reke hampianatse. 8Naho fapaherezagne ro fagnomezan-kasoa ty raike, le adogno reke
hampahere. Naho magnomey ro fagnomezan-kasoa ty raike, le adogno reke hatarike. Naho hitarike ro fagnomezan-kasoa
ty raike, le adogno ho vita am-pitahoagne. Naho ty fiferegnesagne ro fagnomezan-kasoa ty raike, le adogno zay ho vita
amin-kafaleagne.9Ao ty fitea tsy hoatao soa miatreke. Malaigna ty raty; tano mafe ty soa. 10Naho ty mahakasike ty hatea ty
mpirahalahy, mifankateava ama areo aby tsikiraike. Naho mahakasik ty fagnomeagne voninahitse, mifampihasia.11Naho

ty mahakasike ty filofosagne, ko misalasala. Naho mahakasike ty fagnahy, tokoe hahere arofo. Mahakasike i
Andriantompo, Tompo'o Reke. 12Mifalea amy ty fitokisagne ze amao mahakasike ty hoavy. Miareta amy ty fahavoazao.
Mivavaha avao. 13Mifampizarà amy ze paiavy ty mpino. Mipaliava hevetse maro hampiantragnoagne ndaty.14Misaora amy
ze magnenjeke azo; misaora le ko magnozogne. 15Mindreza mifale amy ze mifale; mindreza mitagne amy ze mitagny.
16Mitovia hevetse amy ty maro. Ko mametsevetse amy ty fomba fisengesenge, fa magnekea ty ndaty ambany. Ko
mihevetse ty vatao ho hendre.17Ko mamale raty amy ty raty. Manoa raha soa tsiefa amaso ondaty maro. 18Naho mete, le
arake ze azo'o atao, milongoa amy ty ndaty iaby.19Ko mamale raty amy ty tegna areo, ry longo, fa omeo lalagne ty
havigniran'Aganahare. Fa nivoasoratse te hoe: " Ahike ty vali-fate; Raho ro hamale, hoe ty Andriantompo." 20Fa naho kere
ty fahavalo'o, omeo hanegne reke. Naho mangetaheta reke, omeo rano ho nomi'e. Fa naho manao hoe zay reke, le hamory
baik'afo amy ty lohae." 21Ko mete ho rese'e amy ty raty, fa reseo amy ty soa ty raty.

13 1Hihasy ty manam-pahefagne ambone ty fagnahy aby, fa ie tsy misy fahefagne naho tsy boake amin'Agnahare.2 Fa
jibon'Agnahare o'magnam-pahefagne misy reo. Le naho zay,ze mandietse ze fahefagne zay le mandika ty
lilin'Agnahare; le ze mandietse zay hahazo fitsaragne amy ty vata iareo.3Satria mpanapake reo tsy raha fampitahoragne
hoe ty asa soa,fa hoe ty asa raty. Magniry ty tsy hatahotse ty raike amy ty fahefagne vao nareo? Manoa ty raha soa, le
hoderagne amy zay nareo. Fa mpanompon'Andrianagnahare ho anareo amy ty raha soa reke. Fa ie naho manao ty raty
nareo, le matahora, fa tsy hinday mesabe fahatane reke.4 Fa reke ty mpanompon'Andrianagnahare , mpamale
habosehagne amy ty mpanao raty. 5Naho izay le toko'e hihasy nareo, tsy ty amy ty havigniragne avao, fa amy ty vetsevetse
ka.6Naho zay le handoa haga ka nareo. Fa mpanompon'Andraianagnahare iareo manam-pahefagne, ze miantoke ze raha
zay hatram-parae. 7Aloao amy iareo ze tokoe hoe'iareo: mandoava haga amy ze tokoe handoavagn'aze; mandoava
fadintseranagne amy ze tokoe handoavagn'aze, matahora ze tokoe hatahoragne, mihasia ze evàn-kasiagne.8Ko managne
trosa na ama ia na ama ia, naho tsy amy ty fifankatiavagne avao. Fa ze tea ty mariny aze ty nahatanterake ty lily: 9Maro ty
lily: "Ao tsy hila valy o'ndaty, ko mamono ndaty, ko mangalatse, ko magniry ." Le naho misy lily hafa, le voafehe amy ty
saontsy toy: "tiavo ty range'o, manahake ty vata'o."10 Tsy mandratse ty mariny azo ty atao ty hatea, noho zay, ty fitea ro
anoagne lily.11Naho zay, le hai'areo ty fotoagne, fa fotoa ty hifohaza'areo zao. Fa henaneo,fa marine ty raha ninoantika
tamboalohae agne ty fagnavotagne antika. 12Hoavy ty halegne, mihamarine ty andro. Naho izay le ndao hariantika ty asa
raty, le ndao hisikigne ty fialiam-pahazavagne.13Le ndao hagnorike ty lalam-batagne, manahake ama ty andro, fa tsy
hanahake amy ty rebeke amy ty negne naho ty hamamoagne, le ndao tsy hirogne amy ty hativagne naho amy ty filagne
lako loatse, le tsy ho amy ty fifandieragne na ho ty fialonagne.14 Fa sikino ty Jesosy Kristy Andriantompo, le ko omeagne
lalagne ty nofotse, soa te hanomeagne fahafaham-po ty filàe.

14 1Rambeso ndra te ie maleme amy ty finoagne, fa ko mitsara noho ty porofon-kevetse. 2Ty ndaty raike le managne
finoagne hihinagne ndre inogne ndre inogne, fa ty raike hafa kepeke le tsy mihinagne naho tsy legioma avao.3Fa
engao ze mihinagne ze fa kila raha tsy hagnambane ze tsy mihinagne ty kila raha; le ze tsy mihinagne ka tsy hitsara ty
mihinagne; ze fa raha. Fa Andrianagnahare fa nagneke aze. 4Ia avao rehe, hitsara ty mpanompo ondaty hafao? Agnatrea
ty tompoe reke ty hijahigne na ho tonta. Fa hatsangagne reke, satria ty Andriantompo afake manangagne aze.5Ty ndaty
raike mihevetse fa misy ty andro soa ankoatse ty ilae. Ty ndaty ilae le mihevetse ka fa hambagne aby ty andro. Engao ze
ndaty ho rese lahatse amy ty sai'e abike. 6Ze mametsevetse o andro'o, le mametsevetse io hoe i Andriantompo; le ty
mihinagne, le mihinagne hoe i Andriantompo, fa misaotse an'Andrianagnahare reke. Ze tsy mihinagne, le mifaly
hanengne hoe i Andriantompo, le mbe misaotse an'Andrianagnahare.7Fa tsy misy velogne hoe ty vatae ntika, le tsy misy
mate hoe ty vatae. 8Fa naho velogne ntika, le velogne hoe i Andriantompo, le naho mate tika, le maty hoe i Andriantompo.
9Le ho amizay antoe zay ro nahavilasy i Kristy le nahavelogne ndraike, mba hahavy Aze ho tompo ty mate ro ho tompo ty
velogne.10Fa ihe, nagnino rehe ro mitsara ty rahalahio? Le ihe, nagnino rehe ro malaigne ty rahalahio? Fa tika iaby mbe
hijahigne ho tsaragne agnatrea ty seza fitsaran'Andrianagnahare. 11Fa nivoasoratse te hoe: "Naho mbe velogne avao
Raho," hoe ty Andriantompo, "Le hiforetse agnatrehako aby ty ongo, le ty lela aby hidera an'Andrianagnahare."12Naho zay
le, tikagne aby le sambe hanao tatitse ty vatae aman'Agnahare. 13Le ao ntika tsy hifampisatsara sasa, fie hanampake te, tsy
hisy hampipo-bato hamandrike na hitsikapy ty rahalahie.14Mahafantatse raho le rese lahatse amy i Andriantompo Jesosy,
fa tsy misy tsy malio amy ty vatae. Fa hoe ty mandrambe ndre inogne ndre inogne tsy halio avao, le tsy halio avao
amizao. 15Satria naho boseke amy ty hanengne ty rahalahio, le tsy mandeha amy ty hatea sasa rehe. Ko ravagne amy ty
hane'areo ty nampidogna i Kristy ty fiaie.16Ko engan-koraty ty vinetsevetse areo soa. 17Fa ty fanjakan'Agnahare tsy
miankigne amy ty hanegne naho ty rano finomegne, fa miankigne amy ty fahamarignagne, fiadanagne, naho ty fifaleagne
amy ty Fagnahy Masigne.18Fa ty manompo i Kristy manahake zay ro mamin'Agnahare naho eke ty ndaty. 19Naho zao areke,
le ndao ntikagne hanohy ty raha ty fiadanagne naho ty raha tefe ty tsikiraike iaby.20Ko ravagne amy ty hanenge ty
asan'Andrianagnahare. Malio aby ze kila raha, fa raty hoe ty ndaty ze mihinagne aze ro hahavy aze ho voatsikambatse.
21Soa ty tsy fihinan-kena, naho ty minogne divay, na ty raha iaby mete hanikambatse ty rahalahio.22Ty finoagne anagna'o,
tano amao naho Andrianagnahare. Haha ze tsy magneloke ty vatae amy ty eke'e. 23Ze misalasala le ho meloke naho
mihinagne, satria tsy tamy ty finoagne. Le ndra ino ndre inogne tsy avy amy ty finoagne le ho hakeo.

15

[1]Le itikagne matanjake toko'e handefetse ami'ty falemea'iareo maleme, naho tsy toko'e hanao ty hahafinaritse ty
vatan'tika. [2]Ndao ty kiraike aman-tika mba hanao ty mahafalefale ty mpiara-belogn'ama'e fa izay ty soa, mba
hanandratagn'aze.[3]Fa ndra i Kristy tsy nanao ty nahafinaritse ty vatae. Fe ie, manahak'izay ty voasoratse te ie: ''Nitonta
Amako atoy ty fandatsa'iareo iareo mandatsa azo'o.'' [4]Fa ndra inogne ndra inogne ty voasoratse t'aloha tagne le
voasoratse ho fampianaragne antika, mba ho ami'ty alala ty faharetagne naho ami'ty alala ty fampahereza 'ty Soratse
Masigne ro hanagnan-tikagne toky.[5]Le mba ty Andrianagnahare ty faharetagne naho fampaherezagne ro hagnomey
fieretseretagne mitovy ho'ey ty kiraidraike hoe ty Kristy Jesosy. [6]Ireke anio hanao izay mba ho ami'ty fieretseretagne raike
naho ami'ty vava raike avao ro hidera'areo an'Andrianagnahare naho ty Rae'ty Andriantompon-tika Jesosy Kristy. [7]Naho
zay mifandrambesa, manahake ty nandrambesa'i Kristy anareo avao ka aza, ho fideragn'a'Nagnahare.[8]Fa ambarako fa ty
Kristy fa mpanompo ty vaosavatse ho'ey ty fahamarina'Nagnahare, mba hahafahagne magnato ty fampagnantenagne
nameagne iarey ndaty bey, [9]le ho'aiareo Jentilisa mba hagnomeagne voninahitse an'Nagnahare noho ty famindram-poe.
Manahak'izay ty voasoratse te hoeke: ''Naho izay reke le hagnomey fideragne Azo am'iarey Jentilisa raho hiantsa
fideragne ty agnarao.''[10]Mbe voatalily avao ka te ie: ''Mifalefalea, miarak'ami'ty ndati'e, nareo Jentilisa.'' [11]Le te hoeke ka:
''Derao ty Andriatompo, nareo Jentilisa iaby; engao ty ndaty iaby hidera Azy.''[12]Le hoe ka, ty Isaia te hoeke: ''Hisy
mpandimbe'i Jese, le irake hitsangagne hanampake am'iarey Jentilisa. Hanagne fatokiagne am'iarey Jentilisa.''[13]Le lonike
ty Andriagnanahare ty fatokisagne hameno anareo ami'ty fifaleagne naho ty fiadanagne iaby ami'ty finoagne, mba ho
feno fatokisagne nareo, boak'ami'ty heri'ty Fagnahe Masigne.[14]Naho ty vatako ka le rese lahatse ty mahakasik'anareo, ry
rahalahe. Rese lahatse raho fa feno hasoa ka nareo, feno ty hilala iabike. Rese lahatse raho fa afake mifagnanatse ka
nareo.[15]Le mahavany manoratse ama'oreo raho mahakasike ty raha ilae mba hampitadidiagne anareo ndraike, noho ty
fagnomezam-pahasoavagne namea'Nagnahare ahike. [16]Zay fagnomezam-pahasoavagn zay ro tokoe mba hanompoako i
Kristy Jesosy nalefa t'a Jentilisa, mba hanolotse manahake ty sorogne ty talilisoa'Nagnahare. Tokoe hataoko zay mba ho
azo ekeagne ty fagnate'iareo Jentilisa, voa'ava'ty Fagnahe Masigne.[17]Naho izay reke le am'i Kristy Jesosy naho ty
raha'Nagnahare ty hifaleako. [18]Fa tsy ho vaniko ty hirehake ndra ino ndra inogne naho tsy ty raha vita'i Kristy tami'ty
tagnako ho ey ty fagnekea'iarey Jentilisa. Vita boak'ami'ty rahake naho ty asa o raha iabike'eo,[19] tami'ty here'ty
famantaragne naho fahagagagne, le tami'ty hery i Fagnahe Masigne. Boak'a Jerosalema zay, le lavidavitse manahak'i
Ilyrikioma, ty hahafahako magnato ty talilisoa i Kristy.[20]Am'izay, ty fagniriako le hitory ty talilisoa, fe ie tsy agne ami'ty
ahafantaragne i Kristy ami'ty agnarae, mba tsy hagnoregnako ami'ty fa nagnoregna'ondaty.[21] Manahak'izay ty voasoratse
te ie: ''Tam'iarey tsy nagnombaragne Aze ro hahatrea Aze, le ze tsy naharey ro hahaonigne.''[22]Noho ty am'izay ka le
voasakagne mateteke tsy ho ama'areo agne raho. [23]Fa hananeke zao, tsy manan-toeragne am'o faritse reo Raho, naho
taogne maro ro fa nagniriako mafe ho ama'areo agne.[24]Naho izay reke ndra ombia ndra ombia ty andehanako a Espana,
le magnantegna raho fa hahatrea anareo naho fa mandalo, naho hatere'areo ami'ty handehanako, naho fa avy nimane ty
fiaraha'areo tselatsela Raho. [25]Fa hanane zao le ho a Jerosalema Raho hikoko iarey mpino.[26]Fa fifalea i Makedonia sy Akaia
ty hanao fandraesagn'anjara ho ey'iareo misotry agnate'iareo mpino a Jerosalema agne. [27]Enka, fifaleagne ho ey iareo zay,
naho, mpitrosa amae vatae iareo. Fa naho ty Jentilisa ro nitraoke tami'ty raha masigne ey iareo, le tokoe hikoko iareo
avao ka iarey ami'ze raha azo rambesegne.[28]Naho zay reke, naho fa nataoko ty asa toy naho nagnato fa voarae'iareo ty
vokatse navory, le ho a Espaina raho le hitilike anareo ami'ty lalako. [29]Fantako fa naho fa mandeha mb'ama'oreo mbeo
raho le hilitse ami'ty fahafenoa'ty fitahia'i Kristy.[30]Hananeke zao mampirisike anareo raho, ry rahalahe, am'i Jesosy Kristy
Tompontika, naho ami'ty fiteava ty Fagnahe, mba hiarake hialy amako nareo ami'ty vavake atao'areo ama'Nagnahare ho
ahy. [31]Mivavaha mba ho avotse am'iareo tsy mankatoa e Jioda raho, le mba hoeke'iareo mpino ty fanompoako ho ey'i
Jerosalema.[32] Mivavaha mba hiaviako ama'areo an-kafaleagne ami'ty sitrapo'Nagnahare, le mba hahafahako, mahita
fitsaragne, miarak'ama'areo.[33]Lonike ty Zagnahare ty fiadagnagne hitahy anareo iabike. Amena.

# 16

[1]Ankineko ama'areo i Foiby rahavaventika, ie mpanompo ty fiangonagne a Kenkrea agne,[2] mba handraesa areo aze am'i
Andriatompo ao. Anovo zay amy ty fomba magneva mpino reo, le magnatreha aze amy ze olagne ila'e ty fagnampea'areo.
Fa reke vata'e avao ka le magnampe ty maro, le ty vatako avao ka.[3]Magnombara i Prisila naho i Akoila, mpiarake miasa
amako am'i Jesosy Kristy ao,[4] nahafoe ty fiai'e hoe ty fiaiko iareo. Misaotse iareo raho, le tsy raho avao, fa iareo
fiangonagne Jentilisa abike ka. [5]Magnombara ty fiangonagne an-tragno iareo ao. Magnombara am'i Epaineto
longomamiko agne, voaloham-boka'i Asia hoe i Kristy zay.[6]Magnombara i Maria, ie niasa mafe ho anareo. [7] Magnombara i
Androniko naho i Jonia, longoko marine, le nindre nigadra tamako. Malaza agnivo o Apostoly eo iareo, ze tam'i Kristy
nitalohako avao ka.[8] Magnombara i Ampliato, longomamiko am'i Andriantompo ao.[9]Magnombara i Orbano, mpindre-
miasa amantika am'i Kristy ao, naho Staky, longomamiko.[10] Salamao Apela, ie aliovagne fo am'i Kristy ao. Salamao iareao
amy tragno i Aristobolo ao. [11]Magnombara i Herodiona, longoko. Magnombara iareo ze amy ty tragno i Narkisa ao, ie am'i
Tompo ao.[12]Magnombara i Tryfena naho i Tryfosa, ie miasa mafe am'i Tompo ao. Salamao ty Perysa longomamiko, ie
niasa mafe tam'i Tompo ao. [13]Magnombara i Rafosy, ie nivoajibogne tam'i Andriantompo ao, le ty rene'e naho ty reneko.[14]
Magnombara i Asynkrito, Flegona, Hermesy, Patroba, Herma, le iareo rahalahy ze mindre ama'ireo.[15]Magnombara i
Filologia naho i Jolia, Nerea naho ty rahavave'e, naho Olimpa, le iareo mpino abike mindre amy iareo. [16]Mifagnombara
amy ty fifagnorohagne masigne. Agnomabarao aby i fiangona'i Kristy abiky rey.[17]Henane zao mandrisike anareo raho,
rikiahe, mba hivetsevetse ty momba o fisaratsarahagneo naho ze fifanikambaragne. Iareo io le mihoatse lavitse ty

fampianaragne niraese areo. Misitaha lavitsy iareo. [18]Fa tsy manompo i Kristy Andriantompontika ty ndaty manahaky
irey, fa ty tro'e rerike avao. Amy ty rehake mamy naho mandroboke ty amitaha'e ty fo ty tsy manan-tahigne.[19]Fa ty
fagnohara areo amy ty fihasiagne le avy am'iareo kiraidraiky agne abike. Naho ty am'izay, fale raho, ty amareo, fa teako
hohendre amy ze raha soa nareo, tsy hanan-tahigne amy ze raha raty.[20] Andrianahare ty fiadanagne hampipotepoteke i
satagne ambane ty tombo areo eo afake fotoagne fohe. Lonike ho ama areo ty fahasoava i Tompontika Jesosy Kristy.
[21]Timoty, mpindre-miasa amako, le magnombara nareo, naho Losio, Jasona le Sosipatro, longoko. [22]I raho, Tertio, ie
nanoratse ty epistily toy, le magnombara anareo am'i Andriantompo ao.[23]Gaio, ie nampandroso ahike naho ze kila
fiangonagne abike, le magnombara anareo. Erasto, mpitagne vola antanagne ao, le magnombara anareo, mindre am'i
Koarto i rahalahy. [24][Fagnamarenagne: ty fandikagne soa taloha ro mampiala ty andigne'e toy. (Henteo ty Romana 16: 20).
and 24: "Lonike mba ho ama areo abike ty fitahiantsoa i Andriantompontika Jesosy Kristy. Amena,"][25]Le ho Aze ty
volonahetse i Reke mahavita magnoregne anareo arake ty talily soa naho ty fagnambaragne i Jesosy Kristy, arake ty
fitaliliagne ty misitery nitanagne ho tsy ambara telo ela bey taloha tagne zay,[26] faie nitaliliegne henanekezao, le amy ty
boke fitokiagne ro nagnambaragne aze amy ze kila firenenagne, arake ty lilin'Andriagnanahare hatra ampara'e, ho
fagnorihagne ty finoagne.[27]Lonike ho Aze Andriagnanahare heka ty fahendreagne ty voninahetse hatra ampara'e, amy
alala i Jesosy Kristy. Amena.

# 1 Corinthians

## 1

[1]Paoly, tinoka'i Jesosy Kristy mba ho Apostoly noho'ty sitrapon'Andrianagnahare, naho Sostena rahalahentika, [2]ho ey ty
fiangonan'Andrianagnahare a Korinto ao, ho ey'iareo ze nihamasinegne tama'i Kristy Jesosy ao, ze voatoka ho ndaty
masigne. Manoratse ho ey ze mitoka ty agnara'i Jesoa Kristy Tompontika ami'ty tany iaby ka zahay, le ty Tompo'iareo
naho antika. [3]Lonike ho ama'areo ty fahasoavagne naho fiadanagne boak'ama'Nagnahare Roaentika naho i Jesosy Kristy
Tompo.[4]Magnomey fisaoragne ho an'Andrianagnahare ho anareo avao noho'ty fahasoavan'Andrianagnahare ze namea'i
Jesosy Kristy anareo.[5] Nataoe mpagnarivo tamy ty fomba iaby nareo, tami'ty firehake iaby naho fahalalagne iabike,[6] naho
vaho voaporofo tama'areo eo fa marigne ty fagnombara'i Kristy.[7]Naho zay reke le tsy ory fagnomezam-pahasoavagne
nareo am-pandignasa'areo mafe ty fagnombaragne ey'i Jesosy Kristy Tompontika. [8]Hampahere anareo avao ka Reke
hatram-parae, mba tsy hanan-tahigne nareo ami'ty andro i Jesosy Kristy Tompontika. [9]Mahatoky Ty Andranagnahare, ty
nitoka anareo ho ami'ty firaesagne ami'ty Anae Lahy, Jesosy Kristy Tompontika.[10]Hanane zao le mampirisike anareo raho,
ry rahalahe, ami'ty agnara'i Jesosy Kristy Tompontika, mba hifagnarake nareo iaby, le tsy hisy fisarahagne ty ama'areo.
Mandrisike raho mba hitraoke ami'ty saigne mitovy naho tanjogne mitovy nareo. [11]Fa natao mazava tamako, ry rahalahe,
tami'ty alala'ty vahoa'i Kloe fa misy fifampiandaniagne ama'areo eo.[12]Ty teako ambara le izao: Ty isam-bata'areo manao ty
hoeke: "Iraho miarake ama'i Paoly," na "Iraho miarake ama'i Apolosy," na "Izaho miarake ama'i Kefasy," na "Iraho
miarake ama'i Kristy." [13]Voazarazara vao ty Kristy? Paoly vao ty jinera ho anareo? Tami'ty agnara'i Paoly vao ro
nanaovagne batisa anareo?[14]Misaotse an'Andrianagnahare raho fa tsy nisy nataoko batisa nareo, naho tsy Krispo naho
Gaio. [15]Izay le mba tsy hahafaha'ia na ia mirehake te hoe tami'ty agnarako ro nanaovagne batisa anareo. [16](Iraho avao ka
ty nanao batisa ty ankohona'i Stefanasy. Ty hafa izay, tsy fantako te ie nanao batisa ndaty hafa raho.)[17]Fa tsy nagnirak'ahy
ty Kristy mba hampanao batisa fa hitory ty talilisoa. Tsy nandefa ahy hitory ami'ty rehake fahendrean'olombelogne, mba
tsy ho foagne ty heri'ty hazofijalia'i Kristy.[18]Fa ty hafatse moba ty hazo fijaleagne le hagegeagne am'iareo fa ho mate. Fa ty
am'iareo ho vonjen'Andrianagnahare ka, le herin'Andrianagnahare zay. [19]Fa voasoratse te ie: "Ho poteheko ty
fahamarena'ty maregne. Ho foagnako ty fahalala'ty mahay."[20]Aia ty ndaty mahilala? Aia ty manam-pahaizagne? Aia ty
mpialy hevetse am'izao tontolo zao? Tsy navali'Nagnahare ho hagegeagne vao ty fahendrea'izao tontolo zao? [21]Satria tsy
nahafantatse an'Andrianagnahare ty ndaty iaby tami'ty fahendreae, le sakitran'Andrianagnahare ty hamonje iareo ze
mino ami'ty alala'ty hagegea'ty talily.[22]Fa iareo Jiosy le mangatake famantaragne mahagaga naho iareo Grika mipay
fahendreagne. [23]Fa zahay mitalily i Kristy voajera, vato mpanikambatse ho ey'iareo Jiosy naho hagegeagne ho ey'iareo
Grika.[24]Fa ho ey'iareo ze tinokan'Andrianagnahare, iareo Jiosy naho iarey Grika, le mitalily i Kristy manahake ty hery
naho fahendrean'Andrianagnahare zahay. [25]Fa ty hagegean'Andrianagnahare le hilala mihoatse ty ndaty, naho ty
fahalemean'Andrianagnahare le matanjake mihoatse ty ndaty.[26]Diniho ty fitokavagne anareo, ry rahalahy. Tsy maro
tama'areo ty nahilala naho ty ami'ty maha olombelogne. Tsy maro tama'areo ty nahery. Tsy maro tama'areo ro ambone
firazanagne. [27]Fa Andrianagnahare ro nifily ty gege'ty ndaty iaby mba hahamegnatse ty ndaty mahilala. Andrianagnahare
ro nifily ze maleme ami'ty ndaty mba himegnara'ze matanjake.[28]Andrianagnahare ro nifily ze ambane naho pepo am'izao
tontolo zao. Na Ireke aza nifily ze raha ho natao ho tsinontsinogne, mba haha tsinontsinogne ze raha natao ho manan-
danja. [29]Natao'e zay mba tsy hisy hanagne antoe hireharehagne agnatreha'e eo.[30]Noho ty nataon'Andrianagnahare,
hanane zao nareo le am'i Jesosy Krisy, naho nanjare fahendragne ho antika boak'ama'Nagnahare. Nanjare
fahamarinantika Reke, fahamasinantika naho fahafahantika.[31] Naho izay, manahake ty rehafe'i Soratse Masegney te
hoeke: "Manao ze miroharoha, mba hiroharoha am'i Tompo ao."

## 2

[1]Naho fa ni-mbama'areo mbeo raho, ry rahalahe, le tsy niavy nindre ami'ty lahatse na fahendreagne naho nagnombara
ty misitery momba an'Andrianagnahare. [Fagnamarihagne: Ty dika-teny maro hafa le vakiegne te hoeke: "Naho
nagnombara ty fijoroagne vavolombelogne momban'Andrianagnahare raho."] [2]Fa nanampakevetse tsy hahafantatse na


generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

inogne na inogne raho naho fa t'ama'areo eo, naho tsy Jesosy Kristy, naho Reke voatraboke.[3]Naho nindre tama'areo raho
t'ami'ty falemeagne, le tami'ty tahotse, naho tami'ty fihoritan-kolitse. [4]Le ty hafako naho ty fagnombarako le tsy tami'ty
fahaiagne mirehake naho hilala. Fe ie, tami'ty fanoroa'ty Fagnahe naho hery, [5]mba tsy ho ami'ty fimarena ty olombelogne
ty finoa'areo, fa ami'ty herin'Andrianagnahare.[6]Hananeke zao le mirehake fahendreagne am'iareo mahilala tikagne, fa tsy
ty hilala'izao tontolo izao, na ty ey'iareo mpagnefets'andro, naho mandalo avao. [7]Fe ie, magnombara ty
fahendrean'Andrianagnahare ami'ty fahamarinagne mietake tinkagne, ty fahendreagne mietake
jinibon'Andrianagnahare mialoha taloha'o andro iabikeo ho voninahintika.[8]Tsy nisy tam'iareo mpagnefetse o andro zao
ro nahafantatse o fahendreagne'o, fa naho nahatakatse izay iareo tam'izay fotoagne zay, le tsy ho trinobo'iareo ty
Tompo'ty voninahitse. [9]Fa manahake ty voasoratse te hoeke: ''Ze raha tsy nisy maso nahatrea, tsy nisy sofigne naharey, tsy
nisy eretseretse nahazo an-tsaigne, ze raha naho nomanen'Andrianagnahare ho ey'iareo ze tea Aze.''[10]Io ro raha
natoron'Andrianagnahare tama'ay tami'ty alala'ty Fagnahy. Fa ty Fagnahy ro mimpay ty raha iaby, ndra ty raha
laleken'Andrianagnahare aza. [11]Fa ia ty mahafantatse ty fisia'ty ndaty raike naho tsy ty fagnahy ty ndaty ama'ao? Naho
izay ka, tsy misy mahafantatse ty raha laleken'Andrianagnahare naho tsy ty Fagnahen'Andrianagnahare.[12]Fa tsy nandrae
ty fagnahe'izao tontolo zao tinkane, fa ty Fagnahy boak'aman'Andrianagnahare ao, mba hahafahantika mahafantatse ty
raha omeagne antika maimaimpoagne boak'aman'Nagnahare. [13]Mirehake momba o raha'o ami'ty saontsy tsy hai'ty
fahendrea'ty olombelogne ampianaregne zahay, fa ze ampianare'ty Fagnahy anay. Ty Fagnahy ro mandika ty saontsy ara-
pagnahy miarak'ami'ty fahendreagne ara-pagnahy.[14]Ty ndaty tsy ara-pagnahy le tsy mandrae ze raha ey'ty
Fagnahin'Andrianagnahare, satria hagegeagne amae reo. Tsy afake mahafantatse ireo reke satria famantaragne ara-
pagnahe reo. [15]Ze ara-pagnahy le mitsara ty raha iaby, fa tsy iapara'ty fitsara'ty ndaty hafa reke.[16] ''Fa ia ty afake
mahafantatse ty fisia'ty Tompo, naho ho afake hampianatse Aze?'' Fa managne ty fandineha'i Kristy zahay.

3 [1]Le iraho, ry rahalahy, tsy afake nirehake tama'areo manahake ty ndaty ara-pagnahy, fe ie manahake ty ndaty ara-nofo,
manahake ty ajaja am'i Kristy ao. [2]Finahako ronono nareo, fa tsy venten-kanegne, satria tsy vognogne tam'izay nareo;
ndra ie henane zao aza le mbe tsy vognogne am'izay nareo.[3]Satria mbe ami'ty ty nofotse nareo. Fa ndra aia ndra aia misy
fahasarotam-piaro naho fifandieragne ty ama'areo eo, le tsy miaigne ara'ty nofotse vao nareo, naho tsy mandeha ami'ty
lili'n'olombelogne? [4]Fa naho fa misy raike mirehake hoeke: ''Izaho magnarake i Paoly,'' le ty raike mirehake te hoeke:
''Iraho magnarake i Apolosy,'' le tsy miaigne manahake ty olombelogne avao ka vao nareo? Ia areke ty Apolosy?[5] Ia ty
Paoly? Mpanompo naho tami'ty alalae ro ninoa'areo, naho nomei'i Andriatompo asa iaby.[6]Izaho ro nambole, Apolosy ro
nanondrake, fa Andrianagnahare ro nampitombo. [7]Le noho izay, na ireke mambole na ireke manondrake le tsy misy
dikae. Fa Andriagnanahare ro mampitobo.[8]Le ireke ze mambole naho ireke ze manondrake le raike, naho ty kiraike le
sambe hahazo ty karamae iaby arakara ty asae. [9]Fa izahay le mpiara-miasa aman'Andrianagnahare. Nareo ty
sahan'Andrianagnahare, naho anjomban'Nagnahare.[10]Noho ty fahasoavan'Andrianagnahare naho nameagne ahike
manahake ty mpanao tragno mahay, le nametrake ty fototse raho naho hafa ty magnoregne ambone'e eo. [11]Fe ie ze
lahilahy tsikiraike tokoe hitandrigne ty ami'ty fomba hagnoregnae ami'izay eo. Fa tsy misy ndaty mametrake fototse naho
tsy ty raike fa naoregne, dika'izay, Jesosy kristy.[12]Hananeke zao naho misy ndaty magnoregne ambone fotots'eo ami'ty
volamena, volafoty, vatosoa, hatae, ahitse, na mololo, [13]le haboake ty asae, fa ty andro mazava ro hampiboake izay. Satria
haboake ami'ty afo z'izay. Ty afo ro hitsapagne ty hasoa'ty natao'ty tsikiraike.[14]Naho mimaregne ty asa'o ndaty io, le
hahazo valesoa reke; [15]fa naho mae ty asa'o ndaty io, le ho fatiantoke reke, fa ty vatae le ho vonjeagne, manahake ty
niboake t'agn'afo ao avao ka.[16]Tsy fanta'areo vao fa inareo le tempolin'Andrianagnahare naho ty
Fagnahin'Andrianagnahare ro mimaregne ama'areo ao? [17]Naho misy ndaty manimba ty tempolin'Andrianagnahare, le
hanimba zey ndaty zay ty Andrianagnahare. Fa masigne ty tempolin'Andrianagnahare, le hoe'izay ka nareo.[18]Ko engagne
ty ndaty hamitake ty vatae. Naho misy ndaty ama'areo eo mihevetse fa mahilala am'izao vanim-potoagne zao, engao reke
hanjare ''gege'' am'izay reke mete hanjare mahilala.[19] Fa ty hilala'izao tontolo izao le hagegeagne aman'Nagnahare. Satria
voasoratse te ie: "Nahatratse ty mahilala tami'ty poloti'iareo Reke."[20] Naho ty hoe ka: "Ty Tompo le mahafantatse fa ty
eretsere ty mahilala le zava-poagne."[21]Naho izay reke le tsy misy sasa ty firoharohagne ami'ty ndaty! Fa ty raha-iaby le
anareo, [22]ndra i Paoly, ndra i Apolosy, ndra i Kefasy, ndra ty kilaraha iaby, ndra fiaignagne, ndra ty havilasy, ndra raha
hananeke, ndra ty raha hoavy. Ze kila-raha iaby le anareo, [23]le inareo le ey'i Kristy, le i Kristy an'Andrianagnahare.

4

[1]Hoe izao ro tokoe handraesa'ty ndaty antika, manahake ty mpanompo'i Kristy naho mpiambegne ze
fahagagan'Andrianagnahare. [2]Am'izay fifandraesagne zay, le lily takeagne am'o mpiabegn'eo ty maha-evae-patokisagne
iareo.[3]Fa naho ty amako le kedekede ty tokoe hitsaragne anareo na hitsaran'olombelogne iabike ahy. Fa ndra izaho aza tsy
mitsara ty vatako. [4]Naho iraho le tsy mahafantatse ze tsikotsiko natao tamako, fa ndra izay tsy midika te ie tsy manan-
kakeo raho. Ty Tompo ro mitsara ahike.[5]Naho izay reke, ko manognogne fitsaragne ty mahakasike ze raha iaby mialoha'ty
fotoagne, mialoha ty hiavia'i Tompo. Ireke le handae ze raha aeta'ty ieke ho ami'ty fahazavagne naho hampiboake ty
vetsevetsem-po. Boak'eo ty tsikiraike le handrae ty fikokoae boak'aman'Nagnahare.[6]Hanane zao, ry rahalahe, nampihatra
o lili'io tamako naho tama'i Apolosy raho noho'ty ama'areo, mba hahafaha'areo mianatse avy ama'ay ty dika'ty saontsy
hoeke: "Ko madeha mihoatse ty fa voasoratse." Izay le mba tsy hisy raike ama'areo hiroharoha ty ami'ty fankasitrahagne
ty raike noho ty ami'ty hafa.[7] Fa ia ty mahita ty tsy fitoviagne ama'areo naho ty hafa? Inogne ro anagna'areo naho tsy

niazo'areo maimaimpoagne? Naho niazo'areo maemaempoagne zay, nagninogne nareo vaho miroharoha le hoe tsy
nanao ho'izay?[8]Fa anagna'areo iaby ze raha paiàve'areo! Fa nanjare mpagnarivo nareo! Le fa nanomboke nanjaka
nareo__le tsy boak'ama'ay zay! Raho ka le magniry vatae ty nanjakà'areo, mba hahafaha'ay majaka miarak'ama'areo. [9]Fe
ie raho mandineke te ie Andrianagnahare le nametrake antikagne ho apostoly miharehare manahake ty farae ami'ty
laharagne naho manahake ty ndaty voalily ho mate. Lasa ho fampiboahan-draha ho'ey zao tontolo zao zahay__ho ey'ty
anjely, naho ty ho'ey ty olombelogne.[10]Izahay le gege noho ty ama'i Kristy, fa inareo le mahilala ama'i Kristy ao. Maleme
zahay, fa inareo mahery. Inareo le nomeam-boninahitse, fe ie zahay ka tsy nalaem-baraka. [11]Hatra'amizao zahay le mbe
kere naho marandrano, misotry fisikignbe, voajera mafe, naho tsy manan-kialofagne.[12]Miasa mafe zahay, miasa ami'ty
tagna'ay avao. Naho fa latsaegne zahay, le miaretse. Naho fa enjehegne zahay, le mitson-drano. [13]Naho fa voasara raha
raty zahay, le mirehake ami'ty hasoam-pagnahy. Zahay le niova, naho mbe natao ho, fako' ty tane toy naho foka ze
kilaraha.[14]Zaho le nanoratse ze raha reo mba hahamegnats'anareo, fa manoro anareo hoe ty anako ikokoako raho. [15]Fa
ndra te ie managne mpimbegne raialegne ama'i Kristy ao aza nareo, le tsy managne roae tsiefa. Fa izaho le lasa roae'areo
ama'i Kristy Jesosy ao tami'ty talilisoa.[16] Naho zay le mampirisik'anareo raho mba ho mpitsikomby ahy nareo.[17]Zay ro
nandefasako anareo i Timoty, anake ikokoako sady atokisagne am'i Tompo ao. Reke ro hampatsiahy anareo ze lalako am'i
Kristy ao, hoe ty ampianareko iareo ndra aia ndra aia naho agnate ty fiangonagne iaby. [18]Hanane zao le najare miavogne
ty ilae ama'areo, le manao tsy ho avy ama'areo agne raho.[19]Fa marine hoavy ama'areo raho, naho sitrak'Andrianagnahare.
Naho tsy hahafantatse ty reha'iareo tena miavogne avao raho, fa hahita ty heri'iareo. [20]Satria ty fanjakan'Nagnahare le tsy
mifototse ami'ty rehake fa ami'ty hery. [21]Inogne ty mpaiave'areo? Tokoe ho avy ama'areo agne miarak'ami'ty tséra'katae
vao raho sa miarak'ami'ty fiteavagne feno falemeam-pagnahy?

## 5

[1]Izahay le naharey talily fa misy halakofilagne ty ama'areo eo, karazam-pagnahy tsy eva'e naho tsy azo atao akore
am'iareo jentilisa. Ty talily le ty hoeke misy raike ama'areo mandre ami'ty valin-drae'e. [2]Inareo le tena miavognavogne!
Fa tsy tokoe hiferenaigne vao nareo? Ty raike ze nanao izay le tsy maintsy alaegne ama'areo eto.[3]Fa ndra te ie tsy eo ara-
batagne aza raho fe ie mbe eo ara-pagnahy, naho fa nitsara ze raike naho nanao izay sahady, le hoe raha teo raho. [4]Naho
fa miarake mivory ami'ty agnara'i jesosy Tompontika nareo, naho ty fagnahiko le ho eo ka ami'ty heri'i Jesosy
Tompontika, le fa nitsara io ndaty io sahady raho. [5]Nataoko zay mba hanoloragne zay lahilahy zay ho ai'i Satana ho
famotehagne ty nofotse, mba ho voavonjy ami'ty andro'i Tompo.[6]Tsy soa ty firehareha'areo! Tsy fanta'areo vao fa ty
lalivae kedekede le magnova ty mofo manontolo? [7]Liovo ty tegna'areo ami'ty lalivae taloha mba hanjare mofo vaovao
nareo, le naho hanjare mofo tsy misy lalivae. Fa i Kristy, ty Zanak'ondrintika tami Paska, le natao sorogne.[8] Naho zay reke
le ndao tika hankalaza ty firavoravoagne, tsy ami'ty lalivae taloha, iraike lalivae'ty fagnahy raty naho haratiagne. Fa ie,
ndao tika hankalaza ami'ty mofo tsy misy lalivae ty liofo naho fahamarinagne.[9]Izaho le nanoratse ho anareo t'ami'ty
taratasiko mda tsy hiaraha'areo miasa ama'o ndaty lakofilagne'o. [10]Fe ie ty teako hambara le tsy ty ndaty lakofilagne iaby
ami'ty tane toy, ndra iareo tsy maha'onigne ty vatae, ndra iareo mpisandoke, ndra iareo mpanompo sampy, satria mba
hisintahagne am'iareo le mila misintake ami'ty tane toy nareo.[11]Fe ie hanane zao raho manoratse ho anareo mba tsy
hitraok'asa ndra ami'ia ndra ami'ia naho fa atao fa rahalahy fe ie ndra miaigne agante'ty halakofilagne, ndra ty tsy
maha'onigne ty vatae, ndra manompo sampy, ndra mperehake raty, ndra mpimamo, ndra mpisandoke. Ndra ko mindre
mihinagne am'o zao ndaty zao. [12]Fa akore ty ilirako ami'ty fitsaragne iareo ze tsy agnate ty fiangonagne?
Mifanohits'amizay, nareo vao tsy tokoe hitsara iareo ze agnate fiangonagn'ao? [13]Fe ie Andrianagnahare le mitsara ireo ze
tsy agnate'ao. "Afaho ama'areo eo ze ndaty raty."

## 6

[1]Naho fa misy raike ama'areo managn'aly ami'ty raike, mahavany hifampitarike am-pitsaragne ama'o mpitsara'o eo tsy
mpino vao reke, satria tsy aloha'iareo mpino eo? [2]Sa tsy fanta'areo vao fa ty mpino ro hitsara ty tane toy? Naho izay reke,
inareo ro hitsara ty tane toy, sa tsy mahavita mandamin-draha malinike vao nareo? [3]Sa tsy fanta'areo vao fa hitsara ty
anjely tika? Manao akore, naho izay, ty fihoara'ty fahafahantika mitsara ze raharaha ami'ty fiaignagne toy?[4]Naho afake
mitsara ty raha misy ami'ty andavanandrom-piaignagne areke rehe, nagninogne rehe ro magnisy karaza-ndraha
manahak'izay agnila'ireo tsinontsinogne ami'ty fiangongn'ao? [5]Hahamegnats'anareo ro nirehafako izay. Ie vao tsy mba
misy ampe hilala ndra ie raike aza ama'areo handamigne ty disadisa ami'ty mpirahalahy? [6]Fe ie, misy mpino raike
mandeha mifanjo ami'ty mpino raike hafa ami'ty fitsaragn'eo, naho zay raha zay le hatolotse aloha'ty mpitsara eo ze tsy
mpino![7]Ty fisia'ty aly ama'areo Kristiana iaby le fa fahareseagne ho anareo sahady. Fe ie tsy aleo vao mijaly ami'ty
fahadisoagne? Fe ie tsy aleo vao engagne ho voafitake ty tegne'areo? [8]Fe ie nareo le mandiso naho mamitake ty hafa, naho
rahalahe'areo avao ka iarey'reo![9]Tsy fanta'areo vao fa ty tsy marigne le tsy handova ty Fanjakan'Andrianagnahare? Ko
magneke ty vande. Iareo vetaveta, iareo mpanompo sampy, iareo lakofilagne, iareo lahilahy mpivaro-tegna, [10]iareo
mpangalatse, iareo tsy mahay mitoboke, iareo mpimamo, iareo mpagnaraty, iareo mpanao an-kere'e__tsy misy ndra raike
am'iareo handova ty fanjakan'Andrianagnahare. [11]Manahak'izay ty ilae ama'areo. Fe ie fa voalio nareo, nihamasinegne
nareo, naho voamarigne tama'Nagnahare eo nareo tami'ty agnara'i Tompo Jesosy Kristy naho tami'ty
Fagnahin'Andrianagnaharentika.[12]"Ty raha iaby le ara-dalàgne amako," fe ie tsy ze raha iaby le mahasoa. "Ty raha iaby le
ara-dalàgne amako," fe ie tsy ho andevoze'ty raike ami'io raho. [13]"Ty hanegne le ho ei'ty troke, le ty troke natao ho ey'ty
hanegne," fa Andrianagnahare le hamafa iarey roe reo. Ty vatagne tsy natao ho ei'ty halakofilagne. Fe ie, ty vatagne le

natao ho ei'i Tompo, naho ty Tompo ro hagnomey ho ei'ty vatagne.14Andrianagnahare le fa nanangagne i Tompo sady
hanangagne antikagne ami'ty heri'e ka. 15Tsy fanta'areo vao fa ty tegna'areo le rantsam-bata'i Kristy? Le handeseko vao
zany ty rantsam-bata'i Kristy naho hampitraoke iareo ami'ty mpivaro-tegna? Lonike tsy hisy zay!16Tsy fanta'areo vao fa ze
mindre ami'ty mpivaro-tegna le manjare nofotse raike amae? Manahake ty voasaontsy ty Soratse Masegne hoeke: "Ho
nofotse raik'avao iarey roe." 17Fa ireke naho mitraok'ami'i Tompo le manjare raike Amae.18Isintaho ty halakofilagne! Ty
hakeo hafa iabike naho atao'ty ndaty le fa tsy aman-tegna, fa ty ndaty lakofilagne le magnosotse hakeo ami'ty vatae avao.
19Tsy fanta'areo vao fa ty vata'areo le tempoli'ty Fagnahy Masigne, naho mitoetse agnate'areo ao, naho azo'areo
boak'aman'Andrianagnahare? Tsy fanta'areo vao fa tsy anareo ty vata'areo? 20Fa ndaty voavily nareo. Naho zay reke le
mankalazà an'Andrianagnahare ami'ty tegna'areo.[fagnamarihagne: ze dika-teny taloha ilae le mivaky manao ty hoeke:
"Naho zay reke mankalazà an'Andrianagnahare ami'ty tegna'areo naho ami'ty fagnahi'areo, fa an'Nagnahare io." Fa ty
dika-teny tena soa le tsy mivake hoe'io.]

# 7

1Le mahakasike ty ndaty naho sinoratse-reo momba'ty hoeke: "Soa ho ei'ty lahilahy ty tsy mitsapa ampela." 2Fe ie noho ty
fakam-pagnahy ami'ty havetavetagne maro isan-karazae, le tokoe hanagne ty valie manokagne iaby ty lahilahy tsikiraike,
le ty ampela tsikiraike le tokoe hanagne ty valie manokagne iabike.3Ty lahilay le tokoe hagnomey ze zo ara-
panambaliagne ho ei'ty valie, le manahak'izay ka ty ampela ho ei'ty valie. 4Tsy ty ampela ro managne fahefagne ami'ty
vatae manokagne, fa ty valie. Manahak'izay ka, tsy ty lahilahy ro managne fahefagne ami'ty vatae manokagne, fa ty valie
ro managne.5Ko mifanakatsakagne nareo tsikiraike, naho tsy ami'ty raha fa nifagnanoa'areo naho ami'ty fotoagne
voatokagne. Anovo zay mba hahafaha'areo manokagne vatagne ami'ty vavake. Boak'eo ka le tokoe hindre-hiroro ndraike
nareo, mba hahafaha'i Satana mamerevere fagnahy anareo noho ty tsy fanagna'areo fanjiragne vatagne. 6Fe ie raho le
mirehake o' raha'o ama'areo am-pahalalahagne fa tsy ami'ty lily. 7Irieko ty ndaty iaby hanahak'ahy. Fe ie ty tsikiraike le
sambe managne ty fagnomezam-pahasoavagne manokagne boak'aman'Andrianagnahare. Ty raike managne toy
karazam-pagnomezam-pahasoavagne toy, naho ty raike hafa managne karazae hafa ka.8Ho ei'iareo ze tsy manambaly
naho iareo mpivei 'ty ai'e le mirehake raho fa soa ho ey'iareo naho mijanogne tsy manambaly iareo, manahak'ahy. 9Fe ie
iareo naho tsy afake manjitse vatagne, le tokoe hanambaly. Satria tena soa ho ei'iareo ty manambaly tozay ampirehete'ty
filagne ara-nofotse.10Le ho ey'iareo ze manambaly le magnomey zao lily zao raho__tsy iraho, fa i Tompo__ty ampela le tsy
tokoe hasarake ami'ty valie, 11(fa naho misarake ami'ty valie reke, le tokoe hijanogne tsy hanambaly na ie ka mimpoly
milongo ami'ty valie)__le ty lahilahy tsy tokoe hisarake ami'ty valie.12Fa ho ei'ty ilae le mirehake raho__iraho, fa tsy i
Tompo__te ie naho misy rahalahy raike managne valy tsy mpino, le naho mahasambats'aze ty miara-miaigne amae, le tsy
tokoe hisaraka ami'ty valie reke.13 Naho ty ampela raike ro managne valy tsy mpino, le naho mahafalefale aze ty miara-
miaigne amae, le tsy tokoe hisarake ami'ty valie reke. 14Satria ty lahilahy tsy mpino le natokagne noho ty ami'ty valie,
naho ty ampela tsy mpino le natokagne noho'ty ami'ty rahalahe'e. Fa naho tsy izay le haloto ty ana'areo, fe ie naho ty
maregne le fa voatokagne iareoi.15Fa naho ty valy tsy kristiana ro mandeha, engao reke handeha. Ami'ty raha manao
ho'izay, ty rahalahy na rahavave le tsy foafato'ty fomba'iareo. Andrianagnahare le nitoka antika mba hiaigne am-
piadanagne. 16Fa ami'ty fomba akore ro ahafantarao, ihe ampela, te ie ho voatahao ty valio? Na ami'ty fomba akore ty
ahafantarao, ihe lahilahy, te ie ho voatahao ty valio?17Fe ie engao avao tsy tsikiraike hiaigne ami'ty fiaignagne fa nagnisia'i
Tompo aze, le manahake ty fa nisaontsien'Andrianagnahare azy. Io ty liliko agnate ty fiangonagne iaby. 18Fa voatampake
vao ty ndaty raike naho fa nitokavegne mba hino? Tsy tokoe hibohaboha manahake ty tsy voatampake reke. Tsy
voatampake vao ty ndaty raike naho fa nagnombaragne ho ami'ty finoagne? Tsy tokoe ho tampahegne reke. 19Satria tsy ty
fanampahagne na ty tsy fanampahagne ro vatan-draha. Ty vatan-draha le ty fihasiagne ty lilin'Andrianagnahare.20Ty
tsikiraike le tokoe hijanogne ami'ty fagnombaragne nisy aze naho fa finilin'Nagnahare mba hino reke.21 Andevo vao rehe
tami'ty Andrianagnahare nifily azo? Ko matahotse rehe ty am'izay. Fa naho mete ho afake rehe, le hararaoto zay. 22Satria
ty ndaty raike naho fa jinibo'i Tompo ho andevo le ndaty votsotse ei'i Tompo. Manahak'izay ka ty ndaty fa votsotse
tami'ireke jinibogne mba hino le andevo'i Kristy. 23Ianareo le voafily, naho zay reke le ko manjare manahake ty
andevo'ondaty. 24Nareo rahalahy, ndra inogne ndra inogne fiaignagne nisy antikagne tsikiraike tami ty tikagne finily mba
hino, le ndao tikagne hijanogne am'izay eo.25Le maharine iareo ze mbe tsy nanambaly, tsy managne lily boak'ami'i Tompo
raho. Fe ie manoro te heveko raho manahake ty raike, ami'ty alala'ty fanahan-kakeo'i Tompo, le evaem-pitokisagne.
26Naho izay reke, mandineke raho fa noho ty loza naho ho avy, le soa ho ei'ty lahilahy ty mijanogne ami'ty maha ie aze.
27Voafatotse ami'ty ampela vao nareo? Ka magniry ty ho afake amae. Afake ami'ty valio vao rehe? Ko mipay valy. Fe ie
naho manambaly nareo, le tsy nanota. 28Naho ty ampela tsy manambaly ro manambaly, le tsy nanota reke. Fe ie iareo
manambaly le hanagne karazan-kasarotagne maro naho mbe velogne, naho iraho ty te hagnaha anareo am'izay.29Fa izao
ty rehafeko, nareo rahalahy: Kede ty fotoagne. Manombo'amizao, aleo ze fa manm-baly hiaigne mnahake ty tsy managne.
30Iareo mitagny le tokoe hanahake ty ndaty tsy mitagny, ireo ze mifale hanahake ty ndaty tsy mifale, le iareo ze mivily
hanahake ty tsy managne ndra inogne ndra inogne; 31le iareo ze mampiasa ty tane toy le tsy tokoe hanao manahake ty
mampiasa aze vatae. Satria ty tane toy ami'ty fidoe hanane le ho avy ami'ty fiafarae.32Teako nareo ho afake ami'ty tahotse.
Ty lahilahy tsy manambaly le matahotse ty ami'ty raha'i Tompo, ty ami'ty fomba hampifaleagne Aze. 33Fa ty lahilahy
manambaly le matahotse ty ami'ty raha'ty tane toy, ty ami'ty fomba hampifaleagne ty valie__ 34mizarazara reke. Ty
ampela tsy manambaly na mbe tsy nanao lahy le matahotse ty ami'ty raha'i Tompo, ty ami'ty fomba hagnavahagne ami'ty

vatagne naho fagnahy. Fa ty ampela manambaly le matahotse ty ami'ty raha ty tane toy, ty ami'ty fomba hampifalegne ty
valie.35Ambarako zay ho ami'ty tombontsoa'areo manokagne, fa tsy hagnisy ze raha sakatsakagne ama'areo eo. Mirehake
izay raho noho ty maregne, amizay nareo mba hanolo-tegna ho ey'i Tompo tsy misy fagnelengelegnagne.36Fe ie naho misy
ndaty raike mihevetse fa tsy manday ty sakezae am-pagnajagne__ naho mihoatse ty tao'ty fanambaliagne o ampela'o
naho tsy maintsy hoe izay__ le tokoe hanao ze teae reke. Tsy manan-kakeo reke. Tokoe hifanambaly iareo. 37Fe ie naho
nagniry vatae t'ami'ty vetsevetse'e reke, naho tsy voa ty famoreporetagne fa afake mivey ty sitram-poe manokagne, le
naho fa nanampa-kevetse t'ampo'e reke ty hanao izay, mba hitanagne ty sakezae ho virijiny, le soa ty ataoe. 38Le ze
manambaly ty sakezae le manao ty soa, naho ze mifily ty tsy hanambaly le hanao ty soasoa ambone'e aza.39Ty ampela le
voarohy ty valie naho mbe velogne ty lahilahy. Fa naho mate ty valie, le afake soa reke ty hanambaly ze teae ho valiegne,
fe ie ama'i Tompo ao avao. 40Fe ie naho ami'ty fitsarako le tokoe ho fale reke naho miaigne am'izao avao. Naho ataoko fa
iraho avao ka le managne ty Fagnahin'Andrianagnahare.

8 1Le marine ty hanegne atao sorogne ho ei'ty sampy__fantantika fa: "Itikagne iaby le manam-pahalalagne." Ty
fahalalagne mampirehareha, fa ty fiteavagne mangagne. 2Naho misy ndaty raike mihevetse ty vatae fa mahay raha, le
mbe tsy mahafantatse ami'ty tokoe ho ie zay ndaty zay. 3Fa naho misy ndaty raike tea an'Andrianagnahare, le fantae zay
ndaty zay.4Le naho ty mahakasike ty fihinanagne mahakama natao sorogne ho ey'ty sampy__le fantantika fa "ty sampy
ami'ty tane toy le tsy raha vatae" le "fa tsy misy Andriangnahare naho tsy raike avao." 5Fe ie vae misy ty atao sary
tokavegne hoeke andrianagnahare, ndra an-dagnit'agne ndra ambone tane toy, le hoe ty hamaro'ty "zagnahare" naho ty
hamaro'ty "tompo." 6Fa ho antika, "Raike avao ro Andrianagnahare le ty Roae, naho boak'amae ty kilaraha iaby, le Ireke ty
anto'ty hivelomantika, le raike ty Tompo Jesosy Kristy, naho boak'amae ty nisia'ty kilaraha iaby, le boak'amae ro nampisy
antika."7Ndra izay aza, zay fahalalagne zay le mbe tsy agnate'ty tsikiraike ao. Fe ie, ty ilae taloha teo fa nagnorike ty
fanompoan-tsampy, naho nihinagne zay mahakama zay manahake ty raha natao sorogne ho ey'ty sampy zay. Manao
ho'izay le simba ty firetsereta'iareo satria maleme zay.8Fa tsy hanegne ro hanolotse antika aman'Andrianagnahare. Fe ie
tsy farae raty tikagne naho tsy mihinagne, ndra te ty hoeke soa avao tika naho mihinagne izay. 9Ambeno mba tsy ty
fahalala'areo ro anto 'ty hahavy iareo ndaty maleme ara-pinoagne ho tafintohigne. 10Fa anovo manahake te ie misy
mahatrea rehe, naho manam-pahalalagne, mihinagne ty mahakama agnate tempoli'ty kokolampogn'ao. Tsy ty leme'ty
eretsere'e vao ro nahavaneae hihinagne ze natolotse ho ey'i ty sampy?11Le noho'ty fahafantarao ty fomba maregne
marine ty sampy, le montso i rahalahy maleme finoagne'y, naho nahafatesa'i Kristy. 12Dika'izay, naho fa manota ami'ty
rahalahi'areo nareo naho manimba ty sai'iareo mbe maleme, le manota manohitse i Kristy nareo. 13Naho zay reke, naho
ty hanegne ro hahavy ty rahalahiko ho tafitohigne, le tsy hihinan-kena sasa raho, mba tsy boak'amako ty hahatonta ty
rahalahiko.

## 9

1Tsy ndaty votsotse vao? Tsy apostoly vao raho? Tsy nahatrea i Jesosy Tompontika vao raho? Tsy asako am'i Tompo ao vao
nareo? 2Naho tsy apostoly ho ey'ty hafa raho, le farafaharatie Apostoly ho anareo. Fe ie inareo ty porofo ami'ty maha
apostoly ahike ama'i Tompo ao?3Izao ty fiarovako am'iareo ze magnontany ahike: 4Zahay vao tsy mahazo alalagne ty
hinogne naho hihinagne? 5Zahay vao tsy mahazo manday valy mpino, manahake ty atao ty apostoly ilae, naho iareo
rahalahe'i Tompo, naho Kefasy? 6Sa Baranabasy naha izaho raike avao ro tsy maintsy miasa?7Ia ty manao fanompoagne
miaramila ami'ty fandaniae manokagne? Ia ty maboly voaloboke naho tsy mihinagne ty voae? Na ia ty miarak'agnombe
naho tsy minogne ty ronono boak'amae? 8Ie vao raho mirehake o raha'o mifototse ami'ty fahefa'ty olombelogne? Tsy
magnombara izay ka vao ty lalàgne?9Fa izay le fa voasoratse ami'ty lalàgna'i Mosesy te: "Ko asiagne fehi-vava ty agnombe
naho fa miely voa reke. "Tena i agnombey vatae vao ro saontsien'Andrianagnahare?10 Tsy misaontsy ty marine anay vao
Reke? Fa sinoratse ho antika, fa ze miasa tane le tokoe hiasa ami'ty fagnantegnantegnagne, naho ze mitongy le tokoe
hitongy ami'ty fagnantegnagne ty hahazo anjara ami'ty vokae. 11Naho namafy raha ara-pagnahy t'ama'areo eo zahay, ie
vao be loatse ama'ay ty mangalake raha mivaingagne boak'ama'areo?12Naho mampihatra zay zo zay boak'ama'areo ty
hafa, ie vao zahay tsy managne mihoatse? Ndra ie zay reke, tsy nitaky zay zo zay zahay. Fe ie, ndra aleo'ay niaretse ty
raha iaby ta ty ho sakagne ho ay'ty talilisoa'i Kristy.13 Ie vao tsy fanta'areo fe ze manompo agnate tempoly ao le mahazo ty
mahakama'iareo boak'agnate tempoly ao? Naho ie vao tsy fanta'areo fa ze manompo am'i alitara ey le mahazo anjara
ami' ze natao fagnatetse t'am'i Alitaray eo? 14Manahak'izay ka, ty Tompo le nandily fa iareo ze miantsa ty lalilisoa le tokoe
hahazo ty fiveloma'iareo boak'ami'ty talilisoa.15Fe ie tsy nitaky ty raike t'ama'o zo reo raho. Naho tsy manoratse izao raho
mba mete hisy raha hatao ho ahy. Ndra aleoko mate ta ty hisy ndaty hagnosots'amako zay fihasiagne zay. 16Fa naho
mitalily ty talilisoa raho, le tsy misy antoe tokoe hireharehako, satria tsy maintsy manao izay raho. Le loza ho ahy naho
tsy mitalily ty talilisoa raho!17Fa naho manao izay an-tsitrapo raho, le managne valisoa. Fa naho tsy an-tsitrapo ka, le mbe
managne ty andraikitse naho nankinegne tamako raho. 18Inogne areke ty valesoako? Izay le naho fa mitalily raho, le afake
manolotse ty talilisoa tsy misy fandoavam-bola naho mba tsy hampiasa tanterake ty zoko ami'ty talilisoa.19Fa ie ndra le
afake ami'ty iabike aza raho, le avy ho mpanompo ho ey'ty ndaty iaby, mba hahazoako bey'bey mihoatse. 20Tami'ty Jiosy le
nanjare nanahake ty Jiosy raho, mba hahazoako ty Jiosy. T'am'iareo ze ambane'ty lalàgne, le nanjare babahake ty ndaty
ambae lalàgne mba hahazoako iareo ambane'ty lalàgne. Nanao izay raho ndra ie tsy t'ambane lalàgne eo aza ty vatako.
[Fagnamarihagne: Ty baiboly UDB le mivake hoeke: "Nanao izay raho ndra ie le tsy t'ambane lalàgne eo aza ty vatako." Ty

dikan-dehake taloha ilae le tsy misy izay.][21]T'am'iareo ze ivela'ty lalàgne, le nanjare nanahare ty ndaty ivela'ty lalàgne
raho, ndra te ie tsy ivela'ty lalàn'Andrianagnahare aza raho, fa ambane'ty lalàgna'i Kristy. Nanao izay raho mba
hahazoako iareo ze ambane'ty lalàgne. [22]T'ama'iareo maleme le nanjare maleme raho, mba hahazoako ze maleme.
Nanjare kilaraha ho ey'ze kila-ndaty raho, mba hangnavotako ty ilae ami'ty fomba iaby. [23]Manao ze raha iaby raho ho
ey'ty talilisoa, mba hahaiako mandrambe ty anjara ami'ty fitahia'izay.[24]Ie vao tsy fanta'areo fa ami'ty filomaisagne raike ty
mpilomay iaby le manao ty filomaisagne, fe ie raike avao ty mahazo ty loka? Le milomaisa mba hahazo ty loka. [25]Ty atileta
raike le manao fanjiram-batagne ami'ty fagnazaragne ty vatae iaby. Manao izay iareo amizay handrambe satro-
boninahitse naho mete simba, fe ie intikagne milomay mba hahazoantika satro-boninahitse tsy mete simba. [26]Le naho
izay le tsy milomay ami'ty tsy misy antoe raho na mijera komondro ami'ty rivotse.[27] Fa feheako ty vatako naho ataoko
andevo, mba tsy ho lieregne raho, naho fa avy nitory tama'ty hafa raho.

## 10

[1]Teako ho fanta'areo, ry rahalahe, fa iareo roaentika le t'ambane ty rahogne ao iaby naho namakivaky i ranomasegney.
[2]Ty ndaty iaby le natao batisa ho ama'i Mosesy t'agnate rahogn'ao naho t'agnate ranomasegne, [3]le ty ndaty iaby le sambe
nihinagne hanem-pagnahy mitovy. [4]Ty ndaty iaby le ninogne tami'ty lamilamim-pagnahy naho nagnarake iareo, le Kristy
zay lamilamy zay.[5]Fe ie ty Andrianagnahare le tsy nagnomey hato'o ty ankamaroa'iareo, le ty fate'iareo le naparitake
t'antane liolio agne. [6]Hanane zao o raha reo le ohatse hoantika, mba tsy hagniriantika raha raty manahake ty nipaia'iareo.
[7]Ko manompo sampy, manahake ty ilae t'ama'iareo. Izay le manahake ty voasoratse hoeke: "Ze ndaty nitoboke mba
hihinagne naho hinogne, le nitsangagne hihisa." [8]Ndao tika tsy holakofilagne, manahake ty natao'ty maro t'ami'iareo.
T'agnate ty raik'andro, le ndaty telo arivo sy roa alegne ty nimate noho'ty am'izay.[9]Ndao ka tika tsy hitsapa i Kristy,
manahake ty natao'ty maro t'ami'iareo naho zinama' ty menaragne. [10]Ko mimonomonogne ka, manahake ty natao ty
maro t'am'iareo naho zinama'ty anjeli'ty fahafatesagne.[11]Le zao raha zao ty nisy t'ama'iareo mba ho ohatse ho antika.
Nisinoratse mba ho fampianaragne antika o raha'reo__ho amantika naho niavia'ty fara-andro. [12]Naho zay reke le ze
mihevetse ty vatae fa mitsangagne mahitsy mitandregne soa mba tsy hitonta. [13]Tsy nisy fakam-pagnahy nahazo anareo
naho tsy iraisa'ty olombelogne iaby. Fe ie ka, Andrianagnahare le matoky. Tsy hagnenga anareo ho alaim-pagnahy
mihoatse ze zaka'areo Reke. Miarake ami'ty fakam-pagnahy le hagnomey anareo ty lalagne hisiragne avao ka Reke, mba
hahafaha'areo miaretse izay.[14]Naho zay reke, ry longoko, mandosira lavitse ty fanompoan-tsampy. [15]Mirehake anareo
manahake ty ndaty manan-tsaigne raho, mba hahafaha'areo mitsara ze rehafeko. [16]Ty kapoa'ty fisaoragne naho
isaorantika, ie vao zay tsy fiharoagne ami'ty lio'i Kristy? Ty mofo naho vakientika, ie vao zay tsy fiharoagne ami'ty vata'i
Kristy? [17]Satri raike avao ty mofo, tikagne maro ka le vatagne raike avao. Tikagne iaby le mandrae ami'ty mofo raike avao.
[18]Henteo iareo vahoa'i Israely: ie vao iareo ze mihinagne ty fagnatitse tsy mpandrae anjara am'o alitara eo? [19]Inogne areke
ty horehafeko? Te ie tsy misy dikae zane ty sampy? Sa ty mahakama naho natao fagnatetse tami'ty sampy ro tsy misy
dikae?[20]Fa mirehake ty raha atao'iareo Jentilisa manompo sampy fagnatetse raho, fa ame'iareo ho'ey ty kokolampogne o
raha' reo fa tsy an' Andrianagnahare. Tsy teako nareo ho mpitraoke ami'ty kokolampogne! [21]Tsy afake minogne ty kopi'ty
Tompo naho ty kopi'ty kokolampogne nareo. Tsy afake mitraoke ami'ty lataba'i Tompo naho ty lataba'ty kokolampogne
nareo. [22]Sa manao ze hampamarahy i Tompo vao tikagne? Mahere ta'ireke vao tikagne?[23]"Ty raha iaby le ara-dalàgne, "fa
tsy ty raha iabike ro mahasoa. "Ty raha iaby le ara-dalàgne, " fe ie tsy ty raha iaby ro mampivoatse ty ndaty. [24]Tsy misy
tokoe hipay ty tombontsoae manokagne. Fe ie, ty tsikiraike le tokoe hipay ty tombotsoa'ty ragne'e.[25]Afake mihinagne ze
raha avarotse an-tsena ey nareo, fa ko magnontane ty vetsevetse. [26]Fa "Ey'i Tompo ty tany, naho ze kilaraha misy
amae'eo." [27]Naho misy tsy mpino mitoka anareo hikama, naho magniry ty handeha nareo, le hano ze raha misy
aloha'areo eo naho ko mandefa eretseretse ami'ty sai'areo.[28]Naho misy mirehake ama'areo hoeke: "Toy hanegne toy le
boak'ami'ty fagnatetse ami'ty mpanompo sampy, " le ko mihinagne izay. Zay le ho'ey'ty nampahafantatse anareo, naho
ey'ty fieretseretagne. [Fagnamarihagne: Ty dikan-teny taloha ilae le magnampe hoeke: "Fa ty tane naho ze raha amae le
ey'i Tompo. "Fa ty dikan-teny soa vatae le tsy misy izay. ] [29] Tsy mirehake raho te ie ty fieretseretao manokagne, fa ty
fieretsereta'ty ndaty hafa. Fa nagninogne ty fahaiako ro tokoe ho tsarae'ty fieretsereta'ty hafa?[30] Naho mandrae anjara
ami'ty hanegne am-paksitrahagne raho, nagninogne ro tevatevahegne ami'ty nagnomezako fisaoragne?[31]Naho zay reke,
ndra mihinagne ndra minogne nareo, ndra inogne ndra inogne atao'areo, le ano'areo ho vonenahin'Andrianagnahare
iabike. [32]Ko magnomey fagnafitohignagne ty Jiosy ndra Grika, ndra ty fiangonan'Andrianagnahare. [33]Miezake ty hahafale
ty ndaty iaby ami'ty raha iaby raho. Tsy mipay ty tombontsoako raho, fa ty ey'ty maro. Ataoko zay mba ho voavonjy iareo;

## 11

[1]Alao tahake raho, manahk'ahy mpangalake tahake i Kristy. [2]Naho mitsiriry anareo raho satria mahatsiaro ahike ami'ty
raha iaby nareo. Mitsiriry anareo raho satria mitagne mafe ty fombafomba manahake ty nanolorako aze t'ama'areo. [3]Le
teako ho azo'areo fa Kristy ro lohala'ty lahilahy iaby, fa ty lahilahy ro loha'ty ampela, le Andrianagnahare ro loha'i Kristy.
[4]Le magnafake voninahitse ty lohae ze lahilahy mivavake na mitoky naho misaron-doha.[5]Fa magnafake voninahitse ty
lohae ze ampela mivavake na mitoky tsy misaron-doha. Fa tsy hafa naho mitovy ami'ty ampela magnaratse ty lohae zay.
[6]Fa naho tsy misaron-doha ty ampela, le tokoe tampahegne ho bory ty voloe. Naho mahamegnatse ty ampela ty
manampake ty voloe na ty magnaratse ty lohae, le tokoe holombofae ty lohae.[7]Fa tsy tokoe handomboke ty lohae ty
lahilahy, satria reke ro sare naho voninahin'Andrianagnahare. Fa ty ampela le voninahi'ty lahilahy. [8]Fa ty lahilahy le tsy

natao boak'ami'ty ampela. Fa ie, ty ampela ro natao boak'ami'ty lahilahy.[9]Fa tsy misy lahilahy finorogne ho ey'ty ampela.
Fa ie, ty ampela ro finorogne ho ey'ty lahilahy. [10]Zay ro tokoe hanagna'ty ampela ty famantara ty fahefagne ami'ty lohae,
noho ty anjely.[11]Ndra te izay, ami'i Tompo ao, tsy mahaleo-tegna ami'ty lahilahy ty ampela, na ty lahilahy mahaleo-tegna
ami'ty ampela. [12]Fa naho boak'ami'ty lahilahy ty ampela, le ty lahilahy ka le boak'ami'ty ampela. Naho
boak'aman'Andrianagnahare ze kila-raha.[13]Tsarao ty vata'areo: Mete ami'ty ampela vao ty mivavake
aman'Andrianagnahare tsy misaron-doha? [14]Tsy ty voa-jagnahare vao ro mampianatse anareo fa naho ty lahilahy ro lava
volo, le fahafaham-baraka hoaze zay? [15]Tsy mampianatse anareo vao ty voa-jagnahare fa naho ty ampela ro lava volo, le
voninahitse ho aze zay? Fa nameagne aze ty voloe mba handombofae aze. [16]Fa naho misy te-hialy hevetse am'izay, le tsy
managne fampiharagne hafa zahay, ndra ze fiangonan'Andrianagnahare.[17]Fa agnate ty torolalagne magnarake, le tsy
mitsiriry anareo raho. Fa naho fa miarake miavy nareo, le tsy ho ami'ty soa zay fa ho ami'ty farae raty. [18]Fa tami'ty
voalohae, le reiko fa naho fa miarako mivory am-piangonagne ao nareo, le misy fizarazaragne ty ama'areo, naho mino
izay ami'ty ampahae raho. [19]Fa tsy maintsy misy fitsitokotokoagne ty ama'areo, mba hisaoragne ama'areo eo ze naho fa
nekeagne.[20]Fa naho fa mivory nareo, le tsy ty Fanasa'i Tompo ro hohane'areo. [21]Naho fa mihinagne nareo, le sambe
mihinagne ty mahakamae manokagne ty tsikiraike aloha'ty hikamà'ty hafa. Kerey ty raike, naho ty hafa nanjare mamo.
[22]Tsy managne tragno hihinanagne naho hinomagne rano vao nareo? Hatao'areo tsikitragno vao ty
fiangonan'Andrianagnahare naho hogegea'areo ze tsy managne ndra inogne ndra inogne? Inogne ro tokoe horehafeko
ama'areo? Tokoe hitsiriry anareo vao raho? Tsy hitsiriry anareo am'izay eo raho![23]Fa niraeseko boakam'i Tompo avao ka
ze ampahafantareko anareo, fa Jesosy Tompo, tami'ty halegne nifoteragne Aze, le nandrae mofo. [24]Naho fa avy nisaotse
Reke, naho nanampake izay le nisaontsy te: "Intoy ty vatako, naho hoanareo. Ano'areo zao ho
fahatsiarovagn'Ahike."[25]Manahak'izay ka naho niraese'e ty kopy naho fa avy nikama, le nisaontsy Reke ty hoeke: Toy kopy
toy ro fagnekeagne vaovao ami'ty lioko. Ano'areo zao ndra ombia ndra ombia nareo naho fa minogne, ho fahatsiarovagne
Ahy." [26]Ami'ty fotoagne iabike hihinana'areo toy mofo toy naho hinoma'areo am'itoy kopy toy, le magnombara ty
fahafatesa'i Tompo pandra-piavie nareo.[27]Ndra ia ndra ia, ty am'izay, mihinagne mofo naho minogne ami'ty kopi'i Tompo
ami'ty fomba tsy fanao, le hanan-kakeo ty ami'ty vatagne naho lio'i Tompo. [28]Tokoe handinike ty vatae heke ty ndaty, le
am'izay le tokoe hihinagne ty mofo naho hinogne ami'ty kopy reke. [29]Fa ze mihinagne naho minogne naho tsy
mahafantatse ty vatagne, le mihinagne naho minogne fitsaragne ho ey'ty vatae. [30]Zay ro mahavy ty maro ama'areo ho osa
naho marare, le ty ilae ama'areo ho mate.[31]Fa naho mandineke ty vatae tikagne, le tsy ho tsaraigne. [32]Fa naho fa voasora'i
Tompo tika, le mpagnara-dalàgne, mba tsy hanankakeo reketse ty tane toy.[33]Naho zay reke, nareo rahalaheko, naho fa
mivory mba hihinagne nareo, le mifandignasa. [34]Naho misy ty ndaty raike keregne, ndao reke hihinagne an-tragno agne,
am'izay naho fa mivory nareo le tsy ho ami'ty fitsaragne zay. Le mahakasike ze raha hafa sinora'areo, le hagnomey
torolalagne raho naho fa avy.

## 12

[1]Momba ty fagnomezam-pagnahy, nareo rahalahy, le tsy teako tsy hahafantatse nareo. [2]Fantaro'areo fa tami'ty nareo
mpanompo sampy, le voa'olake mb'ami'ty sampy tsy manam-peo mbeo nareo, t'ami' ze lalagne nitarihae anareo. [3]Ty
am'izay le teako ho fanta'areo fa tsy misy ndaty naho mirehake ami'ty Fagnahin'Andrianagnahare afake mirehake te:
"Jesosy le voaozogne. "Tsy misy mahazo mirehake te: "Jesosy ro Tompo," naho tsy ami'ty ala'ty Fanahy Masegne.[4]Le misy
fagnomezam-pagnahy sambehafa, fa Fagnahy mitovy avao. [5]Misy fanompoagne sambihafa, fa Tompo mitovy avao; [6]le
misy karaza'asa sambihafa, fa fa Zagnahare mitovy avao ty manao io ho azo atao ami'ty tsikiraike.[7]Le ho ey'ty tsikirake ro
nameagne ty fanehoagne ivela'ty Fagnahy ho ey'ty tombontsoa'ty ndaty iaby. [8]Fa ho ey'ty ndaty raike le nameagne
boak'ami'ty Fagnahy ty saontsi'ty fahendreagne, le ho ey'ty raike hafa ty saontsy' ty fahalalagne ami'ty alala'ty Fagnahy
mitovy avao ka.[9]Ho ey'ty raike hafa le nameagne ty finoagne ami'ty alala'ty Fagnahy mitovy, le ho ey'ty raike hafa ze
fagnomezam-pahasoavagne hampijagagne ami'ty alala'ty Fagnahy raike. [10]Ho ey'ty raike hafa le nameagne ze asa'ty hery,
le ho ey'ty raike hafa fitokiagne. Ho ey'ty raike hafa le nameagne ty fahaigne magnavake ze fagnahy, ho ey'ty raike hafa ze
karazana firehake sambihafa, le ho ey'ty raike hafa ty fandikan-teny. [11]Fa ty Fagnahy raike naho mitovy avao ty miasa
am'izay raha iabike zay, magnomey ze fagnomezam-pagnahy ho ey'ty ndaty tsikiraike iaby, magnarake ze finilie.[12]Fa
satria ty vatagne le raike avao le managne rantsagne maro naho ty ndaty iaby le rantsa'ty vatagne raike avao, noho izay
le miarake am'i Kristy zay. [13]Fa tami'ty alala'ty Fagnahy raike ro nanaovagne batisa antika iaby ho vatagne raike, ndra
iareo Jiosy ndra iareo Grika, ndra voafatotse ndra votsotse, le ty ndaty iaby le natao mba hinogne ami'ty Fagnahy raike.
[14]Fe ie ty vatagne le tsy rantsagne tokagne, fa maro. [15]Naho mirehake ty tomboke ty hoeke: "Satria tsy tagnagne raho, le tsy
rantsagne ami'ty vatagne raho," zay le tsy raha kedekede ami'ty ratsam-batagne. [16]Le naho ty sofigne ro mirehake ti
hoeke: "Satria tsy maso raho, le tsy rantsagne ami'ty vatagne raho," zay le tsy kedekede ami'ty rantsam-batagne. [17]Naho
maso ty vatagne iaby, le ho aia ty fitsanognagne? Naho sofigne ty vatagne iaby, le ho aia ty fivazohoagne?[18]Fa
Andrianagnahare nandamigne ty rantsa'ty vatagne tsikiraike manahake ty namorognae aze. [19]Naho rantsagne mitovy
avao iareo, aia ty hisy ty vatagne? [20]Fe ie le rantsagne maro iareo, fa vatagne raike avao.[21]Ty maso tsy afake mirehake
ami'ty tagnagne hoeke: "Tsy misy ipaiàko azo. "Ndra ty loha tsy hirehake ami'ty tomboke hoeke: "Tsy misy ipaiàko azo. "
[22]Fa ze rantsagne am'ty vatagne atao fa malemeleme le tena ilaigne, [23]le ze rantsagne ami'ty vatagne ataontika fa tsy
vatan-draha, le amean-tika lanjae, naho ze rantsantika tsy fatoro le managne ty varae mihoatse.[24] Le ty rantsagne fatoro le
tsy tokoe handesegne hisengesenge, satria fa managne ty varae. Fa Andrianagnahare nampitambatse ty rantsagne iaby

miarake, le ireke nagnomey lanjae beybey'ka ze tsy ampy izay.[25]Nanao izay Reke mba tsy hisy fisarahagne ami'ty vatagne,
fa mba mifagnalakagne ami'ty fiteavagne mitovy ze rantsagne. [26]Dika'izay naho fa mijale ty rantsagne raike, le miarake
mijale ze rantsagne iaby; na naho fa omean-danja ty rantsagne raike, le miarake mifale ze rantsagne iaby.[27] Le inareo le
vata'i Kristy naho rantsagne am'izay ty tsikiraike.[28]Le Andrianagnahare nijibogne heke t'agnate fiangonagn'ao ze apostoly,
faharoa iareo mpitoky, fahatelo iareo mpianatse, boak'eo iareo ze manao asa mahagaga, boak'eo ze fagnomezam-
pahasoavagne hagnasitragne, ze magnomey fagnampeagne, iareo ze manao asa fitarihan-draharaha, le iareo ze managne
karazana firehake maromaro. [29]Apostoly vao iareo? Mpaminany iaby vao? Mpampianatse iaby vao? Manao asa mahagaga
iaby vao iareo?[30]Managne fagnomezam-pagnahy hagnasitragne vao iareo iaby? Mirehake ami'ty rehake tsy fantatse vao
iareo iaby? Mandika rehake vao iareo iaby? [31]Maneo soa ze fagnomezam-pahasoavagne bey vatae. Fa hanoro anareo
lalagne soa mihoatse raho.

13 [1]Ndra te ie atao mirehake ami'ty fireha'iareo ndaty naho ty anjely aza raho. Fa naho tsy managne fiteavagne, le
manjare vigne magneno na karatsagne mikarantsam-peo raho. [2]Ndra te ie atao fa managne fagnomeza'ty fitokiagne
naho mahafantatse ty raha mahagaga naho ze fahalalagne iabike aza raho, le managne ze finoagne iaby ahafahagne
mamindra vohitse. Fa naho tsy manam-piteavagne, le tsy misy dikae raho. [3]Ndra te ie atao te nagnomey ze raha anagnako
hamahanagne ty mijale aza raho, naho manolotse ty vatako ho doroagne. Fa naho tsy manam-piteavagne, le tsy mahazo
ndra inogne ndra inogne raho. [Fagnamarihagne: Ty ULB naho ty UDB le sambe managne dikan-teny tsiefa, mivaky ty
hoeke: "Hameako mba ho doroagne ty vatako." Ty dikan-teny ilae ka le mivaky hoeke: "Hameako ty vatako mba ho
reharehako."][4]Ty fiteavagne le mamalio-fo sady soa fagnahy. Ty fiteavagne le tsy magniry na mirehareha. Tsu mivogne
[5]na manao ze mahafake baraka. Tsy tea-tegna. Tsy mora sosotse, na magnisake fahadisogne. [6]Tsy mifale ami'ty tsy
fahamarinagne. Fe ie, mifale ami'ty fahamarinagne.[7] Ty fiteavagne le mandefetse ze raha iaby, mino ze raha iaby, matoky
ze kilaraha, naho miaritse ze kilaraha.[8]Tsy ho tampitse mandrakizay ty fiteavagne. Naho misy fitokiagne, le ho rava io.
Naho misy firehafagne ami'ty rehake tsy fantatse, hijanogne io. Naho misy fahalalagne, le ho rava zay. [9]Fa tikagne le tsy
mahafantatse ami'ty ilae naho maminany ami'ty ilae. [10]Fa naho fa avy ty tena ie vatae, le ho rava ze tsy tanterake.[11]Tami'ty
zaho mbe kede, le nirehake manahake ty ajaja, nieretseretse manahake ty ajaja, nisaigne hoe ty ajaja. Naho fa bey raho,
le nengako ty maha ajaja. [12]Fa hanane zao tika le mahita tsy mivantagne ami'ty fitaratse, fa lahela zay le hifagnatreke.
Hanane zao raho le mahafantatse ami'ty ilae, fa boak'eo raho le hahafantatse tanterake mahake ty zaho nahafantatse
ahike tanterake.[13] Fa hanane zao le ty raha telo toagne ro mitoetse: ty finoagne, ty fagnantegnagne hatramizay, naho ty
fiteavagne. Fa ty tena bey vatae am'iareo le ty fiteavagne.

14
[1]Mipaiava fiteavagne le managna zotom-po ami'ty fagnomezam-pagnahy, loho tsy ie fa ty mba hitokia'areo. [2]Fa ze
mirehake ami'ty firehake tsy fantatse le tsy mirehakeami'ty ndaty fa aman'Andrianagnahare. Fa tsy misy mahazo aze
satria mirehake raha-miafegne ami'ty Fagnahy ao reke. [3]Fa ze mpitoky le mirehake ami'ty ndaty ho fampiarenagne iareo,
ho fampirisihagne iareo, naho fampiononagne iareo. [4]Ze mirehake ami'ty rehake tsy fantatse le magnorigne ty vatae, fa
ze mitoky le magnorigne ty fiangonagne.[5]Hanane zao le magniry anareo iaby hirehake ami'ty rehake tsy fantatse raho. Fa
le mbe mihoatse izay aza, magniry Raho ty hitokia'areo. Ze mitoky le beybey ta ty mirehake ami'ty rehake tsy fantatse
(naho tsy ty ie misy ndaty raike mandika rehake naho mba mete hiorena'ty fiangonagne).[6] Fa hanane zao, nareo rahalahy,
naho avy ama'areo eo ami'ty rehake fantatse raho, inogne ty tombotsoa ameako anareo am'izay? Tsy afake raho, naho tsy
te ie mirehake ama'areo ami'ty fagnombaragne, na fahalalagne, na fitokiagne, na fampianaragne.[7]Naho mamoake fe ze
raha-magneno tsy managn'aigne__manahake ty kitsoly na lokanga__le tsy mamoake feo-soa sambihafa iareo, akore ty
hahafantara ty ndaty ze feo-soa aboa'ty kitsoly na ty lokanga? [8]Fa naho manao feo hafahafa ty trompetra, akore ro
hahaia'ty ndaty naho fa fotoagne hiomanagne ami'ty aly? [9]Le manahak'izay ka ty ama'areo. Naho tsy mazava ty rehake
aboa'ty vava'areo, akore ty hahaia'ty ndaty ze raha rineha'areo? Hirehake nareo, le tsy hisy hahazo anareo.[10]Misy firehake
maro sambihafa ami'ty tane toy, le tsy misy am'iareo ty tsy misy dikae. [11]Fa naho tsy mahafantatse ty dika'ty firehake
raike raho, le ho vahiny ami'ze mirehake, le ze mirehake ho vahiny amako.[12]Manahal'izay ka ty ama'areo. Satria magniry
mafe ty fihetseha'ty Fagnahy nareo, le manàgna zotom-po mba hivoatse ami'ty fagnoregnagne fiangonagne. [13]Naho zay
reke ze mirehake ami'ty firehake tsy fantatse le tokoe hivavake mba hahafahae mandika rehake. [14]Fa naho mivavake
ami'ty firehake tsy fantatse Raho, le mivavake ty fagnahiko, fa ty saiko tsy mamoa.[15]Inogne ty tokoe hataoko? Hivavake
ami'ty Fagnahiko raho, fa hivavake ami'ty saiko avao ka. Hihira reketse' ty Fagnahiko raho, le hihira reketse ty saiko avao
ka. [16]Naho tsy zay, naho midera an'Andrianagnahare reketse ty Fagnahy nareo, akore ty hirehafa'ty ambahiny hoeke
"Amen" naho fa magnomey fisaoragne nareo naho tsy fantae ty rehafeo.[17]Fa irehe le tena magnomey fisaoragne soa avao,
fa ty ndaty hafa tsy mitoetse.
[18] Misaotse an'Nagnahare raho fa mirehake ami'ty firehake tsy fantatse mihoatse anareo iaby. [19]Fe ie am-piangonagn'agne
le aleoko mirehake rehake dimy manahake ty fahazoako mba hahaiako mampianatse ty hafa, tozay rehake rai'alegne
ami'ty firehake tsy fantatse.[20]Nareo rahalahy, ko misare ajaja ami'ty fandineha'areo. Fe ie, naho ami'ty raty, le manoa
manahake ty ajaja. [21]Fe ie ami'ty fihevera'areo le magnanoa matotse nareo. Ami'ty lalàgne le voasoratse hoeke: "Ami'ty
alala'ty ndaty hafa firehake naho ami'ty alala'ty molo'ty ambahiny le hirehake am'o ndaty io Raho. Ndra te ie tsy haharey
Ahike aza iareo," hoe ty Tompo.[22]Naho zay reke ty firehake tsy fantatse le famantaragne, tsy ami'iareo mpino, fa am'iareo

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

tsy mpino. Fe ie ty fotokiagne ka le ho famantaragne, tsy ho ey'iareo tsy mpino, fa ho ey'iareo mpino. 23Naho zay reke,
naho fa, miarake mivory ty fiangonagne iaby naho mirehake ami'ty firehake tsy fantatse iaby, naho militse iareo
ambahiny naho ty tsy mpino, tsy ho hatao'iareo fa gege vao nareo?24Fa naho nitoky iaby nareo iaby naho nisy tsy mpino
na ambahiny nilitse, le ho rese lahatse ami'ze raha tsanogne'e reke. Ho tsaraigne ami'ty raha rinehake iabike reke.
25Hambara ty tsiambaratelo am-poe ao. Voka'izay, hiampalo reke naho hitsoke an'Andrianagnahare. Hagnombara reke fa
tena ama'areo eo Andrianagnahare.26Inogne zane ty magnarake, nareo rahalahy? Naho fa mitraoke nareo, ty tsikiraike le
managne managne salamo, fampianaragne, fagnombaragne, firehake tsy fantatse, na fandikan-drehake. Ano'areo ze raha
iaby mba hagnoregna'areo fiangonagne. 27Naho misy mirehake ami'ty firehake tsy fantatse, angao hisy roe na
farafahamaroe telo eo, naho mandeha tsikiraike, boak'eo tokoe hisy raike handika ze rehake voarehake. 28Fa naho tsy
misy mpandika teny, engao ty tsikiraike am'iareo hitagne fitsignagne am-piangonagn'ao. Engao ty tsikiraike hirehake
mitokagne ami'ty vatae naho aman'Andrianagnahare.29Engao hirehake ty mpitoky roe na telo, le engao ze hafa
hitsanogne ami'ty fahaiagne magnavake ze voarehake. 30Fa naho misy fahitagne omeagne ze mijanogne eo ami'ty
fonoagne, engao hitsigne i raike nirehake'y.31Fa ty tsikiraike ama'areo le afake mifandimby mitoky mba hahafaha'ty
tsikiraike mianatse naho mba hahery ty ndaty iaby. 32Fa ty fagnahi'iareo mpitoky le hambena'iareo mpitoky. 33Fa
Andrianagnahare le tsy Zagnahare'ty fikorontagnagne, fa ty fiadanagne. Izay ro lily ho ey'ze fiangona'iareo mpino iaby.
34Ty ampela le tokoe hitsigne am-piangonagn'ao. Satria ty mahazo lalagne hirehake iareo. Fe ie, tokoe hagneky iareo,
manahake ty ambara-ty lalàgne. 35Naho misy irie'iareo hianaragne, engao hagnontany ty valie an-tragno agny iareo. Fa
mahamegnatse ho ey'ty ampela ty mirehake am-piangonagn'ao. 36Boak'ama'areo vao ty niavia'ty
saontsin'Andrianagnahary? Inareo raike vao ro marine'izay?37Naho misy mieretseretse ty vatae ho mpitoky na ara-
pagnahy, le tokoe hagneky reke fa ze raha soratako ama'areo le lili'i Tompo. 38Fa naho misy ty mandietse izay, le aleo reke
ho lieregne. [Fagnamarihagne: Ty ankamaroa'ty dikan-teny, agnate'izay ty ULB naho UDB, le mamaky hoeke: "Fa naho
misy mandietse zay, le ho lieregne reke." Ty dikan-teny ilae taloha manao ty hoeke: "Fa naho misy tsy mahafantatse zay,
le engao reke tsy hahafatatse izay. "]39Le am'izay eo, nareo rahalahy, magniria mafe ty hitoky, le ko mandrara ndra ia ndra
ia hirehake ami'ty firehake tsy fantatse. 40Fa engao ze kilaraha anoagne magnarake ty tokoe ho ie naho am-pilaminagne.

## 15

1Hananeke zao mampahatsiaro anareo raho, nareo rahalahy, ty ami'ty talilisoa naho nambarako tama'areo, le
niraese'areo naho ijoroa'areo. 2Ami'ty alala'izay talilisoa zay ro voataha nareo, naho mimane mafe ami'ty rehake
nitaliliako t'ama'areo nareo, naho tsy ty hoe ninonino fahatane.3Fa natoloko ho vatan-draha voalohae ho anareo ze
voarambeko avao ka: fa mate ho ey'ty hakeontika ty Kristy naho ty ami'ty Soratse Masegne, 4le nalevegne Reke, le Ireke
nitsangagne tami'ty mate tami'ty andro fahatelo naho ty saontsy ty Soratse Masegne.5Kristy le niseho tama'i Kefasy, le avy
eo tama'iareo roa ambifolo; 6boak'eo le niseho ndraike tama'iareo rahalahy mihoatse ty dimanjato Reke. Mbe velogne ty
ankamaroa'iareo, fa ty ilae fa nivilasy. 7Boak'eo Reke niseho tama'i Jakoba, boak'eo tama'iareo apostoly iaby.8Ty tena farae,
le niseho tamako Reke, le hoe raha tami'ty ajaja terake tsy ampe volagne. 9Fa iraho ty farae kede am'iareo apostoly. Izaho
le tsy evae ty atao ty hoeke apostoly satria nagninjake ty fiangonan'Andrianagnahare raho.10Fa noho'ty
fahasoavan'Andrianagnahare ro naha hoe izao ahike, naho tsy foagne ty fahasoavae amako ato. Fe ie, niasa mafe vatae
noho ty ndaty iaby raho. Fe ie tsy raho zay, fa ty fahasoavan'Andrianagnahare mindre amako. 11Naho zay reke ndra izaho
zay ndra iareo, ami'ty nitalilia'ay le ami'izay ro ninoa'areo.12Hananeke zao naho nambara fa ty Kristy le natsangagne
tami'ty mate, akore ty hahafaha'ty ilae ama'areo mirehake fa tsy misy ty fivagnoambelogne? 13Fa ie naho tsy misy
fivagnoambelogne, le tsy nivagnombelo ka ty Kristy; 14le naho tsy natsangagne ty Kristy, le foagne ty fitaliliagne, naho
foagne ka ty finoa'areo.15Ie zay, le trea ho vavolombelogne diso momban'Andrianagnahare zahay satria nijoro
vavolombelogne nanohitse an'Andrianagnahare, nirehake ty ie natsangae ty Kristy naho fa tsy nanao izay Reke. 16Naho
tsy natsangagne ty mate, le ndra i Kristy aza tsy natsangagne; 17le naho tsy natsangagne ty Kristy, le foagne ty finoa'areo
naho le mbe agnate ty hakeo'areo nareo.18Le zay raha iaby zay mate ama'i Kristy ao naho fa montso avao ka. 19Naho
ami'toy fiaignagne toy avao ro anagnan-tikagne toky ami'ty hoavy am'i Krisy ao, le tikagne ro tena mahaferenaigne ami'ty
ndaty iabike.20Fa haneke zao le fa nivagnombelo ty Kristy, raike voaloham-boka'iareo ze nimate. 21Fa satria niavy tami'ty
alala ty ndaty raike ty fahafatesagne, le avy tami'ty alala'ty ndaty raike avao ka ro niavia'ty fivagnonambelo.22Fa hoe ty
nahafatesa'ty ndaty iaby tama'i Adama, le ho velomegne ama'i Kristy avao ka ty ndaty iaby. 23Fe ie sambe ami'ty filaharae
manokagne ty tsikiraike: Kristy, ty voaloham-bokatse, le avy eo iareo ze ey'i Kristy le ho atao velogne ami'ty fiaviae.
24Boak'eo le ho avy ty farae, naho fa hamea'i Kristy ho an'Andrianagnahare Roae ty fanjakagne. Zay le naho fa
hagnafoagne ty lily iaby naho ty fahefagne iaby le ty hery Reke. 25Fa tsy maintsy manjaka Reke para-ty ametrahae ty
fahavaloe iaby ambane faliae 'ao. 26Ty fahavalo farae hozamanegne le ty fahafatesagne.27Fa "Napetrae tambane faliae ao
iaby ze kilaraha." Fa voasaontsy fa: "Ireke ro nametrake ze kilaraha," le mazava soa fa tsy tafilitse agnate'izay i raike
nagnisy ze kilaraha hagnorike ty vatae'y. 28Naho fa magnorike Aze ze kilaraha, le ty Anake vatae ro hagnorike i raike naho
nampagnorike ze kilaraha'y ho Aze. Hiseho zay mba ho kilaraha ami'ze kilaraha ty Andrianagnahare Roae.29Ndra ie ka
inogne ty raha paiave'iareo vita batisa ho ey'ty mate? Naho tsy natsangagne vatae ty maty, nagnigne iareo ro natao batisa
ho ey'iareo? 30Nagninogne areke, tikagne ro am-bava loza isan'dera?31Miatreke fahafatesagne isan'andro raho! Izay le azo
antoke manahake ty fiheverako ty ama'areo, naho azoko ama'i Kristy Jesosy Tompontika ao. 32Inogne ro tomboe azoko,
boak'ami'ty fomba fahita'ty olombelogne, naho nialy tami'ty biby te Efesosy raho, naho tsy natsangagne ty maty? "Ndao

tikagne hihinagne naho hinogne satria ho-mate tikagne maray."[33]Ko mete ho fitahagne te hoeke: "Manimba ty fisaignagne
soa ty naman-draty." [34]Mandiniha! Miaigna am-pahamarinagne! Ko manohy aman-kakeo! Fa ty ilae ama'areo le tsy
managne fahalalagne an'Andrianagnahare. Mirehake izay ho ami'ty fahamegnara'areo raho.[35]Fa ty ndaty raike hirehake
te ie: "Manao akory ty nivagnoambelo, le ami'ty karaza na vatagne inogne ro hahavia'iareo?" [36]Tsy mahafantatse ndra
inogne ndra inogne nareo! Ze hafafe'areo le tsy hanomboke hitombo naho tsy mate zay.[37]Ze nafafe'areo le tsy ty vatagne
naho ho avy, fa voae avao. Zay le mete hanjare vare na raha hafa. [38]Fa homean'Andrianagnahare aze ty vatagne ami'ze
filie'e, le sambe ami'ty vatae iaby ty voa tsikiraike. [39]Tsy ty nofotse iaby ro mitovy. Fe ie, raike ty nofo'ty olombelogne, le
hafa ty nofo'ty biby, naho nofotse hafa ty ey'iareo vorogne, le hafa ty bibin-drano.[40]Misy avao ka ty vatagne an-
dagnets'agny naho ty vatagne ambone tane eto. Fa karazae raike avao ty vonenahi'ty vatagne an-dagnits'agne naho hafa
ty voninahi'ty ambony tane eto. [41]Raike ty voninahi'ty masoandro, le hafa ty voninahi'ty volagne, naho voninahitse hafa
ty ey'ty kintagne. Fa ty kintagne raike miavake ami'ty kintagne raike hafa ka ami'ty voninahitse.[42]Manahak'izay ka ty
fivagnonambelogne. Ze afafy le mete simba, le ze atsangagne le tsy mete simba. [43]Afafy tami'ty fahafaham-baraka zay; le
natsangagne am-bonenahitse. Afafy tami'ty fahalemeagne zay; le natsangagne ami'ty hery. [44]Afafy ami'ty vatagne
voajagnahary zay; le atsangagne ho vatagne ara-fagnahy. Naho misy vatagne voajagnahary, le misy vatagne ara-pagnahy
ava ka.[45]Le fa voasoratse avao ka te ie: "Lasa fagnahy velogne ty Adama lahilahy voalohae" Ty Adama raike farae le lasa
fagnahy magnome fiaignagne. [46]Fa tsy ara-pagnahy ro avy voalohae fa ty voajagnahare, le boak'eo ty ara-pagnahy.[47]Ty
ndaty voalohae le boak'ami'ty tane, namboaregne tami'ty fotake. Ty ndaty faharoa le boak'an-dagnits'agne.
[48]Manahak'iraike namboaregne tami'ty fotake, manahak'izay ka ty ndaty raike an-dagnits'agne, le manahal'izay avao ka
iareo ze boak'an-dagnets'agne. [49]Manahake ty nandesantika ty lili'ondaty fotake, le handay ty lili'ty ndaty an-dagnets'agne
ka tikagne.[50]Le izao ty rehafeko, nareo rahalahy, fa ty nofotse naho ty lio le tsy afake handova ty
fanjakan'Andrianagnahare. Na ze mete simba handova ze tsy mete simba. [51]Ingo! Raha-to tsy trea ro ho rehafeko
ama'areo te ie: Tsy ho mate iabike tikagne iaby, fa hovaegne iabike tikagne iaby.[52]Hiova tikagne ami'ty andro raike, agnate
ty indraike mikipi-maso, ami'ty anjiva farae. Hagneno ty antsiva, le ze mate le hatsangagne tsy ho mete lo, le hovaegne
tikagne. [53]Fa toy vatagne mete simba toy le tsy maintsy hisikigne ze tsy mety lo, le toy vatagne mete mate toy le tsy
maintsy hisikigne ty tsy fahafatesagne.[54]Fa naho fa misikigne ty tsy mete simba toy vatagne mete simba toy, le naho fa
misikigne ty tsy fahafatesagne toy vatagne mete mate toy, le ho avy ami'ty ty talily voasoratse te ie, "Voatelegne tami'ty
fandreseagne ty fahafatesagne." [55]"Ihe fahafatesagne, aia ty fandreseao? Ihe fahafatesagne, aia ty fitibi'o?"[56]Ty hakeo ro
fitibi'ty fahafatesagne, le ty heri'ty hakeo le ty lalàgne. [57]Fa isaoragne an'Andrianagnahare, ty nagnomey antikagne
fadreseagne ami'ty alala'i Jesosy Kristy Tompontika![58]Naho zay reke, nareo rahalahy, miarena soa le ko mihozongozogne.
Miroboroboa manofots'andro ami'ty asa'i Tompo, satria fanta'areo fa tsy sasa-poagne ty asa'areo ama'i Tompo ao.

# 16

[1]Le mahakasike ty famoriam-bola ho ey'iareo mpino, manahake ty nanoroako lalagne ty fiangona'i Galatia, le
manahak'izay ka ty tokoe hatao'areo. [2]Ami'ty andro voaloha'ty heregnadro, le tokoe hanokagne raha ty tsikiraike
ama'areo le hagnaja izay ami'ze vita'areo. Magnanoa izay mba tsy hisia'ty famoriam-bola naho fa avy raho.[3]Naho fa avy
raho, ndra ia ndra ia orihe'areo, le alefako miarak'ami'ty taratasy mba hanolorako ty fagnate'areo ho ey'i Jerosalema.
[4]Naho mete amako avao ka ty mandeha, le handeha hindre amako iareo.[5]Fa hoavy ama'areo agne raho naho fa mandalo a
Makedonia. Fa handalo a Makedonia raho. [6]Mete afake hijanogne ama'areo raho ndra agnate ty hasara manontolo aza,
mba hahafaha'areo magnampe ahy ami'ty liako, ndra aia ndra aia tane ombako.[7]Fa tsy magniry ty hahatrea anareo
agnate ty fotoagne kedeke raho zao. [8]Fa magniry ty hijanogne maharetsaretse miarak'ama'areo, naho tea'i Tompo. Fa
hijanogne a Efesaosy raho para-piavia ty Pentekosta, [9]satria fa lalagne malalake ty nisokatse ho ahike, le misy fahavalo
maro.[10]Le naho fa avy ty Timoty, le imaneo mba tsy hatahotse reke mindre ama'areo, fa manao ty asa'i Tompo reke,
manahake o atako'o. [11]Ko engagne hisy ndaty hanao tsinontsinogn'aze. Ampeo reke ami'ty lalagne ombae ami'ty
fiadanagne, mba hahavia'e amako eo. Fa magniry aze mba hindre hiarak'am'o rahalahy io raho. [12]Le mahakasike i
Apolosy rahalahentika, le nampirisik'aze mafe raho mba hamangy anareo miarak'am'o rahalahy reo. Fa mbe tsy
vognogne vatae ty ho avy reke zao. Ndra te izay aza, ho avy reke naho fa mete ty fotoagne.[13]Miambena, mijoroa soa ami'ty
finoagne, miasà manahake ty lahilahy, maherea. [14]Le anovo am-piteavagne ze raha atao'o iaby.[15]Fanta'areo ty tarimo'i
Stefanasy, fa iareo reo ty niova fo voaloha'e t'a Asais, le iareo reo nametrake ty vata'iareo ho ami'ty fanompoagne iareo
mpino. Le mampirisike anareo raho, nareo rahalahy, [16]mba hagnorike ty ndaty manahak'izay le ami'ty ndaty iaby ze
magnampe ami'ty asa naho miasa miarak'ama'ay.[17]Mifale ami'ty viavia'i Stefaniasy, Fortinasy, naho Akaiosy raho.
Nameno ty tsy naha-teo anareo iareo. [18]Fa namelombelogne ty fagnahiko naho ty anareo iareo. Le naho zay reke, fantaro
ty ndaty manahak'izay.[19]Iareo fiangona'i Asia le manao veloma anareo. Akila naho Pritsila le manao veloma anareo ami'i
Tompo ao, miarak'ami'ty fiangonagne naho ami'ty agnanjomba'iareo. [20]Ze rahalahy iaby manao veloma anareo.
Mifagnanoa veloma ami'ty oroke masigne.[21]Iraho, Paoly, manoratse itoy ami'ty tagnako. [22]Naho misy ndaty tsy tea i
Tompo, le lonike ho voafatsy reke. Ha avy, ty Tompontika! [23]Lonike ho ama'areo ty fahasoava'i Jesosy Tompo. [24]Ho
ama'areo iaby ty fiteavako am'i Jesosy Kristy ao. [Fagnamarihagne: Ty dikan-teny taloha le magnampe hoeke: "Amena. "
Fa ty vaovao tsiefa ilae, agnate'izay ty ULB naho ty UDB, le magnafake izay.]

# 2 Corinthians

1 [1]Paoly, apostoly raike am'i i Jesosy tami'ty sitrapon'Andrianagnahare, naho timoty rahalahintika, ho ey'ty
fiangonan'ANdrianagnahare ama'i Korinto ao, le ho ey'iareo mpino iaby magneragne ty tane'i Akaia. [2]Lonike ho
ama'areo ty fahasoavagne naho ty fiadanagne boak'aman'Andrianagnahare Roaentika naho Tompo Jesosy Kristy.[3]Le ho
deraegne ty Andrianagnahare naho Rai'ty Tompontika Jesosy Kristy. Reke ty Roae'ty fanahagne iaby naho Zagnahare ty
fampionognagne iaby. [4]Andrianagnahare le fampionognagne antika ami'ty fahoreantika iaby, le mba hahaiantika
fampionognagne iareo ze agnate fahoriagne. Tikagne le mampionogne iareo hafa manahake ty fampionognagne ze
nampiasaen'Andrianagnahare ampiononagne antikagne.[5]Fa manahake ty hitomboa'ty fijarea'i Kristy noho'ty ama'ay, ty
hitomboa'ty fampionognagne anay ka ami'ty fomba'i Kristy. [6]Fa naho nampahoreagne zahay, zay le ho ey'ty
fampionognagne naho famonjeagne anareo. Le naho nampionognagne zahay, zay le ho fampionognagne anareo. Ty
fampiognona'areo le mandaitse naho fa manam-paharetagne hiarake mijale naho mitovy ami'ty fijalea'ay ka. [7]Fa ty
fatokisa'ay marine anareo le azo antoke, satria zahay le mahafantatse fa inareo ka miarake mijale, nareo ka le miarake
ami'ty fampionognagne.[8]Fa tsy tea'ay nareo tsy hahafantatse, nareo rahalahy, ty ami'ty olagne nanjo anay t'a Asia. Zahay
le nivesaregne tanterake mihoatse ty tokoe ho tante'ay, maro loatse naho tsy nagnantegna ty hiaigne ela sasa zahay.[9]
T'ama'ay eo vatae ty fagnamelohagne ho mate. Fa zay ro nahavy anay tsy hametrake ty toki'ay ami'ty vata'ay avao, fa ie
aman'Andrianagnahare naho mampitsangagne ty mate.[10] Nagnavotse anay tami'ty loza mahafate manahak'izay Reke,
naho le mbe hagnavotse ndraike. Izahay le nametrake ty toki'ay tama'e fa mbe hagnafake anay ndraike Reke.[12]Izahay le
mirehareha am'izao: fijoroagne vavolombelogne ty ami'ty feo'ty fieretseretagne. Fa tami'ty fikasagne malio naho
fahatsoram-po boak'aman'Andrianagnahare naho nandesa'ay ty vata'ay ao ami'ty tane toy. [13]Izahay le nahavita izay iaby
zay le ty ankamaroae niarake tama'areo__tsy tami'ty fahendrea ty tane toy, fa tami'ty fahasoavan'Andrianagnahare.
Izahay le tsy nanoratse raha tsy voavaky na ho azo'areo. Izaho le magnantegna fa, [14]satria inareo nahazo ty momba anay
ami'ty ampahae, izahay le ho anto'ty rehareha'areo ami'ty andro'i Tompontika Jesosy, manahake anareo ho anto'ty
hirehareha'ay.[23]Fa nitoka an'Andrianagnahare raho, hijoro vavolombelogne ho ahy naho anto ty tsy nahaviako t'a Korinto
mba hamindrako fo ama'areo. [24]Zay le tsy sagnatria avy ami'ty zahay miezake ty mamehe ze tokoe ho finoa'areo. Fe ie,
izahay le miarake miasa ama'areo ami'ty fifalia'areo, satria inareo mijoro ami'ty finoa'areo.

2 [1]Fa nanapa-kevetse ty tsy hagnantogne anareo ndraike raho ami'ty fotoagne mangirifiry. [2]Naho nampisy alahelo
anareo raho, ia ro afake mampifale ahy akoa'ty raike naho namparareako avao?[12]Nisokatse ho ahy ty lalagne tam'i
Tompo naho fa niavy tami'ty tanàm-bey i Troasy nitalily ty saontsisoa'i Kristy tagne raho. [13]Ndra te izay aza, tsy nanagne
fiadanan-tsaigne raho, satria tsy nahatrea an-drahalahiko Titosy tagne raho. Naho zay reke, nagnenga iareo raho naho
nandeha niheregne t'a Makedonia.[14]Fa fisaoragne lehibey ty atots'an'Andrianagnahare, ty ami'i Kristy ao mitarik'anay
isan'andro ami'ty fandreseagne. Ami'ty alalantika le haele'e ndra aia ndra aia ty hagnitse mami'ty fahalalagne aze.. [15]Fa
izahay le hagnitse mame'i Kristy an'Andrianagnahare, ndra t'ama'areo eo naho navotagne naho tam'iareo ze ho mate.

3 [4]Le izay ty toky anagnantika alohan'Andrianagnahare eo ami'ty alala'i Kristy. [5]Tikagne le tsy mahefa ami'ty vatantika
mba handrae ndra inogne ndra inogne naho boak'amintika. Fe ie, ty fahefantika le boak'aman'Andrianagnahare.
[6]Andrianagnahare ro nanao antika mba ho mpanompo'ty fagnekeagne vaovao. Zay ty fagnekeagne tsy boak'ami'ty
soratse fa ay'ty Fagnahy. Fa ty soratse mamono, le ty Fagnahy magnomey fiaigne.[12]Satria managne toky manahak'izay
tikagne, le mahavany vatae.[13] Tikagne tsy manahak'i Mosesy, naho nandomboke ty lohae tami'ty kitambe, mba tsy
hahafaha'ty vahoa'i Israely magnente aze mivantagne ami'ty fiafara'ty voninahitse naho mandalo avao.

4 [3]Fa naho voasafotse ty talilisoa'ay, zay le ho voasafotse ami'ze mate raik'avao. [4]Ami'ty fomba-ndraha miboake am'iareo
reo, ty zagnahare'ty tane toy nahagoa ze saigne tsy mpino'iareo. Voka'izay, tsy afake mahatrea ty fahazava'ty talilisoa'ty
voninahi'i Kristy iareo, zay naho lilin'Andrianagnahare.[5]Fa izahay tsy magnombara ty vata'ay, fa i Kristy Jesosy manahak'i
Tompo, le ty vata'ay manahake ty mpanompo'areo noho'ty ami'i Jesoy. [6]Fa Andrianagnahare le iraike nisaontsy te: " Ty
fahazavagne hamiratse agnate ty ieke." Ireke namiratse t'ampo'ay ao, mba hagnomey ty fahazava'ty fahalalagne ty
voninahin'Andrianagnahare ami'ty fignatreha'i Jesosy Kristy.[7]Fa izahay managne izay hareagne zay agnate ty korobo
tanemanga, mba hazava fa ty hery bevata mihoatse lavitse le an'Andrianagnahare fa tsy anay. [8]Ampahoriagne ami'ty
fomba iaby zahay, fa tsy resy. Vere hevetse zahay fa tsy feno famoiam-po. [9]Enjehegne zahay fa tsy niengagne. Vonoegne
zahay fa tsy rava.[10] Manday ami'ty vata'ay eo ty fahavilasia'i Jesosy isanadro zahay, am'izay ty fiaigna'i Jesosy avao ka le
hiboake ami'ty vata'ay.[11]Zahay ze velogne le manday haehae ami'ty vata'ay ao ty fahafatesa'i Jesosy, am'izay ty fiaigna'i
Jesosy le hiboake ami'ty vata'ay olombelogne.[12] Naho zay reke ty fahafatesagne le miasa amantikagn'ao, fa ty fiaignagne
miasa ama'areo ao.[16]Naho zay reke le tsy ho kivy zahay. Ndra te ie maleme ivelae aza zahay, le havaozegne isan'andro
isan'andro ty agnate'ay ao.[17] Fa am'izao andro mandalo zao, ty fahoriagne maivagne le magnomagne anay ho ami'ty
lanja'ty voninahitse maharitse mandrakizay naho mihoatse ty fandanjagne iaby. [18]Fa tikagne tsy magnente raha ze hita, fa
ze raha tsy hita. Ze raha mete treantika le tsy maharetse, fe ze raha naho tsy trea le maharetse mandrakizay.

5 [4]Fa naho mbe eto ami'toy tragno-lay toy vatae tikagne, le misefotse, mavesats'entagne. Tsy te hiboridagne tika. Fe ie, te
hisikigne tika, mba hatele'ty fiaignagne ze mete mate.[5] I raike naho nagnomagne antika ho am'izay raha zay vatae le
Andrianagnahare, naho nagnomey antika ty Fagnahy ho fagnombaragne ze ho avy.[13]Fa naho vere saigne zahay, le ho
an'Andrianagnahare zay; le naho tonga saigne soa zahay, le ho anareo zay. [14]Fa ty fiteava'i Kristy ro manere anay, satria

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

azo'ay antoke ty hoeke: nisy ndaty raike mate ho ey'ty ndaty iaby, le noho izay le mate ty ndaty iaby.[15] Mate Reke ho ey'ty ndaty iaby, mba tsy ho velogne ho ey'ty vata'iareo sasa iareo ze velogne fa ho Aze nimate naho natsangagne noho'ty fiteavagne iareo.[16]Noho izay antoe zay, manombok'amizao le tsy mitsara ndra ia ndra ia ami'ty fomba'ty olombelogne tika, ndra te ie fa nivazoho i Kristy hoe'izay aza tikagne taloha. Fa ami'ty hanane tika le fa tsy mitsara ndra ia ndra ia manahak'izay ka. [17]Naho zay reke, naho misy ndaty ami'i Kristy ao, le olom-baovao reke. Fa lasa ze raha taloha. Ingo, fa nanjare vaovao iareo.[18]Ze raha iaby reo le boak'aman'Andrianagnahare. Nampilongoae tami'ty Vatae tami'ty alala'i Kristy tika, le nameae antika ty asa fanompoa'ty fampilongoagne. [19]Dika'izay, am'i Kristy Andrianagnahare ao ro mampilongo ty tane toy ami'ty Vatae, tsy magnisa ty fahadisoa'iareo am'iareo. Nankinee tama'ay ty hifatsy ty fampilongoagne.[20]Naho voajibogne ho mpisolon-tegna'i Kristy zahay, manahake ty ami'ty alala'ay ro hanaovan'Andrianagnahare ty fiantsoae. Misoloho anareo zahay, noho i Kristy: "Milongoa aman'Andrianagnahare!"[21] Nataoe najare sorogne ho ey'ty hakeontika i Kristy. Ireke ro Raike naho mbe tsy nanota vatae. Nataoe zay mba hanajare fahamarignan'Andrianagnahare ama'ao tikagne.

6 [8]Zahay le miasa ami'ty voninahitse naho ami'ty fahafaham-baraka, ami'ty fagnaratiagne naho ty fideragne. Zahay le voasara ho mpamitake fe ie zahay le marigne. [9]Zahay le miasa hoe ty tsy misy mahafantatse rey fe ie zahay le mbe fanta-daza. Miasa manahake ty ho mate zahay- anteo-mbe miaigne zahay. Miasa zahay hoe ty saziegne noho'ty asa'ay fe ie tsy hoe ty voaolily ho mate. [10]Zahay le miasa hoe ty malahelo, fe ie le mifale lalandava. Zahay le miasa manahake ty misotry, fe ie maha-mpagnarivo ndaty maro zahay. Miasa hoe ty tsy managne ndra inogne ndra inogne zahay fe ie manahake ty managne ze kilaraha.[17]Naho zay reke, "Miboaha hiala am'iareo eo, le mitokana, "hoe ty Tompo. "Ko mikasike raha maloto, le Izaho handrae anareo.[18] Izaho le ho Roae ho anareo, le inareo ho anako lahy naho ho anako ampela", hoe ty Tompo Tsitoha.

7 [1]Iareo ikokoako, hatrami'ty nanagnantika ze rehake fikasagne le ndao tika hagnadio ty vatantika ami'ty raha-iaby ze mahavy loto ami'ty vatantika naho ty fagnahentika. Ndao tika hipay ty fahamasinagne ami'ty fatahoragne an'Andrianagnahare.[2]Raeso zahay! Fa tsy nanao raty tama'ia na ia.[3] Tsy nandratse ndra te nagnararaotse ndra ia ndra ia zahay. Tsy hagnameloke anareo ro hirehafako zao. Satria fa nirehafeko fa am-po'ay ato nareo, fa miarake mate le miarake velogne tikagne.[4] Managne fahatokisagne bevata anareo raho, le mirehareha noho ty ama'areo. Feno fampionognagne raho. Milipolipo ty hafaleako ndra te ie eo aza ty fampahoreagne iaby.[15]Ty fiteavae anareo le bey, manahake ty nahatsiarovae ty fankatoava'areo iaby, Anteo ty fandraesa'areo aze tami'ty tahotse naho titike. [16]Fale raho satria managne fahatokiagne tanterake tama'areo.

8 [3]Satria mijoro vavolombelogne raho fa nanao vatae ami'ty vitae iareo reo, le mihoatse ty vitae aza. Le tami'ty sitram-po iareo manokagne [4]naho niarake tami'ty fisolohoagne mafe ro nangataha'iareo tama'ay ty fahafahagne mba hanagne anjara ami'ty asa fanompoagne ama'areo mpino eo toy.[5] Tsy niboake manahake ty nantegnae'ay zay. Fe ie, nanolotse ty vata'ay mialoha taman'Andrianagnahare iareo. Naho nanolo-tegna ho anay iareo tami'ty sitrapon'Andrianagnahare.[6]Le namporisike i Titosy zahay, ze fa nanomboke zay asa zay, mba hampiboake ty fahasoavagne am'areo eo. [7]Fa inareo ka le manan-draha ami'ty raha iaby, ami'ty finoagne, ami'ty rehake, ami'ty fahalalagne, ami'ty fahazotoagne iaby, naho ami'ty fiteava'areo anay. Le anovo azo antoke mba hanan-kareagne ami'ze asa fahasoavagne nareo. [TY ULB naho ty UDB, miarak'ami'ze ditan-teny ilae hafa, le mivaky ty hoeke: "Agnate 'ty fiteavao anay." Ty dikan-teny ilae le mivaky ty hoeke: "Le agnate'ty fiteava'ay anareo"][20]Miambegne zahay ami'ty mete hisia'ty ndaty mitaraigne momba'anay mahakasike o asa fahalalahan-tagnagne hatao'ay io.[21] Naho mila mitandregne zahay mba hanao ty maregne, fa tsy aloha'i Tompo eo avao, fa aloha'ty ndaty ka.[22]Mandefa rahalahy raike hafa avao ka zahay miarak'am'iareo. Mateteke zahay ro nitsapa aze, naho nahatrea aze mafana fo tami'ty asa maro. Mazoto vatae iareo hanane zao noho'ty fahatokisagne vatae anagnae ama'areo. [23]Naho ty am'i Titosy, ireko ty ragneko naho mpiara-miasa amako ho anareo. Naho ty ami'ty rahalahe'ay, le nalefa'iareo fiangonagne iareo reo. Voninahitse ho ey'i Kristy iareo reo. [24]Naho aboaho iareo ty fiteava'areo, naho aboaho ami'ty fiangonagne ty anto'ty firehareha'ay momba anareo.

9 [1]Mahakasike ty asa fanompoagne ho ey'ty mpino, tsy paiaveko vatae ty manoratse ho anareo.[2] Fantako ty momba ty fagniria'areo, ty ireharehako ami'ty ndaty a Makedonia. Nirehafeko am'iareo fa Akaia le fa vognogne nanomboke tami'ty taon-dasa. Ty zotom-po'areo ro nanosike ty ankamaroa'iareo hiasa.[12]Ny fagnanovagne o asa fanompoagne'o le tsy vita'ty ie mahavita ty raha paiave'ty mpino avao. Mitombo avao ka zay ami'ty asa fagnomezam-pisaoragne an'Andrianagnahare tsiefa. [13]Fa noho ty fitsapagne anareo naho voaporofo am'o asa'o, le hagnomey voninahitse an'Andrianagnahare ka nareo ami'ty fihasiagne ty fisoloha'areo ami'ty talilisoa'i Kristy. Le hagnomey voninahitse an'Andrianagnahare ka nareo ami'ty falalahan-tagna'areo ami'ty fagnomezagne ho ey'iareo naho ty ndaty iaby.[14] Magniry azo iareo, le mivavake ho azo. Manao izay iareo noho ty habey'ty fahasoavan'Andrianagnahare amao ao. [15]Le ho an'Andrianagnahare ty saotse noho ty fagnomeza'e tsy hay rehafegne!

10 [5]Ho simbaentika avao ka ze raha ambone naho manangagne fanoheragne ty fahalalagne an'Andrianagnahare. Fa mihevetse ty hahavy ty tsikiraike ami'ty fagnorihagne i Kristy tikagne. [6]Le miomagne ami'ty fagnasaziagne ty fomba tsy fagnorihagne iaby tikagne, vatae vaho misy ty fankatoava'areo.[7]Anteo soa ze aloha'areo eo. Fa ndra ia ndra ia ro rese

lahatse reke ro Kristy, le ano hampatiahivo ty vatae reke fa reke vatae le Kristy, le hoe izay ka tikagne. [8]Ndra te ie le
somare mirehareha aza raho momba'ty fahefantika, naho namea'i Tompo antika mba hananganagne naho tsy hanimba
anareo, tsy ho megnatse raho.[9]Tsy teako zane ty hampihorohoroo anareo ami'ty taratasiko. [10]Fa ty ndaty ilae nirehake te:
"Matotse naho mahery ty taratasie, fe ie maleme ara-batagne reke. Tsy evae'ty hotsandregnegne ty reha'e."[11]Ze ndaty
manahak'irey le tokoe hahafantatse fa ze rehake agnate taratase'ay ao tami'ty fotoagne tsy nahateo anay le manoro ty asa
tokoe hatao'ay naho fa avy agne zahay. [12]Tsy mandeha lavitse zahay ndra nampitovy ty vata'ay am'iareo ze midoka-tegna.
Fa naho mandrefy ty vata'ay ami'ty hafa iareo le mampitovy ty vatae ami'ty hafa, le tsy ho[17]"Fe ie ty raike naho
mirehareha, hirehareha am'i Tompo ao." [18]Fa tsy i raike naho manolotse ty vatae'y ro horambesegne. Fa ie ka, i raike naho
natolo'i Tompo'y.

11 [5]Satria mieretseretse raho fa tsy farae ambane noho ty rehafegne te ie apostoly ambony. [6]Fa ndra te ie tsy nizaragne
nandahatse rehake aza raho, le nizaragne tami'ty fahalalagne. Tami'ty fomba iaby naho tami'ze raha iaby le natao'ay
ho fanta'areo zay.[7]Ie vao nanota raho tami'ty fiambaneako mba hisandrata'areo? Fa nitalily ty talilisoan'Andrianagnahare
maimaimpoagne ho anareo raho. [8]Nandroba ze fiangonagne hafa raho tami'ty alala'ty fagnekeagne fanohagnagne
boak'am'iareo mba hahaiako manompo anareo.[9] Naho fa niarak'ama'areo raho naho nila fagnapeagne, le tsy
nagnavesatse an'ia na ia. Fa ze raha pinaiko le name'iareo mpirahalay ze niavy boak'a Makedonia. Tami'ty raha iaby le
niambegne raho tsy ho enta-mavesatse ama'areo raho, le hanohy hanao izay.[10]Naho amako ato ty fahamarigna'i Kristy, le
tsy hitsigne am'izay fireharehako zay ami'ty tane'i Akaia. [11]Nagnino? Satria tsy teako vao nareo? Andrianagnahare ro
mahay.[22]Hebreo vao iareo? Izaho ka raike. Isiraelita vao iareo? Iraho ka raike. Tarimo'i Abrahama vao iareo? Iraho ka
raike.[23] Mpanompo'i Kristy vao iareo? (Mirehake hoe ty ndaty vere saigne raho.) Mihoatse noho izay raho. Mbe niasa mafe
nihoatse noho izay aza raho, t'am-ponja mateteke, tami'ty jera mihoatse ty lily, tami'ty fiatrehagne loza maro mahafate.
[32]T'a Damaskosy, ty governora ambane'i Areta mpanjake le niambegne ty tanà'i Damaskosy mba hisambots'ahy.[33] Fa
nampijotso tami'ty harogne tami'ty lafenetra raike tami manda eo raho, naho le nandosetse ty tagnae.

12 [6]Naho te hirehareha raho, le tsy ho gege raho, fa te hirehake ty maregne. Fa hanjitse vatagne ami'ty fireharehagne
raho, mba tsy hisy ndra ia ndra ia hihevets'ahy ho ambone noho ty trea amako ndra ze boak'amako. [7]Hanjitse
vatagne ami'ty fireharehagne avao ka raho noho ze karazana fagnombaragne isankarazae reo. Naho zay reke, mba tsy
feno fireharehagne raho, le nasiagne fatike ty nofoko, ty mpanday ira'i Satana hagnakorontagne ahy, mba tsy hirehareha
loaste raho.[8]Intelo raho ro niampalo tami'i Tompo ty momba izay, mba hagnafahae izay amako.[9] Fa hoe reke tamako te:
"Ampe ho azo ty fahasoavako, fa ty hery le natao ho lafatse agnate ty fahalemeagne." aleoko mirehareha beybey ami'ty
falemeako, mba hitoere'ty heri'i Kristy amako ato. [10]Naho zay reke finaritse noho i Kristy agnate falemagne, ami'ty
fanerateragne, ami'ty korontagne, ami'ty fagnenjehagne naho agnate ty andro sarotse raho. Fa ndra ombia ndra ombia
naho maleme raho, le matanjake.[11]Izaho ndra nanjare adala! Inareo ro nanere ahy am'izay, fa zaho le tokoe niderae'areo.
Fa izaho le tsy ambane noho ty atao te apostoly ambone hoeke, ndra le tsinontsinogn'aza raho. [12]Ze famantaragne
maregne ami'ty maha Apostoly le nanoegne t'ama'areo eo tami'ty faharetagne vatae, famantaragne naho fahagagagne le
asa mahery.[13] Fa akore nareo ro tsy loho manan-danja noho iareo fiangonagne ilae, hafa ty tsy maha vesatse ahy ho
anareo? Manahà ahy noho izay fahadisoako zay![14]Ingo! Vognogne ho avy fagninteloe ama'areo agne raho. Tsy ho vesatse
ho anareo raho, fa izaho le tsy mipay izay anareo. Inareo ro paiako. Fa tsy ty anake ro tokoe hihare ho ey'iareo rae aman-
drene. Fe ie, ze rae aman-drene ro tokoe hihare ho ey'ty anake.[15] Izaho le ho fale vatae handany naho ho laniegne ho ey'ty
fagnahi'areo. Naho tea mafe anareo raho, le hoteavegne kede vao nareo?[16]Fa ndra le hoe'izay aza, tsy nagnavesatse
anareo raho. Fa, satria raho fetsefetse vatae, le izaho ty raike naho nahazo anareo tami'ty fitake. [17]Ie vao
nagnararaots'anareo tami'ty ndaty naho nalefako tama'areo raho?[18] Nagnirake malaky i Titosy ho ama'areo agne raho, le
nalefako nindre ama'e ze rahalahy ilae. Ie vao nagnararaots'anareo ty Titosy? Ie vao tsy mirae lalagne tika? Ie vao tsy
nindre lia tika?[19]Ie vao mieretseretse nareo fa tagnate zay andro iaby zay le niaro ty vata'ay t'ama'areo zahay?
Agnatrehan'Andrianagnahare eo, ro irehafa'ay t'ama'i Kristy ao ze kilaraha mba ho fampaherezagne anareo.[20]Fa
matahotse raho tsy naho fa avy raho le mete tsy hahatrea anareo ami'ty fa nieretseretako aze. Matahotse raho tsy noho
tsy ho trea'areo manahake ty nitavandra'areo.[21] Matahotse raho tsy noho mete hisy fifandieragne, fialognagne, fireheta'ty
habosehagne, fagniriagne ami'ty fiteavan-tegna, fitsikoagne, fieboeboagne, naho fikorontagnagne. Matahotse raho tsy
naho fa miheregne, le hagnambane ahy aloha'areo eo ty Zagnahareko. Matahotse raho tsy noho mete halahelo ty
am'iareo nanota taloha tsiefa, naho le mbe tsy nibebake tami'ty fahalotoagne ami'ty halakofilagne naho ty fihaminagne
feno fagnirian-draty natao'iareo.

13 [9]Fa tikagne le mifale naho fa marefo naho mafe nareo. Fa tikagne avao ka le mivavake mba ho ataontika feno nareo.
[10]Manoratse o raha toagne raho naho magnalavits'anareo raho, le naho fa miarak'ama'areo raho le tsy voatere
manday anareo am-pibosehagne ami'ty fampiasagne ty fahefako- naho namea'i Tompo ahike, mba hananganako anareo,
le tsy hanimba anareo.

# Galatians

## 1


generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

[1]Paoly, apostoly_ tsy apostoly boake amy ty ndaty na tamy ty alala ty ondaty, fa avy amy i Jesosy Kristy naho i
Andrianagnahare rae, ty nanangagn'Aze tamy ty mate_ [2]naho iareo rahalahy mindra amako iaby, hoe'iareo fiangonagne
Galatiana.[3]Ty hasoa ho ama'areo naho ty fiadanagne boake amin'Andrianagnahare Raentika naho i Jesosy Kristy Tompo,
[4]zay nagnomey ty vatae hoe ty hakeontika mba hagnavotange antika amy zao andro raty zao, arake ty zoto ty
arofon'Andrianagnaharentika naho ty Raentika, [5]le ho Aze hatramparae ty voninahetse. Amena.[6]Nilatsa raho te nisintake
tamy ty nitoka anareo amy ty hasoa i Kristy nareo. Latsa raho naho nitolike amy ty fagnombara soa hafa nareo. [7]Fie tsy
magnombara zay te fa misy fagnombara soa hafa, fa misy ndaty maromaro minday fagnakorontanagne hoanareo naho te
hagnova ty fagnombara soa i Kristy.[8]Fie ndre zahay ndre ty anjely boake andanitse agne ro hitalily fagnombara soa hafa
ama'areo naho zay notalilie'ay ama'areo, le hanan-kakeo reke. [9]Arake ty ny saonty taloha, le henaneke zao raho mitalily
ndraike te hoe: "Naho misy ndaty mitalily ama'areo fagnombara soa hafa amy ty norambese iareo, le hanan-kakeo reke."
[10]Raho vao raho henaneke zao mipay ty hato ama ondaty ke amin'Andrianagnahare? Raho vao mipay ty hampifale ty
ndaty? Naho mbe manohy mimane ty hampifale ty ndaty raho, le tsy mpanompo i Kristy.[11]Fa teako ho fanta'areo, ry
rahalaheko, fa ty fagnombara soa rehafeko le fagnombara soan'olombelogne. [12]Tsy nandrae izay tamà ondaty raho, na zay
ty nampianaregne ahy. Fie, zay ty nambara i Kristy Jesosy tamako.[13]Fe ie nareo naharey ty fiaiagnako taloha tamy ty
fomba fivavahagne Jiosy, naho ty fomba nagnoherako ty anjomban'Andrianagnahare mihoatse ty tokoe ho ie naho ty
fimaneako handrava izay. [14]Nilitse tamy ty fivavahagne Jiosy raho naho oharigne amy ty maro mira taogne tamako, boake
amy ty raike firenegna amako. Hoe zay ty fomba nitanako mafe ty fomban-drazako.[15]Fe ie Andrianagnahare, ty
nanokagne ahy boake an-troen-dreneko, le nitoka ahy tamy ty alala ty hasoae, [16]naho fa fale ty hanoro ty Anae lahy
tamako, mba afahako magnombara Aze amy ty Jentilisa, le tsy nangalake eretseretse ama nofotse naho lio raho. [17]Tsy
nandeha tà Jerosalem hamonjy ty fa Apostoly talohako raho. Fe ie, nandeha tà Arabia naho avy eo niheregne tà
Damaskosy.[18]Telo taogne totoke le nandeha tà Jerosalema raho mba hifankafantatse tamy Kefasy le nijanogne nindre
tamae nandritra ty andro folo limy ambe. [19]Fa le tsy nahatrea Apostoly ankoatse i Jakoba raho, i rahalahe i Tompoy. [20]Le ze
soratako ho anareo, le hagnomey toky anareo raho agnatrehan'Andrianagnahare, fa tsy mavande raho.[21]Naho avy eo le
nandeha tamy ty faritse Syria naho Kilikia raho. [22]Mbe tsy nifantatse tamy o fiangona i Jodia amy Kristy tao raho. [23]Rey
iareo avao ze fa nambara [24]te: "I lahy nagniagne antika talohay amizao ro mitalily i finoagne nimanea'e nopotehigne
talohay." Noho zay iareo le nidera an'Andriangnahare noho ty amako.

2 [1]Naho fa efatse ambin'ny folo taogne tatoy raho le niakatse t'a Jerosalema tagne niarake tama'i Barabasy, le nindeseko
nindre amako ty Titosy. [2]Le noho'ty fagnambaragne raike ty niakarako tagne naho le nametrake tama'iareo ty talily soa
nataliliko tama'o Jentilisa'ao. Nirinehako atolake tama'iareo ty raha vetsevetseigne te managne lanja, mba hahazoagne
antoke te ie tsy nilay_ na fa nilay_ maike avao raho.[3]Fe ie na i Titosy aza, niarak'amako'y kanefa Grika, le niteregne ty
hosavaregne. [4]Niditse antsokosoko ze rahalahy sasa'e rezay te ie ty mba hitilihitse ty fahafahagne hanagna'ay ama'i Kristy
Jesosy ao. Le niirie'iareo ho nandevozegne zahay, [5]fe ie na fotoagne kele aza tsy nete nagnekea'ay iareo, ty mba
hipetraha'ty lalan-kavelo'ty talily soa ama'areo.[6]Fe ie ze raha vetsevetseigne te managne lanja (ndra ino ndra ino ze raha
rezay le tsy hampagninogn'ahy, tsy miangatse ty Andrian'Agnahere) _ ambarako, ze, raha vetsevetseigne te managne lanja
le tsy nagnampe ndra ino ndra ino tamako. [7]Ty mifanohetse am'izay, trea'iareo te ie nagnankinagne o talily soa hoe'iareo
tsy voasavatse'eo raho, le manahake ty nagnankinagne i Petera ty talily soa hoe'iareo voasavatse'eo. [8]Fe ie ty
Andrianagnahare, niasa tam'i Petera ao ho ama'ty maha-apostoly hoe'iareo ze voasavatse, le niasa tamako tato avao ka
hoe'iareo Jentilisa.[9]I Jakoba, Kefasy, naho i Joana, le hay te agnisa ty ze nagnoregne o Anjomban'Agnare'eo, naho fa
naharendreke ty fahasoavagne ze nomeagne ahy, le nagnome ty tagna havana'ty filongoagne ho ahy naho hoe i Barabasy
iareo. Natao'iareo ze raha zay ty mba hahafaha'ay mandeha ama'o Jentilisa'ao agne, naho ty mba hahafaha'iareo ka
mandeha ama'ze voasavatse. [10]Le ty nangatahe'iareo avao le ty tsy hagnalignova'ay o mahantra'ao, le i raha tena teako ty
manao aze'y.[11]Fe ie naho fa niavy t'a Antioka ty Kafesy, le nitohereko t'agnatreha'e teo reke satria fa nirinehake te diso.
[12]Taloha ty niavia'ty lahilahy ila'e boak'ama'i Jakoba agne rey, le niarake nihinagne tama'o Jentilisa'o ty Kefasy. Fe ei naho
fa niavy i lahilahy rey, le nijanogne reke naho le niala lavitse'o Jentilisa'ao. Natahotse ze nitake ty hanaovagne o savatse'o
reke.[13]Le niharo tama'ze hasoa miatreke zay iaby ka ze nisisa tama'o Jiosy rey. Ay ie na i Barabasy anio le nivoasinto
hiarak'ama'iareo ami'ze hasoa miatrek'iareo zay. [14]Fe ie naho fa treako te tsy magnoreke ty lalan-kavelogne'ty talily soa ty
fitondran-tegna'iareo, le nirehake tama'i Kefasy t'agnatreha'iareo iaby eo raho te hoe: "Naho Jiosy rehe nefa miaigne
manahake'o Jentilisa'ao fa tsy manahake'o Jiosy io, ay le manao akore zane ty hahafaha'o manery'o Jentilisa'ao hiaigne
manahake'o Jiosy io?"[15]Itika le Jiosy tamy ty alala'ty fahaterahagne fa tsy Jentilisa be hakeo; [16]le haintika fa tsy misy ndaty
le ho tò amy ty asa'ty lily fa amy ty alala'ty finoagne'i Kristy Jesosy. Itika ka le niavy tami'ty finoagne'i Jesosy Kristy mba
ho hamaregnegne amy ty finoagne'i Kristy fa tsy amy ty asa'ty lily. Fe ie tsy hisy nofotse ho hamaregnegne amy ty asa'ty
lily.[17]Fa naho ie, te ho hamaregnegne ama'i Kristy ao tika, itika avao ka, le trea te be hakeo, fe ie vao le mandrisike ty
fahotagne ty Kristy? Le tsy ie'e avao zay! [18]Fe ie naho manangagne ndraike ze raha fa narobako taloha rezay raho, le
magnaporofo ty vatako raho te ie mpahay lalàna. [19]Fa tamy ty lily ro nahafate ahy amy ty lily, mba ho velogne ho
an'Andrian'Agnahare raho.[20]Nampijalegne niarake tam'i Kristy raho. Fa ie tsy raho sasa ro velogne, fa i Kristy ro velogne
agnaiko ato. Ty fiaignagne iaignako amy ty nofoko'ao am'izao le iaignako amy ty finoagne ty Anan'Andrianagnahare, tea'e
raho naho le nifoe'e ty nanolotse ty vata'e ho ahy. [21]Tsy magnilike ty fahasoavan'Andrianagnahare raho, fe ie naho azo
amy ty lily ty lalan-kavelogne, le tsy misy dika'e ty nahavilasy an'i Kristy.

## 3

[1]Ry Galatiana gege! Ia ty namoreke anareo? T'a imaso'areo teo ty nanehoagne Jesosy Kristy ty ankazo najale. [2]Le izao avao
ty raha teako ianaragne ama'areo: Nandrae ty fagnahe tami'ty asa ty lily fa tami'ty finoagne nirey'areo vao nareo? [3]Gege
vatae vao nareo? Nanomboke ami'ty fagnahe nareo, le hiafara ami'ty nofotse vao hinaneke zao?[4]Niaretsy raha maro
tami'ty tsy misy dikae vao nareo_fa naho tena sasa-poagne vatae zay? [5]Ireke magnomey fagnahy anareo vao naho manao
asa sahàtse ama'areo le manao izay am'ty asa ty lily sa ami'ty fitsanognagne finoagne'y?[6]Manahake i Abrahama ''nino
an'Andrianagnahare le natao zay ho hato'e,'' [7]le manahak'izay, fantaro, fa ze ami'ty finoagne le ana'i Abrahama. [8]I Soratse
Masigne'y, fa naha'onigne aolo te Andrianagnahare hagnamaregne o Jentilisa'o ami'ty finoagne, le nitalily i talilisoa'y
niaolo i Abrahama nisaontsy te hoeke: ''Ave amao ty hitahiagne ty tane'toy''. Le, ze ami'ty finoagne ho tahiegne mindre
am'i [9]Abrahama, ndaty ty finoagne.[10]Iareo mitavandra ami'ty asa ty lily le voaozogne; fa voasoratse te hoeke: ''Voaozogne
iaby ze tsy magneke ze fonga raha voasoratse agnate ty bokin-dily ao, naho ze manao izay.'' [11]Henaneke zao le mazava fa
tsy misy ndaty homeagne hato agnatrehan'Andrianagnahare'eo ami'ty alala'ty lily, satria ty maregne ho velogne ami'ty
finoagne. [12]Fa tsy arake ty finoagne ty lily, fe ie, ''Ty ndaty manao ty asa ty lily le ho velogne ami'io.''[13]Kristy nagnavotse
antika tami'ty ozo'ty lily tami'ty niaviae ho ozogne ho antika__fa voasoratse te hoeke: ''Voaozogne iaby ze mihantogne
ami'ty hatae'' _[14] mba hoavy am'o Jentilisa'o ty fitahia'i Abrahama ami i Kristy Jesosy ao, mba ho ami'ty finoagne ty
hahazahoantika ty fampitamà ty Fagnahe.[15]Nareo rahalaheko, engao'areo raho hirehake ty fatao'ondaty. Ami'ty
fifagnekeagne atao'o ndaty io, tsy misy afake magnafoagne naho manovogne ze ao, naho fa napetra'ty lily zay. [16]Fa
nambara t'am'i Abrahama naho tami'ty tarirae o fampitamanagne'o. Tsy midika zay te hoe: ''ho ey ty tarira,'' manondro
ndaty maro, fe ie ndaty raike avao, ''ho ey'ty tarira'o,'' le i Kristy.[17]Le izao ty teako ho rehafegne: ''Ty lily, ze niavy telo-polo
naho efa-jato taogne t'afara atoy, le tsy hahafoagne ty fagnekeagne fa napetran'Andrianagnahare mialoha. [18]Fa naho avy
ami'ty lily'ty lova, le fa tsy boak'ami'ty fampitamanegne sase zay. Fa Andrianagnahare nagnomey izay i Abrahama ami'ty
alala'ty fagnantegnagne.[19]Inogne areke ty tea'i lily'i hiaviagne? Nasiagne zay ho ey'ty fandikan-dily, mandra-piavia-ty
tarira i Abrahama ami'ty nanoagne i fampagnategnagne'y. Natao ty mpiaolo raike hanan-kery boak'ami'ty anjely ty lily.
[20]Fe ie o mpiaolo'o midika fa ndaty mihoatse ty raike, fe ie raike avao ty Andrianagnahare.[21]Mandietse ty
fampagnategnan'Andrianagnahare'o vao o lily io? Sondia'e zay! Fa naho misy lily nomeigne ze afake magnomey havelo, le
boak'ami lily vatae ty fahamarenagne. [22]Fa i Soratse Masegne'y nampigadra ze raha ambane ty hakeo. Nanao izay ty
Andrianagnahare mba hagnomeagne ho ey ze mino ty fampagnategnagne ami'ty hamonjeagne an-tika ami'ty alala'ty
finoagne i Jesosy Kristy.[23]Taloha'ty niavia ty finoagne, le nitanagne ho andevo t'ambane ty lily tikagne, nigadraegne
mandra-piboaha ty finoagne.[24] Boak'eo i lily'i nanjare mpiambegne antika para ty iavia'i Kristy, mba hagnomeagne hato
ami'ty finoan-tika.[25] Henane zao niavy ze finpoagne zay, le fa tsy ambane ty mpiambegne sasa tinka. [26]Fa inareo iaby le
anan'Andrianagnahare ao ami'ty finoagne i Kristy Jesosy.[27]Fa maro ama'areo ty natao batisa tami'i Kristy ao, ro nadrae i
Kristy. [28]Le fa tsy misy ka ndra Jiosy na Grika, ndra andevo ndra ndaty afake, ndra lahilay ndra ampela, fa raike avao
nareo am'i Jesosy Kristy. [29]Le naho ey'i Kristy nareo, le tarira'i Abrahama, naho mpandova arake ty fampagnantegnagne
nareo.

## 4

[1]Magnombara raho fa ty mpandova, naho mbe ajaja reke, le tsy hafa amy ty ndevo, ndra ie tompo ty ze kila raha. [2]Fa ie
reke le ambane ty fehe iareo mpiambegne naho iaereo mpitahiry raha sarobidy hatramy ty hiavia ty date fa napetra ty
rae.[3]Le manahake izay avao ka, naho mbe niajaja tika, le nindevo ze lily fitsipi-pianara ty tane toy.[4] Fa nao fa niavy ty
hafenoa i fotoagney, le nandefa ty Anae ty Andrianagnahare, ze nisamahe ty ampela, nasamake tambane lily.[5] Nanao izay
Reke mba hagnavoatagne iareo ze ambane lily, mba hahafahantika mandrae ty fananganagne ho anake.[6]Le satria anake
nareo, le nirahen'Andrianagnahare ho agn'arofontikagne ao ty Fagnahy anaey, zay mitoka te hoeky: "Aba,RAe." [7]Naho zay
le tsy ho ndevo sasa rehe, fa anake,le naho anake, le mpandova boake aman'Andrianagnahare avaoka rehe.[8]Fa tamy zay
andro zay, tamy ty nareo mbe tsy nahay an'Andrianagnahare, le natao ho ndeo iareo zay,amy ty hery natàn'Agnahare,le
tsy andrianagnahare vatae. [9]Fa henaneo nareo le nanjare nahay an'Andrianagnahare, ndre te hoe onin'Andrianagnahare
nareo, le manao akore ty hieregna areo amy ty abidim-pianaragne maleme ro tsy misy dikae? Te hatao ndevo ka vao
nareo?[10]Mandineke o andro reo naho volagne reo naho vanem-potoagne le taogne eo nareo![11] Matahotsy ty ama areo raho
ke ndra tsy hisy varae ty raha anoeko ama areo teo.[12]Mitsoloke ama areo raho, ry rahalahy, manoa manahake ahy, satria
raho ka le fa nanjare nanahake anareo. Tsy nanao raty tamako nareo.[13] Fa ie fanta areo fa naho ty aretem-batako ty
nagnombarako anareo ty talily soa tamy ty voalohae.[14] Ndre te ninday anareo tamy ty fakam-pagnahe aza ty toe-batako,
le tsy nanao tsy ho ino tsy ho inogne na naniotse ahy nareo. Fa ie norambese areo nanahaky ty anjelin'Andrianagnahare
ka raho, manahake te hoe raho vatae ty Kristy Jesosy.[15]Aia, naho izay, ty fahasoava'areo am'izao? Fa mijoro
vavolombelogne ama'areo raho fe ie, naho azo'areo atao, le nafaha'areo naho namea'areo ahike. [16]Le naho izay, fa lasa
fahavalo'areo vao raho satria nirehake ty marigne ama'areo?[17]Iareo reo le nazoto ty hitaogne anareo, fe tsy ami'ty soa. Te
hagnily anareo ambalik'agen iareo, le hanagna'areo zotom-po hoe ey iareo.[18] Soa ty managne zotom-po ami'ty tanjogne
soa, le naho fa tsy miarake ama'areo avao ka raho.[19]O ry anake, mbe nijale ami'ty fangirifiriagne ty fisamahagne anareo
ndraike raho mandra-pitoera'i Kristy ama'areo ao.[20] Magniry raho mba ho afake miarake ama'areo am'izao naho hagnova
ty feoko, satria sahiran-tsaigne naho ty ama'areo raho.[21]Rehafo amako, nareo ze magniry ty ho ambane ty lily, nareo vao

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

tsy mitsandregne i lily'i? [22]Satria voasoratse fa i Abrahama nanagn'anake roe lahy, ty raike boak'ami'ty andevo ampela, le
ty raike boak'ami'ty ampela mahaleo tegna. [23]Fa ty raike nisamàha i ampela andevo'y arake ty nofo, fa ty raike hafa le
natera ty ampela tami'ty talily ty fampimaegne.[24]O raha iabike'o le azo raesegne hanahake ty fagnoharagne, satria o
ampela reo le magnambara ty fagnekeagne roe. Ty raike am'iareo le boake am'i vohi'i Sinay naho niterake ajaja andevo
reke. Ireke'o le i Hagara.[25] Le i Hagara le manoro ty vohi'i Sinay t'a Arabia; le manoro i Jerosalema am'izao fotoagne zao,
satria nandevozegne niarake t'am'iareo anae reke.[26]Fa i Jerosalema ambone agne le afake, le ireke ty renen-tika. [27]Satria
voasoratse te hoe: ''Mifalea, rehe ry betsiterake tsy niterake. Mitokatokava mafe naho manoa hiake fifaleagne, rehe tsy
mijale ami'ty rare'ty fisamahagne. Satria ana'ty ampela nafoe le maro noho ty ana'iareo ampela manambaly.''[28]Fa nareo,
rahalahe, manahak'i Isaka, le ana'ty fampagnantegnagne. [29]Tamy fotoagne zay ze ndaty terake arake ty nofo le
nagnenjeke ze terake arake ty Fagnahy. Le hoe izay ka ty am'izao.[30]Fe ie inogne ty saontsie'i Soratse masigne'y? ''Alefaso
agne ty andevo ampela miarak'ami ty anae lahilahy. Fa ty ana'i ampela andevo lahilahy'i le tsy hizara lova miarake am'i
ana'i ampela afake lahilahy'y.'' [31]Naho izay, nareo rahalahy, tsy ana'ty ampela andevo tika, fa ana'ty ampela afake.

# 5

[1]Ho amy ty fahafahagne ro nagnahà i Kristy antika. Mioregna soa, noho zay, ka mete ho ambaney ty jogam-pandevozana
ndraike. [2]Intoy, raho, Paoly, mirehake ama areo fa naho magnomey ty vata areo ho hasavatse nareo, le tsy hahasoa
anareo amy ze kila fomba ty Kristy.[3]Mitsangagne ho ndaty aivo amy ty ndaty magnomey ty vatae ho voasavatse ndraike
raho fa tsy maintsy hagnorike ty lily iareo aby. [4]Tafasarake tamy Kristy nareo, te ho hamarinegne amy ty lily; le tsy
hiaigne amy ty hasoa sasa nareo.[5]Fa noho ty fagnahy, naho ty finoagne, ro hiambenantika soa ty fampitamagne ty
fahamarenagne. [6]Amy Kristy Jesosy ao le tsy manjare inogne ty misavatse naho ty tsy misavatse, fa ty finoagne miasa amy
ty fitiavagne avao. [7]Fa le nandeha soa avao nareo. Ia ty nikalagne anareo amy ty fagnekeagne ty maregne? [8]Zay
fagnoveoveagne zay le tsy boake amy ty nitoka anareo.[9]Lalivay kedekede avao ro nampitombo ty koba iaby. [10]Fa matoky i
Andriantompo raho fa tsy hihevetse raha hafa nareo. Fa ze raike mitsobore anareo ro hagnonetse ty voi'e, ndre ia ndre ia.
[11]Ry rahalahe, naho mbe mitalily mahakasike ty savatse raho, nagnino raho ro mbe enjehegne? Amizay le ho hafake vatae
ty helo ty hazo najale. [12]Fa hoe'ze mitsobore anareo, le lonike mba hanampake ty vata'iareo iareo![13]Fa notokavigne amy ty
fahafahagne nareo, ry rahalahe. Ko atao talisarae ty filàgne ty fahavanogna areo; fa ie noho ty fitea le mifagnompoa. [14]Fa
ze fa lily le nilefe iaby amy ty lily raike; amae ao te hoe: "Tsy maintsy mitea ty ragneo manahake ty vatao rehe." [15]Fa naho
hifampitifatse naho mifampihinagne nareo, le miambena tsy hifanjamagne.[16]Hoe raho te, mandenà arake ty fagnahy le
tsy hoazon-kakeo amy ty filàgne nareo. [17]Fa magnohitse ty filà ty nofotse ty irie ty Fagnahy. Fa mifanohetse reo, mba tsy
ahafaha areo manao ze raha tea areo hatao. [18]Fa naho tarihe ty Fagnahy nareo le tsy ho ambane ty lalàgne.[19]Henane zao le
mizehazeha ty asa ty filà ty nofotse: fijangajangàgne, fahalotoagne, fitsetotsetoke, [20]fagnompoagne sampe, famorehagne,
fakalaignagne, fifanderagne, hamamarahe, haboseke, fifandrafe, ty miviobioke, fizarazaragne, [21]fialonagne, hamamo,
fitsoboreagne, naho ze kila raha mira amizay. Nampitaho anareo raho, manahake ty fa nampitaho anareo taloha, fa hoe
iareo ze manao raha aby reo aza le tsy handova ty fanjakan'Andrianagnahare.[22]Fa ty voka ty fagnahy le fiteavagne,
fahaliovam-po, faharetagne, hasoa fagnahy, fanoagne raha soa, finoagne, [23]hatsom-po, naho ty fahafehezan-tegna; tsy
misy lily hanohitse naho zay. [24]Iareo ze ey Kristy Jesosy lefa nampitombo ty fagnahie feno hakeo mindre amy ty
fahaliovampo naho ty filàe.[25]Naho mivelogne amy t Fagnahy ntika, le tokoe handeha amy ty Fagnahy avao ka. [26]Ao ntika
tsy hanjare ho mpitregne, mifamono hakeo, naho mifampialogne.

# 6

[1]Ry lahalahy, naho misy ndaty azom-pahadisoagne, inareo ze amam-pagnahy ro toko e hagneregne aze indraike ama ty
fahamoram-pagnahy. Vetsevetseo ty tegna'o, mba tsy halaem-pagnahy rehe.[2]Le mifampindesa ty mavesatse, naho le
tanteraho ty lily i Kristy.[3]Fa naho misy ndaty mihevetse ty vata'e ho tegnan-draha mone izao tsinontsinogne, le mamitake
ty vata'e reke.[4] Naho le toko e handineke ty asa e kiraindraike aby, mba ho am-bata irery ty hieboaboa'e fa tsy ho ama
ondaty hafa. [5]Fa sambe hinday ty enta'e aby ze henen-daty.[6]Ze o ndaty nampianaregne ty reha'e le toko'e mizara ze kila
raha soa ama ze nampanatse aze.[7] Ko mete ho alam-pagnahy. Tsy atao tsinontsinogne ty Andrianagnahare, fa ze kila raha
ambole'o, ro mbe ho jinjae'o ka. Fa naho ze mambole voa ama toetra feno hakeo, le avy amizay ty hijinja'e ty hasimba'e.[8]
Fa ze mambole voa amam-pagnahy, le amam-pagnahy ka ty hijinja'e ty fiaignagne hatrampara'e.[9]Le ao soa tsy ho vozake
ama ty fanoan-kasoa, fa hijinja vokatse tika ama ty fotoagne ze mete. Naho tsy mikepake tika.[10] A naho izao areke, satria
anagnan-tika ty fahalalagne, le ano ze raha soa ama ze kila o ndaty, naho le manao izay ka ty ze longo ty finoagne.[11]Enteo
ty habey ty soratse ze sinora ty tagnako ho anareo. [12]Ze te hiboake ho soa ama ty mofo ro miezake manere anareo mba
hasavatse. Le mana izao iareo mba hiala'e ama ty orikorike naho ty ama ty hazo nijalea i Kristy. [13]Ndra iareo mbe tsy
nasavatse, le sambe hiambegne ty lily , fe ie naho tea iareo ty hasavatse le mbe hieboebo ka iareo ama ty onofo'e.[14]Fe ie
tsy hiroharoha ndre mbia mbia naho tsy ama ty hazo najale i Jesosy Kristy Tompon-tika areke raho, ezao namonoagne ze
kila raha amako eto, naho ndra izaho ka tama ze kila raha eo iaby.[15] Fe ndre ie misavatse naho tsy misavatse le sambe tsy
misy foto'e aby, fa le ty fiaignam-baovao ro manam-pototse. [16]Fa hoe ze miaigne naho ze fomba zay, le ho ama iareo ty
fiadanagne, naho ty famotsoran-kakeo, ama ty Andriamagnits' Israely aza.[17]Mamototse amizao le ao soa tsy hitsibore ahy,
Fa milanja ty famantara i Jesosy ama ty vatako raho.[18] Le ho ama ty fagnahy areo arek ty fahasoava i Jesosy Kristy Tompo
ntika, ry rahalahy. Amen.

# Ephesians

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

# 1

[1]Paoly, apostoly Kristy Jesosy amy ty zotom-pon'Agnahare, hoe ty ndaty masin'Agnahare Efesosy agne, ze miantoke amy
Kristy Jesosy ao. [2][Fanamarihagne: "Agne ty sinoratse ilae magnafake tihoeke: "Efesosy ao" fie vae amy ty taratasy Paoly
voalohae zao.] Ho ama areo ty fitahiantsoa naho ty fiadanagne boake amin'Agnahare Raintika naho Jesosy Kristy
Andriantompo.[3]Deraina anie ny Andriamanitra sy Rain'i Jesosy Kristy Tompontsika, izay nitahy antsika tao amin'i Kristy
tamin'ny fitahim-panahy rehetra avy any an-danitra ao amin'i Kristy. [4]Andriamanitra nifidy antsika tao aminy
hatramin'ny fiantombohan'izao tontolo izao, mba ho masina sy tsy manan-tsiny eo anatrehany isika.[5]Jinibon'Agnahare
ntika hiaolo ty fagnisiagne Jesosy Kristy ho anake, amy ty fagniria'e. [6]Ty nagnisiagne antika ro hiavia ty hasin-kasoa am-
boninahitse nafo'e antika avao tamy Raike kiso'e.[7]Ho ty amy Jesosy Kristy avao le ho trà-drombake naho halio tahegne
amy ty lio'e ntikagne, fa tsy lany ty hasoa'e. [8]8Nanjotsoa'e hilala naho fahaiagne ze kila raha ntika, izao ty hasoa'e.
[9]Nataon'Agnahare fohintika ze raha mietake amy ty zotom-po'e, amy ze iri'e le naboa'e tamy Kristy, [10]nolaharegne nindre
ama ty andro jinibogne, hampitraofagne loha raike ze kila raha an-tany eto naho ty an-danitse agne, le ndre Kristy zao.
[11]Amy Kristy ao le jinibogne ho mpandova ntika. Jinibogne hey hiaolo ty laha i mpanampake ze kila raha amy ty zotom-
po'e ntika. [12]Jinobon'Agnahare ho mpandova ntika le ho ntika ka ro ho loha ty hiantoke Aze amy Kristy ao, ho fihasiagne
ty voninahi'e.[13]Amy Kristy ao vao ka nareo, naho fa maharey ty saontsy to vatae, le zao ty talily soa hagnavotagne anareo,
le hiantoke Aze nareo nanomboke amy Fagnahy Masigne nampitamagne ey, [14]hagnamaregne ty hahazoantika lova hatra
ty hilefesa izay, hagnavohavo ty hasi'e.[15]Ama ty raha manao hoe izao, hatra ty nahareizako ty fiantofa'areo Andriantompo
Jesosy naho ty fitea'areo ty ndaty masigne iabike, [16]le nisaotse Anagnahare lomognandro raho le hilalilaliako
amin'Agnahare nareo.[17]Mivavake raho, ho lonike Andrianagnahare i Jesosy Kristy Ragnandriantika, Rae ty hasigne,
hagnomey anare fagnahy mahilala naho fagnombara ty ho fohigne Aze. [18]Mivavake raho hagnilo ty maso ty fo areo,
hahafohigna'areo ty titike nitokava'e anareo naho hamaro ty hasi'e ty lova'e amo ndaty masin'Andrianagnahare iabike
reo.[19]Amy ty fivavahako le mihalale ama'areo raho hahafohigna'areo fa lako ty heri'e amantika ze miantoke Aze, amy ty
fampiasa'e ty heri'e bey. [20]Zaho hery zao avao ro nataon'Agnahare amy Kristy ao naho fa natroa'e ho velogne Reke le
natobo'e an-kavanae tan-danitse agne. [21]Nala'e ty Kristy handily naho hanampake, meagne hery ho mpitsara, naho ze kila
raha managn'agnaragne. Kritsy ro handily, tsy ho amizao fotoagne zao avao, fa ndre ty fotoagn-ko ho avy.
[22]Nataon'Agnahare ho ambane ty fandia i Kristy iabike ze kila raha, le nata'e ho loha ze kila raha agn'anjomba
fivavahagne ao Reke.[23] Ty anjomba fivavahagne ro vatae, Ie ro larofampitomboagne amy ze raha iaby.

# 2

[1]Ze miomba anareo, le maty amy ty hakeo areo naho ze raha niota ama'areo. [2]Ama ty raha niota ro nisy anareo te taólo
manahake ty fomba ty tanebey toy. [3]Nitsikombe ty fia'i ty mpandily an-drivotse ey nareo, izo ty fagnahy miasa ho'e ty ana
ty tsy magnorike ható. Sambe ndaty nanao ho'e zay iabike ntika te taólo, sambe nila ze raha raty ty vatantika, nanao ze
raha tea ty vatantika naho ty saintika hatao. Ndra hoe nasamake hanosotse, manahake ty ndaty hinane ntika.[4]Fie
miferenaigne ndaty Adrianagnahare fa lako ty hatea'e antika. [5]Te intika mbe maty reketse ty ota, le vinelo'e nindre amy
Kristy_ ty hasoa ro nandrombahagne antika. [6]Vinelon'Andrianagnahare nindre ntika, le nampindreze'e ka ty tobontika
an-danitse agne am-po Kristy Jesosy ao, [7]hagnoroa'e amy ty andro hoavy ty habey ty fitahia'e naho ty hasoa fagnahi'e amy
Jesosy Kristy ao.[8]Fitahiantsoa ro nandrombaha'e anareo amy ty finoagne, tsy boake ama'areo izao, fa fitahian'Agnahare.[9]
Tsy boake amy ty asa ty fitahiagne tsy ho eo ka ty hitregne aze. [10]Asan'Agnahare ntika, finoro amy Kristy Jesosy ao hanao
ze asa nolaharin'Agnahare te taolo agne ho antika, hiaviantika amizay agne.[11]A tiahivo fa inareo ro Jentilisa nofotse te
taolo. Tinoka te "tsinasavatse" nareo amy iareo tokavigne te "Sinavatse" amy ty nofo natao ty tagna ondaty. [12]Fa toe mbe
tsy tama i Kristy nareo tamo zao andro zao. Niambahiny nareo amy ty tariratse Israely le mbe niambahiny anareo ty
tsara nifampitintihigne. Tsy nanan-draha tamagne amy ze ho avy nareo. Tsy niharine an'Agnahare amy ty tanebey toy.[13]A
hinane zao fa amy Kristy Jesosy ao nareo nilavitse an'Agnahare te taolo, le nanpiharineagne Aze amy ty lio i Kristy. [14]Fa
toe Ie ty hivavahantika. Ie ro nampitraoke ty roe ho raike. Ty vata'e ro nandrava'e ty fifandrafesagne nampivibike antika.
[15]Tsy nisia'e lily naho sata hampitraofa'e ndaty vao ho raike Amae ao, naho hanoa'e fampilongoagne. [16]Kristy ro
nampilongo ty ndaty roe sambe hafa ho nofotse raike amin'Agnahare boake amy ty hazonajaly, magnafake ty
fandrafesagne.[17]A niavy Jesosy nitalily filongoagne ho'e ze lavitse filongoagne naho ze marine. [18]Fa ama i Jesosy ro
hafahantika miroefoko miharo fagnahy raike amin'Agnahare.[19]A izao, le tsy ambahiny naho mpizaha sasa nareo Jentilisa
hinaneo. Fa hitraoke tany raike mindre amy ty ndaty masin'Agnahare nareo naho ho afo raike amin'Agnahare. [20]Fa
natsangagne amy ty fototse finoro ty Apostoly naho ty mpitoky nareo, le i Kristy Jesosy vatae ro ho zorombato. [21]Amae ao
ro hivoria ze fototse le hionjogne hanjary anjomba fivavahagne amy Andriantompo ao. [22]Hindre hatroatse Amae ao avao
nareo ho anjomban'Agnahare amy ty Fagnahy

# 3

[1]Am'izao, raho Paoly, gadra i Kristy Jesosy noho ty ama'areo Jentilisa. [2]Naho mba rei'areo fy nindesagne ty
fitahian'Agnahare nimeagne ahy hoanareo.[3]Manoratse ze raha natalily ahy raho. Izao ty maregne amy ze raha mivony
miomva ze kedekede sinorako ama'are. [4]Naho fa vinaky areo zao, le ho fohi'areo ty fomba nahazoako ze raha maregne
mietake miomba i Kristy zao. [5]Ama ty tariratse hafa le natao tsy ho foin-ty ana ondaty zao raha maregne zao. A hinane

zao le nambara baoke amy ty Fagnahy ama iareo Apostoly naho ty mpitoky fa tinoka ho amy ty asa raike toy.[6]Izao
maregne mivony zao le mamolily fa ty Jentilisa le miharo lova, mitraoke raike amy ty nofotse, mizara ty fampitama i
Kristy Jesosy am-po ty talily soa ao iareo. [7]Fa ndra nanjare raho ro mpitorogne talilisoa amy ty fitahiantsoan'Aganahare
nimeagne ahy amy ty fiasa ty heri'e.[8]Nimean'Agnahare ahy raha fomey zao, ndre ty kede vatae raho ama ty ndaty
masin'Agnahare. O fomey zao ro hagnombarako anareo Jentilisa ty talily soa ty hare i Kristy sarotse paiagne. [9]Ty
fitahian'Agnahare ahy ro indesako hazavagne amy ty ndaty iabike ty lahan'Agnahare. O lahatse eo le navonin'Agnahare,
nihary ze kila raha tagnate ty taogne maro te taolo.[10]Natao foin-ty maro agn'anjomba fivavahagne ao zao lahatse zao
hahafohigna ty mpandily naho ty mpanampake ty fagnahy hilalan'Agnahare. [11]Niboake magnorike ty nandaharange aze
tsitampetampetse nilefe amy Kristy Jesosy Andriantompontika izao.[12]Fa amy Kristy ao ro hananantika fahavaniagne naho
lalagne itokisagne amy finoantika Aze. [13]A izao le mihalale ama'areo raho tsy ho ketrake amy ty jaliko hoanareo, ho
voninahi'areo.[14]A izao le mitongalike miatreke an-dRaeke [15]magnomey agnaragne naho ty foko iabike an-tany eto naho ty
an-danitse agne raho. [16]Mivavake raho hagnomeizae anareo, arake ty hamaro ty voninahi'e, hampahery anareo amy ty
Fagnahy Masigne, ama'areo ao.[17]Mivavake raho hoavy agnate ty fo areo am-pinoagne ty Kristy, hioregne naho hionjogne
amy ty fitea'e nareo. [18]Hanagne hery nareo naho ze mpino iabike hahafantse ty saka'e, halava'e, ty haavo'e, ty halali'e, [19]le
mandako ty fahafantaragne ze kila raha ty fitea i Kristy, le ho feno'e ze hafenon'Agnahare nareo.[20]A Ie mahavita
magnomey ambone ze vinevetsentika naho ty nangatahentika, amy ty hery miasa amintikagne [21]ao, ho Aze ty voninahitse
agn'anjomba fivavahagne naho amy Kristy Jesosy hatra ty tariratse tariratse tsy mbia ho tampetampetse. Amena.

# 4

[1]A izao, amy ty figadrako ho'e i Andriantompo, le mandrisika anareo handeha amy ty raha soa ama ty toka ze
nitokavagne anareo. [2]Mandrisika anareo raho hietry vatagne, tsy ho mpiarotegne naho haharetse, mikevetse amy ty
hatea. [3]Manoa ze here'areo hitanagne ty fiharoa ty fagnahy amy ty hasaro ty filongoagne.[4]Raike avao ty vatagne, raike
avao ty fagnahy, manahake ty koike anareo nitamà ty koike anareo avao ka. [5]Raike avao ty Andriantompo, raike ty
finoagne, raike ty fampandro, [6]raike avao ty Andrianagnahare naho ty Rae ze kila raha, ambone ze kila raha Reke amy ze
kila raha naho am-po ze kila raha.[7]Itikagne iabike zao le sambe nahazo hasoa bey boake amy Kristy. [8]Hoe ty tsara i
Soratse Masigne ey te: "Naho fa nagnavelo andidimonegne agne Reke, le niday ze rarake hoamy ty misy ty rarake, le
nagnomey raha fimeagne hoe ty tarira'e Reke."[9]Ty manao akore tihoeke zay te: "Niakatse Reke," tsy hambagne ty nizotso
amy ty faritse ambane ty tane ka vao Reke?[10] Ie nizotso'y avao indaty niakatse andidimonegne agne, hamenoa'e ze kila
raha.[11]Kristy dia nanolotra ny sasany ho apostôly, ny sasany ho mpaminany, ny sasany ho evanjelista, ary ny sasany ho
pasitera sy mpampianatra. [12]Nanome ireo asa ireo Izy mba hanampiana ireo vahoakany masina ho amin'ny asa
fanompoana, amin'ny fanorenana ny vatan'i Kristy. [13]Manohy manorina ny vatany Izy mandra-pahatrarantsika rehetra
ny firaisam-pinoana sy ny fahalalana ny Zanak'Andriamanitra, ary mba hahatonga antsika ho matotra ka mba hahatratra
ny haben'ny fahafenoan'i Kristy.[14]Finoro Kristy ntikagne tsy ho hambagne amy ty ajaja tsy ho leo ty onja sasa, tsy ho ndese
ty tioke hianatse fikatramo naho ty hihitse indese ty ndaty amy ty raha vande. [15]Fa itikagne ka ro himane fagnombara
raha maregne, le hionjogne loha'e amy ze fomba iabike Reke Kristy. [16]Kristy manangagne ty ndaty iabike, le naharo'e naho
natrao'e raike isake ty afo'e zao. Naho fa mindre manao raha ao, le avy vatagne hionjogne hagnoregne ty vata'e amy ty
fiteagne.[17]A izao, le hatalikiko soa amy Andrianompo ao zao, fa tsy hira havelogne sasa manahake ty Jentilisa nareo, fa ho
afake ty raha an-tsay iareo ao. [18]Mikiteke iareo, le tsy hahafantatse ty fiain'Agnahare, naho ty hamafe ty fo'e iareo. [19]Tsy
megna-draha iareo naho le tsy himane raha hafa naho tsy filà ty nofotse, le mimane ty fanoagne ze raha ota avao.[20]Tsy
izao ty ro nampiombagne ty fagnanaragne anareo miomba i Kristy. [21]Antofeko te fa naharey ty miomba Aze nareo, le fa
nagnaregne Amae ao, fa am-po Jesosy ao ty maregne. [22]Tinoro nareo hiova havelogne, hienga ty fomba raty taloha. I
fomba te taolo sinimba ty raha tea ty vatagne ey.[23]Tinoro nareo ho vao amy ty fagnahy ty sai'areo, [24]le ho ndaty vao amy ty
voatse natao hagnorike ty fagnovan'Agnahare _ amy ty raha maregne naho masigne.[25]A izao, le engao vande eo, le ty ilae
ama'areo hifampitalily raha maregne amy ty ragne'e, fa toe raike avao ntikagne fa sambe amy ty karaza'e. [26]Miboseha fie
manoa soa ty ho ota. Ko engagne ho tra ty andro tsofotse ty habosehao.[27] Ko magnomey lalagne ho'e ty kokolampogne.[28]Ze
nangalatse tsy fagneva ty hangalatse sasa. Hiasa reke, hanao asa soa amy ty tagna'e, hanagna'e raha ho hay zaragne hoe
ty ndaty sahiragne. [29]Ko engagne hisy raha ota ty rehafe ty vava'areo. Mirehafa rehake soa ho rey ty ilae tavy, amy ze
paia'iareo, hagnampe ze mitsanogne anareo ty reha'areo. [30]Ko mamola po ty Fagnahy Masin'Agnahare, fa boake amae ro
nanoagne ty vilo areo naho fa amy ty andro fandrombahagne.[31]Ialao ny lolom-po rehetra, haromontana, ny hatezerana,
ny fifamaliana, ary ny fifampitenenan-dratsy, miaraka amin'ireo karazan'asa ratsy rehetra. [32]Manàna fahalemem-panahy
amin'ny tsirairay avy, fahatsoram-po, mifamelà heloka, toy ny namelan'Andriamanitra anareo tao amin'i Kristy.

# 5

[1]A izao le manahafa an'Agnahare, manahake anakisoke ey. [2]Mandenà aman-kasoa hanahake ty fitea i Kristy antika avao
ka nahafoe ty vatae hoantika, raha magnitse nasese naho sorogne hoan'Agnahare.[3]Fa tsy fagneva ty mbe ahareizagne
fandikagne filagne naho karazan-draha ota naho tsy fahambenam-batagne ty ama'areo, fa tsy fagneva ty ndaty
masin'Agnahare zao. [4]Ao tsy hampiboake raha faly, reha negne, tsikike lako _ fa tsy fagneva ty maro zao. Fa soa naho
sitrahegne.[5]Fa afake miantoke izao nareo, te tsy hisy mpandika filagne, ho ota, hiheregne ndaty _ ho'e mpanompo sampe _
mipaia lova amy fanjakà Kristy naho Andrianagnahare ao. [6]Ao tsy hampitama raha tsy misy, fa o raha iaby zao ro hiavia

ty havigniran'Agnahare amy ty anake tsy magnorike ható.[7] A izao, le ko miharo ama izao raha zao.[8]Naiegne nareo te taolo,
a izao nareo le ho ilo ama i Andriantompo ao. Mandenà manahake ana ty mazava, [9](Fa ty vokatse amy fahazavagne le
ama ty raha soa iabike.) [10]Paio ze tea i Andriantompo. [11]Ko miharo asa maiegne amy ty raha tsy vete'e, fie tevatevao. [12]Fa
mahamegnatse ndre ty ho tonogne ty raha atao iareo ndre ty amy ty tane tsy manam-pahatrea agne.[13]Fa naho fa ilovy ty
raha mazava ty raha raike, le hoe ambane maso. [14]Fa ze raha iaby ambane maso le fahazavagne. Ama izao le
magnombara te: "Mifohaza ihe miroro, mitsangàna amy ty fisiagne ty mate, le hamirapiratse amao ty Kristy."[15]Manoa soa
amy ty lalagn-kavelo'o _ tsy hanahake ty tsy mahilala fa ze mahilala. [16]Manoa soa amo mbe ho io fa zao andro zao le
andro raty. [17]A izao, le ko misary gege, fa fohigno te inogne ty zoto ty arofo i Andriantompo.[18]Ko manao mamo ty divae, fa
magnimba ty fagnahio zao. Fie manoa sao ho feno Fagnahy Masigne, [19]mifampirehafa nareo sambe nareo amy ty salamo
naho ty fihiragne le ty hiram-pagnahy, mihirà amy Andriantompo amy ty fo areo vatae. [20]Mahaia misaotse lomognandro
amy ze kila raha, amy ty tahina i Jesosy Kristy Andriantompontika hoan'Andrianagnahare Raentika, [21]magnolora vatagne
aman-kasigne hoe i Kristy.[22]Magnekea ty valiareo nareo ry ene, hanahake ty amy Andriantompo. [23]Fa ty lahy ro ho loha ty
ampela, manahake Kristy loha ty anjomba fivavahagne, le Kristy vatae ro mpandrombake. [24]Hanahake ty fagneke ty
anjomba fivavahagne i Kristy, le ho heneke izay ka ty hagneke ty ampela ty valie amy ze kila raha.[25]Teavo ty vali'areo
lahireo, hanahake ty fitea i Kristy ty anjomba fivavahagne naho nagnolora'e ty fiai'e. [26]Nagnolobatagne hoe ty anjomba
fivavahagne Kristy hahafaha'e magnamasigne aze, niliove'e ama ty rano fisasagne amy ty saontsi'e. [27]Hahafaha'e manoro
ty vatae ho manan-kasigne amae eo, tsy hisy raha raty halangy ty amae fa ho masigne tsy misy ota.[28]Hoe zao avao ka ty
lahilahy ho tea ty valy iareo manahake ty vata'iareo. Ze tea ty valie ho tea ty vatae ka. [29]Tsy mbe nisy nalaigne ty vatae, fa
le mamahagne naho manao ze hisoa izao avao, manahake Kristy mamahagne ty anjomba fivavahagne naho manao ty
hisoa'e avao ka, [30]fa toe rambom-bata'e ntika.[31]Ama ty raha manao hoe izao ty lahilahy le nienga ty rae naho ty rene'e le
hiharo amy ty vali'e, hanjary ho nofotse raike iareo avao iareo." [32]Bey zao raha maregne avony izao _ Fie le ataliliko ty
raha miomba i Kristy naho ty anjomba fivavahagne. [33]Fie, ty tsikiraike ama areo avao ka le fagneva ty ho tea ty vali'e
manahake ty vatae, le ty ampela ka fagneva hihasy ty vali'e.

## 6

[1]Anake, magneke ty rae'areo naho ty rene'areo amy Andriantompo ao, fa toe izay ty ie. [2]"Mihasia ty rào naho ty
reneo." (Izao ty lily voaloha'e misy ty tamagne), [3]"Hahatrea soa naho hilaly lavenoke ambone ty tane toy rehe."[4]Inareo rae,
ko ndesegne amy ty heloke ty ana'areo. Fa ndeso amy ty sata naho ty fagnanara i Andriantompo Reke.[5]Nareo mpitorogne
ndaty, magneke ty hasy naha matahora ty ragnandria'areo an-tany eto, amy ty hamoram-po areo. [6]Magneke aze
manahake ty fagnekea areo i Kristy. [7]Magneke aze avao ndre tsy miatreke ty ragnandria areo hampalio fo iareo. Fie
mandako zay ty fagnekeagne hanahake ty mpitorogne i Kristy, manao ze lio fon'Agnahare amy ty fo areo vatae. Mitorogna
amy ty fo areo vatae, ampanahafo ty mitorogne Andriantompo nareo fa tsy ndaty, [8]fa toe fointika fa ndre inon-dre inogne
asa soa atao ty ndaty raike, le handra valen-kasoa boake amy Andriantompo reke, ndre ndevo reke ndre ndaty afake.
[9]Inareo tompoegne, manahafa ty raha atao ty mpitoro areo ka nareo. Ko mampatahotse iareo. Hai'areo fa Reke avao ro
Ragnandriaareo naho Ragnandria iareo an-danitse agne, tsy misy ndaty hafa Amae ao.[10]Ty farae, mahereza amy
Andriantompo naho ty amy ty tanja ty heri'e. [11]Misikigna reketse ty fihalian'Agnahare iabike, hahafahao hiatreke hialy
amy ty vetsevetse ty kokolampogne.[12]Fa ty alintika tsy mialy ama nofotse naho aman-dio. Fa hialy amy ty fanjakagne naho
ty fahefagne ara pagnahy naho mpandily ty iegne raty, hialy ama ty fagnahy raty an-danitse agne. [13]A izao le misikina
reketse ty kobaen'Agnahare, hahafaha areo miatreke ty zao andro raty zao, le naho fa vita areo zao raha iabike zao, le
hatohetse nareo.[14]A izao lefa hatrefo, naho fa natao areo ambaniagne eo ty maregne naho natao areo aragnagne amy ty
raha mahitsy. [15]Le hanahake ty hana ho'e ty tombo areo, le fantsiho agnate ty loha ty fahavonognagne hitalily ty
saontsisoa ty filongoagne.[16] Ze fonga raha le alao ho kobaen-ty finoagne, hahafaha'areo mialy amo ze anaka lily
mandrehetse ty afo ty raty.[17]Alao ty fandrombahagne hiaro loha naho ho arara ty Fagnahy, ze saontsin'Agnahare. Ama ze
vavake naho ze raha angatahegne, le angataho amam-Pagnahy isan'andro. [18]Amo zao raha vetsevetsegne zao le mahareta
amy ze kila raha, naho fa magnomey vavake ho'e iareo ndaty masin'Agnahare.[19]Le mivavaha ho ahy, hahazoako hafatse
naho fa manokake ty vavako raho. Mivavaha havaniako hampahafoigne ty raha maregne mietake miomba ty talily soa.
[20]Ama ty talily soa toy ro nagnirahagne ahy ho voafatotse am-pigadragne ato, havaniako mitalily izao, naho toe hirehake
vatae raho.[21]Tykiko, i lahisoa naho mpitorogne mahatoky ama i Andriantompo ao, ro hampafantatse anareo ze raha
iabike, hahafohigna areo ty hataoko. [22]Niraheko ho ama areo reke handefe izao, hahafohigna areo ze raha miomba anay,
naho ahafahae mampahery ty fo areo.[23]Fiadanagne naho fitea reketse ty finoagne boake amin'Agnahare Rae naho ty
Andriantompo Jesosy Kristy hoama'areo rahalahy. [24]Ho hasoa ty hoazo ty ndaty tea i Jesosy Kristy Andriantompontika
aman-katea tsy maty le tsy hotampetampetse.

# Philippians

1 [1]Paoly naho Timoty, mpanompo i Jesosy Kristy, hoe ze voatokagne ho ei Jesosy Kristy e Filipy agne, mindre ama iareo
mpandily naho ioareo diakona. [2]Ho amareo ty fahasoavagne naho ty fiadanagne avy aman' Andrianagnahare Raen-
tika naho Jesosy Kristy Tompo.[3]Misaotse an' Andrianagnahare raho ama ty fahatiahivako anareo.[4] Ama ty fivavahako ho
anareo ao iaby, le ama ty hafaleagne avao ro hanoako ty fivavahako.[5] Magnomey fisaoragne raho ama ty fiharoa areo
ama ty talily soa namototse tama ty andro voaloha'e le hatra amizao.[6] Matoky zo raha zao raho, fa i Reke ro namototse asa

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

soa tama areo le mbe hanohy hilefesa izay hatra ama ty andro i Jesosy Kristy.[7]Fa soa amako ty hafantatse ty manahake
izao ama ty mahakasike anareo iaby satria am-poko ato nareo. Inareo iaby le mpiara-miasa amako tama ty fahasoavagne
le tama ty figadrako naho le tama ty fiarovako ndra ie ka tama ty fagnamafisagne ty talily soa. [8]Fa Andrianagnahare ty
voanolombeloko, fa manigne anareo loatse raho ama ty famindram-po i Kristy Jesosy.[9]A izaho le mivavake manao izao:
mba hitombo hantragne ty fitiava areo ama ty hilala naho ty fahan-tsaigne aby.[10] A le mivavake ho anareo soa raho mba
hagnorike izay nareo naho le fanjaka, mba tsy horem-po naho tsy manan-tahigne ama ty andro i Kristy.[11] Mivavake raho
mba ho feno ty voka ty fahamarignagne boake ama i Jesosy Kristy nareo, le ho voninahitse naho dera an'
Andrianagnahare.[12]Ara le teako ho fohy areo, ry roahalahy, fa ze hene raha nisy amako le niasa ho ama ty
fampandrosoagne ty Fitalilian-tsoa vata'e.[13] Ty voka izay, le ty fikokoako ama i Kristy naho le niboake soa magneragne
iareo mpiamben-dapa aby naho ty ondaty hafa.[14] Ty ankamaroa ze roahalahy le managne toky vata'e ama i Tompo ao
naho ty nifehea'e, ara le hahavany magnombara ty aman-tahotse ty reha iareo.[15]Ty ila'e aza le magnombara i Kristy ama
ty fialognagne naho ty fifandieragne vata'e, ara ze ila'e ka naho ze zoto'e.[16] ty fra'e toa, le manao aze am-pitiavagne,
mahafantatse fa mipetrake agnivo ty talily soa raho. [17]Fa ty amboaloha'e le mitalily i Kristy ama ty fitiavan-tegna, fa tsy
soa fagnahy. Mienoke iareo fa hitrobo ahy naho mbe ama ty fifeheako ao raho.[18]Inogne zao? ama ze kila fomba aby, na
piso magnaja hoho na amam-pahamarignagne, Kristy ro tregnegne, ara le ho fale amizay raho. Eka, ho fale raho,[19] fa
fantako fa izay ty fara'e ama ty namotsoragne ahy ama ty lala vavakeo ama iareo naho ty tovo ty Fagnahy i Jesosy Kristy.
[20]Le izao arake ty fandignisako mafe naho ty antoke fa izaho le tsy ho megnatse vata'e, ara le mbe ama ty fahavaniagne
avao aby, ty anito manahake ty haehae, le banabaegne ampiaiko ato ty Kristy, na ama ty fiaignagne na ama ty havialsy.[21]
Naho amako ty atao ty hoe miagne le Kristy ara ty mate le ty ambone'e.[22]Fa naho miaigne ama ty onofotse raho, le
manjare asa tomombagne ho ahy zay. Fe ie inogneo ty ho jibogneko?[23] Tsy fantako. Fa tinere mafe am-pagnivoa iareo roe
Raho. Ty irieko le hiavotse ara le hagnorike i Kristy, naho fanjaka lavitse,[24] fe ie ze mitoetse agnofo'e ao le paiagne
mandako anareo.[25]Reketse an-dahatse ama izay, le fantaka fa hitoetse naho hanohy mindre ama areo aby raho, ho ama ty
fazotoa areo naho ty fifaleagne ama ty finoagne ao.[26] Mba ho amako le hisy fototse hieboaboagne ama i Kristy Jesosy ao
nareo naho fa mibalike ama areo ao ndraike raho.[27] Mindesa vatagne ama ty fomba magneva ty fitaliliantsoa i Kristy, fe ie
naho hoavy hitilike anareo raho ndre ie tsy eo, le afake hitsanogne ty miomba anareo, ama ty saigne raike mindre milofo
ho ei ty finoagne ty talily soa.[28]A le ko mete verevere iaraeo rahamba. Famantara ty faharava iareo zay,fe ie famantaragne
ty famonjeagne areo ka, ara le boabe aman' Andrianagnahare zay.[29] Fa nimei'e anareo zay, ho ei Kristy, Tsy ty mba
hinoagne aze avao, fa hojale ho Aze ka,[30] fa nareo le managne aly manahake ty nitrea araeo amako, naho ze amako anito.

## 2

[1]Naho misy fampaherezagne am'i Kristy ao, naho misy fampiononagne boak'ami'ty fiteavae, le naho misy fiharoagne
ami'ty fagnahy, naho misy famindram-po bey naho fiferegnesagne,[2] le ano feno ty hafaleako ami'ty fisaignagne hoe izay,
ami'ty fanagnagne fiteavagne mitovy, ami'ty fiharoagne am-pagnahe, naho ty fanagnagne tanjogne mitovy.[3]Ko manao
raha ndra inogne ndra inogne ami'ty fiteavan-tegna na fagnambonean-tegna avao. Fa ami'ty fagnisoham-batagne le
magnentea ty hafa mihoatse ty natao'areo.[4] Tokoe tsy hipay ty mahasoa ty vata'areo avao nareo kindraindraike, fa ty
mahasoa ty ilae ka.[5]Mandineha manahake ty fisaignagne am'i Kristy Jesosy ao avao ka. [6]Fa nisy arake ty
fagnovan'Andrianagnahare Reke, fa ie tsy nihevetse i fitoviagne aman'Andrianagnahare zay ho raha ho tanagne Reke. [7]Ty
mifanohitse am'izay, nifoagnae ty vatae. Nangalake ty fagnova ty ndevo Reke. Le niboake manahake ty olombelogne Reke.
Le trea manahake ty olombelogne Reke.[8] Nagnetre ty vatae Reke le niavy nanjare mpagnomey hato ndra ty havilasy, le ty
fate an-kazo najale![9]ho izay le nasandran'Andrianagnahare ambone ty ambone ka Reke. Nameae ty agnaragne ambone ze
fa agnaragne Reke. [10]Nata'e zay mba ho ami'ty tahina i Jesosy ro handohalefa ze kila ongotse, ty ongo'iareo ze andagnitse
agny naho an-tane etoy naho ty ambane tane agne. [11]Natao zay hagnekea ze lela iaby fa i Jesosy Kristy ty Andriatompo, ho
volonahen'Andrianagnahare Rae.[12]Naho izay, ry longo, manahake ty eke'areo avao hatram-parae, tsy a'masoko eo avao fa
mihoatse lavitse henane zao aza naho fa tsy eo raho, le aboaho ami'ty tahotse naho ty titike ty famonjeagne anareo.
[13]Satria ty Andrianagnahare ro miasa ama'areo ao mba ho vonon-kanao naho hiasa ami'ty hafalea'e nareo.[14]Ano'o tsy
amin-toreo naho ty fandietse ze kila raha. [15]Manoa hoe zay le hoan'Andrianagnahare tsy misy tahigne ro marigne, tsy
misy handrae nareo. Miasà manahak'izay mba hamirapirata'areo manahake ami'ty fahazavagne ami'ty tane toy, agnivo
ty tario o be hakeo'o naho mitangingigne'o. [16]Mitana mafe ami'i talily ty havelogne'y mba hanagnako antoe hibebahako
ami'ty andro i Kristy. Amizay le ho 'oniko fa tsy fahatane ty nilaisako naho tsy montso ka ty niasàko.[17]Fa ndra te ie hajojo
fagnatetse ami'ty sorogne naho ty fanompoam-pinoagne raho, le halio, ty arofoko, ro miara mifale ama'areo iaby raho.
[18]Le hoe izay ka ty hifalea'areo, le hiara hifale amako nareo.[19]Fa mitamà am'i Tompo Jesosy Tompo ao raho fa halefae
malaky ama'areo agne ty Timoty, le hahere avao ka raho naho fa fantako ty raha mikasik'anareo. [20]Fa tsy managne ndaty
hafa mitovy toe-tsaigne amae raho, ty tena marikarike ty ama'areo. [21]Fa iareo iaby sambe mimpay ty tombontsoa'e, fa tsy
ty raha'i Jesosy Kristy.[22]Fa hai'areo ty fahamendrehae, satria mitovy ami'ty ajaja miasy ty roae'e, ro nanompoae nindre
tamako tami'ty talilisoa. [23]Le mitamà ty handefa aze raho naho fa treako te manao akore ty fandehan-draha amako ato.
[24]Fa matoky i Andriatompo raho fa ho ave agne tsy ho ela ka.[25]Fa mametsevetse raho fe ie ilaegne avao ka ty
mampiheregne i Epafrodito ama'areo agny. Rahalahiko reke naho mpiara-miasa ro miharo-aly amako, ro mbe minday ty
hafa'areo reke ro mpanompo ami'ty raha ilaeko. [26]Fa tran-kasahiragne mafe reke, le manigne ty hindre ama'areo aby,
satria rey'areo te narare reke.[27] Fa narare vatae reke le fa ho nimate. Fa niferenaigne aze ty Andrianagnahare, fe ie tsy

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

tama'e avao fa tamako ka, mba tsy hanagnako alahelo ambone ty alahelo.[28]Le ami'ty risike jabajaba ro handefasako aze,
le naho fa hahatrea aze ndraike nareo le mba hifale le ho afake vatae ami'ty fitaintaignako raho. [29]Rambeso am'i Tompo
Epafrodito mindre ami'ty hafaleagne aby. Hajao ty ndaty manahak'aze. [30]Fa ho ami'ty asa'i Kristy ro niharineae ty
havilasy. Fa nanao tsy ho inogne ty arofoe reke hanompoagne ahike mba hahalefesae ze tsy afake natao'areo tami'ty
fanompo'areo.

3 [1]Farae, ry rahalahy, mifalea amy Andriantompo ao. Tsy manahiragne ahike ty magneregne manoratse i raha rey
hoanareo. Hiambegne anareo i raha rey.[2] Mitaoa amy o amboa reo. Mitaoa amy mpanao raty reo. Mitaoa amy
fanapaham-batagne eo.[3] Fa tika ro voasavatse. Le tika ty manompo amy ty fagnahin'Andrianagnahare. Le tika ro
mirebeke amy i Kristy Jesosy ao, naho tsy mitoky amy ty nofotse.[4]Ndre zay aza, raho am-batako le afake mitoky amy ty
nofotse. Naho misy ndaty manao ty vatae te managne fitokisagne amy ty nofo'e, afake manao ambone izay raho.[5]
Nasavatse tamy ty andro fahavalo raho, terake tagnaty vahoa i Israely ao, tamy ty foko Benjamina, Hebreo tamy Hebreo
ireo raho, arake ty lily, le Fariseho raho.[6]Tamy ty lio fo, le nagnejeke ty fiangonagne raho; naho amy ty fahamarenagne
ambane lily, le tsy manan-kakeo raho.[7] Fa ndre ino ndre ino tomboe hoahy, le rambeseko ho fateantoke noho ty am'i
Kristy.[8]Naho ty tena ie, nisaheko ho fate antoke aby ze raha aby amy ty hilala am'i Jesosy Kristy Andriantompoko ao. Noho
i Reke le nariako aby ze kila raha. Atako ho fako aby rey, mba hazahoako i Kristy, [9]le hotrea Amae ao raho. Tsy managne
hato hoe ty vatako boak'amy ty lily raho. Fa ie, managne ty hato boake amy ty finoagne i Jesosy Kristy raho. Hato boake
amy Andrianagnahare mifototse amy ty finoagne.[10] Henaneo le te hahay Aze, naho ty here ty fitsanganae tamy mate naho
ty fiharoagne amy fijaleae rey raho. Te hiova amy ty alala i Kristy raho mba hanahafako ty nivilasiae,[11] soa te hahatsapako
ty nitsanganae amy mate.[12]Tsy maregne te fa nandrae o raha reo zao raho, naho te hoe tsy managne handra raho. Fa ie
miezake raho mba hangalake i nangala i Kristy Jesosy ahike.[13] Ry rahalahy, tsy mirehake raho te fa nangalake zay ty
tegnako. Fa misy raha raike: Halignoeko ty afarako agne le miezake hoe ty ho aloha agne raho. [14]Miezake magnatratse
tanjogne raho mba hahazoako ty antso boake ambone agne boake amin'Andrianagnahare amy i Kristy Jesosy ao.[15]Tika
aby ze matoe, ao tikagne hametsevetse manahake izay; le naho misy vetsevetse areo mikasiky ty raha aby, le
haboan'Andrianagnahare ama areo avao ka zay.[16] Fa ie, ndra inogne ndra inogne fa trantika, le ao tika hifagnohogne
amizay.[17]Manahafa ahike, nareo ry kiahe. Dineho soa iareo ze mandeha ohatse arake ty trea areo amay eo. [18]Tsiefa ty agne
ty ze fa norehafeko ama areo avao, le henanezao raho mirehake ama areo amy ty tagny, manahaky ty fahavalo ty hazo
najale i Kristy.[19] Fandrebahagne ty hiafara iareo. Ty troe ty zagnahare'e, le ty habohaboha iareo amy ty hamegnarae.
Mametsevetse ty raha amy ty tane toy iareo.[20]Fa andagnitse agne ty fanjakantika, le ty handignisantika Mpagnavotse avao
ka, le i Andriantompo Jesosy Kristy.[21] Reke ty hagnova ty vatantika ze maleme mba ho vatagne manahake ty vatae feno
volonahetse, i natao tamy ty hery ty fahefae mba hampagneke ty raha aby amy ty tegnae.

4

[1]Naho izay,ry rahalahe mameko mahamanigne ahy, fifaleako naho satro-boninahiko, amy zay le mioregna soa am'i
Andriantompo, ry ragnetse mameko. [2]Miangave i Eodia raho, naho le miangave i Syntyke, miharoa saigne am'i
Andriantompo ao. [3]Naho, mangatatke ama'o ka raho, ry ragneko mpiharo jioga: Ampeo ampela reo. Satria niarake niasa
tamako iareo tamy ty fitaliliagne i talilisoa'ay nindre tam'i Klementa naho iareo longo ilae mpiara-miasa amako iaby, fa
amy ty Boky ty Fiainagn ty agnara'iareo.[4]Mifalea avao am'i Andriantompo ao. Le hoe ndraike raho, mifalea. [5]Le engao ho
fata'o ndaty iaby ty hamoram-po'areo. Fa marine ty Andriatompo. [6]Ko matahotse ndre amy ty ino ndre amy ty ino. Fe ie,
amy ty raha iaby amy ty alala'ty vavake naho ty fangatahagne, miarake amy ty fisaoragne, engao ty fangataha'areo ho
fantan'Andrianagnahare. [7]Naho ty fiadanan'Andrianagnahare, mihoatse ty hilala iaby, hagnaro ty fo'areo naho ty
vetsevetse'areo iaby am'i Kristy Jesosy ao.[8]Fara'e, ry rahalahe, ndre ino ndre ino maregne, ndre ino ndre ino managne
haja, ndre ino ndre ino ara-drare'e, ndre ino ndre ino malio, ndre ino ndre ino mampalio fo, ndre ino ndre ino natao te
soa, naho misy ndre ino ndre ino soa vata'e, naho misy ndre ino ndre ino toko'e ho deraigne, le mandineha amy raha rey.
[9]I raha nianara'areo rey naho nirambese'areo naho nire areo naho nitrea areo tamako, le anoo ze raha zay, naho le ty
Andrianagnahare ty fiadanagne hiarake ama areo.[10]Mirebeke amy Andriatompo ao raho satria novà areo avao ty anito ty
fivetsevetsea'areo ahy. Fa nanao ahike vata'e nareo taloha teo, te tsy misy fahafahagne hagnampe nareo. [11]Tsy mirehake
izay raho satria mbe agnate ty tsy fahampeagne. Fa nianatse ty hifale amy ze toe-draha-miseho iaby raho. [12]Fantako ty hoe
rarake le fantako ka ty hoe mpagnarivo. Amy ze fomba iaby naho amy ze raha iaby le nianatse ty tsiambaratelo ty
fihinanam-be naho ty hakerè raho, naho ty hoe mpagnarivo naho ty hoe agnate ty tsy fahampeagne ao. [13]Afake manao ze
kila raha raho amy I mpankahere ahikey.[14]Fa ie, nanao ty soa tamako nareo tamy ty fijaleako. [15]Le nareo Filipianina ro
maharendreke te tamy ty fanomboha ty talily soa, naho fa naienga i Makedonia raho, le tsy nisy fiangonagne
nanohagn'ahy naho amy ty mahakasike ty fagnomezagne naho ty fandraisagne ankoatsy iareo avao. [16]Ndre tamy raho ta
Tesalonika aza, le nandefa fagnampeagne hoe ze nilaeko mihoatse ty indraike avao nareo. [17]Tsy hoe mipay fagnomezagne
raho. Fa ie, mipay ty vokatse ze mampiakatse ty voninahy areo raho.[18]Nandrae raha iaby reo raho, le managne tsiefa. Fa
feno raho. Voarambeko tamy i Epafrodito ty raha boake ama areo. O raha reo le hagnetse magnim-pofogne, fagnatetse
azo ekegne naho sitran'Andrianagnahare. [19]Le i Andrianagnahareko hameno ze paia areo iaby arake ty vara ty volonahi'e
am'i Kristy Jesosy ao. [20]Loneke ho an'Andrianagnahare sady Raintika ty volonahitse mandrakizay doria. Amena.
[21]Magnombara hoe ty mpino iaby am'i Kristy Jesosy ao. O rahalahe ze miarake amako reo le magnombara anareo. [22]Iareo

mpino ze eto aby le magnombara anareo, loho tsy ie iareo boake amy ty longo i Kaisara. [23]Lonike ty fitahia i Tompo Jesosy
Kristy ho amy ty fagnahi'areo. [Fagnamarihagne: Misy ty fandikagne ila'e magnampe hoe: "Amena."]

# Colossians

## 1

[1]Paoly, apostoly i Kristy Jesosy ami ty alala ty zoto ty arofon'Andrianagnahare, le i Timoty rahalahintika, [2]hoe ze mpino
naho iareo rahalahie mahatoky amy Kristy ao an-Kolosia agne. Ho ama areo anio ty hasoa, naho ty fiadanagne boake
amin'Andrianagnahare Raentika. [Fanamaregnagne ambane ty peje: misy dikan-drehake ilae magnampe ty hoe: "Le i
Tompo Jesosy Kristy"]. [3]Magnomey fisaoragne an'Andrianagnahare tika, i Rae ty Tompontika Jesosy Kristy, le mivavake
hatramparae ho anareo zahay.[4]Fa rey ay ty finoa'areo i Kristy Jesosy naho ty fitiavagne ze anana areo hoe ze kila raha
natokagne hoan'Andrianagnahare. [5]Managne i fiteavagne zay nareo noho ty fampiitamàgne azo antoke natokagne ho
anareo an'dangitse agne. Rey areo ty mahakasike fampitamagne azo antoke taloha ty rehake fahamaregnagne, ty
fagnombara soa, [6]niavy ama areo. Ty talilisoa toy le minday vokatse naho mitombo maneragne ty tane toy. Izao lefa
nanao zay tamao ka nanomboke tamy ty andro nahareizao aze le nianarao ty mahakasike ty fitahiantsoa boake
amin'Andrianagnahare amy ty maregne.[7]Intoy ty talilisoa mifagnorike ty nianara areo tamy Epafra, i mpindre-magnompo
longo mamin-tika'ay, ze mpanompo mahatoky i Kristy amy ty anarantika. [Fanamarenange ambane ty peje: misy dika ty
rehake ilae mirehake te: "Amy ty agnara areo"] [8]Nampahafantare i Epafra anay ty fitea'areo ty Fagnahy.[9]Noho o
fiteavagneo, hatramy ty andro nahareiza'ay zay le tsy nijanogne nivavake ho anareo zahay. Nangatake zahay mba ho feno
fahalalagne ty zotompoe amy ty fahendregne iabike naho ty hilala ara-pagnahy nareo. [10]Nivavake zahay mba handeha
am-pahendregne nareo amy Tompo ao amy ty fomba tean'Andrianagnahare. Nivavake zahay mba hahatoly ty asa soa
iabike nareo le mba hitombo fahafantaragne an'Andrianagnahare.[11]Mivavake zahay mba hanagne hery amy ty fahaiagne
ze kila raha magnaraka ty hery ty voninahetse amy ty fiaretagne naho ty faharetagne. [12]Mivavake zahay mba hagomey
fisaoragne i Raentika ampifaleagne anareo, i nohahaha areo hanagne ty anjarae amy ty lova iareo mpino amy ty raha
mazava [Fanamaregnagne ambane peje: misy fagnazavan-drehake ilae vakiegne te: "Zay nahafahantika nanagne
anjara"].[13]Nagnavotse antika tamy ty fagnampaha ty maieke le nasintae ntika ho amy ty fanjakà ty Anae lahy teae Reke.
[14]Amy ty Anae lahy ro ahazoantika ty fagnavotagne, fagnahagne ty hakeo. [Fanamaregnagne ambane ty peje: misy
fagnazavan-drehake ilae vakiegne ty hoe: "Amy ty Anae ro ahazoantika ty fagnavotagne amy ty alala ty lio'e, le ty
fagnahagne ty hakeo."][15]Ty Anake lahy le ty fagnovan'Andrianagnahare tsy trea maso. Reke i terake voalohae tamy ty
fanamboaragney. [16]Tamy ty fisiae ro nagnamboaragne ty kila raha, ndre ty an-dagnitse agne naho ze ambone ty tane toy,
ze raha trea maso naho ty tsy trea. Ndre ty seza fiandrianagne, na ty fanampahagne, naa ty fitondram-panjakagne, ndre
iareo manam-pahefagne, ze kila raha le namboaregne amy ty alalae naho ho Aze. [17]Reke ty aloha ze kila raha, le amae ao
ro hahareta ty raha iaby.[18]Reke ro loha ty vatagne, naho ty fiangonagne. Reke ro fiandohagne naho ty nasamake voalohae
agnivo ty mate, ie ro nanagne toeragne voalohae tagnivo ty raha iaby. [19]Satria zoton'Andrianagnahare ty tokoe hivelogne
ty kila hasoa amae ao, [20]hampiraike amy ty alala i Anae lahilahy amy ze kila raha ambatae. Andrianagnahare nitraoke
tamy ty alala ty lioe i hazo najale ey. Andrianagnahare ro nampitraoke ze kila raha tamy ty vata'e, naho ty kila raha
ambone tagne etoy, naho ty kila raha an-dagnitse agne.[21]Tamy ty fotoagne raike, nareo ka, le vahiny
taman'Andrianagnahare le fahavaloe t'antsaie ao naho tamy ze asa ratie. [22]Fa hinane zao reke ro nampitraoke iareo tamy
ty vatae aby tamy ty alala ty havilasiagne. Natae zay mba hanoae anareo ho masigne, tsy hanantahigne alohae eo, le
nagnafa-baraka aze amy ty fagnofokofohagne, [23]naho tohiza areo amy ty finoagne, mitsatoke le mafe oregne, le ko
miriragne amy ty fagnatenagne mahatoky ty talilisoa ze rey areo. Intoy ty talilisoa nambara tamy ze kila ndaty
namboaregne ambane lagnitse. Toy ty fagnombara soa, ze nahavy ahy, Paoly ho mpagnompo.[24]Henane zao raho le fale
amy ty fijaleako ho anareo, le raho nameno ty vatako ze tsy niampy amy ty fijalea i Kristy amy ty vatae, le ty
Fiangonagne. [25]Noho ty fiangonagne ro nahavy ahy mpagnompo, arake ty fiantohagne boake amin'Andrianagnahare
nameae ahy ho anareo, mba hahalefe ty saontsin'Andrianagnahare. [26]Io ty maregne miafigne izay navony nandrietse ty
taogne maro sy hoe'i ty tarira. Hinane zao le fa niheho tamy iareo mino aze zay. [27]Tamy iareo ty nitean'Andrianagnahare
nampahafantaregne ty habey ty voninahetse ty fahamaregnagne mietake agnivo ty Jentilisa toy. Izao le Kristy ro amao ao,
i toke ty voninahetse ho avy.[28]Le reke ty notalilie'ay. Nagnanatse ty ndaty iaby zahay, le nampianatse ty ndat iaby tamy ty
fahendregne aby, mba hagnolorantika ty nday iaby hivory ao amy i Kristy. [29]Noho zay le miasa mafe raho naho miezake
arake ty tanja ze miasa amako ato amy ty hery.

## 2

[1]Teako hofanta areo ty habe ty aly nataoko ho anareo, hoe iareo a Laodikia agne, hoe iareo maro mbe tsy nahita ty
tareheko amy ty nofotse.[2] Miasa raho mba hampahery ty fo iareo amy ty fampitraofagne iareo mindre amy ty fiteavagne
naho ze kila hareagne amy ty fahalalagne atokisagne, ho amy ty fahaizagne ty fahamarinan'Andriagnahare, i Kristy zay.
[3]Amy ty fanagna ty fahendreagne ao naho ze kila hilala mietake.[4]Mitalily zay raho mba tsy hisy hitory zaka handrese
lahatse anareo. [5]Ndra ie tsy mindre ama'areo amy nofotse ao aza raho, le mindre ama'areo amy Fagnahy ao. Malio fo raho
mahatrea ty filamina'areo soa naho ty tanja ty finoa'areo i Kristy.[6]Naho mandrae i Kristy Tompo nareo, le mandehana
ama'e ao. [7]Mifotora ama'e soa, mioregna ama'e ao, mioregna amy ty finoagne ao fa nampianaregne anareo zay, le

magnomea fisaoragne avao.[8]Miambena mba tsy ho mete ondaty hosamboregne amy ty alala ty filozofia ndra ty fitake
ata'ondaty, ie magnorike ty raha atao ze kila tane, fa tsy arake i Kristy. [9]Fa ama'e ao te miambesatse ty hasoa ty
vatan'Andriagnanahare aby.[10]Feno ama'e ao nareo. Ie ty loha ty hery naho ze kila fahefagne. [11]Tama'e ao avao ka nareo te
nasavatse, savatse tsy manahake ty natao ty ndaty amy ty fanampahagne ty nofotse amy ty vatagne, fa tama ty fanavara i
Kristy. [12]Nindre nalevegne tama'e amy ty batisa nareo, le tama'e tao ka ro nanaganagne anareo tama ty alala ty finoagne
maherin'Andiagnanahre, ie nampijangagne aze tama iareo ze mate.[13]Tamy nareo mate ama o hakeo reo naho ty tsy
fahavita ty nofo'areo savatse, ie ro namelogne anareo nindre tama'e naho namela antika amy ty hakeo aby.
[Fagnamarenagne: misy dikan-drehake taloha manao te hoe: "le namotsotse ty hakeotika aby."] [14]Nifora'e ty taratasy ty
trosam-pahafahagne naho ty lily nifanipake amantika. Nafaha'e abike zay raha zay abike , nifatsihe'e amy ty hazonajale
eo. [15]Nala'e o hery reo naho o fahefagne reo, nampiboake ka reke, le i reke nanmpiboa-draha a maso'ondaty maro eo
am'iareo, nadrese nadilatse am'iareo tamy ty hazonajale.[16]Le, ko apoke hisy hitsara anareo ndre amy ty fihinanagne ndre
amy ty finoagne, ndre amy ty andro fete ndre amy ty volagne vaovao, ndre amy ty andro sabata. [17]Izao ty alokalo ze raha
hoavy, fa ty tena ie le i Kristy.[18]Ko angagne hisy ndra ia ndra ia mipalia ty fiambanean-tegna naho ty fiantsa ty anjely
hitsara anareo le tsy hahazoa'areo ty loka areo. Ty ndaty manahake zay le miditse amy ty raha hita'e le manjare
mibohaboha amy ty fisaigna ty nofo'e. [19]Tsy mitagne loha'e reke, zay le avy amy ty loha'e ie namean'Andriagnanahare ty
vatagne iaby amy ty tsempa-taola'e iaby naho ty oza'e magnomey le manjitse iareo aby, le mitombo zay mindre amy ty
fampitomboagne nomein'Andriagnanahare.[20]Naho nindre mate am'i Kristy nareo tama ty sare ty tane toy, nagninogne eo
nareo'o miaigne hoe ndaty voaporetse amy ty tane toy io: [21]"Ko miviombiogne, ko magnandragne, ko midosy? [22]Ze kila
raha iaby zao le hoe ty fahalovagne, ty toro lalagne naho ty fanoroagne ndaty. [23]O lily reo abike le managne ty fahendrea'e
ty fomba fivavahagne, ty fiambaneagne ty natao'e ambata'e le fanosoragne ty vata'e. Fa nareo le tsy misy dika'e amy
tyfanoheragne o fandeferagneo amy ty fila ty nofotse.

## 3

[1]Fa naho Andrianagnahare ty nanangagne anareo niarake tama'i Kristy, paiavo ty raha ambone agne, ty ipetraha'i Kristy
an-tanan-kavana'Andrianagnahare. [2] Vetsevetseo ty raha ambone agne, fa tsy ty raha ambone tane etoy. [3]Fa fa mate nareo,
le ty fiaigna'areo mihaja mindre ami'i Kristy aman'Andrianagnahare eo. [4]Naho fa miboake ty Kristy,ty fiaigna'areo, le
inareo ka hiarake hiboake amae ao amim-bonenahetse. [Fagnamarihagne ambane takelake:Ty dika-ty teny taloha ilae te
hoeke: "Naho fa miboake ty Kristy, ty fiaigna'areo, le inareo avao ka ty hiarake hiboake amim-boninahitse.][5]Vono, boak'eo,
iarey mpikambagne ambone tane eto-ty filan-draty, falotoagne, fireheta'ty filagne, fagniriagne raty, le ty hamahafagne,
fanompoan-tsampy o iabik'eo. [6]Boak'am'o raha iabik'eo ty hahavy ty habosehan'Andrianagnahare am'iareo ana'ty tarira o
mpandietse'o. [Fagnamarihagne ambane'o takelak'eo: Ty dikan-drehake taloha ilaea manao te hoeke: "Boak'am'o raha
iabik'eo ty hahavy ty habosehan'Andrianagnahare."] [7]T'ama'o raha iaby nandehana'areo taloha avao ka naho fa mbe
niaigne t'agnatee'ao nareo.[8] Fa hananeke zao nareo le tsy maintsy magnenga o raha iabike'o - fahabosehagne, heloke, ty
fagnirian-draty, ty fitebatebahagne, naho rehake fahavetavetagne avy ami'ty vava'areo.[9]Ko mifandagnitse, fa fa naria'areo
ty fagnahe taloha miarake am'o fampiharagne zao, [10]le nanoa'areo ty fagnahe vaovao nihavaozegne agnate ty fahalalagne
manahake ty namorognagn'aze. [11]Tsy misy Grika naho Jiosy ty agnate'izay, voatampake naho tsy voatampake, barbariana,
Skytiana, andevo, ndaty hafa, fa i Kristy ro raha iaby, naho agnate ty raha iaby.[12]Naho, miakanjoa, manahake ty maha-
ndaty-voafilin'Andrianagnahare, masigne naho mahilala, famindram-po , hasoa-fagnahe, fiambaneagne, fahatsoram-
pagnahe, naho faharetagne.[13] Mifampindesa soa. Mifanahà nareo. Naho misy ndaty raike managne fitaraignagne
mahakasike ty ndaty hafa, magnahà manahake ty nagnahà i Tompo anareo.[14] Ambone o raha iabik'eo, managna
fiteavagne, ty mamatots'antika ami'ty fahatanterahagne.[15]Lonike ty fiadagna'i Kristy mba hanampake agnate fo'areo ao.
Fa ho ey'zay fiadagnagne zay ro nitokavagne anareo ho vatagne raike. Le misaora. [16]Lonike mba hijanogne agnate'areo ao
tsiefa ty saontsy'i Kristy. Ami'ty fahendreagne iabike, mifagnanara naho mifanoroa am'o salamo'o naho fihiragne naho
hira ara-pagnahe. Mihirà ami'ty fisaoragne am-po 'areo ao hoan'Andrianagnahare. [17]Ndra inogne ndra inogne atao'areo,
na ami'ty rehake na ami'ty asa, anovo ami'ty agnara'Nagnahare.[18]Nareo ampela, matsanogna ty vali'areo, fa izay ro mete
ama'Nagnahare.[19] Nareo lahilahy, teavo ty vali'areo, le ko masieke am'iareo. [20]Nareo anake, mankatoava ty rae aman-
drene'areo ami'ty raha iabike, fa izay ty ankasitrahagne am'i Tompo ao. [21]Nareo rae, ko manao ty raha mampalahelo o
ana'areo'o, mba tsy ho kivy iareo.[22]Nareo andevo, mankatoava ty tompo'areo magnarake ty nofotse ami'ty raha iaby, tsy
ami'ty asa amaso'ondaty manahake ty ndaty mipay hasoa, fa ami'ty liofo. Matahora i Tompo. [23]Ndra inogne ndra inogne
atao'areo, miasà boak'ami'ty fagnahe'areo hoe ty ho ey'i Tompo fa tsy ho an'ondaty. [24]Fanta'oreo fa handrae ty valesoa ty
lova boak'am'i Tompo nareo. Ireke ro Tompo Kristy tompoe'areo. [25]Fa ze manao ty tsy fahamarinagne le handrae ty enga
voigne ho ey ty tsy fahamarinagne nataoe, naho tsy misy fagnavaham-bolo.

## 4

[1]O Aba Ragnandria, omeo iareo ndevo ze maregne naho ty rare'e. Hay areo fa inareo avao ka ty managne Tompo raike an-
dagnitse agne.[2]Miareta lomogn'andro amy ty fivavahagne. Ambeno zay amy ty fagnomeagne fisaoragne. [3]Mindreza
mivavake ho anay avao ka, mba hanokafan'Andriagnahare ty lalagne hoe ty rehake, mba hitaliliagne ty fahamarenagne
mietake am'i Kristy. Naho ty am'izay, le voafehe raho. [4]Mivavaha mba hahaiako magnazava zay, naho toko'e hirehake
raho.[5]Mandehana amy ty fahendreagne am'iareo ze ivela'e agne, le hararaoto ty fotoagne. Ao soa ty reha areo tsy hisarake

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

amy ty fahasoavagne.[6] Le ao iareo io ho vonton-tsira, mba hahafantaragne ty fomba toko'e hamalea areo ty ndaty iabike.
[7]Naho ty raha momba ahike, le i Tykyko ro hanoro am'anareo. Rahalahiko mamiko reke, mpanompo atokisagne, le
mindre manompo am'i Tompo ao. [8]Nampandehaneko ama'areo agne reke naho ty amizay, mba hahaia areo ty raha
momba anay, le mba hahaia'e mampahery ty fo areo ka. [Fagnamarenagne ambane pejy ey: "nampandehaneko ama'areo
agne reke naho ty am'izay, mba hahaia'e ty raha mikasike anareo, le hampaheria'e ty fo areo ka."] [9]Nampandenako nindre
tam'i Onesimosy, ie rahalahy atokisagne naho mamiko, ie lia raike ama'areo. Iareo io ro hitalily am'areo ty kila raha nisy
tatoy.[10]I Aristarko, i mindre migadra tamakoy, le manalama anareo , manahake zay ka i Marka, longo ry Barnabasy (ie
nagnomey anareo baiko; naho mandeha ama'areo agne reke, le raeso),[11] le i Jesosy ka tokavegne avao ka hoe i Josto. Iareo
boake amy ty nivoasavatse avao ro mindre miasa amako amy ty fanjakan'Andriagnahare. Fampionognagne ahike iareo
io.[12]Le manao salama anareo t'i Epafra. Raike ama'areo reke naho mpanompo i Kristy Jesosy. Manao ringa am-bavake ho
anareo avao eke, mba hahalefe anareo naho ka mba hahazoa areo ty liofon'Andriagnahare abike. [13]Fa mitsanagagne ho
ndaty aivo ho aze raho, fa miasa mafe ho anareo reke, naho hoe iareo a Laodika agne, le hoa iareo a Hierapolia.[14] Lioka
ire mpitsabo mamiko naho Demasy le manao salama anareo.[15]Salamao iareo rahalahy a Laodika agne, naho Nymfa, le ze
fiangonagne antragno'e ao. [16]Naho fa voavaky areo ty taratasy toy, le vakio am-piangona ty Laodikiana avao ka, le ataovo
areo voavaky ka ty taratasy boake Laodika agne. [17]Talilio t'i Arikipo te hoe: "Tandremo soa ty asa fanompoagne nirambese
areo am'i Tompo ao, le toko'e ho vitaareo zay."[18]Ty fagnombaragne toy le atao ty tagnako reriky t'i Paoly. Tiarovo ty
firohizako. Ho ama'areo ty fahasoavagne.

# 1 Thessalonians

1 [1]I Paoly, naho Silasy, naho i Timoty hoe ty fiangonagne Tesaloniana aman' Andrianagnahare Rae naho i Jesosy Kristy
Tompo. Le ho ama areo ty Fiadanagne naho ty Fahasoavagne. [ Fagnamarignagne: Ze dikan-drehake ila'e ntaolo le
vakiegne te hoeke: "Ho ama areo ty fiadnagne naho ty fahasoavagne boake aman' Andrianagnahare Rae navaho Jesosy
Kristy Tompo."][2]Magnomey fisaoragne aman' Andrianagnahe isan-kariva zahay noho ty ama areo iaby, naho le
magnomey anareo vavake.[3]Tsy mitsahatse ty mahatiahy anareo aman' Andrianagnahare Raen-tika zahay naho ty asa ty
finoa areo, ty asa ty fitiava areo, ara fatokisa areo maharetse ho avy ama i Jesosy Kristy Tompon-tika ao[4]Ry roahalahy
nisohen' Andrianagnahare, fanta'ay fa Jinobo'e nareo,[5] naho le tsy niavy ama areo an-drehake avao ty fitoria ay, fa tama
ty hery ka, naho le tama ty Fagnahy Masigne, ara ty fahatokisam-bey. Manahake izay, inareo ka le mahafantatse te ie
ndaty manao akore izahay io te ama areo naho ama areo.[6]Nanjare nanahake anay naho vaho i Tompo nareo, tama ty
nandraesa areo ty saontsy ama ty aly soratse bey naho tama ty fifaleagne avy ama ty Fagnahy Masigne.[7] V Voka izay,
nanjare ohatse hoe ty maro ze mino a Makedonia naho Akaia ao iareo.[8]Fa nipoetse ama'areo ty nampiboahagne ty
saontsy i Tompo, naho le tsy ta Makedonia naho Akaia ao avao. Fe ie, tama hene tanagne ty nieleza ty saontsy naho ty
finoa areo aman' Andrianagnahare. Ty voka izay, le tsy mila mirehake tika ndre ino ndre ino. [9]Fa iareo avao ro
magnambara ty fahazoagne niazo'ay tama iareo. Iareo le nagnambara ty fomba nitoliha'e aman'Andrianagnahare naho le
nisintaha'e ty aoly mba hanompoa'e an' Andrianagnahare velogne naho maregne.[10] Iareo le ninday fa inareo le mandigne
ty Ana'e boake an-dagnitse, ie nivagnom-belogne. Le i Jesosy, ie ty nagnafake antika ama ty havigneragne ho avy.

2

[1]Fa ty vata'areo le mahay, ry rahalahy, fa tsy fiaviagne fahatane ty niavia'ay ama'areo teto. [2]Fanta'areo fa taloha teo le
nijale ro nalaegne baraka ta Filipy tagne zahay. Izahay le nahasaky am'Andriagnanahare'ay ao ty hagnombara ama'areo
ty talilisoan'Andriagnanahare tagnate ty fandieragne bey.[3]Satria ty fagnanara'ay le tsy avy amy ty fahadisoagne, naho avy
am'ty fahalotoagne, na ie avy amy ty fitake. [4]Fa ie, arake ty nagnekean'Andriagnahare anay mba hatokisagne amy ty talily
soa, le zay ty irehafa'ay. Mirehake zahay, tsy hampifale ty ndaty, fa hampifale an'Andriagnanahare. I Reke ro maharofana
ty fo'ay.[5]Satria mbe lia'ay tsy nampiasa rehake mampikabeake ndre mbia ndre mbia, arake ty fanta'areo, ndra fialan-
tsigne amy ty fitsiririagne, satria Andriagnanahare ro ndaty aivo'ay. [6]Ndra fipaiagne volonahetse boake ama'o ndaty mbe
tsy natao'ay, ndra boake ama'areo ndra boake amy ty hafa. Izahay ka afake mangatake o tombotsoa manahake iareo
Apostoly i Kristy io.[7]Fe ie, zahay le tsotsa ama'iareo manahake ty rene manambitambe ty ana'e natera'e.
[Fagnamaregnagne: ty dikan-drehake taloha ila'e le manao te hoe: "Fe ie, zahay manahake o anak'ajajao ama'areo eo,
naho fa manambetambe ty ana'e natera'e ty rene'e."] [8]Le manahake zay ro nanagna'ay fiteavagne ho anareo. Malio fo
zahay mizara ama'areo, tsy ty talily soan'Andriagnanahare avao, fa ty fiaigna'ay rerike ka. Satria nareo nanjare mami'ay
vata'e. [9]Satria tiaro'areo, ry rahalahy, ty asa'ay naho ty harerafa'ay. Niasa andro aman'alegne zahay mba tsy hahafaha'ay
mampanday ty mavesatse ty raike ama'areo. Tama'ze fotoagne zay, nagnambara ty talily soan'Andriagnahare tama'areo
zahay.[10]Nareo ro ndaty aivo, le Andriagnanahare avao ka, fa masigne, naho maregne, le tsy manan-tahigne ka ty fitondra-
tegna'ay tama iareo ze mino. [11]Manahake zay ka le fanta'areo te hoe nanao akore ty natao'ay ama'iareo abike fa
manahake ty natao ty baba'e amy ty ana'e natera'e, [12]nangatake naho nampahery, le nandrisike anareo zahay mba
handeha amy ty fomba magneva an'Andriagnanahare, ie mitoka anareo mba ho amy ty fanjaka'e naho ty volonahe'e
manokagne.[13]Fa ze atao'e zay ro isaora'ay an'Andriagnahare hatrampara'e. Fa nareo naho fa nandrae ty
hafan'Andriagnanahare boake ama'ay re'areo, le nirambese areo zay tsy hanahake ty reha'o ndaty. Fe ie, niraese'areo
arake ze maregne zay, le ty saontsin'Andriagnanahare. Le zay saontsy zay avao ka ro miasa ama'areo ze mino.[14]Satria
nareo, ry rahalahy, le nanjare nanahake ty fiangon'Andriagnahare a Jodia agne am'i Jesosy Kristy. Fa nareo le nijale avao

ka tama'o raha'o naho ty raha natao ty mpiray tanendrazagne ama'areo, manahake ty nanjo iareo ka amy ty raha natao ty
Jiosy tama'e. [15]Iareo Jiosy ro namono i Jesosy Kristy naho ty mpitoki'e. Iareo Jiosy ty nandroake anay. Tsy nankato
an'Andriagnanahare iareo. Fe ie fahavalo ty ndaty iabike anio iareo. [16]Nandrara anay iareo tsy hirehake amy iareo
Jentilisa mba tsy hamonjeagne iareo. Ty voka'izay le mameno hakeo ty vata'e lomogn'andro avao iareo. Fe ie le tsy
maintsy ho avy amy iareo eo avao ty havigneragne amy ty fara'e.[17]Nisintake tama'areo zahay, ry rahalahy, tagnate ty
fotoagne fohe, amy ty fiatrehagne fa tsy amy ty fo. Le vata'e nazoto zahay, nagniry mafe ty hahatrea ty tarehe'areo.
[18]Satria nagniry ho ama'areo agne zahay, iraho, i Paoly, mateteke, fe ie nanakagne anay ty andrebolisy. [19]Fa inogne moa ty
fitamae'ay ty ho avy, ndra fifaleagne, ndra sabakam-boninahetse ty fandreseagne agnatreha i Jesosy Tompontika eo amy
ty fiavia'e. Ay vaho tsy nareo manahake ty hafa avao ka vao? [20]Fa nareo ty volonahe'ay naho ty fifalea'ay.

3 [1]Naho izay, naho tsy afake niaretse izay sasa zahay, le nivetsevetse'ay te fanjaka ty mitobeke raike t'a Atena tao.
[2]Nagnirake i Timoty zahay, roahalahia'y naho mpidre-miasa ho an'Andrianagnahare amy ty talily soa'i Kristy, mba
hagnamafe naho hagnatanjake makasike ty finoa'areo. [Fagnamarihagne: Ze dikan-drehake ila'e hafa ntaolo le vakiegne
hoe izao: "Nagnirake i Timoty zahay, roahalahia'y naho mpanompon'Andrianagnahare amy ty talily soa'i Kristy ao."]
[3]Nataoa'y zay mba tsy hisy ndaty ho taitse ama'o fahoriagne'o. Fa ty vata'areo le mahafantatse fa zay ty nanondroagne
antika.[4]Maregne vata'e, naho fa nindre tama'areo zahay, le nirehake mialoha tama'areo te itika le tsy maintse
hampijalegne, naho nisy zay, arake ty fanata'areo. [5]Naho ze anto'e zay, naho fa tsy naharetse izay sasa raho, le nagirake
mba hahafantarako ty finoa'iareo. Va'e fa nitsohe'ty mpitso-kevetse i nareo'o, naho le tsy hisy vara'e ty asantika.[6]Fe ie
niavy tama'ay tatoy ty Timoty naho boak'ama'areo tegne le ninday vaovao mahafale'ty finoagne naho ty hate'areo ho
anay. Nitsara tama'ay reke te nareo le managne fahatsiarovagne fanjaka anay avao, naho le magniry mafe nareo ty
hahatrea anay manahake ty fagniria'ay hahatrea anareo. [7]Naho izay, ry roahalahy, zahay le nampahereze'areo noho'ty
finoa'areo, t'agnate ty fatahoragne naho fijalea'ay iaby.[8]Fe ie naho velogne anito zahay, naho mipiteke mafe am'i Tompo
nareo. [9] Fa fisaoragne hoe ty ai'ay ro azo'ay omegne an'Andrianagnahare ama'areo, tamy ty ze heneke fifaliagne
anagna'ay t'agnatreha'ty Andrianagnahare'ay teo noho ty ama'areo? [10]Mivavake mafe andro amagn'alegne zahay mba
mete hahatrea ty tarehe'areo naho le hameno ze tsy ampe amy ty finoa'areo ao.[11]Andrianagnahare Raentika vata'e, loneke
ty Jesosy Tompontika, hagnitsy ty lala'ay ho ama'areo. [12]Loneke ty Tompo hampitombo naho hampandroso ama'ty
fifankateava'areo amy ty hafa naho ze kila'o ndaty, manahake ty atao'ay ama'areo ka. [13]Loneke Reke hagnamafy ty fo'areo,
le mba tsy hanan-tahe amy ty fagnamasinagne iareo agnatrehan'Andrianagnahare Raentika, amy ty fiavia'i Jesosy
Tompontika naho ze masigne iaby.

4 [1]Le fara'e, nareo rahalahe, mampahere'y naho magnanatse anareo zahay am'i Tompo Jesosy ao. Naho nahazo ty
fampianaragne boak'ama'ay nareo momba'ty fomba tsy maintsy handehana'areo naho hamalefalea'areo
an'Nagnahare, ty am'o lalagne andehanagne'o avao ka, le mba anaovo'areo milikoatse izay ka. [2]Fa inareo le mahafantatse
o fampianaragne namea'ay anareo'o tami'ty alala'i Jesosy Tompo.[3]Fa izao ty sitrapon'Andrianagnahare, le ty hahamasigne
anareo, mba hiala'areo ami'ty tsy firiragnagne, [4]le ty hahaia ty kiraikiraike boak'ama'areo ty fomba ahazoagne ty
fanagna'ty vatae am'ty fahamasignagne ao naho volonahetse, [5]tsy ami'ty filan-draty (manahak'iareo Jentilisa tsy
mahafantatse an'Nagnahareo). [6]Ano'areo mba tsy hisy ndaty handika na hagnaraty ty rahalahi'e am'izay. Fa i Tompo ro
mamale am'o ze kila raha iaby, manahake ty nampitaoa'ay mialoha naho nitsangana'ay vavolombelogne t'ama'areo.[7]Fa i
Andrianagnahare tsy nitoka anay ho ami'ty fahalotoagne, fa ami'ty fahamasignagne. [8]Naho zay reke, ireke mandietse izay
le tsy mandietse ndaty, fa Andrianagnahare, ty nagnomey ty Fagnahe Masigne ho anareo.[9]Mahakasike ty
fifankateava'areo mpirahalahe, tsy mipay ndaty hafa nareo hanoratse ho anareo, fa ty vata'areo le
nampean'Andrianagnahare mba hifankatea.[10] Anovo'areo vatae zay, ho ey'iareo rahalahe iaby era'i Makedonia. Fa zahay
le magnanatse anareo, nareo rahalahe, mba hanao mihoatse.[11] Magnanatse anareo ka zahay mba hanandratse hiaigne
am-pilaminagne, hihevetse ty raharaha'areo rery, naho hiasa ami'ty tagna'areo, manahake ty nandilia'ay anareo, [12]mba
hanagna'areo fagnahy soa imaso'o tsy mpino'o naho tsy hanagne raha ijaleagne.[13]Fa tsy tea'ay tsy ho fanta'areo, nareo
rahalahe, ty mahakasike ze nivilasy, mba tsy hahaferenaigne anareo manahake o ilae tsy managne antoke ami'ty hoavy
io. [14]Fa naho mino tika fa Jesosy le nivilasy naho nivagnombelogne ndraike, le manahak'izay ka ty hadesan'Nagnahare
miarak'ami i Jesosy iarey ze nivilasy t'amae ao. [15]Fa izao ty ambara'ay ama'areo tami'ty saontsy i Tompo, fa itikagne ze
velogne, ze sisa tavela ami'ty fiavia'i Tompo, le tsy hialoha vatae iareo fa nimate.[16]Fa ty saontsy i Tompo ro hijotso
boak'andagnits'agne. Ho avy miarak'ami'ty feo ambone Reke, miarak'ami ty feo ty Arkanjely, naho miarake ami'ty
trompetran'Andrianagnahare, naho ty vilasy am'i Kristy ro hivagnombelogne alohae. [17]Avy eo tikagne velogne, ze sisa
tavela, hiarake hiakatse am'iareo ambone rahogn'ey naho hihaogne am'i Tompo ambone habakabake'ey. Am'izay le
hiarake am'i Tompo lalandavatika. [18]Naho izay reke, mifampitretreza am'o talily reo.

5

[1]Amizao mahakasike i fotoagney naho i tognon-taogney, ry rahalahy, tsy mipay ndra ino ndra ino voasoratse ho anareo
nareo. [2]Fa nareo ambata areo mahafantatse soa fa ty andr o i Tompo le hoavy manahake o'mpangalatse halegneo.[3] Naho
fa mirehake nareo, "Miadagne le milamigne," le fahapotehagne tampoke ty hoavy amy iareo. Hanahake o ampela
mivesatse eo naho fa msamake aze. Tsy ho afake milay zane iareo.[4]Fa nareo, ry rahalahy, le tsy agnate ieke ao, le

hahatratse anareo tampoke manahake o mpangalatseo ty andro. [5]Fa nareo aby le ana ty mipelapelatse naho ana i androy.
Tsy ana ty halegne tika ndra ty maieke. [6]Naho zay andao tika tsy hiroro manahake o'ila'e reo. Fa teie, ao tika hiambegne le
hamboa-piaigne ka. [7]Fa iareo miroro le manao zay amy ty halegne, le iareo mamo le manao zay avao ka amy ty halegbne.
[8]Fa naho mbe ey iandroy tika, le tsy maintsy mamboa-piaigne, le miakanjo finoagne naho fiteavagne ho aro-tratra, le ty
anto i famonjeagney amy ty hoavy ho fiarovagne ty lohantika. [9]Fa Andriagnanahare tsy nijibogne antika amy ty
habosehagne, fa fahazoagne ty famonjeagne amy ty alala i Jesosy Kristy Tompontika. [10]I Reke nivilasy ho antikay, ndre
mifoha tika ndre miroro, le afake mindre miaigne ama'e. [11]Le naho zay nifampitretre nareop, manahake ty fa natao areo.
[12]Mangatake ama'arepo zahay, ry rahalahy, mba hagnekea'areo ze mikele aigne ama'areo naho ka ze mitondra anareo
amy i Tompo le ze magnanatse anareo ka.[13] Mangatake anareo avao ka zahay mba hagnaja iareo am-piteavagne naho ty
asa iareo. Milongoa amy ty vata'areo nareo. [14]Magnorike anareo zahay, ry rahalahy, mampitandrema o fikorontagnagneo,
tambetambezo ze tsy mahefa, ampeo ze maleme, miareta amy ze kila raha.[15]Io tsy misy ndaty mamale raty ndra ama ia
ndra ama ia. Faie, paiavo ty soa naho ze fanjaka hoy ty ndaty iabike. [16]Mifalea lomogn'andro. [17]Ko ajanogne ty mivavake.
[18]Isaoro ze kila raha. Fa zay ty sitrapon'Andriagnanahare am'i Jesosy Kristy ao ho anareo.[19]Ko vonoegne ty fagnahy. [20]Ko
atao raha fahatane ty fiotokiagne. [21]Andramo abike ze kila raha. Tano mafe ze soa. [22]Afaho ty fiboaha ze raty aby.
[23]Andriagnahare ty fiadanagne lonike hagnamasigne azo vata'e. Ao soa ty fagnahy areo aby, ty aigne, naho le ty vatagne le
hajao tsy hanan-tahigne amy ty fiavia i Jesosy Kristy Tompontika.[24] Matoky reke mitoka azo, i Reke raike avao ty manao
zay.[25]Ry rahalahy, mivavaha ho anay avao ka.[26] Salamao amy ty oroke masigne ty ze rahalahy aby.[27] Mangatake ama'areo
am'i Tompo raho mba ho vakiagne amy ze kila rahalahy ty taratasy toy. [28]Lonike ho ama'areo ty fitahiantsoa i Jesosy
Kristy Tompontika.

# 2 Thessalonians

1 [1]Paoly, le Silasy, naho Timoty, ho amy ty fiangona iareo Tesaloniana aman'Andrianagnahare Raentika naho Jesosy
Kristy Tompo.[2] Loniky hoama areo ty fitahiantsoa naho ty fiadanagne boaka an'Andrianagnahare Raentika naho Jesosy
Kristy Tompo.[3]Zahay le tokoe hagnome fisaoragne an'Andrianagnahare hoanareo, ry rahalahy. Fa soa hatao zay,, satria
mitombo vatae ty finoa areo, le ty fitiava areo tsiraidraiky le mitombo hoe ty hafa.[4] Naho zay le zahay ambata'ay le
mirehake aman-drebeke ty mikasiky anareo eo amy ty anjomban'Andrianagnahare. Zahay le mirehake anareo mikasiky
ty fahareta areo naho ty finoa areo tamy ze kila raha nagnejehagne anareo.Mirehake mikasike ty fijaleagne ze niareta
areo.[5] Zay le famantaragne ty fitsarà maren'Andrianagnahare. Ty voake le horaesegne ho evà ty
fanjakan'Andrianagnahare ze nijalea areo nareo.[6]Maregne amin'Andrianagnahare ty hamale fijaleagne hoe ze nampijale
anareo, [7]le hagnome fitofagne anareo ze nampijalegne nindre tama'ay. Hatae zay amy ty fiboaha i Jesosy Tompo boake
andagnitse miaraka amy iareo anjely ty herie. [8]Agnate ty afo mirebareba ty hanoae valefate amy iareo ze tsy mahay
an'Andrianagnahare naho amy iareo ze tsy nanoigne ty talily soa i Jesosy Tompontika.[9]Iareo le hijale amy ty amy ty
hmoeza ty fandrebahagne mandrakizay lavitsy ty fagnatreha i Andriantompo naho ty voninahy ty herie.[10] Hanao zay reke
naho fa avy amy andro zay mba hagnomezagne ty oloe voninahitse aze naho hilatsa iareo aby ze nino. Fa ninoagne ty
nitsangana'ay vavolombelogne ama areo.[11]Naho zay le mivavake sanandro avao hoanareo ka zahay. Mivavake zahay mba
ho evà ty ho raesen'Andrianagnaharentika amy ty fitokavae nareo. Mivavake ho anareo zahay mba ho lefese'e amy ty
hery ty fagniria areo ty hasoa naho ty asa ty finoagne aby.[12] Mivavake hoe o raho reo zahay mba home areo voninahitsy
ty agnara i Jesosy Tompontika. Mivavake zahay mba hagnomezae voninahitse anareo, noho ty
fitahiantsoan'Andrinagnaharentika naho Jesosy Kristy Tompo.

2 [1]Henanezao ty momba ty fiavia i Jesosy Kristy Tompontika naho ty namoriagne antika nindre ama'e: magnontane
anareo zahay, ry rahalahy, [2]mba tsy ho mora vereveregne naho hitititike nareo, ndra amy ty fagnahy, ndra amy ty
hafatse, ndra amy ty taratasy manao te hoe hoavy ama'ay, naho ty voka ty fiavia ze andro i Tompo zay.[3]Ko engagne hisy
ndaty hamitake anareo ndra ie amy fomba manao akore. Fa tsy raha hoavy zay naho tsy afara ty firebahagne, le haboake
ty lahilahy mpandika lily, ty ana ty fahasimbagne. [Fagnamarihagne: ty dikan-drehake ila'e taloha le manao te hoe: "le
haboake ty lahilahy behakeo."] [4]I reke mandietse naho mamere ty vata'e amy ze tokavegne hoe Andriagnanahare naho ze
ivavahagne. Voka izay, le nitoboke amy Tempolin'Andriagnahare ao reke le nanao ty vata'e ho am'Andriagnanahare.[5]Tsy
tiaro'areo vao fa tam'iraho mbe nindre ama'areo le fa nirehake o raha reo? [6]Amy henanezao hai'areo inogne ro mitagne
aze, mba hiboahae amy ty fotoagne mete rerike avao. [7]Fa ty raha mietake ty fandikagne lily le fa miasa, misy ndaty raike
avao manikambatse aze henanezao mandra-pisitaha'e amy ty lalagne.[8]Naho fa avy eo le haboake am'zay i mpandika lily
vata'ey, ie hovonoe i Jesosy Tompo amy ty fiay ty vava'e. I Tompo le hinday aze amy ze tsy misy dika'e amy ty fiboaha ty
fiavia'e. [9]Ty fiavia i mpandika lily vata'ey le boake amy ty asa i Satana naho amy ze herie abike, o famantaragne io, le ty
sahatse tsy maregne, [10]le naho ty dramotse aby ty amy ty tsy fahamarenagne. Hoe iareo ze motso o raha abike reo, satria
iareo io le tsy nandrae ty tena fitiavagne ty fahamarinagne nba haha avotsy iareo.[11]Naho amy ze antoe zay le mandefa asa
ty fahadisoagne Andriagnanahare mba hinoa iareo vande. [12]Voka izay le ho tsaraegne abike iareo, iareo tsy mino ty
fahamarinagne fa ie mangalake faliovam-po amy ty tsy fahamarinagne.[13]Fa zahay le toko'e magnome fisaoragne
an'Andriagnahare avao ho anareo, ry rahalahy notea i Tompo. Fa Andriagnanahare ro nijibogne anareo manahake ty
voaloham-bokatse hoe ty famonjeagne amy ty fagnamasinagne ty Fagnahy naho ty finoagne ty fahamarinagne.
[Fagnamarihagne: "Ty dikan-drehake hafa le manao te hoe: Fa Andriagnanahare fa nijibogne anareo boake amy voalohae

hoe ty famonjeagne.] [14]Izay ty nitokavae anareo tamy ty alala ty talilisoa'ay mba hahazoa'areo ty voninahe i Jesosy Kristy
Tompontika.[15] A naho zay areke, ry rahalahy, mijohagna mafe. Tano ty fahamarinagne ze nampianaregne anareo. Ndra
tamy ty rehake ndra tamy ty taratarasi'ay.[16]Amy henanizao le ao i Jesosy Kristy Tompontika vata'e, le Andriagnanahare
Raentika tea antika naho ka magnomey antika fankaherezagne hatrampara'e naho ka fatokisagne soa hoe ze hoavy amy
ty alala ty fahasoavagne,[17] hampahery naho hametrake ty fo'areo amy ty asa soa abike naho ty rehake.

3 [1]Anito, ry rahalahe, mivavaha ho anay, mba ho deraegne naho homeam-bolonahetse ty Saontsy i Andriantompo, le
manahak'izay ka ty ama'areo. [2]Mivavaha mba ho afake am'iareo raty tsereke naho ndaty raty zahay, fa tsy iareo abike
ro manam-pinoagne.[3] Fa i Tompo le matoky, ze magnamafe oregne naho miambegne anareo ami'ty raty.[4]Managne
fahatokisagne am'i Tompo mahakasike anareo zahay, naho mba hanova'areo naho hanohiza'areo raha ze nandiliagne
anay nareo. [5]Lonike ty Tompo hitarike ty fo'areo ho ami'ty fitean'Andrianagnahare naho ty fiareta'i Kristy.[6]Anito mandily
anareo zahay, rahalahiko, ami'ty agnara'i Jesosy Kristy Tompontika,mba hiala ama'areo rahalahe iaby ze miaigne agnate
ty hakamoagne na ty arake ty fomban-drazagne ze niraese'areo t'ama'ay.[7] Fa inareo am-bata'areo le mahafantatse fa mete
ama'areo ty mangala tahak'anay. Tsy niaigne t'agnivo'areo manahak'iareo tsy nanagne lily zay. [8]Tsy nihinagne
hane'ondaty tsy niloa vola zahay. Fe ie ka, niasa andro aman'alegne tami'ty asa sarotse naho ty raha sarotse zahay, mba
tsy ho enta mavesatse ho ey ty kirairaike ama'areo. [9]Tsy hoe ty tsy fanagna'ay fahefagne ro nanova'ay zay. Fe ie, nanao
izay zahay mba ho fitaratse ho anareo, le mba hanahak'anay nareo.[10]Naho nindre t'ama'areo zahay, le nandily anareo te
hoe: "Naho misy raike tsy te hiasa, le tsy tokoe hihinagne reke."[11] Fa naharey zay fa miraverave tagnagne ty ilae ama'areo.
Tsy miasa iareo fa mpijoy. [12]Anito ze ndaty manahake izay le lily'ay naho hanare'ay am'i Jesosy Kristy Tompo, mba hiasa
am-pahangignagne naho hihinagne ty hane'iareo irereke.[13]Fa nareo, rahalahiko, ko mamoe fo amy ty fanaovagne ty
maregne. [14]Naho misy tsy magneke ty rehan-tika amy ty taratasy toy, fanataro imaso'ondaty reke le ko managne
fifandraesagne amae, le mete ho megnatse reke. [15]Ko raesegne ho fahavalo reke, fa manahake ty rahalahe.[16]Fa lonike ty
Tompo ty fiadagnagne hagnomey fiadagnagne anareo am'o fotoagne'o naho ami'ty fomba iabike. Lonike ho ama'areo
iabike ty Tompo. [17]Intoy ty fanoako veloma, iraho Paoly, tami'ty tagnako, ty famantaragne amy ze taratasy. Izao ty soratse.
[18]Lonike ty fahasoava'i Jesosy Kristy Tompontika ty ho ama'areo iabike.

# 1 Timothy

1 [1]Paoly, apostoli'i Kristy Jesosy arake ty lilin'Andrianagnahare mpamonje antika naho i Kristy Jesosy tokintika, [2]hoey i
Timoty, anaky lahy marigne amy ty finoa'e ao: Fitiahian-tsoa, famindram-po, naho fiadanagne boake
aman'Andrianagnahare Rae naho i Kristy Jesosy Tompontika.[3]Arake ty nangataheko mafe hata'o naho fa niala t'a
Makedonia tao raho, mitoboha a Efesosy ao mba hahafaha'o mandily ze ndaty ila'e tsy hampianatse foto-pampianaragne
hafa. [4]Tsy toko'e hitandregne ze talily naho (tetiarana) tsy misy fiafara'e iareo. Izay le niterake alihevetse fa tsy
magnampy ty drafitsin'Andrianagnahare, ze amy ty alala ty finoagne.[5]Fitiavagne boaka amy ty fo malio ty tanjo ty lili'e,
boaka amy ty feo'ty fandinehagne soa, le boaka amy ty finoagne tsy misy hasoa miatreke. [6]Tsy nahatratse o tanjogneo ty
ndaty ila'e naho le nisintake o raha reo ho amy ty fandaharan-drehake gegegege agne. [7]Iareo le te ho mpapiana-dily, nefa
iareo tsy mahazo ty raha rehafe'e naho hizingizigne'iareo. [8]Fe ie tika le mahafantatse fa ty lily le soa naho misy raike
mampiasa aze amy ty ara-dalàgne.[9]Itika le mahafantse izay, fe ie ty lily le tsy natao hoe ty ndaty marigne, fa hoe ty
mpandika lily naho ty ndaty mpitologne, hoe iareo raty fagnahy naho ty mpanota, naho hoe'o mpisandoke ho
andrianagnahare reo naho tsy masigne'o. Izay le natao hoe'o ze mamono ty rae naho ty rene'e, hoe'o mpamono ndaty reo,
[10]hoe'o raty fitondran-tegna ara-nofo reo, hoe'o sodomita'o, hoe'o mpitavagne ndaty mba ho andevozegne, hoe'o
mpavande'o, hoe'o vavilombelogne tsy maregne'o, naho ndre ino ndre ino hafa manohetse ty fampianaragne maregne.
[11]O fampianaragne'o le mifagnarake amy ty talily soa'ty volonahe'i Andrianagnahare voatahe i naankigne tamako'y.
[12]Isaorako ty Kristy Jesosy Tompontika. Nampahery ahy Reke, fa nata'e matoky raho, le nifily ahy ho amy ty fanompaogne
Reke. [13]Mpitimbo raho, mpagnenjeke, naho lahilahy marengerenge. Nefa nahazo famindram-po raho satria tamy ty tsy
fahafantaragne ro nanaovako izay noho ty tsy finoagne. [14]Fa ty fahasoava'i Tompontika ro nanarogne tamy ty finoagne
naho fitiavagne ze ami'i Kristy Jesosy ao.[15]O hafatse zao le azo antoke naho magneva ty kila fagnekeagne iaby, fe ie ty
Kristy Jesosy le niavy t'an-tane etoy hagnavotse ze manan-keloke. Iraho ro tena niraty tama'iareo. [16]Fe ie noho ze anto'e
zay ro namelagne ty heloko, mba amy ty alalako, ty bey vata'e, i Kristy Jesosy le mete haneho ze kila faharetagne. Nanao
izay Reke ho ohatse hoe'o ze magniry hatoky Aze hoe'ty fiainagne mandrakizay. [17]Le hoe'ty mpanjaka'ty taogne, tsy mete
mate, tsy hita maso, ty Andrianagnahare tokagne, lonike ty laza naho ty volonahitse mandrakizay doria. Amena.[18]Ze lily
zao ro omeko azo, Timoty, anako, arake ze fitokiagne mahakasik'azo taloha tagne, fe ie rehe le mete hialy ty aly soa, [19]ty
fitanagne ty finoagne naho ty feo ty fandinihagne soa. Tamy ty fandieragne zay, misy ty nanao sambo vaky ty finoa'e.
[20]Manahake i Hymeneo naho i Aleksandro, ze nomegne hoe i andrebolisy mba hampianaragne iareo tsy hitimbo.

2 [1]Voalohahe vata'e noho izay, le nandrisike raho fa o fangatahagne'o, vavake, fiambaneagne, naho fisaoragne le natao
hoe ze kila'o ndaty iaby, [2]hoe ze mpanjaka naho ze kila amy ty fahefagne eo, mba ahafahantika miaigne am-
piadanagne naho miaigne milamigne amy ty toe-pagnahy arake an'Andrianagnahare naho ze kila fahendreagne. [3]Izay le
soa naho azo ekegne agnatrehan'Andrianagnahare mpagnavotse antika eo. [4]Iri'e mba havotagne iaby ze kila'o ndaty naho
avy amy ty fahafantaragne ty maregne.[5]Fe ie raike avao ro Andrianagnahare, le raike avao ka ro mpagnelagnelagne


generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

an'Andrianagnahare naho ty ndaty, le i lahilahy Kristy Jesosy. [6]Reke le nagnome ty vata'e ho vilim-pagnavotagne hoe ze
kila'o ndaty, manahake ty fijoroagne vavolombelogne amy ty fotoagne toko'e ho ie. [7]Fe ie amy ze tanjogne zay, raho, ty
vatako, le natao ho mpitory naho ho Apostoly. Mirehake ty marigne raho. Tsy mavande raho. Mpampianatse ze kila
Jentilisa amy ty finoagne nahio fahamaregnagne raho.[8]Noho izay, teako ty lahilahy ndre ia ndre ia mba hivavake naho
hanandra-tagnagne masigne tsy ama'ty habosehagne na amy ty fifandieragne. [9]Manahake izay ka, teako ty ampela mba
hisikigne ty siky magneva ty vata'e, amy ty fahamatoragne naho ty famehean-tegna. Tsy toko'e hanao volo mirandragne,
na volamena, na voahangy, na sikigne lafo vily. [10]Teako iareo hisikigne amy ze mete hoe iareo ampela ze manoro toe-
pagnahy arake an'Andrianagnahare amy ty alala ze kila asa soa.[11]Le toko'e hianatse am-pitsignagne naho hagneke vata'e
ty ampela. [12]Tsy engako hampianatse ty ampela na hagnampatse fahefagne amy ty lahilahy, fa hitsigne avao.[13]Fe ie i
Adama ro niforognegne voaloha'e, vaho izay i Eva. [14]Le tsy voafitake ty Adama, fe ie ty ampela ro voafitake vata'e tamy ty
tsy fagnarahan-dily. [15]Ndre izay aza, havotagne avao reke amy ty alala ty fisamahagne, naho mitohy amy finoagne naho
fitiavagne le fahamasignagne miarake amy ty fampionognan-tegna ka.

3 [1]Matokisa ze rehake zao: Naho misy ndaty raike magniry te ho mpandray an-tagnagne, le magniry asa soa reke. [2]Noho
izay le ty mpandray an-tagnagne le tsy maintsy tsy manan-tsigny. Tsy maintsy manambaly ampela raike avao reke.
Ireke le toko'e hahay handanjalanja, hendre, tea filaminagne, tea mandray ndaty. Tsy maintsy mahay mampianatse reke.
[3]Tsy toko'e za-draty amy ty divay reke, tsy mipay aly, fe ie ka, maleme fagnahy, feno fiadagnam-po. Ireke le tsy toko'e ho
tea vola.[4]Toko'e hitantagne soa ty tokantragno'e reke, le o ana'e reo le toko'e hagneke aze am-pagnajagne vata'e. [5]Fe ie
naho tsy mahay mitantagne ty tokantragno'e reke, le manao akore ty hikarakara'e ty anjomban'Andrianagnahare?[6]Tsy
tokoe ho ndaty vao niova fo reke, mba tsy hieboeboae ka ho tonta amy ty fagnasazeagne manaheke ty kokolampogne.
[7]Reke avao ka ro tsy maintse soa laza amy o ndatio ambalikeo, mba tsy ho tonta agnate ty fahafaham-baraka naho ty fita
ty kokolampogne.[8]O Diakogne'o, manahake izay avao ka, le tokoe mendreke. Iareo le tsy tokoe hinogne divay maro loatse
na tsy mahafanta-draha arakanegne. [9]Tokoe hitazogne ty fahamarinagne ty finoagne natlily mindre amy ty feo
fieretreretagne malio. [10]Iareo avao ka ro tokoe ho sedraigne mialoha, boakeo le tokoe hanompo satria tsy manan-kakeo
iareo.[11]O ampela reo ka le toko'e ho magneva manahake izay avao ka. Tsy tokoe ho mpagnedrikendrike iareo. Tokoe
hahafantatse handanjalanja naho matoky amy ty raha iaby. [12]O Diakona o le tokoe hanam-baly ampela raike. Tsy maintsy
mitantagne soa o anae'o naho ty tokantragnoe iareo. [13]Fe ie ze nanompo soa le handrambe ty laza soa naho fahatokisagne
bey amy ty finoagne hoe ty vata'iareo ze ama'i Jesosy Kristy ao.[14]Manoratse ty raha reto ama'o raho, naho le magnantegna
ty ho avy tsy ho ela ama'o agne raho. [15]Fe ie naho tara raho, le manorata mba hahafantara'areo ty fitondran-tegna amy ty
tokantragnon'Andrianagnahare ao, ze anjomban'Andrianagnahare velogne, i vato fehizoro'y naho fioregna ty
fahamarignagne.[16]Tsy azo lieregne fa ty fahamarignagne natlily ze arake an'Andrianagnahre le bey: "Reke le niseho tamy
ty nofotse, nihamarine ty fagnahy, hita ty Anjely, natlily t'agnivo o finenao, ninoa izao tontolo zao, le nasandratse tamim-
bolinahitse."

4 [1]Am'izao mirehake mazava soa ty Fagnahy fa amy ty fotoagne afarao le hisintake amy ty finoagne ty ndaty ilae le
mitaoa soa amy o fagnahy mpamitakeo naho o fampianara o demonia ao [2]amy ty fihatsarambelatsihy ty mpavande. Fa
vomaike amy ty vy may ty feo ty fieretseretagne iareo.[3]Ho rará'iareo ty manambaly naho ty mandray o hanegne ze
forognen'Andrianagnahare ho zaragne mindre amy ty fisaoragne hoe iareo ze mino naho mahafantatse ty maregne reo.
[4]Fa ty raha iaby ze noforognen'Andrianagnahare le soa. Tsisy holieregne ty raha niraisentika tamim-piasaoragne. [5]Fa
nihamasinegne tamy ty saontsin'Andrianagnahare naho ty vavake zay.[6]Naho atobo areo aloha o roahalaheo eo o raha reo,
le ho mpanompo soa i Jesosy Kristy nareo. Fe ie nitezagne tamy o reha ty finoagne naho tamy ty fampianaragne soa ze
norihe areo nareo. [7]Fa tonta ty talily talily ty ampela anitse. Fe ie ka, tariho hagnomey volonahitse an'Andrianagnahare ty
vata'areo. [8]Fa ty vatagne hofagnegne le kede avao ro azoampiasaigne amae, fe ie fampiasagne amy ty raha iaby ty toetra
arake an'Andrianagnahare. Mitazaogne ty fampanantenagne amy ty fiaignagne am'izao toy naho ty fiaigna-ko mbe hoavy.
[9]Ty hafatse toy le mendri-pitokisagne naho mendrike ty fahafenoa ty fagnekegne. [10]Fe ie naho izay le hitologne naho hiasa
mafe tika. Fa matoky ao amin'Andriangnahare velogne tika, i Mpamonjy ty ndaty iabike, indrandra ze mino.[11]Talilio naho
ampianarao ze raha zao. [12]Ao tsy hisy ndaty hanao tsinotsinogne ty fahatanora'o. Fe ie ka, ao ho ohatse hoe iareo ze mino,
amy ty firehake, fitondra-tegna, fitiavagne, finoagne, le hadiovagne. [13]Mandra-piaviako, tohizo tyfamakiagne, ty
fagnanaragne, naho ty fampianaragne.[14]Ko atao tsinontsinogne ty fagnomezam-pahasoavagne ze amao ao, ze nomegne
azo tamy ty alala ty faminanagne, nindre tamy ty fametrahan-tagna o lohologne'o. [15]Hajao ze raha zay. Magnekea ho amy
iareo ao, mba hiharihary amy ty ndaty iaby ty fandrosoa'o. [16]Tandremo soa ty vata'o naho tyfampianara'o. Tohizo raha
rey. Fa naho manao manahake izay, le ho vonjegne ty vata'o naho ze mitsanogne azo.

5

[1]Ko masiake amy ty ranagahe. Fe ie ka, anaro manahake ty rao reke. Anaro manahake ty roahalahe o ajalahy tanora'o.
[2]Anaro manahake ty rene o rakemba'o, le o anjampela'o tanora manahake ty anabave ao amy ty fahaliovagne iaby.
[3]Magnajá o mpitanday vatagneo, o ze tena mpinday vatagne. [4]Fe ie naho man'agnanake na zafe kedekede ty mpinday
vatagne raike, le enga'areo reke aloha hianatse haneho fagnajagne amy ty tokantragno'e ao. Ao iareo hamale babeagne o
rae aman-drene reo, satria ankasitrahan'Andrianagnahare zay.[5]Fa ty tena mpinday vatagne le napoke ho raike.

Mametrake ty fitokia'e aman'Andrianagnahare reke. Miorigne avao ama'ze fanagatahagne reo naho vavake andro
aman'alegne. [6]Ndre izay aza, ty ampela ze miaigne hoe ty fahafinaretagne le mate, ndre le mbe velogne aza reke.[7]Torio ze
raha zay mba tsy anagna iareo tsiny. [8]Fe ie naho misy ndaty tsy magnome hoe o longoe marine eo, indrindra hoe ze ao
amy ty longoe, le nandá ty finoagne reke le raty lavitse no ty tsy mpino.[9]Ao hosoratagne ho mpinday vatagne ty ampela ze
tsy latsake ty enempolo taogne, ampela raike valy ty lahilahy raike. [10]Toko'e ho hay noho o asa soa reo reke, na nikarakara
avao ka o ajaja reo, na ka nampandroso o mpivahiny reo, na nanasa ty tombo o mpino reo, na nagnamaivagne ty
miharovetse, na nanolon-tegna tamy ty kila asa soa iaby.[11]Fe ie hoe o mpinday vatagne mbe tanora ka, le ko magneke ty
hanoratse iareo agnate lista ao. Fe ie naho fa mibaboke amy ty fila ty nofotse hanohitse i Kristy iareo, le te-hanambaly.
[12]Amy izay iareo le hahazo fagnasazeagne satria namadike ty fanorolran-tegnae voalohae. [13]Ka le lasa zatse malaigne koa
iareo. Mandehandeha mitety tragno. Tsy hoe lasa mpitsiko naho mpipay aly avao ka. Mirehake raha ze tsy tokoe ho
rehafe iareo.[14]Naho izay le teako hanambaly o amplea mbe tanora'o, hiterake, hikarakara tokantragno, mba tsy ahafahe
magnome hirike ty fahavalo'e hitory anay ho nanao raty. [15]Fa tila'e fa nivegne sahady hagnorike i Kokolampo. [16]Naho misy
ampela mino managne mpinday vatagne, ao reke hagnampe iareo, mba tsy hagnavesatse ty anjomban'Agnahare, mba
hahafa'e magnampe ze tena mpinday vatagne maregne.[17]Ao ze ndaty ze manapake soa mba ho raisigne ho mendri-
bolonahitse mandilatse ty roe, indrindra ze miasa mindre amy ty rehake naho amy ty fampianaragne. [18]Fe ie hoe ty
Soratse Masigne te hoe: "Tsy toko'e hagnisy fehe'e ty vava ty agnombe rehe naho mbe misy voa'e reke." na ka" Ty mpiasa
le magneva ty karama'e."[19]Ko mandray fitoriagne manohetse ty lohologne raike naho tsy misy vavolombelogne roe na
telo. [20]Ahitsio eo agnatreha ty kila'o ndaty ze behakeo reo iaby mba hatahotse ty ambe'e ty hafa.[21]Mandily azo mafe raho
agnatrehan'Andrianagnahare eo naho eo agnatreha'i Kristy Jesosy le o Anjely voafily reo, mba hitazoma'o o lily reo tsy
misy fitsaratsaragne naho mba tsy hanaova'o na inogne na inogne amy ty fandieragne. [22]Ko memeke mametra-tagnagne
amin'ia na amin'ia. Ko mindre amy ty fahota ty ndaty hafa'o. Tokoe hitazogne ty vatao halio rehe.[23]Tokoe tsy hinogne rano
sasa rehe. Fe ie ka, tokoe handrae divay kedekede rehe hoe ty vavonio naho o arete'o mateteke-miseho. [24]Ty fahota o
ndaty ilae le fantatse mibaribary, le iareo le mandeha aloha iareo ao amy ty fitsaragne. Fa ty ota tilae magnarake boake
afara toy. [25]Manahake izay avao ka, misy asa soa hay mibaribary, fe ie o ilae'o aza le tsy azo aetake.

# 6

[1]Ao ze amabany ty zioga ao manahake o andevo mba hanao ty tompoe hagneva ty haja iaby. Iareo le tokoe hanao zay mba
tsy hirehafagne raty ty tahinan'Andrianagnahare naho ty fampianaragne. [2]O andevo ze managne tompo mino le tsy tokoe
hanao tsinotsinogne iareo satria mpirahalahe amae. Fe ie ka, iareo le tokoe hanompo hatragne hatragne. Fa o tompo ze
nampianatse tamy ty asa iareo le mpino sady teagne. Ampianaro le amabarao o raha reo.[3]Hevero fa ty ndaty le
mampianatse amy ty fomba hafa le tsy magneke ty fanoroantika ara-pinoagne, zay, saontsy i Jesosy Kristy Tompontika.
Hevero fa iareo le tsy magneke ty fampianara ze minday amy ty toeragne arake an'Andrianagnahare agne. [4]Ze ndaty zay
le mirehareha le tsy mahalala na inogne nainogne. Fe ie ka, reke le adala o alihevetseo naho o fandresen-dahatse
mahakasike o rehakeo. O rehake reo le miterake fialognagne, fagnevetavetagne, ahiahy araty, [5]le ty fifandonagne eo amy
o ndaty maloto fisaignagne. Misintake amy ty maregne iareo. Mihevetse reke fa ty toetra arake an'Andrianagnahare ro
fomba hiaviagne ho mpanan-karena. [Fagnamarignagne: Ty fandikagne taloha tilae le magnampe te hoe: "Misintaha amy
ty raha manahake izay." Fa ty fandikagne taloha soa vatae le tsy magnampy zay.][6]Le ty toetra arake an'Andrianagnahare
mindre amy ty fahafahaham-po le tomboe bey. [7]Satria tika le tsy ninday na inogne na inogne am'izao tontolo zao. Tsy
hahavita hinday na inogne na inogne tika. [8]Fe ie ka, ao tika ho afa-po amy ty hanegne naho ty fihaminagne.[9]Hoe iareo ze
te ho lasa mpanan-karena le latsake agnate ty fakam-pagnahy ao, ao aganate ty fandrike. Tafilitse tagnate ty hadalagne
naho o filágne mampidi-doza tsiefa iareo, naho ka o ilae mandeteke o ndaty io amy ty faharavagne o naho ty
fandriganagne'o. [10]Satria foto o karazan-dratio iaby io ty fitiavam-bola. Ty ndaty ilae ze magniry zay le fa voavily
nisintake tamy ty finoagne le nitomboke ty vata iareo tamy ty fahoriagne bey[11]Fe ie rehe, ry lahilahin'Andrianagnahare,
milaisa o raha reo. Miezaha mipay ty fahamarignagne, ty toetra arake an'Andrianagnahare, ty fahatokisagne, ty
fitiavagne, ty faharetagne naho ty hasoam-pagnahy. [12]Mialia ty aly soa ty finoagne. Tazomo ty fiaignagne mandrakizay fa
ho am'izay ro hitokava'e azo. Izay le mahakasike ty nitsanganao tagnatreha o vavolombelogne tsiefa'o tamy ze soa.[13]Iraho
le magnome azo ze lily zay eto anoloan'Andrianagnahare, izay nahavy ty raha iaby ho velogne, le agnatreha i Kristy
Jesosy eo, i nirehake ty marigne tagnatreha i Pontio Pilato teo: [14]Ahajao soa ty lily, tsy manan-tsiny, mandra-boaha ty
Tompontika Jesosy Kristy.[15]Andrianagnahare le manoro ty fiboahae amy ty fotoagne tokoe ho ie_Andrianagnahare, i raike
ze nitahiegne, i hery tokagne, i Mpanjaka ze manjaka, nao i Tompo ze manapake. [16]Reke raike avao ro managne ty tsy
fahafatesagne le mitoboke amy ty hazavagne eo tsy azo hatognegne. Tsy misy olombelogne mahatrea aze na afake
magnete Aze. Ho aze ty volonahitse naho ty hery mandrakizay. Amena.[17]Rehafo ty mpanan-karena amin'izao tontolo zao
mba tsy hirehareha, le magnategna ty harena, ze tsy azo antoke. Fe ie ka, tokoe hagnantegna an'Andrianahare iareo.
Magnomey atika ty hareagne maregne iaby Reke mba hahafalifaly antika. [18]Rehafo iareo mba hanao ty soa, mba hanan-
kareagne amy ty asa soa, mba halala-tagnagne, le vognogne hizara. [19]Amy ze fomba zay, le hahaja iareo ty fehe soa hoe ty
vatae amy ze ho avy, ka hitazomae ty tena fiaignagne.[20]Ry Timoty, arovo ze natolotse azo. Sintaho ty rehake gege naho ty
fandresen-dahatse mifanohetse mahakasike ty fitokavagne diso ty amy ze atao toe fahalalagne. [21]Ty ndaty ilae le mitalily
ze raha zay ka le tsy nahatsiaro ty finoae iareo. Ho amareo anie ty fahasoavagne

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

# Titus

1 [1]Paoly, mpanompon' Andrinagnahare naho Apostoly i Jesosy Kristy, hagnamafe ty finoa ty ndaty jinobon'
Andrianagnahare naho ty fahafantaragne ty Tò ze magnarake ty toe-pagnahy arake an'Andrianagnahare,[2] ama ty
fahatokisagne ty fiaiganagne hatra amparae, nampitamaen'Andrianagnahare, i tsy mandagnitsey, tama ty fahagola.[3]
Tama ty fotoagne voatondro, le naboae tama ty hafatse i tsara natokisa'e hambarako'oy. Nataoko zay arake ty
lilin'Andrianagnahare Mpamonje antika' ay.[4]o ie Titosy, anake vata'e agnate ama ty finoagne hiombognantika.
Fahasoavagne naho fiadanagne avy aman' Andrianagnahare ie Rae naho i Jesosy Kristy Mpagnavotse antika.[5] Naho zo
sankagne zao ro nagnengako azo a Kreta agne, le ty mba hagnalignovako ze mbe tsy vita naho ty hanondro zoke ondaty
isan-tanagne arake ze fa nandiliako azo.[6]Ty zoke ondaty le hanan-kakeo vatae, valy ty ampela raike, managnanake mino
voampanga ho magnaram-po ama ty raty na marengerenge.[7] Mpaia ty mpiambegne, ama ty maha mpanompo ty asan'
Andrianagnahare, ty tsy fanagnankakeo. Tsy tokoe ho mafe rehake na hieboebo, tsy lia naly, ara tsy ondaty tea vola.[8]Fa ie,
toko'e hampiditse antragno reke, ragne ty fanjaka. Mahay tsy hanognonan-tegna, maregne, masigne, ara le mahamben-
tegna. Tokoe mitagne mafe ty hafatseze ze fa [9]nampianare'e, mba hahaia'e mampikepake ty hafa ama fampianaragne soa
naho hagnitsy iareo ze mandietse aze.[10]Fa lako ty ndaty mpitologne, loho tsie iareo voa savatse. Tsy misy haja'e ty reha
iareo. Mandiso fagnantenagne naho mitarike ty ndaty agne ama ty lalan-tsie iareo.[11] Paiagne ty manakagne iareo.
Magnanatse ty tsy toko'e hagnanaragne iareo mba hahazoan-kareagne maloto ara le mandrava ty fianakaviagne
manontolo.[12]Nisy raika tama iareo, ze lahilahy tsy magnahy iareo zay, le nirehake te ie: " Ze Kretana le mandagnitse hatra
amparae, raty ara le biby mandoza, maleme fo be feo."[13] Maregne ze rinehake zay, a naho izao anaro mafe iareo mba
hatanjake ama ty finoagne.[14]Ko andream-betsevetse ze talily ty Jiosy naho iareo lily ondaty ze nisintake ty
fahamarignagne.[15]Ho ei ze malio, le malio ze kila raha. Fa hoe iareo ze voaloto naho tsy mino ka, le tsy malio ndre ia ndre
ia. Lehe ty saigne naho ty vetsevetse ro voaloto. [16]Miantoke ty fahianan' Andrianagnahare iareo, fe ie mandietse Aze ama
ty asa'e. Heje'e handika ty lily iareo. Tsy mahavita asa soa na inogne na inogne.

2 [1]Fe ie rehe, magnambarà ze mifagnarake amy ty fampianaragne maregne. [2]O lahilahy fa nahazo taogne reo le tsy
maintsy mahay miaigne, hendre, mahay mampionogne ty tegna'e, matanjake amy ty finoagne, amy ty fiteavagne, naho
amy ty faharetagne.[3]Le manao hoe'izay ka o ampela fa nahazo taogne reo le toko'e haneho avao ty tegna'iareo te soa
fiaignagne, fa tsy mpitsiko. Tsy toko'e hoandevoze ty divay bey iareo. Toko'e hampianatse ze soa iareo [4]mba
hampiofagnagne ze ampela tanora ho tea vata'e ty valy aman'ana'e manokagne. [5]Toko'e hampianatse iareo hampionogne
ty tegna'e, halio, hikarakara soa ty tokantragno, naho le hagneke ty vali'e iareo. Toko'e hanao ze raha iaby zay iareo mba
tsy ho voatsikike ty saontsin'Andrianagnahare.[6]Le manahake zay, ampaherezo ze lahilahy mbe tanora reo mba
hampinogne ty tegna'e. [7]Ami'ze fomba iaby le atorò ty vata'o ho modely asa soa reo; naho fa mampianatse rehe, le
manehoa fahitsiagne naho fahamendrehagne. [8]Mirehafa hafatse salama naho tsy misy tahigne, mba himegnara ze
manohitse ndre ia ndre ia, satria tsy managne ndre ino ndre ino raty ho rehefigne momba antika reke.[9]Ze mpanompo le
toko'e hagneke ty tompo'e ami'ze kila raha iaby. Le hanao ze sitrapo'e fa tsy ndra hiale ama'e. [10]Tsy toko'e hangalangalatse
iareo. Fe ie ka, le toko'e hanoro ty finoagne soa iaby iareo, mba hahamendreke ty fampianarantika momba
an'Andrianagnahare mpamonjy antika amy ty lafy ze raha iaby.[11]Fe ie fa niseho tami'ty o ndaty iaby ty
fahasoavan'Andrianagnahare. Mampianatse antika handietse ty fomba tsy arake[12] an'Andrianagnahare naho ty filà ty
tane toy zay. Mampianatse antika hiaigne am-pionognagne, am-pahamaregnagne, naho ty arake ty
lalan'Andrianagnahare ami'ze fotoagne zao zay [13]am-pandignisantika mafe ze handrambesantika ty fanantenagne soa, ty
fisehoa'ty volonahe'i Andrianagnahare bey naho i Mpamonjy Jesosy Kristy.[14]Jesosy le nagnome ty tegna'e ho antika mba
hagnavotse antika hiala ami'ty tsy fagnarahan-dily iaby naho handiovagne, hoey ty tegna'e, ndaty raike manokagne ze
mazoto vata'e ty hanao asa soa.[15]Ambarao naho indeso am-paherezagne o raha reo. Magnomeza fahitsiagne ami'ze
fahefagne iaby. Ko magneke hatao'o ndaty tsinontsinogne rehe.

3 [1]Ampaherezo iareo hagneke i mpandily naho iareo manam-pahefagne, hagneke iareo, ho vognogne amy ty asa soa aby.
[2] Ampitsiarovo iareo tsy hagnambane ndre ia ia, hisintake amy ty aly hevetse, hagnenga ty ila'e hagnorike ty lala'e, le
hanoro fiambaneagne amy ty ndaty aby.[3]Fa taloha ty vatantika mbe tsy naharendre-draha le tsy nagneke. Voatarike tamy
ty lalagne tsie tika le nandevoze ty filagne naho ty fahafinaretagne sambe hafa. Nivelogne tagnate ty faharatiagne naho ty
fialognagne tika. Tsy niteagne zahay le tsy nifankatea tika.[4]Fa naho niboake ty hasoavam-pagnahin'Andriagnanahare
hamonje antika naho ty fiteava'e ty olombelogne, [5]le tsy tamy ty asa ty fahamarignagne natontika zay, fa tamy ty
famindra-po'e ro namonjea'e antika. I reke le namonje antika tamy ty alala ty fagnaliovagne ty fahaterahagne vaovao
naho ty fagnavaozagne tamy ty Fagnahy Masigne.[6]Andriagnanahare nandrotsake tamantika ty Fagnahy Masigne tamy ty
alala i Jesosy Kristy Mpamonje antika.[7] Nata'e zay mba, mba hovoamaregne tamy ty fitahiagne, le toe lasa mpandova tika
amy ty alala ty fahatokisagne ty fiaignagne hatrampara'e.[8]Ze hafatse zay le magneva atokisagne. Teako hirehake moba ze
raha zay am-patokisagne nareo, mba iareo ze matoky an'Andriagnanahare le hametsevetse hanao o asa soa ze fa nafe'e
tam'iareo eo. Ze raha zay le soa ro mahasoa hoe ze ndaty abike.[9]Isintaho ty aly hevetse gege naho ty tantaran-drazagne le
ty fifandieragne naho ty aly mahakasike ty lily. Ze raha zay le raha tsy misy dika'e naho tsy mahasoa.[10] Mandietse ze ndaty
aby miterake fizarazaragne agnivo'areo eo, afara ty fameperagne indraike na indroe, [11]le hai'o fa ty ndaty manahake zay

le nisintake tamy ty lalagne maregne le mana-kakeo naho le magnameloke ty vata'e.[12]Naho fa magnirake i Artema ndra i
Tykiko ama'areo agne raho, le ko manao ela le mandehana amako à Nikopolia agne, i nanampahako hevetse
handaniagne ty andro manintsigne. [13]Ko manao ela le alefaso Zena, i mpahay lily, le i Apolosy, mba tsy hisy raha
hanahiragne aze iareo.[14]Ty ndatitikagne le tsy maintsy mianatse manao asa soa ze ilaigne meke mba tsy hahavy iareo tsy
hamokatse.[15]Iareo aby ze mindre amako le manao veloma anareo. Magnombarà iareo ze tea antika amy ty finoagne.
Lonike ho ama'areo aby ty fitahiagne.

# Philemon

## 1

[1]Paoly, gadra i Jesosy Kristy, naho ty roahalahe Timoty hoey i Filemona, ragnetse mami'ay naho mpindre-miasa ama'ay, [2]le
hoey i Apia anabave'ay, naho Arkipo miaramila, ragne'ay, le hoey ty fiangonagne ze mivavake an-tragno'o ao. [3]Lonike ho
ama'areo fitahiantsoa naho ty fiadanagne boak'amin'Andrianagnahare Raentika naho Jesosy Kristy Tompo.[4]Misaotse ty
Andrianagnahareko lomognandro raho. [5]Manognogn'azo raho amy ty fivavahako. Fa naharey ty amy ty fitiavagne naho ty
finoagne ze anagna'o am'i Jesosy Tompo ao le hoey ze mpino iaby raho. [6]Mivavake raho mba hahavy ty fiombonagne amy
ty finoa'o ho tanterake amy fahafantaragne ze kila raha soa ze amantikagn'eo ao am'i Kristy. [7]Fa nanagne fifaleagne naho
finoagne jabajaba raho naho'ty fiteava'o, satria ty fo iareo mpino le nivelombelomegne tamy ty alala'o, roahalahe.[8]Naho
izay, ndra te ie managne ze kila fahasahiagne am'i Kristy ao aza raho handidy azo mba hanao ze toko'e hatao'o, [9]nefa
naho'ty fiteavagne, le mitoka azo raho, izaho,Paoly, lahilahy antetse, le henanik'izao gadra hoey i Jesosy Kristy.
[10]Mangatake azo raho ty amy i anako ONesimosy'i, i nasamako tamy ty fijaleako. [11]Fa i reke tsy nahasoa azo taloha teo, fe
henanik'izao reke le mahafanjaka azo naho iraho. [12]Nampandehaneko hiheregne ho ama'o agne reke, ireke ro ikokoako
vata'e. [13]Magniry ty hitagne aze hindre amako raho, mba hahafaha'e manompo ahike ho azo, naho mbe voafehe naho ty
talily soa raho.[14]Nefa tsy te hanao ndre ino ndre ino naho tsy misy ty fagnekea'o raho. Tsy teako ho an-teretere ty asa soa
ata'o faty zoto'o. [15]Va'e naho izay ro nisaraha'e tama'o agnate ty fotoagne fohe, mbe hanagna'o aze hatram-para'e. [16]Tsy ho
andevo sasa reke, fa soa milikoatse naho ty andevo, le roahalahe mame. Ireke ro teako vata'e naho amako, le mihoatse
lavitse ho azo, ndre amy ty nofo ao ndre amy ty Tompo ao.[17]Le naho managne ahy ho mpindre-miasa rehe, le rambeso
manahake ahy reke. [18]Naho manao ty tsy mete reke na mitrosa ndre ino ndre ino ama'o , le ataovo ho ahy zay. Iraho,
Paoly, manoratse zao amy ty tagnako: [19]Iraho ty handoa ama'o. Tsy mirehake ama'o te hoe mitrosa ty vata'o amako rehe.
[20]Einka, ty roahalahe, ataovo mahazo tombo'e am'i Tompo ao raho; omeo fitsaharagne ty foko am'i Kristy ao.[21]Ty toky
momba ty fagnekea'o, ro soreteko ho azo. Fantako te hanao milikoatse naho ze angataheko rehe. [22]Agnate ze fotoagne zay
avao, fafao i tragno mpisy vahinÿ, fa magnantegna raho fa amy ty alala'ty vavake natao'o le haheregne ama'o ndraike
raho.[23]Epafra, ragneko mpindre-gadra am'i Jesosy Kristy ao, manao veloma azo. [24]Le manahak'izay ka ty Marka, Aristarko,
Demasy naho i Lioka, mpindre-miasa amako. [25]Lonike ho amy ty fagnahi'areo ty fitahiantsoa i Jesosy Kristy Tompontika.
Amena.

# Hebrews

1 [1]Taolo ela bey ty Andrianañahare le nitsara amy ty razambeintika tamy alala ty mpitoky tañate ty fotoañe maro naho
tamy ty fomba maro.[2] Fa amy zo andro farae zao, le nitsra amantika tamy alala ty Anadahie Reke, le ie tinondro ho
mpandova ze kila raha. Tamy alala e avao ka ro namboaran' Andrianañahare ze hene raha.[3] Ie ro fangirangirata ty
volonahin' Andrianañahare, naho le ty sare ty fañovae vatae. Ndra ze raha iaby aza le tanae hindre amae amy ty lala ty
hery ty saontsie. Tafara ty nañaliovae hakeo, le niambesatse ambane ty fitan-kavana ty Bey ambone añe Reke.[4]Nanjare
ambone manahake iareo anjely Reke, satria ty añarañe linovae le fanjaka mandako ty añara iareo. [5]Ia amy iareo anjely ro
mba nitsaràn' Andrianañahare te: "Anako rehe, Raeo Raho te anito" navaho tihoe te: "Ho Rae ho Aze Raho, naho le ho
anake ho Ahy Reke"?[6]À naho, fa ninday ty bakotokae amy ty tane toy eto ty Andrianañahare, le nisaontsy Reke te: "Ze
anjelin' Andrianañahare aby le mahay tsy nanandratse Aze."[7] Momba iareo anjely le nitsara Reke te ie: "Ie raike manao
iareo anjely ho fañahy io, naho le natao e lelan' afo iareo mpanompoe."[8]Ty momba ty Anake le izao ty natao e: "Ty seza
fanjakào, Andrianañahare, le mandrakezay naho le ho doria. Ty kobay ty fanjakào le kobaim-pintsaràñe.[9] Niteao ty
fahamareñañe naho le tsy nizoto o ty fandikañe ty lily. Manao izay ty Andrianañahare, Andrianañahareko, le nañosotse
Azo tamy ty menan-kafaleañe mandako iareo mpiñori-dia Azo.[10]"Namototse am-boalohae, Rañandria, Ihe ro namoroñe ty
foto ty tane toy. Namboareo aby lanitseo. Ho veloñe iareo, Ihe ro hanohy.[11] Ho riatse manahake tsorodea ao iareo.
[12]Haforeo manahake o akanjo iareo, navaho le hovaeo manahake pote-tsorodeao iareo. Fa ihe le manahake izay, navaho
ty tao o le tsy hanam-piafarañe."[13]Ia amy iareo anjely ro nitsaràn' Andrianañahare tamy ty andro te: "Toboha an-
kavanako eo mandra-panoako ze fahavalo o ho seza hoe ey ty tombo o"? [14]O vao iareo anjely aby io tsy fañahy
mpanompo, naho le vinotsotse hiambeñe iareo ze handova ty famonjeañe?

2 [1]Manao izay tika le mahay tsy miambeñe vatae ze nireintika, mba tsy hañorike rano bey amizay tika.[2]Fa naho mareñe
ty hafatse natalilie tamy alala ty anjely, naho ty fandikañe ze hene ty lily naho ty tsy fañorihañe le handrae saze ara-
drare e, [3]akore ty hahaiantika milay naho tsy raharahaen-tika ze famonjeam-bey zay? Io ro famonjeañe natalilin'
Andriatompo voalohae naho te le nihamafe iareo naharey aze aman-tika. [4]Tamy o andro avao le niporofoen'

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

Andrianañahare tamy ty famantarañe, fahagagañe, navaho asa mahery sambe hafa, naho tamy ty fizara iareo
fañomeam-pahasoava ty Fañahy Masiñe arake ze zotoe.[5]Fe ie tsy boake ty anjely ro nampañorihen' Andrianañahare ze
kila raha ho avy, momba ty tsaraentika. [6]Fe ie, nisy ndaty nitsangañe ho voavolombeloñe amizay ty tañe, manao izao te:
"Ino ty ndaty, ro vetsevetseo? Ndra ty tirin'olombeloñe, ro hotoroñeo?[7]Manao ndaty io ho ambane mandako ty anjely
niheo; nisatroheo satro-bininahitse tamy ty laza naho ty volonahitse reke. [Fañamareñañe: Ty dikan-drehake taolo le
mitovoñe tihoe te: "Naho le Ihe ro nampiambesatse aze ambone ty asa ty fitao."] [8]Ze raha iaby le nampañekeo ambane ty
fandia eo." Fe ie ho aze ro nampañeken' Andrianañahare ze kila raha. Fe ie henaneo tika le mbe liae naho nahatrea ty
raha nampañeke e aze.[9]Fa itika mahatrea ty raike natao e ambane mandako iareo anjely tañate ty andro tsy ampe: Jesosy,
izay, naho ty fijaleae navaho ty havilasie, le nisanatroke sabaka-bolinahitse tamy ty laza naho ty volonahitse. Tamy ty
alala ty fahasoavan' Andrianañahare te anito, ro nañoharae ty fahavilasiañe ho ey ty ndaty toy aby. [10]Fe ie mete amin'
Andrianañahare zay, fa kila raha le misy ho Aze naho le tamy ty alalae, mba hinday anake tsiefa ho amy ty volonahitse
añe. Zotoe ty hahavy ty mpitarike famonjeañe hoe iareo feno amy ty alala ty fijaleae.[11]Fa ze ndaty mañamasine navaho
iareo ze hamasiñeñe le manañe loharano raike. Manao izay le tsy meñatse ty mitoka iareo ho rahalahy Reke. [12]Izao ty
natao te: "Hañambara ty tahinao amy iareo rahalahiko Raho, hihira ty momba Azo iaby añate ty fivoriañe ao
Raho."[13]Naho le, "Hatoky Aze Raho." Naho le: "Ingo, eto Raho navaho iareo anake nomein' Andrianañahare Ahy." [14]Manao
izay, satria nofotse naho lio iareo anak'Andrianañahare, le nizara raha manahake izay nindre amae iareo naho le tama
iareo ka ty Jesosy, mba ho amy ty alala ty havilasy ro hamoañae ty hery ty fahavilasiañe, le ry rekoko zay. [15]Izay le ty mba
hahafaha iareo aby manao izay ty tahotse ty havilasy le niaiñe ty fiaiña iareo iaby iareo tamy ty fañandevoañe.[16]Fe ie
mazava fa tsy iareo anjely ro vinonje e; fa , ze tarira i Abrahama. [17]Manao izay le mañeva Aze ty hatao manahake iareo
rahalahy e amy ze fomba iaby, mba ho mpisorombey feno fahatokisañe naho famindrañe arofo Reke amy ty
fifankahazoañe amy iareo raha Nañahare, naho le mba hinday momba famotsoran-kakeo ze ndaty.[18] Satria Jesosy ro
nijale naho nalaem-pañahy, le afake mañampe iareo ze alaem-pañahy Reke.

3 [1]Manao izay, ry rahalahy masiñe, nizara ty kanjy ty lañitse nareo. Vetsevetseo ty momba i Jesosy, ty apostoly navaho ty
mpisorombey ekentika.[2] Natoky an' Andrianañahare Reke, izay ty nanondro Aze, manahake i Mosesy natoky
tañanjomba Nañahare ao ka.[3] Fa Jesosy le fa rinae e fañeva ty volonahitse bey mandako Mosesy, fa ze nañoren-traño anio
ro manan-kaja bey te zay trañoy.[4] Fa ze hene traño le nisy ndaty mpañoreñe aby, fa ty raike nañoreñe ze kila raha le
Andrianañahare.[5]Amy ty falie raike, Mosesy le natokisañe nanahake ty mpanompo tañanjomban' Andrianañahare ao
iaby. Ie ro voavolombeloñe momba ze raha tokoe fa namabarae amy ty ho avy.[6] Fa Kristy ro Anake mandily ty Anjomba
Andriatompo. Itika ro Anjomba e naho toe mitañe mafe ty herim-po navaho ty fatokisantika tika.[7]Manao izay, izay le
manahake ty natalily ty Fañahy Masiñe te: "Naho maharey ty fiarañanae nareo te anito [8]le ko mañamafe ty fo areo
manahake amy ty fialiañe, amy ty fotoañe fitsohan-kevetse amontoñe añe.[9]Manao izay ty razambeiareo naho fa nialy
tamy alala ty fitsohan-kevetse Ahy, à naho fa, tañate ty efapolo taoñe, le niony iareo ty asako.[10] Manao izay le tsy fale amy
ty tarira io Raho.[11] Manao izao ty Ataoko te: "Iareo le voatarike lomoñandro amy ty lalan-tsie am-po ao. Tsy nahafantatse
ty lalako iareo. Manahake izay ro namerako tamy ty haboseko te: "Tsy hizilike amy ty fitsarako añe ndra ombia ombia
iareo."[12]Miambena, ry rahalahy, mba tsy hisy ndra raike amareo ro hanañe fo raty ty tsy finoañe, fo misitake amin'
Andrianañahare veloñe. [13]Fe ie, mifampisafiria lomoñandro, naho mbe misy atao tihoe key te: "Anito", mba tsy hisy ama
areo ty ho mafe fo amy ty alala ty famitaha ty haota.[14]Fa itika le manjara miharo asa amy i Kristy naho toe mitañe mafe ty
fatokisantika Aze mboaka amboalohae le hatra amparae.[15] Fa ty momba izay le fa nambara te ie: "Naho maharey ty feo
nareo, te anito, le ko mafeseñe manahake ty amy aly io ty fo areo."[16]Ia ty fa naharey an' Andrianañahare naho le ny nialy?
O tsy iareo niakatse hirike Egypte añe aby tamy ty alala Mosesy vao 'zao?[17] Ia ty nahaboseke aze tañate ty efapolo taoñe?
Tsy ze niota vao, navaho iareo ze nitonta amontoñe añe ty fate e? [18]Ho ania ro fitantàe fa tsy hizilike amy ty fitsarañe ao
iareo, naho tsy ho ey iareo tsy niantoke Aze?[19] Onintika fa tsy afake hizilike amy ty fitsarañe ao iareo noho ty tsy finoae.

4 [1]Manao izay, miambena soa tika mba tsy hisy amareo tsy ho afake hahatratratse ty saontsy nampintamaeñe nengañe
ho anareo hiziliha areo amy ty ty fitsaràn' Andrianañahare. [2]Fa itika le nañambarañe ty talily soa manahake iareo. Ze
hafatse zay le tsy misy vokae ho ey iareo ty tsy hitraofae tamy ty finoañe nindre amy iareo niantoke. (Fañamarihañe: Ty
dikan-drehake ilae le vakieñe manao tihoe te: " Fe ie ze hafatse zay le tsy nisy hoe ze naharey aze tamy ty tsy finoañe.")[3]Fa
iitka mino aze le hizilike amy ze fitofañe zay ao, manahake ty fa natalilie te ie: "Manahake ty niaiñako to tamy ty
habosehako, le tsy hizilike ze ombia ombia amy ty fitsarako iareo. Fe ie ndre izay aza, ty asa famoroñañe le nivita tamy ty
fañamboarañe ze kila tane.[4] Fa ireke mitsara ty momba ty andro faha fito te: "Tamy ty andro faha fito ty Andrianañahare
le nitofa tamy ze raha natao e." [5]Naho le mbe nisaontsy ka reke te: "Ndre ombia ombia iareo tsy hiditse amy ty
fotofako."[6]Manao izay, mboe tsy voatokañe hoe ty ilae ty fidirañe amy ty fitofañe ao, naho le maro iareo Isaraelita
naharey ty talily soa tsy niditse ao noho ty tsy fiantofae, [7]le nametrake andro raike indraike le natao tihoe: "Anito"
Andrianañahare. Tafara ty andro maro, le nisaontsy tamy ty alala i Davida Reke, manahake ty fa sinaontsie miolo te:
"Naho maharey ty feo e nareo te anito, le ko hamafeñe ty fo areo."[8]Fa naho Josoa ro nañomey fitofañe iareo, le tsy
nisaontsy momba ty andro raike hafa ty Andriatompo. [9]Manao izay le mboe misy sabata fitofañe voatokañe ho ey ze
ndatin' Andrianañahare. [10]Fa ze mizilike amy ty fitofan' Andrianañahare ao le mitofa amy ty asae ka, manahake ty natao i
Andriatompo tamy ty Aze. [11]Manao izay asao tika hazoto hiditse amy ze fitofañe zay, mba tsy hisy ndre ie raike
hitandatsake amy ty karaza ty tsy fiantofañe ze atao iareo.[12]Fa ty saontsin' Andrianañahare le veloñe navaho masiñe naho

le masioñe mandako ty mesa roe lela. Izay le mitomboke hatra amy fanarahañe ty aie amy ty fañahy, navaho toñoñe amy
ty tsoe vatae aza. Le afake fantareñe ty vetsevetse ty arofoe navaho ze tea hatao. [13]Tsy nisy famoroñañe nietake ty
tañatrehan' Andrianañahare eo. Fe ie ze raha iaby le mijehejehe naho le mivoha amaso ze raike mahay tsy
hampañakarentika zay eo.[14]Manao izay, satria toe manañe mpisorombey tika naho le niheo andindimoneñe añe, Jesosy
Anak'Andrianañahare, le ndao tika hipiteke mafe amy ty finoantika. [15]Fa itika le manañe mpisorombey naho le tsy
nahafantatse ty hiferenaiñe amy ty fahalemeantika. Fe ie, manañe ndaty raike tika fa nitsohen-kevetse tamy ty fomba
iaby manahake antika, fe ie tsy manankakeo Reke.[16] Andao areke tika handeha amy ty fatokiañe ho amy ty seza
fiandriana ty fahasoavañe, mba handraesantika ty famindram-po naho hahatrea ty hañampe amy ty andro ipaiañe aze.

5 [1]Fa ze mpisorombey aby, finily ty ndaty, le tinondro mba hiasa amy ty añara ondaty amy ze raha momba an'
Andrianañahare, le mba nanolorae fañomezañe navaho fañatetse ho ey ty hakeo.[2] Afake mifañarake mora Reke amy ty
tsy mahafantatse navaho ze mahery vatae satria ty ireke ambatae avao le voalily ty fahalemeañe. [3]Manao izay, ie avao ka
ty tinake hanolotse soroñe ho ey ze hakeo e irerike, manahake ty natao e hoe ty hakeo ondaty.[4]Tsy ho aze ambate ro
handrambesa ty ndaty ze volonahitse zay. Fe ie, kinanjin' Andrianañahare reke, manahake i Arona.[5] Le manao izay avao,
Kristy tsy mboe liae nañomey hasiñe ty vatae tamy ty nifanoae ty vatae ho mpisorombey. Fe ie, ze raike nisaontsy amae
zay ro nitsara te: "Anako Rehe; Ho Raeo Raho te anito."[6]Hoe izay avao ka ro natalilie tamy ty toerañe hafa te: "Mpisoroñe
tsy tampetampetse Rehe arake ty fomba i Melkizedeka."[7]Tañate ty andro nofoe, Kristy nanolotse vavake navaho
fangatahañe niharo tamy ty koike mafe naho ranom-pihaino an' Andrianañahare, ze raike afake nandrombake Aze zay
tamy ty havilasy. Rey Reke naho ty tañie. [8]Ndre ie anake aza Reke, niana-dahatse tamy ze raha niaretae.[9]Natao ho
nivañoñe Reke le niavy, ho ey ze ndaty miantoke Aze, ifotora ty fakonjeañe tsy tampetampetse.[10] Le tinondron'
Andrianañahare manahake mpisorombey io Reke arake ty fomba i Melkizedeka. [11]Manan-katalily tsiefa momba i Jesosy
zahay, fa sarotse ty mañazava izay hatra amy ty naha-lalovañe ty ravembia areo.[12]Fa henane zao le tokoe ho mpañanatse
nareo, inareo le mbe mipay ndaty hampianatse anareo ty foto ty lily nahafan' Andrianañahare. Ronono ro paia areo, fa
tsy venten-kaneñe! [13]Fa ze ndaty minon-drònono ririe le tsy ampe hilala amy ty hafa ty fahamareñañe, fa toe mboe nikede
reke. [14]Fa ty vente-mahakama le ho ey ze bey. Iareo le niofañeñe tamy ty fañavahañe ty soa amy ty raty ty hilalae navaho
ty habey iareo.

6 [1]Manao izay, ndao hadòn-tika ty nifotora ty hafa i Kristy le hiditse amy fahavañonañe. Ndao tika tsy hañenga indraike
ty foto ty fañaliovan-kakeo noho tsy asa ty vilasy navaho ty finoañe an' Andrianañahare,[2] na ty foto ty fampianarañe
momba ty batisa, ty fametrahan-tañañe, ty fivañonam-belo ze ndaty nivilasy, navaho ty fitsarañe mandrakezay.[3] Hanao
izay avao ka tika naho apon' Andrianañahare.[4]Fe ie tsy hay atao ho iareo ze fa nañazavane indraike izay, ze nañohatse ty
fañomezañe hirike an-dañitse añe, ze ndrae ty Fañahy Masiñe,[5] naho ze nañandrañe ty saontsy soan' Andrianañahare
navaho ze hery ty toñon-taoñe ho avy,[6] fe ie avy eo le tonta--- tsy hay ty hañereñe iareo amy fibebahañe indraike. Izay le
vinono iareo ho ey teña iareo indraike ty Anak' Andrianañahare, naho le nafahae baraka ampo ty maro ao.[7]Fa ze tane
mitroke ty orañe matete-piavy amizay, navaho ze mahavokatse ze raha mitiry paia ty ndaty niasa tane--- io ro tane
nandrae fitahiañe biake aman' Andrianañahare.[8] Fa naho mahavokatse fatike zay, le tsy misy ipaiañe aze naho le fa añila
fañozoñañe. Hiretse ty hiafara izay.[9]Fa izahay le miantoke ze raha fanjaka vatae momba anareo, ry longo mamy, ze raha
momba ty fakonjeañe, ndre ie nirehake manahake izay aza zahay. [10]Fa toe tsy mba tsy mareñe ty Andrianañahare naho
hahaliño ty asa areo navaho ty hatea natoroe anareo noho ty tahinae, fa toe mpanompo ty mpino nareo naho le mbe ho
mpanompo iareo hatrañe.[11]Mañiry mafe zahay ty mba haharey fahazotoañe manahake izay hatram-parae kiraidraike
amareo ho anto ty fahatokisañe feno. [12]Izay le ty mba tsy hanjarea areo kamo, fa ho mpitsokombe iareo mandova
fampitamaeñe amy ty finoañe naho ty faharetañe.[13]Fa nampitamaen' Andrianañahare ty Abrahama, le nitatae tamy ty
Teñae Reke, naho fa tsy niafake nitata tamy ty ndaty bey vatae.[14] Le tihoe ty Natao: "Hitahy azo vatae Raho, naho le
hahamaro azo." [15]Tamy ze fomba zay, le nahazo ze nampitamaeñe aze tafa ty nandiñisae tamy ty faharetañe ty
Abrahama.[16]Fa ze ndaty le mampitata amy ndaty bey vatae mandako vatae iareo. Isake ty tampetse ty fanointoy iareo, le
misy fañekeañe raike natao ho fañamafeañe. [17]Naho fa nanampa-kevetse ty hampiboake mazava tamy iareo mpandova ty
fampitamaeñe ty tsy fiova ty hasoa ty kendren' Andrianañahare, le nimeie antoke tamy ty fañekeañe zay. [18]Nanao izay
Reke mba ho amy ty alala ty raha azo ovañe roe--- ze tsy hain' Andrianañahare ty handañitse amizay--- le hanañe
fampiononañe mafe mba hitanañe mafe ty fatokiañe napetrake alohantika eo, tika, ze nilay mba hanañe fialofañe.
[19]Manañe ze toky zay tika ho fiaro naho vatofantsike hay iatoañe ho ey ty fañahintika, fatokiañe miditse ampo ty
fitoerañe añate e amboho ty lamba ao. [20]Nizilike tamy ze fitoerañe zay ao ty Jesosy ho mpiaolo lalañe antika, le hanjare
mpisorombey mandrakezay mañorike ty fomba ty Melkizedeka.

7 [1]Melkizedeka zao, mpanjaka i Salema, mpisoro Andriatompo andindimoneñe añe, le nifalaka amy Abrahama naho fa
nibalike boake nahalavo ty mpanjaka naho le nitahy aze. [2]Ie ty nitoloran' Andrianañahare ty ampahafolo ze kila raha.
Ze anarañe tihoe te: "Melkizedeka" le midika te ie: "mpanjaka ty fahamareñañe." Ty añarae ilae le: "mpanjaka i Salema,"
izay le: "mpanjaka ty fiadanañe."[3] Tsy manan-drae, tsy manan-drene Reke, tsy manan-drazañe, naho le tsy manañe
fiantomba ty andro navaho tsy manañe fiafaran-kaveloñe. Fe ie, mira amy Anak' Andrianañahare reke, satria mitoetse ho
mpisoroñe mandrakezay.[4]Heteo ty habey lahio. Ty razambeintika Abrahama le nañomey ty ampahafolo ze raha niazoe
tamy ty aly.[5] Amy ty lafie raike, ze anadahy ty Levy minday fisoroñañe zay le manandily boake amy ty lily mba hamory ty

ampahafolon-kareañe boake amo ndaty io, izay le, hirike amy iareo rahalahie , ndre izay aza iareo, avao ka, le boake amy
ty vata i Abrahama.[6] Fa amy ty lafie raike, Melkizedeka, tsy voasoritse boake amy iareo tarirae añe, le nandrae ty
ampahafolon-kareañe hirike amy Abrahama, naho le naniperano aze, ze raike manañe fampitamaeñe zay.[7]Tsy misy
fandierañe fa ze ndaty ambane vatae le omea ze ndaty ambone vatae tsiperano. [8]Amy ze raha zay, ze ndaty mete mate le
mandrae ampahafolon-kareañe, fa amy ty raha raike toy le voaporofo fa mbe veloñe reke. [9]Naho, amy ty fomba firehafa,
Levy, ze ndrae ampahafolon-kareañe, le mandoa ampahafolon-kareañe amy ty alala i Abrahama ka,[10] satria Levy le
tañate ty teña ty razambey ao naho fa nifalaka amy Abrahama ty Melkizedeka.[11]Henaneo naho azo atao amy ty alala ty
fisoroñañe levetika ty fahalefesae (fa tambane izay ao le ndaty nandrae ty lily), le fipaiañe bey vatae ino ty raha nisy ho
ey ty mpisoroñe ilae hitsangañe arake ty fomba i Melkizedeka, naho le tsy raeseñe arake ty fomba i Arona? [12]Fa naho
niovàñe ty fisoroñañe, le mahay tsy hovàñe ka ty lily.[13]Fa ze raike mitalily ty momba raha reo le ey ty foko ilae, naho le tsy
misy ndaty mpanompo vatae ty amy alitara.[14] Fa mazava henaneo, fa boake amy Joda ro nisamahan-dRañandriantika,
foko ze tsy nañambara i Mosesy vatae ty momba iareo mpisoroñe.[15]Ze volañentika le fa mazava naho misy mpisoroñe
hafa mitsangañe amy ty talinjo Melkizedeka.[16] Tsy boake amy ty nifotora ty lily ty tarira ty nofotse ro nahavy aze ho
mpisoroñe, fe ie hirike tamy ty nifotora ty hery ty fiaiñañe tsy mete rava.[17] Fa ty Soratse Masiñe le nitsangañe ho
voavolombelogne momba aze te: "Ihe le mpisoroñe mandrakezay arake ty fomba i Melkizedeka.[18]Fa nisy fañafoañañe ty
lily taolo satria naleme tsy nisy antoe. Fa tsy nisy raha natao ty lily ho fanjaka. [19]Mone izao, tsy misy fampidirañe
fahatokisañe soa vatae ho ey ze avy hiharineantika an' Andrianañahare.[20]Tsy niboake zay naho tsy nisy fandraesañe
titike. Amy ty lafie raike, iareo ilae le nanjare mpisoroñe tsy nipay fititihañe. [21]Fa amy ty lafie raike ilae ka, ty raike toy,
Jesosy, le nanjare mpisoroñe tamy ty alala ty fanitike natao ze nitalily amae te: "Andriatompo le nititike naho tsy hiova
amy ty lahae te: "Mpisoroñe mandrakezay Rehe."[22]Tamy ty alala izay avao ka Jesosy ro nañomey antoke ty fañekeañe ho
mpilongo soa vatae. [23]Amy lafie raike, lako ty nanjare mpisoroñe satria o havilasy io ro nanakañe iareo hanohy aze. [24]Amy
ty lafie raike hafa, satria ty Jesosy nitoetse mandrakezay, le manañe fisoroñañe tsy tampetampetse Reke.[25]Manao izay ie
avao le afake mandrombake vatae ze miharine an' Andrianañahare amy ty alalae, satria reke le miaiñe avao mba
hañelañelañe ho ey iareo.[26] Fa ty mpisorombey manahake izay le mete ho antika. Tsy manan-kakeo reke, manan-
tahiñe, malio, navahane tamy iareo behakeo, naho le nanjare ambone mandako lañitsey.[27]Tsy mipay reke, tsy manahake
iareo mpisorombey, manao soroñe lomoñandro, ty voalohae ho ey iareo behakeo irerike, naho fa avy eo ho ey iareo
hakeo ondaty. Fa nanao izay indraike ho ey ty maro reke, naho fa nitolo-batañe. [28]Fa ty lily manondro ty ndaty ze manam-
pahalemeañe ho mpisorombey. Fa ty tsarae ty fititihañe, ze niavy tafara ty lily, le nanondro Anadahie, naho le natao
fanjaka mandrakezay.

8 [1]Izao ty foto ty raha tsarae: Manañe mpisorombey tika naho le niambesatse ankavana ty fità ty seza fiandriana ty bey
volonahitse an-dañitse añe.[2] Mpanompo an-toera masiñe ao Reke, naho le tabernakely mareñe ei Andriatompo, fa tsy
ndaty, ro namoroñe aze.[3]Fa ze mpisorombey aby le tinondro hanolotse fañomezañe naho soroñe. Manao izay le paiañe ty
manan-draha hatolotse. [4]À naho tantane etoy ty Kristy, le toe tsy ho ny mpisoroñe Reke, satria misy ka ty manolotse
fañomezañe arake ty lily. [5]Iareo le mpanompo amy tabernakely ao sare navaho talinjo ze raha an-dañitse añe. Izay le
manahake ty nandraran' Andrianañahare i Mosesy naho vaho hamboatse tabernakely reke: Izao ty nataon'
Andrianañahare te: "Henteo mba hatao o arake ty fañe e fa natoro azo tambonevohitse ey ze kila raha.[6]Fa henaneo Kristy
le nandrae asa fanompoañe fanjaka lavitse. Izay le noho reke ndaty aivo avao ka amy ty fanitike soa vatae, naho le
mifotose amy ty fampitamaeñe fanjaka vatae.[7] Fa naho tsy nanan-kadisoañe ze fanitike voalohae zay, le tsy nisy nipaoke
ty fanitike faha roe.[8]Fa naho fa nahaonin-kadisoañe tama ondaty ty Andrianañahare, le tihoe ty nanao te: "Ingo, ho avy ty
andro---hoe ty Andriatompo---naho fa hanao fanitike vao amy ty foko Israely naho ty fokofoko Joda Raho. [9]Le tsy
hanahake ty fanitike nataoko nindre amy ty raza iareo tamy ty andro nindesako iareo amy ty tañae hisintake boake amy
ze tane atao Egypta zao. Fa iareo le tsy nitoetse tamy ty fanitike Nataoko, naho Izaho le tsy niambeñe iareo---hoe ty
Andriatompo.[10]Izao ty fanitike hataoko amy ty foko Israely afara ze andro zay---hoe ty Andriatompo. Hatao an-tsay iareo
ao ty liliko, naho le ho sorateko am-po iareo ao ka zay. Ho Andrianañahare iareo Raho, naho le ho ndatiko ka iareo.[11]Tsy
hampianatse ty mpiharo tanañe naho ty rahalahie aby iareo, hitalily te: "Fantako ty Andriatompo." Le hahafantatse Ahy
ze ndaty, boake amy ty kede vatae naho le hatra amy ty farae bey vatae amy iareo. [12]Fa hikeverako iareo amy ty tsy
fahamareña iareo, naho le tsy hahatiahy ty hakeo in-tsasa."[13]Amy ty firehafañe te "vao", le nanao fanitike voalohae ho
taolo reke, naho ze fa nilany andro naho niantetse le fa narine ho veloñe.

9 [1]À ndre ie fanitike voalohae aza le nanañe lilim-pilongoañe naho fitoerañe masiñe an-tane etoy. [2]Fa nisy tabernakely
zay niomaneñe. Ty efetse voalohae, nisy fipetrahan-jiro, latabatse, navaho mofo ty fañatrehañe, le atao tihoe te
fitoerañe masiñe.[3]Añate ty lamba faha roe ao le nisy efetse raike hafa, atao toerañe masiñe vatae. [4]Nisy alitara volamena
ho fitsoran-drame zay. Nisy fiara ty fanitike ka, mirare volamena vatae. Tañate izay ao le nisy siny volamena nisy mana
zay, ty kobay i Arona naho le nitiry, navaho ty vato pisake ty fanitike.[5] Ambone ty fiara ty fanitike ey, le kerobima bey
volonahitse lako ro namolake ty takoke fanakofañe, naho le tsy vany' ay atao ty mirehake aze kiraidraike henaneo.[6]Naho
fa nivita halankañe ze raha zay, le niditse añefetse alafe tabernakely ao mateteke iareo mpisoroñe mba hanao ty
fanompoañe.[7] Fa mpisorombey ro miditse indraike avao isan-taoñe añate efetse faharoe ey ao, naho le miharo amy lio
natoloe ho ey ty teñae navaho ho ey hakeo tsy nititiha ondaty.[8]Natoro ty Fañahy Masiñe fa ty lily miheo amy toerañe
masiñe vatae eo ao le mbe tsy natoro naho mboe tsy mitsangañe ty tabernakely voalohae. [9]Izay le fañoharañe ho ey ty

andro anito. Ze fañomezañe navaho ze soroñe nimieiñe henaneo le sambe tsy mete handefe ty vetsevetse ty mpivavake
raike.10 Mifantoke amy ty haneñe navaho ze raha hinomeñe naho ze karazam-pomba fañaliovañe maro avao iareo. Ze
raha zay iaby le dina ho ey ty nofotse avao naho le nimeiñe mandra-pañamboarañe ty fandaminañe vao.11 Niavy
manahake ty mpisorombey ze raha fanjaka vatae niavy ty Kristy. Nandeha tamy alala ty tabernakely bey vatae naho
fanjaka vatae tsy namboare ty tañan' Olombeloñe Reke, naho le tsy ey kila raha namboarañe. [Fañamarihañe: Ze dikan-
drehake ilae le vakieñe manao tihoe te: "Jesosy le niavy manahake ty mpisorombey ze raha soa ho avy."] 12 Tsy tamy ty lio
ty ose lahy navaho kiloa zay, fa tamy ty lio e irerike naho le niditse an-toera masiñe vatae ao indraike avao ho ey ty maro
naho le niaro ty handrombahañe antika mandrakezay.13 Fa naho ny lion' ose navaho añombe lahy naho ty famitsezañe ty
laveno ty kiloa amy iareo ze nandeha aby to nañavaha iareo aze amin' Andriananañahare ho vañaliovañe ty arofo iareo,14
manahake ty aia ty filikoa ty lio Kristy, naho le nitolo-batañe tsy manam-pitsikoañe ho an' Andriananañahare tamy ty alala
ty Fañahy mandrakezay, hañalio ty fetsevetsentika hisintake amy ty asa mate mba hanompoañe ty Andriananañahare
veloñe?15 Naho ze fotoe zay, le Ireke ro mpañalalañe ty fanitike vaovao. Izay le, satria nisy havilasy raike niakatse mba
hañafake iareo ze ambane ty fanitike voalohae amy ty hakeo iareo, le handrae fampitamaen-dova mandrakezay iareo ze
nivoakoke.16 Fa naho misy lilim-panañañe, ty havilasy ze ndaty nanao izay le mahay tsy vo voaporofo. 17 Fa naho misy
havilasy avao vaho manan-kery ty lilim-panañañe, satria tsy manan-kery zay naho toe mbe veloñe ze ndaty nanao izay.
18 À ndre ie tsy natao raha tsy misy lio aza ty fanitike voalohae. 19 Naho fa nañomey lily aby tamy ty lily ze ndaty tamy
Mosesy, le nangalake lion' añombe navaho ose, niharo amy ty rano, volon' aondry soramena, naho hysopa reke, naho le
nandrarake tamy boky naho ze ndaty aby. 20 À ireke le nitsara te: "Intoy ro lio ty fanitike ze nandilian' Andriananañahare ho
anareo."21 Nihoeizay avao ka, le namitse lio amy tabernakely eo naho ze hene fitoeran-draha hampiasaeñe amy ty
fanompoañe reke.22 Arake ty lily, le ho ze ny raha iaby ro niliovañe tamy ty lio. Naho tsy misy fampipohan-dio le tsy misy
fañahan-kakeo.23 Manao izay le pinay ty tandindo ze raha an-dañitse añe mba ho liovañe ty soro ty biby. Ndra izay aza, ty
raha ty lañitse vatae no nipay fañaliovañe tamy ty soron-tsoa vatae.24 Fa Kristy le tsy niditse amy ty toerañe masiñe vatae
ze natao ty tañañe, ze tandindo ty raike ze vatae ie ka. Fe ie niditse an-dañitse añe vatae Reke, mba hiboake amy ty
fañatrehan' Andriananañahare ho antika anito.25 Tsy nandeha ao mba nitolo-batañe intsiefa Reke, manahake ty fatao ty
mpisorombey, le mizilike amy ty toerañe masiñe vatae ao isan-taoñe miharo amy ty lio ilae.26 Fa naho izay ty raha
niboake, le nipay fijaleañe intsiefa namototse amy ty fañamboarañe ze kila raha Reke. Fa henaneo le indraike avao ro
nampiboahañe Aze mba hañaha ty hakeo amy alala ty soroñe ty vatae avao.27 Fa natao ho vilasy indraike avao ze ndaty
aby, naho tafara izay ro ho avy ty fitsarañe. 28 Manahake izay avao ka, Kristy, natolotse indraike avao mba hañaha ty hakeo
ty maro, le niboake fañindroe e, tsy ho ey ty hakeo, fa ho fandrombahañe ho ey iareo ze mandiñe Aze amy ty fahalisañe.

10 1 Fa ty lily le talijo ze raha soa ho avy avao, fa tsy le rahay vatae. Iareo ze miharine an' Andriananañahare le tsy hahay
ho soa amy ty alala soroñe hambañe amy ze niete ty mpisoroñe isan-taoñe.2 Naho ny izay tsy fa hijanoñe ty nanolotse
soroñe vao iareo? Amy ty niboaha izay, naho fa niliovañe indraike avao iareo, le tsy mba naharofana ty haota in-tsasa ze
mpivavake.3 Fa amy soroñe eo le misy fahampahatiahiañe ze haota isan-taoñe.4 Satria ty lion' aombe lahy navaho ty ose
lahy le tsy mahahaha ty hakeo iareo.5 Naho fa niavy ze kila tane etoy ty Kristy, le nisaontsy Reke te: "Tsy soroñe naho toe
tsy fañatetse ro nirieareo. Fe ie, vatañe niomane areo ho Ahiko.6 Ty fañatetse nioroañe ndra soroñe ho ey ze niota ay le
nifaleao.7 Naho le tihoe ty Nataoko te: "Henteo, inton-dRaho, arake ze voasoratse momba Ahy amy ty Soratse Masiñe ao,
mba hanao ze zoto areo."8 Voalohae nitsara reke te: "Tsy soroñe, naho tsy fañatetse, ndra ty fañatetse nioroañe, ndra ty
soroñe ho ey ze niota ro niriеareo. À Ihe tsy nifale tamy tihoe iñe." Izay le soroñe natolotse arake ty lily.9 Naho le
nisaontsy reke te ie: "Heteo, inton-dRaho hanao ze zoto areo." Ie ty nañafake ty fampiharañe voalohae mba handreketañe
ty fampiharañe faha roe.10 Tamy ze zotom-po zay, tika le nihamasiñeñe tamy ty alala ty fañatetse ty fañova i Jesosy Kristy
indraike avao.11 Amy ty lafie raike, ze mpisoroñe mpisoroñe aby le mitsangañe lomoñandro manompo an'
Andriananañahare. À Ie le nanolotse soroñe hambañe hirike añe, ndra izay aza iareo le tsy afake hañaha ty hakeo.12 Amy ty
lafie raike hafa, Kristy le nanolotse soroñe raike ho ey ze niota mandrakezay, niambesatse ankavanan' Andriananañahare
eo Reke.13 Ie le mandiñe mandra-panoañe ty rahambae ho fitoera ty tomboke ho ey ty fandiae.14 Fa tamy ty fañatetse raike
reke le nahatomombañe mandrakezay ze nihamasineñe.15 Ty Fañahy Masiñe ka le mitsangañe voavolombeloñe ho antika.
Fa tamy ty voalohae Reke le nitsara te:16 "Itoy ro fanitike hanoeko mindre amy iareo afara o andro, hoe ty Andriatompo.
Hapetrako am-po iareo ao ty liliko, naho le hanoratse aze an-tsay iareo ao Raho.17 Tsy hahatiahy ty haota naho ty hakeo
iareo in-tsasa Raho."18 À ndre ie aia ty misy ze fañahañe zay, le tsy misy soroñe ho ey niota in-tsasa.19 Manao izay, nareo
rahalahy, itika le manam-pahatokisañe ty hizilike an-toera masiñe ao vatae tamy ty lio Jesosy.20 Izay ro lalam-bao navaho
veloñe sinokae ho antika tama ty alala ty lamba, manao izay, tamy ty alala ty nofoe. 21 Satria tika le manañe mpisorombey
miambeñe ty anjomban' Andriananañahare,22 andao tika hiharine am-po malio amy ty finoañe feno fahatokisañe, mba
hanañantika fo vita halio amy ty eretsere-draty naho hanañantika vatañe vita halio amy ty rano malio.23 À le tanon-tika
mafe ty fanitike fiandrandrañe hampahatokisañe antika, tsy am-pihozongozoñañe, satria ty Andriananañahare,
nampitamà, le matoky.24 Ndao tika handineke ty fomba handrisihane kiraidraike amy ty hatea navaho ty asa soa.25 Asao
tika tsy hampijanoñe ty fiharoañe mitraoke, manahake ty natao tilae. Fe ie, mifankahereza avao, lohotsie te trea areo fa
mihamarine ty andro.26 Fa naho toe satrien-tika ty haotañe naho fa boake ndarae ty hilala tò, le tsy misy fañatetse ho ey ty
iota in-tsasa. 27 Fe ie, raike avao fandiñasañe matahotse ty fitsarañe, naho ty habosehañe mihetse ty handrava ze
rahamban' Andriananañahare.28 Ndra ia ia nandietse ty lily i Mosesy le ho mate tsy misy fikeverañe amy ty fitsanganañe

voavolombelo iareo roe ndra telo niatreke aze.[29] Fanazean-draty lavitse hoe ty aia ro vetsevetseareo fa mañeva iareo
nandialia ty Anak'Andrianañahare, nanao ty lio fanitike tsy ho masiñe--Ze lio nañamasiñañe Aze--naho le niteratera ty
Fañahim-pahasoavañe?[30]Fa itika mahafantse ze reaike nisaontsy zay te: "Ahy ty valipere; Izaho ro hamale." Naho tihoekey
te: "Hitsara ty ndatie ty Andriatompo."[31] Raha mampatahotse ro hipoke ampità ty Andrianañahare veloñe eo![32]Fe tiahivo
ty andro taolo, naho fa nihazavaeñe, tamy ty fomba niatreha areo ty aly mafe tamy ty fijaleañe.[33] Sinalatse tampañivoa ty
maro tamy ty fañaratiañe naho ty falaiñañe anareo, naho le nindre nizara amy iareo ze nandrioñe amy ty fijaleañe
manahake izay nareo.[34] Satria nareo le nanampikeveram-po tamy iareo ze kinadra, naho le nañeke an-kafaleañe ty
fangalàñe ty vara areo nareo. Le nahafantatse nareo fa ty vata areo le manañe vara fanjaka naho mantanjake
mandrakezay. [Fañamareñañe: Ty dikan-drehake taolo le tsy ahatreavañe ty ty veneten-drehake te: "Fa nareo le manañe
fikeveram-po tamy ty nigadrako."][35]Manao izay le asao tsy hariañe ty fatokisa areo, ze manañe valen-kasoa bey.[36] Fa nareo
le tokoe hahaliñisañe, mba hahazoa areo ty nampitamaen' Andrianañahare, naho fa nanao ty zoton'arofoe nareo.[37] Fa tsy
ho ela, ty hiavia ze raike zay le ho avy vatae naho le tsy ho ela.[38]Ty ndatiko mareñe le ho veloñe amy ty finoañe. Naho
mihemotse reke, le tsy halio fo amae Reho." [39]Fa itika le tsy añate ze mihemotse ho amy ty faharavañe. Fe ie, añate ty
manam-pinoañe tika ho amy ty fitanañe ty fañahintika.

# 11

[1]Naho ty finoañe ro antoke amy ze raha liniñe tamim-panatokisañe. Io ro porofo ze raha niboake mbe tsy nitrea.[2] Manao
izay iareo razambey le niekeñe noho ty finoa iareo. [3]Amy ty finoañe ro hahafantarantika fa ty lilin'Andrianagnahare ro
namoroñe ze kila raha, le ze tsy trea maso le tsy namboareñe amy raha tsy trea maso.[4]Tamy ty finoañe ro nanoloañe i
Abela vokatse fanjaka ho an' Andrianañahare te amy ty ey i Kaina, tamy ty alala izay ro nañambarae aze ho mareñe,
naho le nisoa ty tatan' Andrianañahare aze naho bokatsey, ara amy ty finoañe ro mbe hirehafa i Abela, ndra te ie le fa
nivilasy aza reke.[5]Tamy ty finoañe ro namindrañe i Enoka mba tsy hahatreavae ty havilasy. "Tsy trea reke, fa nalaen'
Andrianañahare." Fa taolo ty nangalae aze, le nitsanganae voavolombeñe fa nañorike ze zoton' Andrianañahare reke.[6] À
naho fa tsy misy finoañe le tsy mete ho zotoe. Fa toe paiañe tihoekey ze miharine an' Andrianañahare le mahay tsy mino
fa misy Reke naho Ie ro hamale soa hoe ze mipay Aze.[7]Tamy ty finoañe Noa, ro nañomen-kafatse boake
aman'Andrianañahare momba ty raha mboe liae tsy nitrea, nindre amy ty fañajañe an' Andrianañahare ro namboarae
sambo handrombaha e ty longoe. Fa tamy fanoae izay, ro nanazea ze kila raha naho nahavy aze ho mpandova ty
fahamareñañe arake ty finoañe.[8]Tamy ty finoañe Abrahama, naho fa tinoka, le nanoiñe naho le niavotse nihoe amy ty
toerañe hahazoae ty lova. Nandeha reke, tsy nahafantatse ze tane hombae.[9] Tamy ty finoañe ro niaiña' ay añe amy ty tane
nampitamaeñe nanahake ty amabahiny. Niaiñe ampo ty traño ao reke nindre amy Isaka navaho Jakoba, ze hindre
handova amy ty fampitamaeñe mitovy.[10] Fa ie nipay ty tanàñe ze manañe ty fañoreñañe, ze tanàñe vaho Andriatompo ro
mpamboa-traño navaho mpañoren-traño.[11]Tamy ty finoañe, ndre ie le nibetsiterake aza ty Saraha, ro nahazoa i
Abrahama ty fahafahañe ho raike. Niboake zay ndre ie le fa niantetse vatae aza reke, fa toe nivetsevetse ty hanahake ze
matoky nimeañe fampitamaeñe reke. [Fañamarihañe: Misy fañontaneañe momba ty hoe te ty finoa i Abrahama ke ty
finoa i Saraha ro nampivoatse. "Tamy ty finoa i Saraha, ndra ie le fe niantetse aza reke, ro nahazoae ty hery hanañ' anake,
ndra ie le fa niantetse vatae aza reke hinday ajaja, satria nivetsevetse ie nañomey fampitamaeñe aze ho matoky."]
[12]Manao izay, boake amy ze lahilahy, fa ho mate zay, ro nahateraha iareo manahake o vasiañe an-dañitse ey ty ho
hamaroae naho nihoe lilan-tane añolo ty ranomasiñe, tsy voa isake.[13]Tañate ty finoañe ze raha zay ro vilasy tsy nandrae
ty fampitamaeñe. Fe ie, tafara ty nahaoniñañe naho niarahabañe iareo boake lavitse, le nañeke iareo fa ambahiny
navaho riran-tane an-tane etoy.[14] Hoe iareo misaontsy manahake ze raha zay le mañazava fa mipay tanendrazañe iareo.
[15]Naho nivetsevetse ty tane nisintahae iareo, le vae nanañe fahafahañe hihereñe.[16] Fa manahake izay, nañiry tane fanjaka
iareo, le izay, o an-dañitse añe eo. Manao izay tsy hahasalatse an' Andrianañahare ty tokaveñe te ie Andrianañahare
iareo, naho le hamboatse tanàñe ho ey iareo Reke.[17]Tamy ty finoañe Abrahama, naho fa nitsohe'e hevetse, le natoloe ty
Isaka. Io ro anae lahilahy bako-tokañe natoloe, naho ie ro nahazo ty fampitamaeñe.[18] Faha i Abrahama ro nañambarañe
te ie: "Amy ty alala i Isaka to hanondroañe ze tarirako." [19]Abrahama le nihevetse fa Andrianañahare le hahavita
hampivañom-beloñe amy ty havilasy, naho amy ty ohatse ty vetsevetse e, hirike amy iareo ro hahazoae aze indraike.
[20]Tamy finoañe momba ze raha ho avy ka ro nanipeza i Isaka rano i Jakoba navaho Esao. [21]Tamy ty finoañe Jakoba, tamy
te ie fa ho nivilasy, ro nanipe rano iareo ana i Josefa kiraidraike. Nivavake ty Jakoba, naàto amy ty añambine e kobay ey.[22]
Tamy ty finoañe Josefa, naho fa nañeke ty fiafarae, no nisaontsy ty fialae ty Anan ty Israely boake Egypta añe naho le
nañafarae ty taolae.[23]Tamy ty finoañe Mosesy, naho fa nisamake reke, le nahaja iareo rae aman-drene e tañate ty telo
volañe satria tiha iareo fa jaja vañoñe reke. Tsy natahotse ty lily ty mpanjaka iareo.[24] Tamy ty finoañe Mosesy, tafara ty
nihabeie, ro nandiera e ty hitokavañe aze ho anadahy ty ana Farao ampela. [25]Fe ie, nijiboñe ty hijale nindre amy ty ndaty
Andriatompo reke, toe izay ho tea ty hahaha ty hakeo añate fotoañe tsy ampe.[26] Nitsara reke te ie fanalarañe amy ty
fañorihañe i Kristy le ty haream-bey naho ty harea i Egypte. Satsia nampifantoke ty masoe tamy ty valesoa e reke.[27]Tamy
ty finoañe ro nisintaha i Mosesy ty Egypta añe. Tsy natahotse ty haviñera ty mpanjaka reke, fa niaretse izay manahake ty
nifahatreavae ty tsy trea masoe. [28]Tamy ty finoañe no niambenae ty Paska naho ty famitsezan-dio, mba tsy hahazo ty
anake lahilahy voloaha ty Israelita ty mpamono ty anake lahilahy voloaha e.[29]Tamy ty finoañe ro nitsaha iareo
Ranomasiñe Mena manahake ty mandia tane maike. Naho fa nañohatse nanao izay iareo Egyptiana, le voateleñe iareo.[30]
Tamy ty finoañe ro nirotsaha ty manda i Jeriko, naho fa boake nihodidiñe tañate ty fito andro iareo.[31] Tamy ty alala ty

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

finoañe ro tsy hahavilasy i Rahaba mpivarobatañe nindre amy iareo tsy nino, satria ndrae iareo mpitilike tane tamy ty
fiadanañe reke.[32]Ino ka ty mbe tokoe ho rehafeko? Fa ho lany ty androko rano mitalily ty momba i Gideona, Baraka,
Samsona, Jefta, Davida, Samoela, naho momba ty mpitoky raho.[33] Tamy ty alala ty finoañe ro nahazoa iareo fanjakañe,
niasa ampahamareñañe, naho le nadrae ty fampitamaeñe. Nampitsiñe ty vava liona ao iareo, [34]namono ty hery ty afo,
nietake ty lela ty mesabey, jangañe tamy ty areteñe, nanjare nahery amy ty aly, naho le nahalavo iareo tafike ambahiny.
[35]Nivañombeloñe amy ty havilasy tamy ty fampitsanganako ho veloñe iareo roakemba. Ze ilae le nampijaleñe, tamy ty
fanitike ny famotsorañe mba hahazoaiareo fitsanganañe fanjaka.[36] Ty ilae le nitsohen-kevetse tamy fañinjeañe naho ty
fijerañe, ezao ndre ie le nifehe naho ny ginadra aza. [37]Tinora-bato iareo. Tsinofa hivaky roe iareo. Vinono tamy ty sabata
iareo. Niriorio tamy ty holin' aondry navaho holin' ose iareo. Tsy nanañe iareo, vinerevere, nampijaleñe. [Fañamarehañe:
ty dikan-drehake ilae taolo le mivaky te ie: "Tinora-bato iareo. Tsinofa hivaky roe. Nitsohen-kevetse. Vinono amy ty
mesabey."] [38]Tsy mañeva iareo ze kila raha. Niriorio amontoñe añe, tambone vohitse añe, tampo ty lakato, naho le tañate
ty lavake ambane tane añe iareo.[39]Fe ie ze hene ndraty le nieken' Andrianañahare noho ty finoa iareo, tsy nandrae
fampitamaeñe iareo.[40] Namboatse raha fanjaka ho antika ty Andrianañahare, mba tsy ho tomombañe iareo, naho tsy
misy antika.

## 12

[1]Manao izay, satria nata ty voavolombeloñe lako arikoboñe nihoe rahiñe tika, le ndao tika hañenga ty ze favesatse iaby
naho ze hakeo mora manao arikoboñe antika. Ndao tika hañiañe am-pahalisañe ty fahahiañañe napoe alohantika eo.[2]
Ndao hiambeñe amy i Jesosy, mpamototse naho mpañatanterake ty finoañe. Fa noho tsy hafaleañe nipetrake taolo eo, le
niaretse ty hazonajale Reke, tsy nivetsevetse ty hasalara izay, naho le niambesatse ankavana ty seza fiandriañan'
Andrianañahare.[3] Manao izay le dineho ty momba Aze, ze raike niaretse fandierañe nanahake ty boake amy ty mpañota
handietse ty vatae, mba tsy ho vozake am-po areo ao nareo naho le hipo-kobaiñe.[4]Mboe tsy nandietse nareo ndra nilofo
hahalietse ty hakeo hatra amy fampipohan-dio, [5]naho le haliño areo ty fampiononañe nampianareñe anareo manahake
ty amy ty anake te ie: "Ry ana-dahy, ko ambaneñe ty lily Andriatompo, ndra mihavozake naho atoroe nareo." [6]Fa
Andriatompo ro hanaze ze hene raha teae, naho le Ie ro manaze ty anake kiraidraike rambese e.[7]Mahantanteza fiajaleañe
manahake ty lily. Andrianañahare le minday anareo manahake ty anae. Ty anake manao akore ty teo naho le tsy jineran-
drae?[8] Fa naho tsy manan-dily, manahake ty anaña ty maro nareo, le anake amontoñe fa tsy anae.[9]Naho le, nanan-drae
ara-batañe manahake ty mpanaze tika, naho niasy iareo tika. O vao tsy tokoe hañorike ty Rae ty fañahy tika naho ho
veloñe? [10]Fe ie ankolafie hafa, iareo rae nanaze antika tañate ty andro tsy ampe arake ty tò tamy iareo. [11]Mone izao
nankolafie ilae, nanao ze soa ho antika ty Andrianañahare mba hahaiantika manañe anjara amy ty fahasiñae. Tsy misy
fañasazeañe niboake ho soa, ndre ie le mangotsokotsoke aza. Fe ie ze afara kede le mamokatse vokatse feno fiadanam-
pahamareñañe ho iareo ze nizarañe tamy izay.[12]Manao izay hamafeso ty taña areo ze miraviravy naho ze ongo areo
maleme.[13] Manoa lalam-batañe ho ey ty tombo areo, mba ze maleme le tsy ho hiboake fa ho jangañe.[14]Anjaho ty fiadanañe
mindre amy ze kila ndaty, naho le ndra ia ia ka tsy hahatrea ty fahamasiñañe naho tsy mindre amy Andriatompo.[15]
Miambena mba tsy hisy ndra ia ia tsy hanañe ty fahasoavan' Andrianañahare, naho le tsy hisy halake ty fangirifiriañe
mitombo hiterake korontañe, mba tsy ho maro ty voloto amizay. [16]Miambena mba tsy hisy tsivokatse ndra ndaty tsy an'
Andrianañahare manahake i Esao, nivarotse ty hazoke e ho ey ty haneñe raike. [17]Fa nareo mahafantatse fa naho fa afake
zay, naho fa mañiry ty handova fitahiañe reke, le niliere e, satria tsy nahatrea hirike amy ty fibebahañe reke, ndra ie le
hañajake izay amy ty ranomaso aza.[18]Fa nareo tsy niavy amy ambohitse tsy vany tsapaeñey eo, vohy ty afo mañoro, ieñe,
faieñe, naho tioke.[19] Inareo tsy niavy amy trompetra mañeno mafe ey eo, ndra feo mirehakey ze tsy pitsanoñe aze ey le
mangatake mba tsy hisy rehake hafa ho rehafeñe amy iareo.[20] Fa iareo tsy hahay niaretse ze nandiliañe te: "Ndra ie biby
mitsapa ty vohitse aza, le mahay tsy ho torahem-bato zay." [Fañamarihañe: Ze dikan-drehake ilae taolo le vakieñe hoe
izao: "Fa ndra ie biby raike mitsapa ty vohitse aza, le mahay tsy ho torahem-bato zay na ho vonoeñe amy ty anan-
tsipike."][21] Fa mampatahotse loatse ty fahatreavañe ze natalily Mosesy te ie: "Matahotse raho naho le mititike."[22]Fa inareo
ka, le niavy ambone vohitse Ziona ey naho le amy tanàn' Andrianañahare veloñe, Jerosalema an-dañitse añe, naho tamy
iareo anjely añale e tamy ty fankalazañe. [23]Nareo niavy eo le niheo amy ty foko ndaty niterake voalohae, ze voasoratse an-
dañitse añe. Nareo le niavy amin' Andrianañahare, ie ty mpitsara ze kila raha, naho le niheo amy ty fañahy ondaty
mareñe natao tsy manam-pitsikoañe.[24] Niavy amy Jesosy eo nareo, ie ty mpañalalañe ty fanitike vaovao, naho tamy ty lio
napoke soa vatae mandako ty lio i Abela.[25]Asao nareo tsy hadietse ze raike mirehake. Fa naho tsy nilay iareo tamy iareo
nandietse ty raike nampitao iareo an-tane etoy, le kede vatae ty hilaisantika naho mihodiñe amy ty raike ze nampitao
antika boake an-dañitse añe.[26] Indraike andro, ty feo ty fihezeñezeña ty tane. Fa henaneo Reke le nampitamae naho
nisaontsy te: "Tsy ty tane avao ro hahezekezeñe indraike, fa o lañitse eo ka."[27]Ze rehake, "Indraike avao" zay, le mitsakore
ty fampitsahañe ze raha afake hezenkezeñeñe, izay le, ze raha namboarañe, mba hitoetse ze raha tsy hezenkezeñeñe.[28]
Manao izay, fa toe mandrae fanjakañe ze tsy voa hezenkezeñe, le ao soa ho mpañorike tika naho le amy ze fomba zay le
hidera an' Andrianañahare am-pañajañe vatae naho an-tahotse.[29] Fa ty Andrianañaharentika le afo mandevoñe.

## 13

[1]Adono hitohy ty fiteavañe am-pirahalahiañe.[2] Ko haliño ty mampandroso ty ambahiny. Fa amy ty alala izay, ro
nampiboaha ty ilae fampandrosoañe ty anjely mone izao tsy fantae.[3]Tiahivo ze nigadra, manahake ty niharofehe
tamy iareo nareo. Tiahivo ze nahaore azo, manahake iareo ka nareo amy ty vatañe. [4]Adono ho hajaeñe kiraidraike ty

fanambaliañe. Adono ty fandrea ty fanambaliañe mba halio, fa Andrianañahare le hitsara ze mpangalatse valy ondaty
naho ze tsivokatse.[5]Enao añe ty findesa areo ty vata areo ho afake amy ty hatea vola. Mifalea amy ze raha hanaña'reo,
satria Andrianañahare le nisaontsy te: "Tsy hañenga anareo Raho ndra ty hahafoe anareo aza."[6] Ntao tika ho fale mba
hahavany hirehake te: "Mpandrombake ahy ty Andriatompo; naho le tsy hatahotse raho. Inoñe ty hohay ondaty atao
ahiko?"[7]Dineheo iareo mpitarike anareo, iareo ze mitalily ty Saontsin' Andrianañahare amareo, naho le vetsevetseo ty
voka ty fihetse iareo. Tsokombeo ty finoa iareo.[8] Jesosy Kristy le tsy miova omale, naho androany, ara le mandrakezay.
[9]Asao tsy mete taomeñe amy ze karazam-pampianarañe hafahafa. Fa soa naho hamafeseñe amy ty fahasoavam-po, fa tsy
amy ty haneñe tsy mañampe iareo mandeha mindre amy iareo.[10] Manañe vato fanoan-tsoroñe tika naho le tsy anaña
iareo mpanompo ty tabernakely fahefañe ty hihinañe amae.[11] Fa ty lio ze biby nivonoeñe atao vokatse ho ey ze niota le
nindese ty mpisorombey an-toerañe masiñe ao, añate izay ty vata iareo le oroañe alafe tobe ey ao.[12]Manao izay Jesosy
avao ro nijale alafe lalambey tanañey ao, mba hañamasiñe ty ndaty amy ty alala ty lioe irerike.[13] Manao izay ndao tika
hiheo Amae añe alafe tobe ey ao, hinday ty hasala-barakae. [14]Fa tsy manañe ela etoy tika. Fe ie, mandiñe ze raike ho avy
zay tika.[15]Amy ty alalae, naho, le ntao tika hanandratse an' Andrianañahare hatrañe, fiderañe boake boake amy ty fivimby
miantoke ty tahinae.[16] Asao tsy ho haliñontika ty manao soa naho mañampe kiraidraike aby, fa amy ty fañatetse
manahake zay ro mampalio arofo an' Andrianañahare.[17] Mañoriha naho mañekea ze mpitarike anareo, fa iareo ro miaro
ty fañahy areo, manahake iareo hanao fañambarañe. Mañekea mba hanao izay an-kafaleañe iareo mpinday anareo, fa
tsy an-kasemporañe, naho le manjare tsy misy dikae ho anareo.[18]Mivavaha ho anay, fa izahay le nino fa manañe feo
fieretseretañe mañalio naho mañiry hiaiñe am-pahamareñañe ze kila raha.[19] A le asozoko nareo mba hanao izay, le mba
ho tsiela ty fibaliko ama areo.[20]Naho le ie Andrianañahare mpañaha, nampivañombeloñe ty bey ty mpiarake aondry, le
Jesosy Tompontika, tamy alala ty lio ty fanitike mandrakezay, [21]le nañasoa anareo amy ze kila asa soa mba hanoañe ty
zoton' arofoe. Lonike mba hiasa ampiaintika ao Reke le ho vañoñe miatreke Aze, amy ty alala i Jesosy Kristy, ze ho meam-
boninahitse mandrakezay. Amena.[22]Naho le mankahery anareo, rahalahy raho, mba mba hiaretse ty rehake
fampionoñañe nisorateko ho anareo.[23] Fantaro fa nafahañe Timoty rahalahintika, hindre amako hañente anareo naho
avy aloha reke.[24]Ano veloma ty mpitarike anareo aby naho ze hene mpino. Iareo ze boake Italia añe le manao veloma
ananreo.[25] Lonike ho amareo aby ty fahasoavañe.

# James

## 1

[1]O Jakoba, mpanompon'Andrianagnahare naho Andriatompo Jesosy Kristy, hoe iareo foko folo roe ambe niparitake:
arahabaigne. [2]Raeso ho fifaliagne iaby zao, ry rahalahe, naho fa mibabe olagne isankaraza'e nareo. [3]Fanta'iareo fa ty
fitsapagne ty finoa'iareo le mahavy ty faharetagne.[4]Engao ty faharetagne hahatanterake ty asa'e, mba hivoatse vata'e
naho vata'e nareo, le tsy ho sahiragne ndre ino ndre ino. [5]Fe ie naho misy ama'areo ty mpiay fahendreagne le engao'areo
reke hangatake zay aman'Andrianagnahare, ze raike magnome vokatse ty arofo'e naho tsy mitsikike ze mangatake iaby, le
omeagne'aze zay.[6]Engao reke hangatake amy ty finoa'e, tsy misalasala ndre amy t'ino ndre amy t'ino. Ze misalasala le
manahake o onjan-dranomasigne indes'o rivotse'o naho le mitopatopa. [7]Fe ie ze ndaty zay le tsy toko'e handinike ty
handray ndre ino ndre ino boak'am'i Tompo. [8]Ty ndaty manao hoe zao'o le miroeroe saigne, miovaova amy ty lala'e iaby.
[9]Ao ze rahalahe mahantra le hanao ty fagnondrotagne mba ho laza'e, [10]fa ty ndaty mana-kareagne amy ty fiambanea'e,
satreia reke le hiezake manahake'o voninkazon'ala agnahetse'y. [11]Fe ie le mibelagne i andro'oy amy ty hafana'e mahamay
naho nagnamaike i ahetse'y. Voninkazo'oy le mihintsagne, nahole ho rava ty hasoa'e. Manao hoe izay ka, ty ndaty
mpagnefoefo le hangegne amy ty antsasa ty lia'e egne.[12]Tahie'e ze ndaty miaritse fitsapagne. Satria naho avy nandalo
fitsapagne reke, le handrae ty satro-bolonahetse ty fiaignagne, ze nampitamanegne tama'iareo ze tea
an'Andrianagnahare. [13]Naho misy ho tsohem-pagnahy le ao reke tsy hireheke te hoe: "Andrianagnahare ro mitsoke
fagnahy ahy," satria i Andrianagnahare tsy azo ty raty ho tsohem-pagnahy, sady naho le tsy mba mangalake fagnahy ndre
ia ndre ia.[14]Fe ie sambe tsohem-pagnahy amy ty fagniria'e manonkagne ty ndaty kirairaike, ze mampihemotse naho
mandresy aze. [15]Naho avy nibanabanaigne ty fagniriagne, le miterake hakeo zay. Naho fa mitombo vata'e ty hakeo, le
miterake havilasy. [16]Ko magneke ho fitahegne, ry rahalahe mamiko.[17]Ty fagnomezagne soa iaby naho ty fagnomezagne tsy
manan-kandra iaby le boak'ambony agne. Zay le mizotso boak'am'i Rae'o fahazavagne'o. T y miarak'ama'e le tsy misy
fiovagne na te olake noho'ty fiolahagne. [18]Andrianagnahare le nifily ty hagnome ty fisamahagne antika amy ty saontsi'ty
fahamaregnagne, mba ho voaloham-bokatsy ze raha iaby namboare'e tika.[19]Fanta'areo zay, ry rahalahe mamiko: ao ty
ndaty iaby halaky hijanjigne tsy ela, tsy hirehake malaky, naho tsy ho tsy ela boseke. [20]Fe ie ty haboseha'o ndaty le tsy
hahavita'o ty fahamaregnan'Andrianagnahare. [21]Le afaho iaby ze hakeo naho ty ze kila haratiagne. Ampiambaneam-
batagne le raeso ty saontsy fa napetrake, ze afake mamonjy ty fagnahi'iareo.[22]Ao nareo ho mapagneke ty saontsy fa tsy ho
mpijanjigne avao, ko mamaitake ty vata'areo. [23]Fa naho misy mpijanjigne ty saontsy nefa tsy miantoke, le manahake ty
ndaty mivetsevetse ty tarehe'e nataoan'Andrianagnahare agnaty ty hetsoro reke. [24]Mandineke ty vata'e reke le mandeha
naho boak'eo le avy le magnaligno ty momba aze. [25]Fe ie ty ndaty ze mandineke soa ty lily'ty fagnavotagne tsy manan-
kandra, naho ze manohy manao izay, fa tsy hoe mpijanjigne avao ze magnaligno, le ho tahiegne amy ty asa'e ze ndaty zay.
[26]Fa naho misy mihevetse ty vata'e fa mpivavake, fe ie tsy mamehe ty lela'e, le mamitake ty fo'e reke, le tsy misy vili'e ty
fivavaha'e. [27]Ty fivavahagne malio naho tsy misy handra'e eo agnatrehan'Andrianagnahare tika naho ty Raentika le ie zao:

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

hagnampy iareo kamboty naho iareo mpivente ty ai'e amy ty fahoria'iareo, le miaro ty vata'e mba tsy handra'e avy amy ty
tane toy.

## 2

1Ry rahalaheko, ko andesegne migege ty ndaty hafa ila'e ty finoantika i Tompontika Jesosy Kristy, ie Tompo ty volonahetse.
2 Ampanahafo te hoe misy ndaty miditse amy ty fivoria areo ao manao peratse volamena naho akanjo soa, le misy
lahilahy mahantra niditse tao avao ka manao akanjo maloto. 3Naho magnete i ndaty manao akanjo soa'y rehe le hirehake
te hoe: "Ajafady mitoboha amy ty toeragne soa toa," fa hirehake am'i lahilahy mahantra'y ka te hoe: "Mitsangana mberoa
rehe!"Mipetraha an-tomboko eto"4 avaho tsy mifampitsara ama'areo avao vao nareo? Avaho tsy lasa mpitsara amy ty
eretseretse draty vao nareo?5Mitsanogna, ry rahalaheko mamiko, tsy fa jinibon'Andriagnahare vao ty tsy managne amy ze
kila tane mba ho mpagnarivo amy ty finoagne naho ka ho mpandova amy ty fanjakagne nampitama'e iareo tea Aze.6 Fa
nareo nagnafake baraka ty mahantra! Avaho tsy ty mpagnarivo vao ty maha ore anareo? Avaho tsy iareo avao vao ty
minday anareo am-pitsaragne ey? 7Avaho tsy iareo avao vao ty nandraty ty agnara areo soa?8Ndra zay aza, naho
magnatanterake ty lily ty mpanjaka nareo, arake ty Soratse Masigne hoe: "Teavo ty ragne'o ampanahafo ty vata'o," le
manao ty soa rehe.9 Fa naho magnomey ze zoto ty ndaty ila'e avao nareo, le behakeo, le hohelofegne manahake ty
mandika lily.10Fa ndra ia ndra ia magnamaregne ze kila lily, faie lavo amy ty lalagne raike avao, le hohelofagne amy ze lily
aby.11 Fa ze nirehake hoe: "Ao soa tsy hijangajanga," le nirehake ka hoe: "Ko mamono ndaty." Ndra ie tsy mijangajanga
nareo fie mbe mamono ndaty, le lasa mpandika lily avao.12Naho ty am'izay areke mirehafa naho ka manahake iareo ho
tsaraegne amy ty lily ty fahafahagne. 13Fa ty fitsaragne le hoavy tsy misy famin-dram-po amy ze tsy nampiboake
famindra-po ka. Le o famindra-po io ka ty mandrese ty fitsaragne.14Inogne ro soa, ry rahalaheko, naho mirehake ty ndaty
raike fa manam-pinoagne reke, faie tsy misy asa? Afake hagnavotse aze vao i finoa'e zay? 15Ampanahafo te hoe misy
rahalahy ndra rahavave raty ty akanjo'e tsy ampe hanegne lomogn'andro. 16Le anovo te hoe misy raike ama'areo
mirehake iareo te hoe: "Mandehana am-piadanagne, manoa mafana le mivontsigna soa." Naho tsy magnomey ty raha ila
ty vata iareo nareo, inogne ro hahasoa izay? 17Le manahake zay ka finoagneo, naho tsy misy asa, le mate.18Fa ie misy
ndaty ka mirehake hoe: "Manam-pinoagne rehe, le raho managn'asa." Aboaho amako ty finoa'o tsy misy asa, le haboako
ama'o ka ty finoako amy alala ty asako.19 Rehe le matoky fa Andriagnahare raike avao, ie niazo'o zay. Fa ndra iareo
kokolampogne aza mino izay, ka le mitititititike avao iareo.20 Tea'areo hohay vao, ry rahalahy gege, fa ty finoagne tsy misy
asa le tsy misy dika'e? [Fagnamarenagne: Ty ila ty dikan-drehake taloha le mamaky hoe: "Tea'areo hohay vao, ry rahalahy
gege, hoe magnino ty finoagne tsy misy asa ro mate?"]21Tsy amy ty asa ka vao ro nagnamarenagne i Abrahama raentika
naho fa nagnomey i Isaka ana-dahi'e amy alitara'y eo reke? 22Trea'o fa ty finoagne niasa nindre amy ty asa'e, le nivoatse
amy asa'y ka ty finoa'e. 23Le nilefe i Soratse Masigna manao te hoe: "Abrahama nino an'Andriagnanahare, le nivetsevetse
tama'e fa fahamarinagne zay," le nitokavegne hoe sakezan'Andriagnahare reke. 24Trea'areo henanezay fa amy ty asa ro
hagnamarenagne ty ndaty, fa tsy amy ty finoagne avao.25Manahake zay ka, Rahaba ampela tsy vokatse tsy nihamarinegne
amy ty asa ka vao reke, naho fa nandrae iareo irake sady nandefa iareo amy ty lalagne hafa?26 Fa mate o vatagneo naho
misarake amy ty fagnahy, le manahake zay avao ka, ty finoagne tsy misy asa le mate.

## 3

1Tsy ndaty maro ro toko'e ho lasa mpampianatse, ry rahalaheko. Fantantika fa handrae fitsaragne mafe ka tika. 2Fa tika
iaby le voatsikambagne ami'ty fomba maro. Naho misy tsy voatsikambagne am'o rehake'o, le lahilahy matotse vata'e
reke, afake mifehe ndra tsy ty vata'e iaby aza.3Le naho asiantika lamboridy am-bava'o soaval'io mba hankatoava'e antika,
le afake minday ty vata'e iaby avao ka tikagne. 4Henteo ka fa ty sambo, ndra te ie jabajaba vata'e aza reke naho indese ty
tioke mafe, le voa'ota'ty fagnotahagne kede vata'e ami'ze iteava i mpanday aze'y.5Manahak'izay ka ty lela, fizaragne raike
ami'ty vatagne, fe ie manday raha maro. Henteo ka ty hakedekede ty afo magnoro ala bey. 6Afo avao ka ty lela, tontolo'ty
hakeo napetrake tami'ty fizara'ty vatantika. Magnisy handra ami'ty vatagne iaby zay naho magnoro ty lalam-piaignagne.
7Fa ty karazam-biby agn'ala iabike, vorogne, biby milaly, naho ty zava-boaharin-dranomaisgne le folake naho finola'ty
olombelogne. 8Fa ty ami'ty ty lela, tsy misy ndaty mahavita mamolak'aze. Raty tsy hay fehezegne io, feno poizigne
mahafate.9Ami'io ty hideraentika i Andriatompo naho ty Ra'e, naho ami'io ty hagnozognantikagne ndaty, ty natao nitovy
ama'Nagnahare. 10Avy ami'ze vava zay ro hiboaha ty fitahiagne naho fagnozognagne. Nareo rahalaheko, tsy toko'e
hiboake o raha iabikeo.11Mamoake rano mamy naho mafaitse boak'ami'ty fiboaha'e vao ty loharano? 12Ty hazo'ty aviavy
vao, nareo rahalaheko, mamoa oliva? Na ty voaloboke, mamoa aviavy? Ty rano masira ka le tsy afake hagnomey rano
mamy.13Ia ty hendre naho mahilala agnivo'areo eo? Engao ze ndaty zay hampiboake fiaignagne soa ami'ty asa'e ami'ty
fiambanea'ty fahendreagne. 14Fa naho managne fialognagne mafaitse nareo naho fagnirian-daza ty am-po'areo ao, le ko
miroharoha na mavande manohitse ty marigne.15Tsy fahendreagne nizotso boak'ambone agne zay. Fe ie ka, boak'ami'ty
tane, ty tsy ara-pagnahe, ty andrebolisy zay.16 Fa ami'ze misy fialognagne naho fagnirian-daza, ty misy fifamonoagne naho
fanaovagne ty raty iabike. 17Fa ty fahendreagne boak'ambone agne le tena malio vata'e, boakeo ka feno fiadanagne,
maleme fagnahy, mihevetse ty hafa, feno ferenaigne naho vokatse soa, tsy maleme, le tsy magnahy. 18Ty voka ty
fahamarignagne le voafafe am-piadanagne agn'ivo'iareo mampilongo.

## 4

1Boake aia ty nihirifa ty aly naho ty fifandieragne areo? O vao tsy salala boake amareo ty hialy ama ty mpikambagne
agnivo areo eo?2 salala'e areo, fa ie tsy anagnagne. Mamono naho magniry nareo, fa ie tsy hahazo. Mialy naho

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

mifandietse . Tsy managne nareo fa tsy mangatake.[3] Mangatake nareo fa ie tsy mahazo satria manao hata-draty, mba
hahafaha areo mampiasa ze ho amy ty fagniria areo.[4]I nareo ry tsy vokatse! O tsy fanta areo vao te ie filongoagne ama ze
kila raha an-tane etoy ro fifankalaignagne mandietse an'Andrianagnahare? A ndra ia ndra ia te ho mpilongo ama ze kila
raha tane toy le manao ty tegnae ho fahavalon'Andrianagnahare.[5] Mieretseretse vao nareo fa ty Soratse Masigne le
magnambara te tsimarem-pototse manao izao: " Natao'e saro-piaro vao ty fagnahy hiaigne amantika"?[6]Fa nagnomey ze
kilam-pahasoavagne ty Andrianagnahre, le izao ty nataoty ty Soratse Masigne : "Lieren' Andrianagnahare ty mpieboebo,
fa nimea'e fitahiagne ze miambane"[7]Naho ze magneke an'Andrianagnahare. Tohero ty raty, naho le hisintaha'e nareo.
[8]Mikokoa an'Andrianagnahare, naho le hikoko anareo Reke. Liovo ty tagna areo, be hakeo, ara liovo ty fo areo, ry roe
hevetse. [9]Miferegnesa, mandalà, ara le mitagnia. A ze Fikeakea areo le hanjare tagny, ara ze liofo areo le ho habose areo.[10]
Miambanea agnatreha i Andriantompo, naho hampitoatse anareo Reke.[11]Ko mifagnaraty nareo, ry roahalahy. Fa ndaty
magnaraty ty roahalahy na mitsara ty roahalahi'e le mandietse naho mitsara ty lily. Naho mitsara ty lily nareo, le tsy
magneke ze lily, fa mpitsara.[12] Raike avao ty mpagnome lily naho le mitsara. Naho Ie raike ro afake mamonje naho
manjamagne. Ia iheo , ro hitsara ty ragne'o?[13]Le tsanogno, areo ze mirehake te ie: anito na maraigne le hiditse an-tanagne
ato tika, hijanogne tao'e raike agne, hanao varotse, ara le hangalake ty ambone'e. [14]Ia ty mahafantatse ze raha hisy
maraigne, ara le ino ty fiaigna areo? Fa iegne mipeake anianiay avao nareo naho le levogne .[15]Fa ie tokoe hirehake nareo
te ie: "Naho zoton' Andriantompo, le ho velogne tika, ara tsy hanao te intike naho indroke".[16] Fa le hirehereha nareo
henaneo ama-pomba mieboebo. Ze kila rehareha raty manahake izay.[17]Fa hoe ze mahafantatse manao ty soa fa ie tsy
manao izay, le ho hakeo hoaze zay.

5 [1]Mbetoa, nareo mpanakareagne'o, tomagnia naho magnorentsegna noho'ty fahoriagne niavy tama'areo. [2]Fa lo ty
harae'areo, naho ty siki'areo fa nihane ty bararaoke. [3]Le fa niharefesegne iaby ty volama'areo naho ty volafotsi'areo. Le
ty harefesegne ro le ho ndaty aivo hitsara anareo. Le hagnoro ty vata'areo manahake'o afo'o zay. Le ama'o andro fara'e
reo ty nagnajarea'areo ty harea'areo.[4]Ingo, ty karama ty mpiasa ze ie le mitaraigne _ty karama nazi'areo tsy hoe'y ze
mpamokatse o tanim-boli'areo'o, naho ty fitaraigna'ze mpijinja le fa niavy an-dravembia'ty Tompo'ty maro. [5]Niaigne amy
ty harea t'an-tany etoy nareo naho le nagnararaotse amy ty vata'areo. Le nihatevegne'areo ty arofo areo hoe'y ty andro
famonoagne. [6]Nagnozogne naho namono'o ndaty marigne'e nareo. Le tsy nandietse anareo reke.[7]Le mahareta, ry
rahalahe, madram-piavia'i Tompo. Ingo, ty mpamboly mandigne ze vokatse lafo vily boaka ami'ty tane. Mandigne am-
paharetagne izay reke, mandram-pahazoa'e ze loha naho ty faram-potoagne. [8]Mahàreta, avao ka, nareo. Hamafeso ty
fo'areo, satria fa marine ty fiavia'i Tompo.[9]Ko mifampitoreo, ry rahalahe, mba tsy ho tsaraigne nareo. Ingo, mitsangagne
an-dalagne'eo i mpitsara'ay. [10]Mangalà ohatse, ry rahalahe, boaka amy ty fijaleagne naho ty fahareta'ze mpitoky, ze
nireheke amy ty tahina'i Tompo. [11]Ingo, ataontika sambatse iareo ze fa niaretse. Fa nire'areo ty nifahareta'i Joba, naho le
fanta'areo ty tanjo'i Tompo, ty maha-feno ferenaigne naho famindram-po Aze.[12]Fe ie ambony ty raha iaby, ry rahalahiko,
ko mifanta, na amy ty lagnitse na amy ty tane, na amy ty fifantagne hafa. Fe ie ka, ao areke ty reha'areo te hoe: "Einka" ho
"Einka" naho "Aha" le ho "Aha," mba tsy hizilike amy ty fitsaragne nareo.[13]Misy ndaty ama'areo ao vao mijaly mafy amy ty
sarotse? Ao reke hivavake. Misy nday fale vao? Ao reke hihira fideragne. [14]Misy marare vao ty agnivo'areo eo? Ao reke
hitoka ze mpitarike fiangonagne, le ao ka iareo hivavake ho aze. Ao iareo hagnosotse menake aze amy ty tahina'i Tompo.
[15]Le ty fivavahagne amy ty finoagne ro hagnasitragne ze ndaty marare, naho le i Tompo ty hanangagn'aze. Naho nanan-
kakeo reke, le hamel'aze ty Andrianagnahare.[16]Ao mba hifagneke heloke nareo, naho mifampi_vavaha, mba ho sintragne
nareo. Ty vavake atao'o ndaty marigne le tena mafe vata'e amy ty fiasa'e. [17]Lahilahy nitovy amantika avao ka ty Elia.
Nivavake mafe reke ty mba tsy hilatsaha'i ranon'oragne'y, naho le tsy nilatsake an-tane t'agnate ty telo taogne naho enem-
bolagne zay. [18]Ie naho boakeo le nivavake ndraike ty Elia. Nagnome ranon'oragne i lagnetse'y, fe ie le namokatse ka i
tane'y.[19]Ry rahalaheko, naho misy ze ama'areo eo te hiala amy ty lalan-kavelogne, naho misy raike mampimpole aze, [20]le
toko'e ho fata'o ndaty io te ndra ia ndra ia magnafake ty be hakeo naho amy ty lalagne diso le hamonje aze amy ty
fahafatesagne, naho le hanakogne fahotagne tsy efa.

# 1 Peter

## 1

[1]Petera, Apostoli'i Jesosy Kristy, hoe'o zanaka am-pielezagne reo, o ze voajobogne reo, magneragne an'i Ponto, Galatia,
Kapadokia, Asia, le i Bitynia. [2]Izay le arake ty onin'Andrianagnahare Ray'e mialoha, voatoka'ty Fagnahy ho fagnekeagne
naho ho famafezagne ty lio'i Jesosy Kristy. Lonike ho ama'areo ty fahasoavagne, naho lonike hitombo ty fiadana'areo.
[3]Lonike ho tahiegne ty Andrianagnahare naho Rai'i Jesosy Kristy Tompontika. Tamy ty famindram-po'e, ro nagnomeza'e
antika fisamahagne vaovao hoe ty fahatokisa'ty lova. Ze lova zay le tamy ty alala ty fivagnognam-belo'i Jesosy Kristy. [4]Izay
le hoe ty lova tsy mete ho mate, tsy ho simba,naho tsy ho rava. Izay le voatokagne ho anareo an-dagnets'agne. [5]Le arova ty
herin'Andrianagnahare nareo amy ty alala ty fonoagne, hoe ty fagnavotagne ze fa vognogne ho ambara amy ty fotoagne
fara'e.[6]Tena falefale mahakasike izay nareo, ndre te paiave'areo aza ty hahatiaro miharovetse amy ty ndaty maro samy
hafa am'izao. [7]Izay le hoe ty fagnaporofoagne ty finoa'areo, ze lafo vily noho ty volamena ze simba, ndre te
nampandalovegne tamy ty afo aza. Miseho zay mba ho hita ty voka'ty finoa'areo amy ty fideragne, volonahitse, naho haja
amy ty hisahoa'i Jesosy Kristy.[8]Tsy nahatrea Aze nareo, nefa tea Aze. Tsy mahita Aze nareo henanik'izao, kanefa mino Aze
naho tena fale amy ty fifaliagne tsy hay rehafegne, mahafinaritse. [9]Raise'areo henanik'izao ty voka'ty finoa'areo, le ty

fagnavotagne ty fagnahi'areo. [10]O mpitoky reo le nikarike naho nagnontany soa ty mahakasike izay fagnavotagne zay, ty
mahakasike ty fahasoavagne ze ho anareo.[11]Iareo reo le nipay ty hahafantatse ty mahakasike te hoe ia naho mbia ty
Fagnahi'i Kristy ama'iareo ao ro nisaontsy tama'iareo. Izay le niseho manahake ty nirehafa'e iareo mialoha mahakasike ze
fijalia'i Kristy naho ty volonahitse magnarake izay. [12]Nambara tama'iareo zay mba tsy hanompo ty vata'e iareo, fa inareo,
naho fa nirehake o raha ze nivoarehake tama'areo am'izao reo iareo tamy ty alala'o ze nitory ty talily soa reo tama'areo
tamy ty alala ty Fagnahy Masigne nalefa baok'an-dagnitse agne ze raha tia'areo Anjely ho fantatse.[13]Noho izay hamono ty
sai'areo. Mahaonogna tegna. Mametraha fahatokiagne amy ty fahasoavagne ze handesegne ama'areo eo amy ty hisehoa'i
Jesosy Kristy. [14]Amy ty maha anake mpankato, ko mampifagnarake ty tegna'areo ama'ze fagniriagne ze narahi'areo tamy
ty mbe tsy nahihitse reo nareo.[15]Fa manahake i raike ze nitoka anareo te hoe masigne, inareo, avao ka, ao mba ho
masigne amy ty findesan-tegna'areo manontolo. [16]Fa voasoratse te hoe: "Ao mba ho masigne, satria masigne Raho." [17]Ka
naho mitoka ty raike ze mitsara tsy misy fagnavakavahagnerake ty asa'o ndaty kiraikiraike iaby te hoe: "Rae" inareo, le
handany ty fotoan'andro'areo amy ty fanehoagne fagnajagne[18]Fanta'areo te tsy boaka tamy ty volafoty navolamena mete
rava ro nagnavotagne anareo tamy ty findesan-tegna gege ze nianara'areo tama'o raza'areo reo. [19]Fe ie ka, navotagne
tamy ty lio lafo vili'i Kristy nareo, i manahake'ty anak'aondry tsy misy handra na hakeo.[20]Voajobogne taloha'ty
nananganagne an'izao tontolo zao ty Kristy, fe ie am'izao le tama'o ze fotoagne fara'e ro nagnambaragne Aze tama'areo.
[21]Amy ty alala'e ro hinoa'areo an'Andrianagnahare, i namagnm-belogne Aze'y naho tama'o ze name'e volonahite mba ho
amin'Andrianagnahare ao ty finoagne naho ty fahatokia'areo.[22]Nagnalio ty fagnahi'areo tamy ty fagnekeagne ty
fahamaregnagne nareo. Izay le hoe ty fitiavagne ara-pirahalahiagne malio; noho izay mifankatiava fatratse amy ty fo.
[ Fagnamarihagne: O dikan-drehake ila'e reo le mivaky te hoe: "Nagnalio ty fagnahi'areo tamy ty fagnekeagne ty
fahamaregnagne tamy ty alala ty Fagnahy nareo."] [23]Nasamake ndraike nareo, tsy boak'amy ty voa mete maty, fa
boak'amy ty voa tsy mete maty, amy ty alala ty saontsin'Andrianagnahare velogne naho mioregne.[24]Fe ie "ty nofotse iaby
le manahake'o akata'o, naho ty volonahi'e iaby le manahake'o folera'o akata'o. Maike ty akata, naho malazo ty folera, [25]fa
ty saontsi'i Tompo le mioregne mandrakizay." Izay ty vaovao mahafale ze natalily tama'areo.

## 2

[1]Noho izay le ario ze raty iaby, ty fahadisoam-panantenagne iaby, ty fiatsaram-belatsihy, ty fagniriagne, naho ty
fagnenjekenjehagne iaby. [2]Manahake ty ajaja vao nasamake, magniro ronono ara-pagnahy malio, mba hahafaha'areo
mitombo amy ty fagnavotagne ao amy ty alala'izay, [3]naho mahatsapa nareo te soa fagnahy ty Tompo.[4]Magnantogn'Aze i
vato velogne'y ze naria'o ndaty, fe ie voajobon'Andrianagnahre ho manan-danja Ama'e. [5]Inareo avao ka le manahake'o
vato velogne'o ka ze voaoregne ho tragno ara-pagnahy, mba ho mpisorogne masigne ze manolotse ty sorogne ara-
pagnahy eken'Andrianagnahare amy ty alala'i Jesosy Kristy.[6]Ty Soratse Masigne leahatreavagne izao: "Ingo, Iraho
mipetrake amy ty Ziona vato fehizoro, voajobo naho manan-danja. Ze iaby mino azy le tsy ho megnatse."[7]Ty volonahitse
noho izay le ho anao ze mino. Nefa, "ty vato naria'o mpagnorigne tragno, izay le lasa loha'ty fehizoro" [8]naho, vato
mahatafintohigne naho vatolampy mahatonta. Tafintohigne iareo, tsy nagnarake ty saontsy, ze voatokagne hoe iareo ava
ka.[9]Fa irehe le ndaty voajobogne, mpisoro'ty mpanjaka, firenena masigne, ndaty hoe ty fanagnan'Andrianagnahare, mba
ho afake hitalily ty hasoa'o asa'i raike ze nitoka azo'y boaka tamy ty iegne tao ho agne amy ty fahazavagne mahalatsa
rehe. [10]Tsy ndaty rehe taloha, nefa henanik'izao rehe le ndatin'Andrianagnahare. Tsy nandrambe famindram-po rehe, fa
henanik'izao rehe nandrambe famindram-po.[11]Ry mameko, mitoka anareo manahake'o vahiny naho mpirerere raho
mba hifaly ty filà'ty nofotse, i ze mahavy aly manohetse ty fagnahi'areo. [12]Toko'e hanagne fagnahy soa nareo ama'o
Jentilisa reo eo, mba ho, naho mirehake mahakasike anareo ho nanao rah raty iareo, le toko'e hahatrea o asa soa'areo reo
naho hankalaz an'Andrianagnahare amy ty andro ze hiavia'e.[13]Ekeo ty fahefa'ty olombelogne iaby noho ty ami'i Tompo.
Ekeo manahake ty ambony vata'e ty mpanjaka, [14]naho'o goverinora reo ka, ze nalefa mba hagnasaze o mpanze raty reo
naho hankalaza o manao ty soa reo. [15]Fa izay ty sitrapon'Andrianagnahare, amy ty fanaovagne ty soa anareo le
nampitsigne ty rehake tsy mahafntatse fomba'ondaty gege. [16]Manahake ty maha'o-ndaty votótse, ko ampiasagne
hanahake ty fanarognagne fahalemeagne ty fahafaha'o, fa ao mba hanahake ty mpanompo n'Andrianagnahare. [17]Omeo
volonahitse ze kila'o ndaty. Tiavo ty firahalahiagne. Matahora an'Andrianagnahare. Omeo volonahitse ty mpanjaka.[18]Ry
mpanompo, mimetia hagneke ty tompo'areo amy ty kila fagnajagne iaby. Ko magneke ho mpanompo'ty soa naho ho
tompo soa fagnahy, fa hoe'o raty fagnahy reo avao ka. [19]Satria mendri-pideragne ze raha misy miaritse fanaintaignagne
naho fa mijaly amy ty tsy rari'e noho ty fagnantena'e an'Andrianagnahare. [20]Fe ie hoatriano ty vola naho manota nareo
naho miaritse tagnate ty fagnasaziagne anao boakeo vao? Fe ie naho nanao ty soa rehe naho miaritse tagnate ty
fagnasaziagne anao, le mendri-pideragne amin'Andrianagnahare zay.[21]Fe ie noho itoy ro nitokavagne anao, satria i Kristy
avao ka le nijale ho azo. Nagnenga ohatse ho azo Reke mba hagnarahagne ze lala'e. [22]Tsy nanota Reke, na hoe nisy fitaka
ty tam-palie'e teo. [23]Naho fa nirehafagne raty Reke, le mba namaly raty. Naho fa nijaly Reke, le tsy niboseke, fa nanolotse
ty tegna'e tama'ty raike ze Mpitsara am-pahamaregnagne.[24]Ireke le nanday ze hakeontika tamy ty tegna'e tao ho ambony
hozo eo, mba tsy hanagne anjara amy ty hakeo sasa tika, naho mba hiaigne hoe ty fahamarignagne. Tamy ty alala ty
ratse'e ro nahasitragne anareo. [25]Nirererere manahake ty aondry montso nareo iaby, fe ie henanik'izao nareo nimpoly
tamy ty mpiarake aondry naho mpiambegne ty fagnahi'areo.

## 3

[1]Ami'ze fomba zay, inareo ampela letoko'e hagneke ty vali'areo. Anovo zay ndre le misy lahilahy maro aza tsy magnarake
ty saontsy, naho le mete ho azo iareo ndre tsy misy aza ty saontsy, amy ty alala ty fagnahi'ty vali'iareo. [2]Fe ie iareo le
hahatrea ty fagnahy mendreke reo am-pagnajagne.[3]Ao ka zay mba ho tanterake tsy miarake ama'o hamigne ivela'e reo:
randram-bolo, ravake volamena, na akanjo lamody. [4]Fe ie ka, ao ka zay mba ho tanterake miarake ami'ze am-po'o ndaty
ao, naho ty hasoa maharetse'ty fagnahy soa naho mitsigne, ze lafo vily agnatrehan'Andrianagnahary eo.[5]Fa ty ampela
masigne taloha ro niravake ty vata'iareo manahak'izay. Nanagne fahatokiagne an'Andrianagnahare iareo naho nagneke
ty vali'e iaby. [6]Manahake ze fomba zay ro nagnekea'i Abrahama an'i Saraha naho nitokava'e aze ho tompo'e. Inareo le
ana'e henanik'izao naho manao ze soa naho tsy matahotse ndaty nareo.[7]Manahake izay avao ka, inareo lahilahy le toko'e
hiaigne miarake amy ty vali'areo arake ty fahazavan-tsaigne, ty ampela le manahake o fanake maleme'o. Toko'e
home'areo volonahitse iareo manahake ty mpiarake mandova ty fagnomezagne ty fiaignagne. Ataovo zay mba tsy ho
voasakagne ty vavake'areo.[8]Fara'e, inareo iaby, ao ka mba hiray saigne, hagnarovetse, hifankatea manahake ty
mpiroahalahy, ho tso-po, naho hiambane. [9]Ko mamale raty ty raty ndre mandratiraty ty mpagnaraty. Mifanohetse am'izay
aza, mitahia avao, fa noho izay ro nitokavagne anareo, mba hahafaha'areo mandova ty fitahiagne.[10]"I raike ze te hankafy
ty fiaignagne naho te hahatrea andro soa le toko'e hampitsanogne ty lela'e amy ty raty naho ty sogni'e amy ty
vavandezagne. [11]Ao reke mba hiala amy ty atao hoe raty naho hanao ze soa. Ao reke mba hipaia fiadagnagne naho hitaky
izay. [12]Ty fihaino'i Tompo mahavazoho ty marigne, naho ty ravembia'e mahatsendregne ze fangataha'iareo. Fe ie ty vata'i
Tompo le manohetse ze manao raty."[13]Ia i raike hamele anareo naho magniry ty hanao ty soa nareo? [14]Nefa naho mijaly
noho ty fahamaregnagne nareo, le sambatse. Ko matahotse ze hatahora'iareo. Ko mititike.[15]Fe ie ka, atokano mahake ty
masigne am-po'areo ao i Tompo Kristy. Mivognosa avao hamaly ze kila'o ndaty iaby ze magnontane anareo ty anto'e
hatokia'areo an'Andrianagnahare. Ataovo amy ty halemeam-pagnahy naho fagnajagne zay. [16]Manàgna feo'ty
fieretseretagnemalio mba ty ndaty ze mandratiraty ty fiaignagne soa'areo am'i Kristy ao le mete megnatse satria
mirehake manohetse anareo iareo manahake te hoe mpanao raty nareo. [17]Soasoa, naho Andrianagnahare ro magniry, fa
mijaly nareo amy ty fanaovagne ty soa noho'ty fanaovagne ty raty.[18]Fa nijaly noho'ty hakeo avao ka ty Kristy. Ireke ze
nimaregne ka le nijaly ho antika, ze tsy maregne, mba handesa'e antika amin'Andrianagnahare eo. Nivinono tamy ty
nofotse Reke, fe ie nivinelo t Fagnahy. [19]Tamy ty alala ty Fagnahy, le nadeha Reke naho nitory hoe'o fagnahy ze tam-
pigadragne tegne reo henanik'izao. [20]Tsy nagneke iareo naho fa nandigny ty faharetan'Andrianagnahare tamy ty andro'i
Noa, tamy ty fananganagne sambofiara, le Andrianagnahare nagnavotse ndaty tsy ampe _ fagnahy valo _ tamy ty rano.
[21]Izay ro famantaragne ty batisa ze magnavotse anareo henanik'izao_tsy manahake ty fagnaliovagne ty loto amy ty
vatagne, fa manahake ty toka'ty feo'ty fieretseretagne ho amin'Andrianagnahare_tamy ty alala ty nivagnognam-belo'i
Jesosy Kristy. [22]Le eo amy ty fità ankavanan'Andrianagnahare eo ty Kristy. Nionjogne an-dagnitse agne Reke. O anjely reo,
o manam-pahefagne reo, naho ty hery le tsy maintsy magneke Aze.

# 4

[1]Noho izay, satria nijaly tamy ty nofotse ty Kristy, le ataovo fialia'ty tegna'areo ze tanjogne zay. Fe ie ze iaby nijaly tamy ty
nofotse le nijanogne tamy ty hakeo. [2]Voka'izay, ty ndaty manahak'izay, agnate ty fotoagne sisa hiaignagne, le tsy hiaigne
hoe ty fagniria'o ndaty sasa, fa hoe ty sitrapon'Andrianagnahare.[3]Fa ampy zay ty fotoagne lasa nanagnovagne ze tea ty
Jentlisa atao- hahafale ty nofotse, fihaminagne, hamamoagne, fitondran-tegna mahamegnatse, fihisan-draty, le o asa ty
fanompoan-tsampy mampangory. [4]Hevere iareo fa hafahafa satria tsy miharo amy iareo ao amy ze fagnaragampo be izao
nareo, Naho izay le hirehake raty mahakasike anareo iareo. [5]Hamale ty raike ze vognogne hitsara ty velogne naho ty mate
iareo. [6]Naho ze antoe zay ro nitoriagne ty vaovao mahafale tamy o mate'o avao ka, mba, na lenitsaraigne tamy ty nofotse
toy ty ndaty aza iareo, le hitsanogne mahanahake an'Andrianagnahare ao amy ty fagnahy.[7]Magnarine ty farae ty raha
iaby. Naho izay misaigna, le mapionona vatagne amy ty eretreretse hoe ty fitiavambavake. [8]Ambone ty raha iaby,
manágne fitiavagne feno hoe ty tsiraidraike iaby, fa ty fitiavagne manarogne fahotagne tsiefa. [9]Mifampiantragnoa tsy am-
pitaraignagne.[10]Fa ty raidraike ama'areo le nandrae fagnomezam-pahasoavagne, ampiasao hifanompoagne zay. Manova
manahake ty mpitan-draharaha ty fagnomezam-pahasoavagne tsiefa maimaimpoana an'Andrianagnahare. [11]Naho misy
mirehake, ao reke hanao izay manahake ty raike mirehake ty saontsin'Andrianagnahare. Naho misy manompo, ao zay ho
boake amy ty hery ze voandalan'Andrianagnahare. Manova o raha reo mba homem-bolonahitse amy ty alala i Jesosy
Kristy amy ty fomba iaby Andrianagnahare. Ao hoe i Jesosy Kristy ty volonahitse naho ty hery mandrakizay doria Amena.
[12]Ry malala, ko raisegne ho hafahafa ty fitsapagne amy ty afo ze nitranga tama'areo, manahake ty hoe nisy raha hafahafa
nitranga tam'areo. [13]Fe ieka, na le tsiefa aza ty hiaigna'areo fijalea i Kristy, mifalea, mba ho afake hifale avao ka nareo le
hofalefale amy ty hitaliliagne ty volonahotse. [14]Naho nivetavetagne noho ty tahina i Kristy nareo, le voatahy, satria ty
Fagnahy ty volonahitse naho ty Fagnahin'Andrianagnahare le mitoboke amareo ao.[15]Fa ao tsy hisy na ia na ia ama'areo
hijale manahake ty mpanompo'o ndaty, mpangalatse, mpanao raty, na mpiraharaha ty e ty hafa. [16]Fe ie naho misy mijale
fa Kristiana, ao reke tsy ho megnatse; fe ie , ao hagnome volonahitse an'Andrianagnahare am'izay agnaragne zay reke[17]Fa
fotoagne zao hanombohagne ty fitsaragne mindre amy ty longon'Andrianagnahare. Naho manomboke amantika zay,
inogne ro ho voka hoe ze tsy mankáto ty filazantsaran'Andrianagnahare? [18]Naho le "ty ndaty marine aza le tsy ho
voavonjy, amy ty fomba manao akory ro hiboaha ty ndaty tsy an'Andrianagnahare naho ty mpanota?" [19]Naho izay ao ze
mijaly noho ty sitragnarofon'Andrianagnahare hagnakigne ty fagnahy iareo any ty Mpamorogne mahatoky amy ty
fanaovan-tsoa.

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

5 [1]Magnanatse o lohologneo ama'areo raho, iraho, ze lohologne ragnetse. Izaho avao ka le vavolombelogne o fijalia i
Kristy, naho ka mpikambagne ao amy ty volonahitse ze fa haseho. [2]Naho izay, magnanatse anareo raho, ry lohologne,
lignaso ty aondrin'Andrianagnahare ze eo ama'areo. Horiho maso iareo, tsy amy ty fahatereteregne, fa amy ty
sitrapo'areo, arake ty sitranarofon'Andrianagnahare. Horiho maso iareo, tsy amy ty vola maloto, fa an-tsitrapo. [3]Ko
manjakazaka amy ty ndaty ze itaoa'areo. Fe ie, ao ho fitaratse hoe ty aondry. [4]Naho fa miseho i Loha ty mpiambegne
aondry, le hahazo satro-bolonahitse tsy mete simba nareo.[5]Manahake izay ka, inareo tanora fagnahy, magnekaea ty
ndaty-bey. Inareo iaby, saforo fagnetren-tegna ty vata'areo le mifanompoa. Fa Andrianagnahare manohetse ty
mpirehareha, fa magnomey fahasoavagne ty mpagnetry tegna. [6]Naho izay magnetre tegna eo ambany ty fitá-
maherin'Andrianagnahare mba hanandratae anareo amy ze fotoagne zay. [7]Apetraho eo amy ty fagnahi'areo iaby, satria
Reke ro miaro anareo.[8]Mampionona vatagne, miambena. Ty fahavalo'areo, le ty kokolampogne, magnodidigne manahake
ty liogne mitregne, mipay ze ndaty ho arapae. [9]Manohera aze. Mioerana amy ty finoa'areo. Fanta'areo fa ze fahoriagne
zay le manjo ty firaisagne o mpino magneragne izao tontolo zao avao ka.[10]Naho fa nijale tagnate ty fotoagne kedekede
nareo, ty Andrianagnahare ty fahasoavagne iaby, ze nitoka anareo ho amy ty volonahitse mandrakizay ao amy i Kristy, le
hahatanaterake anareo, hanangagne anareo, le hampahery anareo. [11]Ho Aze anie ty fanjakagne mandrakizay.
Amena[12]Raeseko manahake ty roahalahe mahatoky i Silasy, le nanoratse rehake kedekede hoanareo tamy ty alalae raho.
Magnanatse anareo raho le magnambara anareo fa ze nisoratako le fahasoavagne maren'Andrianagnahare. Mitsangana
am'izay. [13]Ty ampela ze ei Babylona, ze voafily nindre tama'areo, manao veloma anareo. [14]Mifanaova veloma amy ty
fagnorofam-pitiavagne. Ho amareo iaby anie ty fiadanagne ze ao amy i Kristy.

# 2 Peter

1 [1]Simona Petera, mpagnompo naho apostoloy Jesosy Kristy, hoe ze nahazo finoagne fanjaka manahake ty norambese ay,
finoagne am-po ty fahamaregnan'Andrianagnaharentika naho Jesosy Kristy mpandrombake. [2]Lonike hionjogne ty
fitahiantsoa naho ty fiadanagne amy ty fahafohignagne an'Agnahare naho Jesosy Andriantompotsika.[3]Ze kila raha
miomba ty herin'Agnahare ho fiagne naho fagnahy le nimeagne antika amy ty fahafohignagne an'Agnahare, nikoike
antika ama ty voninahi'e naho ty hasoa'e. [4]Amo zao raha iaby zao ro nagnomea'e antika ze raha soa fanjaka vatae
vinetsevetse ty foentika intika, le ho raike amy ty fomban'Agnahare nareo, naho afake mienga ty raha ota an-tany eto amy
ty fomba raty.[5]A izao, manoa soa hagnampeagne soa ty finoa'areo, fa boake amy ty hasoa'areo ty hilala. [6]Amy ty
hilala'areo, ro hahaiagne minday fiaigne, ty findesagne ty fiaigne ro hahaiagne miaretse, amy ty fahareta'areo, ro
hahaiagne minday ty fagnahy. [7]Ty findesa'areo ty fagnahiareo, ro hahaia areo mitea rahalahy, amy ty fiteagne rahalahy,
ro hahaiagne fitiavagne.[8]Naho ama areo ao zao le ho ama'areo ao maro, le tsy ho enga izao tsy hahavokatse amy ty
fahafantaragne Jesosy Kristy Andriantompontika inareo. [9]Le ndre ia ndra ia tsy managne o raha ao le tsy hahatrea naho
tsy ze marine aze fa ho goa. Tsy nitiahi'e iareo ty nagnaliovagne hakeo iareo te taolo.[10]A ie zao rikiahe, ano'o ze fonga raha
hiantoke ty koike naho ty jibogne anareo. Naho manao o raha ao nareo, le tsy ho voatsikambe. [11]Le tsy hagnahiragne
anareo ty fizilihagne amy ty fanjakagne tsitampetampetse ey ty Andriantompontika naho Jesosy Kristy mpandrombake.
[12]A izao le magnolobatagne raho hahatiarova areo zao raha iabike zao, ndre te ie fanta areo zao, ndre te ie mahozatse
amy ty maregne nareo hinane zao. [13]Naho ty amako avao le ataoko te fagnevako naho mamoha anareo avao hahatiahy o
raha reo, naho mbe ama ty tragno ho simba toy raho. [14]Fa toe haiko te tsy ho mbia avao le hoafahako ty tragnoko toy,
manahake ty raha naboa Jesosy Kristy Andriantompontika ahy. [15]Le hanao ze hereko raho hahatiarova'areo ndre
mbiambiagne o raha iabike reo naho fa agne ty andenako.[16]Fa tsy nagnorike talily nisoa tefe finorogne zahay naho
nirehake ama'areo ty miomba ty hery naho ty niboaha i Jesosy Kristy Andriantompontika. Fa izahay le vavaolombelogne
nagnatre-maso ty fanjaka'e. [17]Fa Ie le nahazo laza naho voninahitse boake amin'Agnahare Raentika naho fa niavy ze feo
Amae eo amy ty hasi'e bey varae tihoeke ey te: "Intoy ty Anako teako, kisoko vatae." [18]Naharey zao tsara boake an-danitse
agne zao zahay, naho fa nindre amae am-bohitse masigne ey.[19]Intika managne ty saontsy tokiegne fa soa fototse toy. A
manoa soa ama izao inareo. Izao le manahake ty jiro mazava am-po ty iegne hatra ty hiavia ty maraigne naho ty kinta ty
maraigne mibelagne agnate ty fo'e areo. [20]Fantaro hey te, tsy misy ty tokiegne miboake amy ty raha safirie ty ndaty. [21]Fa
tsy misy fitokiagne boake ama ty zotom-po ty ndaty. Fa tinary ty Fagnahy Masigne iareo hirehake ze saontsin'Agnahare.

2
[1]Ty mpitoky sandoke le niavy ama ty ndaty, le ty mpagnanatse lalan-kavelogne sandoke ka le hoavy ama'areo eo.
Hibisebiseke raha raty mamotike an-tsaigne ao iareo, le handietse Andriantonpo nivily iareo. Iareo manao hoe io avao ro
minday ty raha hanjamagne iareo. [2]Maro ty hagnorike ty fitsetotseto iareo, toe ty raha hoe izao mahavy rehake raty ty
lala ty maregne. [3]Ty fahatondregnagne ro higegeagne anareo reketse ty rehake vande. Tsy hoela ty hizakagna iareo hoe
rey; tsy ho mbiagne ty hampidemodemoke iareo hoe rey.[4]Andrianagnahare tsy mitretre ze anjely niota. Fa najo ho ama ty
valagny tane iareo hotanagne gadragne am-po ty iegne ao hatra ty hiavia ty fitsaragne iareo. (Fagnamaregnagne: ty
fandikagne ilae te taolo agne vakiegne hoe izao te: "Ho fehegne am-po ty lavake maiegne hatra ty hiavia ty fitsaragne.")
[5]Tsy nagnary ty tane bey toy avao ka Reke. Fa le namonjy Noah, mpitalily ty maregne, mindre ama ty fito hafa, naho
nanjamagne ze raty fagnahy ty tanebey toy amy ty safo-drano Reke. [6]Andrianagnahare ka le nampanjare lavenoke naho
nampidemodemoke ty tanagna i Sodoma naho Gomora amy ty helo'e, manahake ty raha nahazo ty raty fagnahy.[7]Lota
ndre te ie napijaleagne maregne amy ty findesae vatagne tsy ie fa mitsetotsetoke le norombahen'Agnahare. [8]Fa zao lahy

maregne nindre ama'iareo andro nao halegne izao, le ndaty tsy manam-pagnahy amo ze raha maregne nihita'e naho ty
rey. 9Hay i Andriantompo ty rombake ty soa fagnahy ama ty tso-kevetse, naho ty fomba hitanagne ty ndaty maregne halilo
naho fa avy ty andro hitsaragna aze.10Toe le maregne izao hoe ty ndaty mimane orike magniry raha raty ty nofotse naho
ty manivativa fahefagne. Loho mahavany naho mihasy ty reha'e iareo. Tsy atahora iareo ndra ty rehake raty o
bevoninahitse eo. 11Lako hery naho fahefagne ty anjely, fa tsy mahavita ty ho tsara naho tivativa ze manohetse iareo amy
Andriantompo ao.12Natao ho tsepahegne naho zamanegne ty biby tsy manan-tsaigne. Tsy raha fata iareo ze tivativa iareo,
fa ho zamagne iareo. 13Handra'e ty vale ty raha raty nanoe iareo. Manao izao iareo te ty votsotse androany ro haha. Iareo
hoe io ro tsivokatse naho hakeo. Tsy mahay avao iareo amy ty asa raty vande iareo naho fa miharo fihinagne ama'areo.
[Fagnamaregnagne: Ty fandikagne ilae mivaky hoe izao te: "Tsy mahay avao amy ty asa'e iareo naho fa miharo fihinagne
mindre ama'areo amy ty hanem-pilongoagne."] 14Tea iareo ampela tsimiriragne eo; tsy mahaeneke ty fo iareo raha raty io.
Minday ty fagnahy iareo tsy ho mate ama ty fanoagne raha raty iareo, fa niofagne hagniry ze kila raha ty fo iareo. Ana ty
ompa iareo hoe rey!15Nienga iareo lala-kavelogne soa ao. Nitsily nagnorike ty lala i Balama ana i Beora iareo, mipay ty
hoaze fa tsy ty maregne. [Fagnamaregnagne: "Ty fandikagne ilae mivaky hoe izao te: "Balama, ana i Bososra."]
16Nasiahagne reke amy ty tsy fagnoriha'e lily manokagne. Teo izay birike moagne izay nirehake hoe ndaty nandrara ty ne
i mpitoky.17Ty ndaty hoe rey le manahake ty lohantaogne tsy misy oragne. Manahake o rahogne ndese ty tioke bey io.
Natokagne hoe iareo ty iem-bey. 18Ze fonga raha rehafe iareo. Mitarike ndaty hila ze tea ty nofotse. Mitarike ty ndaty fa
milay ty raha ota. 19Mampitamà vatagne ho haha avao iareo, mone izao ty vatae le ndevo ty raha veta. Fa ty ndaty ndevo
ze raha mahatindry aze.20Ndre ia ndra ia afake ama ty raha ota ty tanebey toy amy ty fahafantaragne Andriantompo naho
Jesosy Kristy Mpandrombake, le mbe miheregne amy ty raha ota ka, le mbe handako ze raha ho nisy voaloha'e ty raha
hisy afara. 21Ty nisoa'e iareo ndra ty nahafantatse ty lala maregne naho te ie mahafantatse izao ro hivalike ama ty lily
masigne nimeagne iareo. 22Maregne hoe iareo ty fagnoharagne toy te: "Ty amboa ro miheregne amy ty loa'e. Ty agnombe
fa nalio ro niheregne niandro fotake ey."

3 1Hinane zao, ry longoko, manoratse ty taratasy faharoe toy hoanareo raho ho tiaro ndesegne mandrisike ty saigne
malio areo, 2hahatiarovagne ty saontsy ty mpitoky masigne te taolo naho ty lily Andriantompo naho mpandrombake
antika nimea o apostoly reo.3Fantaro hey, te ty mpanivativa le ho tram-parae. Hanao tsikiky iareo le hanao ze raha tea
iareo. 4Hanao tihoeke iareo: "Aia ty nampitamagne amy ty hibaliha'e? Fa hatra ty nivilasia ze razantikagne, tsy trea ty kila
raha niova, ndre hatra ty namotsoragne ty tanebey toy.5Atao iareo tsy fantatse fa ty lanitse naho ty tane le nisy tama ty
rano naho nihirike ama ty rano, fotoagne ela, 6amy ty lilin'Agnahare, le ty fisia o raha reo ro, nanjamanagne ze kila raha
tan-tany eto tamy fotoagne zay, tamy ty tondra-drano. 7A hinane zao ty lanitse naho ty tane le natokagne ho'e ty afo boake
amo lily io avao. Iareo le natokagne handigny ty fitsaragne naho ty fanjamanagne ze raty fagnahy.8A ao tsy ho haligno
areo ry longo, fa ty ndraike andro amy Andriantompo le hoe arivo taoge, le ty arivo taogne hoe indraike andro. 9Tsy ela
amy Andriantompo ty mandefe ze nampitamà'e, manahake ty atao ty ho hahela'e. Fie Reke ka, le haharetse ama'areo. Tsy
tea ty hahamontso anareo, fa hoavy amy ty fiovan-kavelogne iabike.10Ndre izay, le hoavy hanahake ty dahalo ty andro i
Andriantompo: Hanjavogne mindre amam-peo mafe o lanitse eo. Ho mae ty afo ze kila raha, ty tane naho ze asa iabike
hambara. [Fagnamaregnagne: Ty fandikagne ilae vakiegne hoe izao: "Ze kila raha le ho mae ty afo, le ty tane naho ze asa
amae ao le horoagne abik.")11A naho ndra ho hara'e hoe izao aby ze kila raha izao, le ho fagneva ty ndaty manao akore
inareo? Fagneva ty ho masigne naho hinday fiaigne mifagnorike amin'Agnahare nareo. 12Fa fagneva ty hitamà naho
hanao ty hitsielà ty fiavy ty andron'Agnahare nareo. Amo zao andro zao, le ho levon-ty afo o lagnitse eo, le ze kila raha le
ho sosore ty fana iabike. 13Naho ty nambara'e, le mandigny ty lagnitse vaovao naho tane vaovao ze hisia ty raha maregne
ntika.14A izao ry longo, toe ndra fa mitamà zao raha iabike izao nareo, manoa ze raha soa vatae ama'areo agne, tsy
hanagnan-draty tsy hanagnan-tahegne miatreke Aze hiadagne. 15Tsy zay avao, fa vetsevetseo ty fiareta i Andriantompo
nandrombake antika, manahake ty sinora i rahalahy Paoly longontika ama'areo, amy ty hilala nimeagne aze. 16Paoly le
magnombara zao raha izao amy ze taratasy iabike sinorae, i misy raha sarotse safiriegne zay. Ndaty tsy maharendre-
draha naho tsy miatreke raha ro magnova o zao, ampanahafe'e ty anoa'e ty soratse masigne ilae ka, le izao ty mitarike ty
vata'e ama ty tane ty montso.17A ie zao ry longo, fa hai'areo zao raha zao, le ambeno soa ty fagnahi'areo tsy hoazo ty
vande ty raty fagnahy hahamontso ty ható areo. 18Aonjogno ty hasoa naho ty fahafantaragne i Andriantompontika naho
Jesosy Kristy Mpandrombake antika. Ho amae anito ty voninahitse le tsihotampetampetse. Amena!

# 1 John

1 1Ze laha tamboaloha e zay fa nirey ay, le ze fa nitrea ay amo masoay io, le ze fa netea ay, naho ze fa tsinapa ty tagna ay,
izay le miomba ty lilin-kavelogne. 2Manahake izay ka, ty nampahafantaragne ty havelogne, le fa nitrea ay zay, naho le
zahay ty mitsangagne ho voanolombelogne ama zay. Le izahay ty mampahafohigne ama areo ty havelogne mandrakizay,
ze tama ty Rae ao, naho ze fa nampahafanteregne anay.3Ze fa nitrea ay naho ze nirey ay avao ka ty hambara ay ama areo,
mba hanagna 'reo fifinkahazoagne amay avao ka. Ty fifankahazoagne anagna ay moa le ama ty Rae naho ama ty Anae,
Jesosy Kristy. 4Manahake izay avao ka, manoratse zo raha ho anareo zahay mba hilefesa ty haravoan-tika.
[Fagnamaregnagne: ze tikan-drehake taolo ilae le vakiegne hoe izao: " Ara le manoratse zo mba hilefesa ty
fifalea'reo."]5Izao ty hafatse nirey ay hirike amae le ambara ay ama 'reo: Andrianagnahare ro fahazavagne, naho ze Amae
ao le tsy misy maiegne vatae.6 Naho mivolagne tika fa managne fifandraesagne Amae naho mandeha ama ty maiegne, le

mavande tika naho le tsy manao ty maregne.[7] Fe ie naho mandeha ama mazava manahake Aze tika agnate ty fazavagne
ao, le managne fifandraesagne ama ondaty kiraidraike tika, naho le ty lio i Jesosy Anae ro magnalio antika ama ty hakeo
aby.[8]Naho mivolagne tika te manankakeo, le mamitake ty aintika tika, naho le tsy ampiaintikao zo fahamaregnagne zao.
[9]Fe ie naho miantoke ty hakeontika tika, le miantoke vatae Reke ama ty fagnahagne ty hakeontika naho le magnalio
antika ama ze tsy fahamaregnagne iaby.[10] Naho mivolagne tika te mbe liae naho niota, le manognom-pandagnitse aze,
naho le tsy ampiaintika ao ty saontsie.

2 [1]Anake, manoratse ty raha rey toa raho tsy hagnota areo. Fe ie naho misy magnota, Managne mpisolo vava raike ama
ty Rae, Jesosy Kristy tika, ie ro maregne. [2]Ie ty mpagnavotse ty hakeon-tika, naho le tsy ty antika avao, fa ndre ze kila
raha iaby ka.[3] Amy izay ty amantaran-tika fa mahafantatse Aze tika: naho miambgne ze lili'e.[4]Ze mirehake te ie: "
Mahafantatse an' Andrianagnahare raho" fa ie tsy miambegne ze lili'e, le mpandagnitse, ara le tsy amae ao ty maregne.[5]
Fa ndre ia ndre ia miambegne ty saontsy e, maregne vata e, le ama ze ndaty zay ao ty nilefesa ty fitean' Andrianagnahare.
Amy izay ty ahafohignan-tika fa amae ao tika.[6] Fa iraike mirehake te mitoetse aman' Andrianagnahare ao oy le tokoe
handeha avao ka reke hanahake ty nagnaveloa i Jesosy Kristy.[7]Ry longomamy, tsy nanoratse lily vaovao ho anareo raho,
fa ze lily ntaolo fa nanagna areo hatram-boaloha e. Ty lily ntaolo le ze rehake nirey areo. [8]Fa nanoratse ty lily vaovao ho
anareo raho, le ze maregne ama Krity ao naho ama areo ao. Satria ty haiegne mandriogne, fa ty fahazavagne vata e ro le
mipasà.[9]Fa ze raike mirehake te ama ty mazava ao reke naho malaigne ty roahalahie le mbe agnate maiegne reke henane
zao.[10] Fa ze raike tea ty roahalahie le mitoetse agnate ty mazava naho le tsy hisy fotoagne hahatafitohigne aze. [11]Fa ze
raike tsy tea ty roahalahie agnate ty maigne ao le mbe mandeha ama ty maiegne avao , naho le tsy mahafantatse ze
hombae reke, satria o hiegneo ty fa nahagoa ty masoe.[12]ratse ho anareo raho, ry anake mamy, satria ze fahotaareo le fa
hinahae ama ty tahinae.[13] Manoratse ho anareo raho, ry Rae, satria fa fohy areo ireke ro boake ama ty fanombohagne.
Manoratse ho anareo raho, ry zatovo, satria niliere areo ty raty. Fa fanoratse ho anareo avao ka raho, ry ajaja malineke,
satria nareo le mahafantatse ty Rae. [14]Fa nanoratse ho anareo raho, ry rae, satria fa fohy areo ireke ro boake ama ty
fanombohagne. Fa nanoratse ho anareo raho, ry zatovo, fa mafe nareo, naho le mitoetse ama areo ty
saotsin'Andrianagnahare, ara le fa nandietse ty raty ka nareo.[15]Ko teagne na ze kila raha antane naho ze hene raha amae.
Naho misy tea ze hene raha, le amae ao ty hatea ty Rae. [16]Fa ze kila raha ama ze hene raha tane le paia ty onofotse, paia ty
maso, naho le mieboebo ty fiaigne fe ie le tsy hirike ama ty Rae fa boake ama ze kila tane. [17]Ze kila raha naho ze
firiritagne le mandriogne. Fa ndre ia ndre ia manao ty zoton'Andrinagnahare le hitoetse hatra amparae.[18]O riety, izao ty
lera farae. Nanahake ty fa nirey areo fa ho avy ty mpanohetse i Kristy, mareo iareo mpanohetse i Kristy naho le fa avy
amizao. Amizay ty ahafohignan-tika fa itoy ty lera farae.[19] Nisintaha iareo tika, fe ie hirike amantika. Fa naho tamantika
iareo le nitoetse niharo amantika. Fa naho fa nisintake iareo, le naboae te ie tsy tamantika.[20]Fa managne fagnosoragne
hirike ama ty Rae Masigne nareo, naho le ho fantaareo iaby ty maregne. [Fagnamarihagne: misy dikan-drehake ilae naho
vakigne manao izao: " Managne ze kila fahalalagne nareo." Fa dikan-drehake ntaolo ka le vakiegne manao tihoeke te: "
naho le ho fanta'areo ze kila raha."] [21]Tsy nanarotse ho anareo raho satria nareo tsy mahafantatse ty maregne, satria
fantaareo zay naho le tsy misy vande boake ama ty maregne.[22]Ia ro mpanadagnitse naho tsy ze mandietse fa i Jesosy ro
Kristy? Ze ndaty zay ro mapanohetse Kristy, naho fa mandietse ty Rae naho ty Anake reke. [23]Tsy ndaty handietse ty Anake
naho managne ty Rae. Ndre ia ndre ia magneke ty Anake avao ka le managne ty Rae.[24]Fa ho anareo, asao ze nirey areo
laha tamboahae le hitoetse ama areo ao. Naho ze nierey areo hatra ama ty nanombohae ro mitoetse ama areo ao, le
hitoetse ama ty Anake naho ama ty Rae avao ka nareo. [25]Izay ty fampitamaegne nimey antika: le ty fiaignagne
hatramparae.[26] Fa nanoratse ze raha zay ho anareo raho momba ty ze hinday anareo ama ty lalan-tsie.[27]Fa ho anareo, ze
hosotse rinaeareo boake ama zay le hitoetse ama areo, naho le tsy hipay ndaty hagnanatse anareo ka nareo. Fa nanahake
ty nagnanara ty fagnosoragne anareo ze kila raha le tò tsy misy vande, naho le manahake ty fa nagnanara izay anareo, le
mipetraha Amae ao.[28] Amizao, ry anake mamy, mipetraha amae ao, naho mba fa avy Reke, le hanam-pahasahiagne tika
naho le tsy ho megnatse ty agnatrehaeo ama ty fiavie.[29] Naho fantaareo fa ie ro maregne, fantaareo ezao fa ze manao ty
mete le terake tamae.

3 [1]Ingo manahake ty inogne ty ty fitiavagne nomey ty Rae antika, mba hitokavagne antika te ie anan'Andrianagnahare,
ara le itika zay. Naho ze antoe zay, le tsy mahafantatse antika ze kila raha, satria izay ka ty mahafantatse aze.
[Fagnamarihagne: Ty dikan-drehake taolo tsy magnisy tihoeke:" le izay ka tika."] [2]Ry longo mamy, anak'Andrianagnahare
tika te anito, naho izay le mbe tsy nambara ka te ie inogne ty tahafen-tika. Itika le mahafantatse fa naho miboake ty
Kristy, le manahake Aze tika, satria hahatrea Aze manahake Aze tika. [3]O maro managne ze fahatokisagne zay momba ty
ho avy mifototse amae zay le magnalio ty tegna e mba halio manahake Aze.[4]Ze maro magnota zay iaby le tsy manao ara-
dily; fa ty fahotagne le tsy ara-dily. [5]Inareo le mahafantatse fa i Kristy le magnombara mba hagnalio ty hakeo, naho le ze
amae ao le tsy misy hakeo. [6]Tsy misy ndaty mitoetse ama e ao naho le mbe hòta hatramparae. Tsy misy ndaty nahatrea
aze na nafantatse aze naho le mbe niota.[7]Ry anake teako, ko engagne hisy ndaty hamitake anareo. Ze raike manao ty
hamaregnagne le maregne, mahake ty maha maregne i Kristy. [8]Fa ze niota raike le boake aman-drekoko, naho toe le
rekoko avao ka ty niota laha tamboalohae. Naho le izay ty foto e nampiboahagne ty Anak'Andrianagnahare, mba hahaiae
manimba ze asan-drekoko.[9]Ndre ia ndre ia nasaman'Andrianagnahare le tsy nitonjohizae ty fahotagne satria ty voa boake
aman'Andrianagnahare le mitoietse amae ao. Tsy afake manonjohy ty fahontagne reke satria nasaman'Andrianagnahare.
[10] Le amizay ao ty hampiboaha iareo ty anak'Andrianagnahare naho ze anan-drekoko. Ndre ia ndre ia tsy manao ty

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

maregne le tsy boake aman'Andrianagnahare; ndra ze raike tsy tea ty rahalahie aza.[11]Fa izay hafatse zay fa nirey areo
laha tamboalohae: fa tokoe hifankatea tika,[12] fa tsy hanahake i Kaina, boake ama ty raty naho le mamono ty roahalahie.
Inogneo namonoa e aze eo? satria raty ze asa e, naho le ty an-droahalahie le maregne.[13]Ko daba, ry rahalahiko, naho jehe
o tane eo nareo.[14] Fa haintika fa faniala ama ty havilasy ho ama ty fiaignagne tika, satria teantika o roahalahie eo. Naho
ze tsy tea le mitoetse ama ty havilasy zay. Mpamono ndaty ze malaigne ty rahalahie. [15]Fa fanta areo fa tsy misy mpamono
ndaty manan-kavelogne hatramparae le mitoetse ama ao.[16]Amizay ro hahafantarantika ty hatea, satria Kristy le nanolo-
batagne ho antika. Ndra itika ka le tokoe hanolotse ty aintika hoe iareo rahalahy.[17] Fa ndra ia ndra ia managne ze kila
hareagne antagne toy, le mahatrea ty hasahira ty roahalahie, naho le magnily ty fo hiferenaigne aze, amy ty fomba
manao akore ty hipetraha ty hatean'Andrianagnahare ama ao?[18] Nareo anako teako, asao tika tsy hitea an-drehake na am-
bava avao, fa amy ty asa naho ty fahamaregnagne.[19]Izay ty nihirifa ty hahafantarantika faboake ama ty fahamaregnagne
tika, naho le mampitamae ty fontika aloha eo tika. [20]Fa naho magnameloke antika ty fon-tika, bey naho ty arofon-tika ty
Andrianagnahare, naho le mahafohigne ze kila raha iaby Reke.[21] Ry mamiko, naho tsy boseke amantika ty fon-tika, le
manam-pahatokisagne amin'Andrianagnahare tika.[22] Ndre ino ndra ino angatahentika ama e le ho azontika, satria
ambenan-tika ze lilie naho le manao zotoe aloha eo.[23]Izao ty lilie: tokoe mino ty tahina ty Anae Jesosy Kristy naho le
mifankatea tika, manahake ty fanagnomezae antika ze lily zay. [24]Le ze raike mitagne ty lilin'Andrianagnahare le mitoetse
ama ao, naho le mitoetse ama e ka ty Andrianagnahare. Amizay ro hahafohignantika fa mitoetse ao amantika ao ka reke,
ama ty Fagnahy nimey antika.

4 [1]Inao longo mamy, ko iantofagne ze hene fagnahy. Fa ie, magnohara ze fagnahy mba hahatrea fa boake
aman'Andrianagnahare iareo, satria mpitoky mpieva lako ro hihalavitse ze kila raha.[2] Amizay ro hahafohigna areo te
fagnahin'Andianagnahare ze hene fagnahy miantoke fa i Jesosy Kristy nanjare nofotse ro boake aman'Andrianagnahare,[3]
naho ze fagnahy iaby ro tsy miantoke fa tsy boake aman'Andrianagnahare ty Jesosy. Le izay ro fagnahy pandietse Kristy,
le fa rey areo te ho avy, naho le anito avao le fa an-tane etoy. [Fagnamarihagne: misy dikan-drehake taolo vakiegne
manao izao: " Ara ze fagnahy le tsy miantoke fa i Jesosy nanjare o nofotse le tsy hirike aman'Andrianagnahare. Le izay ty
fagnahy ty mpanohetse Kristy, e zao fa rey areo fa ho avy, naho le anito le fa an-tane etoy.][4]A nareo le boake
aman'Andrianagnahare, ry anake teako, naho le fa nandresy aze iareo, satria raike tama areo ao oy le bey mandako ze
raike ama ze kila raha etoy zay.[5] Iareo le boake ama ze kila raha, manao izao le ze hene raha volagne iareo le boake ama
ze kila raha, naho le mitsanogne aze aby ze hene raha. [6]Boake aman'Andrianagnahare tika. Ze mahafantatse
Andriatompo le maharey antika. Fa Ie tsy hirike aman'Andrianagnahare le tsy maharey antika. Amizay ty ro
hahafohignantika ty fagnahy fagnamaregnagne naho ty fagnahim-pahadisoagne.[7]Ry longo mamy, ndao tika hifankatea, fa
boake aman'Andrianagnhare ty hatea, naho ze tea iaby le nasaman'Andrianagnahare naho le mahafantatse Aze.[8] Tsy
mahafantatse anan'Andrianagnahare ze ndaty tsy tea , satria ty Andrianagnahare le fiteavagne.[9]Manao izao ty
hatean'Andrianagnahare le nambara tamantika, fa Andrianagnahare le nagnirake ty Anadahie bakotokagne ho ei ze kila
raha mba ho velogne mandako Aze tika.[10]Ty agnama ze hatea zay ao, tsy ty nihateantika an'Andrianagnahare, fa ty
fikokoa e antika, naho ty nagnirake ty Anadahie e ho fagnahagne ty hakeontika.[11]Ry longo mamy, naho lako hatea antika
ty andrianagnahare, le tokoe hifankatea ka tika. [12]Mbe liae tsy nisy ty nahatrea an'Andrianagnahare. Fa naho mifankatea
tika, le mitoetse amantika ao ty Andrianagnahare naho le ho lefe amantika ty hatea e.[13] Amizay ro hahafantarantika fa
mitoetse amae ao tika naho le amantika ao ka reke, satria reke le magnomey antika t' ila ty Fagnahaie.[14] A ie zao ama, le
fa nahatrea ka tika naho le fa niantoke ho voavolombelogne fa nagnirake ty Anadahie e ty Rae ho Mpagnaha ze kila raha.
[15]Ndre ia ndre ia naho miantoke fa Andahin'Andrianagnahare ty Jesosy, le mitoetse ama ao ty Andrianagnahare naho
aman'Andrianagnahare ao ka reke.[16] Itika ka le mahafantatse naho le mino ty fiteavagne fa nanagnan'Andrinagnahare ho
antika. Andrianagnahare le fteavagne, ara le ze raike mitoetse ama ze fitiavagne zay le mitoetse aman'Andrianagnahare
ao, naho le mitoetse ama ao ka ty Andrianagnahare.[17]Naho izay aré, ze hatea zay ro nilefesegne tamantika, mba
hanagnantika fantokisagne amy ty andro fitsaragne, satria manahake Aze, le hoe izay avao ka tika ama ty tane toy etoy.[18]
Tsy misy tahotse ama ty hatea ao. Fe ie, ze hatea vata e le magnafake tahotse, satria o tahotseo le mahay tsy mindre amo
saze eo. Fa ze raike matahotse zay le tsy natao ho lefe ama ty hatea.[19]Tea tika satria le nitea antika ka ty Andrianagnahare
laha tamboaloha e.[20] Naho misy ndaty mirehake tihoeke te: " Teako ty Andrianagnahare" fe ie malaigne androahalahie e,
le mpavande reke. Fa ze raike tsy tea ty roahalahie e, ze trea e, le tsy hahay hitea an'Andrianagnahare, tsy trea e zay.
[21]Naho, toe le izay ka ty lily nanagnantika boake ama e: ndre ia ndre ia tea an'Andrianagnahare le mahay tsy ho tea ty
roahalahie avao ka.

5 [1]Ndra ia ndra ia miantoke fa i Jesosy ro Kristy nasaman'Andrianaganahare, naho le ndra ia ndre ia tea ty Rae le ikokoa
e ka ty anake nasamae.[2] Le izay ro ahafohignantika fa mikoko antika ty anak'Andrianagahare: naho tea
an'Andrianagnahare tika le magnorike ze lilie.[3] Satria izay ro hatea ho an'Andrianagnahare, le ty fagnorihantika ze lilie.
Naho le tsy mavesatse o lilie eo.[4]Fa ze kila ondaty nasaman'Andrianagnahare le mandresy ama ze kila tane. Naho ze
fandreseagne zay ro fa nandresy ze kila raha: le ty finoantika. [5]Ia o raike mandresy ze kila raha aby io? Le ze raike
miantoke fa i Jesosy ro Anak'Andrianagnahare.[6]Ze raike niavy tama ty rano naho ty lio zao: Jesosy Kristy. Tsy niavy ama
ty rano avao reke, fa ama ty rano naho ty lio. [7]Fa misy telo mitsangagne voavolombelogne:[8] ty Fagnahy, ty rano, naho ty
lio. Ie telo le mifagnorike. [Fagnamaregnagne: ty dikan-drehake taolo ilae le vakiegne manao izao: "Fa misy telo
mitsangagne voavolombelogne ty an-dagnitse agne: ty Rae, le ty Rehake, naho ty Fagnahy Masigne; naho le raike avao ie

telo. Le mbe misy telo ka mitsangagne voavolombelogne ambone tane etoy: ty fagnahy, ty rano, naho ty lio; naho le raike
avao ie telo." Ndra izao anio, ze dikan-drehake soa vatae le tsy vakiegne manao izao.][9]Naho mandrae ty fitsangana ondaty
voavolomnbelogne tika, le ho bey vatae ty fitsanganae voavolombelon'Andrianagnahare. Fa ty fitsanganagne ho
voavolombelon'Andrianagnahare le izao: ireke le mitsangagne voavolombelogne mikasike ty Anae. [10]Ndre ia ndre ia
miantoke ty Anak'Andrianagnahare le managne fitsanganagne voavolombelogne ama ty tegna e ao reke. Ze tsy mino
an'Andrianagnahare le manognom-pandagnitse Aze, satria ireke le tsy miantoke ty fitsanganagne voavolombelogne ama
ty fa nimein'Andrianagnahare momba ty Anae.[11]Naho ty fitsanganagne ho voavolombelogne le izao:
Nimein'Andrianagnahare antika fiaignagne hatramparae, naho le ama ze Anae ao ze fiaignagne zay. [12]Ze raike managne
ty Anake le managne ty fiaignagne. Ze ndaty tsy managne ty Anak'andrianagnahare le tsy manan-kavelogne.[13]Fa sinorako
ho anareo ty raha toa mba hahafohigna 'reo fa managne ty fiaignagne mandrakezay nareo ho anareo ze miantoke ty
tahina ty Anak'andrianagnahare.[14] Le manahake izay avao ka, izao ty fifagnekeagne nanagnantika tagnatreha eo, te ie
ndra ino ndra ino anagantahentika arake ty zotonarofoe, mahonigne antika Reke.[15] Le mbe hoe izay avao ka, naho
haintika fa mahonigne antika Reke- ndra ino ndra ino anagantahentika Amae- le fatantika fa ho azontika ze hene raha
nangatahentika tamae.[16]Naho misy ndaty raike mahatrea ty rahalahie magnota fe ie tsy mikaike hafate, le mahay tsy
mivavake reke, naho le hagnomey fiaigne ho aze ty Andrianagnahare. A'zaho le mampitaha iareo ze manankakeo fe ie tsy
mikaike hafate. Misy hakeo ze miterake hafate; fe ie tsy mivolagne raho te ie tokoe hivavake amizay reke. [17]Ze tsy
fahamaregnagne iaby le fa hakeo, fe ie misy hakeo tsy mikaike fahafatezagne.[18]Fatantika fa ndra ia ndra ia
nasaman'Andrianagnahare le tsy manankakeo. Fe ie ze nasaman'Andrianagnahare le miaro ty vatae, naho hihalavitse aze
ty raty. [19]Fa haintika fa boake aman'Andrianagnahare tika, naho ze kila tane le mitoetse ama ao ty raty.[20]Mone izao fa
haintika fa niavy ty Anak'Andrianagnahare naho le fa nagnomey antika fahazavan-tsaigne mba ahafohignantika ze raike
maregne vata e. A le manahake izay ka areke, tika naho ama zo raike maregne zay ao, ama i Jesosy Kristy Anae ao. Ie ro
Andrianagnahare maregne naho le fiaignagne mandrakezay. [21]Anake, ambeno ama ze sampy ty tegna areo.

# 2 John

1 [1]Boake ama ty zoke o'ndaty hatra ama ty ampela voajibogne reketse ze anae, ze zotoko ama ty fahamarenagne - fie tsy
zaho avao, fa iareo ze nahafantatse ty maregne aby ka - [2]naho ze fahamarenagne mipetrake am-piaintika ao le hindre
amantika hantram-parae.[3] Le ho amantika ty fahasoavagne, ty famindram-po, ty fiadanagne hirike
aman'Andrianagnahare Raen-tika naho hirike ama Jesosy Kristy, Nasama ty Rae, ama ty fahamarenagne naho ty
fitiavagne.[4]Malio arofo raho fa mahatrea ty ilae ama ty anao mandeha ama ty fahamarinagne, manahake ty
nandrambesantika ty lily boake ama Rae. [5]Ara le mihalale amao raho, rahavave, tsy manahake ty manoratse lily vaovao
amao raho, fa ze nanagnantika boake amboalohae - le ty tokoe hifampikoko itika sambe tika.[6] Izao ty fitiavagne, le ty mba
handenantika arake ty lily. Zao ty lily, arake ty fa nirey areo boake am-belohae, le tokoe horihe'areo amy zay.[7]Fa lako ze
mpamerevere nandeha ama ze kila tane aby, le tsy niantoke iareo fa Jesosy Kristy le niavy ama ty nofotse. Izay ty
mpamerevere naho ty antikristy. [8]Enteo ty vata areo, mba tsy himontsoa ze raha fa nivitantika iaby, mba handraesa areo
valen-katea feno.[9]Ndre ia ndre ia ro mandeha aloha eo naho tsy mitàgne ty fampianara i Kristy le tsy managne
an'Andrianagnahare. Fa ty raike mitàgne fampianaragne, ze raike zay le managne ty Rae naho ty Anake.[10] Naho misy
ndaty avy amao ao fie tsy minday fampianaragne zay, le ko raese'o an-tragno'o ao naho le ko salamagne aze. [11]Fa ze
manalama aze le miharo amae ama ze raty atao'e.[12]Manan-draha maro ho soratagne ama areo raho, fa ie tsy irieko
hosoratse ama ty taratasy naho ama ty ranomainte. Ndre ie eo aza azy, mitàma ty ho avy ama areo agne raho naho
hirehake mivantagne ama areo, mba hilefesa ty hafalea areo.[13] Manao veloma azo iareo ana-drahavaveo jinoboe.

# 3 John

1 [1]Izaho zoke'ondaty mitilike i Galo mamiko, ie teako amy ty fahamarignagne. [2]Nareo teako mivavake raho mba
hambinegne amy ty raha iaby rehe le hojangagne manahake ty fagnambinagne ty fagnahi'o. [3]Le nizaha vata'e raho
tamy nisy rahalahy niavy nitsangagne ho ndaty aivo tamy ty hato'o, manahake ty nandehana'areo amy ty maregne. [4]Tsy
managne hafaleam-bey hoe toy raho, le naharey fa mandeha amy ty fahamarenagne iareo anako.[5]Nareo teako, manao
asa azo atokisagne rehe naho amy ty inogninogne , asa atao'o hoe iareo rahalahy naho iareo ambahiny. [6]Le ze
nitsangagne ho ndaty aivo ty fitea'o tagnatreha ty fiangonagne eo. Soa ty atao naho alefa'o mandeha amy ty fomba
magneva an'Andriagnanahare, [7]satria ty agnaragne niala'e, tsy ninday inogninogne rehe boake am'iareo jentilisa. [8]Naho
zay tikagne le toko'e manahake izay, mba hindre miasa amy ty fahamaregnagne tika.[9]Nanoratse raha amy ty fiangonagne
raho, faie Diotrefa, ie te ho loha'e am'iareo'oy naho tsy nandrae anay. [10]Naho zay areke, naho avy raha, le ho tiaroko zer
asa nanoe'e, ty fomba nirehafa'e raha tsy manjary manohetse anay mindre amy ty rehake raty. Tsy afa-po ama'o asa reo,
tsy nandra'e o' rahalahy reo reke. Mandrara iareo ze te hanao zay reke le nandroake iareo hiakatse i fiangonagney.[11]Nareo
teako, ko mangalatahake ze raty fa ze fanjaka; iraike ze nanao ty soa le an'Andriagnahare; i raike ze manao ty raty le tsy
nahatrea an'Andriagnanahare. [12]Ze raha iaby naho ty , le ty i vavolom-belogne i Demetrio. Zahay avao ka mitsangagne ho
ndaty aivo, le fanta'o fa maregne ty fagnambara'ay.[13]Managne raha maro hosoratagne ama'areo raho, fa tsy magnir
hanoratse io amy ty santilo naho rano mainte raho. [14]Fe nitama hahatrea anareo tsy ho ela, le mirehake mivantagne
tikagne. Lonike ho ama'areo ty fiadanagne. [15]Manao veloma azo iareo nama'o atoy. Veloma amy ty agnara iareo namagne
abike.

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025

# Jude

1 [1]Joda, raike amy ty mpanompo i Jesosy Kristy, rahalahe i Jakoba, hoe iareo atao te hoeke, mamiko
aman'Andrianagnahare Rae, naho voahaja hoe i Jesosy Kristy.[2] Lonike hampitomboigne ama areo ty famindram-po le ty
fiadanagne naho ty fitaiavagne.[3]Ry longo mamiko, tamy ty raho nanao ty ezake iaby hanoratse hoanareo mikasiky ty
famonjeagne iharoantikagne igne raho, le nanoaratse hoanareo raho mba hanoseke anareo hialy mafe hoe ty finoagne fa
natolotse indraike avao hoe iareo mpino.[4] Fa hoe ty ndaty ilae misihesihe ankolake ama areo eo. Iareo le ndaty
voamareke hoe ty fagnamelohagne. Iareo le ndaty raty fagnahy ze mitiva ty fitahian'Andrianagnahare ho amy ty
fihaminagne, naho le mandietse ty Roandriagne naho ty Andriantompotika henkae, Jesosy Kristy.[5]Anito raho le te
hampatiahy anareo_ndre te ie fa fanta areo aza zay_fa nagnavotse ty ndaty boake amy ty tane Egypta agne ty Tompo, fa ie
tafara izay le naripae iaby ze tsy nino.[6] Naho iareo anjely tsy nitagne ty fahefagne ze napetrake tamy iareo, fa ie ze nienga
ty tanà iareo_Andrianagnahare ty namehe iareo amy ty fehe mandrakizay, ao amy ty iegne mangokogne, ho amy ty andro
fitsaragne bevata.[7]Manahaky i Sodoma naho i Gomora naho ty tanagne marine iareo, ze nagnomey ty vata iareo ho amy
ty fijangajangagne naho ty fanoagne filàgne tsy amy ty natàon'Agnahare. Le natao fagnoharagne hoe ze mijale amy ty
fandilovagne amy ty afo mandrakizay iareo.[8] Fe ie hoe zay avao ka, iareo mpagnonofinofy le mitiva avao ka ty vata iareo,
naho mirehake raha raty mandietse iareo manam-bonihahitse.[9]Fa ndra i Mikaela arikanjely aza, naho fa nialy tamy
andrebolisy naho nifamale tamae amy ty fate i Mosesy, le tsy nahavany nirehake raty hampalilo aze. Fa hoe reke te:
"Lonike hagnanatse azo ty Tompo!" [10]Fe ie ondaty reo mirehake raty ty raha iaby tsy fantae. Fantae manahake ty biby tsy
manan-tsaigne _le izay ty manimba iareo. [11]Loza hoe iareo! Naho nandeha tamy ty tanà i Kaina iareo, naho le nagnoriky
ty hadisoa i Balama hazahoagne tambee. le nizamagne tamy ty fitolomagne i Kora iareo[12]Iareo le ndaty hoe harambato
mietake agnate ty hanem-pitea iareo. Mihinagne aman-kegnatse, mamotsigne ty vata iareo avao. Iareo le rahogne tsy
misy rano, ndese ty rivotse. Hatà asaramagnitse tsy misy voae_indroe mate, miombom-bahatse. [13]Iareo le onjan-driake
mahery, misorotopake mamorevore ty hegnae iare. Kintagne mirererere iareo, le voahaja ho aze mandrakizay ty fahinte
ty iegne.[14]Le Enoka, i faha fito i Adama, le fa nitoky mikasike iareo, nirehake te hoeke: "Ingo! Hoavy y Tompo miarake amy
ty masigne agnalee. [15]Hoavy Reke handefe ty fitsaragne ty ndaty iaby. Hoavy Reke hampiantoke ty ndaty raty fagnahe
amy ty asa vitae tamy ty haraty fagnahie, naho rehake mafe maro rey ze nambara ty ndaty raty fagnahy handietse Aze."[16]
Iareo le mpimonomonogne, naho mpimenomenogne, ze nagnorike filàn-draty iareo. Iareo le mpiroharoha loatse, ze,
noho ty tombontsoa iareo manokagne, le mandroboke ty hafa.[17]Fa nareo, longo mamiko, tiarovo ty rehake ze norehafe o
apostoly i Jesosy Kristy Tompontika taolo reo.[18] Hoe iareo tama areo: "Fa amy ty andro farae le hisy mpaneratera
hagnoriky ty filagne ty haratiam-pagnahy."[19] O ndaty reo le mitariky amy ty fisarahagne. Iareo le ndaty arake ty nofotse,le
tsy managne Fagnahe.[20]Fa nareo, ry longo mamiko, mijahigna soa amy ty finoa areo masigne vatae, le mivavaha amy ty
Fagnahy Masigne. [21]Mioregna nareo amy ty fitiavan'Andrianagnahare, le lignaso ty famindram-po i Jesosy Kristy
Tompontika ze minday azo ho amy ty havelogne hatramparae.[22]Miferegnesa amy iareo ze misalasala.[23] Vonjeo naho
sintogno hiala amy ty afo ty ndaty ilae. Le ty ilae ka iferegneso amy ty tahotse. Malaïgna ndre ty akanjo nolotò ty nofotse.
[24]Le hoe i ze magnaro anareo tsy ho voatsikambatse, le hahavy azo hijahigne agnatrefa ty voninahie, tsy hanan-tahigne
naho am-pifaleagne bey,[25] lonike ho aman'Andrianagnahare tokagne Mpamonjy antika amy ty alala i Jesosy Kristy
Tompontika, ty volonahitse, ty habey, ty fahefagne, ty hery, taolo ty fotoagne iaby, henaneo, naho mandrakizay. Amena

 generated on Fri Nov 21 04:22:52 2025